# Bokin' i Môrmôna

Boky fampianarana ny fotopampianaran' ny filazantsara ho an' ny mpampianatra



# Bokin’ i Môrmôna

**Boky fampianarana ny fotopampianaran’ ny filazantsara ho an’ ny mpampianatra**

Navoakan’ ny
Fiangonan’ i Jesoa Kristy ho an’ ny Olomasin’ ny Andro Farany
Salt Lake City, Utah

**Tsikera sy sosokevitra**

Raisina an-tanandroa ny tsikera sy soso-kevitra avy any aminareo mikasika ity boky fampianarana ity. Alefaso amin' izao adiresy manaraka izao izany:

Curriculum Planning
50 East North Temple Street, Floor 24
Salt Lake City, UT 84150-3200
USA
E-mail: cur-development@ldschurch.org

Soraty ny anarana, ny adiresy, ny paroasy ary ny tsatòka misy anao. Aza hadino ny mametraka ny lohatenin' ilay boky fampianarana. Omeo avy eo ny tsikera sy soso-kevitra anananao momba ny mahatsara ny boky sy ny lafiny ilana fanatsarana.

© 1999 by Intellectual Reserve, Inc.
Zo rehetra voatokana
Natonta tany Etazonia Amerika

Fankatoavana ny tamin' ny teny Anglisy: 8/96
Fankatoavana ny fandikan-teny: xx/xx
Fandikana ny *Book of Mormon: Gospel Doctrine Teacher' s Manual*
Malagasy

# Votoatiny


| | Laharana sy lohatenin' ny lesona | Pejy |
|---|---|---|
| | Fanampiana ho an' ny mpampianatra | v |
| 1 | "Vato ifaharan' ny fivavahantsika" | 1 |
| 2 | " Ny zava-drehetra araka ny sitrapony" (1 Nefia 1–7)) | 7 |
| 3 | "Ny fahitana ny hazon' aina" (1 Nefia 8–11; 12:16–18; 15) | 13 |
| 4 | "Ny zavatra hitako raha nentina am-panahy aho" (1 Nefia 12–14) | 19 |
| 5 | "Mihainoa ny marina, ary araho izany" (1 Nefia 16–22) | 24 |
| 6 | "Malalaka ny hisafidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay" (2 Nefia 1–2) | 30 |
| 7 | "Fantatro izay efa nitokiako"(2 Nefia 3–5) | 36 |
| 8 | "Endre ny halehiben' ny hatsaran' ny Andriamanitsika" (2 Nefia 6–10) | 41 |
| 9 | "Finaritra amin' ny tenin' i Isaia ny fanahiko" (2 Nefia 11–25) | 46 |
| 10 | "Manasa ny rehetra hanatona Azy Izy" (2 Nefia 26–30) | 52 |
| 11 | "Mibosesika mandroso amim-pahatokiana ao amin' i Kristy" (2 Nefia 31–33) | 58 |
| 12 | "Katsaho ny fanjakan' Andriamanitra" (Jakôba 1–4)) | 63 |
| 13 | "Ny fanoharana ny amin' ny hazo oliva" (Jakôba 5–7) | 70 |
| 14 | "Ho amin' ny fikasana hendry" (Enôsy, Jarôma, Omnia, Tenin' i Môrmôna) | 76 |
| 15 | "Raiki-trosa mandrakizay amin' ny Rainareo any an-danitra" (Môsià 1–3) | 82 |
| 16 | "Hantsoina hoe zanak' i Kristy ianareo" (Môsià 4–6) | 88 |
| 17 | "Ny mpahita . . . tombontsoa lehibe ho an' ny mpiara-belona aminy" (Môsià 7–11) | 93 |
| 18 | "Andriamanitra mihitsy . . . no hanavotra ny olony" (Môsià 12–17) | 98 |
| 19 | "Tsy misy afaka nanafaka azy ireo afa-tsy ny Tompo" (Môsià 18–24)) | 104 |
| 20 | "Tsy nanaintaina intsony ny fanahiko" (Môsià 25–28; Almà 36) | 110 |
| 21 | "Nanao fitsarana marina i Almà" (Môsià 29; Almà 1–4) | 116 |
| 22 | "Moa va ny endriny efa nisoritra teo amin' ny tarehinareo?" (Almà 5–7) | 121 |
| 23 | "Vavolombelona mihoatra ny anankiray" (Almà 8–12) | 126 |
| 24 | "Omeo hery izahay araka ny finoanay. . . an' i Kristy" (Almà 13–16) | 132 |

| | | |
|---|---|---|
| 25 | "Nampianatra tamin' ny hery sy ny fahefan' Andriamanitra izy ireo" (Almà 17–22) | 138 |
| 26 | "Niova fo ho an' ny Tompo" (Almà 23–29) | 143 |
| 27 | "Ny zava-drehetra dia maneho fa misy Andriamanitra" (Almà 30–31) | 147 |
| 28 | "Ny teny dia ao amin' i Kristy ho famonjena" (Almà 32–35) | 152 |
| 29 | "Mampandria sofina amin' ny teniko" (Almà 36–39) | 157 |
| 30 | ""Ny drafitra lehiben' ny fahasambarana" (Almà 40–42) | 164 |
| 31 | "Miorina mafy ao amin' ny finoana an' i Jesoa Kristy" (Almà 43–52) | 169 |
| 32 | "Nankatoaviny . . .ny teny tsirairain' ny fibaikoana, tamin' ny an-tsipirihany" (Almà 53–63) | 174 |
| 33 | "Fototra azo antoka" (Helamàna 1–5) | 179 |
| 34 | "Ahoana no nahafahanareo nanadino ny Andriamanitrareo"? (Helamàna 6–12) | 184 |
| 35 | "Mibebaka ary miverina amin' ny Tompo" (Helamàna 13–16) | 190 |
| 36 | "Rahampitso Aho dia ho tonga eo amin' izao tontolo izao" (3 Nefia 1–7) | 197 |
| 37 | "Na zovy na zovy no ho avy dia izy no horaisiko" (3 Nefia 8–11) | 202 |
| 38 | "Lasa ny zavatra fahiny ary efa tonga vaovao ny zava-drehetra" (3 Nefia 12–15) | 207 |
| 39 | ""Indro, feno ny hafaliako" (3 Nefia 17–19) | 213 |
| 40 | "Amin' izany Aho dia hanangona azy" (3 Nefia 16; 20–21) | 218 |
| 41 | "Izy dia namelabelatra ny zavatra rehetra taminy" (3 Nefia 22–26) | 223 |
| 42 | "Izany no filazantsarako" (3 Nefia 27–30; 4 Nefia) | 228 |
| 43 | "Akory izato nahafahanareo niala tamin' ny lalan' ny Tompo iky"? (Môrmôna 1–6; Môrônia 9) | 234 |
| 44 | "Miteny aminareo aho miova tsy ny eo ianareo" (Môrmôna 7–9) | 239 |
| 45 | "Na oviana na oviana ny olona dia tsy nino Ahy toy ny ninoanao" (Etera 1–6) | 244 |
| 46 | "Tanteraka amin' ny finoana ny zava-drehetra" (Etera 7–15) | 249 |
| 47 | "Mba hitehirizany azy amin' ny lalana tsara" (Môrônia 1–6) | 254 |
| 48 | "Manatòna an' i Kristy" (Môrônia 7–8; 10) | 259 |

# Fanampiana ho an' ny mpampianatra

Tamin' ny fivoriana voalohany niarahany tamin' ireo apôstôly roa ambin' ny folo no nilazan' i Joseph Smith tamin' ireo rahalahy fa "ny Bokin' i Môrmôna no boky marina indrindra amin' ny boky rehetra eto an-tany ary vato ifaharan' ny fivavahantsika, ary hanatona bebe kokoa an' Andriamanitra ny olona amin' ny fanarahana ny fepetra ao anatiny toy izay ny ao anatin' ny boky hafa". (*History of the Church,* 4:461; jereo koa ny teny fanolorana ny Bokin' i Môrmôna).

Amin' ny maha mpampianatra ny fotopampianaran' ny filazantsara anao, dia manana fahafahana hampianatra avy ao amin' ny "boky marina indrindra eto an-tany" ianao amin' ity taona ity. Eo ambany fitarihan' ny Fanahy, dia afaka hanampy ny mpianatra hahazo ireo fitsipika tsy miova mandrakizay ianao, ary hanamafy ny fijoroana ho vavolombelona ananany momba an' i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany ary ny asa nanirahana ny mpaminany Joseph Smith. Afaka koa ianao hanampy azy ireo handray fitahiana hafa izay azo avy amin' ny fahazotoana mandinika ny Bokin' i Môrmôna, ka ny sasany amin' izany dia efa voalazalazan' ny filoha Ezra Taft Benson:

"Ny Bokin' i Môrmôna dia mampibaribary ireo fahavalon' i Kristy. Mamaky bantsilana ireo fampianaran-diso sy mampitsahatra ny fifandirana izy ity. (Jereo 2 Nefia 3:12). Mankahery ireo mpanara-dia an' i Kristy amim-panetren-tena manoloana ny tetik' ady izay ataon' ny devoly sy ny fotopampianarany amin' izao vaninandro iainantsika izao izy ity. Ireo karazana mpiodina ao amin' ny bokin' ny Môrmôna dia mitovy amin' ireo izay misy amin' izao fotoana izao. Andriamanitra, amin' ny fahalalany tsy hita faritra, dia namolavola ny Bokin' i Môrmôna mba hahafahantsika mahita ny fahadisoana sy hahalalantsika ny fomba iadiana amin' ny hevi-diso ara-pampianarana, ara-politika, ara-pivavahana ary ara-pilôzôfia misy amin' izao androntsika izao" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1975, 94–95; na *Ensign,* May 1975, 64).

"Misy hery ao amin' ny boky, izay hanomboka hikoriana ao amin' ny fiainanao amin' ny fotoana anombohanao mandinika azy lalina. Hahazo hery bebe kokoa hoenti-manohitra ny fakam-panahy ianao. Hahazo hery hialana amin' ny fitaka. Hahazo hery hijanonana ao anatin' ny lalana tery sady ety. . . . Rehefa manomboka noana sy mangetaheta an' ireo teny ireo ianao dia hahita fa ho zina hatrany hatrany ny fiainanao"(ao amin' ny Conference Report, Okt. 1986, 6; na *Ensign,* Nov. 1986, 7).

Rehefa mampianatra ianao, dia hijoro ho vavolombelona aminao ny amin' ny herin' ny Bokin' i Môrmôna ny fanahin' Andriamanitra, amin' ny alalan' ny fitondrana olona ho amin' ny fahalalana hentitra sy mafy orina an' i Jesoa Kristy sy ny foto-pampianarany.

## Mampianatra amin’ ny alalan’ ny Fanahy

Eo amin’ ny fiomananao hampianatra ny fotopampianaran’ ny filazantsara, dia zava-dehibe ny mikatsaka aingam-panahy sy fitarihana avy amin’ ny Fanahy Masina. Nilaza ny Tompo fa “homena anao amin’ ny alalan’ ny vavaky ny finoana ny Fanahy Masina, ary raha tsy mahazo ny Fanahy ianao dia tokony tsy hampianatra”. (Fotopampianarana sy fanekempihavanana 42:14). Tsarovy fa ny Fanahy Masina no tokony ho mpampianatra ao amin’ ny kilasinao.

Afaka ny mikatsaka ny Fanahy ianao amin’ ny alalan’ ny vavaka, ny fifadian-kanina, ny fandinihana ny soratra masina isan’ andro, ary ny fankatoavana ny didy. Eo am-panomanana ny lesona, dia angataho ny Fanahy hanampy anao hahatakatra ny soratra masina sy izay ilain’ ireo mpianatra. Afaka hanampy anao ihany koa ny Fanahy hanomana lalana feno fahendrena hitondrana ny adihevitra momba ny soratra masina sy hampiharana izany eo amin’ ny fiainana ankehitriny (jereo 1 Nefia 19:23). Miaraka amin’ ny fitarihan’ny Fanahy Masina, dia ho tonga fitaovana mahomby eo am-pelatanan’ ny Tompo ianao mba hampianatra ny teniny amin’ ireo zanany.

Atolotra eto ambany ny soso-kevitra vitsivitsy amin’ ny fomba anasana ny Fanahy ho ao amin’ ny kilasinao:

1. Mivavaha ao am-ponao mba hitarihan’ ny Fanahy anao, mba hanokafany ny fon’ ny mpianatra ary mba hijoroany ho vavolombelona amin’ ireo mpianatra sy hitarihany azy ireo.
2. Ampiasao ny soratra masina (jereo ny “Mifantoka amin’ ny soratra masina” eo ambany).
3. Mijoroa ho vavolombelona isaky ny entanin’ ny Fanahy hanao izany fa tsy amin’ ny famaranana ny lesona fotsiny ihany. Mijoroa ho vavolombelona momba an’ i Jesoa Kristy. Asao matetika ny mpianatra hanao fijoroana ho vavolombelona.
4. Mampiasà hira, hiran’ ny ankizy, na hira masina hafa hanomanana ny fon’ ny mpianatra hahatsapa ny Fanahy.
5. Lazao ny fitiavanao ny mpianatra, ny hafa, ny Ray any an-danitra ary i Jesoa Kristy.
6. Raha ilaina, dia mizarà fomba fijery, fihetsehem-po, traikefa mifandraika amin’ ny lesona. Asao ny mpianatra mba hanao toy izany koa. Afaka milaza ihany koa ny fomba nampiharany ny fitsipika noresahina tao amin’ ireo lesona teo aloha ny mpianatra.

## Mifantoka amin’ ny soratra masina

Hoy ny fampianaran’ ny filoha Boyd K. Packer: “Ny fotopampianarana marina, rehefa azo, dia mampiova ny fihetsika sy ny fitondran-tena” (ao amin’ ny Conference Report, Okt. 1986, 20; na Ensign, Nov. 1986, 17). Eo amin’ ny fanomananao ny lesona sy mandritra ny fampianarana, dia mifantoha amin’ ny fotopampianarana ny famonjena ao amin’ ny filazantsara araka ny hita ao amin’ ny soratra masina sy ny fampianaran’ ny mpaminanin’ ny andro farany. Mitaky

ny fianaranao ny filazantsara amim-pahazotoana sy amim-bavaka izany. Nandidy antsika ny Tompo hoe: "Aza mitady ny hanambara ny teniko fa katsaho aloha ny hahazo ny teniko dia hovahana ny lelanao; ary avy eo, raha irinao izany, dia ho azonao ny Fanahiko sy ny teniko, eny ny herin' Andriamanitra ho fandresen-dahatra ny olona". (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:21).

Entano ny mpianatra hitondra ny soratra masina any am-pianarana isan-kerinandro. Miaraha mamaky ireo andalan-tsoratra masina voafantina eo am-pandalinana momba izany.

Ny mpianatra tsirairay avy dia tokony homena dika mitovy amin' ny *Torolalana enti-mandalina ny Bokin' i Môrmôna ho an' ny mpianatra* (35684). Io bokikely io dia hanampy ny mpianatra hampitombo ny fahaizany mandalina, hahatakatra ny soratra masina sy hampihatra izany, hiomana hifanakalo hevitra momba ny soratra masina mandritra ny lesona, ary hampiasa izany amin' ny fifanakalozan-kevitry ny mpianakavy. Entano ny mpianatra hamaky ny soratra masina voatondro hovakina ary handinika ny torolalana mifanaraka amin' izany alohan' ny hanatrehany ny fampianarana isan-kerinandro.

---

## Mizara ny Bokin' i Môrmôna

Nanentana ny mpikambana ao amin' ny fiangonana ny filoha Ezra Taft Benson hizara ny Bokin' i Môrmôna. Hoy izy:

"Efa dila ela ny fotoana izay amenoana ny tany amin' ny Bokin' i Môrmôna. . . . Hohazonin' Andriamanitra ho tompon' andraikitra isika raha tsy manaparitaka ny Bokin' i Môrmôna amin' ny fomba goavana.

"Manana ny Bokin' i Môrmôna isika, manana ireo mpikambana isika, manana ireo misiônera isika, manana ny enti-manao isika ary izao tontolo izao kosa manana ny filana.

*"Izao no fotoana"* (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1988, 4; na *Ensign,* Nov. 1988, 4–5).

Rehefa mampianatra ny Bokin' i Môrmôna ao amin' ny sekoly alahady ianao amin' ity taona ity, dia entano ny mpikambana hizara ny Bokin' i Môrmôna amin' ireo namany izay mbola tsy mpikambana ao amin' ny fiangonana sy amin' ireo olom-pantany (jereo ny fanampin-kevitra faharoa enti-mampianatra ao amin' ny lesona 1). Amin' ny fanombohan' ny taona, dia azonao atao ny mijery miaraka amin' ny episkôpa sy ny mpitarika ny misiona ao amin' ny paroasy ny fomba ahazoan' ireo mpianatra ny Bokin' i Môrmôna hozarainy amin' ny hafa.

---

## Ny fampiasana ity boky fampianarana ity

Ity boky ity dia fitaovana hanampy anao amin' ny fampianarana ny fotopampianaran' ny filazantsara avy ao amin' ny soratra masina. Nosoratana ho an' ny kilasin' ny tanora sy ny lehibe ho fampianarana ny fotopampianaran' ny filazantsara izy ity ary natao hampiasaina isaky ny efa-taona. Tsy tokony hilaina ny fanovozan-kevitra sy ny famelabelarana hafa mba hampianarana ny lesona. Hoy ny loholona M. Russel Ballard: "Tsara ho an' ny mpampianatra ny mandinika tsara ny soratra masina sy ireo boky fampianarany alohan' ny hitadiavany fitaovana hafa. Betsaka loatra ireo mpampianatra izay toa miala

amin' ireo fitaovam-pampianarana nankatoavina kanefa mbola tsy namaky tanteraka azy ireny akory. "Raha misy mpampianatra mahatsapa fa ilainy amin' ny fampianarana ny lesona ny fampiasana boky hafa ankoatry ny soratra masina sy ireo boky fampianarana, dia tokony hihevitra hampiasa ireo gazetibokim-piangonana aloha izy" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1983, 93; na *Ensign,* May 1983, 68).

Jereo herinandro mialoha farafahakeliny ny lesona tsirairay. Rehefa mandinika mialoha ny vakiteny voafantina sy ny votoatin' ny lesona ianao dia hanana eritreritra sy fahatsapana mandritra ny herinandro, izay hanampy anao hampianatra ny lesona. Rehefa mandinika ny lesona ianao mandritra ny herinandro, dia mivavaha mba hitarihan' ny Fanahy anao. Manàna finoana fa hitahy anao ny Tompo.

Ny lesona tsirairay ao anatin' ity boky fampianarana ity dia ahitana fampahalalana maro mihoatra noho izay mety ho voazaranao mandritra ny fotoam-pampianarana indray mandeha. Katsaho ny Fanahin' ny Tompo eo amin' ny fisafidianana ny tantara avy ao amin' ny soratra masina, ny fanontaniana sy ny votoatin-kevitra hafa ao amin' ny lesona izay mifanojo indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra.

Ny lesona tsirairay dia misy ireto fizarana manaraka ireto:

1. *Lohateny.* Zavatra roa no ao amin' ny lohateny: fehezanteny famaritana fohy na teny nindramina sy ny soratra masina izay tokony hovakianao eo am-panomanana ny lesona.

2. *Tanjona.* Ny teny ao amin' ny tanjona dia manolotra hevi-dehibe iray izay azonao ifantohana mandritra ny fanomananao sy ny fampianaranao ny lesona.

3. F*anomanana.* Ity fizarana ity dia mamintina ny tantara ao amin' ny soratra masina hita ao amin' ny famariparitana ny lesona ary koa mety hahitana vakiteny hafa na soso-kevitra hafa hoenti-manomana, toy ny fitaovana izay azonao entina any am-pianarana. Maro amin' ireo fitaovana ireo no hita ao amin' ny trano famakiam-bokin' ny fiangonana. (Ny nomeraon' ny fitehirizam-bokin' ny trano fivorian' ny fiangonana dia ny isa dimy manaraka ny anaran' ny sary izay atolotra; raha ao anatin' ny fonosan-tsary enti-mampianatra ny filazantsara [34730] ilay sary, dia mbola omena io isa io).

4. F*isarihana ny saina.* Ity fizarana ity dia fampiasana tsotra, mampiasa fitaovana, teny nindramina, na fanontaniana hanampiana ny mpianatra hiomana hianatra, handray anjara ary hahatsapa ny fitarihan' ny Fanahy. Na ny fisarihana ny saina hita ao amin' ny boky fampianarana no ampiasainao na ny anao manokana, dia zava-dehibe ny mampifantoka ny mpianatra amin' ny fanombohan' ny lesona. Tokony ho fohy izany fampiasana izany.

5. *Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina.* Ity no ampahany lehibe indrindra amin' ny lesona. Diniho amin' ny fanahy feno vavaka ny soratra masina mba hahafahanao mampianatra sy mifanakalo hevitra tsara momba izany. Ampiasao ny tolo-kevitra ao amin' ny "Manentana ny fifanakalozan-kevitra eo amin' ny mpianatra" (pejy 00 [viii–ix]) sy ny "Mampiasa fomba maro ampianarana ny soratra masina" (pejy 00 [ix–x]) mba hanovana ny fomba fampianarana sy hitazonana ny fifantohan-tsain' ny mpianatra. Fanteno ny

fanontaniana sy ny fomba fampianarana izay sahaza ny taonan' ny mpianatra sy ny traikefa ananany.

6. *Famaranana.* Ity fizarana ity dia manampy anao hamintina ny lesona sy hanentana ny mpianatra hiaina ny fitsipika izay noresahina. Hampahatsiaro anao hijoro ho vavolombelona koa izany. Ataovy izay hananana fotoana ampy hamaranana ny lesona tsirairay.
7. *Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra.* Ity fizarana ity dia omena ao amin' ny ankabeazan' ny lesona izay ao anatin' ity boky fampianarana ity. Izany dia mety hirakitra fahamarinana hafa amboniny avy amin' ny tantara ao amin' ny soratra masina, fomba enti-mampianatra ampifandimbindimbiasana, fampiasana, na koa tolo-kevitra hafa izay manampy ny efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny sasantsasany amin' ireo hevitra ireo ao anatin' ny lesona.

---

**Fanentanana ny fifanakalozan-kevitra ao am-pianarana**

Raha ny marina dia tsy tokony hibahana ny fitenenana samirery ianao, fa kosa hanampy ny mpianatra handray anjara feno amin' ny fifanakalozan-kevitra mikasika ny soratra masina. Ny fandraisan' ireo mpianatra anjara dia manampy azy ireo:

1. Hianatra bebe kokoa ny soratra masina.
2. Hianatra ny fomba ampiharana ny fitsipiky ny filazantsara.
3. Hanolo-tena bebe kokoa hiaina ny filazantsara
4. Hanasa ny Fanahy ho ao am-pianarana.
5. Hifampianatra sy hifanondrotra mba hahazoan' izy ireo tombontsoa avy amin' ny fanomezam-pahasoavana, fahalalana, traikefa ary fijoroana ho vavolombelona ananan' ny tsirairay avy.

Ny fifanakalozan-kevitra dia tokony hanampy ny mpianatra hanakaiky ny Mpamonjy sy hiaina toy ny mpianany. Ahitsio ny fifanakalozan-kevitra izay tsy mizotra mankany amin' izany tanjona izany.

Ny fametrahana fanontaniana mampieritreritra dia mety ho fomba iray amin' ny fampianarana mahomby indrindra. Fomba nampiasain' ny Mpamonjy izany raha nampianatra Izy. Katsaho ny fitarihan' ny Fanahy rehefa mandinika ny fanontaniana ao anatin' ity boky fampianarana ity ianao ary fidio ny fanontaniana homena. Manome anao toko sy andinin-tsoratra masina hanampy anao sy ny mpianatra hahita ny valin' ny ankabeazan' ireo fanontaniana ireo ity boky fampianarana ity. Ny valin' ireo fanontaniana hafa dia avy amin' ny traikefan' ireo mpianatra.

Zava-dehibe kokoa ny manampy ny mpianatra hahatakatra sy hampihatra ny soratra masina toy izay mampianatra ny zavatra rehetra izay efa nomaninao ao amin' ny lesona. Raha mianatra amin' ny alalan' ny fifanakalozan-kevitra tsara ny mpianatra dia matetika manampy ny famelana izany hitohy noho ny fiezahana hamita ny zavatra rehetra ao anatin' ny lesona.

Ampiasao ny torolalana manaraka handrisihana ny fifanakalozan-kevitra ao am-pianarana:

1. Manomeza fanontaniana izay mitaky fisaintsainana sy fifanakalozan-kevitra noho ny fanontaniana izay azo valiana amin' ny *eny* na *tsia*. Ny fanontaniana miatomboka amin' ny *inona no antony , amin' ny fomba ahoana, iza, inona, oviana* sy *aiza* matetika no mahomby indrindra eo amin' ny fitarihana fifanakalozan-kevitra.
2. Entano ny mpianatra hizara ny zavatra niainany izay mampiseho ny fomba ahazoana mampihatra eo amin' ny fiainana ireo fitsipika sy fotopampianarana ara-tsoratra masina. Entano ihany koa izy ireo hilaza ny zavatra tsapany mikasika izay ianarany avy ao amin' ny soratra masina. Asehoy ny fankasitrahanao ny fandraisany anjara.
3. Aoka ho tsapanao izay zavatra ilain' ny mpianatra. Na dia tokony hentanina handray anjara amin' ny fifanakalozan-kevitra ao am-pianarana aza ny mpianatra rehetra, dia mety misy ihany ny miahotra hamaly. Azonao atao ny miresaka aminy manokana mba hahafantaranao ny fihetseham-pony momba ny famakiana teny mafy na ny fandraisana anjara ao am-pianarana. Tandremo ny mampandray anjara ireo mpianatra raha hahasadaikatra azy ireo izany.
4. Omeo ny toko sy andinin-tsoratra masina mifandraika amin' ny lesona mba hanampy ny mpianatra hahita ny valim-panontaniana sasany.
5. Entano ny mpianatra hisaintsaina ireo fanontaniana ao amin' *ny Torolalana enti-mandalina ny Bokin' i Môrmôna ho an' ny mpianatra*, eo am-pandalinany ny vakiteny enti-mody isan-kerinandro. Saintsaino mandritra ny fanomananao ny lesona ny fomba itondrana ny fifanankalozan-kevitra momba izany ao an-dakilasy. Ho mora kokoa amin' ny mpianatra ny mandray anjara amin' ny fifanakalozan-kevitra raha nandinika ilay vakiteny enti-mody izy, ary koa raha fanontaniana efa niomanany no omenao.

---

## Fampiasana fomba maro ampianarana ny soratra masina

Ampiasao ireto soso-kevitra manaraka ireto hampianarana ny soratra masina amin' ny fomba mahomby kokoa sy miovaova:

1. Ampio ny mpianatra hahatakatra izay ampianarin' ny soratra masina momba an' i Jesoa Kristy. Anontanio azy ireo ny fomba ampitomboan' ny andalana sasany ny finoan' izy ireo ny Mpamonjy sy ny anampian' izany azy ireo hahatsapa ny fitiavany.
2. Angataho ny mpianatra hieritreritra sy hizara fomba manokana izay ahafahana mampihatra ny andalan-tsoratra masina iray eo amin' ny fiainany. Asaovy mampifanaraka ny soratra masina amin' ny tenany izy, amin' ny fanoloana ao an-tsainy ireo anarana ao anatin' ny andalana voafantina amin' ny anarany.
3. Ho fanampin' ny fampianarana ny fotopampianarana, dia asongadino ireo tantara mitondra aingam-panahy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Hamarino tsara raha azon' ny mpianatra ny tantara ary resaho ny fomba ampiharana izany. Anontanio ny hoe: "Inona, araka ny hevitrao, no antony nampidirana an' ireo tantara ireo ao amin' ny Bokin' i Môrmôna ? na koa "Inona no lesona azontsika sintonina avy amin' ity tantara ity ka manampy antsika ho mpanara-dia tsara kokoa an' i Kristy?"

4. Aoka ny mpianatra hitady teny, fehezan-teny na hevitra izay miverimberina matetika ao amin' ny andalan-tsoratra masina na koa mifono hevitra manokana ho azy ireo.
5. Entano ny mpianatra hampiasa ireo fanampiana enti-mandalina izay hita any amin' ny faran' ny Baiboly navoakan' ny Olomasin' ny Andro Farany sy ny Bokin' i Môrmôna, toy ny Tari-dalana isan-dohahevitra sy ny rakibolan' ny Baiboly ary ny fanoroan-takelaky ny Bokin' i Môrmôna.
6. Soraty eny amin' ny solaitrabe ny fehezanteny, teny fanalahidy na fanontaniana izay mifandray amin' ilay tantara ao anatin' ny soratra masina. Vakio na fintino avy eo ilay tantara. Isaky ny mandre ireo fehezanteny na teny fanalahidy, na koa mamaly ny fanontaniana ny mpianatra, dia mijanòna ka manaova fifanankalozan-kevitra momba izany.
7. Ao anatin' ny Bokin' i Môrmôna, dia ampiasaina ny teny hoe "dia toy izany no ahitantsika fa" mba hampidirana ny famintinana ireo fitsipika izay nampianarina (jereo ohatra Helamàna 3:28). Aorian' ny famakiana ny andalan-tsoratra masina iray, dia angataho ny mpianatra hanazava ilay andalana amin' ny fampiasana ny teny hoe: " dia toy izany no ahitantsika fa."
8. Tadiavo ary hadihadio ny fanoharana izay ampiasaina ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Ohatra ny lalana ety sy tery dia ampiasaina matetika hilazana an' ohatra ny filazantsara (jereo ohatra 2 Nefia 31:17–20, 33: 9; Jakoba 6:11; 3 Nefia 14: 13–14; 27: 33).
9. Mariho ny fomba ahafahana mampifanohitra na mampitovy ny olona na zava-mitranga ao amin' ny soratra masina. Azonao atao ohatra ny mampifanohitra an' i Lamàna sy i Lemoela amin' ireo rahalahiny Nefia sy Samy, na mampitovy ny toriteny teo an-tendrombohitra nataon' ny Mpamonjy araka ny voarakitra ao amin' ny Testamenta Vaovao amin' izay hita ao amin' ny 3 Nefia 12–14.
10. Asaovy lalaovin' ny mpianatra an-tsehatra ny tantara ao amin' ny soratra masina amin' ny alalan' ny famakiana mafy ny tenin' ireo olona samihafa ao amin' ny tantara. Makà toky tsara fa ny lalao izay atao dia maneho fanajana manokana ny soratra masina.
11. Zarao ho tarika roa na maromaro ny mpianatra. Aorian' ny famerenana mamaky ny tantara ao amin' ny soratra masina, dia asaovy manoratra ny fitsipika sy ny fotopampianarana ampianarina ao amin' ny tantara ny mpianatra. Rehefa izany dia asaovy mifanakalo hevitra momba ny fomba ampiharana ireo fampianarana ireo eo amin' ny fiainany ireo tarika.
12. Iangavio ny mpianatra hitondra pensilihazo hanamarihana ny andinin-tsoratra masina manan-danja mandritra ny fanadihadiana ny momba izany.
13. Mandefasa ampahany amin' ny *Book of Mormon Video Presentations* (53911) araka izay atoro ao amin' ny fizarana "Fanomanana" ho an' ny lesona samihafa.

**Manampy ny mpikambana vaovao**

Mety hanana fahafahana hampianatra ireo mpikambana izay azo lazaina fa vaovao ao amin' ny fiangonana ianao. Ny fampianaranao dia mety hanampy azy ireo ho mafy orina amin' ny finoana.

Hoy ny Fiadidiana voalohany: "Ny mpikambana tsirairay ao am-piangonana dia mila fitiavan-drahalahy sy fahanana, indrindra mandritra ny volana vitsivitsy voalohany aorian' ny batisany. Rehefa mahazo namana tena namana sy fahafahana manompo ary sakafom-panahy izay avy amin' ny fianarana ny tenin' Andriamanitra ireo mpikambana vaovao dia miaina ny fibebahana maharitra ary tonga "mpiray fanjakana amin' ny olomasina sady ankohonan' Andriamanitra" (Efesiana 2:19)" (Taratasy avy amin' ny Fiadidiana Voalohany, 15 May 1997).

**Mampianatra ny filazantsara amin' ny tanora**

Raha mampianatra tanora ianao, dia tsarovy fa mitady fandraisana anjara mavitrika sy fanehoana an-tsary ny fotopampianarana izay ifanakalozan-kevitra izy ireo. Ny fampiasana video, sary sy ny zavatra hafa atolotra ao amin' ity boky ity dia mety hanampy ny tanora ho liana hatrany amin' ireo lesona. Mba hahazoana hevitra hafa hanampy anao hampianatra ny filazantsara amin' ny tanora, dia jereo ny *L' Enseignement, pas de plus grand appel* (33043) sy ny *Teaching Guidebook* (34595).

# “Vato ifaharan’ ny fivavahantsika”

Lesona
1

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny maha vato ifaharan’ ny fivavahantsika ny Bokin’ i Môrmôna sy ny fomba anampian’ ny fanarahana ny fitsipika ao anatiny antsika hanakaiky bebe kokoa an’ Andriamanitra.

**Fanomanana**


1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto: 1 Nefia 13:38–41; 19:23; 2 Nefia 25:21–22; 27:22; 29:6–9; Môrmôna 8:26–41; Etera 5:2–4; Môrônia 1:4; 10:3–5; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:45–46; 20:8–12; 84:54–58. Diniho koa ny teny fampidirana ao amin’ ny Bokin’ i Môrmôna, anisan’ izany ny pejin’ ny lohateny, ny teny fampidirana, ny fanambarana nataon’ ny vavolombelona telo, ny fanambarana nataon’ ny vavolombelona valo ary ny fijoroana ho vavolombelona nataon’ ny mpaminany Joseph Smith.
2. Vakiteny hafa: “Ny Bokin’ i Môrmôna—Vato ifaharan’ ny fivavahantsika” (Ezra Taft Benson, *Ensign,* Nov. 1986, 4–7; jereo koa ny Conference Report, Okt. 1986, 3–7).
3. Makà dika mitovy amin’ ny *Torolalana enti-mandalina ny Bokin’ i Môrmôna ho an’ ny mpianatra* (35684) ho an’ ny mpianatra tsirairay. (Tokony hahazo dika mitovy avy amin’ ny fiadidiana ny Sekoly alahady ianao).
4. Asaovy miomana mialoha hanao famintinana ny fanambarana nataon’ ny mpaminany Joseph Smith ny mpianatra iray, ary ny iray hafa miomana hanao famintinana ny fanambarana nataon’ireo vavolombelona telo, ary ny iray fahatelo miomana hanao famintinana ny fanambaran’ ireo vavolombelona valo.
5. Raha misy ireto fitaovana manaraka ireto, dia manomàna hampiasa azy ireo mandritra ny lesona:
   a. Ny sary maneho an’ i Môrônia miseho amin’ i Joseph Smith ao amin’ ny efitranony (62492; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 404) sy i Joseph Smith mandray ny takelaka volamena (62012; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 406).

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana mba hanombohana ny lesona.

Manaova sarina andohalambo vato eo amin’ ny solaitrabe:



Hazavao fa raha narafitra araka ny tokony ho izy ny andohalambo toa izany, dia afaka mijoro na dia tsy misy rihatra aza eo anelanelan' ny vato.

- Inona no mitazona ny vato hitambatra?

Sorato eo amin' ilay vato afovoan' ilay andohalambo ny teny hoe *vato ifaharana.* Hazavao fa ny vato ifaharan' ny andohalambo no mihazona ireo vato hafa ho eo amin' ny toerany. Ity lesona ity dia miresaka momba ny vato ifaharan' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Fakafakao ny fomba ampiharana ireo soratra masina nofantenana ireo eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka amin' ireo fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Ny Bokin' i Môrmôna no vato ifaharan' ny fivavahantsika.**

Iangavio ireo mpianatra hijery ny teny fampidirana ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, ary manasà mpianatra iray hamaky ny andalana fahenina.

Raha mampiasa ny fisarihana ny saina ianao, dia soraty eo amin' ny solaitrabe eo ambanin' ny teny hoe *vato ifaharana* ny teny hoe *Bokin' i Môrmôna.*

Raha tsy mampiasa ny fisarihana ny saina ianao, dia soraty eny amin' ny solaitrabe ny hoe *Bokin' i Môrmôna= vato ifaharana,* ary hazavao fa ny vato ifaharana dia mitazona ny vato hafa ho eo amin' ny toerany ary miaro ilay andohalambo tsy hirodana.

- Nahoana araka ny hevitrao no antsoin' i Joseph Smith hoe vato ifaharan' ny fivavahantsika ny Bokin' i Môrmôna?

  Izao no fanazavan' ny filoha Ezra Taft Benson: "Toy ny firodanan' ny andohalambo raha esorina ny vato ifaharany eo amin' ny tampony dia toy izany no hijoroana na hianjeran' ny fiangonana manontolo miaraka amin' ny fahamarinan' ny Bokin' i Môrmôna (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1986, 5; na *Ensign*, Nov. 1986, 6).

- Nahoana no mijoro na mirodana miaraka amin' ny fahamarinan' ny Bokin' i Môrmôna ny fiangonana?

Rehefa avy manadihady ity fanontaniana ity ny mpianatra dia asaovy mamaky izao fanambarana manaraka nataon' i filoha Benson izao: "Misy lafiny telo no mahatonga ny Bokin' i Môrmôna ho vato ifaharan' ny fivavahantsika. Izy no vato ifaharan' ny fijoroana ho vavolombelona ataontsika momba an' i Kristy. Izy no vato ifaharan' ny fotopampianarantsika. Izy no vato ifaharan' ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1986, 4; na *Ensign,* Nov. 1986, 5).

Soraty eny amin' ny solaitrabe ny teny hoe *Vavolombelon' i Kristy.*

- Asaovy jeren' ny mpianatra ny pejy misy ny lohatenin' ny Bokin' i Môrmôna ary hazavao fa io pejy io dia nosoratan' ny mpaminany Môrônia. Araka ny voalazan' ny andalana faharoa, inona ireo tanjona telon' ny Bokin' i Môrmôna? (Haneho amin' ny mpianakavin' Israely sisa tavela ireo zava-dehibe nataon' ny Tompo tamin' ny razany; hampianatra ireo fanekempihavanana izay takian' ny Tompo; ary handresy lahatra ny olona rehetra fa i Jesoa no Kristy ary maneho ny tenany amin' ny firenen-drehetra).
- Tamin' ny taona 1982, dia natao tovan' ny lohatenin' ny Bokin' i Môrmôna ny teny hoe *Testamenta iray hafa momba an' i Jesoa Kristy*. Inona no maha zava-dehibe ny fananana io fanampina Testamentan' ny Mpamonjy io? (Jereo 1 Nefia 13:38–41; 2 Nefia 29:6–9). Inona no maha zava-dehibe ny filazana amin' izao tontolo izao fa ny Bokin' i Môrmôna dia manambara an' i Kristy?
- Inona no nianaranao avy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna momba an' i Kristy? Ahoana ny fomba nanamafisan' ny Bokin' i Môrmôna ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba an' i Kristy?

Soraty eny amin' ny solaitrabe ny hoe *Fotopampianarana*.

- Amin' ny fomba ahoana no maha vato ifaharan' ny fotopampianarantsika" ny Bokin' i Môrmôna? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:45–46; 20:8–12).

  Hoy ny filoha Benson: "Ny Tompo mihitsy no nilaza fa ny Bokin' i Môrmôna dia mirakitra ny fahafenoan' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy' (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:9). Tsy midika izany fa mirakitra ny fampianarana rehetra izy, na ny fotopampianarana rehetra nambara hatramin' izay. Ny marimarina kokoa dia ao anatin' ny Bokin' i Môrmôna isika no hahita ny fahafenoan' ireo fotopampianarana izay ilaina amin' ny famonjena antsika. Ary ampianarina amin' ny fomba mora sy amin' ny fomba tsotra izany ka na dia ny ankizy aza dia afaka mianatra ny lalan' ny famonjena sy ny fisandratana faratampony". (Ao amin' ny Conference Report, Okt. 1986, 4; na *Ensign,* Nov. 1986, 6).

- Tamin' ny fomba ahoana no nampitomboan' ny Bokin' i Môrmôna ny fahatakaranao ireo fotopampianarana lehibe ao amin' ny filazantsara?

Soraty eny amin' ny solaitrabe ny teny hoe *Fijoroana ho vavolombelona*.

- Nahoana no fototra amin' ny fijoroana ho vavolombelona mikasika ny filazantsara tafaverina amin' ny laoniny ny Bokin' i Môrmôna?
- Inona ireo fitahiana azon' izay manana fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin' i Môrmôna ka manaraka ny fampianarany? Inona no tsy maintsy ataontsika mba hananana fijoroana ho vavolombelona amin' ny fahamarinan' ny Bokin' i Môrmôna (jereo Môrônia 10:3–5).

Vavolombelona maro no nijoro ho vavolombelona momba ny Bokin' i Môrmôna.

**2. Asao ny mpianatra hiresaka mikasika ny fomba nahatonga azy nahalala fa marina ny Bokin' i Môrmôna.**

Raha mampiasa ny sarin' i Môrônia miseho amin' i Joseph Smith sy ny sarin' i Joseph Smith mandray ireo takelaka volamena ianao, dia asehoy ireny. Asaovy manao famintinana ny zava-nitranga ao amin' ny fanambarana nataon' ny mpaminany Joseph Smith ny mpianatra iray voatondro. Hazavao avy eo fa taorian' ny nahavitan' i Joseph Smith ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna, dia nisy olona maro hafa nahazo tombotsoa hahita ireo takelaka. Asaovy manao ny famintinana ny fanambarana nataon' ireo vavolombelona telo sy ny fanambarana nataon' ireo vavolombelona valo ny mpianatra voatendry.

- Inona no maha zava-dehibe ny fananana vavolombelona mikasika ireo takelaka volamena? (Jereo Etera 5:2–4). Nahoana araka ny hevitrao no nanampy an' i Joseph Smith ny fisian' ny vavolombelona hafa fanampiny?
- Inona ireo vavolombelona hafa ananantsika, izay milaza fa marina ny Bokin' i Môrmôna?

**3. Nosoratana ho an' izao androntsika izao ny Bokin' i Môrmôna.**

Lazao amin' ny mpianatra, fa na dia tahirin-tsoratra tamin' ny andro fahagola aza ny Bokin' i Môrmôna dia voasoratra sy voatahiry ho an' izao androntsika izao (2 Nefia 25:21–22; 27:22; Môrmôna 8:34–35; Môrônia 1:4).

- Vakio miaraka amin' ny mpianatra ny Môrmôna 8:26–41. Hazavao fa ireo andalana ireo dia misy faminaniana mikasika ny fivoahan' ny Bokin' i Môrmôna. Inona no endri-javatra hisy eto amin' izao tontolo izao, izay efa hitan' i Môrônia mialoha, tamin' ny fotoana namoahana indray ny Bokin' i Môrmôna? (Soraty eny amin' ny solaitrabe ny valim-panontaniana omen' ny mpianatra. Mety ho tafiditra ao amin' ireto voatanisa eto ambany ireto ireo valinteny). Ahoana no fihariharin' ireo toe-javatra ireo amin' izao androntsika izao?

  a. "Ho lavina ny herin' Andriamanitra" (andininy 28).
  b. "Hisy fahalotoana eo amin' ny tany rehetra" (andininy 31).
  d. Hanandra-tena amin' ny avonavon' ny fony ny olona (andininy 36).
  e. "Ho tia vola ny olona . . . mihoatra ny itiavany ny mahantra sy ny sahirana (andininy 37).
  f. Ho menatra ny olona ny hitondra ny anaran' i Kristy eo aminy (andininy 38).

- Amin' ny fomba ahoana no mety ho loharanom-panampiana ho antsika ny fampianarana nomen' ireo mpaminany taloha? Inona no mety ho akon' ny fahalalana ny nanoratana ny Bokin' i Môrmôna ho an' izao androntsika izao eo amin' ny fomba ianarantsika izany? (Jereo 1 Nefia 19:23).

  Nampianatra ny filoha Benson fa " ny Bokin' i Môrmôna dia nosoratana ho an' izao andro iainantsika izao. Natao ho antsika izany. . . . Ny tsirairay tamin' ireo mpanoratra lehibe ao amin' ny Bokin' i Môrmôna dia nanambara fa ho an' ny taranaka ho avy no nanoratany. . . . Raha hitany ny androntsika ary nofidiny ireo zavatra izay ho tena nanan-danja lehibe ho antsika, dia tsy ho toy izany koa ve ny fomba tokony hianarantsika ny Bokin' i Môrmôna? Tokony hanontany tena mandrakariva isika hoe: 'Inona no antony nitarihan' ny Tompo an' i Môrmôna (na i Môrônia na i Almà) hampiditra azy ity ao anatin'

ny rakitsorany? Inona no lesona azoko sintonina avy amin' izany mba hanampy ahy hiaina amin' izao andro sy taona izao?' "(ao amin' ny Conference Report, Okt. 1986, 5; na *Ensign,* Nov. 1986, 6).

**4. Afaka mitarika antsika hanakaiky bebe kokoa an' Andriamanitra ny Bokin' i Môrmôna**

Asaovy mamaky indray ny andalana fahenina amin' ny teny fampidirana ny Bokin' i Môrmôna ny mpianatra iray.

- Inona no atao hoe fampianarana? (didy na fitsipika). Ahoana no ahafahan' ny fampianarana ao amin' ny Bokin' i Môrmôna mitondra antsika ho eo akaikin' Andriamanitra bebe kokoa?
- Raha tsy mandinika ny Bokin' i Môrmôna isika, inona no mety ho fiantraikan' izany amintsika manokana sy amin' ny fiangonana. (Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:54–58).
- Inona no fiovana sy fitahiana tonga teo amin' ny fiainanao rehefa nianatra sy nandinika tsy tapaka ny Bokin' i Môrmôna ianao?

---

Famaranana

Vakio na asaovy vakian' ny mpianatra iray ny fanambarana nataon' ny filoha Ezra Taft Benson:

"Amin' ny fotoana anombohanao mianatra amin' ny fonao rehetra [ny Bokin' i Môrmôna], dia hahatsapa hery bebe kokoa hanoherana ny fakam-panahy ianao. Hahatsapa hery hialana amin' ny famoizam-po ianao ary hahatsapa hery hijanonana eo amin' ny lalana ety sy tery . . . . Rehefa manomboka noana sy mangetaheta ireo teny ireo ianao dia hahita fiainana miroborobo hatrany" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1986, 6; na *Ensign,* Nov. 1986, 7).

Entano ny mpianatra tsirairay mba hiaina ny fahatanterahan' ireo fampanantenana ireo ho an' ny tenany amin' ny alalan' ny fianarana ny Bokin' i Môrmôna amin' ity taona ity.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

Omeo bokikely enti-mandalina ny mpianatra tsirairay. Entano ny mpianatra hampiasa ny bokikely enti-mandalina rehefa mianatra ny soratra masina eo am-panomanana ny lesona isan-kerinandro.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na roa amin' ireto hevitra ireto ao anatin' ny lesona.

**1. Ny maha zava-dehibe ny Bokin' i Môrmôna amin' ny fampodiana amin'ny laoniny ny filazantsara.**

Soraty eny amin' ny solaitrabe ireto fehezan-teny manaraka ireto ary esory ny marika miaraka aminy:

6. Manomboka ny asa atao any amin' ny tempoly ho an' ny maty.
3. Averina indray ny fisoronan' i Melkizedeka.
5. Antsoina ny Apôstôly.
1. Ahazo ny fahitana voalohany i Joseph Smith.
4. Aorina ny fiangonana.
2. Adika ny Bokin' i Môrmôna.

Asaovy mamantatra ny filaharan' ireo zava-nitranga ny mpianatra (ny marika eo amin' ny ankavian' ny zava-nitranga dia milaza ny filaharany marina; soraty eny amin' ny solaitrabe ireo marika ireo rehefa hitan' ny mpianatra ny filaharana nisehoan' ny zava-nitranga). Vakio avy eo izao famelabelarana nataon' ny filoha Ezra Taft Benson manaraka izao:

"Ny . . . fijoroana ho vavolombelona manan-kery amin' ny maha-zava-dehibe ny Bokin' i Môrmôna dia ny fanamarihana ny toerana nametrahan' ny Tompo ny fiaviany eo amin' ny fotoana itrangan' ny fampodiana amin' ny laoniny. Ny zavatra tokana izay mialoha izany dia ny fahitana voalohany. . .

" Eritrereto ny vokatr' izany. Ny fiavian' ny Bokin' i Môrmôna dia mialoha ny famerenana amin' ny laoniny ny fisoronana. Navoaka andro vitsivitsy monja talohan' ny nanorenana ny fiangonana izany. Nomena ny Bokin' i Môrmôna ny olomasina hovakiany mialohan' ny nanomezana azy ireo fanambarana manoritsoritra ny fotopampianarana lehibe toy ny ambaratongam-boninahitra telo, ny fanambadiana selestialy, ny asa atao ho an' ny maty. Tonga talohan' ny kolejin' ny fisoronana sy ny fandaminan' ny fiangonana izany. Tsy miteny amintsika ny zavatra momba ny fomba fijerin' ny Tompo izao asa masina izao va izany"? (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1986, 3; na *Ensign,* Nov. 1986, 4).

**2. Ny Fizarana ny Bokin' i Môrmôna**

Jereo miaraka amin' ny episkôpa sy ny mpitarika ny misiona ao amin' ny paroasy ny fomba ahazoan' ny mpikambana dika mitovy amin' ny Bokin' i Môrmôna hozaraina ho an' ireo namana mbola tsy mpikambana sy ny olom-pantatra.

Ao am-pianarana, lazao fa ny tanjona amin' ity taona ity dia ny hizara ny Bokin' i Môrmôna amin' ireo tsy mpikambana sy ny olom-pantatra. Lazao amin' ny mpianatra ny fomba ahazoany dika mitovy amin' ny Bokin' i Môrmôna ary entano ny mpianatra tsirairay hanome dika mitovy iray farafahakeliny ho an' ny namana iray na olom-pantatra mandritra ny taona.

Amin' ny fotoana matetitetika mandritra ny taona, araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia anontanio ny mpianatra raha afa-nizara dika mitovy amin' ny Bokin' i Môrmôna. Asao izay efa nanao izany mba hamintina fohy ny traikefany. Tohizo ny fanentanana azy ireo hizara ny Bokin' i Môrmôna amin' ny hafa.

# “Ny zava-drehetra araka ny sitrapony”

Lesona
2

*1 Nefia 1–7*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatsapa amin’ ny alalan’ ny ohatra nomen’ i Lehia sy i Nefia fa ny fiarovana sy ny famonjena dia azo avy amin’ ny fankatoavana ny Tompo.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Nampitandrina ny vahoaka hibebaka izy, saingy nandà sy nikasa hamono azy izy ireo. Nilaza tamin’ i Lehia ny Tompo hitondra ny fianakaviany handao an’ i Jerosalema. Nandeha nankany amin’ ny tany foana i Lehia sy ny fianakaviany.
   b. 1 Nefia 3–4. Niverina tany Jerosalema i Nefia sy ireo rahalahiny ary azony tamin’ ny Labana ny takelaka varahina.
   d. 1 Nefia 5. Nentin’ i Nefia sy ireo rahalahiny tany amin’ ny fianakaviany ireo takelaka varahina. Ireo takelaka ireo no nahafahan’ ny fianakavian’ i Lehia nitahiry ho an’ ny taranany ny fiteniny, ny tetiarany, ary koa ny fampianarana sy ny didin’ Andriamanitra.
   e. 1 Nefia 7. Niverina tany Jerosalema i Nefia sy ireo rahalahiny handresy lahatra an’ i Ismaela sy ny fianakaviany hiaraka amin’ izy ireo any amin’ ny tany foana.
2. Vakiteny hafa: Môsia 1:3–7; Almà 3:11–12.
3. Iangavio mialoha ny mpianatra hanomana sy hamintina ny ezak’ i Nefia sy ireo rahalahiny mba hahazoany ireo takelaka varahina tamin’ i Labana. (1 Nefia 3: 9–4:38).
4. Raha misy ireto fitaovana manaraka ireto, dia miomàna hampiasa azy ireo mandritra ny lesona:
   a. Sarin’ i Lehia maminany amin’ ny vahoakan’ i Jerosalema (62517; Fonosan-tsary mirakitra ny Filazantsara 300); Lehia sy ny fianakaviany mandao an’ i Jerosalema (62238; Fonosan-tsary mirakitra ny Filazantsara 301).
   b. Penina na pensilihazo sy ravin-taratasy ho an’ ny mpianatra tsirairay.
5. Alohan’ny anombohan’ ny fianarana, dia soraty eny amin’ ny solaitrabe ny lohateny sy ny toko sy andinin-tsoratra masina izay ampiasaina ao amin’ ny tabilao pejy 00.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Iangavio ny mpianatra haka sary an-tsaina fa vao avy nandre izy ireo fa horavana ny tanàna izay ipetrahany ary tsy maintsy miala ao tsy misy hatak' andro izy ireo.

- Ahoana no ho fihetseham-ponao mikasika io vaovao io? Inona no hataonao?
- Moa ve hisy fahasamihafana eo amin' ny fihetseham-ponao raha fantatrao fa avy amin' ny mpaminanin' Andriamanitra io filazana io?

Hazavao fa mikasika an' i Lehia sy ny fianakaviany io lesona io, izay nandao an' i Jerosalema, satria horavana tsy ho ela ny tanàna. Ity lesona ity dia hanadihady mikasika ny toerana nalehany sy izay nataony taorian' ny nandaozan' izy ireo an' i Jerosalema.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara ny traikefa izay mifanaraka tsara amin' ireo fitsipika ara-tsoratra masina ireo.

**1. Nandao an' i Jerosalema i Lehia ary nitondra ny fianakaviany tany an-tany foana.**

Hadihadio ny 1 Nefia 1–2. Asaovy mamaky mafy ny andininy voafantina ny mpianatra.

- Iray amin' ny zava-nitranga voalohany voatantara ao amin' ny Bokin' i Môrmôna ny nandaozan' i Lehia sy ny fianakaviany an' i Jerosalema. Inona no zava-nitranga nahatonga an' izany fandaozana izany? (Jereo 1 Nefia 1:4–15; 18–20; 2:1–3. Raha mampiasa ny sarin' i Lehia maminany ianao, dia asehoy izany izao).
- Nahoana no nolavin' ny vahoakan' i Jerosalema ny tenin' i Lehia sy ireo mpaminany hafa? (Jereo 1 Nefia 1:19–20; 2:12–13; 16:1–2). Nahoana no mikomy amin' Andriamanitra sy ny mpanompony ny olona sasany amin' izao androntsika izao? Ahoana no namalian' i Nefia ny tenin' ny rainy? (Jereo 1 Nefia 2:16–19). Inona no lesona azontsika tsoahina avy amin' i Nefia momba ny fomba ahatonga ny fontsika ho mora mandray kokoa ny fampianaran' ny mpaminany?
- Inona no fampanantenana nomen' ny Tompo an' i Nefia raha mankatò ny didy izy? (Jereo 1 Nefia 2:19–20, 22). Inona ny zavatra nolazain' ny Tompo fa hihatra amin' i Lamàna sy i Lemoela raha toa ka mikomy izy ireo? (Jereo 1 Nefia 2:21, 23–24). Ahoana no iharan' izany fampanantenana izany amintsika tsirairay?
- Tany manao ahoana no nitondran' i Lehia ny fianakaviany rehefa nandao an' i Jerosalema izy ireo? (Jereo 1 Nefia 2:2. Raha mampiasa ny sarin-dry Lehia mianakavy mandao an' i Jerosalema ianao, dia asehoy izany izao). Inona no navelan' izy ireo rehefa nandao an' i Jerosalema izy ireo? (Jereo 1 Nefia 2:4). Ahoana araka ny hevitrao no fihetseham-pon-dry Lehia mianakavy rehefa nandao ny tranony, ny fananany ary ny sakaizany izy ireo? Inona no zavatra nafoinao mba hahafahanao mankatò ny Tompo? Ahoana no nitahiana anao rehefa nahafoy zavatra toy izany ianao?

- Telo andro taorian' ny nahatongavany tany an-tany foana, dia nanorina alitara ary nanao fanatitra ho an' ny Tompo i Lehia. (1 Nefia 2:6–7; jereo koa ny 1 Nefia 5:9; 7:22). Ahoana ny fomba ahafahantsika mampitombo ny fahatsapana fankasitrahana na dia amin' ny fotoan-tsarotra aza?
- Inona no fitahiana lehibe vokatry ny fankatoavan' i Lehia ny Tompo tamin' ny nandaozany an' i Jerosalema? (Soraty eny amin' ny solaitrabe ny valiny omen' ny mpianatra. Tokony ho anisan' ny valinteny ny namonjena ny fianakavian' i Lehia sy i Ismaela tamin' ny faharavana; nisy ampahany tamin' ny Zanak' Israely nentina ho any amin' ny tany nampanantenaina; ary nomena ny Bokin' i Môrmôna, izay vavolombelona iray hafa momba an' i Jesoa Kristy).

**2. Niverina tany Jerosalema i Nefia sy ny rahalahiny haka ny takelaka varahina.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 1 Nefia 3–4.

- Nahoana no nalefan' i Lehia niverina tany Jerosalema ireo zanany lahy? (Jereo 1 Nefia 3:1–4). Ahoana no navalin' i Lamàna sy i Lemoela rehefa nasaina niverina tany izy ireo? (Jereo 1 Nefia 3:7). Ahoana no navalin' i Nefia? Raha ianao no nangatahina hanao io dia io, inona araka ny hevitrao no mety ho navalinao? Inona no fahasamihafana mety ho nisy noho ny fahalalana fa ny Tompo no nangataka anao hanao izany?
- Nahoana no nilain' ny fianakavian' i Lehia ny hahazo ireo takelaka volamena? (Jereo 1 Nefia 3:3, 19–20; 4:15–16; jereo koa 1 Nefia 5:21–22; Môsià 1:3–7).

Asaovy fintinin' ny mpianatra iray voatondro ny ezaka nataon' i Nefia sy ireo rahalahiny mba hahazoana ireo takelaka volamena (1 Nefia 3:9–4:38).

- Inona no trangan-javatra sasantsasany izay mety hilantsika ny fitarihan' ny Fanahy, noho ny tsy fahalalantsika mialoha izay tokony hatao (1 Nefia 4:6). Inona no mety lesona azontsika tsoahina avy amin' ny tenin' i Nefia manao hoe: Na dia teo aza izany dia nandroso ihany aho"? (1 Nefia 4:7).
- Nahoana i Nefia no tsy narisika hamono an' i Labana? (Jereo 1 Nefia 4:10). Nahoana i Nefia no tonga resy lahatra fa tokony hamono an' i Labana izy? (Jereo 1 Nefia 4:11–18).
- Asaovy mamaky ny 1 Nefia 3:7 ny mpianatra iray. Ahoana ny fomba nanomanan' ny Tompo ny lalana ho an' i Nefia, mba hanatanterahany izay nasaina nataony? Ahoana ny fomba nanomanan' ny Tompo lalana ho anao hitandremana ny didiny?
- Nahoana no tian' i Nefia sy ireo rahalahiny hiverina hiaraka aminy tany amin' ny tany foana i Zorama? (Jereo 1 Nefia 4:35–36). Inona no nandresy lahatra an' i Zorama hiaraka amin' i Nefia sy ireo rahalahiny? (Jereo 1 Nefia 4:31–34). Hazavao fa teo anivon' ny vahoaka, tamin' ny andron' i Nefia, dia zava-masina ny fianianana. Fantatr' i Zorama fa tsy hanapaka na oviana na oviana ny fanekena nataony i Nefia). Nahoana no zava-dehibe ny fahafantarana antsika ho vahoaka mitana ny teniny?

Mariho fa na dia nankatò an-drainy aza i Lemoela sy i Lamàna tamin' ny nandehanany tany amin' ny tany foana sy ny niverenany tany Jerosalema avy eo haka ireo takelaka varahina, dia nimonomonona sy nikomy imbetsaka izy ireo nandritra ny dia niarahan' ny fianakaviana. I Nefia sy i Samy kosa tetsy ankilany

dia nanaja sy nankatò tao anatin' ny zava-niainany. Azonao atao ny manazava fa na dia tsy voatonona matetika aza ny anaran' i Samy, dia milaza ny soratra masina fa nanaja sy nankatò toa an' i Nefia izy (1 Nefia 2:17; 8:3).

Asaovy mamaky ny andalan-tsoratra masina voatanisa eny amin' ny solaitrabe eo ambanin' ny "Nefia" ny antsasaky ny mpianatra. Asaovy mitady ny teny na fehezan-teny izay amantarana an' i Nefia izy. Asaovy mamaky ny andalana hafa sy mitady izay mampiavaka an' i Lamàna sy i Lemoela ny mpianatra sisa. Azonao atao ny manome taratasy kely sy penina na pensilihazo ny mpianatra tsirairay mba hahafahany mandray an-tsoratra ny fanamarihana eo am-pamakiana. Asaovy manao tatitra mikasika izay zavatra hitany ny mpianatra avy eo. Sorato eny amin' ny solaitrabe ny famelabelarana fohy mikasika ny votoatin' ny andininy tsirairay (misy ohatra omena eo amin' ny tabilao eo ambany; tsy ilaina anefa ny mampiasa teny mitovy tanteraka amin' izay nomena eo).

| NEFIA | LAMÀNA SY LEMOELA |
|---|---|
| 1:1 Nahafantatra fa nanana "ray amandreny tsongoin' olom-bolo" | 2:11 Nimonomonona tamin-drainy |
| 2:16 Nino ny teny rehetra nolazain-drainy | 2:13 Tsy nino izay teny rehetra nolazain' i Lehia |
| 2:16, 19 Nanatona ny Tompo mba hahazo fahalalana | 2:12 " Tsy nahafantatra ny fitondran' . . . Andriamanitra" |
| 3:7 Nanaiky an-tsitrapo handeha sy hanatanteraka ny baikon' ny Tompo | 3:5 Nimonomonona fa nampanao "zavatra sarotra" ny Tompo |
| 3:15 Nandà ny tsy hiverina raha tsy mitondra ny firaketana | 3:14 Te hilavo lefona raha vao nanandrana indray mandeha |
| 4:1, 3 Nahafantatra fa ny Tompo dia "mahery kokoa noho i Labana" | 3:31 Tsy natoky fa hatolotry ny Tompo azy ireo i Labana |

Rehefa feno ny tabilao, dia hadihadio ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Ahoana no nanehoan' i Nefia fa matanjaka sy miorim-paka ny finoany? Ahoana no fomba ahafahantsika manaraka ny ohatra nomeny?
- Nahoana no nimonomonona sy nikomy i Lamàna sy i Lemoela ? (Jereo 1 Nefia 2:11–12). Nahoana no tsy nahafantatra ny fitondran' Andriamanitra izy? (Jereo 1 Nefia 2:18)

**3. Nitondra ny takelaka volamena teo amin' ny fianakaviany i Nefia sy ireo rahalahiny.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 1 Nefia 5.

- Ahoana ny fihetsik' i Lehia sy i Sariaha rehefa niverina niaraka tamin' ny takelaka varahina ireo zanany efa-dahy? (Jereo 1 Nefia 5:1–9). Ahoana no nanatanjahan' izany fiverenana izany ny fijoroana ho vavolombelona nananan' i Sariaha? (Jereo 1 Nefia 5:8.)
- Inona no noraketin' ireo takelaka varahina? (Jereo 1 Nefia 5:10–16; 13:23. Tafiditra ao ny boky dimy nosoratan' i Mosesy, ny firaketan' ny Jiosy hatramin' ny mpanjaka Zedekia [tokony ho 600 taona talohan' i Kristy], ny faminanian' ireo mpaminany masina, ny tetiaran' ny fianakavian' i Lehia).

- Inona no faminaniana nataon' i Lehia mikasika ny takelaka varahina? (Jereo 1 Nefia 5:17–19). Ahoana no ahatanterahan' ireo faminaniana ireo?

**4. Niverina tany Jerosalema i Nefia sy ireo rahalahiny noho i Ismaela sy ny fianakaviany.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 1 Nefia 7.

- Nahoana no niverina indray tany Jerosalema i Nefia sy ireo rahalahiny taoriana kelin' ny nitondran' izy ireo ny takelaka varahina? (Jereo 1 Nefia 7:1–2). Ahoana no naharesy lahatra an' i Ismaela sy ny fianakaviany hanaraka ny fianakavian' i Lehia? (Jereo 1 Nefia 7:4–5).
- Nahoana no nikomy i Lamàna sy i Lemoela ary ny sasantsasany tamin' ireo zanak' i Ismaela nandritra ny dia tany amin' ny tany foana? (Jereo 1 Nefia 7:6–7). Inona araka ny hevitrao no nahatonga azy ireo te hiverina tany Jerosalema? Inona araka ny voalazan' i Nefia no mety hitranga raha mitozo hatrany ho any amin' ny tany foana izy ireo ary tsy mivadika amin' ny Tompo? (Jereo 1 Nefia 7:13). Inona araka ny voalazany no mety hitranga raha miverina hitoetra any Jerosalema izy ireo? (Jereo 1 Nefia 7:13–15)
- Inona ireo toetra tsara nasehon' i Nefia tamin' ny fifandraisany tamin' ireo rahalahiny? (Jereo ny 1 Nefia 2:17–18 sy 7:21 mba hahitana ohatra vitsivitsy). Ahoana no fomba ahafahantsika mampiseho an' ireo toetra tsara ireo amin' ny fifandraisantsika amin' ny fianakaviantsika sy ny hafa?

---

Famaranana

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa noho ny fankatoavan' i Lehia sy i Nefia antsitrapo, dia an' arivony maro ny olona nandray fitahiana. Entano ny mpianatra "handeha sy hanao hatrany ireo zavatra nandidian' ny Tompo" (1 Nefia 3:7).

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ireto fitaovana manaraka ireto dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na maro amin' ireo hevitra ireo ao anatin' ny lesona.

**1. "Nateraky ny ray aman-dreny tsongoin' olom-bolo" (1 Nefia 1:1)**

- Inona ny andraikitra sasany ananana' ireo "ray aman-dreny tsongoin' olom-bolo amin' ny zanany? (Jereo 1 Nefia 1:1)? Inona no lesona azon' ny ray aman-dreny tsoahina avy amin' i Lehia sy i Sariaha mikasika ny fomba anatanterahana ireo andraikitra ireo?

**2. Misedra ady sarotra ny tsirairay**

Soraty eny amin' ny solaitrabe ireto teny manaraka ireto: *manam-panahy, mahery fo, mitaintaina, matanjaka, falifaly, mahatoky, malahelo, matoky, kivy, mazoto, maharitra, be fiantrana.*

Asaovy fidian' ny mpianatra izay teny azo ampiasaina hilazana an' i Nefia amin' ireo teny ireo. Ataovy anaty faribolana ireo teny nofidiany ary asaovy tantarainy fohy ny zava-nitranga teo amin' i Nefia, izay maneho ireo toetra nofidin' izy ireo.

Hazavao avy eo fa ireo teny *rehetra* ireo dia maneho ny toetran' i Nefia tamin' ny vanim-potoana samihafa teo amin' ny fiainany. Antitrantero fa i Nefia dia olona mahatoky ary tadidy noho ny hafanam-pony teo amin' ny fankatoavany ny didy. Indraindray anefa izy dia nitaintaina sy kivy ary nalahelo. Asongadino fa matetika isika no mihevitra fa ny mpaminany sy ny mpitondra hafa ao amin' ny fiangonana dia tsy manana afa-tsy traikefa tsara ary tsy mba niatrika ady mihitsy. Saingy toa antsika ihany, dia miatrika fahasarotana sy fahoriana koa izy ireo.

- Ahoana no manampy antsika ny fahalalana fa manana ady sarotra koa ny mpaminany sy ny mpitondra hafa ao amin' ny fiangonana?
- Na dia "nahita ady sarotra maro aza i Nefia teo amin' ny androm-piainany", dia fantany fa "nahazo tombony lehibe teo amin' ny Tompo izy" (1 Nefia 1:1). Ahoana no afa-miaraka ny ady sarotra sy ny fahazoana tombony eo amin' ny Tompo? Ahoana no ahafahan' ny ady sarotra manampy antsika hahazo fitahiana? (Angataho ny mpianatra handinika mangina io fanontaniana io raha toa ka tsy tiany ny hizara ny valiny amin' ny hafa).

**3. Ny votoatin' ny firaketan' i Nefia**

- 1 Nefia 6 no ahitana ny fanazavana mikasika izay hosoratany ao anatin' ny firaketany. Inona araka ny voalazany no tanjona nitazonan' i Nefia firaketana? (Jereo 1 Nefia 6:3–4. Mariho fa ny Andriamanitr' i Abrahama, i Isaka ary i Jakoba dia i Jesoa Kristy). Ahoana no nanampian' ny soratra nataon' i Nefia anao hanatona an' i Kristy?

Entano ny mpianatra handrakitra an-tsoratra ny fijoroana ho vavolombelona ananany, ary koa ireo traikefa ara-panahy, eritreritra, fahatsapana hafa ao anatin' ny diariny.

# Ny fahitana ny hazon' aina

Lesona
3

*1 Nefia 8–11; 12:16–18; 15*

**Tanjona** Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny fanehoana an' ohatra ao amin' ny fahitana momba ny hazon' aina sy ny fampiharana ireo fanehoana an' ohatra ireo amin' ny fiainany.

**Fanomanana** Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto: 1 Nefia 8–11; 12:16–18; 15.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Hazavao fa maro ireo nofy sy fahitana an' ohatra voarakitra ao amin' ny soratra masina. Zarao avy eo ireto ohatra manaraka ireto ary iangavio ny mpianatra hanazava ny dikan' ny fanehoana an' ohatra tsirairay:

a. Nanonofy mikasika sary lehibe iray na sariolona maneho lehilahy iray ny mpanjaka Nebokadnezara. Vita tamin' ny akora samihafa ny ratsam-batan' ilay lehilahy. Nisy vato namotika ilay sary ary tonga tendrombohitra lehibe nahafeno ny tany rehetra io vato io. (Jereo Daniela 2:31–45; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65:2. Naneho ny fanjakana izay nanjaka teto an-tany ireo faritra samihafa amin' ilay sary. Ilay vato kosa dia maneho ny fanjakan' Andriamanitra izay handevona ireo fanjakana hafa rehetra amin' ny andro farany).

b. Nanonofy omby fito mahia sady marary nihinana omby fito matavy sy salama, ary koa salohim-bary fito malazo nitelina salohim-bary fito vokatra i Farao (jereo Genesisy 41:17–31. Naneho fito taona zina izay ho tonga amin' i Ejipta ny omby fito salama sy ireo salohim-bary fito vokatra. Ireo omby fito marary sy ireo salohim-bary fito malazo kosa dia naneho fito taona mosarena izay hanaraka ny taona zina).

d. Nahazo fahitana biby tsy madio nidina avy any an-danitra tanatin' ny lamba lehibe ny apôstôly Petera ary nodidiana hamono sy hihinana ireo biby ireo. (Jereo Asan' ny apôstôly 10:9–16, 28, 34–35. Ireo biby tsy madio dia naneho ny jentilisa izay tokony hampianarina ny filazantsara amin' izay).


Hazavao fa manadihady fanehoana an' ohatra hafa amin' ny alalan' ny nofy, izay ambara ao amin' ny soratra masina ny lesona anio: ny fahitana momba ny hazon' aina izay azon' i Lehia sy i Nefia. Ny fahitana momba ny hazon' aina dia azo ampiharina amin' ireo zanak' Andriamanitra rehetra fa tsy tahaka ireo nofy sy fahitana maro izay tsy mihatra afa-tsy amin' ny vahoaka iray manokana na amin' ny fotoana iray manokana (toy ny nofin' i Farao momba ny omby sy ny salohim-bary).

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Rehefa mampianatra ity tantara manaraka ao amin' ny soratra masina ity ianao, dia fakafakao ny fomba ahafahana mampihatra amin' ny fiainantsika andavanandro ny fanehoana an' ohatra hita ao anatiny. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika asehon' ireo fanehoana an' ohatra ireo.

Hazavao fa nahazo fahitana i Lehia ary nanambara momba izany tamin' ny fianakaviany (1 Nefia 8:2). Taorian' ny nandrenesan' i Nefia ny rainy niresaka momba ireo zavatra tao anatin' ilay fahitana, dia niriany koa ny "hahita sy handre ary hahafantatra ny momba [ireo] zavatra ireo" (1 Nefia 10:17; jereo koa ny fanampin-kevitra hoenti-mampianatra). Noho ny finoan' i Nefia an' i Jesoa Kristy dia novaliana ny fangatahany (1 Nefia 11:6). Tamin' ny alalan' ny firaketana nataon' i Nefia momba ny zava-nitranga taminy no ahafantarantsika ny fanazavana ilay fahitana.

Fakafakao ny fahitana momba ny hazon' aina. Eo am-pamakafakana ny zavatra hitan' i Lehia sy i Nefia, dia ataovy sary (na makà mpianatra iray na maromaro hanao sary) eo amin' ny solaitrabe ireo zava-dehibe tamin' ny fahitana. Tokony ho tahatahaka izao ny sary vita:



*Ny hazon' aina sy ny voany*

Asaovy vakian' ny mpianatra ny 1 Nefia 8:2–10. Ataovy sary avy eo (na makà mpianatra hanao sary) eo amin' ny solaitrabe ny hazon' aina sy ny voany.

- Rehefa naseho an' Nefia ilay hazon' aina, dia nangataka ny mba hahafantatra ny dikany izy (1 Nefia 11:8–11). Inona no fantany momba ilay hazo? (Jereo 1 Nefia 11:21–25). Inona no hitan' i Nefia ka nanampy azy hahatakatra bebe kokoa ny fitiavan' Andriamanitra? (Jereo 1 Nefia 11:13–21, 24, 26–33. Hitany ny fahaterahana, ny asa fanompoana ary ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy).

  Asaovy mamaky mafy ny Jaona 3:16 ny mpianatra iray. Antitrantero fa naneho ny halalin' ny fitiavany antsika ny Ray any an-danitra raha "nanome ny Zanany lahitokana". Ny sorompanavotana dia porofon' ny fitiavana lehibe ananan' i Kristy ho antsika.

  Nampianatra ny loholona Jeffrey R. Holland fa ny hazon' aina dia fanehoana an' ohatra an' i Jesoa Kristy. Hoy Izy: "Mifamatotra tsy azo sarahina ny sarin' i Kristy sy ilay hazo . . . . Ao amin' ny fanombohan' ny Bokin' i Môrmôna . . . dia ambara ho loharanon' ny fiainana mandrakizay sy fifaliana, porofo velon'

ny fitiavan' Andriamanitra ary fitaovana ampiasain' Andriamanitra hanatanterahany ny fanekempihavanana nataony tamin' ny mpianakavin' i Israely sy ny olombelona rehetra i Kristy mba hamerenana azy rehetra mankany amin' ny fampanantenana mandrakizay ho azy ireo" (*Christ and the New Covenant* [1997], 160, 162).

- Inona no fiantraikan' ny fitiavan' Andriamanitra eo amin' ny fiainantsika? Ahoana no ahafahantsika mahafantatra bebe kokoa ny fitiavan' Andriamanitra antsika?
- Inona no nasehon' ilay hazo? (Jereo 1 Nefia 15:36; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7).
- Ahoana no namariparitan' i Lehia sy i Nefia ny hazon' aina? (Asaovy jeren' ny mpianatra ireo andininy ahitana ny fehezanteny voalaza eto ambany. Soraty eo amin' ny solaitrabe araka ny ahitan' ny mpianatra azy ireo fehezanteny ary afohezo araka izay ilaina).

  a. "Tena mamy, manoatra noho izay rehetra efa nandramako hatramin' izay" (1 Nefia 8:11)
  b. "Fotsy manoatra noho ny hafotsiana rehetra" (1 Nefia 8:11; Jereo koa 1 Nefia 11:8)
  d. "Mampilendalenda lavitra noho ny voankazo hafa rehetra" (1 Nefia 8:12; jereo koa 15:36)
  e. "Nanana "hatsarana . . . nihoatra ny hatsarana rehetra" (1 Nefia 11:8)
  f. "Sarobidy noho ny hafa rehetra"; "tena sarobidy" (1 Nefia 11:9; 15:36)
  g. "Mampiravoravo indrindra ny fanahy" (1 Nefia 11:23; jereo koa 1 Nefia 8:10)
  h. "Lehibe indrindra amin' ny fanomezam-pahasoavana rehetra avy amin' Andriamanitra" (1 Nefia 15:36)

  Antitrantero fa ny fiainana mandrakizay no fitahiana "faran' izay mamy sy faran' izay sarobidy indrindra mety ho azontsika. Noho ny fitiavan' Andriamanitra antsika, dia afaka ho azontsika amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Kristy izany fitahiana izany.

- Ao amin' ilay fahitana, inona no nirian' i Lehia, rehefa avy nihinana tamin' ny voan' ilay hazo izy? (Jereo 1 Nefia 8:12). Ahoana no ahafahantsika manampy ireo olon-tiantsika hanakaiky ny Mpamonjy sy handray ny fampanantenana ny fiainana mandrakizay?

*Ny anja-by*

Asaovy vakian' ny mpianatra iray ny 1 Nefia 8:19–20. Ataovy sary avy eo (na makà mpianatra iray hanao sary) ny anja-by sy ny lalana mitondra mankany amin' ilay hazo.

- Inona no nasehon' ilay anja-by? (Jereo 1 Nefia 11:25; 15:23–24). Aiza no ahafahantsika mahita ny tenin' Andriamanitra? (Ao amin' ny soratra masina, ny fampianaran' ireo mpaminanin' ny andro farany ary ny bitsiky ny Fanahy Masina). Ahoana no anampian' ny tenin' Andriamanitra antsika hanatona an' i Kristy? Ahoana no ihazonan' izany antsika eo amin' ny lalana mankany amin' ny fiainana mandrakizay?

*Ny onin-drano maloto, ny zavon' ny haizina ary ny trano mijoalajoala sy malalaka*

Asaovy vakian' ny mpianatra iray ny 1 Nefia 8:13, 23, 26–27. Ataovy sary avy eo (na makà mpianatra iray hanao sary) ny onin-drano, ny zavon' ny haizina ary ny trano mijoalajoala sy malalaka.

- Inona no nasehon' ilay onin-drano maloto? (Jereo 1 Nefia 12:16; 15:26–29).
- Inona no nasehon' ny zavon' ny haizina? (Jereo 1 Nefia 12:17). Inona ny vokatry ny zavon' ny haizina? (Jereo 1 Nefia 8:23; 12:17). Inona no antony mety itadiavan' i Satana ny masontsika ho jamba tsy hahita ny fitiavan' Andriamanitra? ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy? ny tenin' Andriamanitra? Ahoana ny fomba ezahan' i Satana manajamba ny masontsika?
- "Manaraka ny moron' ilay onin-drano" ny anja-by (1 Nefia 8:19), miasa ho fiarovana manasaraka ny lalana ety sady tery sy ny rano maloto. Manome zavatra ireo olona ao anatin' ilay fahitana ihany koa izy mba hifikiran' izy ireo rehefa ao anatin' ny zavon' ny haizina (1 Nefia 8:24, 30). Inona no lesona tsoahina amin' izany raha ny fomba ahafahan' ny tenin' Andriamanitra manampy antsika no jerena?
- Inona no nasehon' ilay trano mijoalajoala sy malalaka? (Jereo 1 Nefia 11:34–36; 12:18). Nahoana no misy dikany lehibe "ny fihevahevan' ilay trano eny amin' ny habakabaka avo"? (Jereo 1 Nefia 8:26. Mariho fa tsy nanana fototra mafy orina ilay trano). Ahoana no ahafahan' ny avonavona mihazona ny olona iray tsy handray ny fiainana mandrakizay?
- Nanandrana tamin' ilay voankazo ny olona sasany tao amin' ilay fahitana saingy menatra satria nanaraby azy ireo olona tao amin' ilay trano mijoalajoala sy malalaka (1 Nefia 8:26–28). Ahoana no ahafahantsika mahazo hery hiatrehana ny fanenjehana?

**2. Ireo vahoaka tao amin' ny fahitana momba ny hazon' aina**

Hazavao fa nahita "olona tsy hay isaina tao anatin' ny fahitana i Nefia"(1 Nefia 8:21). Azo zaraina ho sokajy efatra ireo olona ireo araka ny fihetsiny eo amin' ny fikatsahana ilay hazo sy ny voany. Ampio ny mpianatra hamantatra sy hamaritra ireo sokajy efatra ireo, amin' ny fampiasana ireto andalana voalaza eto ambany. (Azonao atao ny mizara ny mpianatra ho andiany efatra ka asaovy mamaky andalana iray avy ny andiany tsirairay ary milaza ny fihetsik' ireo olona voaresaka ao amin' ilay andalana).

a. 1 Nefia 8:21–23. (Ireo izay nanomboka teo amin' ny lalan-kely kanefa nanjary very rehefa tao amin' ny zavon' ny haizina).
b. 1 Nefia 8:24–28. (Ireo izay nihazona ny anja-by mandra-pahatongany teo amin' ny hazo ka nihinana tamin' ny voany kanefa menatra sy lavo avy eo).
d. 1 Nefia 8:30. (Ireo izay nihazona ny anja-by mandrapahatongany teo amin' ilay hazo ka nihinana tamin' ny voany ary nijanona ho mahatoky avy eo).
e. 1 Nefia 8:31–33. (Ireo izay tsy mba nandeha tamin' ny lalan-kely mihitsy fa tonga dia nanitsy nankany amin' ilay trano lehibe sy malalaka).

- Ahoana no fibaribarin' ireo sokajy ireo eto amin' izao tontolo izao ankehitriny? (Ohatra, ireo olona izay milaza ho mitady ny fiainana mandrakizay kanefa variana amin' ny zavatra hafa toy ny fananana ara-nofo sy ny fahafinaretan' izao tontolo izao dia mitovy amin' ireo nanomboka nandeha tamin' ilay lalan-kely kanefa very avy eo).

- Ao amin' ilay fahitana, inona no karazan-dalana nalehan' ny olona, rehefa niala tamin' ilay anja-by na nandao ny hazon' aina izy ireo? (Jereo 1 Nefia 8:28, 32; 12:17). Inona no nanjo ireo izay nanaraka izany karazan-dalana izany? Raha mandeha manatona lalana "voarara", "tsy fantatra", na "malalaka" isika, dia ahoana no ahafahantsika miverina amin' ny lalana ety sady tery?
- Inona ireo zavatra sasany tsy maintsy ataontsika mba hijanonana eo amin' ny lalana ety sady tery? Ahoana no ahafahantsika manampy ny hafa hijanona eo amin' izany lalana izany?

---

Famaranana

Toroy hevitra ny mpianatra hanamarika ireto teny manaraka ireto ao anatin' ny soratra masina: *manomboka* (1 Nefia 8:22), *mihazona* (1 Nefia 8:24), *mamikitra,* (1 Nefia 8:24), ary *tsy miato* (1 Nefia 8:30). Asongadino fa ireo teny ireo dia manampy antsika hahatakatra ny zavatra tsy maintsy ataontsika hahatratrarana ny hazon' aina: tsy maintsy manomboka eo amin' ny lalana ety sy tery, mihazona ny anja-by sy mamikitra aminy ary mandroso tsy miato mankeo amin' ilay hazo.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na roa amin' ireto hevitra ireto ao anatin' ny lesona.

**1. "Izay mitady amim-pahazotoana no hahita"(1 Nefia 10:19)**

- Inona no nirian' i Nefia taorian' ny nandrenesany ny momba ny fahitan' ny rainy? (Jereo 1 Nefia 10:17). Inona no nataony ka nahatonga izany faniriana izany ho tanteraka? (Jereo 1 Nefia 10:17–19; 11:1–6). Ahoana no ahafahan' ny ohatra navelan' i Nefia manampy antsika eo amin' ny fitadiavantsika hahatakatra ny fahamarinan' ny filazantsara? (Iangavio ny mpianatra hizara traikefa izay nanampian' ny Fanahy Masina azy ireo hahatakatra ny fahamarinan' ny filazantsara.
- Tamin' ny lafiny inona no naha samy hafa ny valintenin' i Lamàna sy Lemoela momba ny fahitana azon' ny rainy amin' ny an' i Nefia'? (Jereo 1 Nefia 15:1–2). Inona no nahatonga an' i Lamàna sy i Lemoela tsy hahatakatra ny fahamarinana nampianarin' i Nefia azy ireo? (Jereo 1 Nefia 15:3, 8–11).

**2. "Fantatrao ve ny fiambanian' Andriamanitra"? (1 Nefia 11:16)**

Mba hanampy ny mpianatra hahatakatra ny fehezanteny "fiambanian' Andriamanitra" (1 Nefia 11:16, 26), dia hazavao fa ao amin' io fehezanteny io ny teny hoe fiambaniana dia midika ho fidinana an-tsitrapo amin' ny toerana ambanimbany kokoa. Zarao avy eo izao fanambarana nataon' i Bruce R.McConkie manaraka izao:

"Ny fiambanian' Andriamanitra (ny Ray) dia ny nahatonga Azy ho tena Ray ara-bakitenin' ny zanaka izay natera-behivavy mety maty. Ary ny fiambanian' Andriamanitra (ny Zanaka) dia ny nampanoavany (Jesoa Kristy) ny tenany tamin' ny fisedrana rehetra teo amin' ny fiainana mety maty, miaritra fakam-panahy sy

fangirifirian' ny nofo, hanoanana, hetaheta ary fahatrotrahana, eny mihoatra noho izay zakan' olombelona, afa-tsy amin' ny fahafatesana ihany (Môsià 3:5–8), ary farany dia novonoina tamin' ny fomba faran' izay mahatsiravina indrindra (*Mormon Doctrine,* 2nd ed. [1966], 155).

**3. "Ary tao anatin' ny fihetsika maneso izy ireo" (1 Nefia 8:27)**

Eo am-piresahan' ny mpianatra momba ilay trano avo lehibe sy malalaka, dia mariho fa nanana fihetsika naneso ireo olona tao amin' ilay trano avo. Nitarika henatra sy fahalavoana teo amin' ny sasany tamin' ireo izay nihinana tamin' ny voankazo izany fanesoana izany (1 Nefia 8:27–28).

- Amin' ny lafiny inona no mety hahatonga ny fihetsitsika amin' ny hafa hitarika azy ho lavo?

Antitrantero fa ny olona anankinana andraikitra dia tompon' andraikitra amin' ny zavatra ataony; na izany aza anefa ny fihetsika ataontsika amin' ny hafa dia mety mampahery azy eo amin' ny ezaka tsara ataony, na koa manakivy azy. Entano ny mpianatra hifampahery sy tsy haneso na hanamavo ny hafa.

**4. Hira**

Hirao na vakio miaraka amin' ny mpianatra ny tonon' ny "The Iron Rod" (*Hymns*, no. 274).

# “Ny zavatra hitako raha nentina am-panahy aho”

Lesona **4**

*1 Nefia 12–14*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny fahitan’ i Nefia mikasika ny ho avy sy ny fomba ifandraisan’ ireo fampitandremana sy fampanantenana ireo amintsika amin’ izao fotoana izao.

**Fanomanana**


1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   - a. Nefia 12. Hitan’ i Nefia tamin’ ny alalan’ ny fahitana ny taranany sy ny an’ ireo rahalahiny. Hitany ny ady nifanaovan’ izy ireo ary hitany koa ny fandravana ireo ratsy fanahy talohan’ ny nahatongavan’ ny Mpamonjy. Hitany ny niainan’ izy ireo tamim-pahamarinana taorian’ ny nahatongavan’ ny Mpamonjy, kanefa dia lavo tao amin’ ny faharatsiana indray izy ireo avy eo.
   - b. 1 Nefia 13. Hitan’ i Nefia tamin’ ny alalan’ ny fahitana ny fananganana ilay fiangonana lehibe sy mamohehitra, ny fanjanahana an’ i Amerika, ny apôstazia ary ny fampodiana amin’ ny laoniny ny filazantsara amin’ ny andro farany.
   - d. 1 Nefia 14. Hitan’ i Nefia tamin’ ny alalan’ ny fahitana ny fitahiana nampanantenaina ny jentilisa izay mahatoky, ny ozona izay hihatra amin’ ny jentilisa izay tsy mahatoky ary ny fandresena farany izay an’ ny fiangonan’ ny zanak’ ondrin’ Andriamanitra eo anatrehan’ ilay fiangonana lehibe sy mamohehatra.
2. Raha mampiasa ny fisarihana ny saina ianao, dia omano eo amin’ ny takelaka lehibe iray, na koa eny amin’ ny peta-drindrina na eny amin’ ny solaitrabe ny fandehan’ ny fotoana.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Jereo ny fandehan’ ny fotoana manaraka




Ampio ny mpianatra hametraka ireto zava-nitranga manaraka ireto eo amin’ ny fandehan’ ny fotoana. Araka ny fahaizan’ ny mpianatrao, dia azonao atao ny manoratra ny fandehan’ ny fotoana ary manontany ny mpianatra hamantatra ny zava-nitranga isaky ny daty; na koa azonao tanisaina eny amin’ ny solaitrabe ny zava-nitranga ary angatahanao ny mpianatra hamantatra ny fotoana nitrangan’ izany tsirairay avy.

a. Fanomboana an' i Jesoa Kristy teo amin' ny hazo fijaliana (33 taorian' i. J.K.)
b. Ilay apôstazia lehibe (Teo ho eo amin' ny 100 taorian' i J.K. ka hatramin' ny 1800 taorian' i J.K.).
d. Ny ady farany nisy teo amin' ny Lamanita sy ny Nefita (385 taorian' i J.K. eo ho eo).
e. Ny nahitan' i Christophe Colomb an' i Amerika (1492 taorian' i J.K.)
f. Ny fampodiana amin' ny laoniny ny filazantsaran' i Jesoa Kristy (1820 taorian' i J.K. – ankehitriny)

Rehefa voapetraky ny mpianatra eo amin' ny fandehan' ny fotoana ireo zava-nitranga, dia hazavao fa i Nefia dia nahita an' ireo zava-nitranga ireo sy ny hafa koa tao amin' ny fahitany momba ny ho avy.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ny andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana eo amin' ny fiainana andavanandro ireo soratra masina voafantina. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Hitan' i Nefia ny hoavin' ny taranany sy ny taranak' ireo rahalahiny.**

Hadihadio ny 1 Nefia 12. Asaovy mamaky mafy ny andalan-tsoratra masina voafantina ny mpianatra. Hazavao fa ao amin' ny 1 Nefia 12, dia mitantara ny faminaniany momba ny hoavin' ireo taranany sy ny taranak' ireo rahalahiny i Nefia. Eo am-panadihadiana ny lesona, dia mariho fa ny ohatra sasantsasany amin' ny fahitana mikasika ny hazon' aina (ny zavon' ny aizina, ny trano be mijoalajoala, ny onin-drano maloto) dia tandindon' ny fahalavoan' ny taranak' i Nefia.

- Ahoana no nanoritsoritan' i Nefia ny fomba fiaina teto an-tany talohan' ny namangian' ny Mpamonjy tany Amerika (jereo 1 Nefia 12:1–6). Ahoana no mampitovy ireo fomba fiaina ireo amin' ny fomba fiaina hialoha ny fahatongavan' ny Tompo fanindroany? (Jereo Joseph Smith—Matio 1:27–37). Ahoana no fitantaran' i Nefia ny fomba fiaina taorian' ny famangian' ny Tompo? (Jereo 1 Nefia 12:11–12; jereo koa ny fahatanterahan' izany faminaniana izany izay voarakitra ao amin' ny 4 Nefia 1:2–4). Inona no nitondra izany fahamarinana sy fandriampahalemana izany? (Jereo 4 Nefia 1:15).
- Hitan' i Nefia fa aorian' ny taranaka efatra mifanesy miaina ao amin' ny fahamarinana, dia hanomboka hiady indray ny taranany sy ny taranak' ireo rahalahiny (1 Nefia 12:12–15). Inona no hitan' i Nefia nitranga tamin' ny taranany tamin' ireo ady ireo? (Jereo 1 Nefia 12:19–20). Nahoana no resy sy potika ny taranak' i Nefia? (Jereo 1 Nefia 12:19). Ahoana no ahafahan' ny fireharehana sy ny fakan' ny devoly fanahy mitondra antsika any amin' ny faharavana?

**2. Hitan' i Nefia ny fananganana ilay fiangonana lehibe sy mamohehatra, ny fanjanahana an' i Amerika, ny apôstazia ary ny fampodiana amin' ny laoniny ny filazantsara.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 1 Nefia 13. Hazavao fa ny 1 Nefia 13 dia firaketana ny fahitan' i Nefia momba ireto manaraka ireto:

a. Ny fanorenana ilay fiangonana lehibe sy mamohehatra
b. Ny nahitana sy nanjanahana an' i Amerika
d. Ny Apôstazia sy ny fahaverezan' ny ampahany mazava sy sarobidy maro tao amin' ny Baiboly
e. Ny fivoahan' ny Bokin' i Môrmôna sy ny fampodiana amin' ny laoniny ny filazantsara.

*Ny fanorenana ilay fiangonana lehibe sy mamohehatra*

- Inona no zavatra hitan' i Nefia niorina "teo anivon' ny firenen' ny Jentilisa?" (Jereo 1 Nefia 13:4–5). Iza no nanorina ilay fiangonana lehibe sy mamohehatra? (Jereo 1 Nefia 13:6).

  Hoy ny loholona Bruce R. McConkie: "*Ny fiangonana mitondra ny anaran' ny devoly* sy ny *fiangonana lehibe sy mamohehatra* dia entina hilazana ireo fiangonana rehetra na fikambanana na inona na inona anarany sy karazany—na politika io, na filôzôfika, na manabe, na ekonomika, na sosialy, na ara-pirahalahiana, na sivika, na ara-pivavahana—izay natao hitondra ny olona amin' ny lalana izay manalavitra an' Andriamanitra sy ny lalàny ka misakana azy tsy ho voavonjy any amin' ny fanjakan' Andriamanitra" (*Mormon Doctrine,* 2nd ed. [1966], 137–38).

  Antitrantero fa ilay fiangonana lehibe sy mamohehatra dia mariky ny apôstazia amin' ny endriny rehetra. Izany dia fanehoana ny fotopampianarana diso rehetra, ny fivavahana diso ary ny fihetsika tsy araka an' Andriamanitra. Tsy misy fiangonana asehon' izany manokana eto an-tany ankehitriny.

- Inona no toetoetran' ilay "fiangonana lehibe sy mamohehatra"? (Jereo 1 Nefia 13:5–9. Mety ho tafiditra ao amin' ny valim-panontaniana ny hoe maha osa ny finoana izany, maniry ny harenan' izao tontolo izao mbamin' ny fahotany sy mitady ny deran' izao tontolo izao). Inona no fanehoana an' ohatra avy ao amin' ny fahitana ny hazon' ny fiainana mifanaraka amin' ilay fiangonana lehibe sy mamohehatra? (Ampitahao 1 Nefia 13:5–9 sy ny 1 Nefia 11:35–36).

- Inona no zavatra mibaribary hitanao fa maneho ny asa ataon' ilay fiangonana lehibe sy mamohehitra hanimba ny olomasina amin' izao fotoana izao? Ahoana no ahafahantsika milaza tsy amim-pihambahambana fa tsy voafitaky ny olona na fikambanana izay mitarika olona hanalavitra ny Tompo sy ny lalànany isika?

*Ny nahitana sy nanjanahana an' i Amerika*

- Ireo jentilisa izay "nandeha. . . tambonin' ny rano maro" dia fantatra fa i Christophe Colomb sy ireo mpisavalalana ary ireo mpiavy tany Amerika (1 Nefia 13:12–13). Inona no nahatonga ireo mpisavalalana sy mpiavy hahita fahombiazana tamin' izay nataony? (Jereo 1 Nefia 13:14–19).

- Inona ny asa nataon' ireo mpisavalalana voalohany sy ireo mpiavy mikasika ny fampodiana amin' ny laoniny ny filazantsara? (Nanomana lalana hanorenana ny firenena Amerikana izy ireo. Ny lalàm-panorenana Amerikana dia nametraka fahalalahana mikasika ny fivavahana izay nilaina tamin' ny fampielezana ny Bokin' i Môrmôna sy fampodiana amin' ny laoniny ny filazantsara. (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:77–80).

*Ny Apôstazia sy ny fahaverezan' ny ampahany mazava sy sarobidy maro tao amin' ny Baiboly*

- Inona ilay boky hitan' i Nefia nentin' ny Jentilisa? (Jereo 1 Nefia 13:20–23. Ny Baiboly). Inona no zavatra nataon' ilay fiangonana lehibe sy mamohehatra tamin' io boky io? (Jereo 1 Nefia 13:24–26). Nahoana? (Jereo 1 Nefia 13:27).
- Inona no vokatry ny fahaverezan' ireo zavatra mazava sy sarobidy maro avy ao amin' ny Baiboly? (Jereo 1 Nefia 13:29).

*Ny fivoahan' ny Bokin' i Môrmôna sy ny fampodiana amin' ny laoniny ny filazantsara*

- Fantatry ny Tompo fa ilay fiangonana lehibe sy mamohehatra dia hiezaka handrava ny tenin' Andriamanitra ao amin' ny Baiboly. Inona no nataony mba ho azo antoka fa ho voaro sy hivoaka amin' ny andro farany ny teniny? (Jereo 1 Nefia 13:35–36). Inona io firaketana notehirizin' ny taranak' i Nefia io? (Ny Bokin' i Môrmôna).
- Inona no tanjon' ny Bokin' i Môrmôna? (Jereo 1 Nefia 13:40–41; jereo koa Môrmôna 7:8–9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:8–12. Azonao atao ny manoratra ny valim-panontaniana omen' ny mpianatra eny amin' ny solaitrabe). Ahoana no nahitanao ny fahatanterahan' ireo tanjona ireo?
- Inona ireo fotopampianarana sasantsasany saro-takarina ao amin' ny Baiboly nefa mazava sy sarobidy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna? (Mety ho tafiditra amin' ny valim-panontaniana ny sorompanavotana, ny fitsanganana amin' ny maty, ny batisa). Azonao atao ny mizara ohatra amin' ny fomba nampianarana ireo fotopampianarana ireo mazava tsara ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Asaovy mamaky ny Almà 11:42–45 ohatra ny mpianatra, izay mampianatra amin' ny fomba mazava sy sarobidy ny fahamarinana mikasika ny sorompanavotana sy ny fitsanganana amin' ny maty, na koa ny 3 Nefia 11:21–26 sy ny Môrônia 8:11–12 izay mampianatra amin' ny fomba feno sy sarobidy ny marina mikasika ny batisa). Ahoana no nanampian' ny Bokin' i Môrmôna ny Baiboly ho mora azo kokoa taminao na nampitomboany ny fijoroana ho vavolombelona izay nanananao mikasika ny Baiboly?

**3. Hitan' i Nefia teo amin' izay mahatoky ireo fahitana nampanantenaina ireo; hitany koa ny faharavan' ilay fiangonana lehibe sy mamohehatra.**

Vakio sy anaovy fanadihadiana ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 1 Nefia 14.

Zarao ho andiany roa ny mpianatra. Asaovy manao fikarohana ny andiany iray hitady ny fitahiana nampanantenaina ny Jentilisa (ireo izay tsy Israelita) raha mijanona ho mahatoky ny Tompo izy ireo. Asaovy mamaky ireo andininy ireo ihany ilay andiany hafa, hitady ny ozona hihatra amin' ireo Jentilisa, raha manamafy ny fony sy miodina amin' ny Tompo izy ireo. Tanisao eny amin' ny solaitrabe ireto zavatra ireto. Manontania avy eo hoe:

- Inona no tsy maintsy ataontsika mba hampalefaka ny fontsika ka hahazoantsika mandray ireo fitahiana?
- Amin' ny lafiny inona no tsy mampisy afa-tsy hery roa eto an-tany ankehitriny? (Jereo 1 Nefia 14:10; 2 Nefia 10:16).

- Inona no hitranga amin' ilay fiangonana lehibe sy mamohehatra amin' ny farany? (Jereo 1 Nefia 14:3–4, 15–17; 22:23).
- Hitan' i Nefia fa na dia vitsy an' isa aza ny mpikambana ao amin' ny fiangonan' ny Tompo amin' izao andro farany izao, dia ho afaka handresy ny fanenjehana ataon' ilay fiangonana lehibe sy mamohehitra izy ireo. Inona no fiadiana hitan' i Nefia teny amin' ireo olomasin' Andriamanitra? (Jereo 1 Nefia 14:14). Ahoana no ahafahantsika "mirongo ny fahamarinana sy ny herin' Andriamanitra ho fiadiana"?

---

Famaranana

Hazavao fa ny fahitan' i Nefia dia manome antsika fahafahana hahita zavatra betsaka tamin' izay nitranga sy izay mbola hitranga eo amin' ny tantaran' izao tontolo izao. Mampiseho koa izany fa tsy maintsy misafidy amin' ny zavatra roa ihany isika: na manaraka an' i Jesoa Kristy, na hiasa hanohitra Azy ka hanaraka an' i Satana. Ampahatsiahivo ny mpianatra fa ny fitahiana nampanantenaina ao amin' ny 1 Nefia 14 dia ho antsika rehetra, raha misafidy ny hanaraka an' i Jesoa Kristy isika.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

Lesona
# 5

# “Mihainoa ny marina, ary araho izany”

*1 Nefia 16–22*

**Tanjona** Hitarika ny mpianatra hanaraka ny ohatra nasehon’ i Nefia amin’ ny finoana sy fankatoavana an-tsitrapo.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:

   a. 1 Nefia 16; 17:1–3. Nanambady ny zanakavavin’ i Ismaela ny zanakalahin’ i Lehia sy i Zôrama. Nomen’ ny Tompo ny vahoaka ny Liahôna izay nitarihany azy ireo namakivaky ny tany foana araka ny finoana sy ny fahazotoan’ izy ireo. Tapaka ny zanatsipìkan’ i Nefia, ka nampananosarotra ny fihazana sakafo. Nimenomenona ny rehetra afa-tsy i Nefia izay nanamboatra zanatsipìka vaovao, nanontany an’ i Lehia izay toerana handehanana hahitana sakafo ary nitondra sakafo ho an’ ny olona.
   b. 1 Nefia 17:4–55; 18:1–4. Naneho ny finoana tsy nihozongozona i Nefia tamin’ ny fankatoavana ny didin’ ny Tompo hanamboatra sambo.
   d. Nefia 18:5–25. Nandray anjara tamin’ ny fikomiana teny ambony sambo i Lamàna, i Lemoela, ny zanakalahin’ i Ismaela ary ny vadin’ izy ireo. Nafatotr’ i Lamàna sy i Lemoela i Nefia, izay naneho herim-po sy fankasitrahana na dia teo aza ny fitsapana. Nandefa tafio-drivotra lehibe ny Tompo. Novahan’ i Lamàna sy i Lemoela i Nefia, izay nitondra ny sambo nankany amin’ ny tany fampanantenana.

2. Vakiteny hafa: Almà 37:38–46.

3. Miresaha mialoha amin’ ny mpianatra telo, ka iangavio ny tsirairay avy aminy hiomana hamintina iray amin’ ireo tantara ao amin’ ny soratra masina voatanisa eto ambany. Angataho izy ireo hanao tatitra momba ireo zava-dehibe voalaza ao amin’ ny tantara noho ny fotopampianarana na ny fampiharana izany amin’ ny fiainany manokana izay mbola hofakafakaina ao an-dakilasy aorian’ ny tatitra ataony.

   a. 1 Nefia 16:9–33
   b. 1 Nefia 17:4–55; 18:1–4
   d. 1 Nefia 18:5–22

4. Miomàna hampiasa ireto fitaovana manaraka ireto mandritra ny lesona raha misy izany:

   a. Ny sary ny Liahôna (62041; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 302) sy ny i Lehia sy ny vahoakany tonga tany amin’ ny tany nampanantenana (62045; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 304).
   b. “I Will Prepare the Way,” horonan-tsary maharitra valo minitra ao amin’ ny *Book of Mormon Video Presentations* (53911).

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Soraty eo amin' ny solaitrabe ny teny manaraka:

*Tsy mahavita aho.*
*Hoeritreretiko ny momba izany.*
*Hiezaka aho.*

Asaovy mamaky ny 1 Nefia 3:4 ny mpianatra.

- Inona no mety ho nitranga raha namaly ny didin' ny Tompo tamin' ny iray amin' ireo teny eo amin' ny solaitrabe i Nefia? Ahoana no navalin' i Nefia? ("Hanatanteraka aho" Jereo 1 Nefia 3:7).

Fafao ny teny eo amin' ny solaitrabe ary soraty mibaribary ny teny hoe "*HANATANTERAKA AHO*. Hazavao fa notahiana i Nefia sy ny fianakaviany raha nizotra nankany amin' ny tany fampanantenana, satria tsy nitsahatra ny nanana fihetsika "Hanatanteraka aho" i Nefia—tsy nisalasala izy nankatò ny didin' ny Tompo. Maneho amintsika ny fomba ahafahantsika manaraka ny ohatra nasehon' i Nefia amin' ny finoana sy fahavononana io lesona io.

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ny andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Fakafakao ny fomba ampiharana ireo soratra masina voafantina ireo eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Nitarika ny fianakavian' i Nefia sy i Ismaela araka ny finoany sy ny fahazotoany ny Tompo.**

Raha mampiasa ny sarin' i Lehia mahita ny Liahôna ianao, dia asehoy izany ankehitriny. Iangavio ny mpianatra voatendry hamintina ireo zava-nitranga voalaza ao amin' ny 1 Nefia 16:9–33. Vakio sy hadihadio avy eo ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 1 Nefia 16;17:1–3.

- Nantsoina hoe "Liahôna" (Almà 37:38) ilay bolana na mpitarika" izay nomen' ny Tompo an' i Lehia. Inona no asan' ny Liahôna? (Jereo 1 Nefia 16:10–20). Inona no nilaina nataon' ny olona mba hahafahan' ny Liahôna miasa? (Jereo 1 Nefia 16:28–29; Almà 37:40). Inona no zava-nitranga rehefa tsy nahatoky sy tsy nankatò ny olona? (Jereo Almà 37:41–42).
- Inona ireo mpitarika eo amin' ny fiainantsika, izay miasa araka ny finoana sy ny fahazotoantsika toy ny Liahôna? (Mety hahitana ny soratra masina, araka ny hazavaina ao amin' ny Almà 37:38–46; ny Fanahy Masina; ny tsodranon' ny patriarka; ny fanampian' ny mpaminany velona; ary ny feon' ny fieritreretana, araka izay hazavaina ao amin' ny teny nindramina eto ambany ny valinteny). Ahoana no fomba nanampian' ireo mpitarika ireo anao?

Hoy ny filoha Spencer W. Kimball:

"Ny feon' ny fieritreretana dia nomen' ny Tompo ny olona tsirairay mba hiteny azy isaky ny manomboka mandeha amin' ny lalan-diso izy. Tenenina mandrakariva izy raha mihaino, kanefa mazava ho azy fa mety ho lasa zatra loatra amin' ny fandrenesana ny hafatra ny olona ka tsy miraharaha izany mandra-pahatongany ho tsy maharay izany intsony.

"Tokony ho tsapanareo fa manana zavatra toy ny kompà, toy ny Liahôna ianareo ao anatinareo ao. Nomena izany ny zaza tsirairay. . . . Raha tsy miraharaha ny Liahôna izay ananany ao anatiny izy dia tsy hanana izany hibitsika aminy intsony amin' ny farany. . . . Tsy hivaona amin' ny lalan-diso ny sambontsika . . . raha henointsika ny torolalan' ny Liahôna izay ananantsika, dia ilay antsointsika hoe ny feon' ny fieritreretana" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1976, 117; na *Ensign,* Nov. 1976, 79).

- Ahoana ny fihetsik' i Lamàna sy i Lemoela raha nahatapaka ny tsipìkany i Nefia? (Jereo 1 Nefia 16:18, 20). Ahoana ny fihetsik' i Lehia? (Jereo1 Nefia 16:20). Ahoana ny fihetsik' i Nefia? (Jereo 1 Nefia 16:22–23). Inona ny lesona azontsika tsoahina avy amin' ny valintenin' i Nefia manoloana io olana io, izay afaka manampy antsika, rehefa miatrika olana isika? (Mety ho hita amin' ny valinteny ny tokony hatokisantsika ny Tompo, ny hiasantsika amin-joto handresena ny olana, ary ny fisorohana ny fimonomononana amin' ny Tompo sy amin' ireo mpanompony).
- Taorian' ny nanaovan' i Nefia tsipìka vaovao, dia nanontany an' i Lehia ny toerana haleha hahazoana hanina izy (1 Nefia 16:26–32)? Ahoana ny fomba namalian' i Lehia ny fangatahan-janany? (Jereo 1 Nefia 16:24–25). Inona no vokatry ny fanetren-tenan' i Lehia sy ny fitodihany tamin' ny Tompo? (Jereo 1 Nefia 16:26–32). Inona ny lesona azontsika tsoahina avy amin' ny fifanaovan' ny Tompo sy i Lehia tao amin' io toe-javatra io? (Mety ho tafiditra ao amin' ny valinteny ny hoe: hamela heloka sy hitahy antsika ny Tompo rehefa manetry tena sy mitodika aminy isika).
- Mikasika ny Liahôna, nanamarika i Nefia fa "afaka manatanteraka zava-dehibe amin' ny alalan' ny zava-madinika ny Tompo" (1 Nefia 16:29; jereo koa Almà 37:6–9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:33). Eo amin' ny fiainanao, ahoana no nahitanao ny fahamarinan' izany? Ahoana ny ahafahan' ny fahalalana izany fitsipika izany manampy antsika?

**2. Maneho finoana tsy azo hozongozonina i Nefia amin' ny fanatanterahana ny didin' ny Tompo hanamboatra sambo.**

Iangavio ny mpianatra voatendry hamintina ny zava-nitranga voalaza ao amin' ny 1 Nefia 17:4–44; 18:1–4. Vakio sy fakafakao avy eo ny andininy notsongaina avy ao amin' ireo andalana ireo.

- Inona no lesona azontsika tsoahina avy amin' ny fihetsik' i Nefia ho valin' ny didin' ny Tompo hanamboatra sambo? (Jereo 1 Nefia 17:8–11, 16–19, 50–51; 18:1–3; jereo koa Jakoba 2:17–18).

Hoy ny loholona L. Tom Perry: "Iray amin' ireo tantara mahaliana indrindra ao amin' ny soratra masina ity satria mitantara toe-javatra iray izay nanomezan' ny Tompo fanampiana kanefa kosa niatahany avy eo mba hahafahan' ny iray amin' ny zanany hampiasa ny finiavany manokana. Nanontany tena aho

indraindray ny amin' ny zavatra izay mety ho nitranga raha fitaovana no nangatahin' i Nefia tamin' ny Tompo fa tsy ny toerana hahitana ny akora hanamboarana fitaovana. Tsy inoako ho namaly ny fangatahan' i Nefia ny Tompo. Hitanareo fa fantatry ny Tompo fa afaka manamboatra ireo fitaovana i Nefia ary mahalana no hanaovan' ny Tompo ny zavatra azon' ny tenantsika tanterahina ho antsika" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1991, 87–88; na *Ensign,* Nov. 1991, 64).

Raha mampiasa ny horonan-tsary "I Will Prepare the Way" ianao, dia asehoy izany izao. Rehefa avy nalefanao izany, dia hadihadio ny fomba nanomanan' ny Tompo ny lalana ho an' i Susan, ilay manana anjara toerana lehibe ao amin' ny tantara, hizara ny filazantsara. Ampio ny mpianatra hahita fa izy ireo koa dia afaka mahita hery amin' ny fampanantenan' ny Tompo: "Hanomana lalana eo anoloanareo aho, raha hitandrina ny teniko ianareo" (1 Nefia 17:13).

- Ahoana no fihetsik' i Lamàna sy i Lemoela raha nahita fa teo am-panamboarana sambo i Nefia? (Jereo 1 Nefia 17:17–22). Nibedy azy tamin' ny fampahatsiahivana azy ireo ny fifindra-monin' ny Israelita avy any Ejipta i Nefia. Ahoana no mampitovy ny fifindra-monin' i Lehia sy ny fianakaviany amin' ny an' i Mosesy sy ny Israelita? (Jereo 1 Nefia 17:23–44).
- Nolazain' i Nefia tamin' i Lamàna sy i Lemoela fa "efa donto [izy ireo] hany ka tsy afaka mahatsapa ny tenin' ny [Tompo]" (1 Nefia 17:45). Inona no dikan' ny hoe mahatsapa ny tenin' ny Tompo? (Jereo ny teny nindramina eto ambany). Inona no mahatonga ny olona ho lasa "donto"? Ahoana no ahafahantsika manoman-tena hahatsapa ny tenin' ny Tompo?

  Nampianatra ny loholona Boyd K. Packer hoe: Ny Fanahy Masina dia mifandray kokoa amin' ny fanahy amin' ny alalan' ny saina noho ny amin' ny alalan' ny fahatsapana ara-batana. Tonga amin' ny endrika eritreritra, fihetseham-po, amin' ny alalan' ny fahatsapana sy bitsika io fitarihana io. Tsy mora mandrakariva ny mamaritra ny fiasan' ny Fanahy. Mampianatra antsika ny soratra masina fa afaka mahatsapa kokoa ny tenin' ny fifandraisana ara-panahy noho ny fandrenesana azy isika, ary mahita amin' ny masom-panahy noho ny amin' ny mason' olombelona (jereo 1 Nefia 17:45)" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1989, 16; na *Ensign,* Nov. 1989, 14).
- Inona no vokatra zakain' ny olona rehefa manamafy ny fony manoloana ny fahamarinana toa an' i Lamàna sy i Lemoela izy ireo? (Jereo 1 Nefia 17:46–47).
- Niezaka nandresy lahatra ireo rahalahiny tsy himenomenona amin' ny rainy i Nefia (1 Nefia 17:49). Ahoana no fiantraikan' ny fimenomenonana amin' ny fianakaviantsika? Ahoana no ahafahantsika mandresy ny fifosana sy ny fanaratsiana ny ankohonana?
- Nanohy nivavaka hahazo fitarihana i Nefia teo am-panamboarana ny sambo (1 Nefia 18:1–3). Ahoana no namalian' ny Tompo ny vavaka nataony? (Jereo 1 Nefia 18:3–4). Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny fikatsahana matetika ny Tompo amim-bavaka?

**3. Nofatoran' i Lamàna sy i Lemoela i Nefia izay naneho herim-po sy fankasitrahana na dia teo aza izany fitsapana izany. Taorian' ny namahan' izy ireo azy, dia nitondra ny sambo tany amin' ny tany nampanantenana izy.**

Iangavio ny mpianatra voatendry hamintina ny zava-nitranga voalaza ao amin' ny 1 Nefia 18:5–22. Vakio sy hadihadio avy eo ny andininy notsongaina tao amin' ny 1 Nefia 18:5–25.

- Teo am-pizorana an-tsambo ho any amin' ny tany nampanantenana, dia "nanomboka niala liana" i Lamàna sy i Lemoela, ny zanaka lahin' i Ismaela sy ny vadin' izy ireo (1 Nefia 18:9). Inona no navalin' i Nefia ny fihetsik' izy ireo? (Jereo 1 Nefia 18:10). Inona no tsy nety tamin' izany fialana liana izany? (Jereo 1 Nefia 18:9. Nanadino ny Tompo izy ireo ary nanao fihetsika maneho fahambanian-toetra. Azonao atao ny mampitaha io andininy io amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136:28).
- Inona no hany zavatra nandresy lahatra an' i Lamàna sy i Lemoela hanafaka an' i Nefia? (Jereo 1 Nefia 18:15–20). Nihamafy fo hatrany i Lamàna sy i Lemoela noho izy ireo nikomy tamin' ny Tompo, nibebaka izy ireo ary nanohy nikomy indray (ampitahao amin' ny 1 Nefia 2:14; 7:19–21; 16:39; 18:4 ny 1 Nefia 18:20 ). Inona no loza ateraky ny fiverimberenana amin' ny ota iray? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:7).
- Ahoana no nitahian' ny Tompo ny olona taorian' ny nibebahan' i Lamàna sy i Lemoela ary namahany ny fatoran' i Nefia? (Jereo 1 Nefia 18:21–25. Raha mampiasa ny sarin' ny olona tonga tany amin' ny tany nampanantenana ianao, dia asehoy izany izao).
- Raha namakivaky ny tany foana sy ny ranomasina ny olona, dia inona ny toe-javatra nahatonga ny maro tamin' izy ireo himoimoy? (Jereo 1 Nefia 16:18–20, 34–36; 17:21). Ahoana no fihetsik' i Nefia nandritra ireo fotoan-tsarotra ireo? (Jereo 1 Nefia 18:16. Antitrantero fa na dia nimenomenona tamin' Andriamanitra aza ireo olona nanodidina an' i Nefia, dia tsy nihozongozona tamin' ny fankatoavany sy ny fitiavany ny Tompo i Nefia).

---

Famaranana

Mariho fa famaritana tena mifanaraka amin' ny toetra marina nananan' i Nefia ny teny farany ao amin' ny Bokin' i Môrmôna: "Nandidy ahy ny Tompo, ary tsy maintsy mankatò aho" (2 Nefia 33:15). Zarao avy eo izao tenin' ny loholona Heber J. Grant manaraka izao:

"Tsy misy sakana tsy hay resena rehefa mandidy ny Tompo ary mankatò isika" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1899, 18).

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na roa amin' ireto hevitra ireto ao anatin' ny lesona.

**1. Fikarohana soratra masina**

Asaovy dinihan' ny mpianatra ny 1 Nefia 16–18, amin' ny fitadiavana ny teny izay milaza an' i Nefia sy ny teny izay milaza an' i Lamàna sy i Lemoela. Ataovy lisitra eo amin' ny solaitrabe izany teny izany ary ampiasao hanehoana ny fahasamihafana eo amin' ny Nefia sy ireo rahalahiny mpikomy.

**2. Ny azo tsoahina avy ao amin' ny 1 Nefia 19–22**

- Iray amin' ny zavatra voalohany nasain' ny Tompo hataon' i Nefia taorian' ny nahatongavan' ny fianakaviany tany amin' ny tany nampanantenana ny hihazona rakitsoratra momba ny vahoaka (1 Nefia 19:1–4). Nilaza i Nefia fa nanoratra "zava-masina" ho an' ny olony "fa angamba mety haharesy lahatra azy [izy] ka hotsaroan' izy ireo ny Tompo Mpanavotra azy ireo" (1 Nefia 19:5–18). Inona ireo fitahiana ho tonga amin' ny taranatsika raha manoratra ny toe-java-masina amin' ny fiainantsika isika?
- Araka an' i Nefia, ahoana ny ho nandraisan' izao tontolo izao ny Tompo nandritra ny asa fanompoana nataony teto an-tany? (Jereo 1 Nefia 19:7–10). Inona no antony nandavan' izao tontolo izao an' i Jesoa toy ny "zava-tsinontsinona"? (Jereo 1 Nefia 19:9). Inona no nahatonga an' i Jesoa ho vonona hiaritra fanenjehana toy izany? (Jereo 1 Nefia 19:9).
- Araka an' i Nefia, inona no hahatonga ny Jiosy "hokaravasin' ny olon-drehetra"? (Jereo 1 Nefia 19:13–14). Inona no hitranga rehefa "tsy hamily intsony ny fony" hanohitra an' i Jesoa ny Jiosy? (Jereo 1 Nefia 19:15–16).
- Nampianatra ny rahalahiny momba "ny mpaminany fahiny" sy ny "zavatra nataon' ny Tompo tany amin' ny tany hafa, teo anivon' ny mponina fahiny" i Nefia (1 Nefia 19:21–22). Ahoana no nitahiana anao tamin' ny nandalinanao ny soratra masina sy nianaranao momba ny mpaminany fahiny?
- Inona no maha zava-dehibe ny fampiharana amintsika ny soratra masina rehetra? (1 Nefia 19:23). Ahoana no nahazoanao tombotsoa tamin' ny fanaovana izany?

Mirakitra faminaniana mana-danja momba ny andro farany ny 1 Nefia 21–22. Azonao atao ny manao famerenana ireto andalana manaraka ireto:

a. 1 Nefia 21:22–23; 22:6–8. Hampitambatra indray an' i Israely izay niparitaka ny famerenana amin' ny laoniny ny filazantsara.

b. 1 Nefia 21:26; 22:10–12. Hoentin' ny Tompo ny Israely "hiala avy ao amin' ny haizina sy ny haizim-pito, ary ho fantany fa ny Tompo no Mpamonjy azy sy Mpanavotra azy." (Mariho fa manana andraikitra lehibe amin' ny "fitondrana ny fanekempihavanan' [ny Tompo] sy ny filazantsarany amin' ireo izay anisan' ny mpianakavin' i Israely" ny Bokin' i Môrmôna. Ampitahao amin' ny pejy misy ny lohatenin' ny Bokin' i Môrmôna ny 1 Nefia 22:11–12)

d. 1 Nefia 22:13–15. Hifamely an' ady ny firenena izay mandà an' Andriamanitra ary ho potika.

e. 1 Nefia 22:16–19. Hitahiry ny marina ny Tompo.

f. 1 Nefia 22:26. Hofatorana i Satana mandritra ny fanjakana arivotaonan' i Kristy.

Lesona
6

# “Malalaka ny hisafidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay”

*2 Nefia 1–2*

---

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hanana faniriana bebe kokoa “hisafidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay” amin’ ny alalan’ i Jesoa Kristy ilay “Mpanalalana lehibe ny olona rehetra” (2 Nefia 2:27).

---

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. 2 Nefia 1. Nampianatra i Lehia fa tamin’ ny alalan’ ny fanekempihavanana no “nahazoan’ ny vahoakany ny tany nampanantenana”. Noentaniny ireo zanany lahy hibebaka, hankatò ny didin’ ny Tompo ary hitafy fahamarinana ho fiadiany.
   b. 2 Nefia 2:1–10. Nampianatra i Lehia fa ny famonjena dia avy amin’ ny sorompanavotan’ i Jesoa Kristy.
   d. 2 Nefia 2:11–30. Nampianatra i Lehia fa ilaina ny fifanoherana ao amin’ ny drafitry ny Raintsika any an-danitra, ary “malalaka hifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay isika . . . na hifidy ny fahababoana sy ny fahafatesana”
2. Raha mampiasa ny fisarihana ny saina ianao, dia mitondrà famataranandro fanairana.

---

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Mitondrà famataranandro fanairana ao am-pianarana, ary ampanenoy izany amin’ ny fanombohana ny lesona. Rehefa maneno izany, dia ampahafantaro fa matetika dia mitady zavatra toy ity famataranandro ity isika hanampy antsika hifoha. Hazavao fa ity lesona ity dia manomboka amin’ ny torohevitra nomen’ i Lehia hanampy ireo zanany lahy sasantsasany hifoha ara-panahy.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ny toko hohadihadiana ao amin’ ity lesona ity dia ahitana ny teny farany nataon’ i Lehia tamin’ ireo zanany. Entano ny mpianatra hitady ny fomba ampiharana ny anatr’ i Lehia eo amin’ ny fiainan’ izy ireo. Ento amim-bavaka ny fifantenana ny andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary ireo fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin’ ny ilain’ ny mpianatra.

1. **Manentana ireo zanany lahy hibebaka, hankatò ny didin' ny Tompo sy hitafy ny fahamarinana ho fiadiana i Lehia.**

Hadihadio ny 2 Nefia 1. Asao ny mpianatra hamaky mafy ireo andalana voafantina. Hazavao fa io toko io no misy ny anatra izay nomen' i Lehia ho an' ireo zanany fotoana fohy talohan' ny nahafatesany. Angataho ny mpianatra hikaroka ireo zavatra manokana izay nananaran' i Lehia an' ireo zanany lahy mba hataony sy ny fitahiana nampanantenainy azy ireo, raha toa ka mankatò izany izy ireo.

- Niteny i Lehia fa na dia teo aza ny fahoriana, dia "nahazo ny tany nampanantenana ny vahoakany" tamin' ny alalan' ny fanekempihavanana (2 Nefia 15). Inona no fanekempihavanana nisy teo amin' ny Tompo sy ny vahoakan' i Lehia? (Jereo 2 Nefia 1:6–7, 9–10). Inona araka ny voalazan' i Lehia no mety hihatra amin' ny mponina ao amin' ilay tany raha mandà ny Mpamonjy izy ireo? (Jereo 2 Nefia 1:10–12).
- Nantsoin' i Lehia hibebaka ny zanany tamin' ny fandidiana azy ireo mba hifoha . . . avy ao amin' ny torimason' ny helo, hanintsana ireo gadra vy izay mamatotra azy ireo"(2 Nefia 1:13; jereo koa ny andalana 14, 21, ary 23). Nahoana no toy ny torimaso lehibe ny fahotana? Nahoana no toy ny fatotra gadra vy ny fahotana?
- Nananatra ny zanany i Lehia mba "hiarina avy ao amin' ny vovoka . . . ary ho lehilahy" (2 Nefia 1:21). Inona no toetra tsara ananan' ny lehilahy marina? (Jereo 2 Nefia 1:21–27. Asaovy manao fikarohana an' ireo andalana ahitana ireo toetra tsara voalazan' i Lehia ny mpianatra. Azonao atao ny mitanisa toetra tsara hafa eny amin' ny solaitrabe). Inona no amaritan' izao tontolo izao ny atao hoe lehilahy? Ahoana no fomba ahafahantsika manampy ny zatovolahy hifidy ny fahamarinana mihoatra amin' ny famaritana nataon' izao tontolo izao momba ny lehilahy?
- Inona no fahitana azon' i Nefia noho izy nahatoky? (Asaovy mamaky mafy ny 2 Nefia 1:15 ny mpianatra. Mariho fa raha mbola voafatotry ny gadra vy mahatsiravin' ny ota ireo zanany lahy sasany, i Lehia kosa dia "voahodidina mandrakizay tamin' ny sandrim-pitiavan' ny Mpamonjy." Ampahafantaro fa raha manatona amim-panetrentena ny Tompo amin'ny alalan' ny fibebahana sy ny fankatoavana isika dia hovonjena sy ho voahodidin' ny sandrim-pitiavany mandrakizay.")

2. **Mijoro ho vavolombelona momba ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy i Lehia.**

Vakio sy fakafakao ny 2 Nefia 2:1–10.

- Niteny i Lehia fa "tsy misy nofo hohamarinina noho ny lalàna; na koa amin' ny lalàna no anesorana ny olona" (2 Nefia 2:5). Ny olona nohamarinina dia olona namitra-pihavanana tamin' ny Tompo, voavela tamin' ny famaizana noho ny ota, ary ambara ho marina sy tsisy tsiny. Ahoana no anesoran' ny lalàna antsika sy anakanany antsika tsy hohamarinina? (Jereo Jakoba 2:10; 1 Nefia 10:21. Rehefa tsy mankatò ny didy isika dia lasa meloka sy maloto, ary tsy misy zavatra maloto afaka miara-mipetraka amin' Andriamanitra).

- Ary satria tsy afaka hohamarinina noho ny lalàna isika, dia ahoana no ahafahantsika hohamarinina sy ho mendrika hiditra eo anatrehan' Andriamanitra? (Jereo 2 Nefia 2:6–8. Hamafiso fa noho ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy, dia afaka mibebaka sy voavela heloka isika).
- Niteny i Lehia fa "hanefa ny fitakian' ny lalàna ny Mpamonjy"(2 Nefia 2:7). Ny fehezan-teny "ny fitakian' ny lalàna" dia miresaka momba ny fiantraikan'ny fahalavoana sy ny sazy miaraka amin' izany noho ny tsy fankatoavana ny didin' Andriamanitra (2 Nefia 2:5, 10). Ahoana no hanefan' ny Tompo ny fitakian' ny lalàna? (Jereo 2 Nefia 2:7; Almà 34:13–16; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–19; 45:3–5; jereo koa ny teny nindramina etsy ambany).

  Hoy ny filoha Joseph F. Smith: "Tonga i Jesoa ary nijaly, ny marina ho an' ny tsy marina, izy izay tsy nanana ota ho an' izay efa nanota, ary dia niharan' ny famaizan' ny lalàna izay nodikain' ilay mpanota" (*Gospel Doctrine,* 5th ed. [1939], 204).
- Ahoana no tsy maintsy iainantsika mba hahafahantsika hamarinina amin' ny alalan' ny fijalian' i Jesoa Kristy noho ny otantsika? (Jereo 2 Nefia 2:7; jereo koa Romana 10:4; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:15–16; Fanekempinoana 1:3).
- Asaovy mamaky mafy ny 2 Nefia 2:8 ny mpianatra. Inona "ireo zavatra" tokony hampahafantarintsika? (Jereo 2 Nefia 2:6–8). Ahoana ny fomba hampahafantarana ireo zavatra ireo"? Nahoana no maneho fankasitrahana ny Mpamonjy noho ny sorompanavotany ny fampahalalana an' ireo zavatra ireo?

**3. Mampianatra ny halehiben' ny fifanoherana sy ny fahafahana hisafidy ny tsara sy ny ratsy i Lehia**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 2 Nefia 2:11–30.

Rehefa nampianatra ireo zanany mikasika ny ilana ny fifanoherana i Lehia, dia naveriny nojerena ny tantaran' i Adama sy i Eva nihinana tamin' ilay voankazo voarara. Asaovy mifandimby mamaky ny andalana vitsivitsy avy ao amin' ny 2 Nefia 2:15–25 ny mpianatra. Asaovy karohan' ny mpianatra (1) ny endri-javatra izay nisy niainan' i Adama sy i Eva talohan' ny nihinanan' izy ireo tamin' ny voankazo voarara sy (2) ny fifanoherana izay niainany taorian' ny nandraisany tamin' ilay voankazo. Fintino ao anatin' ny tabilao kely eny amin' ny solaitrabe ireo valinteny. Tokony hitovitovy amin' ny tabilao eto ambany izany.

Mariho fa i Lehia, ao amin' ny 2 Nefia 2, dia milaza ireo endri-javatra sasany izay nentin' ny fahalavoana. Na izany aza anefa dia midadasika noho izay aseho ato amin' ity fizarana ity ny fotopampianarana momba ny fahalavoana raha atao indray mijery. Tokony ho takatry ny mpianatra fa nitondra fahafatesana ara-nofo sy fahafatesana ara-panahy teo amin' izao tontolo izao ny fahalavoana, ka nitondra ihany koa tamin' ny alalan' izany ny fampiharana ny drafitry ny fanavotana.

| NY FIAINANA TALOHAN' NY NIHINANANA TAMIN' ILAY VOANKAZO VOARARA. | NY FIFANOHERANA NIAINANA TAORIAN' NY NIHINANANA TAMIN' NY VOANKAZO VOARARA. |
|---|---|
| Afaka nanao araka ny safidiny izy ireo (2 Nefia 2:15–16), kanefa tsy nanao ny tsara, "satria tsy nahafantatra ota" (2 Nefia 2:23). | Afaka hanao ny tsara izy ireo ary afaka nanota koa (2 Nefia 2:23). Nodidina hibebaka noho ny otany izy ireo (2 Nefia 2:21). |
| Tsy nilainy ny niasa tany mba hahatonga ny sakafo haniry ao an-jaridaina (2 Nefia 2:19; jereo koa Mosesy 2:29). | Tsy maintsy niasa izy mba hahazoany hanina (2 Nefia 2:19). |
| Tsy nahalala fahoriana na fifaliana izy ireo (2 Nefia 2:23). | Nanandrana ny fahoriana sy ny hafaliana izy ireo (2 Nefia 2:23). |
| Ary dia tsy maintsy ho tafajanona ho toy izany mandrakizay izy ireo. . . .ka tsy ho nanam-piafarana (2 Nefia 2:22). | Tonga lavo sy mety maty izy ireo—iharan' ny fahafatesana ara-nofo (2 Nefia 2:22; jereo koa Mosesy 6:48). |

- Raha tsy nihinana tamin' ilay voankazo i Adama sy i Eva dia tsy ho nanana fahafahana hiaina ireo fifanoherana izay voalaza eo amin' ity tabilao ity (2 Nefia 2:22–23). Inona no fitahiana mety ho azontsika noho ny nitondran' ny fahalavoan' i Adama sy i Eva fifanoherana teto amin' izao tontolo izao? (Jereo 2 Nefia 2:23–27; Mosesy 5:10–12).
- Niteny tamin' ireo zanany i Lehia "fa tsy maintsy ilaina ny hisian' ny fifanoherana amin' ny zava-drehetra (2 Nefia 2:11; jereo koa ny andininy 15). Ahoana no nahitanao fa zava-dehibe ny fisiana fifanoherana eo amin' ny fiainantsika andavanandro? ( Azonao atao ny mampamaky ny mpianatra ny 2 Nefia 2:11–13 eo am-piresahany momba ilay fanontaniana). Ahoana no ahafahan' ny fifanoherana manampy antsika handroso?
- Araka ny voalaza ao amin' ny 2 Nefia 2:24–28, inona no tian' ny Raintsika any an-danitra ho antsika? (fifaliana, fahafahana, ary fiainana mandrakizay). Ahoana no nanomezany ny fomba handraisantsika ireo fitahiana ireo ho antsika? (Jereo 2 Nefia 2:26–27; jereo koa Jaona 14:6). Inona no tian' i Satana ho antsika? (Jereo 2 Nefia 2:18, 27, 29. Fahoriana, fahababoana ary fahafatesana ara-panahy). Ahoana no ameran' ny zavatra ataontsika manokana ny fahazoantsika na fifaliana, fahafahana ary fiainana mandrakizay, na koa fahoriana, fahababoana ary fahafatesana ara-panahy?

  Hoy ny loholona Joseph B. Wirthlin: "Nanome anao ny fanomezam-pahasoavan' ny fahafahana misafidy ny Tompo (jereo Mosesy 7:32) ary nanome anao fampianarana ampy hahaizanao manavaka ny tsara amin' ny

ratsy (jereo 2 Nefia 2:5). Manana fahalalahana hisafidy ianao (jereo 2 Nefia 2:27) ary afaka manao araka izay tianao (jereo 2 Nefia 10:23; Helamàna 14:30), tsy malalaka anefa ianao amin' izay vokatry ny ataonao. Ny safidy tsara sy mahitsy dia azo antoka fa mitondra any amin' ny fahasambarana sy fiadanana, fa ny safidin' ny ota sy ny faharatsiana dia hiafara any amin' ny fahoriana sy alahelo sy fahantrana (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1989, 94; na *Ensign,* Nov. 1989, 75).

- Ao amin' ny 2 Nefia 2 no ahitana ny fotopampianaran' ny fahariana (2 Nefia 2:14–15), ny fahalavoana, (2 Nefia 2:4–5, 8, 18–25), ary ny sorompanavotana (2 Nefia 2:3–4, 6–10, 26–27). Ahoana no mahatonga ireo fotopampianarana telo ireo ho fototry ny drafitry ny famonjen' ny Raintsika any an-danitra?

---

Famaranana

Antitrantero fa amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy, dia ho voasakambina mandrakizay ao amin' ny sandrim-pitiavan' ny Mpamonjy isika" (2 Nefia 1:15). Hazavao fa fitahiana lehibe ny "fahafahana misafidy", ary entano ny mpianatra hifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay amin' ny alalan' i Jesoa Kristy, "ilay Mpampihavana ny olona rehetra" (2 Nefia 2:27).

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na roa amin' ireto hevitra ireto ao anatin' ny lesona.

**Fampiasana ny fampianaran' i Lehia hoenti-manohitra ny fampianaran' izao tontolo izao**

Sorato eny amin' ny solaitrabe ireo filazana izay voatanisa eo ambanin' ny lohateny "Ireo fampianaran-dison' izao tontolo izao". Asaovy mihevi-tena ho toy ny mandre namana, mpiara-miasa, na mpampianatra mamelabelatra hevitra mandresy lahatra mikasika ireto fampianaran-diso ireto ny mpianatra. Rehefa izany, dia hazavao fa i Lehia dia nizara fahamarinana izay afaka manome antsika fiadanana sy fahatokiana rehefa manoloana ireo fampianaran-dison' izao tontolo izao isika. Sorato eny amin' ny solaitrabe eo ambanin' ny lohateny "Fampianaran' i Lehia" ireto toko sy andinin-tsoratra masina voatanisa eto ambany ireto. Asaovy vakian' ny mpianatra ny andalan-tsoratra masina tsirairay, ary fantariny ny fomba nahafahan' izany nanampy azy ireo hahatsapa fiadanana raha toa ka voakotaban' ireo fampianaran-dison' izao tontolo izao izy ireo. Entano ny mpianatra hidinika ny fomba hampiharana ny soratra masina eo amin' ny fiainan' izy ireo.

| NY FAMPIANARAN-DISON' IZAO TONTOLO IZAO. | NY FAMPIANARAN' I LEHIA |
|---|---|
| Tsy misy ny tsara na ny ratsy. | 2 Nefia 2:5. ("Ampy tokoa ny fampianarana azon' ny olona ka afaka manavaka ny tsara amin' ny ratsy izy"). |
| Tsy misy ny lalàna. | 2 Nefia 2:5. ("Omena ny olona ny lalàna"). |
| Tsy misy i Kristy. | 2 Nefia 2:6. ("Ny fanavotana dia tonga amin' ny alalan' ny Mesia Masina sy ao Aminy.") |
| Tsy misy ny fiainana aorian' izao fiainana izao. | 2 Nefia 2:10. ("Ny olona rehetra dia hijoro eo anatrehan' [Andriamanitra] mba hotsarainy"). |
| Tsy misy Andriamanitra. | 2 Nefia 2:14. ("Misy Andriamanitra"). |
| Tsy manana tanjona izao fiainana izao. | 2 Nefia 2:25. ("Ary misy ny olona mba hahazo fifaliana"). |
| Ny zavatra ataontsika dia voabaikon' ny toetra anaty nolovantsika sy ny tontolo manodidina. | 2 Nefia 2:26–27. (Malalaka isika "hanao zavatra amin' ny alalan' ny tenantsika fa tsy eo ambany fanerena. Malalaka isika na hifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay . . . na hifidy ny fahababoana sy ny fahafatesana"). |

Lesona
# 7 "Fantatro izay efa nitokiako"

*2 Nefia 3–5*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hanamafy ny fijoroana ho vavolombelona ananany momba ny mpaminany Joseph Smith sy hanosika azy hahita fahasambarana amin' ny fitokiana amin' ny Tompo sy ny fitandremana ny didiny.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. 2 Nefia 3. Mampianatra an' i Josefa zanany momba ny mpaminany Josefa fahiny izay naminany an' i Joseph Smith i Lehia. Ampianarin' i Lehia an' i Josefa fa hotahiana amin' ny alalan' ny mpaminany Joseph Smith sy ny Bokin' i Môrmôna ny taranany.
   b. 2 Nefia 4. Maty i Lehia rehefa avy nanome toro-hevitra farany tamin' ireo zanany sy ny zafiny. Mitoloko amin' ny otany i Nefia saingy mifaly kosa amin' ny hatsaram-pon' Andriamanitra.
   d. 2 Nefia 5. Mitombo ny fahatezeran' i Lamàna sy i Lemoela amin' i Nefia. Mankatò ny didin' ny Tompo hisaraka amin' ny mpanaraka an' i Lamàna ny mpanaraka an' i Nefia. Miaina "araka ny toetry ny fahasambarana" ny Nefita, ary voaozona ny Lamanita noho ny faharatsiany.
2. Vakiteny hafa: Fandikan-tenin' i Joseph Smith, Genesisy50:24–38; Rakibolan' ny Baiboly, "Josefa, zanakalahin' i Rahely"," 716–17.
3. Azonao atao ny miangavy mpianatra iray hiomana hamaky mafy ny 2 Nefia 4:15–35. Ampahafantaro ny mpianatra fa io andalana io indraindray dia antsoina hoe "Salamon' i Nefia" ary maneho ny sasany amin' ny fihetseham-po faran' izay lalina tao amin' i Nefia.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Ambarao ny mpianatra fa misy lehilahy efatra mitovy anarana voalaza ao amin' ny 2 Nefia 3. Asao ny mpianatra hitady ireo lehilahy efatra ireo ao amin' ny 2 Nefia 3:1–15. Anontanio azy izay hitany aorian' ny nanomezana azy fotoana hitadiavana izany ao amin' ireo andininy ireo. Voasoratra eto ambany ny valiny marina:

a. Josefa, faralahin' i Lehia sy i Sariaha (2 Nefia 3:1–3)
b. Josefan' i Ejipta (2 Nefia 3:4–5)
d. Joseph Smith zanany (2 Nefia 3:6–15)
e. Joseph Smith rainy (2 Nefia 3:15)

Tonga dia ataovy ny fanadihadiana ny 2 Nefia 3 aorian' io fampiasana io.

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Fakafakao ny fomba ifandraisan' ireo soratra masina voafantina ireo amin' ny fiainantsika andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Mampianatra i Lehia fa hotahina amin' ny alalan' ny mpaminany Joseph Smith sy ny Bokin' i Môrmôna ny taranany.**

Fakafakao ny 2 Nefia 3. Asao ny mpianatra hamaky mafy ireo andininy voafantina.

- Nampianatra an' i Josefa zanany momba ny faminaniana nataon' i Josefa zanakalahin' i Jakôba sy Rahely izay "nentina ho babo tany Ejipta" i Lehia (2 Nefia 3:3; jereo koa Genesisy 30:22–24; 37:1–3, 23–28). Inona no maha zava-dehibe ho an' ny fianakavian' i Lehia ny fanekempihavanana nataon' i Josefa tany Ejipta tamin' ny Tompo? (Jereo 2 Nefia 3:4–5; Jakôba 2:25; jereo koa Genesisy 45:7).
- Iza ilay "mpahita nofinidy" izay hitan' i Josefa tany Ejipta tamin' ny fahitana? (Jereo 2 Nefia 3:6–15. Ny mpaminany Joseph Smith). Ahoana ny fomba nitondran' i [Joseph Smith] ny tenin' [ny Tompo]"? (Jereo 2 Nefia 3:11 sy ny teny nindramina eto ambany). Ahoana no nitahiana anao noho ny tenin' ny Tompo nentin' i Joseph Smith?

  Hoy ny loholona LeGrand Richards: "Nitondra ho antsika ny Bokin' i Môrmôna, ny fotopampianarana sy fanekempihavanana, ny Voahangy Lafo Vidy ary ny zavatra maro hafa ny mpaminany Joseph Smith. Raha ny asehon' ny firaiketantsika no jerena, dia nitondra ho antsika fahamarinana azo tamin' ny fanambarana, mihoatra noho ny an' ny mpaminany izay niaina teto ambonin' ny tany izy" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1981, 43; na *Ensign,* May 1981, 33).
- Niteny tamin' i Josefa avy ao Ejipta momba ny Baiboly izay hirakitra ny teny nosoratan' ny taranak' i Joda sy ny Bokin' i Môrmôna izay hirakitra ny teny nosoratan' ny taranak' i Josefa ny Tompo (2 Nefia 3:12). Ahoana no niarahan' ny Baiboly sy ny Bokin' i Môrmôna "nitombo"? (Jereo 2 Nefia 3:12). Inona ny fahasoavana nolazain' ny Tompo fa ho avy noho ny fitomboan' ny Baiboly sy ny Bokin' i Môrmôna miaraka (jereo 2 Nefia 3: 12)
- Nampanantena ny Tompo fa hisy "sampana marina" avy amin' ny taranak' i Josefa avy ao Ejipta "hotapahina hiala", kanefa "hotsarovana ao amin' ny fanekempihavanan' ny Tompo" (2 Nefia 3:5). Inona ireo anjara asan' i Joseph Smith sy ny Bokin' i Môrmôna teo amin' ny fahatanterahan' ireo fanekempihavanana ireo? (Jereo 2 Nefia 3:12–13, 18–21; 30:3–6). Ahoana no hahatanteraka izany fampanantenana izany ankehitriny? Ahoana no anampian' ny Bokin' i Môrmôna anao hahatsiaro sy hitandrina ireo fanekempihavanana nataonao tamin' ny Tompo?
- Inona no ifandraisan' i Josefa avy ao Ejipta sy i Josefa zanakalahin' i Lehia ary i Joseph Smith ankoatra ny anaran' izy ireo? (Jereo 2 Nefia 3:4–7, 11–12, 18–21. Mety ho anisan' ny valinteny ny firazanana, ny fanekempihavanana ary ny Bokin' i Môrmôna).

2. **Nitoloko ny fahotany i Nefia saingy nidera ny fahatsaran' Andriamanitra kosa.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 2 Nefia 4. Hazavao fa talohan' ny nahafatesan' i Lehia, dia nanoro hevitra sy nitso-drano ny zanaka aman-jafiny izy (2 Nefia 4:3–12).

Fotoana fohy taorian' ny nahafatesan' i Lehia, dia "tezitra tamin' i [Nefia] i Lamàna sy i Lemoela ary ny zanakalahin' i Ismaela noho ny fananaran' ny Tompo" (2 Nefia 4:13). Teo am-panoratana ireo ady sarotra mitohy ireo, dia nanoratra ny fahatsapany tao amin' ny andalana izay indraindray dia antsoina hoe "Salamon' i Nefia" i Nefia. Hazavao, ho fampidirana amin' ny fifanakalozan-kevitra momba ny salamon' i Nefia, fa ny Salamo dia tononkalo na hira, toy ireo hirantsika ankehitriny. Azonao atao ny manontany ny mpianatra hilaza ny sasantsasany amin' ireo hira tiany indrindra sy ny miresaka fohy momba ny antony maha manandanja ireo hira ireo ho azy.

Raha niangavy mpianatra iray hamaky ny Salamon' i Nefia ianao, dia asao hanao izany izy ankehitriny. Asao ireo mpianatra hafa mba hanaraka izany amim-pahanginana.

- Hoy i Nefia: "Indro ny fanahiko dia finaritra amin' ny zavatry ny Tompo; ary ny foko mandinika lalandava ny zavatra izay efa hitako sy reko" (2 Nefia 4:16). Inona ny zavatra manokana mahafinaritra an' i Nefia? (Jereo 2 Nefia 4:15–16). Inona no dikan' ny hoe mandinika? Inona no azontsika atao mba hananana fotoana handinihana ny zavatry ny Tompo? Ahoana no ahafahan' ny fandinihana ny zavatry ny Tompo manampy antsika?

- Inona ny teny ho nampiasainao hilazana an' i Nefia? (Mety ho anisan' ny valinteny ny hoe *marina, mpankatò,* ary *manetry tena*). Inona no antony nilazan' i Nefia fa "olona fadiranovana" izay "ory fanahy noho ny helony?" izy? (Jereo 2 Nefia 4:17, 27; jereo koa 1 Nefia 10:6). Inona no maha zava-dehibe ny fiaikentsika ny maha olona lavo antsika manoloana an' Andriamanitra?

  Hoy ny filoha Ezra Taft Benson: "Toy ny tsy anirian' ny olona iray hanina raha tsy noana no tsy aniriany ny famonjen' i Kristy ihany koa raha tsy efa fantany ny antony ilany an' i Kristy. Tsy misy olona mahafantatra araka ny tokony ho izy ny antony ilany an' i Kristy raha tsy efa fantany sy ekeny ny fotopampianarana momba ny fahalavoana sy ny fiantraikan' izany amin' ny olombelona rehetra" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1987, 106; na *Ensign,* May 1987, 85).

- Ahoana no nananan' i Nefia fanantenana na teo aza ny fahatsapany ho "voahodidin' ny" fakam-panahy sy ny fahotana? (Jereo 2 Nefia 4:18–19). Ahoana no nanampian' ny Tompo an' i Nefia tamin' ny lasa? (Asaovy vakian' ny mpianatra ny 2 Nefia 4:20–25 hahitany ny valin' io fanontaniana io. Ataovy lisitra eny amin' ny solaitrabe ireo valinteny nomeny. Aseho eto ambany ny mety ho valinteny sasany).

  Ny Tompo no:

  a. Andrin' i Nefia (2 Nefia 4:20).
  b. Nitarika an' i Nefia namakivaky ny fahoriana tany an-tany foana (2 Nefia 4:20).

d. Nameno an' i Nefia tamin' ny fitiavany (2 Nefia 4:21).
e. Nampangaihay ny fahavalony (2 Nefia 4:22).
f. Nandre ny fitalahoany (2 Nefia 4:23).
g. Nanome azy fahalalana tamin' ny fahitana (2 Nefia 4:23).

- Oviana no nahazoanao fitahiana toy izany tamin' ny Tompo? Ahoana no ahafahan' ny fahatsiarovana ireo fitahiana noraisinao teo aloha manampy anao amin' ny fotoan-tsarotra?

- Nanontany tena ny antony nileferany tamin' ny alahelo sy ny ota na dia teo aza ny zavatra izay efa hitany sy ny zavatra izay efa fantany izy (2 Nefia 4:26–27). Inona no mahatonga antsika hitolona amin' ny alahelo sy ny fakampanahy indraindray na dia eo aza ny fahalalantsika ny filazantsara? Inona no azon' ny Salamon' i Nefia ampianarina antsika momba ny fandresena ny alahelo sy ny fakampanahy? (Jereo 2 Nefia 4:28–30).

- Ao amin' ny ampahany voalohany amin' ny Salamony, dia miantefa amin' ny tenan' i Nefia ny teniny (2 Nefia 4:15–30). Vavaka no famaranana ilay Salamo (2 Nefia 4:30–35). Inona no nangatahin' i Nefia tamin' ny Ray any an-danitra ao amin' ny vavaka nataony? (Jereo 2 Nefia 4:31–33. Asao ny mpianatra hanadihady ny ampahan' ny vavak' i Nefia izay tena manan-danja indrindra aminy. Azonao atao ny mampiasa ny sasany amin' ireo fanontaniana eto ambany mba hampandroso ny fanadihadiana).

  a. Ahoana ny fomba "anafahan' ny Tompo [antsika] eo an-tanan' ny fahavalontsika? (Jereo 2 Nefia 4:31, 33).
  b. Inona no dikan' ny hoe "tora-kovitra amin' ny fisehoan' ny ota'? (Jereo 2 Nefia 4:31; Môsià 5:2; Almà 13:12).
  d. Inona araka ny hevitrao ny dikan' ny hoe "mandeha amin' ny lalan' ny lohasaha ambany" sy "sarotiny amin' ny arabe marin-tampona"? (2 Nefia 4:32).
  e. Inona araka ny hevitrao no tian' ny Tompo hambara amin' ny hoe "manasalobona manodidina [antsika] ny lamban' ny fahamarinany"? (2 Nefia 4:33).

- Inona no nampanantenain' i Nefia hatao ao amin' ny vavaka nataony? (Jereo 2 Nefia 4:30, 34–35. Nampanantena hatoky an' Andriamanitra sy hidera Azy mandrakizay izy). Inona no tian' i Nefia hambara raha niteny izy hoe: "Tsy hapetrako amin' ny sandry nofo ny fitokiako"? (Jereo 2 Nefia 4:34; 28:31). Inona ny fomba sasany "ametrahan' ny olona ny fitokiany amin' ny sandry nofo"? Inona ny loza amin' izany? Inona no azontsika atao mba hampitomboana ny fitokiantsika ny Tompo?

**3. Nitombo ny hatezeran' i Lamàna sy i Lemoela tamin' i Nefia, ary nandidy ny mpanaraka an' i Nefia hisaraka amin' ny mpanaraka an' i Lamàna ny Tompo.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 2 Nefia 5.

- Inona ny antony nahatezitra an' i Lamàna sy i Lemoela tamin' i Nefia (Jereo 2 Nefia 4:13; 5:3). Inona no tadiavin' i Lamàna sy i Lemoela hatao vokatry ny fitomboan' ny hatezeran' izy ireo? (Jereo 2 Nefia 5:2, 4. Ampitahao amin' ny ezaka ataon' i Nefia hifehy ny hatezerany ny hatezeran' izy ireo, araka ny voarakitra ao amin' ny 2 Nefia 4:27–29). Inona ireo loza sasany noho ny

fitomboan' ny hatezerana? Inona no azontsika atao mba ho mpametraka fandriam-pahalemana ao an-trano, eo amin' ny fiarahamonina, ary ao amin' ny fiangonana isika?

Nampianatra ny filoha Howard W. Hunter hoe: "Mila tontolo mandry fahalemana bebe kokoa ipoiran' ny fianakaviana sy mpifanolo-bodirindrina ary fiaraha-monina milamina kokoa isika. Mba hitandroana sy hikolokoloana fandriam-pahalemana toy izany, dia "tsy maintsy tia ny hafa isika, ny fahavalontsika aza, tahaka izany koa ny namantsika. . . . Mila manatsotra tanam-pihavanana isika. Mila tsara fanahy kokoa, malemy fanahy kokoa, mamela heloka kokoa ary malain-ko tezitra. Mila mifankatia amin' ny fitiavana madio an' i Kristy. Enga anie izany ka ho lalantsika sy ho faniriantsika" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1992, 87; na *Ensign,* May 1992, 63).

- Nivavaka hahazo fanampiana i Nefia noho ny hatezeran' ireo rahalahiny (2 Nefia 5:1). Ahoana ny fomba namalian' ny Tompo ny vavaka nataony? (Jereo 2 Nefia 5:5).
- Rehefa lasa i Nefia sy ny vahoakany, dia "niaina tao amin' ny toetry ny fahasambarana izy ireo" (2 Nefia 5:27). Inona no zavatra nataon' izy ireo ka nahatonga izany hasambarany izany? (Jereo 2 Nefia 5:10–17). Mety ho isan' ny valinteny ny hoe nitandrina ny didy, nitahiry ny rakitsoratra izay teo amin' ny takelaka varahina, nanorina tempoly ary niara-niasa). Ahoana no ahafahan' ny ohatra napetraky ny Nefita manampy antsika amin' ny fiezahantsika hiaina ao "amin' ny toetry ny fahasambarana"?

---

Famaranana

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na roa amin' ireto hevitra ireto ao anatin' ny lesona.

**Mifohaza ry fanahiko! . . . Miravoravoa ry foko" (2 Nefia 4:28)**

Hazavao fa afaka manaraka ny ohatra navelan' i Nefia isika rehefa mahatsapa hakiviana. Manome ohatra maro amin' ny zavatra azontsika atao handresena ny fahatsapana hakiviana ny toko 3 sy 5 ao amin' ny 2 Nefia. Hadihadio miaraka amin' ny mpianatra ny ohatra manaraka:

a. Vakio ny soratra masina (2 Nefia 4:15).
b. Fa mifalia amin' ny zavatry ny Tompo ary diniho izany (2 Nefia 4:16).
d. Matokia ny Tompo ary miandrandrà fanohanana avy Aminy (2 Nefia 4:20–21, 34).
e. Mivavaha amim-kafanam-po (2 Nefia 4:24).
f. Mazotoa; miasà (2 Nefia 5:15, 17).
g. Manompoa ao amin' ny tempoly (2 Nefia 5–16).

# “Endre ny halehiben’ ny hatsaran’ ny Andriamanitsika”

Lesona
8

*2 Nefia 6–10*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny ilàny ny sorompanavotan’ i Jesoa Kristy sy hampianatra azy ny fomba ahazoana ny fitahian’ ny sorompanavotana.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. 2 Nefia 9:1–26, 39–54. Mijoro ho vavolombelona i Jakôba, fa amin’ ny alalan’ ny sorompanavotan’ ny Mpamonjy dia azo avotana amin’ ny fahafatesan’ ny vatana sy ny fahafatesan’ ny fanahy isika. Mamakafaka ireo fitsipika izay manampy antsika hahazo ny fitahiana rehetra avy amin’ ny sorompanavotana izy.
   b. 2 Nefia 9:27–38. Mamakafaka ny fihetsika sy ny atao izay mety hanakana ny fahazoantsika ny fitahiana rehetra avy amin’ ny sorompanavotana i Jakôba.
   d. 2 Nefia 10. Naminany i Jakôba fa Kristy no hiantsoana ny Mpamonjy. Naminany koa izy fa ho faty ao amin’ ny tsy finoana ny taranaky ny Nefita, ary ny Jiosy ao Jerosalema dia hanombo ny Mpamonjy sy haparitaka mandra-pinoany Azy. Mijoro ho vavolombelona momba ny fanekempihavanana nataon’ ny Tompo tamin’ ny vahoakany i Jakôba ary nanentana ny vahoaka mba hanaraka ny sitrapon’ Andriamanitra.
2. Vakiteny hafa: Isaia 49–52. Azonao atao ny mampitovy an’ ny Isaia 49:22–26 amin’ ny 2 Nefia 6:6–7, 16–18; ny Isaia 50 amin’ ny 2 Nefia 7; ny Isaia 51 amin’ ny 2 Nefia 8:1–23; ary ny Isaia 52:1–2 amin’ ny 2 Nefia 8:24–25.
3. Raha manao fisarihana ny saina ianao, dia ento any am-pianarana ireto sary manaraka ireto: Toriteny teo an-tendrombohitra (62166; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 212); Jesoa manasitrana ny jamba (62145; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 213); Fampitoniana ny rivo-mahery (62175; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 227); Jesoa mitso-drano ny zanakavavin’ i Jairo (62231; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 215); Jesoa sy ny ankizy madinika (62467; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 216); Jesoa mivavaka ao Getsemane (62175; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 227); Ny fanomboana (62505; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 230).

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Asehoy ny sary voatanisa ao amin’ ny “fanomanana”. Asaovy mijery ny sary sy misaintsaina izay nataon’ i Jesoa ho azy ireo ny mpianatra. Rehefa izany, dia asaovy milaza ny sasantsasany amin’ ireo zavatra noeritreretiny izy ireo. Soraty eny amin’ ny solaitrabe ny valinteny nomen’ izy ireo.

Asaovy mamaky mafy ireto andininy manaraka ireto ny mpianatra: 2 Nefia 6:17; 7:2; 8:3–6, 12. Iangavio izy ireo hitady ao amin' ireo andininy ireo ny teny izay mifandraika amin' ny zavatra nataon' ny Tompo ho antsika. Tanisao eny amin' ny solaitrabe ireo teny ireo. Mety hahitana ireto teny manaraka ireto ny lisitra: *manafaka* (2 Nefia 6:17; 7:2), *manavotra* (2 Nefia 7:2), *fampiononana*, *mampionona* (2 Nefia 8:3, 12), f*ahazavana* (2 Nefia 8:4), *fitsarana, mitsara* (2 Nefia 8:4–5), *ary famonjena* (2 Nefia 8:5–6).

Hazavao fa ity lesona ity dia manadihady momba ny sorompanavotana izay asa faran' izay lehibe indrindra nataon' i Jesoa Kristy ho antsika.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadiho ny fomba hampiharana ireo soratra masina ireo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara ny traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Manolotra fanavotana amin' ny fahafatesana ara-batana sy ny fahafatesana ara-panahy i Jesoa Kristy amin' ny alalan' ny sorompanavotany.**

Hazavao fa ao amin' ny 2 Nefia 9 dia ahitana ny lahateny nataon' i Jakôba, iray amin' ireo zandrin' i Nefia, mikasika ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy, izay zavanitranga fototra ao amin' ny drafitry ny famonjena. Mba hahatakarana ny fampianarana ato amin' ity fizarana ity, dia tsara ny mahalala ny fomba niresahan' i Jakôba momba ny fahafatesana ara-nofo sy ny fahafatesana ara-panahy:

Ny fahafatesana ara-nofo dia ny fahafatesan' ny vatana sy ny fisarahan' ny fanahy amin' ny vatana. Vokatry ny fahalavoan' i Adama, dia iharan' ny fahafatesana ara-nofo ny olona rehetra (2 Nefia 9:6). Ao amin' ny 2 Nefia 9, dia mampiasa ireto teny sy fehezanteny ireto i Jakôba hiantsoana ny fahafatesana: "fahafatesana" (andininy 6), "Ny fahafatesan' ny vatana" (andininy 10) ary "ny fasana" (andininy 11).

Ny fahafatesana ara-panahy dia fisarahana amin' Andriamanitra. Tafasaraka amin' Andriamanitra isika rehetra noho ny fahalavoan' i Adama (2 Nefia 9:6). Rehefa manota isika dia mampitombo hatrany ny fisarahantsika amin' Andriamanitra (Romana 3:23; Almà 12:16; Helamàna 14:18). Ao amin' ny 2 Nefia 9, dia mampiasa ireto fehezan-teny manaraka ireto i Jakôba hilazana ny fahafatesana ara-panahy na ny fisarahana amin' Andriamanitra: "Nesorina tsy hifanatri-tava amin' Andriamanitra" (andininy 9), " ny fahafatesan' ny fanahy" (andininy 10) "fahafatesana ara-panahy (andininy 12), "helo" (andininy 12) ary "fahafatesana" (andininy 39).

Hadihadio 2 Nefia 9: 1–26, 39–54. Asaovy mamaky mafy ny andininy voafantina ny mpianatra.

- Inona no nataon' ny Mpamonjy mba handresena ny fahafatesana ara-batana sy ny fahafatesana ara-panahy? (Jereo 2 Nefia 9:5–7, 12, 21–22; jereo koa Lioka 22:44; Môsià 3:7; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–19).
- Amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy dia hitsangana amin' ny maty ny olona rehetra—voavonjy amin' ny fahafatesana ara-nofo (2 Nefia

9:12–13, 22). Inona no zavatra mety hitranga tamintsika raha tsy teo ny herin' ny fitsanganan' i Kristy tamin' ny maty? (Jereo 2 Nefia 9:6–9. Tsy hisy fiafarana ny fahafatesana ara-nofo sy ara-panahy. Tsy afaka hifanatri-tava amin' Andriamanitra mandrakizay isika, ary ny fanahintsika dia ho eo ambany fahefan' i Satana. Hijanona miaraka amin' ilay Rain' ny lainga, ao anaty fahoriana isika"). Ahoana no anehoan' ireo fa biby mahatsiraviana ny fahafatesana ara-batana sy ara-panahy"? (2 Nefia 9:10).

- Amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy dia ho tafaverina eo anatrehan' Andriamanitra ny olon-drehetra mba hotsaraina (2 Nefia 2:10; 9:15). Na dia izany aza, tsy ny olon-drehetra no "ho voavonjy ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra" na hahazo lalana hitoetra eo anoloan' Andriamanitra mandrakizay (2 Nefia 9:23; Môrmôna 7:7). Araka ny voalazan' i Jakôba, inona ny sasany amin' ireo zavatra tokony hataontsika mba "hahavoavonjy ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra"? (Asaovy vakian' ny mpianatra ny 2 Nefia 9:18, 21, 23–24, 39, 41, 50–52 hahitany ny valin' ireo fanontaniana ireo. Fintino eny amin' ny solaitrabe ny valinteniny. Hadihadio ny valiny araka izay aseho eo ambany).

  a. Minoa an' i Jesoa Kristy, ilay Masina ao Israely ary manatona Azy (2 Nefia 9:18, 23–24, 41). Nahoana no ilaina ny finoana an' i Jesoa Kristy mba hahazoana ny fitahiana rehetra mikasika ny sorompanavotany?
  b. Mahareta ny hazo fijalian' izao tontolo izao ary ataovy tsinontsinona ny henatr' izao tontolo izao. (2 Nefia 9:18). Inona no hevitry ny hoe miharitra ny fijalian' izao tontolo izao? (Jereo Matio 16:24, fanamarihana eny ambany 24*d;* 3 Nefia 12:29–30). Inona no hevitry ny hoe manao tsinontsinona ny henatr' izao tontolo izao? (Jereo 2 Nefia 9:49).
  d. Henoy ny feon' ny Tompo (2 Nefia 9:21). Ahoana no ahafahantsika mihaino ny feon' ny Tompo? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:38; 18:33–36; 88:66).
  e. Mibebaha, manaova batisa ary mahareta hatramin' ny farany (2 Nefia 9:23–24).
  f. Mihevera ny zava-panahy (2 Nefia 9:39; jereo koa Romana 8:5–8). Inona aminao no dikan' ny hoe mihevitra ny zava-panahy? Nahoana ny fiheverana ny zava-panahy no mitondra antsika any amin' ny "fiainana mandrakizay"? Inona no dikan' ny fiheverana izay an' ny nofo? Nahoana no mitondra antsika amin' ny fahafatesana ara-panahy ny fiheverana izay an' ny nofo? Inona no tokony hataontsika mba hahatonga antsika hihevitra bebe kokoa ny zava-panahy?
  g. "Mivokisa amin' izay tsy mety simba" (2 Nefia 9:50–51). Inona ny zavatra tsy mety simba? Ahoana no afahana mivoky amin' ireny zavatra ireny?
  h. Tsarovy ny tenin' Andriamanitra (2 Nefia 9: 52). Ahoana no anampian' ny fahatsiarovana ny tenin' Andriamanitra antsika handray ny fitahiana rehetra avy amin' ny sorompanavotana? (Jereo 3 Nefia 15:1.)
  i. Mivavaha lalandava ary manolòra fisaorana (2 Nefia 9:52). Ahoana no nanampian' ny vavaka sy ny fanehoana fankatsitrahana ny Raintsika any an-danitra anao hanatona bebe kokoa Azy sy ny Zanany?

**2. Misakana ny fahazoantsika fitahiana avy amin' ny sorompanavotana ny fihetsika sy ny zavatra sasantsasany ataontsika.**

Vakio sy hadihadio ny 2 Nefia 9:27–38. Hazavao fa ho fanampin' ny resaka mikasika ny zavatra takiana mba hahazoana ny fahasoavana avy amin' ny

sorompanavotana, dia niteny koa i Jakôba momba ny fihetsika sy ny zavatra atao izay misakana ny fahazoantsika ireo fitahiana ireo.

- Inona ireo fihetsika sy zavatra ataontsika izay misakana ny fahazoantsika ireo fitahiana avy amin' ny sorompanavotana ireo? (Asaovy vakian' ny mpianatra ny 2 Nefia 9: 27–38 hahitany ny valin' io fanontaniana io. Fintino eny amin' ny solaitrabe ny valiny. Hadihadio ny valiny araka izay aseho eo ambany).

  a. Mandika ny didy sy mandanilany foana ny andro fisedrana antsika (2 Nefia 9:27). Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, dia milaza matetika ny fiainantsika eto an-tany ho toy ny "toetra fisedrana" na ny fotoan' ny fisedrana ny mpaminany. Ahoana no fomba mety handanilanian' ny olona sasany foana ny andro fisedrana azy? (Jereo 2 Nefia 9:38; Almà 34:31–33; Helamàna 13:38).
  b. Fametrahana ny fianarana, ny vola ary ny sampy hafa ambony noho Andriamanitra (2 Nefia 9:28–30, 37). Ahoana no mety hisakana antsika tsy hahazo ny fahasoavana avy amin' ny sorompanavotana ny fanenjehana fahalalana sy harena? (Jereo 2 Nefia 9:28, 30, 42). Amin' ny tranga toa inona no mahatsara ny fianarana sy ny harena? (Jereo 2 Nefia 9:29; Jakôba 2:18–19).
  d. Marenina sy jamba ara-panahy (2 Nefia 9:31–32). Inona no hevitry ny teny hoe marenina sy jamba ara-panahy? Ahoana no ahafahantsika manokatra ny sofintsika sy ny masontsika amin' ireo fahamarinan' ny Filazantsara?
  e. "Tsy voafora fo" (2 Nefia 9:33). Teo amin' ny Israely fahizay, ny lehilahy tsy voafora dia mandika ny fanekempihavanana amin' Andriamanitra (Genesisy 17:11, 14). Avy amin' izany fahalalana izany, inona no hevitry ny hoe: " tsy voafora fo"?
  f. Fandaingana sy famonoana olona ary fijangajangana (2 Nefia 9:34–36).

**3. Mahatsiaro ny fanekempihavanana nataony tamin' ny vahoakany ny Tompo.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 2 Nefia 10.

- Naminany i Jakôba fa ny taranaky ny Nefita dia ho "levona ara-nofo noho ny tsy finoana" ary ny Jiosy ao Jerosalema dia hanombo ny Mpamonjy sy haparitaka noho ny otany" (2 Nefia 10:2–6). Inona no hataon' ny Tompo ho an' ireo vahoaka ireo, rehefa mino Azy ka mibebaka noho ny otany izy ireo? (Jereo 2 Nefia 10:2, 7–8, 21–22; jereo koa 1 Nefia 21:15–16; 2 Nefia 9:1–3, 53; 30:2). Ahoana no iharan' izany amintsika tsirairay avy? (Jereo Môsià 26:22).

  Hoy i Boyd K. Packer: "Ny hevitra mahakivy, izay milaza fa ny fahadisoana(na koa ny antontam-pahadisoana) dia mahatonga izany ho diso tara loatra mandrakizay, dia tsy avy amin' ny Tompo. Efa nilaza Izy fa *raha* mibebaka isika, dia tsy vitan' ny hamela ireo fandikan-dalàna nataontsika fotsiny ihany Izy, fa hohadinoiny koa ireny ary tsy hahatsiaro ny otantsika intsony Izy (Jereo Isaia 43:25; Hebreo 8:12; 10:17; Almà 36:19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42)" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1989, 72; na *Ensign,* May 1989, 59).

- Niteny i Jakôba fa tokony "hifaly ny fon' izy ireo" satria ny Tompo dia mahatsiaro ny vahoakan' ny Fanekempihavanany (2 Nefia 10: 22–23). Ahoana no fomba ahafahantsika mahazo hery amin' ny fahalalana fa mahatsiaro ny vahoakan' ny fanekempihavanany ny Tompo?

- Rehefa namarana ny teniny tamin' ny vahoaka i Jakôba, dia inona no nanentanany azy ireo mba hotsaroany? Jereo 2 Nefia 10: 23–24). Amin' ny fomba ahoana no ifidianantsika ny lalan' ny fahafatesana mandrakizay na ny lalan' ny fiainana mandrakizay? (Jereo 2 Nefia 2:26–27). Inona no hevitry ny hoe mihavana amin' ny sitrapon' ny Tompo? Nahoana no zava-dehibe ny mahatsiaro fa "amin' ny alalan' ny fahasoavan' Andriamanitra ihany no amonjena antsika"?

---

Famaranana

Asaovy mamaky mafy ny 2 Nefia 10: 25, izay namaranan' i Jakôba ny teniny tamin' io lahateny io ny mpianatra iray. Ambarao ny fankasitrahanao ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy ary entano ny mpianatra "hifidy. . . ny lalan' ny fiainana mandrakizay (2 Nefia 10: 23).

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na roa amin' ireto hevitra ireto ao anatin' ny lesona.

**1. Hira**

Hirao na vakio miaraka amin' ireo mpianatra ny tonon-kira mikasika ny fitiavan' i Jesoa Kristy, toy ny "En toute humilité" (*Cantiques* n° 97) na ny "Dear to the Heart of the Shepherd" (*Hymns,* no. 221).

**2. Ny fanangonana an' i Israely**

- Ahoana no hanangonana an' i Israely? (Jereo 2 Nefia 10: 8–9).

  Nampianatra ny filoha Ezra Taft Benson hoe:

  "Ny andraikitry ny taranak' i Abrahama, izay isika, dia ny ho misiônera "hitondra izao asa fanompoana izao sy ny fisoronana amin' ny firenena rehetra (Abrahama 2:9). Nomen' i Mosesy an' i Joseph Smith tao amin' ny tempolin' i Kirtland ny fanalahidy hanangonana ny Zanak' i Israely (jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:11).

  "Ankehitriny, inona ny fitaovana nofidin' Andriamanitra hanatanterahana io fanangonana io? Tsy inona izany fa mbola ilay fitaovana nofidiana handresen-dahatra izao tontolo izao fa i Jesoa no Kristy, fa mpaminany i Joseph Smith, ary marina ny Fiangonan' i Jesoa Kristy an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Io dia ilay soratra masina izay vato ifaharan' ny fivavahantsika (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1987, 107–8; na *Ensign,* May 1987, 85).

Lesona
9

# "Finaritra amin' ny tenin' i Isaia ny fanahiko"

*2 Nefia 11–25*

**Tanjona**

Hitarika ny mpianatra hamaky ny faminanian' i Isaia sy hanampy azy hahatakatra ny fomba ampiharana ireo faminaniana ireo amin' ny fiainany.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. 2 Nefia 11; 25:1–7. Mijoro ho vavolombelona ny amin' ny lanjan' ny asa soratr' i Isaia i Nefia ary mampianatra ny fanalahidy izay manampy antsika hahatakatra izany.
   b. 2 Nefia 12:1–12. Mahita ny tempolin' ny andro farany sy ny fanangonana an' i Israely i Isaia.
   d. 2 Nefia 15:26–29; 21:12. Maminany i Isaia fa hanangana faneva ary hanangona an' i Israely ny Tompo.
   e. 2 Nefia 16; 22; 25:19–30. Mijoro ho vavolombelona ny amin' ny herim-panavotan' ny Mpamonjy i Isaia sy Nefia.
2. Vakiteny hafa. Rakibolan' ny Baiboly, "Isaia", 707.
3. Miomàna hampiasa ireto sary manaraka ireto mandritra ny lesona raha toa ka misy izany. Isaia manoratra ny amin' ny fahaterahan' i Kristy (62339; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 113); Tempolin' i Salt Lake (62433; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 502); ary Jesoa ilay Kristy (62572; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 240).
4. Mba hampitombo ny fahatakaranao ny asa soratr' i Isaia, dia azonao atao ny manao famerenana ny lesona 36–40 ao amin' ny *Boky fampianarana ny fotopampianaran' ny filazantsara ao amin' ny Testamenta taloha ho an' ny mpampianatra* (35570).

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Vakio ny Môsià 8:17–18. Anontanio ny mpianatra ireto fanontaniana manaraka ireto avy eo:

- Inona ny zavatra mety ho hitan' ny mpahita? (Ny lasa, ny ankehitriny, ary ny zavatra ho avy). Inona no maha zava-dehibe ny mpahita ho antsika?

Hazavao fa noho ny maha mpahita an' i Isaia, dia nahita tamin' ny fahitana zavatra toy ny ady tany an-danitra, ny faharavan' i Jerosalema taorian' ny nahafatesan' ny Mpamonjy, ny adin' ny Aramagedôna, ary ny fanjakana arivotaonan' i Kristy izy.

Maro amin’ ny asa soratr’ i Isaia no toa sarotra takarina satria mikasika zavatra efa lasa sy ho avy izay nambara tamin’ ny fiteny an’ ohatra. Na izany aza anefa dia afaka ho tonga amin’ ny fahatakarana izany isika rehefa manao ezaka mitohy sy ombam-bavaka hamaky sy hianatra izany. Mamakafaka ireo faran’ izay mavesadanja indrindra amin’ ny asa soratr’ i Isaia ity lesona ity.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin’ ny ilain’ ny mpianatra. Fakafakao ny fomba ifandraisan’ ireo soratra masina voafantina ireo amin’ ny fiainantsika andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin’ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Mijoro ho vavolombelona ny amin’ ny asa soratr’ i Isaia i Nefia ary manome fanalahidy hahatakarana izany.**

Hadihadio ny 2 Nefia 11; 25:1–7. Asao ny mpianatra hamaky mafy ny andininy voafantina. Raha mampiasa fanampin-kevitra voalohany enti-mampianatra ianao, dia asao ilay mpianatra iray voatondro hanao tatitra fohy momba an’ i Isaia sy ny androny.

- Inona no antony nahatonga an’ i Nefia hihevitra ny asa soratr’ i Isaia ho zavadehibe ho an’ ny firaketany? (Jereo 1 Nefia 19:23; 2 Nefia 11:2–6, 8; 25:3. Miangavia mpianatra samihafa hamaky mafy ny andalana tsirairay. Isaky ny voavaky ny isan’ andalana, dia iangavio ny mpianatra iray hanoratra eny amin’ ny solaitrabe ny toko sy andininy ary ny antony nindramana an’ i Isaia. Aseho eto ambany ny ohatra amin’ izany).

NY ANTONY NINDRAMAN’ I NEFIA AN’ I ISAIA

| | |
|---|---|
| 1 Nefia 19:23 | “Handresy lahatra azy ireo bebe kokoa hino ny Tompo” |
| 2 Nefia 11:2–4 | Hanome vavolombelona iray hafa momba an’ i Jesoa Kristy |
| 2 Nefia 11:5–6, 8 | Hanampy antsika (mpamaky azy) hifaly |
| 2 Nefia 25:3 | Hanambara ny fitsaran’ Andriamanitra |

- Inona no maha zava-dehibe ireo antony ireo ho antsika ankehitriny? Ahoana no ahafahan’ ny fahatakarana ny tenin’ i Isaia hitondra fifaliana ho antsika?

Hazavao fa nanome fanalahidy maro izay afaka manampy antsika hahatakatra bebe kokoa ny asa soratr’ i Isaia i Nefia. Raha ampy ny fotoana dia hadihadio miaraka amin’ ny mpianatra ireo fanalahidy ireo.

Fanalahidy 1: “Mampihatra taminay ny soratra masina rehetra amintsika.” (1 Nefia 19:23; jereo koa 2 Nefia 11:2, 8). Maro amin’ ireo faminanian’ i Isaia no mikasika ny zava-misy amin’ ny andro farany. Raha mijery ny fisehoan’ ireo faminaniana ireo sy mandray anjara amin’ ny fahatanterahany isika dia afaka hahatakatra bebe kokoa ny fampianaran’ i Isaia sy hampihatra azy ireo eo amin’

ny fiainantsika. Ny 2 Nefia 15 ohatra dia mirakitra ny faminanian' i Isaia izay nanambara fa "hanainga faneva ho an' ireo firenena" ny Tompo ka hanangona an' i Israely ( 2 Nefia 15:26). Io faminaniana io dia afaka manampy antsika hahatakatra bebe kokoa ny maha zava-dehibe ny mizara ny filazantsara tafaverina amin' ny laoniny—faneva na filamatra izay hitarika ny firenena rehetra ho ao amin' ny Tompo.

Fanalahidy 2: "Mahafantatra . . . momba ny fomba faminaniana teo anivon' ny Jiosy (2 Nefia 25:1). Ny faminanian' i Isaia dia voasoratra amin' ny fomba izay nahazatra ny Jiosy ny mihaino sy mamaky azy. Afaka hahatakatra bebe kokoa izay nosoratan' i Isaia isika raha mahatsiaro fa nampiasa sarisary sy fanehoana an' ohatra izay nahazatra ny vahoaka Jiosy tamin' ny androny izy. Ao amin' ny 2 Nefia 12:1–3, dia nampiasa ny teny hoe "tendrombohitra" i Isaia hanehoana an' ohatra toerana avo ara-panahy, toerana ho an' ny fanambarana sy firaisana amin' Andriamanitra, toy ny tempoly.

Fanalahidy 3: "Fantaro ny fitsaran' Andriamanitra (2 Nefia 25:3; jereo koa ny andininy 6). Tsinjon' i Isaia mialoha ny hijalian' ny fanjakan' i Israely sy i Joda nohon' ny faharatsian' izy ireo, kanefa naminany ihany koa izy fa haverina ny fitahiana azy ireo rehefa mibebaka sy manaraka an' i Jesoa Kristy izy ireo. Ary amin' ny tantaran' i Isaia momba izay nitranga tamin' i Israely sy i Joda sy avy amin' ny faminaniany ny amin' ny famerenana amin' ny laoniny ny mpianakavin' i Israely, dia afaka ho takatsika bebe kokoa ny fomba iasan' Andriamanitra amin' ny fiainantsika sy ny itahiany ireo firenena araka ny fahamarinan' izy ireo.

Fanalahidy 4: "Ary mikasika ireo faritra manodidina an' i Jerosalema" (2 Nefia 25:6). Ny fahafantarana ny jeografia sy ny anaran' ireo toerana any Israely dia manampy antsika hahatakatra bebe kokoa ny faminanian' i Isaia momba ireo fanjakan' i Israely sy i Joda ary ireo firenena izay nandrahona azy ireo. Ao amin' i 2 Nefia 20.28–34 ohatra i Isaia dia nanonona anarana tanàna izay handalovan' ny miaramila Asiriana sy ny fomba hampijanona azy mialohan' ny ahatongavany any Jerosalema. Nitovy tanteraka tamin' ny faminaniany ny zavatra nitranga.

Fanalahidy 5: "Fenon' ny fanahin' ny faminaniana" (2 Nefia 25:4).

- Inona ny fanahin' ny faminaniana? (Jereo Apôkalipsy 19:10). Ahoana ny fomba ahafahantsika mahazo izany. Ahoana no ahafahan' ny fanahin' ny faminaniana manampy antsika hahatakatra ny fampianaran' i Isaia momba ny Mpamonjy?

**2. Nahita ny tempolin' ny andro farany sy ny fanangonana an' i Israely i Isaia.**

Vakio sy fakafakao ny 2 Nefia 12:1–12. Raha nampiasa ny sarin' ny tempolin' i Salt lake ianao, dia asehoy izany ankehitriny.

- Ahoana no tanteraka amin' ny tempolin' i Salt Lake ny ampahany amin' ny faminanian' i Isaia izay voasoratra ao amin' ny 2 Nefia 12:2–3? Inona no heverinao fa nahatonga an' i Isaia hiantso ny tempoly hoe tendrombohitrin' ny Tompo? (Matetika ireo mpaminany taloha dia niakatra teny an-tendrombohitra mba hiresaka amin' ny Tompo sy handray fanambarana avy aminy). Ahoana no mety hahatonga ny tempoly rehetra ho tendrombohitra ho an' ny fitsaohantsika?

Hamafiso fa ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany dia efa naorina teny an-tampon-tendrombohitra ary eo an-dalam-panorenana koa ireo tempoly izay azon' ny olona aleha sy ianarana momba ny Tompo.

- Namaritra ny tempoly ho toy ny "toeram-pialofana" amin' ny hafanana sy ny tafiotra i Isaia (2 Nefia 14:6). Inona ireo ohatra sasany amin' ny tafiotra ara-panahy izay atrehintsika eo amin' izao fiainana izao? Ahoana no ahafahan' ny tempoly manampy amin' ny fiarovana antsika manoloana izany tafiotra izany?
- Amin' ny maha olomasin' ny andro farany antsika, ahoana no ahafahantsika manampy amin' ny fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany araka izay voalaza ao amin' ny 2 Nefia 12:3–5? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:7–14).
- Nanentana ny mpianakavin'' i Jakoba "handeha ao amin' ny fahazavan' ny Tompo" fa tsy "hirenireny araka ny lalan-dratsiny avy" i Isaia (2 Nefia 12:5). Inona avy ireo ota manokana voalaza ao amin' ny 2 Nefia 12:7–12? Ahoana no mbola manjaka ireo ota ireo ankehitriny? Ahoana ny fomba ahafahantsika misoroka ireo fandrika ireo sy "mandeha ao amin' ny mazava"?

**3. Naminany i Isaia fa hanangana faneva sy hanangona an' i Israely ny Tompo.**

Vakio sy hadihadio ny 2 Nephi 15:26–29; 21:12

- Naminany i Isaia fa "hanangana faneva ho an' ireo firenena ny Tompo" (2 Nefia 15:26; jereo koa 2 Nefia 21:12). Inona no atao hoe faneva (saina, mpitondra filamatra). Inona no nolazain' i Isaia fa hitranga rehefa mitsangana izany faneva izany? (Jereo 2 Nefia 15:26–29).
- Rehefa nitranga tamin' i Joseph Smith ny anjely Môrônia, dia nanambara izy fa efa akaiky ho tanteraka ny fizarana 11 ao amin' i Isaia (izay ao amin' ny 2 Nefia 21). Ahoana no maha faneva ho an' ny firenen-drehetra ny filazantsaran' i Jesoa Kristy izay tafaverina amin' ny laoniny? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:41–43; 105:39; 115:4–6).
- Ahoana no maha tanteraka ilay faminaniana fa "hangonina miaraka ireo firenena" ankehitriny? (Jereo 2 Nefia 21:12). Mandeha eran' izao tontolo izao ireo misiônera hampianatra ny filazantsara sy hanangona ny olona amin' ny fahamarinana. Inona no azon' ny tsirairay amintsika atao mba hanampy amin' ny fahatanterahan' io faminaniana io?

**4. Mijoro ho vavolombelon' ny fahefam-panavotan' i Kristy i Isaia sy i Nefia**

Vakio sy hadihadio ny andininy voafantina avy ao amin' ny 2 Nefia 16; 22; 25:19–30. Raha mampiasa ny sarin' i Isaia nanoratra momba ny fahaterahan' i Kristy sy ny sarin' i Jesoa Kristy ianao, dia asehoy izany ankehitriny.

- Ny 2 Nefia 16 dia mirakitra ny tantaran' i Isaia momba ny fahitana iray izay nahitany ny Tompo. Ahoana no namaritan' i Isaia ny zava-manodidina izany fahitana izany? (Jereo 2 Nefia 16:1–4). Ahoana ny fihetsempon' i Isaia teo anatrehan' ny Tompo? (Jereo 2 Nefia 16:5).
- Inona no sary an' ohatra nasehon' ilay anjely manendry ny molotr' i Isaia amin' ny vainafo? (Jereo 2 Nefia 16:6–7. Voavela ny otan' i Isaia). Ahoana no navalin' i Isaia, rehefa nandre ny feon' ny Tompo izy? (Jereo 2 Nefia 16:8).

Aiza no misy tantara hafa ao amin’ ny soratra masina ka nampiasana fitenenana toy izany koa? (Jereo Abrahama 3:27). Amin’ ny fotoana inona no mety hilantsika manome valinteny toy izany?

- Asaovy vakian’ ny mpianatra ny 2 Nefia 22:1–6. Hazavao fa ireo andalana ireo dia mirakitra ny famariparitan’ i Isaia ny fomba hideran’ ny olona ny Mpamonjy mandritra ny arivotaona. Inona ny zava-manaitra anao amin’ ireo andininy ireo? Inona ny “zava-tsoa” (2 Nefia 22:5) nataon’ ny Tompo ho antsika?
- Asao ny mpianatra handinika tsara ny 2 Nefia 25:19–30 sy hamakafaka ny fijoroana vavolombelona nataon’ i Nefia momba ny Mpamonjy. Inona no manaitra anao momba ny fijoroana vavolombelona nananan’ i Nefia? Ahoana no ahafahantsika tahakan’ i Nefia, “mitozo miasa. . . handresy lahatra ny zanatsika . . . hino an’ i Kristy”? (2 Nefia 25:23; jereo koa ny andininy 26).
- Nampianatra i Nefia fa “amin’ ny fahasoavana no hamonjena antsika aorian’ izay rehetra azontsika atao” (2 Nefia 25:23). Inona no ampianarin’ io teny io momba ny fifandraisan’ ny fahasoavan’ i Jesoa Kristy sy ny asantsika? (Jereo 2 Nefia 10:24–25; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:29–31). Ahoana no hanomezan’ io teny io anao fankaherezana hanao ny tsara indrindra izay vitanao?
- Miangavia mpianatra iray hamaky mafy ny 2 Nefia 25: 29. Inona no mety ho azonao atao amin’ ity herinandro ity ka hanakaikezanao kokoa ny fanentanan’ i Nefia mba hidera ny Tompo “ amin’ ny herinao rehetra, ny sainao rehetra , ny tanjakao rehetra, ary ny fanahinao rehetra”? (Azonao atao ny manasa ireo mpianatra hisaintsaina io fanontaniana io fa tsy hamaly mafy izany).

---

Famaranana

Mariho fa naneho ny fankasitrahany ny fampianaran’ i Isaia ny Mpamonjy ao amin’ ity fehezanteny tokana ity: “Eny, didy no omeko anareo hanadihadianareo ireo zavatra ireo amin’ ny fahazotoana tokoa; fa lehibe ny tenin’ i Isaia” (3 Nefia 23:1).

Araka ny fitarihan’ ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin’ ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

## Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an’ ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na maro amin’ ireto hevitra ireto ao anatin’ ny lesona.

**1. Isaia sy ny fotoan’ androny (tatitry ny mpianatra)**

Herinandro mialohan’ ny ampianaranao ity lesona ity, dia asao ny mpianatra iray hanomana tatitra fohy momba an’ i Isaia, ka hampiasa ny fampahalalana hita ao amin’ ny pejy 00 ao amin’ ny rakibolan’ ny baiboly. Asaovy manao ilay tatitra ilay mpianatra amin’ ny fanombohan’ ny fizarana voalohany amin’ ity lesona ity.

**2. Hira**

Ao anatin’ ny famakafakana momba ny 2 Nefia 15:26, dia miangavia mpianatra iray hihira na hamaky ny tonon’ ny “Tout au sommet des monts” (hira n° 4). Azonao atao ny mifanakalo hevitra amin’ ny mpianatra momba ny ankalazan’ io hira io ny fahatanterahan’ ny faminanian’ i Isaia mikasika ny famerenana amin’ ny laoniny ny filazantsara.

**3. Miantso "ny ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy" (2 Nefia 15:20)**

- Amin' ny lafiny inona no mety hanaovantsika fahadisoana tahaka an' i Israely fahiny hiantso "ny ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy"? (2 Nefia 15:20). Ahoana no ahafahantsika mahazo antoka fa tena mahafantatra tokoa ny tsara sy ny ratsy araka ny maha izy azy isika? (Jereo Môrônia 7:12–17).

**4. Ny fomba ampitomboan' ny Bokin' i Môrmôna ny fahatakarantsika an' i Isaia**

Ny Bokin' i Môrmôna no anisan' ny iray amin' ny mpitarika tsara indrindra izay manampy antsika hahatakatra ny asa soratr' i Isaia. Zarao amin' ny mpianatra ireto fomba manaraka ireto izay anampian' ny Bokin' i Môrmôna antsika hahatakatra an' i Isaia.

a. Ny Bokin' i Môrmôna dia nindrana ny ampahany na feno ny fizarana 22 amin' ny fizarana miisa 66 ao amin' ny bokin' i Isaia, ary mirakitra fanampim-pamelabelarana momba ireo fizarana ireo. Satria niaina tany akaikin' ny fotoan' andron' i Isaia ireo mpaminanin' ny Bokin' i Môrmôna, dia afaka manampy antsika hahatakatra ny fampianaran' i Isaia ny famelabelaran' izy ireo.
b. Ny asa soratr' i Isaia izay nindramina ao amin' ny Bokin' i Môrmôna dia ahitana teny, fehezanteny ary fanazavana izay tsy hita amin' ny santionany hafa amin' ny bokin' i Isaia.
d. Ny santionan' ny bokin' i Isaia izay antitra indrindra fantatra, dia hita tamin' ny takelaka hoditra tany amin' ny Ranomasina Maty. Ny takelaka hoditr' i Isaia dia efa nisy 200 taona talohan' i J. K. (Rakibolan' ny Baiboly, "Takelaka hoditra tany amin' ny Ranomasina Maty, 00). Ireo toko momba an' i Isaia ao amin' ny Bokin' i Môrmôna kosa dia tamin' ny fotoan' andron' i Nefia, izany hoe tokony ho 600 taona talohan' i J.K.. Ny Bokin' i Môrmôna nadikan' i Joseph Smith dia manome izao tontolo izao ny santionan' ny asa soratr' i Isaia izay mialoha ny takelaka hoditra tany amin' ny Ranomasina Maty 400 taona.
e. Noho ny tsy fitovian' ny fiteny ao amin' ireo fizarana 33 voalohany ao amin' i Isaia amin' ireo fizarana 33 farany, dia maro ny olona mihevitra fa olona roa samihafa no nanoratra ny bokin' i Isaia. Ny Bokin' i Môrmôna dia maka avy amin' ny ampahany voalohany sy ny ampahany farany amin' i bokin' i Isaia ary manambara an' i Isaia ho mpanoratra izany, ka mijoro ho vavolombelona sy manamarina ny asa sorany.

Lesona
# 10

# "Manasa ny rehetra hanatona Azy Izy"

*2 Nefia 26–30*

---

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatsapa fa amin' ny alalan'ny fampodiana amin' ny laoniny ny filazantsara sy ny fampianarana ny Bokin' ny Môrmôna, dia hampandresy ny fahamarinana manoloana ny ratsy ny Tompo.

---

**Fanomanana**

Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:

a. 2 Nefia 26. Naminany ny amin' ny asa fanompoana nataon' ny Tompo teo anivon' ny Nefita i Nefia. Hitany mialoha koa ny fireharehana sy ny komiberaky ny mpisorona ary ny faharavan' ny vahoakany.
b. 2 Nefia 27. Nijoro ho vavolombelona ny amin' ny fahatongavan' ny Bokin' i Môrmôna ao anatin' ny fampodiana amin' ny laoniny ny filazantsara i Nefia.
d. 2 Nefia 28. Naminany i Nefia fa hanaparitaka fotopampianarana diso i Satana amin' ny andro farany.
e. 2 Nefia 29–30. Nampianatra ny maha zava-dehibe ny Bokin' i Môrmôna sy ny fitahiana lehibe ho avy amin' ireo izay mandray izany i Nefia.

---

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Vakio ny fanambaran' ny loholona Gene R. Cook manaraka izao:

"Tamin' ny fahavaratra lasa teo, raha nandeha tamin' ny arabe iray mamakivaky tany foana tsy dia misy mpandeha loatra izahay, dia nahita teo alohanay lalana toa feno rano. Sahin' ny zanako nilokana ny tahiriny manontolo tamin' izany zavatra izany. Nefa tao anatin' ny minitra vitsivitsy, dia tonga teo amin' io toerana io izahay ary tsy nahita na dia rano indray mitete aza. Fahadisoan-kevitra izany!

"Firifiry ny zavatra misy eto amin' izao fiainana izao, izay miseho amin' ny endrika iray kanefa tampotampoka eo dia mivadika ho zavatra hafa. . . . Izany no fomba iasan' i Satana. Izy dia raindahiny amin' ny fampiasana ny fahadisoan-kevitra. Mamorona fahadisoan-kevitra izy mba hiezaka hampivily, hampivaha ary handrebireby ny hery sy ny fifantohantsain' ny olomasin' ny andro farany hiala amin' ny fahamarinana tsy misy fangarony izay an' Andriamanitra"(ao amin' ny Conference Report, Apr. 1982, 35–36; na *Ensign,* May 1982, 25).

- Inona no atao hoe fahadisoan-kevitra? (Zavatra izay mamitaka na mitondra amin' ny lalan-diso). Inona ireo fahadisoan-kevitra vitsivitsy ampiasain' i Satana mba hitondrana ny vahoaka any amin' ny fahaverezana? Ahoana no fomba entintsika hanavahana ny fahadisoan-kevitra amin' ny fahamarinana?

Hazavao fa ny fizarana izay nohadihadiana ao anatin' ity lesona ity dia ahitana faminaniana mivaivay mikasika ny andro farany. Naminany mikasika olona izay

ho voafitak' i Satana sy hiala amin' ny fahamarinana i Nefia. Na dia izany aza anefa, dia nahatsinjo mialoha ny fampodiana amin' ny laoniny ny Filazantsara sy ny fahasoavana izay homena ny marina ihany koa izy. Miresaka mikasika izany faminaniana izany ity lesona ity ary manampy antsika hahafantatra ny fomba isorohana ny fahadisoam-panantenana noho ny fitak' i Satana ka hitoetra hatrany amin' ny fahamarinana.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Fakafakao ny fomba ampiharana ireo soratra masina voafantina amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Naminany momba ny asa fanompoana nataon' ny Mpamonjy teo anivon' ny Nefita i Nefia.**

Hadihadio ny 2 Nefia 26. Asaovy mamaky mafy ireo andininy voafantina ny mpianatra. Hazavao fa hitan' i Nefia fa mialohan' ny namangian' ny Mpamonjy ny Nefita, dia hisy "ady lehibe sy fifandirana" amin' ny taranaka maro (2 Nefia 26:1–2). Naminany izy fa eo anelanelan' ny hahafatesan' i Kristy sy ny asa fanompoana izay hataony eo anivon' ny Nefita, dia ho levona ny ratsy fanahy (2 Nefia 26:3–7).

- Ahoana no namariparitan' i Nefia ireo izay ho voaro amin' ny fahatongavan' ny Mpamonjy? (Jereo 2 Nefia 26: 8). Nahoana ireo toetra tsara ireo no mbola manan-danja amintsika ankehitriny? Ahoana no nitahiana ireo Nefita marina sy ny taranany? (Jereo 2 Nefia 26: 9).
- Naminany i Nefia fa aorian' ny taranaka efatra mifandimby izay hahita fiadanana sy fahamarinana, dia hifanehatra amin' ny "famongorana faingana" ny vahoakany (2 Nefia 26:10). Inona no hiteraka io famongorana io? (Jereo 2 Nefia 26:10–11). Nahoana ny fieboeboana no tena ota lehibe? Inona no azontsika atao eo amin' ny fiainantsika mba hihazonana ny Fanahin' ny Tompo hitoetra miaraka amintsika?
- Ahoana no namaritan' i Nefia ny fomba itondran' i Satana ny vahoaka any amin' ny fandringanana? (Jereo 2 Nefia 26: 22). Azonao atao ny manazava fa ny tady malefaka dia tady natao tamin' ny kofehy manify sy malemy. Inona ny fomba vitsivitsy ampiasan' i Satana "tady malefaka" alohan' ny hamatorany ny olona amin' ny "tady mahazaka"?
- Ahoana no namaritan' i Nefia ny fomba itondran' ny Mpamonjy ny vahoaka any amin' ny famonjena? (Jereo 2 Nefia 26:23–27, 33). Ahoana no ahafahantsika manampy ny hafa "handray amin' ny famonjeny"? (2 Nefia 26:24).
- Nampitandrina momba ny komiberaky ny mpisorona i Nefia. Inona no atao hoe komiberaky ny mpisorona? (Jereo 2 Nefia 26:29; Almà 1:16). Inona ireo komiberaky ny mpisorona izay mibaribary eo amin' izao tontolo izao ankehitriny? Ahoana ny fomba ahafahantsika manohitra izany toe-javatra izany? (Jereo 2 Nefia 26:30–31; 3 Nefia 18:24; Môrônia 7:45–47).

**2. Manambara momba ny fiavian' ny Bokin' i Môrmôna i Nefia.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 2 Nefia 27.

- Ny fizarana faha 27 dia ahitana faminaniana hafa mikasika ny andro farany. Inona ny zavatra voaresaka ao amin' ny 2 Nefia 27 ka tanteraka amin' izao fotoan' andro izao? Asaovy manokana minitra vitsivitsy hijerena indray ny 2 Nefia 27: 6–35 ny mpianatra. Azonao atao ny mizara ny kilasy ho andiany roa ary manasa ny andiany tsirairay hifantoka amin' ny andininy samihafa ao anatin' io soratra masina io. Fintino eny amin' ny solaitrabe ny valinteny omeny. Voatanisa eo ambany ny sasany amin' ireo valiny, miaraka amin' ny fanontaniana ho an' ny fanadihadiana mba hanentanana amin' ny fandraisana anjara).

  a. Misy boky tamin' ny andro fahagola homena lehilahy iray mba hadika ( 2 Nefia 27: 9). Inona io boky io? (Jereo ny 2 Nefia 27: 6). Inona no antony nifidianan' ny Tompo tovolahy tsy manana fahalalana handika ny Bokin' i Môrmôna? (Jereo 2 Nefia 27:19–23).
  b. Hasehony olo-mahay iray izay hangataka hijery ilay boky ny ampahany amin' ireo teny ao amin' ny Bokin' i Môrmôna (2 Nefia 27:15). Inona ny zavatra efa voarakitra amin' ny faminaniana mialoha, hita ao amin' io andalana io? (Jereo Joseph Smith—Tantara 1:63–65). Nahoana no te hahita ilay boky ilay olo-mahay? (Jereo 2 Nefia 27:16). Ahoana ny fomba "nanidiana" ny Bokin' i Môrmôna tamin' ireo izay mikatsaka ny voninahitr' izao tontolo izao?
  d. Hisy vavolombelona hanambara ny fahamarinan' ny Bokin' i Môrmôna (2 Nefia 27:12–14). Inona no maha zava-dehibe ny hahitan' ny vavolombelona ireo takelaka? (Jereo Etera 5:2–4; jereo koa 2 Korintiana 13:1).
  e. Hiseho eny amin' ny fiainan' ny olona ny herin' ny Bokin' i Môrmôna (2 Nefia 27:26, 29–30, 35). Inona ny fiovana hitanao teo amin' ny fiainanao na teo amin' ny fiainan' ny hafa noho ny herin' ny Bokin' i Môrmôna?

**3. Naminany i Nefia fa hanaparitaka fotopampianarana diso i Satana amin' ny andro farany.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 2 Nefia 28.

- Naminany i Nefia fa amin' ny andro farany dia handà ny herin' Andriamanitra ny olona ary hampianatra fotopampianarana diso, tsy misy fotony ary adaladala (2 Nefia 28:3–9; jereo koa 2 Nefia 26:20–21). Ahoana no nanjaka izany tamin' ny andron' i Joseph Smith? (Jereo Joseph Smith—History 1:5–6, 19, 21). Ahoana no manjaka izany amin' izao fotoana izao?

- Ahoana no namaritan' i Nefia ny fampianaran-diso izay ampiasain' ny olona mba hanamarinany ny otany? (Jereo 2 Nefia 28:7–9). Inona ireo rafi-pisainana sasantsasany izay ampiasain' ny olona amin' izao fotoana izao mba hanamarinana ny ota"? Inona no maha zava-doza ny tsy firaharahana ny "fanaovana fahotana madinidinika"? (2 Nefia 28:8).

- Efa tsinjon' i Nefia fa ny vahoaka amin' ny andro farany dia ho feno avonavona (2 Nefia 28:12–15). Inona no niafaran' ny avonavon' ny Nefita? (Jereo 2 Nefia 26:10–11). Nahoana no vato misakana ny fitomboantsika ara-panahy ny fiavonavonana? Ahoana no ahafahantsika mandresy ny fiavonavonana?

- Nampianarin' i Nefia fa ny fiavonavonana dia mitarika ny maro "hangalatra ny mahantra" (2 Nefia 28:13). Nahoana ny faniriana "fitafiana tsara" na zava-tsarobidy hafa no mety hahatonga antsika tsy hiraharaha ny mahantra? Amin' ny fomba ahoana no ahazoantsika manampy ireo tsy manana noho isika eo amin' ny ara-nofo sy ara-panahy?

- Araka ny voalazan' i Nefia, ahoana no ho fihetsiky ny olona manoloana ny tenin' ny Tompo amin' ny andro farany? (Jereo 2 Nefia 28:20, 28). Nahoana ny tenin' Andriamanitra no matetika"miteraka fahatezerana hanohitra izay tsara" eo amin' ny maro?

- Naminany koa i Nefia fa hampitony ny olona i Satana ary "handrotsirotsy azy ao amin' ny fiadanana ara-nofo" (2 Nefia 28:21). Inona no atao hoe fiadanana ara-nofo (ny teny hoe *ara-nofo* dia miankina amin' ny nofo. Ny fananana fiadanana ara-nofo dia ny fahitana fiadanana amin' ny fanarahana ny filan' ny nofo na ny fahatokiana ny zavatra na hevitra eto amin' izao tontolo izao). Ahoana ny fomba anakanan' ny fahitana fahafaham-po ara-nofo antsika tsy hibebaka? Inona no tian' ny fehezanteny "itarihiny azy amim-pahamalinana" lazaina momba ny fomba fiadin' i Satana (2 Nefia 28:21)?

  Ny loholona James E. Faust dia nilaza izao fampitahana manaraka izao: "Hoy i . . . Thomas R. Rowan: Ny mpanoratra sy mpamelabelatra Malcolm Muggeridge, indray mandeha, dia nitantara mikasika sahobakaka izay matin' ny rano mangotraka tao anaty vilany ary tsy nanohitra. Nahoana izy ireo no tsy nanohitra? Satria rehefa natao tao anaty vilany be izy ireo, dia matimaty ny rano tao. Nampiakarina tsikelikely ny hafanan' ny rano . . . dia nihamafana tsikelikely izany, ary dia toy izany hatrany. Nandeha tsimoramora ny fiakaran' ny hafanana ary zara raha tsapa, ka lasa toa zatra ilay tontolo vaovao nisy azy ireo sahobakaka. . . mandrapahatara loatra an' izany. Ny zavatra tian' Ingahy Muggeridge holazaina dia tsy mikasika ny sahobakaka, fa mikasika antsika sy ny fomba fironantsika hanaiky ny ratsy, raha tsy hoe fahavoazana izay mihatra tampoka amintsika angaha izany. Moramora kokoa amintsika ny mirona amin' ny zava-dratsy eo amin' ny lafin' ny fitondran-tena, raha tsy hoe efa tena ratsy kokoa noho izay zavatra efa nekentsika angaha izany" Malcolm Muggeridge (*National Press Club Forum*).

  Rehefa nilaza io fampitahana io ny loholona Faust, dia hoy izy: "Io fomba fizotra miadana io dia efa nolazain' ny mpaminany taloha" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1989, 40; na *Ensign,* May 1989, 32).

- Ahoana no nilazan' i Nefia ny fomba "andokafan' i Satana" ny olona sasany? Jereo 2 Nefia 28:22). Nahoana ianao no mihevitra fa tian' i Satana ny hinoantsika fa tsy misy ny devoly sy ny helo? Ahoana no ahafahan' ny fianarana ny Bokin' i Môrmôna manampy antsika hifoha ara-panahy sy misoroka ny fizorana "miadana ao Ziona"? (2 Nefia 28:24).

  Hoy ny filoha Ezra Taft Benson: Ny Bokin' i Môrmôna dia mampibaribary ireo fahavalon' i Kristy. Mamaky bantsilana ny fotopampianarana diso izy ity ary mandrava ny fifandirana. (Jereo 2 Nefia 3:12). Mampahery ireo mpanaraka amim-panetrentena an' i Kristy eo anatrehan' ny teti-dratsy, ny tetik' ady, ny fotompampiaran' ny devoly izy ity amin' izao androntsika izao. Ny karazan' apôstazia hita ao amin' ny Bokin' i Môrmôna dia mitovy amin' izay hita amin' izao fotoana izao. Andriamanitra miaraka amin' ny fahalalany mialoha tsy manam-petra no namolavola ny Bokin' i Môrmôna mba hahafahantsika mahita ny fahadisoana sy mahafantatra ny fomba iadiana amin' ny hevi-diso ara-pampianarana, ara-politika, ara-pivavahana, ara-pilôzofia amin' izao androntsika izao (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1975, 94–95; na *Ensign,* May 1975, 64).

**4. Mampianatra mikasika ny maha zava-dehibe ny Bokin' i Môrmôna i Nefia.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 2 Nefia 29–30.

- Nahoana ny olona sasany amin' izao andro farany izao no mitsipaka ny Bokin' i Môrmôna? (Jereo 2 Nefia 29:3; jereo koa 2 Nefia 28:29). Nahoana isika no tokony hianatra ny Bokin' i Môrmôna ho fanampin' ny Baiboly? (Jereo 2 Nefia 29:4–14; jereo koa 2 Nefia 28:30).
- Naminany i Nefia fa hahomby ny Bokin' i Môrmôna amin' ny fitondrana ny Jentilisa (2 Nefia 30:3), ny taranak' i Lehia (2 Nefia 30:3–6), ary ny Jiosy (2 Nefia 30:7) ho amin' ny finoana an' i Jesoa Kristy ho Mpamonjy. Ahoana ny fomba anombohan' ny fahatanterahan' izany faminaniana izany?

---

Famaranana

Hazavao fa amin' ny fianarana ny Bokin' i Môrmôna sy ny fiaina ny Filazantsara, dia hahazo hery hisorohana ny fahadisoam-panantenana ateraky ny fahadisoan-kevitra mamitaka izay ataon' i Satana isika ary hahazo fitarihana eo amin' ny fiezahana hijanona amin' ny lalana ety sy tery. Entano ny mpianatra hianatra ny Bokin' i Môrmôna samirery sy miaraka amin' ny fianakaviany, mba hahazoany ny fahasoavana izay nampanantenain' ny Tompo ho an' ireo marina.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ao anatin' ny lesona.

**1. Fizarazarana lehibe teo anivon' ny vahoaka" (2 Nefia 30:10)**


- Naminany i Nefia fa alohan' ny arivotaona, dia "hampanjary fizarazarana lehibe eo anivon' ny vahoaka ny Tompo" (2 Nefia 30:10). Ahoana ny fomba namaritan' i Nefia izany fizarazarana izany? Inona avy ireo fahasoavana izay hifalian' ny marina ao amin' ny arivotaona? (Jereo 2 Nefia 30:12–18).

**2. Fampiasana ho an' ny tanora**


Asehoy ny mpianatra ireo sary mamitaka maso miisa telo eo amin' ity pejy ity. (Azonao atao ny manao sy mizara dika mitovy amin' ireo sary mamitaka maso ho an' ny mpianatra tsirairay). Hadihadio miaraka amin' ny mpianatra ireo fanontaniana eo ambanin' ny sary. (Ao amin' ny sary 1, ny andalana A sy B dia mitovy halava. Ao amin' ny sary 2 sy 3, ilay famaharana eo afovoany dia mikambana amin' ireo roa hafa). Rehefa avy miresaka minitra vitsy momba ireo sary mamitaka maso ireo ianao, dia omeo ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Nahoana no mamitaka ireo sary ireo? Inona no sasantsasany amin' ireo fahadisoan-kevitra entin' i Satana hamitahany antsika? Inona no azontsika atao mba hahitana na hahatakarana ny fahamarinana.

Sary 1





Iza no lava, A sa B?



Sary 2

Aiza no ifaharan' ilay famikirana afovoany?



Sary 3

Lesona
# 11 “Mibosesika mandroso amim-pahatokiana ao amin’ i Kristy”

*2 Nefia 31–33*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny fotopampianaran’ i Kristy sy hanana faniriana mitombo hatrany hiroso sy hivoky amin’ ny teniny.

**Fanomanana**

Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:

a. 2 Nefia 31:1–18. Nampianatra ny fotopampianaran’ i Kristy i Nefia. Nampianariny fa natao batisa i Jesoa mba hahatanteraka ny fahamarinana rehetra, ary tsy maintsy atao batisa sy manaraka Azy isika. Nampianatra ihany koa ny mikasika ny fitahiana sy ny herin’ ny Fanahy Masina izy.
b. 2 Nefia 31:19–21. Nampianatra i Nefia fa tsy maintsy miroso sy miharitra hatramin’ ny farany isika.
d. 2 Nefia 32. Miresaka momba ny lanjan’ ny mianoka amin’ ny tenin’ i Kristy sy ny fivavahana mandrakariva i Nefia.
e. 2 Nefia 33. Nambaran’ i Nefia fa hino ny teniny ny olona raha mino an’ i Kristy. Nampitandrina izy fa hotsaraina araka ny fanekentsika na ny fandavantsika ny teniny isika.

2. Vakiteny hafa: Môrônia 7:13–17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37, 71–74.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Iangavio ireo mpianatra hamaritra ny atao hoe hanim-pitoloha. Inona avy ny karazan-tsakafo mety ho eo ambony latabatra? Inona ny maha samy hafa ny hanim-pitoloha amin’ ny sakafo tsotra? Aorian’ ny resadresaka fohy momba izany, dia iangavio ny mpianatra hamaky ny 2 Nefia 32:3, manomboka amin’ ny hoe “koa noho izany, milaza aminareo aho”. Ambarao ny mpianatra fa nanasa antsika ho amin’ ny hanim-pitoloha izay hanome antsika fiainana mandrakizay ny Tompo. Ity lesona ity dia miresaka momba ny fampianaran’ i Nefia mikasika ny fomba fiaina ny fotopampianaran’ i Kristy sy ny fanaovana ny teniny ho hanim-pitoloha.

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Nijoro amin’ ny maha iray amin’ ireo zanakalahin’ Andriamanitra mahery fo indrindra i Nefia. Na dia nandalo olam-pianakaviana, ady, ary fisedrana hafa aza izy dia tia ny Tompo tamin’ ny fony rehetra. Feno finoana, fahazotoana, fahamarinana izy, ary tsy mba nihozongozona mihitsy ny fankatoavany. Mandritra ny fianaranao ireo fizarana voatondro, dia tsarovy fa anisan’ ny teny farany nataon’ i Nefia ireo teny ireo.

**1. Mampianatra ny fotopampianaran' i Kristy i Nefia.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 2 Nefia 31:1–18. Mariho fa tamin' ny filazana fa hiresaka momba ny fotopampianaran' i Kristy no nanombohan' i Nefia namarana ny asa sorany (2 Nefia 31.2). Angataho ny mpianatra handinika io fehezanteny io sy ny mety ho dikany eo am-piresahana ny fizarana 31. Hazavao fa hanontany azy ireo ny eritreriny momba ny atao hoe "fotopampianaran' i Kristy" ianao ao anatin' ny lesona aoriana kely.

- Nanomboka tamin' ny fampahatsiahivana ny vahoaka no efa nitenenan' i Nefia teo aloha ny momba ny batisan' i Jesoa (2 Nefia 31.4). Inona ny antony nanaovana batisa an' i Jesoa? (Jereo 2 Nefia 31.5). Ahoana no nanatanterahan' i Jesoa ny fahamarinana rehetra tamin' ny alalan' ny fanaovana batisa? (Jereo 2 Nefia 31.6–7). Azonao atao ny manamarika ny tenin' ny filoha Joseph F. Smith, izay nilaza fa "ny manatanteraka ny fahamarinana" rehetra dia "manatanteraka ny lalàna" [ao amin' ny Conference Report, Apr. 1912, 9]).
- Araka ny 2 Nefia 31:9, inona ny antony hafa nanaovana batisa an' i Jesoa? Inona no ilantsika ny batisa? (Asaovy vakian' ny mpianatra ny 2 Nefia 31:13, 17 sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37, 71–74 mba hahitany ny valin' io fanontaniana io. Fintino eo amin' ny solaitrabe ireo valinteny. Hita eo ambany ireo valinteny sasany).

  a. Handraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina (2 Nefia 31.13).
  b. Handraisana ny famelan-keloka (2 Nefia 31:17).
  d. Hidirana ny vavahady mankao amin' ny lalana ho amin' ny fiainana mandrakizay (2 Nefia 31:17).
  e. Handraisana ho mpikambana ao amin' ny fiangonan' ny Tompo. (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37, 71–74).

- Nanentana ny olona i Nefia hanaraka ny Zanaka amin' ny fo, hiasa tsisy fihatsaram-belatsihy na fitaka manoloana an' Andriamanitra (2 Nefia 31.13). Inona araka ny hevitrao no dikan' ny hoe miasa tsisy fihatsaram-belatsihy na fitaka eo anoloan' Andriamanitra? Ahoana no ahafahan' ny fanarahantsika amin' ny fo manontolo ny Zanaka manampy antsika hiala amin' ny fihatsaram-belatsihy sy ny fitaka?
- Inona no fanomezana horaisintsika rehefa maneho ny fahavononantsika hanaraka ny Mpamonjy hidina ao anaty rano amin' ny alalan' ny batisa isika? (2 Nefia 31.13). Ahoana no namaritan' i Nefia ny mety ho fomba fitenin' ny olona iray aorian' ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina? (Jereo 2 Nefia 31:13). Inona no dikan' ny hoe miteny amin' ny fitenin' ny anjely? (Jereo 2 Nefia 32:2–3). Izany dia midika hoe manambara ny tenin' i Kristy amin' ny herin' ny Fanahy Masina. Amin' ny toe-javatra toy inona no mety hahazoantsika fitahiana hiteny amin' ny fitenin' ny anjely? (Mety ho anisan' ny valinteny ny hoe rehefa mampianatra na mijoro ho vavolombelona amin' ny namantsika sy ny fianakaviana, mandritra ny toriteny any am-piangonana, na rehefa mivavaka).
- Nampianatra ihany koa i Nefia fa aorian' ny batisa, dia mahazo famelan-keloka "amin' ny afo sy amin' ny Fanahy Masina" isika (2 Nefia 31:17). Inona araka ny hevitrao no antony ampiasan' i Nefia ny teny hoe afo hilazana izany zavatra izany? (Tahaka ny afo izay manadio, dia manadio ireo izay mibebaka marina sy atao batisa ho afaka amin' ny ota ny Fanahy Masina).

- Nampianatra i Nefia fa ny Fanahy Masina dia mijoro ho vavolombelon' ny Ray sy ny Zanaka (2 Nefia 31:18). Ahoana no zava-dehibe ho antsika ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona momba ny Ray sy ny Zanaka amin' ny alalan' ny Fanahy Masina?
- Amin' ny fomba ahoana no ahafahan' ny fijoroana ho vavolombelona avy amin' ny Fanahy Masina ho tonga amintsika? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:2 sy ny teny nindramina manaraka). Nahoana no zava-dehibe ny fahatakarana ny fomba iresahan' ny Fanahy Masina amintsika? (Jereo 2 Nefia 32:5).

  Nampianatra ny filoha Boyd K. Packer fa miteny amin' ny feo izay *tsapa* mihoatra noho ny *re* ny Fanahy Masina. Feo kely sy malefaka no anambarana izany (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1994, 77; na *Ensign,* Nov. 1994, 60).

*Naoty:* Matetika no mahatsapa ny fiasan' ny Fanahy Masina ny mpikambana ao amin' ny fiangonana kanefa tsy mahalala fa avy amin' ny Fanahy masina ny zavatra tsapany sy iainany. Misy fotoana ao anatin' ny taona, rehefa mahatsapa ny fiasan' ny Fanahy ianao mandritra ny lesona, dia azonao atao ny miato ka mizara amin' ny mpianatra izay tsapanao. Hazavao fa mety tsy hitovy tanteraka amin' ny anao ny fahatsapan' izy ireo ny fiasan' ny Fanahy, saingy mitondra filaminana sy fifaliana izany fiasan' ny Fanahy izany.

**2. Nampianatra i Nefia fa tsy maintsy miroso hatrany sy miharitra hatramin' ny farany isika.**

Vakio sy fakafakao ny 2 Nefia 31:19–21. Hazavao ny mpianatra ny fampianaran' i Nefia fa ny batisa dia vavahady hidirana amin' ny lalana ety sy tery mankany amin' ny fiainana mandrakizay. Nampianariny ihany koa ny dikan' ny fandehanana amin' io lalana io.

- Inona no fanontanian' i Nefia ao amin' ny 2 Nefia 31:19? Inona no valin' io fanontaniana io? (Jereo 2 Nefia 31:19–20). Inona no iheveranao ny dikan' ny hoe "miroso hatrany"? (Mandroso amim-pahavononana na inona na inona fisedrana na sakantsakana). Inona ireo zavatra sasany izay mety hampiala antsika tsy hifantoka amin' ny fandrosoana hatrany? Nahoana no manandanja ny fandrosoana hatrany amin' ny faharetana hatramin' ny farany?
- Inona no dikan' ny hoe "manana faharetana ao amin' i Kristy"? (Jereo 2 Nefia 31:19–20). Ahoana no ahafahan' ny fanarahantsika an' i Kristy manampy antsika hanana "fanantenana mamirapiratra sy tonga lafatra"? Inona ireo fomba sasany mety hahafahantsika mifanampy amin' ny ezaka ataontsika mba handrosoana hatrany? Inona ny zavatra azontsika atao mba hanampiana ireo mpikambana vaovao ao amin' ny fiangonana amin' ny fanombohany ny diany eo amin' izany lalana izany?

  Nampianatra ny filoha Gordon B. Hinckley fa miaraka amin' ny fitomboana tsy mitsahatra ny isan' ny mpikambana vaovao, dia tsy maintsy manao fanampin' ezaka isika hanampy azy ireny eo amin' ny fikatsahany ny lalany. Mila zavatra telo ny tsirairay amin' izy ireny: namana, andraikitra, ary famahanana amin' ny "tenisoan' Andriamanitra" (Môrônia 6:4). Adidintsika sy tombotsoa ho antsika ny manome ireo zavatra ireo" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1997, 66; na *Ensign*, May 1997, 47).

- Araka ny fampianaran' i Nefia ao amin' ny 2 Nefia 31, ahoana no hamaritanao ny "fotopampianaran' i Kristy"? (Jereo 2 Nefia 31:13, 15; jereo koa 3 Nefia 11:31–40. Tokony ho hita ao amin' ny valinteny ny finoana an' i Kristy, ny fibebahana, ny fanaovana batisa, ny fandraisana ny fanomezan' ny Fanahy Masina ary ny faharetana hatramin' ny farany).

**3. Miresaka ny maha zava-dehibe ny fivokisana amin' ny tenin' i Kristy i Nefia**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 2 Nefia 32.

- Ao amin' ny 2 Nefia 32, dia nanome fanampin-torolalana i Nefia mikasika izay tokony hataontsika, rehefa tafiditra amin' ny lalana mankany amin' ny fiainana mandrakizay isika (2 Nefia 32: 1–3). Inona no torolalana manokana omena ao amin' ny andininy fahatelo? Inona ireo fanovozana ananantsika mba hahazoana ny tenin' i Kristy?
- Inona no heverinao ho dikan' ny hoe mivoky amin' ireo teny ireo? (Jereo ny teny nindramina etsy ambany). Inona no maha samihafa ny "fivokisana" amin' ny famakiana na fianarana koa aza? Ahoana no ahafahantsika manampy ny hafa mivoky

  Nilaza ny loholona Neal A. Maxwell fa "mila mivoky amin' ny tenin' i Kristy izay ao amin' ny soratra masina sy araka izay ahatongavany amintsika amin' ny alalan' ny mpaminany velona isika. Tsy mety ny mitsaingotsaingoka indraindray fotsiny. (Jereo 2 Nefia 31:20 sy 32:3). Ny mivoky dia midika ho mandray amim-pifaliana sy amim-piravoravoana ary amin-pankafizana—tsy manao teli-moka ao anatin' ny hanoanana tsindraindray fotsiny fa mandray anjara amim-pankasitrahana, mihinana amim-pifaliana amin' ny sakafo tsara sy voaomana tamim-pitiavana . . . nandritra ny taon-jato maro" (*Wherefore Ye Must Press Forward* [1977], 28).

- Inona no fampanantenana nomen' i Nefia mikasika ny tenin' i Kristy? (Jereo 2 Nefia 32:3). Ahoana no nahitanao ny fahamarinan' izany?
- Nampianatra i Nefia fa ny Fanahy dia mampianatra na manentana ny olona hivavaka (jereo 2 Nefia 32:3). Nahoana no zava-dehibe ny fivavahana alohan' ny hanaovantsika na inona na inona zavatra ao amin' ny Tompo? (2 Nefia 32:9). Ahoana no nitahiana anao tamin' ny fanarahana io torohevitra io?

**4. Nanambara i Nefia fa hino ny teniny ny olona raha mino an' i Kristy.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny 2 Nefia 33. Hazavao fa ity fizarana ity dia mirakitra ny fijoroana ho vavolombelona ananan' i Nefia momba ny fahamarinan' ny teniny sy ny lanjan' izany ho an' ny olona.

- Inona no "mahasarobidy" ny tenin' i Nefia? (Jereo 2 Nefia 33:3–5). Ahoana no ahafahantsika mianatra ny lanjan' ireo teny ireo? Ahoana no ahafahantsika mahafantatra fa marina ny tenin' i Nefia? (Jereo 2 Nefia 33:10; jereo koa Môrônia 7:13–17).
- Nilaza i Nefia fa "hifanatri-tava aminy manoloana ny toeram-pitsarana isika (2 Nefia 33:11). Ahoana no ahafahan' ny tenin' i Nefia manameloka antsika amin' ny andro farany? (Jereo 2 Nefia 33:14. Raha mifidy ny handà ireo teny ireo sy handika ny fitsipika izay ampianariny isika dia hoesorina hiala eo anatrehan' ny Tompo).

- Anisan’ ny teny farany nosoratan’ i Nefia ny fanambarana hoe: “fa izany no efa nandidian’ ny Tompo ahy, ary tsy maintsy mankatò aho” (2 Nefia 33:15). Nahoana no mety ho tsara izany fiafaran’ ny asa soratra nataon’ i Nefia izany? Inona ny lesona azonao tsoahina tamin’ ny ohatra navelan’ i Nefia ka afaka hanampy anao eo amin’ ny fiezahanao ho mpankatò kokoa?

---

Famaranana

Fintino indray ny fampianaran’ i Kristy izay ahitana ny finoana an’ i Kristy, ny fibebahana, ny fanaovana batisa, ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina ary ny faharetana hatramin’ ny farany.

Araka ny fitarihan’ ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin’ ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an’ ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na roa amin’ ireto hevitra ireto ao anatin’ ny ny lesona.

**1. Hira**

Hirao na vakio miaraka amin’ ny mpianatra ny hira, “Press Forward, Saints” (*Hymns* no. 81).

**2. Manjera ny sakan’ ny tsy fahatakarana.**

- Vakio sy resaho ny 2 Nefia 32:7. Inona ny antony nisakanan’ ny Fanahy an’ i Nefia tsy hiteny? Ahoana no mbola matetika hita ireo olana voateny eo amin’ ireo andininy eo ambony ireo ankehitriny? Ahoana no ahafahantsika mifanampy hiala amin’ ireo sakana ireo?

# “Katsaho ny fanjakan’ Andriamanitra”

Lesona
12

*Jakôba 1–4*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatsapa ny faniriana hilofo amin’ ny antsony sy ho madio fitondrantena ary hanasa ny hafa hanatona an’ i Kristy.

**Fanomanana**

Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:

a. Jakôba 1. Milofo amin’ ny antso azony avy amin’ ny Tompo i Jakôba mba hitory ny fibebahana amin’ ny olona.
b. Jakôba 2–3. Nampitandrina ny olona amin’ ny fitiavana harena, ny fireharehana, ny fahalotoana ara-pitondrantena i Jakôba. Nampanantena ireo madio am-po izy fa hampionona azy ireo amin’ ny fahoriany Andriamanitra raha mitodika any aminy izy ireo ary mandray ny teniny sy mivavaka amim-pinoana.
d. Jakoba 4. Mijoro ho vavolombelona ny amin’ ny sorompanavotan’ i Jesoa Kristy i Jakôba. “Nampitandremany ny olona mba tsy hibanjina any ivelan’ ny tanjona.”

2. Raha ananànao ny *Family Home Evening Video Supplement 2* (53277), dia azonao atao ny miomana hampiseho ny “Repentance: It’s Never Too Late,”, horonantsary maharitra enina minitra.


3. Raha mampiasa ny fisarihana ny saina ianao, dia mitondrà fitaratra manalehibe (loupe) iray any an-dakilasy (na ataovy ny sariny eny amin’ ny solaitrabe alohan’ ny anombohan’ ny fampianarana).

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Asehoy ilay fitaratra manalehibe (na ataovy eny amin’ ny solaitrabe ny sariny alohan’ ny fampianarana).



- Inona ny asan’ ny fitaratra manalehibe? Inona no dikan’ ny teny hoe manalehibe (manangeza, mampitombo lanja, miteraka fanajana lehibe). Inona no dikan’ ny hoe “milofo ” amin’ ny antso ao am-piangonana?

Asaovy mamaky mafy ny Jakôba 1:17–19 ny mpianatra iray. Asaovy mamantatra ireo fehezanteny izay mamaritra ny fomba nilofosan’ i Jakôba tamin’ ny antsony avy amin’ ny Tompo ireo mpianatra hafa. Azonao atao ny manao lisitra ireo valinteny eny amin’ ny solaitrabe. Mety hahitana ireto valiny manaraka ireto izany:

a. Nahazo fanendrena avy amin’ ny Tompo (Jakôba 1:17).
b. Nohamasinina, na voatokana (Jakôba 1:18).
d. Nandray andraikitra (Jakôba 1:19).
e. Nitory ny tenin’ ny Tompo tamim-pahazotoana (Jakôba 1:19).
f. Niasa tamin’ ny heriny (Jakôba 1:19).

Hazavao fa rehefa nanakaiky ny farany teto amin’ izao fiainana an-tany izao i Nefia, dia nomeny an’ i Jakôba sy i Josefa zandriny ny andraikitra amin’ ny fanasoavana ara-panahy ny Nefita. Nahatsapa ny havesatry ny fiantsoana azy i Jakôba ary nalahelo noho ny fitombon’ ny fireharehana izay nitondra ny vahoakany ho any amin’ ny fahalotoam-pitondrantena sy fitiavantena. Nanentana azy ireo mafy hibebaka izy—hamitram-pihavanana amin’ ny Tompo amin’ ny alalan’ny sorompanavotana. Asao ny mpianatra hisaintsaina momba ny antsony ao am-piangonana sy ny fomba ahafahany milofo amin’ izany kokoa.

---

**Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina**

Ento amim-bavaka ny fifantenana andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin’ ny ilain’ ny mpianatra. Mifanakaloza hevitra amin’ ny fomba ampiaharana ireo soratra masina voafantina amin’ ny fianantsika andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin’ ireo fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Nilofo tamin’ ny antsony avy amin’ ny Tompo i Jakôba.**

Hadihadio Jakôba 1. Asaovy vakian’ ny mpianatra mafy ny andininy voafantina. Hazavao fa i Jakôba dia zanak’ i Lehia sy i Sariaha ary teraka tany an-tany foana. Nahita ny Mpamonjy izy tamin’ ny fahatanorany ary voatendry ho amin’ ny fisoronana (2 Nefia 2:4; 6:2; 11:3). Tonga mpitahiry ireo takelaka kely izy ary nandimby an’ i Nefia tamin’ ny asa fanompoana.

- Rehefa nomen’ i Nefia an’ i Jakôba ireo takelaka, dia nomeny toromarika manokana koa izy. Inona no nasain’ i Nefia noraketin’ i Jakôba ao amin’ ireo takelaka ireo? Jereo Jakôba 1:1–4. Inona no maha zava-dehibe ny firaketana an-tsoratra sy ny fitehirizana izany? Inona no fampianarana omen’ ity andininy ity mikasika ny sasantsasany amin’ ireo zavatra izay tokony horaketintsika an-tsoratra momba ny fiainantsika?

- Nanoratra i Jakôba fa “tia fatratra an’ i Nefia ny vahoakany” (Jakôba 1:10). Inona ny antony nitiavany fatratra an’ i Nefia? (Jereo Jakôba 1: 10). Ahoana ny fihetseham-ponao manoloana ireo izay niasa hanompo anao?

- Inona no tian’ i Jakôba hambara raha nilaza izy fa “efa nahazo mialoha ny fanendrena azy avy tamin’ ny Tompo” vao nampianatra ny vahoaka? (Jakôba 1:17–18). Ahoana ny fomba ahazoantsika ny fanendrena avy amin’ ny Tompo?

(Amin' ny alalan' ny fiantsoana sy fanokanana). Ahoana ny fomba ahafahantsika mahafantatra ny zavatra tian' ny Tompo hataontsika ao amin' ny antsontsika?

- Inona araka ny voalazan' i Jakôba no ho nitranga raha toa ka tsy nampianatra ny vahoaka tamim-pahazotoana izy sy i Josefa? (Jereo Jakôba 1:19). Inona no maha zava-dehibe ny filofosana amin' ny antsontsika? (Raha toa ka tsy nampiasa ny fisarihana saina ianao, dia makà fotoana hanadihadiana ny hevitry ny filofosana amin' ny antso).
- Inona no ohatra tsara sasany hitanao teo amin' ny olona izay milofo amin' ny antsony? Ahoana no ahafahantsika manatsara ny filofosana amin' ny antsontsika? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:26–28). Ahoana no nitahiana anao tamin' ny nanatanterahanao ny antsonao araka izay azonao natao?

**2. Nampitandrina ny amin' ny fitiavana harena, fireharehana ary fahalotoam-pitondrantena i Jakôba.**

Hadihadio ny Jakôba 2–3. Asaovy mamaky ireo andininy voafantina ny mpianatra.

- Rehefa nanomboka nitory tamin' ny vahoakan' i Nefia i Jakôba, dia nilaza izy fa "nivesatra faniriana sy fanahiana betsaka kokoa noho izay efa tojo azy hatrizay"(Jakôba 2:3). Inona no antony nampavesatra ny fanahin' i Jakôba? (Jereo Jakôba 2:5–9; jereo koa Jakôba 1:15–16). Inona no antony nilazan' i Jakoba ny ota ho toy ny "asa mafy"? (Jakôba 2:5).
- Ahoana no tonga vato mahasolafaka ho an' ireo Nefita tamin' ny andron' i Jakoba ny fikatsahana harena ara-materialy? (Jereo Jakôba 2:12–16). Ahoana no mety hitarihan' ny fahazoana harena any amin' ny avonavona? Ahoana ny fomba tokony hampiasana ny harena? Inona no torohevitra nomen' i Jakôba antsika mba hanampy antsika hisoroka ny fampiasana ny harena amin' ny tsy tokony ho izy? (Jereo Jakôba 2:17–21).

  Toy izao ny nampianarin' ny filoha Spencer W. Kimball:

  "Ny fananana harena dia tsy voatery ho ota akory. Kanefa ny ota dia mety hipoitra avy ao amin' ny fahazoana sy ny fampiasana ny harena . . . "Fa ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra: koa ny sasany izay fatra-pitady izany dia efa voavily niala tamin' ny finoana ka nanindrona ny tenany tamin' ny alahelo be. Fa hianao kosa ry lehilahin' Andriamanitra, mandosira izany zavatra izany; ka miezaha mitady ny fahamarinana, ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, ny finoana, ny fitiavana, ny faharetana, ny fahalemem-panahy"(1 Tim. 6:10–11).

  "Ny tantaran' ny Bokin' i Môrmôna dia milaza tsara ny fanimban' ny fitiavan-karena. . . . Raha nampiasa ny harenany ho an' ny tanjona tsara ny olona, dia ho nitohy hatrany ny fahombiazany. Kanefa toa tsy afaka ho sady manan-karena no marina izy ireo mandritra ny fotoana maharitra" (*The Miracle of Forgiveness* [1969], 47–48).

- Rehefa avy nampitandrina ny olona mikasika ny fireharehana sy ny fitiavan-karena i Jakôba dia niantso ny rehetra hibebaka noho ny fahalotoam-pitondrantenany. Ahoana ny fomba nanamarinan' ireo Nefita tena tamin' ny

fahalotoam-pitondrantenany? (Jereo Jakôba 2:23–24). Inona ireo fomba ampiasain' ny olona maro amin' izao fotoana izao hanamarinana ny fahalotoam-pitondrantenany?

- Nahoana no zava-dehibe ny madio ara-pitondrantena? (Jereo Jakôba 2:27–29; jereo koa Eksodosy 20:14; 1 Korintiana 6:18–20). Ahoana no mety hanimba ny fianakavian' ilay mpanota, ny namany ary ny mpiara-belona aminy ny fahalotoam-pitondrantena? (Jereo Jakôba 2:31–35; 3:10). Inona no torohevitra sy fampiononana nomen' i Jakoba ireo izay efa voaratran' ny fahalotoam-pitondrantenan' ny hafa? (Jereo Jakôba 3:1–2).
- Inona no tokony hataon' ny olona iray mba hahazoany famelan-keloka amin' ny fahalotoam-pitondrantena?

  Manoro dingana dimy hahazoana famelan-keloka amin' ny fahalotoam-pitondrantena ny filoha Ezra Taft Benson. ("The Law of Chastity," tao amin' ny *Brigham Young University 1987–88 Devotional and Fireside Speeches* [1988], 53–54). Hadihadio miaraka amin' ny mpianatra ireo dingana dimy ireo.

  1. .Andosiro tsy misy hatak' andro ny zavatra rehetra izay mitarika amin' ny ota na izay mety hitarika anao hanota."

  2. Mangataha mafy amin' ny Tompo hahazo hery handresena izany."

  3. Avelao ny mpitarika ny fisoronana hanampy anao hamaha ilay fahadisoana ary miverena amin' ny fiarahana feno amin' ny Tompo."

  4. Misotroa avy ao amin' ny loharon' Andriamanitra [ny Soratra masina sy ny tenin' ny mpaminany] ary fenoy hery amin' ny loharanon-kery tsara ny fiainanao."

  5. Tsarovy fa amin' ny alalan' ny fibebahana marina, dia afaka ho tonga madio indray ianao."

- Araka ny voalazan' i Jakôba, ahoana no nitahiana ny Lamanita noho ny fahadiovam-pitondrantenany? ( Jereo Jakôba 3:5–7). Inona ireo fitahiana entin' ny fahadiovana ara-pitondrantena?

**3. Mijoro ho vavolombelona momba ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy i Jakôba.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Jakôba 4. Raha mampiasa ny horonan-tsary Repentance: It's Never Too Late" ianao, dia asehoy izany ankehitriny.

- Taorian' ny niantsoan' i Jakôba ny vahoakany hibebaka, dia nofaranany tamin' ny fijoroana ho vavolombelona mikasika ny fanantenana amin' ny famelan-keloka amin' ny alalan' ny sorompanavotana ny toriteniny. Ahoana no fomba anampian' izany soratra masina izany sy ireo mpaminany antsika hahazo fijoroana ho vavolombelona mikasika ny sorompanavotana? (Jereo Jakôba 4:4–6). Ahoana no ahazoantsika ny fanantenana ao amin' i Kristy izay noresahin' i Jakôba? (Jereo Jakôba 4:10–12).
- Inona araka ny hevitrao ny dikan' ny hoe: "nibanjina any ivelan' ny tanjona" ireo Jiosy? (Jereo Jakôba 4:14. Nahafaly ny Jiosy ny nanazava ireo lahatsoratra sarotra ao amin' ny soratra masina, kanefa tsy afaka nahatakatra izany izy ireo

satria tsy nanana ny finoana sy ny fanampian' ny Fanahy Masina. Nohamavoany ny "teny tsotra " ao amin' ny soratra masina ary nitady ny famonjena tamin' ny lalana hafa sy fomba hafa izy ankoatra an' i Jesoa Kristy).

- Ahoana no mety mahatonga antsika "hibanjina ivelan' ny tanjona" indraindray eo amin' ny fiainantsika andavanandro? Ahoana no ahafahantsika hahatsiaro bebe kokoa ny halehiben' ny Mpamonjy eo amin' ny fiainantsika?

Hamaranana ity fizarana ity, dia asaovy mamaky mafy ny Môsià 3:17 ny mpianatra.

---

Famaranana

Hazavao fa ny fampianaran' i Jakôba dia manampy antsika hahatakatra ny maha zava-dehibe ny filofosana amin' ny antsontsika sy ny fisorohana ny avonavona sy ny toetra mamoafady. Tamin' ny fanantitranteran' i Jakôba ny sorompanavotana tamin' ny famaranana ny toriteniny, dia nampianatra izy fa tsy maintsy miankina amin' ny Mpamonjy isika.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na roa amin' ireto hevitra ireto ao anatin' ny lesona.

**1. Manameloka ny fananana vady maro izay tsy nahazoana a lalana i Jakôba**

- Iza ireo olona notonon' ny Nefita ho ohatra mba hanamarinany ny faharatsiam-pitondrantenany? (Jereo Jakôba 2:23–24). Nahoana no ohatra tsy mendrika i Davida sy i Salomona? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:38–39. Nomen' ny Tompo vady sy vady kely i Davida sy i Salomona, kanefa nanota izy ireo rehefa nanampy vady hafa ivelan' ny fanekena. Azonao atao ny manazava fa fahagola ny vady kely dia neken' ny saina sy noraisina ho vady ara-dalàna saingy ambany saranga kokoa. (Jereo Bruce R. McConkie, *Mormon Doctrine,* 2nd ed. [1966], 154).
- Inona no lalàm-panambadiana nampianarin' i Jakôba ny Nefita? (Jereo Jakôba 2:27–28).

  Izao no fampianaran' ny mpaminany Joseph Smith: "Nilaza mandrakariva aho fa tsy misy lehilahy tokony hanana vady mihoatra ny anankiray, raha tsy hoe mandidy izany ny Tompo" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* sel. Joseph Fielding Smith [1976], 324).

  Hazavao fa ny Tompo no nanome izany toromarika izany (jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132), kanefa tatỳ aoriana dia novany ny fanekeny ny fananana vady maro, rehefa niova ny zava-misy (Jereo ny fanambarana ofisialy—1). Antitrantero fa ny lalànan' ny Tompo mikasika ny fanambadiana amin' izao fotoana izao dia toy ny an' i Jakôba tamin' ny androny.

**2. Mamantatra sy misoroka ny fampahoriana**

Niteny mafy ny Nefita i Jakôba noho ny fampahoriana ataony amin' ny vadiny sy ny zanany (jereo Jakôba 2:9, 31–32, 35). Ny mpitondra ny olomasin' ny andro farany dia efa nampitandrina mafy koa amin' izay mety ho fampahoriana rehetra. Ny Fiadidiana voalohany sy ny kôlejin' ny roambinifololahy dia efa nampitandrina fa "ireo olona izay manitsakitsaka ny fanekena momba ny fahadiovam-pitondran-tena, ireo izay manitsakitsaka ny vadiny sy ny zanany, na tsy manatanteraka ny adidiny amin' ny fianakaviana dia hijoro manoloana an' Andriamanitra indray andro any hamoaka ny natao" ("The Family: A Proclamation to the World," *Ensign,* Nov. 1995, 102).

Ny fampahoriana dia azo faritana amin' ny fitondrana na fitenenana amin' ny olona amin' ny fomba manamavo, na koa mandratra na miteraka fanafitohinana mafy. Raha ilaina dia hadihadio miaraka amin' ireo mpianatra ireto famaritana manokana sy torolalana manaraka ireto:

Misy ny fampahoriana ny ankizy rehefa ny olona iray izay atokisana na miahy ny ankizy no mampitahotra na mampahory azy ara-batana na ara-pihetseham-po. Ao anatin' izany ny fampahoriana ara-batana, ny tsy fikarakarana, ny fampahoriana fihetseham-po ary ny fampahoriana amin' ny firaisana ara-nofo.

Ny fampahoriana ny vady dia mety ho ara-batana, amin' ny fihetseham-po, ara-piraisana. Ny fampahoriana eo amin' ny fihetseham-po dia mety ho amin' ny fiantsoana amin' ny anarana feno fanamavoana, ny fitenenana manambany, ny fitondrana tsy marina na fanerena, ny fandrahonana, ny fanokana-monina, ny familiviliana. Ny fampahoriana ara-batana dia mahafaoka ny tsy fanomezana ireo zavatra ilaina amin' ny fahavelomana sy ny fampiasana herisetra toy ny tosika, ny fanakendana, ny rangotra, ny tsongo, ny fibedana na ny daka. Ny fampahoriana ara-piraisana dia mety ara-pihetseham-po na ara-batana ary tafiditra ao anatin' izany ny fanerena amin' ny firaisana, ny fampangirifiriana sy ny fampiasan-kery na ny fandrahonana.

Tokony hanao ny ezaka rehetra ireo mpitarika rehetra ao amin' ny fisoronana, ny ankohonana sy ny hafa mba hisoroka ny fampahoriana sy hanampy amin' ny fanasitranana ny olona izay iharan' izany. Ny mpitondra sy ny ankohonana dia tokony hanampy koa ny mpampahory mba hibebaka. Mety hilaina ny fampiharana ny lalànan' ny fiangonana hanatanterahana izany.

Raha mila fampahalalana bebe kokoa momba ny fampahoriana ny mpianatra, dia azony atao ny mangataka amin' ny evekany ny dika mitovy amin'ny bokikely roa navoakan' ny fiangonana *Preventing and Responding to Child Abuse* (35655) sy *Preventing and Responding to Spouse Abuse* (35869). Ho fanampin' izany, dia tokony hahatsapa tena ho malalaka izy ireo amin' ny fangatahana torohevitra manokana amin' ny eveka hisorohana sy hiadiana amin' ny fampahoriana.

- Inona no azontsika atao mba hanampy hamantatra ny fampahoriana sy hisoroka izany? Ahoana ny fomba ahafahantsika manampy ireo izay voan' ny fampahoriana?

3. **Nampitandrina mikasika ny voka-dratsy ateraky ny fanavakavahana ara-bolo-koditra i Jakoba**

- Nahoana no nanamavo ny Lamanita ny maro amin' ireo Nefita? (Jereo Jakôba 3: 5, 9). Inona ny zavatra nambaran' i Jakôba momba izany fanavakavahana ara-bolo-koditra izany? (Jereo Jakôba 3:8–9). Ahoana no anakanan' ny fanavakavahana ny fiangonana tsy hanatanteraka ny asa ampanaovin' Andriamanitra azy?

  Hoy ny filoha Howard W.Hunter:

  "Ny filazantsara tafaverina amin' ny laoniny dia hafatra mitory ny fitiavan' Andriamanitra ny olona rehetra na aiza na aiza misy azy, izay mifototra amin' ny finoana fa ny olombelona rehetra dia zanak' ilay Andriamanitra iray ihany. . . .

  " . . . Ny fahefana sy ny herin' ny finoantsika dia tsy voafatotry ny tantara na ny fiaviana na vakoka. Tsy fananan' ny vahoaka iray manokana na sokajin-taona iray manokana izany" (ao amin' ny Conference Report, *Ensign* 1991, 23–24; na *Ensign,* Nov. 1991, 19).

Lesona
# 13
# Ny fanoharana ny amin’ ny hazo oliva

*Jakôba 5–7*

**Tanjona**

Hanampy ireo mpianatra hahatakatra ny fanoharan’ i Zenôsa mikasika ny hazo oliva sy ny fifandraisan’ izany amin’ izao androntsika izao.

**Fanomanana**


1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Jakôba 5. Nindrana ny fanoharan’ i Zenôsa mikasika ny hazo oliva dia sy ny hazo oliva voakolokolo i Jakôba, izay milaza ny tantara sy ny ho avin’ ny tranon’ i Israely.
   b. Jakôba 6. Nanentana ireo mpihaino azy hibebaka sy hanaraka an’ i Kristy i Jakôba.
2. Vakiteny hafa: 1 Nefia 10:12–14; 22:3–5; Rakibolan’ ny Baiboly, “hazo oliva,” 739–40.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina dia ampiasao, araka izay sahaza, izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Manaova sarin’ oliva eny amin’ ny solaitrabe, ary lazao ny mpianatra hanambara zavatra betsaka araka izay azony lazaina momba izany ao anatin’ ny iray minitra. Soraty eny amin’ ny solaitrabe manodidina ilay sarin’ oliva ny valiny omen’ izy ireo. Raha mitady fanampiana ireo mpianatra dia omeo azy ireo ny valiny vitsivitsy izay aseho eto ambany na koa izay voatanisa eo amin’ ny fanampin-kevitra enti-mampianatra faharoa.




Hazavao fa ity lesona ity dia mampianatra fa ny hazo oliva dia nampiasaina ho toy ny sariohatra hilazana ny fifandraisan’ ny Tompo amin’ ny zanak’ Israely.

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary ny fitaovam-pianarana mba hifanojo tsara amin' izay ilain' ny mpianatra. Mifanakaloza hevitra ny amin' ny fifandraisan' izany soratra masina izany amin' ny fiainana andavan' andro. Entano ny mpianatra hizara traikefa tsara izay mifandray amin' ireo fitsipika ara-tsoratra masina ireo.

**1. Nindrana ny fanoharan' i Zenôsa momba ny hazo oliva i Jakôba.**

Hadihadio ny Jakôba 5. Asao ny mpianatra hamaky mafy ireo andinin-tsoratra masina voafantina. Hazavao fa amin' ity toko ity dia nindrana sariohatra avy ao amin' i Zenôsa, mpaminany Hebreo, izay voalaza imbetsaka ao amin' ny Bokin' i Môrmôna i Jakôba. Ny sariohatr' i Zenôsa dia mampiasa ny hazo oliva mba hamintinana ny tantaran' ny zanak' Israely sy hanambarana ny hoaviny.

- Inona ny sariohatra nampiasain' i Zenôsa tao amin' ilay fanoharana? Inona no hevitr' ireo sariohatra ireo?

  Rehefa mamela ny mpianatra handray anjara araka izay azo atao ianao, dia fantaro ireo sariohatra manan-danja indrindra ao amin' ilay fanoharana sy ny hevitra ambaran' izy ireo. Tanisao ao amin' ny solaitrabe izany. Tokony ho tahak' izao no endrik' izany tabilao izany rehefa vita:

FANOHARAN' I ZENÔSA

| Sariohatra | Hevitra fonosiny |
|---|---|
| Tanimboaloboka | Izao tontolo izao |
| Ny tompon' ny tanimboaloboka | Jesoa Kristy |
| Hazo oliva voakolokolo | Ny mpianakavin' i Israely, vahoakan' ny fanekempihavanan' ny Tompo |
| Hazo oliva dia | Jentilisa (vahoaka izay tsy teraka tao amin' ny mpianakavin' i Israely) |
| Rantsana | Andian' olona |
| Mpanompo | Mpaminany sy ny hafa nantsoina hanompo |
| Voankazo | Ny fiainana na ny ataon' ny olona |

  Avelao eny amin' ny solaitrabe io tabilao io mandritra ny lesona.

- Io fanoharana io dia manomboka amin' ilay tompom-boaloboka izay mahita fa manomboka ho simba ilay hazo oliva voakolokolo (Jakôba 5:3–4). Inona no asehon' io fahasimbana io? (Ny apôstazia). Inona no nataon' ilay tompom-boaloboka rehefa hitany fa mihasimba ilay hazo oliva? (Jereo Jakôba 5:4–14. Azonao atao ny manazava fa ny grefy dia fomba ampikambanana ny hazo iray amin' ny hazo iray hafa mba ho tonga iray tsy misaraka amin' ilay hazo voalohany intsony izy). Nahoana ilay tompomboaloboka no nilaza tamin' ny mpanompony hanao grefy azy amin' ny sampan' oliva dia? (Jereo Jakôba 5:11,18).
- Inona no asehon' ny grefy ao amin' ity fanoharana ity? (Ny fitondrana ny Jentilisa ao amin' ny mpianakavin' i Israely amin' ny alalan' ny batisa). Oviana ny filazantsara no nentina voalohany tany amin' ny Jentilisa? (Jereo Asan' ny Apôstôly 10).

- Inona no asehon' ny famindrana ny rantsana oliva voakolokolo ho amin' ny toerana mifanelanelana ny tanim-boaloboka? (Jereo 1 Nefia 10:12–13). Iza no mety ho andian' olona manokana asehon 'ireo rantsana oliva voakolokolo ireo? (Jereo 1 Nefia 2:19–20; 22:3–4). Inona no nahatonga an' i Israely haparitaka? (Jereo Amosa 9:8–9).
- Niara-niasa matetika tamin' ny mpanompony ny tompon' ny tanimboaloboka mba handratsana, hiasa ary hikolokolo ilay hazony. Inona no ambaran' izany mikasika ny asan' i Jesoa Kristy eo amin' ny fiainan' ny olona?
- Rehefa nitsidika fanindroany ny tanimboaloboka ilay tompony, inona no hitany momba ireo rantsana dia izay natao grefy tamin' ilay hazo voakolokolo? (Jereo Jakôba 5:15–18). Inona no asehon' ny filanjana voa tsara? Ahoana no ahafahan' ny mpikambana vaovao manampy aina sy hery ny fiangonana?
- Inona no hitan' ilay tompony raha nijery ireo rantsana voakolokolo izay namboleny tamin' ny toerana samy hafa tao an-tanimboaloboka? (Jereo Jakôba 5:19–25. Mariho fa ireo rantsana izay nambolena tamin' ny tany tsy mahavokatra dia namoa voa tsara, ary ireo izay nambolena tamin' ny tany lonaka kosa dia sady namoa voa tsara no ratsy). Inona no azo ampiharana ireo toe-javatra ireo amintsika ankehitriny?
- Raha nitsidika fanintelony ny tanimboaloboka ilay tompony, inona no nitranga tamin' ireo voankazo rehetra? (Jereo Jakôba 5:29–32, 37–42). Inona no asehon' ireo karazana voankazo simba maro? (Ny apôstazia faobe). Inona no nahatonga ny apôstazia? (Jereo Jakôba 5:37, 40, 48). Inona no mety asehon' ny "fieboeboan'" ilay tanimboaloboka? Ahoana no anakanan' ny fieboeboantsika na ny avonavontsika tsy hamoa voa tsara?
- Inona no ambaran' ny navalin' ny tompony tamin' ilay tanimboaloboka simba antsika momba ny fihetsehampon' ny Tompo manoloana ny olony? (Jereo Jakôba 5:41, 47). Ahoana no nanovan' ny fiainanao ny fahafantaranao ny fitiavan' ny Tompo ny fiainanao?

  Azonao atao ny mampiseho andinin-tsoratra masina hafa izay maneho ny fitiavan' ny Tompo anao. Omena eto ambany ny sasantsasany amin' izany:

  a. "Horantsanako izy sy hohevoiko ary hokolokoloiko . . . tsy ho faty. (Jakôba 5:4).
  b. "Mampahory ahy ny hamoizako ity hazo ity " (Jakôba 5:7).
  d. "Inona no hataontsika amin' ny hazo mba hahazoako mitsimbina indray ny voa tsara ho an' ny tenako? (Jakôba 5:33).
  e. "Mety hanam-pifaliana indray aho amin' ny voa avy amin' ny tanimboliko" (Jakôba 5:60).

- Inona no nokasain' ilay tompony hatao mba hamonjena ilay tanimboalobony efa simba? (Jereo Jakôba 5:49–54, 58, 62–64. Nanapa-kevitra ny hikolokolo sy handratsana azy indray mandeha farany izy ary koa hanao grefy ireo rantsana nafindra amin' ilay hazo niaviany indray. Inona no asehon' io fikolokoloana sy fandrantsanana ary grefy farany io? (Jereo 1 Nefia 10:14; 2 Nefia 29:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 33:3–6. Ny famerenana amin' ny laoniny ny filazantsara sy ny fanangonana an' Israely izay niparitaka).
- Iza ireo mpanompo hafa voalaza ao amin' i Jakôba 5:61, 70? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:8). Na dia vitsy aza ireo mpanompo ireo, inona no vokatry ny ezaka nataony? (Jereo Jakôba 5:71–75).

Ahoana no ahafahantsika manampy amin' izany fikolokoloana, fandratsanana ary fanaovana grefy farany amin' ny tanimboaloboky ny Tompo izany?

**Manentana ny mpihaino azy hibebaka sy hanaraka an' i Kristy i Jakôba.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Jakôba 6.

- Inona ny faminaniana nataon' i Jakôba taorian' ny fanoharan' i Zenôsa? (Jereo Jakôba 6:1). Inona ny fotoanandro noresahin' i Jakôba ao amin' i Jakôba 6:2? (Ny andro farany). Inona no ambaran' izany antsika momba ny fifandraisan' ny fanoharan' i Zenôsa amintsika?
- Asaovy mamaky mafy ny Jakôba 6:4–5 ny mpianatra iray. Inona no nampianarin' ireo mikasika ny fomba hamerenan' ny Mpamonjy amin' ny laoniny ny Israely amin' ny andro farany?
- Inona no fitsipiky ny filazantsara izay nohamafisin' i Jakôba taorian' ny nanambarany fa ho tanteraka avokoa ireo zava-misy ao amin' ny fanoharan' i Zenôsa? (Jereo Jakôba 6:3–13). Inona ny andraikitr' ireo izay "nofahanana tamin' ny teny soan' Andriamanitra"? (Jereo Jakôba 6:11–12; Môrônia 6:3–4). Inona ireo fomba manokana sasany ahafahantsika manatanteraka ireo andraikitra ireo? (Hamafiso fa afaka manatanteraka ireo andraikitra ireo ny mpikambana tsirairay. Azontsika atao ohatra ny manasa ireo namantsika izay tsy mpikambana hiresaka amin' ny misiônera, na koa manompo amim-pahazotoana amin' ny fanatanterahana ny famangiana isan-tokatrano na fampianarana isan-tokatrano na koa manao asa fanompoana amin' ny fotoana maharitra ho an' ny mpivady).

---

Famaranana

Hoy ny filoha Joseph Fielding Smith: "Ankehitriny, ny Olomasin' ny Andro Farany dia mandeha any amin' ny vazan-tany rehetra toy ny mpanompo ao amin' ny tanimboaloboka mba hanangona ny vokatra sy hitahiry izany ho an' ny fotoana ihavian' ny tompony". (*Answers to Gospel Questions,* comp. Joseph Fielding Smith Jr., 5 vols. [1957–66], 4:142). Hamafiso fa tokony handray anjara amin' io fanangonana lehibe io isika. Noho isika efa nofahanan' ny Tompo dia tompon' andraikitra isika amin' ny fanampiana ny hafa hahazo izany sakafo izany.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina mandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na roa amin' ireto hevitra ireto ao anatin' ny lesona.

**1. Ny fampianaran-dison' i Serema**

Hadihadio ny tantaran' i Serema izay hita ao amin' i Jakôba 7:1–23.

- Ahoana no fomba nitarihan' i Serema olona maro hiala amin' ny fahamarinana? (Jereo Jakôba 7:1–7). Inona ireo zavatra hitanao fa ampiasan' ny olona sasany ankehitriny fomba toy izany mba hitarihana ny hafa hiala amin' i Kristy?

- Ahoana no nahafahan' i Jakôba namaky bantsilana an' i Serema? (Jereo Jakôba 7:8–22). Ahoana no ahafahantsika miaro tena amin' ny famitahan' ny anti-Kristy? (Jereo Jakôba 7:23; Romana 16:17–18; Efesiana 4:11–15).

  Hoy ny filoha Joseph Fielding Smith : "*Tsy misy zavatra eto amin' izao tontolo izao izay manan-danja ho antsika mihoatra ny fankatoavana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy.* Aoka isika handalina ireo soratra masina ireo. Aoka isika hamantatra izay efa nambaran' ny Tompo. Aoka isika hampifanaraka ny fiainantsika amin' ny fahamarinany, dia tsy ho voafitaka isika" (*Doctrines of Salvation*, comp. Bruce R. McConkie, 3 vols. [1954–56], 1:301).

**2. Fanampim-panazavana mikasika ny hazo oliva**

Arakaraky ny ahafatarantsika bebe kokoa mikasika ny hazo oliva no hahafahantsika mahatakatra ny mahatonga an' i Zenosa hanana aingam-panahy hampiasa io hazo manokana io hanehoana an' ohatra an' i Israely. Zarao araka ny fotoana mahamety izany ao anatin' ny lesona izao fampahalalana manaraka izao (ampiasao ho isan' ny fisarihana ny saina ireto fampahafantarana sasany ireto raha ilaina):

a. Ny hazo oliva dia zava-maniry mety hamoa be. Mitaky fikolokoloana tsy tapaka izy vao afaka mivelona.
b. Maneho an' ohatra fandriam-pahalemana mazàna ny sampan' oliva.
d. Ilaina rantsanana tsara ilay hazo vao mamoa sy mahavokatra.
e. Mba hampaniriana sy hampamoazan' ny oliva, dia tsy maintsy tapahina ny vatany, ary tsy maintsy maka sampana oliva voakolokolo hatao grefy amin' ny vatan' ilay oliva dia.
f. Afaka hamoa mandritra ny taonjato maro ny hazo oliva. Ny hazo sasany izay maniry ao Israely amin' izao fotoana izao dia efa nahavokatra be nandritra ny 400 taona.
g. Rehefa antitra sy manomboka ho faty ilay hazo dia mamoaka sampana vaovao ny fakany, ary raha atao grefy sy rantsanana ireny dia ho lasa hazo oliva. Noho izany, ny fakan' ilay hazo dia afaka mitohy mamokatra hazo sy voany mandritra ny arivo taona maro.

**3. Asa ataon' ny tanora**

Mety ho sarotra amin' ny tanora ny hahatakatra ny fanoharana ny amin' ny hazo oliva. Azonao atao ny maneho an-tsary ilay fanoharana mandritra ny adihevitra. Azonao atao koa ny manao ny trano fianarana ho toy ny tanimboaloboka (izao tontolo izao) ary maka ireo mpianatra handeha ao anatin' ilay fanoharana mandritra ny adihevitra araka izay aseho eto ambany:

Ataovy sary ambony taratasy ny hazo oliva iray ka soraty hoe *Jerosalema (ny mpianakavin' i Israely)* izany. Apetraho amin' ny tany eo afovoan' ny trano io sary io. Manaova sarina rantsan' oliva maromaro ambony taratasy hafa. Soraty eo amin' ireo ny toerana sasany izay niparitahan' ny mpianakavin' i Israely (*Amerika, Eropa, Afrika, Azia,* sns). Apetraho eo amin' ny tany manodidina ny efitrano fianarana ireo. Asaovy mifindrafindra isaky ny sary ny mpianatra, arakaraky ny fizotran' ny vanim-potoana ao amin' ny adihevitra momba ilay fanoharana.

Ohatra, manendre mpianatra sasany hisolo tena ny mpianakavin' i Israely (oliva voakolokolo) ary mpianatra hafa kosa hisolo tena ny jentilisa (rantsana dia). Eo am-piresahanao, dia asaovy mifindra eo amin' ilay sary izay afovoan' ny trano ireo mpianatra misolo tena ny jentilisa. Rehefa miresaka ny tompon' ny tanimboaloboka maka ireo rantsana voakolokolo sy mamboly izany ao amin' ny tanimboaloboka ianao, dia asaovy mankeo amin'ireo sary manodidina ny efitrano fianarany ireo mpianatra izay nisolo tena ny mpianakavin' i Israely.

Lesona

# 14

# "Ho amin' ny fikasana hendry"

*Enôsy, Jarôma, Omnia, Tenin' i Môrmôna*

**Tanjona**

Hanamafisana fa ny Soratra Masina dia voaomana sy voatahiry hitarika sy hanoro lalana antsika.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:

   a. Enôsy. Voatariky ny fampianaran-drainy i Enôsy ka nangataka famelan-keloka. Nivavaka ho an' ny vahoakany Nefita sy ny fahavalony Lamanita i Enôsy rehefa avy nandray ny famelan-keloka. Nangataka tamin' ny Tompo hitahiry ny firaketan' ny Nefita izy.


   b. Jarôma. Nanoratra i Jarôma fa niady tamin' ny Nefita matetika ny Lamanita. Nandresy ireo Lamanita ny Nefita ary nandroso tao amin' ny taniny satria nisy mpaminany sy mpampianatra nandresy lahatra azy hibebaka hatrany, hitandrina ny didin' Andriamanitra ary hiandrandra ny fiavian' ny Mesia.

   d. Nitahiry ny firaketana i Omnia, i Amarôna, i Kemisa, i Abinadôma sy Amalekia. Niaina fotoam-pilaminana sy fotoan' ady ny Nefita, ary nofongorana "ny ampahany ratsy indrindra tamin' izy ireo". Nifankahita tamin' ny vahoakan' i Zarahemla (ny Miolekita) i Môsià sy ireo mpanaraka azy.

   e. Tenin' i Môrmôna. Nampian' i Môrmôna ny takelaka kelin' i Nefia ny famintinany ny takelaka lehibe kokoa izay an' i Nefia ihany, ary fantany fa "ho amin' ny fikasana hendry" no anaovany izany.

2. Raha mampiasa ny fisarihana ny saina ianao, dia angataho ny mpianatra hiomana hilaza ny zava-niseho taminy na zavatra tsapany izay mety efa ho hadino raha toa ka tsy noraketiny tao anaty diary. Na koa miomàna hilaza zava-niseho toy izany na zavatra tsapanao izay voarakitra ao amin' ny diarinao manokana.

3. Adikao eny amin' ny solaitrabe na amin' ny taratasy lehibe izao soratra masina manaraka izao:



**Firaketana nofintinina sy nangonin' i Môrmôna sy Môrônia**

4. Raha misy ao an-toerana ny sarin' i Môrmôna mamintina ireo takelaka dia miomàna ny hampiasa azy mandritra ny lesona (62520; Fonosan-tsary maneho ny filazantsara 306).

---

## Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

### Fisarihana ny saina

Raha ilaina dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana mba hanombohana ny lesona.

Angataho ny mpianatra voatendry iray hitantara ny zava-nitranga na fihetseham-po izay mety ho efa hadino raha toa ka tsy nanoratra izany tao amin' ny firaketany izy (na milazà anankiray izay anao manokana). Asaovy mamaly ireto fanontaniana manaraka ireto ny mpianatra:

- Nahoana no nanoratra mikasika io zava-nitranga (na fihetseham-po) io ianao? Inona no tombontsoa azonao tamin' ny nandraisanao an-tsoratra izany zavatra izany?

Asaovy mifanakalo hevitra momba ireto fanontaniana manaraka ireto ny mpianatra avy eo:

- Inona no antony sasantsasany nomen' i Nefia amin' ny maha zava-dehibe ny fitarihirizana ny firaketany an-tsoratra? (Jereo 1 Nefia 6: 4; 9:5; 2 Nefia 25: 26).

Hazavao fa ireo izay nitahiry ny firaketana izay lasa Bokin' i Môrmôna dia niasa mafy mba hiarovana ny tenin' Andriamanitra sy ny zava-niainan' ireo vahoakany tamin' ny fianaran' izy ireo ny hanaja ny didin' Andriamanitra. Fantatr' izy ireo ny maha zava-dehibe ny firaketana an-tsoratra izany ho an' ny taranaka ho avy.

Noho izy ireo nitahiry tamin-joto ny firaketany sy noho ny tanan' Andriamanitra niaro sy nitahiry ny firaketana, dia afaka nianatra ny fahombiazana ara-panahy sy ny fahavoazan' ireo izay nandeha talohantsika isika.

Hazavao fa ireo boky efatra hohadihadiana amin' ny lesona anio dia— Enôsy, Jarôma, Omnia ary ny Tenin' i Môrmôna dia nosoratan' ny lehilahy valo izay nahatakatra, tahaka an' i Nefia, ny maha zava-dehibe ny fitehirizana firaketana masina.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary ny fitaovam- pampianarana hafa mba hifanojo tsara amin' izay ilain' ny mpianatra. Mifanakaloza hevitra amin' ny fomba ampiharana ireo tenin' Andriamanitra amin' ny fiainana isan' andro. Entano ny mpianatra hizara traikefa tsara izay mifandray amin' ireo fitsipika ara-tsoratra masina ireo.

**1. Mivavaka ho an' ny tenany sy ny Nefita ary ny Lamanita i Enôsy.**

Hadihadio ny bokin' i Enôsy. Asaovy mamaky mafy ny andalana voafantina ireo mpianatra.

- Iza no nomen' i Enôsy fankasitrahana tamin' ny fampianarana azy ny soratra masina? (Jereo Enôsy 1:1). Iza moa ny rain' i Enôsy? (Jereo Jakôba 7:27). Inona no dikan' ny hoe: mampianatra ny ankizy "ao amin' ny fanolokoloana sy ny fananaran' ny Tompo"? (Jereo ny teny nindramina eto ambany). Ahoana no ahafahan' ny fampianarana sy ny ohatra asehon' ny ray aman-dreny marina manampy ny ankizy hampitombo ny finoany ny Mpamonjy?

  Ny filoha Gordon B. Hinckley dia nananatra ny ray aman-dreny ho modely marina ho an' ny zanany, tahaka ny naha toy izany ny rain' i Enôsy taminy: "Ento toy ny zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra ny zanakareo. Aoka ianareo ho tsara fanahy aminy. Tiavo izy. Hajao izy. Miaraha mifampidinika aminy. Ampianaro izy. Mivavaha ho azy. Tariho izy dia hotahian' Andriamanitra ianareo sy ny zanakareo" (ao amin' ny *Church News,* 1 Nov. 1997, 2).

- Inona no nanosehan' ny fampianaran' i Jakôba an' i Enôsy mba hataony? (Jereo Enôsy 1:3–4.) Ahoana no filazan' i Enôsy ny vavaka nataony tamin' ny Tompo? (Jereo Enôsy 1:2). Araka ny hevitrao inona no antony niantsoan' i Enôsy io traikefany io hoe "fifampitolomana"? Inona no fampianarana entin' io fikatsahany famelana io momba ny fibebahana?

- Ahoana no nahalalan' i Enôsy fa voavela ny helony? (Jereo Enôsy 1:5–6). Ahoana no fomba ahalalantsika fa voavela ny helontsika? (Jereo ny teny nindramina etsy ambany). Ahoana no nahafahan' i Enôsy nahazo famelan-keloka? (Jereo Enôsy 1: 7–8). Nahoana no ilaintsika ny finoana an' i Jesoa Kristy ho an' ny fibebahantsika sy hahazoantsika famelan-keloka?

  Hoy ny filoha Harold B. Lee: "Rehefa tonga ny fotoana izay nahavitanao izay rehetra azonao natao mba hibebahana amin' ny otanao rehetra . . . sy efa nanoneranao araka izay tratranao . . . , dia hitady ny valiny ianao, valiny izay manamafy fa nanaiky na tsy nanaiky izany ny Tompo. Ao amin' izany fitadiavan' ny fanahinao izany, raha mikatsaka sy mahita ny fiadanam-panahy ianao, dia izany no marika izay hahalalanao fa nanaiky ny fibebahanao ny Tompo". (*Stand Ye in Holy Places* [1974], 185).

- Rehefa fantatr' i Enôsy fa voavela ny helony, ho an' iza indray no nivavahany? (Jereo Enôsy 1:9, 11–13). Nahoana i Enôsy no naka toky tsara fa ho voaro ny firaketana? (Jereo Enôsy 1: 13–14).
- Inona no azontsika ianarana avy amin' i Enôsy mikasika ny vavaka?
- Niantso ny Nefita tamin' ny androny ho "vahoaka mafy hatoka" izay tsy taitra afa-tsy amin' ny "fihenjanana mihoa-pampana" sy ny "fahatsoram-pitenenana lehibe izaitsizy" i Enôsy (Enôsy 1:22–23). Inona no hitanao fa itovizan' ny Nefita tamin' ny andron' i Enôsy amin' ny olona sasany izay miaina ankehitriny?
- Inona no fihetseham-ponao mikasika ny finoan' i Enôsy sy ny fijoroana ho vavolombelona ananany? (Jereo manokana Enôsy 1:15–18, 26–27).

**2. Niroborobo ny Nefita noho ny fibebahana mitohy.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny bokin' i Jarôma.

- Inona no tanjon' i Jarôma araka ny voalazany, tamin' ny nanampiany soratra tao amin' ny firaketany? (Jereo Jarôma 1:1–2). Nahoana i Jarôma no tsy nirakitra an-tsoratra ireo faminaniana sy fanambarana izay azony?
- Ahoana no namariparitan' i Jarôma ny Nefita izay vahoakany? (Jereo Jarôma 1:3–4; jereo koa ny fanampin-kevitra enti-mampianatra). Ahoana no nahafahany nahomby teo amin' ilay tany sy nandresy ireo Lamanita? (Jereo Jarôma 1:5, 7–12).
- Inona no anjaran' ny mpaminany, mpisorona, mpampianatra tamin' ny fahombiazan' ny Nefita? (Jereo Jarôma 1: 11–12). Inona no dikan' ny hoe: "notsindrontsindroniny tamin' ny teny ny fony"? (Jarôma 1:12). Oviana ny fonao no voatsindrotsindron' ny tenin' ny mpaminany na mpitondra hafa ao amin' ny fiangonana na mpampianatra?
- Ireo mpitarika Nefita dia nandresy lahatra ny vahoakany "mba hiandrandra ny Mesia sy hino Azy izay ho avy, ho toy ny efa tonga sahady" (Jarôma 1:11; jereo koa Môsià 3:13). Ahoana no fomba ahafahantsika manaraka izany torohevitra izany eo am-piomanantsika amin' ny fahatongavan' ny Mpamonjy indray?

**3. Nihazona ny rakitsoratra i Omnia, Amarôna, Kemisa, Abinadôma ary Amalekia**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny bokin' i Omnia. Mariho fa ny bokin' i Omnia dia mandrakotra fotoana tokony ho eo amin' ny 200 taona ary nosoratana olona dimy mpitahiry rakitsoratra, kanefa dia tsy misy afa-tsy andalana 30.

- Na dia fohy aza ny zavatra nosoratan' ireo mpanoratra ireo, ny tsirairay amin' izy ireo dia nankatò ny didy fa hitahiry sy hiaro ny takelaka. Nahoana no tena zava-dehibe ny fiarovana ireo firaketana?

Hazavao fa ny tapany faharoa amin' ny bokin' i Omnia izay nosoratan' i Amalekia, dia maneho ny maha zava-dehibe ny fiarovana ireo firaketana amin' ny filazana ny zavatra nihatra tamin' ny vahoaka izay tsy niaro ny firaketany.

- Nandray an-tsoratra ny tantaran' i Môsià sy ny mpanaraka azy, izay nobaikon' ny Tompo hiala tamin' ny tanin' i Nefia i Amalekia. Taiza no nitondrana an' i

Môsià sy ireo mpanaraka azy? (Jereo Omnia 1:13). Iza no hitan' izy ireo tao amin' ny tanin' i Zarahemla? (Jereo Omnia 1:14). Avy aiza ireo vahoaka ireo (Jereo Omnia 1:15–16; Jereo koa 1 Nefia 1:4 izay mampiseho fa i Zedekia no mpanjakan' i Jerosalema tamin' ny fotoana izay nandehan' i Nefia sy ny fianakaviany tany amin' ny tany foana).

- Nahoana ny vahoakan' i Zarahemla (ny Miolekita) no faly aok' izany raha nahita an' i Môsià sy ireo mpanaraka azy? (Jereo Omnia 1:14). Inona no nambaran' i Amalekia fa vokatry ny tsy fitondran' ny Miolekita ny firaketana miaraka taminy rehefa niala tao Jerosalema izy ireo? (Jereo Omnia 1:17. Nihasimba ny teniny ary very ny fahalalany an' i Jesoa Kristy sy ny fampianarany). Inona no fahavoazantsika raha manana ny soratra masina isika kanefa tsy mianatra izany?

Hazavao fa tamin' ny alalan' ny fandikana ny vato voasokitra voatahirin' ny Miolekita, dia nianatra ny momba ny sivilizasiona hafa dia ny Jaredita izay niaina fahiny tao amin' io tany io i Môsià (Omnia 1:20–22). Ny Jaredita dia tonga tao amin' ny ilam-bolatany andrefana tamin' ny andron' ny tilikambon' ny Babela. I Kôriantomira izay farany sisa velona tamin' ny firenena Jaredita dia niara-nitoetra tamin' ireo Miolekita nandritra ny fotoana iray. Mariho fa ny firaketan' ny Jaredita dia nofintinina ao amin' ny bokin' i Etera ary mbola horesahina amin' ny lesona manaraka.

- Inona no azontsika ianarana mikasika an' i Amalekia avy amin' i Omnia 1:25–26? Ahoana no ahafahantsika "manolotra ny fanahintsika ho fanatitra ho an' ny Mpamonjy" araka ny torohevitr' i Amalekia?

**4. Nampian' i Môrmôna ny takelaka kely izay an' i Nefia ny famintinany ireo takelaka lehibe kokoa.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Tenin' i Môrmôna. Hazavao fa manomboka amin' ny 1 Nefia ka hatramin' ny Omnia, dia milahatra tsy misy fiatoana ny fotoana nisehoan' ny zavatra voatantara ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Ny Tenin' i Môrmôna kosa dia nosoratana 500 taona mahery taorian' ny nahavitan' i Amalekia ny bokin' i Omnia. Raha mampiasa ny sarin' i Môrmôna mamintina ny soratra eo amin' ny takelaka ianao, dia asehoy izany ankehitriny.

- Oviana no nanoratan' i Môrmôna ny Tenin' i Môrmôna ary inona no antony nanaovany izany? (Jereo Tenin' i Môrmôna 1:1–5).

  Hazavao fa rehefa avy namintina ny takelaka lehiben' i Nefia i Môrmôna dia nahita ireo takelaka kelin' i Nefia ary nampiditra izany tao anaty firaketany (Tenin' i Môrmôna 1: 3–5). Ny boky enina voalohany amin' ny Bokin' i Môrmôna manomboka amin' ny 1 Nefia ka hatramin' ny Omnia dia fandikanteny azo avy amin' ireo takelaka kely ireo. Ny boky mitondra ny lohateny Tenin' i Môrmôna dia fanazavan' i Môrmôna ny antony nampidirany ireo takelaka madinika. Io dia toy ny teny mampitohy ny firaketana avy amin'ny takelaka kely sy firaketana avy amin' ny takelaka lehibe.

- Inona no fihetseham-pon' i Môrmôna mikasika ireo takelaka kely? (Jereo ny tenin' i Môrmôna 1: 4,6). Nahoana izy no nanapa-kevitra hampiditra ireo takelaka kely ao anatin' ny firaketany? (Jereo Tenin' i Môrmôna 1:7). Inona ilay "fikasana hendry" izay resahin' i Môrmôna?

Velaro ny tabilao mampiseho ireo firaketana izay nofintinina sy nangonin' i Môrmôna sy Môrônia (Jereo "fanomanana", fitaovana 4). Mariho fa ny boky rehetra izay tsy voatanisa eo amin' ilay tabilao (ny Tenin' i Môrmôna, Môrmôna ary Môrônia) dia nosoratan' i Môrmôna sy Môrônia.

Hazavao fa ny takelaka kelin' i Môrônia dia mandrakotra fotoana mitovitovy halava amin' ny firaketana voalohany ao amin' ny takelaka lehibe (600—200 talohan' i Jesoa Kristy). Tsy nisy tena antony nilaina nampidiran' i Môrmôna azy roa ireo tao amin' ny famintinany. Ny Tompo anefa dia nahalala fa ny dikan-teny avy amin' ireo firaketana voalohany dia ho very taonjato aty aoriana rehefa naka 116 pejy tamin' ny Bokin' i Môrmôna izay vita sora-tanana i Martin Harris mba hasehony ireo fianakaviany sy ny namany. Taorian' ny fahaverezan' ireo 116 pejy, dia nilaza tamin' i Joseph Smith ny Tompo tsy hamerina handika ireo takelaka ireo (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:8–14). Ireo firaketana ireo dia tsy hita ao amin' ny Bokin' i Môrmôna amin' izao androntsika izao, kanefa kosa ireo vanim-potoana ireo dia voatantara ao amin'ny firaketan' ny takelaka kely.

- Inona araka ny voalazan' i Môrmôna no tanjon' ny firaketana masina manontolo izay nofintininy? (Jereo Tenin' i Môrmôna 1:2–8; jereo koa ny pejin-dohatenin' ny Bokin' i Môrmôna). Nahoana no zava-dehibe ny ananantsika ao an-tsaina izany tanjona izany rehefa mamaky ny Bokin' i Môrmôna isika?

---

**Famaranana**

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa ireo mpanoratra ny Bokin' i Môrmôna dia nitahiry sy niaro ny firaketan' ny vahoakany mba hahalalan' ireo taranaka manaraka ny fifandraisan' ny Tompo tamin' io vahoaka io. Entano ny mpianatra hianatra ny Bokin' i Môrmôna mba hahazoan' izy ireo ny fitarihana sy ny fitantanana avy amin' ny tenin' Andriamanitra izay voarakitra ao anatin' izany.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina mandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy ny drafitra izay efa natolotra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na roa amin' ireto hevitra ireto ho isan' ny lesona.

**Ny fahatsapana ny fanentanan' ny Fanahy**

Entano ny mpianatra hamaky mafy an' i Jarôma 1:3

- Inona ireo zavatra efatra izay lazain' i Jarôma fa mety hisakana ny fahatsapantsika ny fitaoman' ny Fanahy (ny fahamafisam-po, ny sofina marenina, ny fahajamban-tsaina, ny fahamafisan-katoka).

Hadihadio miaraka amin' ny mpianatra ireo zavatra efatra maneho an' ohatra ireo sy ny fomba isakanany antsika tsy hahatsapa ny fitaoman' ny Fanahy.

- Inona ireo fitahiana tonga amin' ireo izay mandresy ireo zavatra ireo? (Jereo Jarôma 1:4).

Lesona
15

# "Raiki-trosa mandrakizay amin' ny Rainareo any an-danitra"

*Môsià 1–3*

---

**Tanjona**

Hampitombo ny fahatakaran' ny mpianatra ny maha raiki-trosa azy amin' Andriamanitra sy hanentanana azy "hanaisotra ny maha nofo . . . amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Kristy Tompo" (Môsià 3:19).

---

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:

   a. Môsià 1. Nampianatra ny zanany ny maha-zava-dehibe ny fahamarinana izay voarakitra ao amin' ny takelaka varahina ny mpanjaka Benjamina. Nifidy an' i Môsià zanany lahy handimby azy ho mpanjaka izy ary niteny an' i Môsià hamory ny vahoaka.
   b. Môsià 2. Nampianatra ny vahoaka ny mpanjaka Benjamina, fa rehefa manompo ny hafa izy ireo dia manompo an' Andriamanitra. Mampahatsiahy azy ireo izy, fa "raiki-trosa mandrakizay amin' ny Rainy any an-danitra izy ireo, mba hamerina aminy izay rehetra ananany sy ny maha izy azy ireo."
   d. Môsià 3. Namerina ny faminanian' ny anjely mikasika an' i Jesoa Kristy sy ny sorompanavotany ny mpanjaka Benjamina.

2. Raha eo am-pelatananao ny fitaovana manaraka, dia miomàna hampiasa izany mandritra ny lesona:

   a. Ny sarin' ny mpanjaka Benjamina (62298; Fonosan- tsary mirakitra ny filazantsara 307).
   b. "Becoming Children of Christ," horonan-tsary izay maharitra 11 minitra ao amin' ny *Book of Mormon Video Presentations* (53911).

---

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na fampiasana iray izay anao manokana mba hoenti-manomboka ny lesona.

Asao ny mpianatra hijery ny sary eo amin' ny fonon' ity boky ity . Mariho fa ny bokikely torolalana ho an' ny mpianatra dia misy io sary io koa eo amin' ny fonony. Zarao avy eo izao filazalazana manaraka izao:

a. Misy fizarana 238 ao amin' ny Bokin' i Môrmôna.
b. 50 (21 % eo ho eo) amin' ireo toko ireo ihany no ahitana ny fitantarana zavatra izay nitranga taorian' ny nahaterahan' i Jesoa Kristy.
d. 18 (8 % eo ho eo) amin' ireo toko ireo ihany no ahitana ny fitantarana momba ny famangian' i Jesoa Kristy ireo vahoaka Nefita.

Asaovy mandinika mangina ny havaliny ity fanontaniana manaraka ity ny mpianatra:

- Nahoana araka ny hevitrao no nifidianana an' io sary io hanehoana ny fandinihantsika ny Bokin' i Môrmôna?

Asaovy mamaky mafy ny Môsià 3:13 ny mpianatra iray. Antitrantero fa i Jesoa Kristy no fototra iompanan' ny Bokin' i Môrmôna. Ny sorompanavotany dia mihatra amin' ny olona izay velona talohan' ny asa fanompoana nataony tety, tahaka ny iharany amin' ireo izay velona nandritra ny asa fanompoana nataony tetỳ ary mihatra amintsika amin' izao andro izao. Hazavao fa ny lesona anio sy ny lesona amin' ny herinandro manaraka dia miompana amin' ny tenin' ny mpanjaka Benjamina, mpaminany-mpitarika izay nanampy ny vahoakany hanana finoana an' i Jesoa Kristy, taonjato maro talohan' ny asa fanompoany tety sy ny sorompanavotany.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary ny fitaovana hafa amin' ny lesona mba hifanojo tsara amin' izay ilain' ny mpianatra. Rehefa mbola eo am-panomanana sy am-panaovana ny lesona ianao, dia ataovy izay amelanao fotoana ampy hifanankalozan-kevitra mikasika ny Môsià 3, izay ahitana fampianarana mankahery mikasika ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy.

**1. Nampianatra ireo zanany ny mpanjaka Benjamina ary niteny an' i Môsià hamory ny vahoaka.**

Mifanakaloza hevitra mikasika an' i Môsià 1. Asaovy mamaky mafy ny andalan-tsoratra masina voafantina ny mpianatra.

- Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, ny zavatra voalohany tantaran' i Benjamina dia tsy mikasika ny fanjakany amin' ny maha mpanjaka azy fa mikasika ny fampianarany amin' ny maha ray azy. (Môsià 1:2–8). Inona no ampianarin' izany mikasika ny mpanjaka Benjamina? Inona no lesona azon' ny ray aman-dreny tsoahina avy amin' io ohatra io?
- Inona no ampianarin' ny mpanjaka Benjamina ireo zanany? (Jereo Môsià 1:2–7. Mariho fa ny teny hoe *misitery* eo amin' ny andalana 3 sy 5 dia milaza ny fahamarinana ara-panahy izay fantatra amin' ny alalan' ny fanambarana irery ihany). Inona no maha samy hafa ny Nefita izay nianatra ny soratra masina sy ny Lamanita izay tsy nanao izany? (Jereo Môsià 1:5). Ahoana no fahitanao ny fisehon' izany eo amin' izao fiaraha-monina misy antsika izao? Ahoana no fomba ahafahan' ny ray aman-dreny manampy ny zanany mba hampitombo ny fitiavan' izy ireo ny soratra masina?
- Nomen' ny mpanjaka Benjamina an' i Môsià ny fiandraiketana ireo rakisoratra . . . teo amin' ny takelaka varahina" (Môsià 1:16). Nanome baiko ireo mpaminany, mpahita ary mpanambara amin' izao androntsika izao ny Tompo mba hijery fa ny soratra masina dia "voatahiry tsara" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:56). Nahoana no zava-dehibe ny "mitahiry tsara" ny soratra masina? (Jereo Môsià 1:3–5).
- Nahoana no nangataka ny zanany lahy Môsià ny mpanjaka Benjamina hiantso ny vahoaka rehetra hivory? (Jereo Môsià 1:10—12. Mariho fa ny anarana izay nolazain' ny mpanjaka Benjamina tamin' izay dia ny anaran' i Kristy. Namaranany, dia nampianatra ny olona hitondra ny anaran' i Kristy ny mpanjaka Benjamina. Horesahinao ny ampahany amin' ny lesona 16 izany fampianarana izany).

2. **Mampianatra ny vahoaka ny maha raiki-trosa mandrakizay azy amin' Andriamanitra ny mpanjaka Benjamina.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Môsià 2.

- Ahoana no nifandaminan' ny vahoaka rehefa tonga tao amin' ny tempoly hihaino ny mpanjaka Benjamina izy ireo? (Jereo Môsià 2:5–6; jereo koa ny fanampin-kevitra voalohany enti-mampianatra). Inona no nataon' ny mpanjaka Benjamina rehefa hitany fa tsy ny olona rehetra no afaka mihaino ny teniny? (Jereo ny Môsià 2:7–8. Raha mampiasa ny sarin' ny mpanjaka Benjamina ianao, dia asehoy izany ankehitriny). Ahoana no mampitovy an' io fivoriana io amin' ny fihaonamben' ny fiangonana ankehitriny?

- Niteny tamin' ny vahoaka ny mpanjaka Benjamina fa tsy nandidy azy ireo hivory hanao tsinontsinona ny teniny izy (Môsià 2:9, mariho fa ny manao tsinontsinona ny tenin' ny olona iray dia manamaivana izany teny izany. Inona ny torohevitra nomeny azy ireo mba hataony, raha nandre ny fampianarany izy ireo? (Jereo Môsià 2:9). Inona no atao hoe manokatra ny sofintsika, ny fontsika ny saintsika amin' ny fampianaran' ny mpaminany velona?

- Inona no nanaitra anao amin' ny fomba nanompoan' i Benjamina amin' ny maha mpanjaka azy? (Jereo Môsià 2:10–16). Inona ny akon' ny fitondran' ny mpanjaka Benjamina teo amin' ny vahoakany? (Jereo Môsià 1:1; 6:7).

- Inona no nampianarin' ny mpanjaka Benjamina momba ny fanompoana? (Jereo Môsià 2:17—19). Ahoana no anehoan' ny fanompoantsika ny hafa ny fankasitrahantsika an' Andriamanitra? Karazam-panompoana manao ahoana no manainga ny hafa "hisaotra ny Mpanjakan' izy ireo any an-danitra"? (Raiso ho ohatra ny Môsià 18:8–10; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10–16).

- Asaovy mamaky mafy ny Môsià 2:20–21 ny mpianatra. Inona no dikan' ny hoe mpanompo tsy mahasoa? Nahoana isika no mpanompo tsy mahasoa amin' Andriamanitra na dia midera sy manompo Azy amin' ny fanahintsika rehetra aza? (Jereo Môsià 2:22–25; jereo koa ny teny nindramina eo ambany sy ny fanampin-kevitra faharoa hoenti-mampianatra). Inona no ampianarin' izany mikasika ny fitiavan' ny Raintsika any an-danitra antsika?

  Hoy ny filoha Joseph Fielding Smith: "Mihevitra ve ianao fa ho azon' ny tsirairay amintsika atao, na toy inona na toy inona hamafin' ny asa ataontsika, . . . ny handoa amin' ny Raintsika sy Jesoa Kristy ny vidin' ny fitahiana izay noraisintsika avy tamin' izy ireo? Ny fitiavana lehibe araham-pitahiana izay mipaka amintsika rehetra amin' ny alalan' ny fanomboana tamin' ny hazo fijaliana, ny fijaliana sy ny fitsanganan' i Jesoa Kristy dia mihoatra noho izay mety ho fahatakarantsika olombelona mety maty. Tsy ho azontsika onerana mihitsy izany" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1966, 102; na *Improvement Era,* Jiona 1966, 538).

- Amin' ny maha mpanompo tsy mahasoa antsika dia "raiki-trosa mandrakizay amin' ny Rai[ntsika] any an-danitra isika mba hamerina Aminy izay rehetra anana[ntsika]sy ny maha isika antsika" (Môsià 2:34). Ahoana no ahazoantsika manao izany? (Jereo Môsià 2:7, 22; 4:10). Inona no homen' ny Raintsika any an-danitra antsika rehefa omentsika Azy izay rehetra anana[ntsika] sy izay maha isika antsika"? (Jereo Môsià 2:22, 41; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:38).

- Inona ny vokatry ny fandavana ny hankatò ny didy rehefa avy nampianarina izany? (Jereo Môsià 2:36–39). Araka ny voalazan' ny mpanjaka Benjamina, inona no miteraka ny fijaliana izay ampitahaina matetika amin' ny farihy mirehitra afo? (Jereo Môsià 2:38; jereo koa Môsià 3:23–27).

**3. Mamerina ny faminanian' ny anjely iray momba an' i Jesoa Kristy sy ny sorompanavotany ny mpanjaka Benjamina.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Môsià 3. Hazavao fa talohan' ny teny nataony tamin' ny vahoaka dia novangian' ny anjely iray izay tonga "nilaza vaovao mahafaly sy fifaliana lehibe" ny mpanjaka Benjamina (Môsià 3:1–4). Ny Môsià 3 dia ahitana ny tenin' ilay anjely.

- Asaovy mamaky mafy ny Môsià 3: 5–10 ny mpianatra. Nahoana i Jesoa no niaritra ny fangirifirian' ny fakampanahy, ny fanaintainana, ny hanoanana sy ny hetaheta ary ny harerahana? (jereo Almà 7:11–12). Nahoana Izy no nangirifiry noho ny faharatsian' ny olona (jereo ny teny nindramina etsy ambany ho valin' io fanontaniana io sy ireo fanontaniana telo manaraka). Nahoana no zava-dehibe ny fahalalana fa zanak' Andriamanitra sy i Maria Izy? Nahoana no natolony ny ainy? Amin' ny lafiny inona no maha "fifaliana lehibe" io filazana io? (Môsià 3:3).

  Hoy ny loholona Robert D. Hales: "Ny tsy maintsy tsaroantsika mikasika ny mpamonjy dia Izy ary Izy irery ihany no nanana hery hanaisotra ny ainy ary hamerina azy indray. Manana fahafahana ho faty avy amin' i Maria reniny izay mety maty Izy, ary manana fahafahana handresy ny fahafatesana avy amin' ny Rainy tsy mety maty. Ny mpamonjy antsika, Jesoa Kristy, dia nandeha an-tsitrapo sy malalaka any amin' ny fahafatesana, ary niteny tamin' ireo mpanaraka Azy fa hitranga izany. Inona ny antony? Izany no mety ho fanontaniana. Ny valiny: mba hanomezana ny tsy fahafatesana ho an' ny olon-drehetra sy ny fampanantenana ny fiainana mandrakizay ho an' izay mino Azy (jereo Jaona 3:15) mba hanolorany ny aina ho takalon' ny hafa (jereo Matio 20:28), mba handresena ny herin' i Satana ary mba hahafahana mamela ny heloka. Raha tsy misy ny sorompanavotan' i Kristy, dia hisy fefy tsy azo dinganina manelanelana an' Andriamanitra sy ireo lehilahy sy vehivavy mety maty. Rehefa mahatakatra ny sorompanavotana isika dia mahatsiaro Azy amim-panajana sy fankasitrahana" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1997, 34; na *Ensign,* Nov. 1997, 26).

- Araka ny voalazan' ilay anjely, iza no hahazo ny famonjena amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy? (Jereo ny lisitra etsy ambany). Ahoana no anehoan' izany ny herin' ny sorompanavotana, mba hahazoana antoka ny amin' ny "hiavian' ny fitsarana marina amin' ny zanak' olombelona"? (Môsià 3:10).

  a. Ny olona izay "maty tsy nahalala ny sitrapon' Andriamanitra momba azy ireo, na izay efa nanota tao amin' ny tsy fahalalana (Môsià 3:11, mariho fa avy amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:7–9 dia mahalala isika fa ny olona izay maty tsy nahalala ny filazantsara, kanefa mety handray ny filazantsara amin' ny fony rehetra, dia handova ny fanjakana selestialy).
  b. Olona izay mahalala ny filazantsara ka mibebaka ary mampiasa ny finoany an' i Jesoa Kristy (Môsià 3:12–13).

d. Ny ankizy madinika izay maty tamin' ny andron' ny fahazazany (Môsià 3:16, 18, 21; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:10).

- Nahoana no "tsy manan-tsiny eo anoloan' Andriamanitra ny ankizy"? (Jereo Môsià 3:16, 21; Mórônia 8:12; Fotopampianarana sy fanekempihavanana 29:46. Na dia "lavo noho ny toe-tenany" aza izy ireny, dia "tsy manan-tsiny eo anoloan' Andriamanitra" satria "velona ao amin' i Kristy" amin' ny alalan' ny sorompanavotana).
- Niteny ny anjely fa ny "olona araka ny nofo dia fahavalon' Andriamanitra" (Môsià 3:19). Inona no hevitry ny fehezanteny "olona araka ny nofo"? (Jereo Almà 42:6–10 sy ny teny nindramina etsy ambany).

  Hoy ny loholona Bruce R. McConkie: "Taorian' ny fahalavoan' i Adama dia tonga araka ny nofo, manaraka ny izay an' ny nofo, ary ratsy araka ny toe-tenany ny olona; tonga *olona lavo* izy. . . . Ny olona tompon' andraikitra rehetra eto ambonin' ny tany dia nandova toetran' ny fahalavoana , io toetra io dia misy fetra, toetra izay mahatonga ny zavatr' izao tontolo izao ho mahatehotia amin' ny nofo. Ao amin' izany toetra izany, 'ny olona araka ny maha-nofo dia fahavalon' Andriamanitra', mandrapanarahany ny drafi-panavotana lehibe sy ahaterahany indray ao amin' ny fahamarinana (Môsià 3:19). Noho izany, ny olombelona rehetra dia ho very mandrakizay raha tsy ny sorompanavotana nataon' ny Tompontsika (Almà 42:4–14)." (*Mormon Doctrine,* 2nd ed. [1966], 267–68).

- Ahoana no hahafahantsika "manaisotra ny maha-nofo"? (Jereo Môsià 3:19. Resaho ireo valiny aseho eto ambany).

  a. Manaraka "ny fitarihan' ny Fanahy Masina." Ahoana no anampian' izany antsika hanaisotra ny maha-nofo"? (Jereo 2 Nefia 32:5; Môsià 5:2; 3 Nefia 28:11).
  b. Tonga "olomasina amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Kristy Tompo". Inona no dikan' ny hoe tena olomasina? (Azonao atao ny manazava fa ny teny hoe *masina* dia milaza fanamasinanana na fahamasinanana). Ao amin' ny Bokin' i Mórmôna io teny io dia ampiasaina hilazana ny mpikambana mahatoky ao amin' ny fiangonan' ny Tompo. (Jereo ohatra ny fampiasana ny teny hoe *olomasina* ao amin' ny 1 Nefia 14:12 sy 2 Nefia 9:18). Ahoana no fomba anampian' ny sorompanavotana antsika ho tonga tena olomasina?
  d. Tonga "tahaka ny ankizy". Ahoana no ahafahantsika ho tonga "velona ao amin' ny Tompo" tahaka ny ankizy madinika? (Jereo Môsià 3:17–19, 21; jereo koa 2 Nefia 25:23–26; Mórônia 8:10).

Raha mampiasa ny horonan-tsary "Becoming Children of Christ" ianao, dia asehoy izany ankehitriny.

- Taiza ny anjely no nilaza fa "ny fahalalana ny Mpamonjy dia hiely patrana" (Jereo Môsià 3:20). Ahoana no fomba mahatanteraka izany faminaniana izany? Ahoana no hitohizan' izany ho tanteraka?

---

Famaranana

Raha mbola tsy natao tao anatin' ny lesona ny famakiana ny Môsià 3:19 dia asaovy mamaky mafy izany ny mpianatra.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina mandritra ny lesona.

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ireto fitaovana manaraka ireto dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na roa amin' ireto hevitra ireto anatin' ny lesona.


**1. "Natsangany ny lainy . . . nitodika tany amin' ny tempoly ny lainy (Môsià 2:6)**

Rehefa nandeha hihaino ny mpanjaka Benjamina niteny ny olona dia "nanangana ny lainy mitodika any amin' ny tempoly" (Môsià 2:6). Ampitahao amin' i Lota ireo olona ireo, izay "nanangana ny lainy nitodika tany Sôdôma" (Genesisy 13:12). Hazavao fa tamin' ny voalohany dia nipetraka teo akaikin' ny tananan' i Sôdôma fotsiny i Lota, kanefa tamin' ny farany dia nipetraka tao amin' ny tanànan' i Sôdôma mihitsy izy sy ny fianakaviany (Genesisy 14:12).

- Inona ireo zavatra mety ataontsika ka mitovy amin' ny manangana lay izay mitodika any Sôdôma? Inona ireo zavatra mety ataontsika ka mitovy amin' ny manangana lay izay mitodika any amin' ny tempoly? Ahoana no ahafahantsika mampitodika bebe kokoa ny tokatranontsika mankany amin' ny tempoly fa tsy mankany amin' ny fitoerana izay an' izao tontolo izao?

**2. "Raiki-trosa mandrakizay" (Môsià 2:34)**

Manaova sary mizana eny amin' ny solaitrabe, toy izao aseho manaraka izao:




- Inona ny antony tsy mampifandanja ilay mizana?

Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ny Môsià 2:20–25. Eo am-pamakiany izany, asao izy hieritreritra fanatitra izay azontsika omena ny Tompo noho ny fitahiana izay omeny antsika. Ataovy lisitra eo amin' ny ila-mizana ambanin' ny hoe *ny fanatitra ataontsika* izay zavatra omentsika. Ataovy lisitra eo amin' ny ila-mizana ambanin' ny hoe *ny fitahian' Andriamanitra* ny fitahian' Andriamanitra. Ampio ny mpianatra hahita fa raiki-trosa amin' Andriamanitra mandrakariva isika.

Lesona
# 16 “Hantsoina hoe zanak’ i Kristy ianareo”

*Môsià 4–6*

**Tanjona**

Hanentana ny mpianatra hikatsaka sy hitahiry ny “fiovam-po mahery vaika” izay azo amin’ ny alalan’ ny fampiharana ny finoana an’ i Jesoa Kristy.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Môsià 4:1–12. Namaly ny tenin’ ny mpanjaka Benjamina ny vahoakany tamin’ ny fitadiavana sy fandraisana amim-panetrentena ny famelana ny helony.
   b. Môsià 4:13–30. Nanentana ny vahoakany ny mpanjaka Benjamina hampianatra ny zanany ny filazantsara, hizara amin’ izay ananany ho an’ ny mahantra ary hankatò ny didin’ Andriamanitra.
   c. Môsià 5–6. Ny vahoakan’ ny mpanjaka Benjamina rehetra dia nahatsapa ny “fiovam-po mahery vaika” ary nanao fanekena mba hitandrina ny didin’ Andriamanitra sy hanao ny sitrapony amin’ ny zava-drehetra. Nilaza tamin’ ny vahoaka ny mpanjaka Benjamina fa noho ny fanekempihavanana izay nataon’ izy ireo, dia hantsoina hoe zanak’ i Kristy izy ireo.
2. Raha misy ny sarin’ ny mpanjaka Benjamina, dia miomàna hampiasa azy mandritra ny lesona (62298; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 307).

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina dia ampiasao araka izay sahaza, izao fampiasana manaraka izao na fampiasana iray izay anao manokana hanombohana ny lesona.

Sorato eny amin’ ny solaitrabe ireto lohateny manaraka ireto:

*Eo ankavian’ Andriamanitra* *Eo ankavanan’ Andriamanitra*

- Inona ny dikan’ ny hoe mipetraka eo ankavanan’ Andriamanitra? (Mandray ny fisandratana faratampony sy miara-mitoetra amin’ Andriamanitra indray). Olona toy inona no afaka mitoetra eo ankavanan’ Andriamanitra? Eo amin’ ny ankavian’ Andriamanitra? (jereo Matio 25: 33–34; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:27. Soraty eo ambanin’ ny lohateny mifanandrify aminy eo amin’ ny solaitrabe ny valitenin’ ny mpianatra amin’ ireo fanontaniana roa ireo. )

Hazavao fa teo am-pamaranana ny toriteny, dia nilaza tamin’ ny vahoakany izay tokony hataony mba hahafahany mitoetra eo ankavanan’ Andriamanitra ny mpanjaka Benjamina. Afaka mianatra amin’ ny alalan’ ny tenin’ ny mpanjaka Benjamina, isika satria mitovy ihany ny zavatra takiana amintsika.

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary ny fitaovana hafa amin' ny lesona mba hifanojo tsara amin' izay ilain' ny mpianatra. Mifanakaloza hevitra amin' ny fomba ampiharana ny soratra masina voafantina amin' ny fiainana andavan' andro. Entano ny mpianatra hizara traikefa tsara izay mifandray amin' ireo fitsipika ara-tsoratra masina ireo.

**1. Nikatsaka sy nahazo famelan-keloka ny vahoakan' ny mpanjaka Benjamina**

Vakio sy hadihadio ny Môsià 4:1—12. Raha hampiasa ny sarin' ny mpanjaka Benjamina ianao, dia asehoy izany mandritra ny lesona.

- Rehefa avy nampianatra ny vahoakany mikasika ny asa nanirahana ny Mpamonjy ny mpanjaka Benjamina (jereo lesona 15) dia hitany fa "lavo tamin' ny tany izy ireo" (Môsià 4:1). Nahoana no lavo tamin' ny tany ny vahoaka? (Jereo Môsià 4:1–2) Nahoana isika no "ambany kokoa noho ny vovo-tany"? (Jereo Helamana 12:4–8; Mosesy 1:9–10). Nahoana araka ny hevitrao no nohamafisin' ny mpanjaka Benjamina ny "mahatsinotsinona" sy ny maha–tsy mendrika ny vahoakany? (Jereo Môsià 4:5–8, 11–12 ). Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny miaiky ny fiankinantsika amin' ny Tompo?
- Inona no nataon' ny vahoakan' ny mpanjaka Benjamina taorian' ny fahatakarany ny fananany "toetra araka ny nofo"? (Jereo Môsià 4: 2) Inona no nahatonga azy ireo ho "feno fifaliana"? (Jereo Môsià 4:3). Inona no nahafahan' izy ireo ho voavela heloka? Ahoana no fomba nahafantarany fa voavela heloka izy? Ahoana no fomba ahafantarantsika fa voavela heloka isika aorian' ny fibebahana? (Mba hanampy amin' ny famaliana ireo fanontaniana ireo dia azonao atao ny miresaka ny fanambarana nataon' ny filoha Harold B. Lee ao amin' ny pejy 63).
- Inona no nampianarin' ny mpanjaka Benjamina mikasika ny fomba ahazoantsika famelan-keloka? (Jereo Môsià 4:9–10). Inona no nampianariny mikasika ny fomba *ihazonantsika* ny famelana ny fahotantsika? (Jereo Môsià 4:11–12, 26). Inona no dikan' ny hoe: mihazona ny famelana ny fahotantsika?
- Ahoana no ahafahan' ny tenin' ny mpanjaka Benjamina manome fanantenana antsika, rehefa trotraky ny fahalementsika isika?

**2. Mampianatra ny vahoaka ny fomba ananana fiainana tahaka ny an' i Kristy ny mpanjaka Benjamina.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Môsià 4:13–30. Mety hilaina ny mizara ny mpianatra ho andiany telo alohan' ny hanombohana ny fifanakalozan-kevitra. Omeo ho andraikitry ny andiany tsirairay ny iray amin' ireo andalan-tsoratra masina eo ambany ary asaovy miara-mamaky sy mamintina izany amin' ny alalan' ny fehezanteny iray izy ireo. (Misy fehezanteny iray famintinana omena isaky ny toko sy andininy; tsy voatery hampiasa tanteraka ireo fehezanteny ireo ny mpianatra).

Andiany 1: Môsià 4:13–15 (Ampianaro ny ankizy).
Andiany 2: Môsià 4:16–26 (Mizarà amin' ny mahantra).
Andiany 3 Môsià 4:27–30 (Tandremo ny eritreritrao, ny teninao ary ny ataonao).

Rehefa nahavita ny vakiteny sy ny famintinana ireo andiany telo, dia soraty eny amin' ny solaitrabe ny lohateny *ny torohevitry ny mpanjaka Benjamina*. Asaovy manoratra ny fehezanteny famintinana eny amin' ny solaitrabe ny olona iray avy amin' ny andiany tsirairay.

- Araka ny voalazan' ny mpanjaka Benjamina, inona no adidin' ny ray aman-dreny manoloana ireo zanany? (Jereo Môsià 4:14–15). Inona ny zava-misy eo amin' izao tontolo ankehitriny izao ka mahatonga ny torohevitry ny mpanjaka Benjamina hanan-danja manokana amin' ny ray aman-dreny? Nahoana no zava-dehibe ny ampianaran' ny ray aman-dreny ny filazantsara amin' ireo zanany?

  Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley: Ny fahasalaman' ny fiarahamonina, ny fahasambaran' ny mponina ao aminy, ny firoboroboany, ary ny fandriampahalemany dia mifahatra avokoa ny amin' ny fampianaran' ny ray sy ny reny ireo zanany" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1993, 79; na Ensign*,* Nov. 1993, 60).

- Ahoana no fomba ahafahantsika mampianatra ny ankizy hifankatia sy hifanompo? (Ny mpampianatra ny tanora dia afaka mifanakalo hevitra amin' ny fiantraikan' ny ohatra tsara omen' ny mpianatra amin' ny ankizy madinika).
- Nampianatra ny vahoakany hikarakara ny ory koa ny mpanjaka Benjamina (Môsià 4:16). Araka ny voalazan' ny mpanjaka Benjamina, nahoana ny olona sasany no mandà ny hanampy ny ory? (Jereo Môsià 4:17,22). Nahoana no manana antony lehibe hibebahana isika raha manana fihetsika toy izany? (Jereo Môsià 4:18–23). Ahoana no maha mpangataka antsika rehetra? (Jereo Môsià 4:19–20).
- Nahoana ny asa fanaovan-tsoa no toetra lehibe iray mampiavaka ny mpikambana ao amin'ny Fiangonan' i Kristy?
- Ahoana no ahafahantsika manaraka ny ohatra nomen' ny Ray any an-danitra rehefa manome ny ory isika? (Jereo Môsià 4:16, 20–21). Ahoana no ahafahantsika mahazo antoka, fa rehefa manome ny ory isika dia manome fanampiana sahaza amin' ny fomba tsara?

  Azonao atao ny manazava fa tsy tokana ny lalana ahafahana manampy anampiana ny ory. Tokony hahatsiaro ny fitsipika nampianarin' ny mpanjaka Benjamina isika ary hikatsaka ny fitarihan' ny Fanahy amin' ny toe-javatra miseho tsirairay (jereo Mərônia 7:18). Azonao atao koa ny manazava fa ny Tompo dia manomana lalana izay ahafahantsika manampy ny ory. Rehefa manolotra ny fanomezana amin' ny fifadian-kanina isika, na manome vola, zavatra, fotoana na asa hafa ho an' ny fiangonana, dia afaka matoky isika fa ny fandraisantsika anjara dia ampiasaina amim-pahendrena.

- Inona ny torohevitra nomen' ny mpanjaka Benjamina ny mahantra izay tsy afa-mizara ny ananany? (Jereo Môsià 4:24–25). Ahoana no ahafahantsika mampitombo ny fo miantra na toy inona na toy inona toe-pananantsika?
- Ahoana ianao no mihevitra fa ny fanompoana ny hafa dia manampy antsika hihazona ny famelana ny fahotantsika? (Jereo Môsià 4:26).
- Asaovy mamaky mafy ny Môsià 4:27 ny mpianatra iray. Inona no dikan' ny hoe manao ny zavatra rehetra "amin' ny fahendrena sy filaminana"? Ahoana no ahafahan' izany torohevitra izany manampy anao?

- Nampianatra ny vahoakany ny mpanjaka Benjamina fa mba hialana amin' ny fahotana sy hitazonana ny fanekena natao tamin' ny Tompo, dia tsy maintsy mitandrina ny eritreriny, ny teniny ary ny ataony izy ireo. (Môsià 4:29–30). Ahoana no infandraisan' ny eritreritra sy ny teny ary ny ataontsika? Ahoana no ho fiantraikan' ny fitandremana ny eritrerintsika any amin' ny tenintsika sy ny ataontsika?

**3. Nahatsapa "fiovana mahery vaika" ny vahoakan' ny mpanjaka Benjamina ary nanao fanekena hanao ny sitrapon' ny Ray amin' ny zava-drehetra.**

Hadihadio ny momba ny Môsià 5:6. Asaovy mamaky mafy ny andalana voafantina ny mpianatra.

- Ahoana no nahalalan' ny vahoaka fa marina ny tenin' ny mpanjaka Benjamina? (Jereo Môsià 5:2). Inona no fiantraikan' ny Fanahin' ny Tompo teo amin' ny vahoaka? (Jereo Môsià 5:2–5). Ahoana no mety hiovan' ny fiainantsika sy ny fifandraisantsika amin' ny hafa raha "tsy manana fironana hanao ratsy intsony" isika?
- Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny mahalala fa ireo vahoaka izay nandre ny toritenin' ny mpanjaka Benjamina sy nahatsapa fiovana mahery vaika tao am-pony dia efa mpikambana ao amin' ny fiangonana?
- Raha vantany vao nahatsapa ny "fiovana mahery vaika . . . tao am-pontsika" isika (Môsià 5:2), inona ireo fanamby atrehintsika eo amin' ny fitazonana izany fiovana izany? Ahoana no ahafahantsika miatrika izany fanamby izany?
- Inona no atao hoe: tonga zanak' i Kristy? (Jereo Môsià 5:2, 5–7). Inona no atao hoe "mitondra [eo amintsika] ny anaran' i Kristy"? (Jereo Môsià 5:8–11), jereo ny teny nindramina etsy ambany. Inona no azontsika atao isan' andro mba hanampy antsika hitahiry ny anaran' i Kristy voasoratra ao am-pontsika? (Jereo Môsià 5:11–15).

  Nanazava ny loholona Dallin H. Oaks fa "ny fahavononantsika hitondra eo amintsika ny anaran' i Jesoa Kristy dia manamafy ny fanoloran-tenantsika hanao izay rehetra azontsika atao mba ho isan' ireo hofidiny hitsangana eo ankavanany sy ho antsoina amin' ny anarany amin' ny andro farany. Amin' io dikany masina io, ny fijoroantsika fa vonona ny handray ny anaran' i Kristy eny amintsika no fanambarana ny firotsahantsika ho amin' ny fisandratana faratampony ao amin' ny fanjakana selestialy. Ny fisandratana faratampony dia fiainana mandrakizay, ilay lehibe indrindra amin' ny fanomezam-pahasoavana rehetra avy amin' Andriamanitra' (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7)" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1985, 105; na *Ensign,* May 1985, 83).
- Nahoana no mitovy amin' ny fanekempihavanana nataon' ny vahoakan' ny mpanjaka Benjamina ny fanekempihavanana ataontsika amin' ny batisa ary havaozintsika isaky ny mandray ny fanasan' ny Tompo isika? (Jereo Môsià 5:5, 7–8; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20: 37, 77, 79). Nahoana no zava-dehibe ny manavao matetika izany fanekempihavanana izany?
- Hitan' ny mpanjaka Benjamina fa niditra tamin' ny fanekempihavanana hankatò ny didin' Andriamanitra ny vahoakany rehetra (afa-tsy ireo izay mbola kely loatra) ( Môsià 6:1–2). Nahoana no zava-dehibe ny firaketana an-tsoratra ny anaran' izy ireo?

- Nahoana no zava-dehibe ny fanendrena mpampianatra sy mpisorona teo amin' ny vahoaka? (Jereo Môsià 6:3) Ahoana no anampian' ireo mpampianatra antsika sy mpitondra antsika ao amin' ny fiangonana hahatsiaro ny fanekempihavanana sy ny fampanantenana nataontsika?

Famaranana

Vakio na asaovy vakian' ny mpianatra iray ny Môsià 5:15, ilay teny farany nataon' ny mpanjaka Benjamina. Mariho fa ireo fitahiana ireo dia azon' ny tsirairay amintsika raisina. Entano ny mpianatra hikatsaka sy hitahiry io "fiovana mahery vaika" ao am-po io, izay hahatonga azy ireo ho zanak' i Kristy.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina mandritra ny lesona.

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ireto fitaovana manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao raha tianao, ny mampiasa ny iray na roa amin' ireo hevitra ireo anatin' ny lesona.

**1. "Ary eo ambanin' izany anarana izany no anafahana anareo" (Môsià 5:8)**

- Tamin' ny fiantsoana ny vahoakany hoe zanak' i Kristy, dia hoy ny mpanjaka Benjamina: "Ary eo ambanin' izany anarana izany no anafahana anareo" (Môsià 5:8). Ahoana no itondran' ny fankatoavana ny Tompo fahafahana?

  Nampianatra ny mpaminany Joseph Smith fa "ao amin' ny fankatoavana dia misy fifaliana, fiadanana tsisy pentina, tsisy fangarony ary araka ny iheveran' ny Tompo ny fahasambarantsika, . . . tsy mametraka mihitsy—ary tsy hametraka mihitsy ôrdônansy na hanome didy ny vahoakany Izy ka tsy nikajy izany mba hampitombo ny fahasambarana" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* sel. Joseph Fielding Smith [1976], 256–57).

- Ahoana no nahitanao fa ny fankatoavana ny didin' ny Tompo dia mitondra fahasambarana eo amin' ny fiainanao sy eo amin' ny fiainan' ireo manodidina anao?

**2. "Fa ahoana no ahalalan' ny olona iray ny Tompo izay tsy notompoiny"? (Môsià 5:13)**

- Nanontany ny mpanjaka Benjamina hoe: "Ahoana no ahalalan' ny olona iray ny Tompo izay tsy notompoiny"? (Môsià 5:13). Ahoana no nahalalanao an' i Kristy bebe kokoa avy amin' ny fanompoanao Azy?

# “Ny mpahita . . . tombontsoa lehibe ho an’ ny mpiara-belona aminy”

Lesona
17

*Môsià 7–11*

**Tanjona**

Hanentana ny mpianatra hanaraka ny torohevitry ny mpitondra ny fiangonana, indrindra fa ireo izay nantsoin’ ny Tompo ho mpaminany, mpahita ary mpanambara.

**Fanomanana**


1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Môsià 7–8. Nitarika iraka hamantatra ny amin’ ireo olona izay nandao an’ i Zarahemla taona vitsy teo aloha mba hiverina any amin’ ny tanin’ i Nefia i Amôna. Hitan’ i Amôna sy ireo rahalahiny i Limia sy ny vahoakany. Nampianatra ny vahoakan’ i Limia i Amôna ary nandray ny firaketan’ izy ireo sy nianatra momba ny takelaka 24 an’ ny Jaredita, izay hitan’ ny olona. Nohazavainy fa i Môsià izay mpahita dia afaka handika izay zava-boasokitra eo amin’ ireo takelaka.
   b. Môsià 9–10. Ny ampahany amin’ ny firaketan’ i Zenifa, raiben’ i Limia, dia mitantara fohy ny fomba nahatongavan’ ny vahoakan’ i Zenifa tao amin’ ny tanin’ i Nefia. Mitantara koa ny fomba nampaherezan’ ny Tompo azy ireo tamin’ ny ady amin’ ny Lamanita izany.
   d. Môsià 11. Nanjaka tamin’ ny faharatsiam-panahy i Noà zanak’ i Zenifa. Na dia teo aza ny fampitandremana nataon’ ny mpaminany Abinadia, dia jamba teo anoloan’ ny faharatsian’ i Noà sy ny mpisorony ny olona.
2. Vakiteny hafa: Rakibolan’ ny Baiboly, “Mpahita,” 771; “Orima sy tomima,” 786–87.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na fampiasana iray izay anao manokana mba hanombohana ny lesona.

Ataovy sary eny amin’ ny solaitrabe ity fanehoana an-tsary manaraka ity:




Hazavao fa mba hahatakarana ny fifandraisan' ny Tompo sy ny olony ao amin' ny Bokin' i Môsià, dia manampy ny fahatakarana ny zava-nitranga voatantara ao amin' ny 2 Nefia 5, ny Bokin' i Omnia ary Môsià 7 sy 9. Lazao amin' ny mpianatra fa hampiasa ilay fanehoana an-tsary eny amin' ny solaitrabe ianao mba hamerenana fohy ireo zava-nitranga. Vakio na lazao amin' ny fomba fiteninao ny fampahafantarana etsy ambony (ny tarehimarika dia mifanaraka amin' ny tarehimarika eo amin' ny fanehoana an-tsary):

1. Taorian' ny nahafatesan' i Lehia, dia nandidy ireo mpanaraka an' i Nefia ny Tompo hisaraka amin' ireo mpanaraka an' i Lamana. Niorim-ponenana tao amin' ny tany iray izay nantsoiny hoe tanin' i Nefia ireo Nefita (2 Nefia 5:5–8). Taty aoriana dia fantatra tamin' ny anarana hoe: "tanin' i Lehia-Nefia" ihany koa izany tany izany (Môsià 7:1).
2. 400 taona taty aoriana, dia notarihin' ny mpanjaka atao hoe Môsià ny Nefita. Nandidy an' i Môsià handositra ny tanin' i Nefia miaraka "amin' izay rehetra hihaino ny teniny ny Tompo". Nahita andian' olona antsoina hoe vahoakan' i Zarahemla i Môsià sy ny vahoakany. Nivondrona ireo vahoaka roa ireo ary niantso ny tenany hoe Nefita. Notendrena ho mpanjakan' izy ireo i Môsià (Omnia 1:12–19).
3. Nisy andiana Nefita nandao ny tanin' i Zarahemla mba haka indray ampahany amin' ny tanin' i Nefia (Omnia 1:27). Azony izany tany izany teo ambany fitarihan' ny lehilahy iray antsoina hoe Zenifa izay tonga mpanjakany (Môsià 9:1–7).
4. Tokony ho 79 taona taty aoriana, ny mpanjaka Môsià II izay zafikelin' ny mpanjaka Môsià voalohany " dia naniry hahafantatra ny niafaran' ireo olona izay nandeha nanorim-ponenana any amin' ny tanin' i Lehia-Nefia. Namela ny lehilahy iray antsoina hoe Amôna izy hitarika iraka izay hanatanteraka izany (mariho fa io Amôna io dia tsy ilay zanakalahin' i Môsià izay nitory ny filazantsara tamin' ny Lamanita taty aoriana). Nahita ny mpanjaka Limia sy ny vahoakany i Amôna sy ireo rahalahiny. Limia dia zafikelin' i Zenifa (Môsià 7:1–11).

---

**Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina**

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary ny fitaovana hafa amin' ny lesona mba hifanojo tsara amin' izay ilain' ny mpianatra. Diniho ny fomba ampiharana ny soratra masina voafantina eo amin'

ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa tsara izay mifandray amin' ireo fitsipika ara-tsoratra masina ireo.

**1. Nahita an' i Limia sy ny vahoakany i Amôna sy ireo rahalahiny. Nampianarin' i Amôna mikasika ny maha-zava-dehibe ny mpahita i Limia.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Môsià 7–8. Ho fanazavana ny Môsià 7:1–11, dia jereo ny lohahevitra 4 ao amin' ny fisarihana ny saina.

- Nahoana no notazonin' i Limia ho babo i Amôna sy ireo namany? (Jereo Môsià 7:8–11). Nahoana no faly i Limia rehefa fantany ny momba an' i Amôna? (Jereo Môsià 7:12–15. Hazavao fa aoriana kely ao amin' ny lesona, dia handinika ny fomba nahatonga ny vahoakan' i Limia hoentina ho andevo ianareo). Inona no hafatra nozarain' i Limia tamin' ny vahoakany rehefa avy niresaka tamin' i Amôna izy? (Jereo Môsià 7:17–20, 29–33). Inona no asehon' izany momba ny toetra tsara nananan' i Limia amin' ny maha mpitondra azy?
- Nilaza tamin' i Amôna i Limia fa nandefa olona 43 izy indray mandeha hitady ireo rahalahiny tany Zarahemla (Môsià 8:7). Inona anefa no hitan' izy ireo? (Jereo Môsià 8:8–11; jereo koa Etera 1:1–2. Hitany ny sisa tavela tamin' ny sivilizasionan' ny Jaredita. Efa taon-jato maro talohan' ny nahatongavan' ny Nefita no nitoeran' ny Jaredita tany).
- Inona no nangatahin' i Limia tamin' i Amôna mikasika ireo takelaka volamena 24 izay an' ny Jaredita? (Jereo Môsià 8:11–12). Ahoana no mety hanampy antsika sy ny vahoakan' i Limia ny "fahafantarana ny antony nahatonga ny faharavan' ny Jaredita"?
- Inona no navalin' i Amôna ny fangatahan' i Limia? (Jereo Môsià 8:13–14. Nilaza izy fa i Môsià, mpanjakan' i Zarahemla dia mpahita izay afaka handika ireo rakitsoratra). Inona koa no anarana hafa nampiarahin' i Amôna tamin' ny anarana mpahita? (Jereo Môsià 8:16). Iza no tohanantsika amin' izao androntsika izao ho mpaminany, mpahita ary mpanambara. (Ny mpikambana ao amin' ny Fiadidiana voalohany sy ny Kôlejin' ny roambinifololahy).
- Inona no andraikitry ny mpahita? (Jereo Môsià 8:13,17–18). Ahoana no anatontosan' ireo mpaminany, mpahita ary mpanambara amin' ny andro farany ireo andraikitra ireo? (Jereo ny teny nindramina etsy ambany. Azonao atao koa ny mampisy ny fifanakalozan-kevitra eo amin' ny mpianatra mikasika ny kabary natao tamin' ny fivoriambe, fanambarana na zava- niseho hafa izay mampiseho fa miasa amin' ny maha mpahita azy ny mpikambana ao amin' ny Fiadidiana voalohany sy ny Kôlejin' ny roambinifololahy). Nahoana no "tombontsoa lehibe" ho anao ny fananana ireo mpaminany, mpahita ary mpanambara amin' izao andro farany izao?

  Hoy i Boyd K. Packer:

  "Ny soratra masina dia milaza ny mpaminany ho toy 'ny mpiambina eny amin' ny tilikambo' izay mahita ny fahavalo na dia mbola lavitra aza izy, ary koa mahita ny zavatra izay tsy hitan' ny mason' ny olon-tsotra . . . nanangana mpahita ho an' ny olony ny Tompo.'

  "[Taona maro lasa izay] dia nampitandrina antsika mikasika ny fisaratsarahan' ny fianakaviana ireo rahalahy ary nilaza tamintsika mba hiomana. . . .Naroson'

ny Fiadidiana voalohany ny takarivan' ny mpianakavy isan-kerinandro. . . Nomena fitaovam-pampianarana tsara hoenti-mampianatra ny ankizy ny ray aman-dreny, miaraka amin' ny fampanantenana fa hotahiana ireo izay mahatoky.

"Raha mitoetra tsy miova ireo fotopampianarana sy lamina azo amin' ny fanambarana, ny fiasan' ny fiangonana kosa dia navaozina teo amin' ny lafiny fifandraisana sy ny tokantrano. Niova tanteraka ny lamin' asan' ny fiangonana rehetra—naompana tamin' ny Soratra Masina. Ary an-taonany maro no nanomanana ny fanontana vaovao ny Baiboly, ny Bokin' i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ary ny Voahangy Lafo Vidy. . . .

"Azontsika alaina an-tsaina izay ho nisy antsika raha izao isika vao nandray fepetra ny amin'ny famaritana vaovao izay ho mazana tokoa momba ny fianakaviana. Tsy izany anefa no nitranga. Tsy very hevitra sy tsy mikorontana mitady izay hatao isika. Fantatsika izay hatao sy izay hampianarina. . . .

"Tsy isika no namorona ny lalana izay arahintsika. Ny drafitry ny famonjena, ilay drafitry ny fahasambarana lehibe, dia nambara tamintsika, ary ny mpaminany sy ny apôstôly dia mbola mandray fanambarana hatrany, araka ny ilan' ny fiangonana sy ireo mpikambana izany bebe kokoa hatrany" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1994, 24–25; na *Ensign*, May 1994, 20).

**2. Mirakitra tantara fohy momba ny vahoakan' i Zenifa ny firaketan' i Zenifa.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Môsià 9–10. Hazavao fa ny toko 9–22 ao amin' ny bokin' i Môsià dia mirakitra ny tantaran' ny vahoaka izay nandao an' i Zarahemla mba hiverina any amin' ny tanin' i Nefia. Manomboka amin' ny tantaran' i Zenifa, raiben' i Limia, ny tantara.

- Zenifa dia mpikambana ao amin' ny vondrona Nefita, izay nitady haka amin' ny Lamanita ny sasany tamin' ireo tanin' i Nefia (Môsià 9:1). Nanao ahoana ny fihetsiky ny Lamanita tamin' ny Nefita? (Jereo Môsià 10:11–17. "Tezitra" izy ireo satria tsapany fa nambakain' ireo rahalahiny i Lamàna sy i Lemoela razambeny. Noho izany antony izany, dia nampianarin' izy ireo hankahala ny Nefita ny zanany). Ahoana indraindray no andrangitan' ny fomba taloha ny olona ho any amin' ny fankahalana? (Azonao atao ny manasa ny mpianatra hanome ohatra mikasika toe-javatra toy izany ao amin' ny fiarahamonina, ny firenena na izao tontolo izao). Nahoana no mitohy hatrany izany fomba amam-panao taloha izany?
- Inona no azontsika ianarana amin' i Zenifa momba ny fomba handresena ny fihetseham-po mankahala? (Jereo Môsià 9:1. Nalefa hitsikilo i Zenifa mba hahafantarana ny fomba andravana ny Lamanita. Nony "hitany anefa ny tsara" teo amin' ny Lamanita, dia tsy te hamono azy ireo intsony izy. Inona no azontsika atao mba hahitantsika amim-pahatsorana ny tsara amin' ny hafa?
- Inona ny fahadisoana nataon'i Zenifa teo amin' ny ezaka nataony mba "handovana ny tanin' ireo razambeny?" (Jereo Môsià 7:21–22; 9:3). Inona ireo vokatry ny hafanam-po diso tafahoatra teo amin' i Zenifa? (Jereo Môsià 9:3–12; 10:8). Inona ireo loza ateraky ny hafanam-po be loatra na dia noho ny anton-javatra tsara aza. Ahoana no ahafahantsika hafana fo amin' ny asan' ny Tompo kanefa tsy ho diso tafahoatra izany?

- Tao amin' ny fikirizany hahazo ny ampahany amin' ny tanin' i Nefia, dia "nitaredretra tamin' ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamaniny i Zenifa sy ny vahoakany (Môsià 9:3). Inona tamin' ny farany no nitarika azy ireo hitodika amin' ny Tompo? (Jereo Môsià 9:13–17). Ahoana no nitahiana azy ireo rehefa nahatsiaro ny Tompo sy nangataka fanafahana taminy izy ireo? (Jereo Môsià 9:18; 10:19–21). Amin' ny maha mpikamban' ny fiangonana antsika dia nanao Fanekempihavanana "hahatsiaro mandrakariva" ny Tompo isika (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77, 79). Inona ireo zavatra azontsika atao izay mety manampy antsika hitandrina io fanekempihavanana io?

**3. Nampitandrina ny vahoaka i Abinadia, saingy jamba tamin' ny faharatsian' i Noà izy ireo.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Môsià 11.

- Iza no lasa mpanjaka taorian' i Zenifa? (Jereo Môsià 11:1). Mpitondra manao ahoana moa i Noà? ( Jereo Môsia 11: 1–19) Azonao atao ny manoratra eny amin' ny solaitrabe ny sasany amin' ireo lalanan' i Noà: "[nandeha] araka ny fanirian' ny fony" ary "nanova ny raharaham- panjakana").
- Ahoana no nanovan' i Noà ny fiainan' ny vahoakany? (Jereo Môsià 11:2, 5–7). Ahoana no nizaran' i Noà sy ny vahoakany ny andraikitra tamin' ny fahotan' izy ireo?
- Nandefa ny mpaminany Abinadia ny Tompo hiantso an' i Noà sy ny vahoakany hibebaka (Môsià 11:20–25). Inona no fampitandremana nomen' ny Tompo tamin' ny alalan' i Abinadia? (Jereo Môsià 11:20–25. Azonao atao ny mifanakalo hevitra amin' ny fomba nanatanterahan' i Abinadia ny andraikitry ny mpahita, araka ny efa noresahina tao am-piandohan' ny lesona).
- Ahoana no namalian' i Noà sy ny vahoakany ny fampitandremana nataon' i Abinadia? (Jereo Môsià 11:26–28; jereo koa Môsià 12:13–15). Inona no nahatezitra ny olona tamin' i Abinadia fa tsy tamin' i Noà izay nampandoa hetra azy ireo sy nahatonga azy ireo hanohana azy amin' ny faharatsiany? (Jereo Môsià 11:7, 29).
- Nahoana no lavin' ny olona sasany ankehitriny ny mpanompon' ny Tompo tahaka an' i Abinadia, ka ny olona tahaka an' i Noà no mahazo ny fony? Nahoana no zava-dehibe ny manaiky sy manaraka ny mpaminanin' Andriamanitra? (Jereo Môsià 8:16–18; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:38; 84:36–38).

---

Famaranana

Entano ny mpianatra hanaraka ny anatry ny mpitondra marina, indrindra fa ireo izay nantsoin' ny Tompo ho mpaminany, mpahita ary mpanambara.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina mandritra ny lesona.

Lesona
18

# "Andriamanitra mihitsy . . . no hanavotra ny olony"

*Môsià 12–17*

---

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatsapa ny halehiben' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy sy hitana hatrany ny fijoroana ho vavolombelona ananany ny amin' ny sorompanavotana.

---

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Môsià 12–13. Miantso ny mpanjaka Noà sy ny mpisorony hibebaka i Abinadia. Nanentana azy ireo hitandrina ireo didy izy. Nampianariny azy ireo fa ny fombafomba sy ny ôrdônansin' ny lalànan' i Mosesy dia karazana ohatra na fanehoana an' ohatra ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy.
   b. Môsià 14–16. Mindrana ny tenin' i Isaia i Abinadia. Mijoro ho vavolombelon' ny sorompanavotana izy ary manentana ny mpisoron' i Noà hampianatra ny vahoaka fa ny famonjena dia azo amin' ny alalan' i Jesoa Kristy.
   d. Môsià 17. Nibebaka sy nandray an-tsoratra ny tenin' i Abinadia i Almà, iray amin' ireo mpisoron' i Noà. Nanisy tombokase ny fijoroany ho vavolombelon' ny Tompo tamin' ny ainy i Abinadia.

2. Raha misy ny sarin' i Abinadia manoloana ny mpanjaka Noà dia miomàna hampiasa izany mandritra ny lesona (62042; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 308).

3. Raha mampiasa ny fisarihana ny saina ianao, dia ento any am-pianarana ny sary sasantsasany na izy rehetra izay voatanisa ao anatin' ny fampiasana.

---

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na fampiasana iray izay anao manokana mba hanombohana ny lesona.

Lazao fa betsaka ny soratra masina mitantara mikasika ny Tompo nandidy ny olona hanatanteraka iraka sarotra.

- Inona ireo iraka sarotra na antso sasantsasany, izay voarakitra ao amin' ny soratra masina? ( Voatanisa eto ambany ny mety ho valiteny miaraka amin' ny nomeraon' ny sary izay maneho ny zava-nitranga sasantsasany).
  a. I Noà mitory teny amin' ny vahoaka (62053; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 102)
  b. I Mosesy mitondra ny Israelita mivoaka an' i Ejipta (62100)
  d. I Lehia mampitandrina ny vahoaka tao Jerosalema (62517; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 300)
  e. Estera handeha eo anoloan' ny mpanjaka Aserosy (Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 125)
  f. I Abinadia mitory teny amin' ny mpanjaka Noà (62042; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 308)

g. I Samoela mitory teny ao Zarahemla (62370; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 314)
h. I Joseph Smith manatanteraka ny asany amin' ny maha mpaminanin' ny fampodiana amin' ny laoniny azy. (62470; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 403)

- Nahoana no sarotra ireo iraka ireo? Nahoana ianao no mihevitra fa vonona ny hanatanteraka ny iraka nomena azy ireo olona ireo na dia sarotra aza ny toe-draharaha?

Asehoy ny sarin' i Abinadia manoloana ny mpanjaka Noà, ary hazavao fa ity lesona ity dia miresaka ny fampianaran' i Abinadia. Entano ny mpianatra hitady ny antony naneken' i Abinadia hanolotra ny ainy mba hitoriany ny filazantsara amin' ny vahoaka.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary fitaovana hafa amin' ny lesona mba hifanojo tsara amin' izay ilain' ny mpianatra.. Hadihadio ny fomba fampiharana ireo soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa tsara izay mifandray amin' ireo fitsipika ara-tsoratra masina ireo.

**1. Niantso an' i Noà sy ireo mpisorony ho amin' ny fibebahana, nanentana azy ireo hitandrina ny didy ary nampianatra momba ny sorompanavotana i Abinadia.**

Hadihadio ny Môsià 12–13. Asaovy mamaky mafy ireo andalana voafantina ny mpianatra. Raha mampiasa ny sarin' i Abinadia manoloana ny mpanjaka Noà ianao, dia asehoy izany mandritra ny lesona.

- Roa taona taorian' ny nitorian' i Abinadia tamin' ny vahoakan' i Noà, dia niverina izy mba hilaza amin' izy ireo, fa noho izy ireo tsy nibebaka, dia hijaly sy hoentina ho ao amin' ny fanandevozana izy ireo (Môsià 12:1–7). Nilaza koa izy fa ho ringana izy ireo raha tsy mibebaka (Môsià 12:8). Ahoana no namalian' ny vahoaka izany hafatra izany? (Jereo Môsià 12:9—16). Inona araka ny hevitrao no niarovan' izy ireo an' i Noà?
- Rehefa voatohitr' i Abinadia ny ezaka nataon' ireo mpisorona mba "hahatezitra azy", dia nanontany azy mikasika andalan-tsoratra masina ny mpisorona iray (Môsià 12:20–24, miangavia mpianatra iray hamaky mafy ireo andalana ireo). Inona ny antony tsy nahafahan' ireo mpisorona ireo nahatakatra io andalan-tsoratra masina io? (Jereo Môsià 12:25–27. Mariho fa horesahina ato anatin' ny lesona ny dikan' io andalana io aoriana kely). Inona no dikan' ny hoe mampifantoka ny fontsika mba hatakatra? Inona no maha zava-dehibe ny fampifantohana ny fontsika rehefa mianatra sy mampianatra ny filazantsara isika? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:2–3).
- Inona no nambaran' i Abinadia fa olana eo amin' ny fihamboan' ireo mpisorona ho mampianatra ny lalànan' i Mosesy? (Jereo Môsià 12:28–37). Inona no maha zava-dehibe ny fiezahantsika hiaina mifanaraka amin' ny fahamarinana izay ampianarintsika?
- Inona no nitranga ka nahafahan' i Abinadia nanambara ny hafany? (Jereo Môsià 13:1–9. Hazavao fa nanao izany ny Tompo mba hahafahan' i Abinadia mijoro ho vavolombelon' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy. Maneho ny maha zava-dehibe ny hafatra momba ny sorompanavotana izany).

- Nahoana no namaky ny didy folo tamin' i Noà sy ny mpisorony i Abinadia? (Jereo Môsià 13:11). Inona no hevitry ny hoe: manana ireo didy "voasoratra ao am-pontsika"? Ahoana ny akon' ny fananantsika ny didy voasoratra ao am-pontsika amin' ny ezaka ataontsika hankatò azy ireo?
- Rehefa avy niantso an' i Noà sy ny mpisorony ho amin' ny fibebahana noho ny tsy fanajany ny lalànan' i Mosesy i Abinadia dia niteny hoe: "Ny famonjena dia tsy tonga amin' ny alalan' ny lalàna samirery" (Môsià 13:28). Ahoana no fomba ahatongavan' ny famonjena? (Jereo Môsià 13:14, 28, 32–35; Fanekempinoana 1:3).
- Inona ny tanjon' ny lalànan' i Mosesy? (Jereo Môsià 13:29–33. Hazavao fa ny fombafomba sy ny ôrdônansin' ny lalànan' i Mosesy dia tandidona na mariky ny zavatra ho avy. Nomena izy ireny mba hanampy ny olona hibanjina an' i Kristy).

2. **Mindrana ny tenin' i Isaia i Abinadia ary mijoro ho vavolombelon' ny sorompanavotana sy manentana ireo mpisoron' i Noà mba hampianatra ny vahoaka fa ny sorompanavotana dia avy amin' i Jesoa Kristy.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Môsià 14–16.

- Nilazalaza momba ny mpaminany Isaia i Abinadia tao amin' ny fijoroany ho vavolombelona momba an' i Jesoa Kristy. Inona ireo zavatra fantatsika mikasika ny mpamonjy ao amin' ny faminaniana voalaza ao amin' ny Môsià 14? (Asaovy mifandimby mamaky ny andalana ao amin' io toko io ny mpianatra mba hahitany ny valin' io fanontaniana io. Fintino eny amin' ny solaitrabe ny valitenin' izy ireo. Voatanisa eto ambany ny mety ho valiteny sasany).

  a. Niaina tamim-pahalemem-panahy sy fanetrentena ny Mpamonjy (Môsià 14:2).
  b. Olona maro no nandà Azy (Môsià 14:3).
  d. Nitondra ny fangirifiriantsika sy ny alahelontsika Izy (Môsià 14:4).
  e. Nentiny teny aminy ny heloky ny olona rehetra (Môsià 14:5–6, 8, 10–12).
  f. Nanaiky an-tsitrapo ny fanenjehana sy ny fahafatesana Izy (Môsià 14:7–9).
  g. Tsy nanam-pahotana Izy (Môsià 14:9).

- Nambaran' i Abinadia fa "nanefa ny fitakian' ny fahamarinana" ny Mpamonjy (Môsià 15:9). Inona ireo fitakian'ny fahamarinana? (Jereo Almà 42:11, 14). Inona no nataon' ny Mpamonjy mba hanefana ny fitakian' ny fahamarinana? (Jereo Môsià 15:9; Almà 42:12–13, 15).
- Niteny momba ireo taranaka, na ireo zanakalahy sy zanakavavin' i Jesoa Kristy i Abinadia (Môsià 15:10; jereo koa Môsià 14:10). Inona no hevitry ny hoe zanakalahy sy zanakavavin' ny Mpamonjy? (Jereo Môsià 15:11–14; jereo koa Môsià 5:5–7. Hazavao fa i Jesoa Kristy no mpanatanteraka ny famonjena. Misy fifandraisan' ny ray sy zanaka eo aminy sy ireo izay manaiky ny filazantsarany. Tonga taranany na zanany lahy sy vavy isika rehefa mino Azy sy mibebaka noho ny otantsika ary manao fanekena hanao ny sitrany sy hankatò ny didiny).
- Ampahatsiahivo ny mpianatra fa ny iray tamin' ireo mpisoron' i Noà dia nangataka an' i Abinadia hanazava ny hevitry ny tenin' i Isaia hoe: "Akory ny hatsaran' ny tongotr' izay mitondra vaovao mahafaly eny an-tendrombohitra" (Môsià 12:20–24). Inona ireo vaovao mahafaly ireo? (Jereo Môsià 15:19–25; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:40–42). Iza ireo iraka mizara ny vaovao mahafaly ireo? (Jereo Môsià 15:13–18. Ny tenan' ny Mpamonjy, ny mpaminany, ary ireo hafa izay mitory ny filazantsara). Ahoana no ahafahantsika manampy amin' ny fizarana ny teny soa mahafaly amin' ny hafa?

- Ahoana no hitahiana antsika aorian' ny fahafatesana raha toa ka nino an' i Kristy sy nanaraka Azy ary nanaiky ny sorompanavotany isika? (Jereo Môsià 15:21–23; 16:8–11). Inona no mety ho nitranga tamintsika raha nolavintsika i Kristy sy ny sorompanavotany? (Jereo Môsià 15:26–27; 16:2–3, 5, 10–12).
- Tany am-pamaranany ny toriteniny, inona no nanentanan' i Abinadia an' i Noà sy ireo mpisorona mba hataon' izy ireo? (Jereo Môsià 16:13–15). Ahoana no ahafahantsika mampihatra izany anatra izany eo amin' ny fiainantsika?

**3. Nofehezin' i Abinadia tamin' ny ainy ny fijoroany ho vavolombelon' ny Mpamonjy.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Môsià 17.

- Nahomby ve i Abinadia tamin' ny asa nanirahana azy teo amin' i Noà mpanjaka sy ny vahoakany? Nahoana raha eny na tsia? Iza no niova fo noho ny fampianaran' i Abinadia? (Jereo Môsià 17:2–4; Almà 5:11–12; jereo koa ny fanampin-kevitra enti-mampianatra ny lesona fahefatra).
- Rehefa nambaran' i Abinadia ny hafany, inona ny hevitra tapak' i Noà sy ireo mpitsara hatao an' i Abinadia? (Jereo Môsià 17:1, 7). Inona no azon' i Abinadia natao mba tsy hampiharana ny fahafatesana aminy? ( Jereo Môsià 17: 8.) Nahoana no tsy nety nandà ny teny nolazainy izy? (Jereo Môsià 17:9–10, 20). Na dia tsy voatery ho faty noho ny finoantsika aza isika, amin' ny fomba ahoana no ahafahantsika manaraka ny ohatra nomen' i Abinadia?

  Hoy ny filoha Ezra Taft Benson: "Manova ny olona i Kristy, ary rehefa miova ny olona dia afaka manova izao tontolo izao. Ny olona niova ho an' i Kristy dia manaiky an' i Kristy ho kapiteniny . . .  Ny olona izay tarihin' i Kristy dia hirehitra ao amin' i Kristy . . . . Ho voasaron' ny sitrapon' i Kristy ny sitrapony. (Jereo Jaona 5:30). Manao izay ankasitrahan' ny Tompo hatrany izy ireo (Jereo Jaona 8:29). Tsy vitan' ny vonona ho faty ho an' ny Tompo ihany izy, fa mihoatra noho izany, te ho velona ho Azy" ( ao amin' ny Conference Report, Okt. 1985, 5–6; na *Ensign*, Nov. 1985, 6).

---

Famaranana

Mariho fa ny asa nataon' i Abinadia sy i Almà dia afaka manampy antsika hahita ny maha zava-dehibe ny sorompanavotana. Narovan' ny Tompo ny ain' i Abinadia mba hahafahany mijoro ho vavolombelon' ny sorompanavotana. (Môsià 13:1–9). Rehefa avy nanambara ny hafany i Abinadia, dia "nofeheziny tamin' ny fahafatesany ny fahamarinan' ny teniny" (Môsià 17:20). "Nosoratan' i Almà ny teny rehetra izay nolazain' i Abinadia" (Môsià 17:4). Nanaiky ny baikon' i Abinadia izy "hampianatra fa. . . ny fanavotana dia tonga amin' ny alalan' i Kristy Tompo" (Môsià 16:15). Entano ny mpianatra mba hijoro marina amin' ny teny vavolombelona ananany sy hizara ny hafatry ny sorompanavotana.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina mandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na roa amin' ireto hevitra ireto ao anatin' ny lesona.

**1. Hira**

Miaraha mihira na mamaky ny tonon-kira iray mikasika ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy amin' ny mpianatra, toy ny "Merveilleux l' amour" (hira n ) Na koa mihainoa horonam-peo mikasika ny sorompanavotana.

**2. Horonan-tsary video.**

Eo am- panadihadiana ny fijoroana ho vavolombelona ananan' i Abinadia momba ny Mpamonjy sy ny fihetsiky ny mpanjaka Noà sy ireo mpisorony, dia alefaso ny " What think ye of Christ?, izay ampahany maharitra dimy minitra ao amin' ny *Family Home Evening Video Supplement 2 (53277).*

**3. "Ny Ray sy ny Zanaka" (Môsià 15:2)**

Ampiasao ity fampahafantarana manaraka ity mba hanazava ny fampianaran' i Abinadia ao amin' ny Môsià 15:1–9:

Rehefa niteny momba an' i Jesoa tamin'ny "maha Ray sy Zanaka" Azy i Abinadia, dia tsy nampianatra izy fa ny Ray any an-danitra sy i Jesoa kristy ary ny Fanahy masina dia olona iray ihany. Ny Ray any an-danitra sy i Jesoa kristy ary ny Fanahy masina dia olona telo samihafa sy miavaka tsara (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:22).

Rehefa miteny momba an' Andriamanitra na ny Tompo ny mpaminany teo aloha, dia matetika Jehovah no lazainy, ilay Mesia talohan' ny nahaterahany (Môsià 13:33–34, 14: 6). Noho izany, nampianatra momba an' i Jesoa Kristy i Abinadia raha niteny hoe: "Ary Andriamanitra tenany mihitsy no hidina eo anivon' ny zanak' olombelona ary hanavotra ny olony." (Môsià 15:1; jereo koa Môsià 7:27–28). Ny fampianaran' i Abinadia ao amin' ny Môsià 15:1–9 dia miresaka ny asan' i Jesoa amin' ny maha Ray Azy sy ny asany amin' ny maha zanak' Andriamanitra Azy.

Ny asan' i Jesoa amin' ny maha Ray azy dia mahafaoka *(a)* "Ny asany amin' ny maha "Rain' ny lanitra sy ny tany Azy, Ilay Mpahary ny zava-drehetra hatrany am-piandohana" (Môsià 3:8); *(b)* Ny asany amin' ny maha Rain' ireo izay manaiky ny filazantsarany sy manara-dia Azy( Môsià 5:7; 15:10–13; Etera 3:14); ary (*d)* ny fahefany hiteny sy hiasa amin' ny anaran' ny Ray any an-danitra, izay mazava amin' ny "fanokanana fahefana araka an' Andriamanitra." Ny asan' i Jesoa Kristy amin' ny maha zanakalahin' Andriamanitra Azy dia mahafaoka *(a)* Ny sorompanavotany ho an' ny fahotan' izao tontolo izao (Môsià 15:6–9) ary *(b)* Ny asany amin' ny maha mpanalalana sy mpisolovava antsika Azy eo amin' ny Ray (Jakoba 4:10–11; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:3–5).

Nilaza i Abinadia fa nantsoina hoe Zanaka i Jesoa Kristy "satria mitoetra ao amin' ny nofo Izy," ary Ray "satria notorontoroina tamin' ny herin' Andriamanitra Izy". (Môsià 15:2–3; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:3–4). Rehefa niteny i Abinadia fa ny "sitrapon' ny Zanaka dia efa voatelina ao amin' ny sitrapon' ny Ray" (Môsià 15:7), dia miresaka momba an' i Jesoa izay nampanaiky ny vatany tamin' ny fanahiny izy (Môsià 15:2–5; jereo koa 3 Nefia 1:14). Rehefa nampanaiky ny vatany ny fanahiny i Jesoa, dia nampanaiky ihany koa ny sitrapony tamin' ny sitrapon' ny Ray (Matio 26:39; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–19).

**4. Ny vokatra tsy hita mason' ny asa fitoriana**

Hazavao fa mety ho maty tsy nahalala akory i Abinadia raha nisy olona nino na tsia ny fampianarany. I Almà anefa dia niova fo noho ny ezaka nataon' i Abinadia, ary izy sy ireo taranany dia nanankery teo amin' ny Nefita tao anatin' ny taranaka maro nifandimby. Zarao ity tantara manaraka nambaran' ny Filoha Gordon B. Hinckley ity:

"Tsy fantatrareo ny halehiben' ny soa mety vitanareo, tsy afaka mahita mialoha ny vokatry ny ezaka ataonareo ianareo. Taona maro lasa izay, ny filoha Charles A. Callis izay mpikambana tao amin' ny kolejin' ny Roambinifolahy tamin' izany, ary filohan' ny misiona nandritra ny 25 taona tany amin' ny faritra atsimon' i Amerika teo aloha dia nitantara tamiko izao manaraka izao. Nilaza izy fa nanana misiônera tany atsimo [tany Amerika], izay tonga haka ny fisaorana azy noho ny fahavitan' ny asa fitoriana ny filazantsara izay nataony. Hoy ny filohan' ny misiona taminy: "Nahafinaritra anao ve ny iraka nataonao?"

"'Tsia' hoy izy.

"Fa nahoana?'

"Tsy nisy vokatra ny asa nataoko. Very fotoana aho ary very vola ny raiko. Fotoana very maina ireny."

"Dia hoy ny rahalahy Callis, 'Tsy nisy olona nataonao batisa angaha?'

"Olona iray ihany no mba nataoko batisa tao anatin' ny roa taona naha teo ahy" hoy izy. Izany dia ankizilahy roa ambin' ny folo taona tany ambanivohitr' i Tennessee.'

"Nody tamim-pahatsapana tsy fahombiazana izy. Hoy ny rahalahy Callis: 'Nanapa-kevitra aho hanara-maso io zazalahy izay natao batisa io. Te hahafantatra izay niafarany aho. . . .

" . . . 'Nanara-maso azy mandritra ny taona nifandimby aho. Tonga lehiben' ny sekoly alahady izy, ary farany dia tonga filohan' ny sampana. Nanambady izy. Nandao ilay toeram-pambolena sy fiompiana kely izay nipetrahany taloha niaraka tamin' ireo ray aman-dreniny izy ary nahazo tany ho azy ka nampamokatra an' izany. Lasa filohan' ny distrika izy. Namidiny ilay taniny tao Tennessee ary nifindra tany Idaho izy ka nividy toeram-pambolena sy fiompiana nanaraka ny rano Snake River ka niroborobo tokoa. Nihalehibe ireo zanany ary nandeha nanao asa fitoriana ny filazantsara. Niverina nody izy ireo avy eo. Nanan-janaka koa izy ireo, izay nanao asa fitoriana ny filazantsara.

"Nanohy ny tantara ny rahalahy Callis: "Nandany herinandro tany Idaho aho hijery ny tsirairay tamin' io fianakaviana io izay hitako ary niresaka tamin' izy ireo momba ny asa fitoriana ny filazantsara izay nataony. Teo dia hitako fa vokatry ny batisan' io zazalahy kely tany ambanivohitr' i Tennesse nataon' ny misiônera iray izay nihevi-tena fa tsy nahomby io, dia olona mihoatra ny 1100 no voatarika ho ao amin' ny fiangonana.

"Tsy afaka milaza mialoha mihitsy ianao izay ho vokatry ny asanao, ry rahalahy sy ranabavy malala, rehefa manompo amin' ny maha misiônera" (*Teachings of Gordon B. Hinckley* [1997], 360–61).

Lesona
# 19 "Tsy misy afaka nanafaka azy ireo afa-tsy ny Tompo"

*Môsià 18–24*

---

**Tanjona** Hamporisika ny mpianatra hanavao ny fahavononany hanaja ny fanekempihavanan' ny batisa sy hitoky amin' ny Tompo.

---

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ny momba ireto soratra masina manaraka ireto:

   a. Môsià 18. Nampianatra ny fanekempihavanan' ny batisa, nanao batisa andian' olona ary nametraka ny fiangonana teo anivon' ny vahoaka i Almà.
   b. Môsià 19. Nivadika tamin' ny vahoakany ny mpanjaka Noà ary niaritra fahafatesana tamin' ny afo. Tonga mpanjaka i Limia, zanakalahin' i Noà.
   d. Môsià 20–22. Nentin' ny Lamanita ho babo ny vahoakan' i Limia taorian' ny nanandraman' izy ireo nanavo-tena hiala amin' ny fanandevozana, nibebaka izy ireo ary nitodika tany amin' ny Tompo. Nanafaka azy tamin' ny fanandevozana ny Tompo tamin' ny farany.
   e. Môsià 23–24. Nobaboin' ny Lamanita ny vahoakan' i Almà. Amiolôna, izay iray tamin' ireo mpisoron' i Noà no nanjaka tamin' izy ireo. Nitodika tamin' ny Tompo izy ireo, izay nanamaivana ny entany sy nanafaka azy tamin' ny fanandevozana.

2. Vakiteny fanampiny: Rakibolan' ny Baiboly. "Batisa," 618–19.
3. Raha mampiasa ny fisarihana ny saina ianao, dia ento any am-pianarana ny sarin' i Almà manao batisa ao amin' ny ranon' i Môrmôna. (62332; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 309). Azonao atao koa ny mampiasa io sary io mandritra ny lesona.

---

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana saina

Raha ilaina dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na fampiasana iray izay anao manokana mba hanombohana ny lesona.

Anontanio ny mpianatra:

- Inona ireo toerana tsara tarehy indrindra efa hitanao? Inona no mahatonga ireo toerana ireo ho tsara tarehy toy izany ho anao?

Asehoy ny sary i Almà manao batisa ao amin' ny ranon' i Môrmôna.

- Inona no mahatonga an' io rano io ho tsara tarehy ho an' ny vahoakan' i Almà? (Asaovy mamaky mafy ny Môsià 18:30 ny mpianatra. Manasà mpianatra iray na roa hizara ny fihetseham-pony mikasika ny toerana izay manana dikany ara-panahy manokana ho azy).

Hazavao fa ao amin' ity lesona ity, dia hifanakalo hevitra mikasika ny fanekempihavanana izay nataon' ny vahoakan' i Almà teo amin' ny "toeran' i Môrmôna "ianareo.

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanojo tsara amin' izay ilain' ny mpianatra. Halalino ny fomba ampiharana ny soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ireo fitsipika ara-tsoratra masina ireo.

**1. Mampianatra ny fanekempihavanan' ny batisa i Almà ary manao batisa olona maro.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Môsià 18. Ampahatsiahivo ny mpianatra fa i Almà, iray amin' ireo mpisoron' ny mpanjaka Noà, dia nino ny fampianaran' i Abinadia. Nandositra ny mpanompon' i Noà izy ary niafina tany an-tany foana, izay toerana nanoratany ny teny rehetra nambaran' i Abinadia (Môsià 17:2–4). Nibebaka tamin' ny fahotany izy avy eo . . . ary nanomboka nitory ny tenin' i Abinadia (Môsià 18:1–3). Ireo izay nino an' i Almà dia nandeha hihaino azy tany amin' ny toerana izay nantsoina hoe Môrmôna (Môsià 18:4–6).

- Inona no nampianarin' i Almà teo amin' ny "toeran' i Môrmôna"? (Jereo Môsià 18:7). Inona no nirian' ny olona rehefa nampianatra azy i Almà? (Jereo Môsià 18: 8.) Inona no dikan' ny hoe "miditra ao am-balan' Andriamanitra ary . . . antsoina hoe vahoakany"? (Jereo Môsià 18:16–17; jereo koa Hebreo 8:10; Almà 5:60).
- Inona no nahavonona ny olona hataony amin' ny maha-mpikambana azy ao amin' ny "valan' Andriamanitra"? (Asaovy mamaky ny Môsià 18:8–9 ny mpianatra mba hahitany ny valin' io fanontaniana io. Fintino eny amin' ny solaitrabe ny valiny omen' izy ireo. Hadihadio avy eo ireo valiteny araka izay aseho etsy ambany).
  a. "Mifampitondra ny enta-mavesatra" (Môsià 18:8). Ahoana no "ifampitondrantsika ny enta-mavesatra"? Ahoana no manamaivana ny enta-mavesatra ny fifampitondrana izany? Ahoana no nitahiana anao raha nanampy anao nitondra ny enta-mavesatra nanananao ny hafa?
  b. "Miara-malahelo amin' izay malahelo" (Môsià 18:9). Nahoana no manampy ny "fiarahana malahelo amin' izay malahelo"?
  d. "Mampionona ireo izay mila fampiononana" (Môsià 18:9). Ahoana no fomba ahafahantsika manolotra fampiononana ny hafa araka ny tokony ho izy?
  e. "Mijoro ho vavolombelon' Andriamanitra" (Môsià 18:9). Inona no hevitry ny hoe: "mijoro ho vavolombelon' Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra sy amin' ny zava-drehetra ary amin' ny toerana rehetra"? (Môsià 18:9)
- Rehefa avy nitory tamin' ny olona i Almà, inona no nasainy hataon' izy ireo? (Jereo Môsià 18:10. Nanasa azy ireo hatao batisa sy hanao fanekempihavanana amin' ny Tompo izy). Inona no atao hoe fanekempihavanana?

  Nampianatra toy izao ny filoha Joseph Fielding Smith: "Ny fanekempihavanana dia fifanarahana ataon' ny antokon' olona roa farafahakeliny. Amin' ny fanekempihavanan' ny filazantsara, ny mpandray anjara dia ny Tompo any an-danitra sy ny olona eto an-tany. Manaiky ny olona hitandrina ny didy, ary ny Tompo kosa mampanantena fa hamaly soa azy ireo araka izany" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1970, 91; na *Improvement Era,* Des. 1970, 26).

- Raha niresaka ny Môsià 18:8–13 ny filoha Marion G. Romney dia hoy izy: "Tsy mahalala fanazavana tsara kokoa noho io momba ny fanekempihavanan' ny batisa aho" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1975, 109; na *Ensign,* Nov. 1975, 73). Araka ny ao amin' ny Môsià 18:8–13, inona no fanekempihavanana ataontsika rehefa atao batisa isika? (Jereo koa Môronia 6:2–3; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37). Inona no fampanantenana ataon' ny Tompo rehefa vita batisa isika ka mitandrina ny fanekempihavanan' ny batisa? (Jereo Môsià 18:10, 12–13; jereo koa 2 Nefia 31:17).
- Inona no navalin' ny olona ny fitaoman' i Almà mba hatao batisa? (Jereo Môsià 18:11. Raha mampiasa ny sarin' i Almà manao batisa ianao, dia asehoy izany izao). Inona no azontsika atao hanampiana ny hafa handray izany fifaliana lehibe izany? (Azonao atao ny manentana ny mpianatra hieritreritra ny olona azony izaràna ny filazantsara).
- Taorian' ny nanaovana batisa ny olona dia nandidy azy ireo i Almà "hanana ny fony mifamihana ao amin' ny firaisan-kina sy fifankatiavana" (Môsià 18:21). Inona no azontsika atao ao an-trano sy ao amin' ny paroasy na ny sampana mba hanarahana izany didy izany? (Jereo Môsià 18:19–21).

**2. Namitaka ny olony ny mpanjaka Noà ary nijaly tamin' ny fahafatesana amin' ny afo.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Môsià 19. Hazavao fa ny sasany tamin' ny olon' i Noà dia nanomboka niodina taminy (Môsià 19:2–3). I Gideona, izay iray tamin' ireo, dia efa saika hamono an' i Noà, raha nahita ny tafiky ny Lamanita nanatona azy ireo i Noà (Môsià 19:4—6).

- Inona no nataon' ny mpanjaka Noà rehefa nahita ny fandrosoan' ireo Lamanita? (Jereo Môsià 19:7). Iza no nampanahy an' i Noà indrindra? (Jereo Môsià 19:8). Ahoana no mampitovy izany amin' ny olona amin' izao fotoana izao, izay miezaka toa an' i Noà hitarika antsika lavitra ny Tompo sy ny mpaminaniny?
- Inona no faminaniana nataon' i Abinadia mikasika ny fahafatesan' ny mpanjaka Noà? (Jereo Môsià 12:3). Ahoana ny fomba nahatanteraka an' io faminaniana io? (Jereo Môsià 19:18–20. Hazavao fa ny olona izay nanombana ny fiainan' i Noà toy ny "fitafiana ao anaty lafaoro mahamay" dia nisy jamba fotoana fohy tamin' ny fahalemeny, araka ny aseho ao amin' ny Môsià 11:29).

**3. Nofaizina ny vahoakan' i Limia ary novonjen' ny Tompo tamin' ny farany.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Môsià 20–22 (Mariho fa ireo toko ireo dia mirakitra ny tantaran' i Amôna sy ireo rahalahiny nahita ny vahoakan' i Limia, araka izay resahina ao amin' ny lesona 17). Hazavao fa taorian' ny namonoana an' i Noà, dia tonga mpanjaka i Limia zanany lahy. Nanao fianianana i Limia fa izy sy ny vahoakany dia handoa ny antsasaky ny fananan' izy ireo amin' ny mpanjakan' ny Lamanita, raha mampanantena ny tsy hamono azy ireo ny Lamanita (Môsià 19:25–26)

- Taorian' ny taona roa izay nandry fahalemana dia nanangana ady tamin' ny vahoakan' i Limia ny Lamanita (Môsià 20: 7–10). Nahoana ny Lamanita no nikatsaka ny handrava ny vahoakan' i Limia? (Jereo Môsià 20:1–6)

- Rehefa fantatry ny Lamanita fa diso fitsara ny vahoakan' i Limia izy dia niverina nody tany amin' ny taniny tamim-pilaminana izy ireo. (Môsià 20:17–26). Na izany aza anefa, "rehefa afaka andro maro dia nanomboka tezitra tamin' ny Nefita indray ny Lamanita" (Môsià 21:2). Inona no nataon' ny Lamanita tamin' ny Nefita kanefa tsy nandrava ny fianianana nataon' ny mpanjakany dia ny tsy hamono ireo Nefita? (Jereo Môsià 21:3).
- Ahoana no nanatanterahan' ny fahababoan' ny vahoakan' i Limia ny faminaniana nataon' i Abinadia? (Asaovy mampitaha ny Môsià 21:3–5, 14–15 amin' ny Môsià 11:20–25 sy 12:2, 4–5 ny mpianatra). Nahoana no nentina ho babo ny vahoakan' i Limia? (Jereo Môsià 7:25–32; 20:21. Nandà ny fampianaran' i Abinadia sy ny fampitandremany mikasika ny vokatrin' ny otany izy ireo). Nahoana no zava-dehibe ny mahatsiaro fa misy vokany ny ota?
- Rehefa tsy afaka nandresy an' ady ny Lamanita in-telo ny vahoakan' i Limia, dia inona no nataony tamin' ny farany? (Jereo Môsià 21:13–14). Nahoana ny Tompo no nitaredretra tamin' ny famaliana ny antsony? (Jereo Môsià 21:25; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:1–9. Na dia tsy namonjy azy teo noho eo aza ny Tompo, inona no nataony ho azy ireo? (Jereo Môsià 21:15–16). Amin' ny fomba ahoana indraindray no amelan' ny Tompo antsika "hiroborobo miandalana"?
- Ahoana no fomba nahafahan' ny vahoakan' i Limia nandositra ireo Lamanita? (Jereo Môsià 23:3–12). Ahoana no fomba nandraisan' ny vahoaka tao Zarahemla azy ireo? (Jereo Môsià 22:13–14).

**4. Namonjy ny vahoakan' i Almà tamin' ny fahababoana ny Tompo.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Môsià 23–24. Ampio ny mpianatra hahita ny fahasamihafan' ny lalana nitahian' ny Tompo ny vahoakan' i Limia, izay nanandrana ny hanavo-tena in-telo alohan' ny nitodihany taminy, sy ny lalana nitahiany ny vahoakan' i Almà izay nitodika taminy tanteraka.

- Raha tao amin' ny toeran' i Môrmôna i Almà sy ny vahoakany, dia nalefan' ny mpanjaka Noà ny miaramilany "hamongotra azy ireo" (Môsià 18:33). Nampitandrina ny vahoakan' i Almà ny Tompo ary nampahery azy ireo mba hahafahany mandositra (Môsià 18:34–35, 23:1–5). Nahoana no samy hafa amin' ny zava-nitranga tamin' ny vahoakan' i Limia izany? ( Jereo Môsià 19:6. Mariho fa raha nanafika voalohany ireo vahoaka ireo ny Lamanita, fony Noà mbola mpanjakany, dia tsy nahazo fampitandremana ny vahoaka).
- Ahoana no navalin' i Almà ny vahoaka raha nangataka azy ho mpanjaka izy ireo? (Jereo 23:6–7). Ahoana no nahafantaran' i Almà ny loza ateraky ny fiheveran' ny olona iray ho ambony noho ny hafa? (Môsià 23:8–14). Inona no ianarantsika avy amin' i Almà sy ny vahoakany ka manampy antsika hisoroka io fahadisoana io? (Jereo Môsià 23:15).
- Niaina tamim-pahamarinana sy niroborobo ny vahoaka teo ambany fitondran' i Almà. (Môsià 23:15–20). Na izany aza anefa dia navelan' ny Tompo hoentina tamin' ny fanandevozana izy ireo tamin'ny fitondran' i Amiolôna izay iray tamin' ny mpisoron' ny mpanjaka Noà (Môsià 23:23–39). Ahoana no nanatanterahan' ny fahababoan' ny vahoakan' i Almà ny faminaniana nataon' i Abinadia? (Jereo Môsià 12:2, 4–5). Amin' ny fomba ahoana no ahafahan' ny safidy mahonena izay nataontsika hitondra vokatra maharitra, na dia aorian' ny famelana ny helontsika aza?

> Hoy ny loholona Marvin J. Ashton: “Ny fahalalahantsika hisafidy ny lalan’ ny fitondrantenantsika dia tsy manome antsika fahalalahana manokana amin’ ny vokatrin’ ny ataontsika. Ny fitiavan’ Andriamanitra antsika dia tsy miova ary tsy hihena, kanefa tsy afaka hamonjy antsika amin’ ny vokatra maharary izay ateraky ny safidy diso Izy” (ao amin’ ny Conference Report, Oktobra 1990, 24; na *Ensign,* Nov. 1990, 20).

Hazavao fa na dia tsy afaka niaro ny vahoakan’ i Almà tsy hijaly noho ny vokatry ny otany teo aloha aza ny Tompo, dia nampionona sy nampahery azy ireo tao anatin’ ny fahoriany Izy. Ny ambin’ ity lesona ity dia milaza ny fomba namonjeny azy ireo tamin’ ny fahababoana.

- Mikasika ny fahababoan’ ny vahoakan’ i Almà, dia hoy i Môrmôna: “Ny Tompo dia mahita fa mety ny hamaizana ny olony” (Môsià 23:21). Nahoana no faizin’ ny Tompo ny vahoakany? (Jereo Môsià 23:21; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95:1–2). Inona no tokony havalintsika ny Tompo rehefa manafay antsika Izy? (Jereo Môsià 23:22).
- Inona no nataon’ ny vahoakan’ i Almà, rehefa nandrahona ny hamono azy ireo i Amiolôna raha toa ka mivavaka izy ireo? (Jereo Môsià 24:10–12). Ahoana no namalian’ ny Tompo ny vavaka mangina nataon’ izy ireo? (Jereo Môsià 24:13–16). Ahoana izany fanampiana izany no nanampy azy ireo “hijoro ho vavolombelona” ho an’ ny Tompo araka ny fanekempihavanana nataony teo amin’ ny ranon’ i Môrmôna? (Jereo Môsià 24:14).
- Nahoana no mora entina ny entantsika rehefa “manaiky amin-kafaliana sy amim-pahendrena ny sitrapon’ ny Tompo rehetra isika?” (Môsià 24:15). Amin’ ny fomba ahoana no nampaherezan’ ny Tompo anao mba hanampiana anao “hitondra mora ny entanao”? Ahoana no nanampian’ izany anao hijoro ho vavolombelon’ Andriamanitra?
- Nahoana no notahian’ ny Tompo haingana sy feno kokoa ny vahoakan’ i Almà noho ny vahoakan’ i Limia fony izy ireo babo? (Ampitahao ny Môsià 21:5–15 sy ny Môsià 23:26–27; 24:10–16). Ahoana no ifandraisan’ izany amin’ ny fiainantsika?
- Talohan’ ny namonjen’ ny Tompo azy ireo, dia samy nandevozin’ ny mpitondra ratsy fanahy na ny vahoakan’ i Almà na ny vahoakan’ i Limia. Nandinika i Almà fa tamin’ ny andron’ ny mpanjaka Noà dia efa “nogejain’ ny famatoran’ ny heloka” ny vahoaka (Môsià 23:12). Nahoana ny faharatsiana na ny ota no karazana fanandevozana ihany koa? Inona no azontsika ianarana avy amin’ ny vahoakan’ i Limia sy ny vahoakan’ i Almà momba ny fahazoana fanafahana amin’ ny fanandevozan’ ny ota? (Jereo Môsià 7:33; 21:14; 23:23; 29:18–20; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:49–51. Ny Tompo irery ihany no afaka manafaka antsika amin’ ny fanandevozan’ ny ota. Tsy maintsy mitodika aminy amin’ ny alalan’ ny fibebahana, ny finoana, ny fanetrentena ary fankatoavana maharitra isika).

---

Famaranana

Ivereno vetivety ny fampanantenan’ ny Tompo amin’ ny fanekempihavanan’ ny batisa (Môsià 18:10, 13). Hazavao fa eo amin’ ny fahazavan’ ny fitahiana izay nampanantenain’ ny Tompo antsika, dia tsy tokony ho sarotra ny mitandrina ny

fanekempihavanana nataontsika “hanompo Azy sy hitandrina ny didiny” (Môsià 18:10). Antitrantero fa rehefa mandray ny ôrdônansin’ ny batisa sy mitohy ao amin’ny fibebahana, finoana an’ i Jesoa Kristy, fanetrentena, ary fankatoavana isika, dia afaka amin’ ny fanandevozan’ ny ota ary eo amin’ny lalana ety mankany amin’ ny fiainana mandrakizay (2 Nefia 31:17–20).

Araka ny fitarihan’ ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin’ ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an’ ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na roa amin’ ireto hevitra ireto ao anatin’ ny lesona.

**1. “Niara-nilevina tao anaty rano i Almà sy Helama” (Môsià 18:14)**

Ampiasao ny fanambarana etsy ambany mba hanazavana ny fomba nananan’ i Almà fahefana hanao batisa sy hampisehoana fa i Almà dia tsy nanao batisa tena raha nanao batisa an’ i Helama:

Toy izao no fampianaran’ ny filoha Joseph Fielding Smith “ Natao batisa sy nihazona ny fisoronana i Almà talohan’ ny nahatongavan’ i Abinadia, kanefa dia nanjary niaraka tamin’ ireo mpisorona hafa izy tao amin’ ny fanjakan’ ilay mpanjaka ratsy fanahy Noà, ary rehefa nanao batisa an’ i Helama izy dia nahatsapa tena fa mila fanadiovana, ka dia nilevina tao anaty rano izy mba ho mariky ny fibebahany feno” (*Doctrines of Salvation,* comp. Bruce R. McConkie, 3 vols. [1954–56], 2:336–37).

**2. Manompo ny Tompo amim-panetrentena**

- Alohan’ ny nanombohany hanao batisa ny vahoaka, dia nivavaka i Almà nanao hoe: “Tompo ô, aidino amin’ ny mpanomponao ny Fanahinao mba hahazoany manao izao asa izao amin’ny fahamasinam-po”. Môsià 18:12). Ahoana no mety hitahiana antsika raha manankina ny asantsika amin’ ny Tompo amin’ izany fanahy izany isika?

**3. “Hajao ny andro sabata ary manasìna azy” (Môsià 18:23)**

- Nahoana no zava-dehibe ny fitandremantsika ny andro sabata? (Jereo Môsià 18:23, 25). Ahoana no nahatsapanao fa voatahy ianao rehefa nitandrina ny sabata ho masina? Inona ireo zavatra nataonao mba hanamasinana izany andro izany?

**4. Manampy ireo sahirana**

- Inona ireo fitsipika nampianarin’ i Almà momba ny fanomezana ny mahantra? (Jereo Môsià 18:27—29). Nahoana no zava-dehibe ny anomezantsika ara-panahy ary koa ara-batana? Inona no fitahiana azo amin’ ny fanomezana amim-pahalalahan-tanana sy fandraisana amim-pifaliana?

Lesona
# 20 “Tsy nanaintaina intsony ny fanahiko”

*Môsià 25–28; Almà 36*

**Tanjona**

Hitarika ny mpianatra hampihatra mandrakariva ny fitsipiky ny fibebahana sy hiova fo ary hitory ny filazantsara.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Môsià 25. Nivory tao amin’ ny tanin’ i Zarahemla niaraka tamin’ ny vahoakan’ i Môsià ny vahoakan’ i Limia sy ny vahoakan’ i Almà. Natao batisa i Limia sy ny vahoakany. Navelan’ ny mpanjaka Môsià handamina ny fiangonan’ Andriamanitra manerana ny tanin’ i Zarahemla i Almà.
   b. Môsià 26; 27:1–7. Voatariky ny tsy mpino amin’ ny ota ny mpikambana maro tao amin’ ny fiangonana. Niteny tamin’ i Almà ny Tompo fa ho voavela heloka ireo izay mibebaka, ary ireo izay tsy mibebaka kosa dia tsy ho isaina ho isan’ ny vahoakan’ ny fiangonana. Nandefa filazana izay mandrara ny fifanenjehana eo amin’ ny mpino sy ny tsy mpino i Môsià.
   d. Môsià 27:8–31; Almà 36:6–23. I Almà zanany sy ny zanak’ i Môsià efa-dahy dia nikatsaka ny handrava ny fiangonan’ Andriamanitra. Nisy anjely niseho tamin’ izy ireo, ho valin’ ny vavaky ny rain’ izy ireo sy ny mpikambana hafa tao amin’ ny fiangonana. Niova fo i Almà zanany sy ireo zanakalahin’ i Môsià. Nijoro ho vavolombelona ny amin’ ny fiovam-pony i Almà zanany.
   e. Môsià 27:32–28:20; Almà 36:24. Nanolo-tena hitory ny filazantsara i Almà zanany sy ireo zanakalahin’ i Môsià.
2. Angataho ny mpianatra hanomana famintinana mikasika ireo zava-nitranga izay nitarika ny fiovam-pon’ i Almà zanany sy ireo zanakalahin’ i Môsià? (Môsià 27:8–24).
3. Raha misy ny sarin’ i Almà zanany miova fo, dia miomàna ny hampiasa izany mandritra ny lesona (Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 321).

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na fampiasana iray izay anao manokana mba hanombohana ny lesona.

Anontanio ny mpianatra:

- Firy aminareo no efa niova fo?

Hazavao fa mampiasa ny teny *niova fo* isika matetika mba hilazana olona iray izay vita batisa ao amin’ ny fiangonana aorianan’ ny fahavalo taonany. Na dia izany aza anefa, amin’ ny heviny iray hafa ny tsirairay amintsika dia tokony ho niova fo. Ny tsirairay amintsika, na oviana na oviana ny fotoana nanaovana batisa antsika, dia tsy maintsy manao izay hahazoana fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsaran’ i Jesoa Kristy. Ho an’ ny olona sasany dia tampoka sy

mampitolagaga izany, ary ho an' ny ankabeazan' ny olona kosa, dia mandeha tsimoramora sy miandalana izany. Raha mora miova fo ny olona sasany, ny hafa kosa tsy maintsy miady vao mitombo ny fijoroana ho vavolombelona sy fanolorantena ananany. (Mariho fa ny lesona 22 dia mandalina momba ny fomba ahatongavana amin' ny fiovam-po).

Ity lesona ity dia miresaka mikasika zazalahy dimy izay tsy maintsy niaina manokana ny fiovam-pony ho amin' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy na dia zanaky ny mpitondra fiangonana mahery sy mahatoky aza.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanojo tsara amin' izay ilain' ny mpianatra.. Mifanakaloza hevitra amin' ny maha zava-dehibe ny fiovam-po amin' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy ary entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ireo fitsipika ara-tsoratra masina ireo.

**1. Nanatona ny olon' i Môsià tany Zarahemla ny vahoakan' i Limia sy i Almà.**

Mifanakaloza hevitra mikasika ny Môsià 25. Asaovy mamaky mafy ny andalana voafantina ny mpianatra. Hazavao fa ny vahoakan' i Limia sy Almà dia nanatona ny vahoakan' ny mpanjaka Môsià tao Zarahemla (Môsià 22:11–14;24:20–25). Ampio ny mpianatra hahatakatra fa andian' olona efatra izao no mivondrona ao Zarahemla eo ambany fitarihan' ny mpanjaka Môsià:

a. Ny vahoakan' i Limia, izay taranak' i Zenifa sy ny hafa izay niverina avy any Zarahemla ho any amin' ny tanin' i Nefia.
b. Ny vahoakan' i Almà dia taranak' i Zenifa saingy niendaka taminy tamin' ny fotoana nanjakan' i Noà.
d. Ny Nefita izay nijanona tao Zarahemla.
e. Ny Miolekita, teratany tao Zarahemla.

Hazavao fa ireo rehetra ireo ankehitriny no miantso ny tenany hoe Nefita (Môsià 25:12–13).

- Namory ny vahoaka tao Zarahemla i Môsià ary namaky taminy ny firaketan' ny vahoakan' i Limia sy Almà (Môsià 25:5–6). Ahoana no navalin' ny vahoakan' i Zarahemla izany firaketana izany? (Jereo Môsià 25:7–11). Ahoana no maneho ny fo antra izay nananany ny valiny nomen' izy ireo?
- Inona no tombontsoa azonao tamin' ny fianarana ny tantaran' ny vahoakan' i Limia sy i Almà?
- Taorian' ny namakian' i Môsià ny firaketana dia nanasa an' i Almà hiteny izy (Môsià 25:14). Inona no noresahin' i Almà tamin' izany? ( Jereo Môsià 25: 15–16.) Nahoana no zava-dehibe ny hahatsiarovan' ny vahoaka izay nanafaka azy tamin' ny fanandevozana? Inona ny fiantraikan' ny fampianaran' i Almà teo amin' i Limia sy ny vahoakany? (Jereo Môsià 25:17–18).
- Nanome lalana an' i Almà "hanangana fiangonana eran' ny tanin' i Zarahemla" i Môsià (Môsià 25:19–20). Nahoana ny vahoaka no afaka nijanona ho "fiangonana iray" na dia mivory amin' ny fiangonana samihafa aza? (Jereo Môsià 25:21–24). Ahoana no ahafahan' ny ohatra omen' izy ireo manampy antsika amin' izao andro ankehitriny izao eo amin' ny fiatrehantsika ny fanamby hijanona ho "iray" ao anatin' ny fiangonana izay misandrahaka eran-tany?

2. **Maro ireo mpikamban' ny fiangonana no voatariky ny tsy mpino amin' ny ota.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Môsià 26; 27:1–7.

- Nahoana ny maro amin' ireo "taranaka vao nisondrotra" no tsy nety nikambana tamin' ny fiangonana? (Jereo Môsià 26:1–4). Ahoana ny fomba ahafahan' ireo zokiny hanampy ireo tanora hahazo fijoroana ho vavombelona ny amin' i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany? Ahoana no ahafahan' ireo zokiny manampy ireo tanora hahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra sy hahatakatra ny fifandraisany aminy.
- Nitarika ny mpikambana maro tao amin' ny fiangonana ho amin' ny ota ny tsy mpino. Inona no andraikitr' i Almà manoloana ireo mpikamban' ny fiangonana izay nanota? (Jereo Môsià 26:6–8). Inona no andraikitra napetraky ny Tompo eo amin' ny mpitarika ny fiangonana ankehitriny mba hanampiana ireo mpikambana izay nanao ota lehibe?
- Iza no nakan' i Almà hevitra rehefa nandà ny hitsara ny olona izay nanota i Môsià? (Jereo Môsià 26:10–14). Ahoana no nahazoanao fitarihana teo amin' ny andraikitrao rehefa nitodika tany amin' ny Tompo amim-bavaka ianao?
- Inona no nasain' ny Tompo hataon'i Almà hatao amin' ireo izay nanota? (Jereo Môsià 26:29–30, 32). Nahoana no dingana lehibe eo amin' ny dingan' ny fibebahana ny fiaikena heloka? Nahoana no zava-dehibe ny "mifamela heloka"? (Môsià 26:31). Ahoana no nitahina anao tamin' ny famelanao ny helokin' ny hafa na ny famelan' ny hafa ny helokao?
- Na dia "nanomboka nahita filaminana sy nambinina" aza ny fiangonana, dia matetika nenjehin' ireo rehetra izay tsy mino ny mpikamban' ny fiangonana. (Môsià 26:37–38; 27:1). Inona no nataon' ny mpanjaka Môsià rehefa nitaraina momba izany fanenjehana izany ireo mpikamban' ny fiangonana? (Jereo Môsià 27:1–5). Amin' ny fomba ahoana no mety hanenjehana ny mpikamban' ny fiangonana ankehitriny? Inona ireo lalana sasany mahomby amin' ny fiatrehana ny fanenjehana?

3. **Novangian' ny anjely i Almà zanany sy ireo zanakalahin' i Môsià.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Môsià 27:8–31; Almà 36:6–23. Hazavao fa na dia taorian' ny namoahan' i Môsià filazana izay mandrara ny fanenjehana aza, dia mbola nisy ihany ny tsy mpino izay niezaka nanohy nanimba ny fiangonana. Anisan' ireo tsy mpino ireo ny zanak' i Môsià efa-dahy sy ny iray amin' ireo zanakalahin' i Almà (Môsià 27:8–9).

Asaovy mamintina ny zava-nitranga izay nitarika ny fiovam-pon' i Almà zanany sy ny zanakalahin' i Môsià ny mpianatra (Môsià 27:8–24). Raha mampiasa ny sarin' i Almà zanany ianao, dia asehoy izany ankehitriny.

- Nahoana no nandefa anjely hiresaka amin' i Almà zanany sy ireo namany ny Tompo? (Jereo Môsià 27:14). Ahoana no ahafahan' ny vavaka manampy antsika raha misy olon-tiana tsy manaraka ny filazantsara?

  Fony mbola tao amin' ny filankevitry ny fiangonana momba ny fanabeazana i Jeffrey R. Holland dia hoy izy: "Angamba tsy misy tahotry ny fanahin' olombelona azo ampitahaina amin' ny tahotry ny reny na ny ray izay matahotra ny amin' ny fanahin' ny zanany. . . . [kanefa] tsy afaka mihitsy ny

hijanona tsy hanantena na tsy hiraharaha na tsy hino ny ray aman-dreny. Azo antoka fa tsy hitsahatra hivavaka izy ireo. Amin' ny fotoana sasany dia ny vavaka no mety ho zavatra sisa azo atao—kanefa koa izy no mahery indrindra amin' ny zava-drehetra" ("Alma, Son of Alma," *Ensign,* Mar. 1977, 80–81).

- Inona avy ireo fomba sasany andefasan' ny Tompo fanampiana ho valin' ny vavaky ny marina ho an' ny olon-tiany izay nania? (Ampio ny mpianatra hahafantatra fa tsy mandefa anjely hatrany toy ny nataony tamin' i Almà ny Tompo, nefa kosa mandefa fanampiana amin' ny fomba hafa tsy tambo isaina izy. Mety handefa mpitarika malemy fanahy, na namana na mpampianatra isan-tokantrano na mpamangy isan-tokantrano, na toriteny feno aingampanahy Izy mba hiantraika amin' ny fiainan' ireo izay anaovantsika vavaka). Ahoana ny nahitanao fa ny herin' ny vavaka dia manampy amin' ny zavamiseho izay toa tsy ahitana fanafana intsony?
- Inona no nolazain' ilay anjely an' i Almà zanany? (Jereo Môsià 27:13–17). Inona no nitranga tamin' i Almà zanany rehefa lasa ilay anjely? (Jereo Môsià 27:18–19). Inona no navalin' i Almà rehefa nandre ny zava-nitranga tamin' ny zanany niaraka tamin' ilay anjely izy? (Jereo Môsià 27:20). Nahoana izy no nifaly?

Hazavao fa taona maro tatỳ aorian' ny niovany fo, dia nilaza tamin' i Helamàna zanany ny zavatra niainany i Almà (Almà 36:6–24). Amin' ny fampiasana izay voarakitra ao amin' ny Môsià 27 sy Almà 36, dia ampio ny mpianatra hitady ny mahasamy hafa ny fihetseham-pon' i Almà taloha sy taorian' ny namelana ny otany (hevero ny hangataka mpianatra sasany mba hijery izay voarakitra ao amin' i Môsià 27, raha mbola mijery ny tantara ao amin' i Almà 36 ireo hafa). Azonao atao ny mamintina ny fifanakalozan-kevitra eo amin' ny solaitrabe toy izay aseho eto ambany:

| TALOHA | TATY AORIANA |
|---|---|
| An' ny nofo sy lavo, natao hofongorana (Môsià 27:25–27; Almà 36:11) | Navotan' Andriamanitra; nateraky ny Fanahy (Môsià 27:24–25; Almà 36:23) |
| Mamakivaky fahasahiranana maro (Môsià 27:28) | Norombahana hiala ny afo mirehitra mandrakizay (Môsià 27:28) |
| Tao amin' ny ngidin' ny afero sy ny famatoran' ny heloka (Môsià 27:29). | Navotana tamin' ny ngidin' ny afero sy ny famatoran' ny heloka (Môsià 27:29) |
| Tao amin' ny hantsana maizin-kitroka (Môsià 27:29) | Nahita ny fahazavan' Andriamanitra mahagaga (Môsià 27:29) |
| Nosamatsamahan' ny fangirifiriana mandrakizay (Môsià 27:29) | Tsy nanaintaina fanahy intsony (Môsià 27:29) |
| Norotidrotehan' ny fahatsiarovana ny fahotany maro (Almà 36:17) | Tsy norotidrotehan' ny fahatsiarovana ny fahotany intsony (Almà 36:19) |
| Nahatsapa fanaintainana mafy sy mangidy (Almà 36:20–21) | Nahatsapa fifaliana lehibe sy nihoapampana (Almà 36:20–21) |
| Nijaly fanahy tamin' ny horohoro tsy hay lazaina raha nieritreritra ny fiverenana eo anatrehan' Andriamanitra (Almà 36:14–15) | Naniry fatratra ho eo anatrehan' Andriamanitra (Almà 36:22) |

- Inona no nitarika an' i Almà ho afaka tamin' ny fijaliany? (Jereo Almà 36:17–18).
- Ahoana no ahafahana mampitovy ny zava-niainan' i Almà amin' ny zava-niainanao fony niova fo? (Jereo ny teny nindramina eto ambany ho an' ny mety ho valiteny).

  Hoy ny loholona Bruce R. Mc Conkie: "Ny tantaran' ny fiovam-pon' i Almà dia azo atao toy ny modely. Ny fankahalana ny ota izay nameno azy dia tokony ho tsapan' ny olona tsirairay izay nania tamin' ny fanjakana ho avy eo ny fibebahana, toy izay nitranga tamin' ity namantsika Nefita ity" (*A New Witness for the Articles of Faith* [1985], 229).

**4. Nanolo-tena hitory ny filazantsara i Almà sy ireo zanak' i Môsià.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Môsià 27:32–28:20; Almà 36:24.

- Inona ny zavatra nataon' i Almà zanany sy ireo zanak' i Môsià taorian' ny fiovam-pony? (Jereo Môsià 27:32–37). Ahoana izany no nampiseho fa niova fo tokoa izy ireo? Ahoana no mitaratra ny maha avy ao am-po sy ny halalin' ny fiovam-pontsika ny asantsika?
- Nahoana ireo zanakalahin' i Môsià sy ireo namany no naniry ny hitory ny filazantsara amin' ny Lamanita? (Jereo Môsià 28:1–3 sy ny teny nindramina eto ambany). Inona ny fampanantenana nomen' ny Tompo ny mpanjaka Môsià momba ny ezaka fitoriana ny filazantsara nataon' ny zanany? (Jereo Môsià 28:6–7).

  Hoy ny loholona L. Tom Perry: "Aorian' ny fiovam-po no ahatongavan' ny faniriana hizara—tsy dia vokatry ny fahatsapana ny andraikitra loatra, na dia mianjera eo ambonin' ny fisoronana aza ny andraikitra, fa avy amin' ny fitiavana madio sy fankasitrahana noho ny zavatra noraisina. Rehefa miditra ao amin' ny fiainantsika ny 'voahangy lafo vidy' toy izany dia tsy afaka ny ho faly fotsiny amin' ny fankasitrahana izany isika. Tsy maintsy zaraina izany!" (ao amin' ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1984, 106; na *Ensign,* May 1984, 79).

- Rehefa niova fo isika, ahoana no ahafahantsika mampitombo ny fanolorantsika tena hizara ny filazantsara?

---

Famaranana

Hazavao fa ny tsirairay amintsika dia tsy maintsy miaina ny fiovam-pony manokana. Na dia mety ho misoko malefaka sy miandalana noho ny fiovam-po niainan' i Almà sy ireo zanakalahin' i Môsià aza izany, dia hitovy ny vokatra aterany.

Vakio Môsià 27:29. Antitrantero fa amin' ny alalan' ny fibebahana sy ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy dia afaka mandray famelankeloka isika ka "tsy hanaintaina intsony" ny fanahintsika. Avy eo dia ho tonga fiasana eo am-pelatanan' ny Tompo hitahiana ny fiainan' ny hafa isika.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina mandritra ny lesona.

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ity hevitra ity ao anatin' ny lesona.

**"Namitaka ny maro tamin' ny teniny mandokadoka izy ireo" (Môsià 26:6)**

- Ahoana no nahafahan' i Almà zanany sy ireo zanakalahin' i Môsià niaraka tamin' ny tsy mpino hafa nitarika mpikambana ny fiangonana maro hanota? (Jereo Môsià 26:6; 27:8–9). Ahoana no ahafahan' ny fandokadokafana mamitaka antsika sy mitondra antsika amin' ny fahadisoana? Inona no maha zava-dehibe ny ho mailo ny amin' ireo izay avelantsika hitarika antsika? (Jereo ny teny nindramina eto ambany). Ahoana no ahafahan' ny fanorenana ny finoantsika ao amin' i Jesoa Kristy manampy antsika hisoroka ny tsy ho voatariky ny fandokafan' ireo tsy mpino?

  Hoy ny loholona Ezra Taft Benson: "Noho ny fitadiavana ny fideran' izao tontolo izao, dia tiantsika ny omen' ireo olona hajain' izao tontolo izao voninahitra. Misy loza azo tsapain-tanana anefa ao, satria indraindray, mba hahazoana izany voninahitra izany, dia tsy maintsy mampitambatra hery sy manaraka ireo hery sy lalana ratsy izay nitondra ireo olona ireo teo amin' ny toerana ambony isika. . . . Ankehitriny isika dia mitondra faisana noho ny fandokafan' ny olona ambony eo amin' izao tontolo izao" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1964, 57; na *Improvement Era,* Desambra 1964, 1067).

Lesona
# 21

# "Nanao fitsarana marina i Almà"

*Môsià 29; Almà 1–4*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny fitsipiky ny fahamarinana amin' ny fitondrana ary koa hisoroka ny komiberaky ny mpisorona sy ny fieboeboana.

**Fanomanana**

Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:

a. Môsià 29. Mampianatra ny fitsipiky ny fahaiza-mitondra i Môsià ary mampitandrina ny vahoakany ny amin' ny loza mety hateraky ny fananana mpanjaka. Nihaino ny toroheviny ny vahoaka ka nanendry mpitsara ho mpitarika azy ara-pôlitika, ary i Almà zanany no lohan' ny mpitsara.
b. Almà 1. Nanompo teo amin' ny toeran' ny lohan' ny mpitsara sy mpisorona avo i Almà zanany. Niady tamin' ny komiberaky ny mpisorona izay nisy teo anivon' ny vahoaka izy.
d. Almà 2–3. Nitady ho mpanjaka i Amlisia saingy nolavin' ny feon' ny vahoaka. Nifanatona tamin' ny Lamanita izy sy ireo mpanaraka azy ary nanisy marika mena teo amin' ny handriny sy nandrafitra ady tamin' ireo Nefita mpino.
e. Almà 4. Nandroso ny fiangonana saingy lasa nieboebo. Namela ny seza fitsarana i Almà ka nanokan-tena ho amin' ny asa fitoriana.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na fampiasana iray izay anao manokana mba hanombohana ny lesona.

Ataovy lisitra eo amin' ny solaitrabe ireto teny manaraka ireto: *Fitondran' ny mpanjaka, Repoblika, Demokrasia, Fitondran' Andriamanitra*.

- Inona no dikan' ireo teny ireo? (Ampiasao araka izay ilaina ny famaritana manaraka hanampiana ny mpianatra).

  *Fitondran' ny mpanjaka*: olona iray no manana fahefana tsy refesi-mandidy, tahaka ny mpanjaka

  *Repoblika*: fitondran' andian' olona izay solontena voafidy

  *Demokrasia*: fitondram-bahoaka, miaraka amin' ny lalànan' ny maro an' isa

  *Fitondran' Andriamanitra*: fitondrana tarihin' Andriamanitra amin' ny alalan' ny fanambarana izay omeny ny mpaminany

- Karazana fitondrana manao ahoana no nisy teo amin' ny Nefita nandritra ny fitondran' i Môsià?

Hazavao fa nanompo toy ny mpanjaka sy mpaminany izay nahazo fanambarana avy amin' Andriamanitra hitarihana ny vahoaka i Môsià nandritra ny taona maro. Taorian' ny nanjakan' i Môsià, dia voatendry ho lohan' ny mpitsara teo anivon' ny vahoaka Nefita i Almà zanany ka nisantatra fomba fitondrana vaovao

sy fotoan' andro fantatra amin' ny hoe "fanjakan' ny mpitsara". Araka ny soratra masina, " I Almà dia nandeha tamin' ny lalan' ny Tompo, ary nitandrina ny didiny sy nanao fitsarana marina" (Môsià 29:43). Ity lesona ity dia manazava ny fomba nametrahana ny rafitry ny mpitsara mba hahazoana mpitarika marina, ary koa milazalaza ireo olana sasany natrehan' i Almà tamin' ny maha lohan' ny mpitsara sy mpisorona avo azy teo anivon' ny vahoaka.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanojo tsara amin' izay ilain' ny mpianatra.

**1. Mampianatra ny fitsipiky ny fahaiza-mitondra i Môsià**

Hadihadio ny Môsià 29. Asao ny mpianatra hamaky mafy ireo andalana notsongaina. Hazavao fa rehefa nandà handimby azy tsy ho mpanjaka ireo zanany lahy rehetra, dia nandefa fanambarana an-tsoratra teny amin' ny vahoaka i Môsià, izay manolotra fomba fitondrana iray hasolo ny fitondran' ny mpanjaka aorian' ny ahafatesany.

- Inona ny torohevitra nomen' i Môsià ny olony momba ny fananana mpanjaka? (Jereo Môsià 29:13, 16). Iza ireo lehilahy roa noraisin' i Môsià ho ohatra amin' ny karazana mpanjaka? (Jereo Môsià 29:13, 18. Azonao atao ny manao famerenana fohy ny akon' ny fanjakan' ireo mpanjaka roa ireo teo amin' ny vahoaka). Ahoana no amaritan' i Môsià ny vokatry ny fananana mpitondra ratsy fanahy? (Jereo Môsià 29:16–18, 21–23).
- Nanoro hevitra ny vahoaka i Môsià hametraka ny lamin' ny mpitsara hisolo ny fitondran' ny mpanjaka. Inona ireo toetra nolazain' i Môsià fa tokony hananan' ny mpitsara? (Jereo Môsià 29:11; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:10). Inona no maha zava-dehibe ireo toetra ireo ho an' ny mpitondra ankehitriny?
- Inona no fototra iorenan' ny lalàna izay nitsarana ny olona? (Jereo Môsià 29:11; jereo koa Môsià 29:12–14). Inona ireo fitahiana mety ho azon' ny olona rehefa miaina araka ny lalàna izay miorina amin' ny fitsipika marina izy?
- Inona ny soso-kevitra natolotr' i Môsià hamerana ny fahefana mety ho azon' ny olona na andian' olon-dratsy? (Jereo Môsià 29:24–26, 28–29. Natorony ny hanaovan' izy ireo ny zava-drehetra amin' ny alalan' ny safidim-bahoaka, ka hanendry mpitsara sy hametraka azy ireo ho tompon' andraikitra eo anoloan' ny vahoaka ary hanana lamina ahafahana miampanga ireo mpitsara izay tsy mitsara araka ny lalàna).
- Inona no nambaran' i Môsià fa hitranga raha mifidy ny faharatsiana ny maro an' isa? (Jereo Môsià 29:27). Inona ireo fomba sasany ahafahantsika manampy ny hafa hahatakatra sy hifidy ny fahamarinana?

**2. Nanompo tamin' ny maha lohan' ny mpitsara sy niady tamin' ny komiberaky ny mpisorona i Almà Zanany.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Almà 1. Hazavao fa nanaraka ny tenin' i Môsià ny vahoaka ka nanendry mpitsara teo amin' ny tany, ary i Almà Zanany no lohan' ny mpitsara.

- Tamin' ny taona voalohany nanjakan' ny mpitsara, dia nentina teo anoloan' i Almà ny lehilahy iray nantsoina hoe Nehôra mba hotsaraina (Almà 1:1–2, 15). Inona no nampianarin' i Nehôra ireo vahoaka? (Jereo Almà 1:3–4). Inona no vokatry ny fampianarany? (Jereo Almà 1:5–6). Inona araka ny hevitrao no nahatonga ny fampianaran' i Nehôra hahasarika olona maro? Inona ireo fampianarana mitovy amin' izany izay renao ankehitriny?
- Raha teo am-pitoriana tamin' ny vahoaka i Nehôra dia nifanena tamin' i Gideôna izay mpikambana ao amin' ny fiangonana sy nanompo tamin' ny maha mpampianatra, (Almà 1:7–8; azonao atao ny mampahatsiaro ny mpianatra, fa i Gideôna dia nanompo tamim-pahatokiana toy ny kapitenin' ny mpanjaka Limia). Ahoana no namalian' i Gideôna ny fampianaran-dison' i Nehôra? (Jereo Almà 1:7). Ahoana no anampian' ny fahafantarana sy fijoroana ho vavolombelona momba ny tenin' Andriamanitra hahatohitra ny fampianaran-diso?
- Tezitra tamin' i Gideôna i Nehôra ka namono azy tamin' ny sabatra (Almà 1:9). Rehefa nentin' ny olona nanoloana an' i Almà i Nehôra, inona ireo heloka roa izay hitan' i Almà taminy? (Jereo Almà 1:10–13. Komiberaky ny mpisorona sy vonoan' olona). Inona no atao hoe komiberaky ny mpisorona? (Jereo Almà 1:16; jereo koa 2 Nefia 26:29). Inona ny fampitandremana nomen' i Almà mikasika ny komiberaky ny mpisorona? (Jereo Almà 1:12). Inona no porofo hitanao momba ny komiberaky ny mpisorona ankehitriny?
- Na dia novonoina ho faty aza i Nehôra noho ny helony, dia nitohy niparitaka teo amin' ny tany ny komiberaky ny mpisorona sy ny faharatsiana hafa (Almà 1:15–16). Inona no nanomboka nitranga teo amin' ireo izay mpikambana tao amin' ny fiangonana sy ireo izay tsy mpikambana? (Jereo Almà 1:19–22). Ahoana ny tokony ho fihetsitsika manoloana ireo tsy mitovy finoana amintsika? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:41).
- Ahoana no fiantraikan' izany fifandirana izany tamin' ireo mpikambana sasany ao amin' ny fiangonana? (Jereo Almà 1:23–24). Inona no azontsika ianarana avy amin' ireo izay nijanona tao amin' ny fiangonan' Andriamanitra? (Jereo Almà 1:25). Ahoana no ahafahantsika mijanona ho "mahatoky sy tsy azo hozongozonina" amin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra?

Ny Almà 1:26–30 dia mitantara fotoam-pandrosoana sy fandriampahalemana teo anivon' ny vahoakan' ny fiangonana. Azonao atao ny mamaky mafy ireo andalana ireo ary manadihady ny sasany amin' ireto fanontaniana manaraka ireto avy eo.

- Ahoana no fandraisan' ireo mpisorona ireo ny olona nampianariny? (Jereo Almà 1:26). Inona no maha zava-dehibe io fihetsika io rehefa mampianatra ny hafa isika? Ahoana no nitahiana anao tamin' ny fananana mpampianatra izay nampianatra tamim-panetrentena?
- Ahoana no ilazan' i Almà ny fomba nitondran' ireo mpikambana ao amin' ny fiangonana ny mahantra? (Jereo Almà 1:27). Ahoana no ahafahan' ny fanarahana ny ohatra nomen' izy ireo mitondra fiadanana ao amin' ny fiainantsika?

**3. Nitady ho mpanjaka i Amlisia saingy nolavin' ny feon' ny vahoaka.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Almà 2–3.

- Tamin' ny taona fahadimy nanjakan' ireo mpitsara, dia nisy lehilahy fetsy iray nantsoina hoe Amlisia nanana mpanaraka maro izay nitady hametraka azy ho mpanjaka teo amin' ny tany (Almà 2:1–2). Inona no antony nitadiavan' i Amlisia ho mpanjaka? (Jereo Almà 2:4). Inona no nataony rehefa tsy nifidy azy ny vahoaka maro an' isa? (Jereo Almà 2:7–10).
- Inona ny vokatry ny ady voalohany teo amin' ny Nefita sy ny Amlisita? (Jereo Almà 2:16–19). Raha naniraka mpitsikilo hanaraka ny ambin' ireo Amlisita i Almà, inona no hitan' ireo mpitsikilo? (Jereo Almà 2:23–25). Na dia vitsy an' isa kokoa aza ireo Nefita, ahoana no fomba nahafahan' izy ireo nandresy ny fitambaran' ny tafiky ny Amlisita sy ny Lamanita? (Jereo Almà 2:27–28).
- Inona no nataon' ireo Amlisita mba hihavahan' izy ireo amin' ny Nefita? (Jereo Almà 3:4, 13). Ahoana no fahatanterahan' ny faminaniana ireo marika ireo? (Jereo Almà 3:14–19). Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny fahitana fa "izy ireo ihany no nahatonga ny ozona tamin' ny tenany"? (Almà 3:19).

**4. Nandroso ny fiangonana saingy lasa nieboebo. Nandao ny seza fitsarana i Almà ary nanokan-tena ho amin' ny asa fanompoana.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Almà 4.

- Na nandresy an' ady ny Amlisita sy ny Lamanita aza ireo Nefita dia maro ireo Nefita maty, ary ireo sisa velona kosa dia very biby sy vokatra maro (Almà 4:1–2). Inona avy ny vokatr' izany fahoriana izany? (Jereo Almà 4:3–5). Ahoana no mety hanairan' ny fahoriana antsika hahatsiaro ny andraikitsika?
- Hafiriana no nilain' ireo mpikamban' ny fiangonana nialana tamin' ny fahamarinana lehibe nankany amin' ny fieboeboana sy ny zavatr' izao tontolo izao? (Jereo Almà 4:5–6. Herintaona). Nahoana araka ny hevitrao no sarotra amin' ny olona manankarena matetika ny misoroka ny fieboeboana sy ny fianteherana amin' ny fananana hita maso? Ahoana no ahafahantsika misoroka ireo ota ireo?
- Ahoana no fiantraikan' ny fieboeboana eo amin' ny fomba fitondran' ny mpikambana ao amin' ny fiangonana ny olon-kafa, na ao anatin' ny fiangonana izy na ivelany? (Jereo Almà 4:8–12). Ahoana no fiantraikan' izany eo amin' ny fomba fijerin' ireo tsy mpikambana ao amin' ny fiangonana? (Jereo Almà 4:10). Nahoana no zava-dehibe ho an' ny asa fitoriana filazantsara izay ataon' ny fiangonana ny ohatra asehon' ireo mpikambana? Oviana no nahitanao olona voatarika ho amin' ny tsara noho ny ohatra nasehon' ny mpikamban' ny fiangonana?
- Inona no nataon' i Almà ho valin' ny fitomboan' ny fieboeboana sy faharatsiana teo amin' ny vahoaka? (Jereo Almà 4:15–18). Inona ny antony nanaovany izany? (Jereo Almà 4:19). Ahoana no ahafahan' ny fitoriana ny tenin' Andriamanitra "manainga ny olona hahatsiaro ny adidiny"? Ahoana no ahafahan' ny fitoriana ny tenin' Andriamanitra "mampianjera" ny fieboeboana, ny hafetsifetsena ary ny fifandirana?
- Inona no ambaran' ny hoe: "mizara fijoroana ho vavolombelona madio" momba ny fahefana nentin' i Almà nampianatra? (Almà 4:19). Ahoana no fiovan' ny fiainanao noho ny fandrenesana ny hafa mijoro ho vavolombelona madio momba ny filazantsara? Inona ireo olana misy eo amin' izao tontolo izao ka afaka hovahana amin' ny alalan' ny fitoriana sy fiainana ny filazantsara?

Famaranana

Asao ny mpianatra hisaintsaina ny fitovian' ny olana natrehin' i Almà sy ireo olana atrehintsika ankehitriny, ary koa ny fitovian' ny ankabeazan' ny vahaolana amin' ireo olana ireo.

Hazavao fa amin' ny herinandro manaraka dia hianatra ny nataon' i Almà nanoloana ireo olana natrehiny tamin' ny maha mpisorona avo azy teo anivon' ny vahoaka mpianatra. Entano ny mpianatra handinika ny fomba nitorian' i Almà ny tenin' Andriamanitra niatrehana ny zava-misy tsirairay izay nanoloana azy.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

# “Moa va ny endriny efa nisoritra teo amin’ ny tarehinareo?”

Lesona
22

*Almà 5–7*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahafantatra ny hevitry ny hoe miaina fiovana ao am-po sy manohy ny zotran’ ny fiovam-po.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho, ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Ny Almà 5. I Almà manentana ny mpikambana ao amin’ ny fiangonana ao Zarahemla hiaina amin’ ny fomba izay iomanany hiaina “fiovam-po mahery vaika”.
   b. Almà 6. Nanetry tena sy nibebaka noho ny fahotany ny olona maro tao Zarahemla. Nametraka ny lamin’ ny fiangonana tao Zarahemla i Almà sy ny olony.
   d. Almà 7. Nijoro ho vavolombelon’ i Jesoa Kristy tao amin’ ny lemak’ i Gideona i Almà. Nanentana ny olona hanohy hanaraka ny Mpamonjy izy.
2. Vakiteny hafa: “Beware of Pride” (Ezra Taft Benson, *Ensign,* May 1989, 4–7; jereo koa Conference Report, Apr. 1989, 3–7).

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na fampiasana iray izay anao manokana mba hanombohana ny lesona.

Manaova sary fo roa lehibe eny amin’ ny solaitrabe. Hazavao fa ny fo matetika dia entina maneho ny faniriana sy ny fitiavana. Sorato eo ambonin’ ny iray amin’ ireo fo ireo ny teny hoe *mirehareha.*

- Amin’ ny inona no ametrahan’ ireo olona mirehareha ny fony? (Asaovy mamaky mafy ny Almà 4:8 sy Almà 5:53 ny mpianatra). Inona no ohatra azo omena amin’ ny “zava-poanan’ izao tontolo izao?” (Soraty ao anatin’ ilay fo misy ny teny hoe *mirehareha* eo amboniny, ny valiny omen’ny mpianatra).

Soraty eo ambonin’ ny fo faharoa ny teny hoe *Manetry tena*.

- Inona no irin’ ny olona manetry tena? (Soraty ao anatin’ ny fo izay misy ny teny hoe *manetry tena* eo amboniny ny valiny omen’ ny mpianatra).

Hazavao fa rehefa manetry tena eo anatrehan’ ny Tompo isika dia efa miomana ny “haterak’ Andriamanitra” sy hiaina ny “fiovana mahery vaika ao am-potsika” (Almà 5:14). Ity lesona ity dia milazalaza ireo fepetra ahafahan’ ny Tompo manova ny fontsika.

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary ny fitaovam-pampianarana hafa mba hifanojo tsara amin' izay ilain' ny mpianatra. Mifanakaloza hevitra amin ny fomba hampiharana ireny soratra masina voafantina ireny amin'ny fiainantsika isan'andro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ireo fitsipika ara-tsoratra masina ireo.

1. **Mampianatra ny olona ny fomba ahafahany miaina izany "fiovam-po mahery vaika" izany i Almà.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Almà 5. Ampahatsiahivo ny mpianatra fa i Almà dia lohan' ny mpitsara teo amin' ny fitondrana ny vahoaka. Amin' ny maha lohan' ny mpitsara azy, dia manana fahefana hampanaja ny lalànan' ny tany izy. Mpisorona avo miahy tao amin' ny fiangonana koa izy. Nanana andraikitra ny hitory ny tenin' Andriamanitra izy amin' ny maha mpisorona avo azy. Rehefa hitany ny fahalemen' ny mpikambana ao amin' ny fiangonana, dia niala amin' ny maha mpitsara azy izy ary "nanokana ny tenany manontolo ho an' ny fisoronana avo . . . , ho vavolombelon' ny teny" (Almà 4:11–20). Mampianatra ny nahatonga ny fitoriana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy ho zava-dehibe ho an' i Almà mihoatra noho ny asan' ny mpitsara ny filoha Ezra Taft Benson:

"Miasa avy ao anatiny mankany ivelany ny Tompo. Izao tontolo izao kosa dia miasa avy any ivelany mankao anatiny. . . . Izao tontolo izao dia mamolavola olona amin' ny alalan' ny fanovana ny tontolo manodidina azy. I Kristy kosa dia manova ny olona, ary ireo olona ireo no manova ny tontolo manodidina azy. Mamolavola ny fihetsiky ny olombelona izao tontolo izao, fa i Kristy kosa afaka manova ny ao anatin' ny olona". (ao amin' ny Tatitry ny Fihaonambe, Oktobra 1985, 5; na *Ensign,* Nov. 1985, 6).

- Tamin' ny fiandohan' ny teniny dia niteny, mikasika ny taranaka teo aloha, izay afaka tamin' ny fanandevozana ara-batana sy ara-panahy i Almà. (Almà 5:3–9). Inona araka ny hevitrao no maha zava-dehibe ho an' ny olona ny mahatsiaro ny fanandevozana sy ny fahafahan' ny razany? (Raha mbola eo am-pifanakalozana hevitra ny mpianatra, dia azonao atao ny mampamaky azy ireo ny Almà 5:5—7). Ahoana no namaritan' i Almà ny razamben' izy ireo taorian' ny "nanovan' ny Tompo ny fony? (Jereo Almà 5:7—9).
- Asaovy vakian' ny mpianatra ireo fanontaniana telo ao amin' i Almà 5:10. Inona ny valin' ireo fanontaniana ireo? (Jereo Almà 5:11–13). Inona ny hafatra izay nitondra "fiovana mahery vaika" tao am-pon' ny rain' i Almà? ( Jereo Môsià 16: 13–15.) Inona no zavatra nitranga tamin' ny olona izay nino an' i Almà rainy rehefa nampianatra azy ireo ny filazantsara izy? (Jereo Almà 5:13; jereo koa Môsià 18:1–11). Ahoana no ahafahan' ny fijoroana ho vavolombelona ananan' nyhafa mikasika ny Mpamonjy manampy antsika hahatsapa fiovam-po?
- Nandritra ny toriteny nataony tamin' ny vahoaka tao Zarahemla dia niteny mikasika ny "fiovam-po mahery vaika" sy ny "haterak' Andriamanitra" i Almà (Almà 5:14). Matetika isika no mampiasa ny teny hoe *fibebahana* rehefa miresaka an' io traikefa io. Inona no dikan' ny hoe miova fo? (Jereo Môsià 5:2; 27:24–26). Zavatra mitranga indray mandeha monja ve ny fiovam-po sa zavatra mandeha miandalana?

> Hoy ny fampianaran' ny loholona Bruce R. McConkie: "Raha tsy tamin' ny toejavatra tsy dia fahita loatra toa ny tamin' i Almà (Môsià 27), ny fahaterahana ara-panahy dia zavatra mizotra miandalana. Tsy mitranga ho azy eo no ho eo izany. Tonga miandalana izany. Ny olona mibebaka dia mifoha miandalana amin' ny fahamarinana ara-panahy iray mankany amin' ny fahamarinana ara-panahy iray hafa, mandrapahavelona azy tanteraka ao amin' ny Kristy sy maha mendrika azy hitoetra eo anatrehany mandrakizay" (*Doctrinal New Testament Commentary,* 3 vols. [1966–73], 3:401).
>
> Ao anatin' ny adihevitra, dia azonao atao ny mamaky ny Almà 5:45–46 miaraka amin' ny mpianatra. Mariho fa na dia Almà izay niaina tao amin'ny fibebahana nampitolagaga aza dia nifady hanina sy nivavaka andro maro mba hahafahany mahalala ireo zavatra ireo."

Hazavao fa raha mbola nitory tamin' ny vahoakan' i Zarahemla i Almà dia nanontany azy ireo andiam-panontaniana. Azontsika atao ny mampiasa ireo fanontaniana ireo handinihan-tena eo am-panohizana ny dingan' ny fibebahana. Asaovy mifandimby mamaky ny andalana avy ao amin' ny Almà 5:14–21, 26–31 ny mpianatra. Asaovy mifanakalo hevitra mikasika ny fanontaniana izay hitany misy dikany manokana aminy izy. Azonao atao ny mampiasa ireto fanontaniana manaraka ireto hanentanana ny fandraisana anjara sy hanampiana ny mpianatra hieritreritra ny fomba ahafahany manohy ny dingan' ny fibebahana:

- Miresaka ny "endrik' Andriamanitra voasoritra eo amin'ny tarehy [-ntsika] i Almà (Almà 5:19). Ny teny hoe *tarehy* dia mifandray amin' ny fihetsiky ny olona na amin'ny fomba anehoan' ny endriky ny olona ny toetrany. Asaovy dinihan' ny mpianatra mangina ny valiny homeny an' izao fanontaniana manaraka avy amin' i Almà izao. "Moa va ny endriny efa misoritra teo amin' ny tarehinareo?"
- Ahoana no afaka manampy antsika ny fakana sary an-tsaina ny tenantsika manoloana ny fitsaran' ny Tompo? (Jereo 5:15–19).
- Nanontany i Almà nanao hoe:" Raha efa nandalo fiovam-po ianareo ary raha efa nahatsiaro ny hikalo ny hiran' ny fitiavana manavotra anareo, . . . tsapanareo ve izany ankehitriny?" (Almà 5:26). Asaovy mandinika mangina ny fomba hamaliany izany fanontaniana izany ny mpianatra. Rehefa "nahatsiaro ny hikalo ny hiran' ny fitiavana manavotra" ny olona, inona ny mety hampihena izany fahatsapana izany?. Inona no azontsika atao mba hanohizana amin' ny dingan' ny fibebahana?
- Ahoana no ahafahantsika mitandrina ny tenantsika ho "tsy misy tsiny eo anoloan' Andriamanitra"? (Jereo Almà 5:27, 50–51).
- Nahoana no manao izay tsy haha vonona antsika hihaona amin' Andriamanitra ny avonavona sy ny fialonana. (Jereo Almà 5:28–29). Nahoana no tsy vonona ny hihaona amin' Andriamanitra isika raha maneso sy manenjika ny hafa, araka ny voarakitra ao amin' ny andalana 30 sy 31?
- Rehefa avy nametraka ireo fanontaniana ireo i Almà, dia nanentana ny olona hibebaka amin' ny otany (Almà 5:31–32). Tamin' izany dia nanome toky azy ireo indray izy, fa ho voavela ny helok' izy ireo noho ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy (Almà 5:33–35). Inona ny fanasana atolotry ny Mpamonjy antsika? (Jereo Almà 5:33—35). Ahoana no ahafahan' izany fanasana izany manome fanantenana antsika?

- Ho an' ireo vahoaka tsy marina tao Zarahemla dia izao no tenin' i Almà: "Ilay mpiandry dia efa niantso anareo sy mbola miantso anareo fa tsy nety mihaino ny feony ianareo" (Almà 5:37). Iza io mpiandry lazain' i Almà io? (Jereo Almà 5:38). Ahoana ny fomba iantson' ny mpamonjy antsika? Inona no tokony hataontsika mba hihainoana ny feony?
- Inona ny fampianarana azontsika tsoahina avy ao amin' i Almà 5:43–49 mikasika ny antson' ny mpaminany?
- Nampitandrina ny olona tsy hikiry na hanohy amin' ny faharatsiany i Almà (Almà 5:53—56; mariho fa nametraka ny fanontaniana hoe: "Mbola hikiry va ianareo" in' efatra i Almà). Nahoana ny fialana amin' ny ota no ampahany ilaina amin' ny fibebahana? (Jereo Almà 5:56; jereo koa Môsià 16:5, Fotopampianarana sy fanekempihavanana 58:42–43).
- Hoy i Almà nandidy ny olony, " Mivoàha hiala amin' ny olon-dratsy, ary aoka ianareo hisaraka aminy " Almà 5:57. Ahoana no fomba hisarahantsika amin' ny faharatsiana raha mbola mitoetra eto amin' izao tontolo izao isika?

**2. Nametraka ny lamin' ny fiangonana tao Zarahemla i Almà sy ny olona.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Almà 6.

- Taorian' ny toritenin' i Almà, dia betsaka ny olona nibebaka noho ny otany ary nanetry tena teo amin' Andriamanitra. ( Almà 6:1—2). Nahoana ny olona hafa no tsy nanaiky ny hibebaka amin' ny otany? (Jereo Almà 6:3. "Nanandra-tena tao amin' ny avonavon' ny fony" izy ireo.) Ahoana ny fomba anakanan' ny avonavona ny olona tsy hibebaka? Ahoana no ahafahantsika mandresy ny avonavona ao am-pontsika?

  Hoy ny filoha Ezra Taft Benson: "Ny fanefitry ny avonavona dia ny fanetren-tena, —fahalemem-panahy, fankatoavana (Jereo Almà 7:23). . . . Aoka isika hifidy ny hanetry tena. Afaka mifidy ny hanetry tena isika amin' ny fandresena nyfankahalana ny rahalahintsika sy ny anabavintsika, ka mihevitra azy tahaka ny tenantsika sy manandratra azy avo na avo kokoa noho isika. . . . Afaka mifidy ny hanetry tena isika amin' ny fanekena ny toro- hevitra sy ny sazy. . . . Afaka mifidy ny hanetry tena isika rehefa mamela ny helok' ireo izay nanivaiva antsika. . . Afaka mifidy ny hanetry tena isika amin' ny fanampiana tsy misy tambiny ny hafa. . . Afaka mifidy ny hanetry tena isika amin'ny fandehanana manao iraka fitoriana ny filazantsara sy mitory ny teny izay afaka hampanetry tena ny hafa. . . Afaka mifidy ny hanetry tena isika amin' ny fandehanana matetika any amin' ny tempoly. . . Afaka mifidy ny hanetry tena isika amin' ny fibebahana noho ny otantsika sy ny fandaozana azy sy aterak' Andriamanitra indray. . . Afaka mifidy ny hanetry tena isika amin' ny fitiavana an'Andriamanitra, ny fametrahana ny sitrapontsika eo ambanin' ny sitrapony ary ny fametrahana Azy ho voalohany eo amin' ny fiainantsika" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1989, 6; na *Ensign,* May 1989, 6–7).

- I Almà sy ny olona tao Zarahemla dia "nanomboka nametraka ny lamin' ny fiangonana" tamin' ny alalan' ny fanokanana mpisorona sy loholona, ny fanaovana batisa olona niova fo, ary ny fiaraha-mivory matetika amin' ny fifadian-kanina sy ny vavaka (Almà 6:1–6). Ahoana no anampian' ny lamin' ny fiangonana toy izany antsika hanohy hatrany ny dingan' ny fibebahana?

**3. Mijoro ho vavolombelon' i Jesoa Kristy i Almà. Nanentana ny olona tao Gideona hanaraka ny Mpamonjy izy.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Almà 7. Hazavao fa rehefa avy nampianatra tao Zarahemla i Almà dia nandeha nampianatra ny olona tany amin' ny lohasahan' i Gideona (Almà 6:8).

- Nambaran' i Almà tamin' ny olona tao Gideona fa " maro ny zavatra hitranga" saingy ny fiavian' i Jesoa Kristy no manan-danja lehibe indrindra (Almà 7:7). Inona no nampianarin' i Almà momba ny asa anirahana ataon' ny Mpamonjy eto an-tany? (Jereo Almà 7:10–13). Nahoana ny Mpamonjy no nitondra teny aminy ny fanaintainana, ny fahoriana, ny aretina ary ny otantsika? (Jereo Almà 7:11–14. Raha ilaina, dia asaovy lazain' ny mpianatra ny tsapany mikasika ny herin' ny Mpamonjy hahatakatra ny zavatra ilain' izy ireo, ny fitsapana mahazo azy, ary ny alahelony sy hanaisotra ny fahotany).
- Amin' ny lafiny inona no maha samy hafa ny tenin' i Almà tamin' ny olona tao Gideona sy ny teniny tamin' ny olona tao Zarahemla? Amin' ny lafiny inona no mampitovy ireo teniny ireo? Nahoana no mbola nitory fibebahana tamin' ny olona tao Gideona i Almà na dia niezaka hiaina amim-pahamarinana aza izy ireo? (Jereo Almà 7:9, 14–16, 22, 26).

---

Famaranana

Asaovy mamaky ny Almà 7:23–25 ny mpianatra. Hazavao fa ireo andalana ireo dia mitantara ny olona izay nahatsapa ny fiovam-po voalazan' i Almà ary koa manohy mikalo ny hiran' ny fitiavana manavotra" (Almà 5:26). Eo ampanohizana ny dingan' ny fibebahana dia ho afaka isika hiandrandra ny andro izay handraisana antsika "ao amin' ny fanjakan' ny lanitra ka tsy hivoaka intsony" (Almà 7:25).

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

## Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ity hevitra ity ao anatin' ny lesona.

### Fandefasana horonan-tsary

Raha misy ny *Book of Mormon Video Presentations* (53911) dia alefaso ny "Can You Imagine," ampahany izay maharitra fito minitra. Ao amin' io horonan-tsary io dia misy zazalahy manontany tena ny amin' ny fanontaniana ao amin' ny Almà 5. Azonao atao ny mijery mialoha ilay horonan-tsary mba hahafantarana raha hanampy ireo mpianatrao ny fandefasana azy.

Lesona

# 23 "Vavolombelona mihoatra ny anankiray"

*Almà 8–12*

**Tanjona**

Hampitombo ny fahatakaran' ny mpianatra ny drafitry ny famonjena sy ny herin' ny fananana vavolombelona mihoatra ny anankiray hanambara ny fahamarinan' ny filazantsara.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho, ary ento amim- bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Almà 8–9. Rehefa avy nitory tany Meleka i Almà dia niantso ny olona tao Amônihà hibebaka, nefa nandà azy izy ireo. Niala tao izy kanefa nasain' ny anjely iray niverina. Noraisin' i Amioleka i Almà ary nahazo baiko hitory any Amônihà izy roa lahy.
   b. Almà 10. Nitory tamin' ny vahoakan' i Amônihà i Amioleka ary nitantara ny fiovam-pony. Gaga ny vahoaka noho ny fisian' ny vavolombelona hafa tamin' ny fampianarana nataon' i Almà. Niady hevitra tamin' ireo mpanao lalana sy ireo mpitsara tsy marina i Amioleka.
   d. Almà 11. Niady hevitra tamin' i Zezrôma i Amioleka ary nanambara ny fiavian' ny Tompo, ny fitsarana ny ratsy fanahy ary ny drafitry ny famonjena.
   e. Almà 12. Nanazava bebe kokoa ny tenin' i Amioleka i Almà, nampitandrina ny amin' ny fahamafisam-po sy ny faharatsiana ary nanambara ny fahalavoana sy ny drafitry ny famonjena izy.
2. Angataho ny mpianatra hiomana hamintina ny tantaran' ny fomba nifanenan' i Almà sy Amioleka (Almà 8:19–32).
3. Asaovy miomana hamaky ny resaka ifanaovana ao amin' ny Almà 11:21–40 ny mpianatra roa, ka ny iray mamaky ny tenin' i Amioleka ary ny iray kosa mamaky ny an' i Zezrôma.
4. Raha mampiasa ny fitarihana ny saina ianao, dia ento any am-pianarana ny boaty na kitapo misy zavatra iray. Zavatra tsy mahazatra no ento, izay tsy ampoizin' ny mpianatra hananana0. Makà toky tsara fa tsara afina ao anatin' ny boaty na kitapo ilay izy.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na fampiasana iray izay anao manokana mba hanombohana ny lesona.

Asehoy ilay boaty (na kitapo) miaraka amin' ilay zavatra ao anatiny (jereo ny "fanomanana" toko 4). Lazao ny mpianatra izay ao anatin' ilay boaty, kanefa aza aseho azy ireo izany. Anontanio izy ireo raha mino fa tena ao anatin' ilay boaty tokoa izany zavatra izany.

Rehefa avy mamaly ny mpianatra, dia asaovy manatona ny iray ary mijery ny ao anatin' ny boaty. Asaovy lazainy izay hitany ao anaty boaty. Anontanio izy ireo avy eo raha mino fa io zavatra io tokoa no ao anatin' ilay boaty.

- Nahoana no moramora kokoa ny mino fa ao anaty boaty tokoa io zavatra io, rehefa misy olona hafa tonga sy nijery an' izany?

Hazavao fa rehefa nitory fibebahana tamin' ny vahoaka tao Amônihà i Almà, dia niaraka taminy i Amioleka. Ity lesona ity dia milaza ny fomba nampahery ny fampianaran' i Almà tamin' ny alalan' ny fijoroana ho vavolombelona nataon' i Amioleka.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary fitaovana hafa amin' ny lesona mba hifanojo tsara amin' izay ilain' ny mpianatra. Mifanakaloza hevitra amin' ny fomba ampiharana ny soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ireo fitsipika ara-tsoratra masina ireo.

**1. Miantso ny olona ao Amônihà hibebaka i Almà saingy nolavin' izy ireo.**

Hadihadio ny Almà 8–9. Asaovy mamaky mafy ireo andalan-tsoratra masina voafantina ny mpianatra. Ampahatsiahivo ny mpianatra fa natolotr' i Almà an' i Nefihà ny seza fitsarana ary nanomboka ny dian' ny asa fitoriana izy. Tafiditra tao amin' izany ny diany tany amin' ny tanàna ratsin' i Amônihà.

- Rehefa avy nametraka ny lamin' ny fiangonana teo amin' ny vahoaka tao Gideona sy Meleka i Almà, dia nandeha nitory tany Amônihà izy. Inona ny olana natrehiny tany? (Jereo Almà 8:8–9). Inona ny teny ao amin' i Almà 8:10 izay milaza ny hamafin' ny ezaka nataon' i Almà tao Amônihà? Ahoana no nasetrin' ny olona tao Amônihà ny fitoriana nataon' i Almà? (Jereo Almà 8:11–13).
- Inona ny zava-nitranga rehefa nandao an' i Amônihà i Almà ka nitodi-doha nankany amin' ny tanin' i Aharôna? (Jereo Almà 8:14–17). Araka ny voalazan' ny anjely, inona ny antony niravoravoan' i Almà? (Jereo Almà 8:15). Ahoana no navalin' Almà ny torolalana nomen' ilay anjely? (jereo Almà 8:18). Inona ny lesona azontsika tsoahina avy amin' ny valiteniny?

Asaovy milaza aminao fohifohy ny fomba nifanenan' i Almà sy i Amioleka ny mpianatra iray voatendry (Almà 8:19–32). Raha tsy nangataka mpianatra iray hanao izany ianao dia tantaraonao ny momba izany.

- Ahoana ny fomba nanomanan' ny Tompo an' i Amioleka hiaraka hitory amin' i Almà? (Jereo Almà 8: 20, 27; 10:7—11). Inona ny fomba sasantsasany izay anomanana ny olona hanao ny asan' ny Tompo?
- Nahoana no nanohy nandà ny fampitandremana nataon' i Almà ny olona tao Amônihà? (Jereo Almà 9:5). Inona ny fandresen-dahatra nampiasainy handavany ny hafany? (Jereo Almà 9:2,6).
- Nambaran' i Almà fa efa hadinon' ireo vahoaka ratsy fanahy tao Amônihà ny fomba marina nananan' ireo razambeny sy ny didin' Andriamanitra ary ny nanavotany ireo razambeny (Almà 9:8–11). Ahoana no nitondran' izany fanadinoana izany azy ireo tany amin'ny faharatsiam-panahy? Inona ny

antony sasantsasany mahatonga ny olona hanadino izay nataon' ny Tompo taminy sy tamin' ny hafa? Inona no lalana mahomby izay hitanao hahatsiarovana ny fitahian' ny Tompo anao?

- Nampitandrina i Almà fa raha tsy mibebaka ireo Nefita ratsy fanahy tao Amônihà, dia "handeferana kokoa" noho izy ireo ny Lamanita amin' ny andro fitsarana (Almà 9:15). Nahoana no toy izany no hitranga? (Jereo Almà 9:14–24; jereo koa Lioka 12:47–48; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:3). Inona no takian' ny Tompo amin' ireo izay nandray fahazavana lehibe kokoa?
- Inona no nampianarin' i Almà momba ireo "fampanantenana izay omena ny Lamanita"? (Almà 9:16—17). Ahoana no maha tanteraka izany fampanantenana izany amin' izao fotoana izao?

**2. Nitory tamin' ny vahoaka tao Amônihà i Amioleka.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Almà 10. Hazavao fa rehefa avy niteny tamin' ny olona i Almà, dia nitsangana hiteny tamin' ny vahoaka i Amioleka. Taranak' i Lehia i Amioleka ary lehilahy manan-karena sy "tsy kely laza" teo anivon' ny fiarahamonina (Almà 10:2–4).

- Niteny i Amioleka fa "imbetsaka izy no nantsoina" kanefa "tsy te hihaino" ary "nahalala momba ireny zava-drehetra ireny" kanefa "tsy te hahalala" (Almà 10:6). Inona ireo lalana sasantsasany iantsoan' ny Tompo antsika? Nahoana isika no toa miandam-pamaly Azy? Ahoana ny fomba ahafahantsika ho mora mandray bebe kokoa ny antsony?
- Oviana i Amioleka vao tena niova fo? (Jereo Almà 10:7—11. Azonao atao ny mampamaky mafy ireo andalan-tsoratra masina dimy ireo).
- Inona no fikasan' ireo mpahay lalana izay nametra-panontaniana tamin' i Amioleka? (Jereo Almà 10:13–16, 31–32). Nahoana no tsy afaka namitaka azy izy ireo? (Jereo Almà 10:17).
- Nanameloka ireo mpahay lalàna i Amioleka ary nampitandrina azy ireo fa izy ireo no mandatsaka ny fanorenan' ny famongorana ny vahoaka (Almà 10:17–21, 27). Ahoana no andatsahan' izy ireo izany fanorenana izany? Inona no mbola nihazona ny vahoaka tsy hiharan' ny famongorana? (Jereo Almà 10:22–23). Ahoana no iheveranao fa ny fivavaky ny marina dia manampy hanoherana ny vokatry ny faharatsiam-panahy amin' izao androntsika izao?
- Nahoana no gaga tamin' ny tenin' i Amioleka ny olona? (Jereo Almà 10:12). Inona ny tombo-tsoa amin' ny fananana vavolombelona mihoatra ny iray rehefa mitory ny filazantsara? Ahoana no ahafahantsika mifanohana eo amin' izany? (Azonao lazaina ireo olona ao amin' ny fiangonana, izay mampianatra tsiroaroa, toy ireo misiônera amin' ny fotoana maharitra, ireo mpampianatra isan-tokantrano, ireo mpamangy isan-tokantrano ary ny ray aman-dreny).

Asaovy mandinika ao amin' ny lesona sisa rehetra ny fomba nanohizan' i Almà sy i Amioleka ny fifampaherezana teo amin' ny fitoriana fotopampianarana iray ihany ny mpianatra. Eo am-piresahana ireo fotopampianarana, dia azonao atao ny mamintina izany eo amin' ny solaitrabe. Ny tabilao manaraka dia manome ohatra amin' ny hanaovanao izany.

| FOTOPAMPIANARANA | FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA NATAON' I AMIOLEKA | FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA NATAON' I ALMÀ |
|---|---|---|
| Sorompanavotana | Almà 11:40 | Almà 12:33–34 |
| Fibebahana | Almà 11:40 | Almà 12:24 |
| Fitsarana | Almà 11:41 | Almà 12:14 |
| Fitsanganana amin' ny maty | Almà 11:41–42 | Almà 12:24–25 |

**3. Nanohitra an' i Zezrôma i Amioleka ary nanambara an' i Kristy.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Almà 11. Hazavao fa ny toko faha 11 dia manomboka amin' ny fomba fanisam-bolan' ny Nefita. Manomboka amin' ny Almà 11:20 kosa ny tantaran' i Amioleka izay nanontanian' i Zezrôma, iray amin'ireo mpahay lalana fetsy indrindra tao amin' ny tanin' i Amônihà.

- Ahoana ny fomba nahazoan' ireo mpitsara tao Amônihà vola? (Jereo Almà 11:1, 20). Nahoana izy ireo no nitady hanohitra an' i Almà sy i Amioleka? (Jereo Almà 11:20).

Asaovy mamaky ny resaka nifanaovan' i Amioleka sy Zezrôma hita ao amin' ny Almà 11:21–40) ny mpianatra: Na koa ampiasao ny fanampin-kevitra enti-mampianatra any amin' ny faran' ny lesona hampidirana ireo andalana ireo. Mifanakaloza hevitra mikasika ny fanontaniana sisa ao amin' ity fizarana ity avy eo.

- Ahoana no namalian' i Amioleka ny fanontaniana voalohany nataon' i Zezrôma? (Jereo Almà 11:21–22). Ahoana no ahafahantsika mitazona ny tenintsika sy ny fampianarantsika hifanaraka amin' ny Fanahin' ny Tompo?
- Nanontany an' i Amioleka i Zezrôma raha hamonjy ny olona ao amin' ny fahotany i Jesoa (Almà 11:34). Inona ny antony lazain' i Amioleka fa tsy ahafahantsika hovonjena ao amin' ny fahotantsika? (Jereo Almà 11:34, 37). Inona no maha samy hafa ny hevi-diso hoe vonjena *ao* amin' ny otantsika sy ny marina fa azo vonjena *amin' ny* otantsika isika? (Raha tsy mibebaka isika dia tsy ho voavonjy. Raha mibebaka isika dia hovonjen' i Jesoa Kristy amin' ny otantsika).
- Inona ireo fitahian' ny sorompanavotan' i Kristy izay tonga amin' ny olona rehetra? (Jereo Almà 11:42–43). Inona ireo fitahiana izay tsy tonga afa-tsy amin' ireo izay mino Azy sy manaja ny didiny? (Jereo Almà 11:40–41).
- Inona no nampianarin' i Amioleka momba ny fitsanganana amin' ny maty? (Jereo Almà 11:43–45). Inona no maha zava-dehibe ny hahalalantsika ireo fahamarinana ireo?

**4 Manazava ny tenin' i Amioleka i Almà ary mampitandrina amin' ny fahamafisan-katoka.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Almà 12. Hazavao fa "nanomboka nangovitra" i Zezrôma rehefa avy namaly ny voalazany i Amioleka (Almà 11:46). Rehefa nahita izany i Almà dia nanomboka "nanamafy ny tenin' i Amioleka, . . . namelabelatra ny soratra masina mihoatra noho ny nataon' i Amioleka" (Almà 12:1).

- Avy amin' ny tenin' i Almà amin' i Zezrôma ao amin' i Almà 12:3–6, inona ny lesona azontsika tsoahina mikasika ny fanirian' i Satana sy ny fomba fiasany? (Hazavao fa miezaka mamitaka olona iray Satana mba hitondrany olona marobe haringana). Ahoana no ahafahantsika miaro tena amin' ny fitaka feno hafetsena ataon' i Satana?
- Inona no ampianarin' i Almà mikasika ny fiantraikan' ny toe-pontsika amin' ny fahatakarantsika ny tenin' Andriamanitra? (Jereo Almà 12:9–11). Inona ny fitahiana azon' ireo izay tsy manamafy ny fony? (Jereo Almà 12:10). Ahoana ny fomba ahafahantsika manana fo mahafantatra sy mahatakatra ary manaiky ny tenin' Andriamanitra? (Jereo 1 Nefia 2:16; 15:11).
- Nampianatra i Almà fa ny olona izay manamafy ny fony hanohitra ny tenin' Andriamanitra dia hohelohina noho ny teniny, ny asany ary ny eritreriny (Almà 12:13–14). Nahoana araka ny hevitrao no tsarain' ny Tompo araka ny eritrerintsika toy ny amin' ny tenintsika sy ny asantsika isika?
- Ahoana no filazan' i Almà ny zavatra iainan' ireo izay tsy mibebaka sy maty ao amin' ny fahotany? (Jereo Almà 12: 14–18). Nahoana ireo olona ireo no "toy ny tsy nisy fanavotana natao" taminy? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–18).
- Ny Almà 12:22–34 dia mirakitra ny filazan' i Almà ny fahalavoan' i Adama sy ny drafitry ny famonjena. Inona no nampianarin' i Almà mikasika ny tanjon' ny fiainana an-tany? (Jereo Almà 12:24). Ahoana no anampian' ny fahatakarana an' io fitsipika io antsika hiaina amim-pahamarinana kokoa?
- Nahoana no zava-dehibe "nomen' Andriamanitra [an' i Adama sy Eva] ny didy, *taorian' ny* nampahafantarany azy ireo ny drafitry ny fanavotana"? Almà 12:32 ny soratra mandry). Nahoana no manampy antsika hitandrina ny didy ny fahafantarana ny drafitry ny famonjena? Ahoana ny fomba ahafahan' ny ray aman-dreny sy ny mpampianatra mampihatra io fitsipika io, rehefa mampianatra ny maha zava-dehibe ny didy izy?
- Nahoana no ilaintsika ny mahafantatra fa nanomana drafitra hanavotana antsika Andriamanitra? Inona no ampianarin' ny drafi-panavotana antsika mikasika ny fahamarinan' Andriamanitra sy ny famindrampony?

---

Famaranana

Hazavao fa miara-miasa i Almà sy i Amioleka amin' ny maha vavolombelon' i Jesoa Kristy azy ireo, nifankahery izy ary nanolotra fampianarana mahery momba ny drafi-panavotana. Entano ny mpianatra hitady fotoana ahafahana mifampahery amin' ny fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina mandritra ny lesona.

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa izany hevitra izany ao anatin' ny lesona.

**Famaliana ny fanontanian' i Zezrôma**

Asaovy miezaka mamaly araka izay tokony ho izy ny fanontaniana nomen' i Zezrôma tamin' i Amioleka, voarakitra ao amin' ny Almà 11:26–39 ny mpianatra ka tsy mijery ny soratra masina na miady hevitra momba izany mialoha. Ampitahao amin' ny valiny izay nomen' i Amioleka ny valiny izay nomen' izy ireo. Diniho avy eo ny fomba nampiasain' i Zezrôma mba hamandrihana an' i Amioleka amin' ny fanomezana valin-teny mifanohitra. Hazavao fa zava-dehibe ny mahatakatra ny fitsipiky ny filazantsara sy ny mikatsaka ny fitarihan' ny Fanahy Masina mba hahafahantsika ho vonona amin' ny fanotaniana toy ireo.

Lesona

# 24 "Omeo hery izahay araka ny finoanay. . . an' i Kristy"

*Almà 13–16*

---

**Tanjona**

Hanampiana ny mpianatra hanaiky ny maha zava-dehibe ny fanajana ny anjara asany, ny antsony ary ny andraikiny ao amin' ny fisoronana, izay samy efa voatendry mialoha, ary koa hanampy azy hahatakatra fa ny fanarahana ny anatry ny mpaminany dia manampy antsika hiditra ao amin' ny fitsaharan' ny Tompo.

---

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Almà 13. Nanome toriteny mahery mikasika ny fisoronana sy ny fotopampianaran' ny fanendrena mialoha.
   b. Almà 14. Nenjehina noho ny fahamarinany i Almà sy i Amioleka ary ireo mpino mahatoky hafa. Nanafaka an' i Almà sy i Amioleka tao am-ponja ny Tompo noho ny finoan' izy ireo an' i Kristy.
   d. Almà 15. Nositranina i Zezrôma ary natao batisa. Olona maro no natao batisa tao Sidôma.
   e. Almà 16. Tanteraka ny tenin' i Almà rehefa namongotra ny mponin' i Amônihà ny Lamanita. Nomanin' ny Tompo ny fon' ny olona handray ny teny nentin' i Almà sy Amioleka ary ireo hafa.
2. Vakiteny hafa: Fandikan-tenin' i Joseph Smith, Genesisy 14:25–40; Etera 12:12–13.
3. Raha mampiasa ny fisarihana ny saina ianao, dia ento any am-pianarana ny sary maneho lehilahy iray mandray ny fisoronana, toa an' i Jesoa Kristy manendry ny apôstôly (62557; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 211) na ny famerenana ny fisoronan' i Melkizedeka (62371; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 408).

---

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana mba hanombohana ny lesona.

Lazao ny mpianatra fa hanoratra fanontaniana iray lehibe indrindra mety hapetratsika eo amin' ny solaitrabe ianao. Soraty eny amin'ny tabilao ny hoe *ahoana*?

Hazavao fa tena manan-danja io fanontaniana io rehefa ny fitondrantenantsika manokana no resahina. Mba hanehoana izany, dia asaovy maka sary an-tsaina izao manaraka izao ny mpianatra:

a. Fantatry ny tovolahy iray fa tokony ho amin' ny toerana iray amin' ny ora voatondro izy, saingy tsy fantany ny fomba ahatongavana any.
b. Misy vehivavy iray mahafantatra fa ilainy ny atao batisa, saingy tsy fantany ny hatao amin' izany.

d. Misy lehilahy iray mahafantatra fa Jesoa Kristy no Mpamonjy saingy tsy fantany ny fomba hanatonana Azy. (Rehefa mizara ity ohatra ity ianao, dia azonao atao ny miangavy mpianatra hamaky ny 1 Nefia 15:14).

Hazavao fa tamin' i Almà nampianatra ny olona tao Amônihà, dia niteny mikasika ny lalana *iray* izay milaza ny fomba hahatongavana ao amin' i Kristy izy. Eo amin' ny toeran' ny *ahoana*, dia ny fehezan-teny "amin' ny fomba ahoana" no ampiasany. Asaovy mamaky ny Almà 13:–2 ny mpianatra.

Asehoy ny sary maneho ny fanendrena ho amin' ny fisoronana (jereo "Fanomanana" fitaovana 3). Hazavao fa ny ampahany amin' ity lesona ity dia milaza ny fomba anampian' ny lamin' ny fisoronana antsika "hahalala ny fomba izay nahazoan' ny olona nahalala ny fomba hiandrandrana ny Zanaka ho fanavotana" (Almà 13:2).

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andalan-tsoratra masina sy fanontaniana ary ny fitaovam-pampianarana hafa mba hifanojo indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba hampiharana ireo soratra masina voafantina amin'ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ireo fitsipika ara-tsoratra masina ireo.

**1. Manome lahateny mahery momba ny fisoronana sy ny fanendrena mialoha i Almà.**

Mifanakaloza hevitra mikasika an' i Almà 13. Asaovy mamaky mafy ireo andininy voafantina ny mpianatra. Hazavao fa rehefa avy nampianatra an' i Zezrôma sy ny hafa tao Amônihà momba ny drafi-panavotana i Almà, dia nanamarina ny fisoronana sy ny fotopampianaran' ny fanendrena mialoha izy. Hazavao fa ireo mpisorona izay resahin' i Almà ao amin' ny toriteny dia mpisorona avo ao amin' ny fisoronan' i Melkizedeka (Almà 13:10).

- Oviana ny lehilahy no "nantsoina sy nomanina" voalohany hotendrena ho amin' ny fisoronana? (Jereo Almà 13:3).

  Hoy ny mpaminany Joseph Smith: "Ny olona tsirairay izay manana antso hampianatra ny mponina eto an-tany dia efa natokana ho amin' izany tamin'ny filankevi-dehibe tao an-danitra talohan' ny nanorenana izao tontolo izao" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* sel. Joseph Fielding Smith [1976], 365).

- Ahoana ny fomba nampisehoan' ny lehilahy tany amin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana fa mendrika ny hotendrena handray ny fisoronan' i Melkizedeka izy? (Jereo Almà 13:3–5). Inona no tsy maintsy ataon' ny olona eto amin' izao fiainana izao mba hijanonany mendrika ny fanendrena azy? (Jereo Almà 13:8–10).

- Ahoana no tokony ho akon' ny fampianaran' i Almà mikasika ny fanendrena mialoha eo amin' ny fomba fanohanantsika ireo izay voantso hitarika antsika? Ahoana no tokony ho akon' izany fampianarana izany eo amin' ny valiteny omentsika rehefa manome antso na andraikitra antsika ireo mpitarika ao amin' ny fisoronana?

  Hoy ny fampianaran' ny filoha Spencer W. Kimball: "Talohan' ny nahatongavantsika tetỳ, ireo vehivavy mahatoky dia nomena andraikitra sasantsasany, ary ny lehilahy mahatoky kosa dia notendrena mialoha ho amin'

ny asan' ny fisoronana sasantsasany. Na dia tsy tsaroantsika intsony aza ny antsipiriany, dia tsy mampiova ny zava-misy feno voninahitra izay nekentsika izany. Tompon' andraikitra toy ireo izay tohanantsika ho mpaminany sy apôstôly ianao amin' ireo zavatra izay nantenaina taminao fony elabe!" ("The Role of Righteous Women," *Ensign,* Nov. 1979, 102).

- Nilaza i Almà fa mandray ny fisoronan' i Melkizedeka ny lehilahy mba hahafahan' izy ireo "mampianatra ny didin' [Andriamanitra] amin' ny zanak' olombelona, mba hahazoany koa miditra ao amin'ny fitsaharany" (Almà 13:6; jereo koa andalana 1). Inona ireo tombontsoa azon' ny mpihazona ny fisoronan' i Melkizedeka ampianarina? Inona no hevitry ny hoe "miditra ao amin' ny fitsaharan' ny Tompo? (Jereo ny teny nindramina eo ambany). Nahoana araka ny hevitrao no ilaintsika ny mampianatra sy ny mianatra ny filazantsara mba hidirana ao amin' ny fitsaharan' ny Tompo?

  Hoy ny fampianaran' ny filoha Bruce R. McConkie: "Ny fitsaharan' ny Tompo, raha ny olombelona no resahina, dia ny hahazo fahalalana tonga lafatra ny amin' ny maha avy amin' Andriamanitra ny asa lehiben' ny andro farany. [Hoy ny filoha Joseph Smith] 'Izany dia midika ho fidirana amin' ny fahalalana sy ny fitiavana an' Andriamanitra, fananana finoana amin' ny tanjony sy ny drafiny ka ahafantarantsika fa marina isika, ary tsy mihaza zavatra hafa; tsy voakorontan' ny rivotry ny fotopampianarana hafa na ny hafetsena sy ny fahaizan' ireo olona izay mijoko mba hamitaka'. Izany dia fitsaharana amin' ny savorovoron' ny fiangonana eto amin' izao tontolo izao, amin' ny feo izay mivoaka etsy sy eroa—indro atỳ Kristy, indro arỳ Kristy! (*Gospel Doctrine,* 5th ed., pp. 58, 125–126). Ny fitsaharan' ny Tompo, any amin' ny mandrakizay, dia ny fandovana ny fiainana mandrakizay, ny fahazoana ny voninahitry ny Tompo (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:24)." (*Mormon Doctrine,* 2nd ed. [1966], 633).

- Ahoana no hahatonga antsika ho madio ka hahazo alalana miditra ao amin'ny fitsaharan' ny Tompo? (Jereo Almà 13:11–12). Ahoana ny fomba tsy maintsy iainantsika mba hahafahantsika hamasinina amin' ny alalan' ny ran' ny Zanak' ondry sy ny Fanahy Masina? (Jereo Almà 13:12–13, 16, 27–29; 3 Nefia 27:19–20).

Asaovy mamaky mafy ny Almà 13:2, 16 ny mpianatra. Jereo indray avy eo ireo andalana voatanisa eto ambany. Ampio ny mpianatra hijery ny fomba ahafahan' ny fisoronana manampy antsika hahalala ny fomba iandrandrana ny Mpamonjy mba hahazoana fanavotana. Omeo lanjany manokana ny teny sy ny fehezanteny sora-mandry.

a. Almà 13:3–3. (Ireo izay voatendry mialoha handray ny fisoronan' i Melkizedeka dia "voantso sy voaomana . . . noho ny *finoany* fatratra sy ny *asa soany.*")
b. Almà 13:6. (Izy ireo dia voatendry [voatendry tany aloha tany] . . . hampianatra ny *didin'* [ Andriamanitra] amin' ny zanak' olombelona, mba hahafahan' izy ireo koa miditra ao amin' ny fitsaharany.")
d. Almà 13:8. ("Notendrena amin' ny *ôrdônansy masina*" izy ireo eto amin' ity fiainana ity )
e. Almà 13:10. (Maneho izy ireo fa mendrika ny fanendrena mialoha azony, amin' ny *finoana* mitohy sy ny *asa tsara* ary amin' ny alalan' ny *fibebahana*).

- Ahoana ny fomba anampian' ny finoana sy ny fibebahana antsika hibanjina an' i Jesoa Kristy ho fanavotana? Ahoana ny fomba anampian' ny asa soa sy ny fankatoavana antsika hibanjina Azy? Ahoana ny fomba anampian' ny ôrdônansin' ny fisoronana antsika hibanjina Azy?
- Nandray an' i Melkizedeka ho ohatra iray amin' ny mpisorona avo i Almà (Almà 13:14–15). Inona no azontsika ianarana avy amin' ny ohatra napetrak' i Melkizedeka? (Almà 13:17–18; jereo koa ny Fandikan-tenin' i Joseph Smith, Genesisy 14:25–40).
- Inona no azontsika ianarana avy ao amin' ny Almà 13:27, momba ny fitiavan' i Almà ny olona ao Amônihà?
- Asaovy mamaky ny fitalahoan' i Almà amin' ny olona araka ny voarakitra ao amin' i Almà 13:27–29 ny mpianatra. Ahoana no maha-zava dehibe ny tsy fanemorana ny fibebahana? (Jereo Almà 34:32–36). Inona ny fitahiana ho azontsika raha "miambina sy mivavaka lalandava" isika? (Jereo Almà 34:32–36). Ahoana no fomba hananantsika fanantenana fa hahazo fiainana mandrakizay" isika? (Jereo Almà 13:29; Môrônia 7:41).

**2. Nenjehina noho ny fahamarinany i Almà sy Amioleka ary ny mpino hafa.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Almà 14.

- Maro ny olona tao Amônihà no nino ny fampianaran' i Almà sy i Amioleka ka nanomboka nibebaka sy nandinika ny tenin' Andriamanitra (Almà 14:1). Na dia izany aza anefa, ny ankamaroan' ny olona dia tonga tezitra ary nanenjika an' i Almà sy i Amioleka (Almà 14:2–5). Nahoana no tezitra ny olona sasany rehefa antsoina ho amin' ny fibebahana? (Jereo 1 Nefia 16:1–3).
- Inona no nataon' i Zezrôma rehefa hitany "ny vokatry ny nataony teo anivon' ny vahoaka?" (Jereo Almà 14:6–7). Ahoana ny fihetsiky ny vahoaka rehefa niaiky ny helony i Zezrôma ary niaro an' i Almà sy Amioleka? (Jereo Almà 14:7).
- Inona no nataon' ireo olona ratsy fanahy tao Amônihà tamin' ny olona izay nino ny tenin' ny Tompo? (Jereo Almà 14:7–9). Nahoana no navelan' ny Tompo hitranga izany? (jereo Almà 14:10–11, 60:13). Nahoana no sitraky ny Tompo ny niarovana ny ain' i Almà sy Amioleka? (jereo Almà 14:12–13).
- Rehefa nampahorina tany am-ponja andro maromaro i Almà sy i Amioleka, dia ahoana ny fomba nanafahana azy ireo tamin' ny farany? (jereo Almà 14:26–29; Etera 12:12–13). Nomena hery sy fahefana "araka ny finoany ao amin' i Kristy izy ireo"). Inona ireo zavatra ilaintsika fanafahana? Nahoana no tsy maintsy miompana amin' i Jesoa Kristy ny finoantsika, mba hitondrana antsika amin' ny fanafahana? (Jereo Môsià 3:17; Môrônia 7:33).

**3. Sitrana sy natao batisa i Zezrôma.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin' ny Almà 15. Hazavao fa rehefa avy nanafaka azy ireo avy ao am-ponja ny Tompo dia nandeha tany amin' ny tany Sidôma i Almà sy i Amioleka. Tany no nahitan' izy ireo olona izay noroahina an-keriny hiala tao Amônihà sy notorahim-bato noho ny finoany ny tenin' Andriamanitra (Almà 15:1; jereo koa Almà 14:7). I Zezrôma ny iray tamin' ireo olona ireo (Almà 15:3).

- Nijaly ara-panahy sy ara-batana noho ny faharatsiany i Zezrôma, kanefa kosa “nanomboka nahazo hery ny fony” rehefa nahare fa ao Sidôma i Almà sy Amioleka (Almà 15:3–4). Inona no nangatahiny tamin’ i Almà sy Amioleka (Jereo Almà 15:5). Inona no asehon’ izany mikasika ny fahatokisany azy ireo? Iza no ilainy ametrahana ny fahatokisany mba hahasitrana azy? (Jereo Almà 15:6–10).

- Inona ny zavatra azontsika ianarana avy amin’ ny asan’ i Zezrôma rehefa sitrana izy? (Jereo Almà 15:11–12).

- Tsy toy ny mponina tao Amônihà ny olona tao Sidôma, fa nino ny teny nampianarin’ i Almà sy i Amioleka ary natao batisa (Almà 15:12–15). Hitan’ i Almà fa “voasakana ny olona raha ny amin’ ny avonavom-pony” (Almà 15:17; mariho fa ny teny ho *voasakana* dia midika hoe mandeha mora na mijanona). Inona no nataon’ ny olona rehefa tonga nanetry tena bebe kokoa izy ireo? (Jereo Almà 15:17). Nahoana no ilaina ny fanetren-tena manoloana an’ Andriamanitra, mba hahafahantsika midera Azy marina?

- Inona ny zavatra nafoin’ i Amioleka rehefa nifidy ny hiaina ny filazantsara sy hanompo toy ny misiônera izy? (Jereo Almà 15:16). Inona no zavatra azony? (Jereo Almà 8:30; 34:1, 8; Etera 12:12–13). Inona ny zavatra nafoinao amin’ ny fifidianana ny hiaina araka ny filazantsara sy ny hitory izany? Ahoana no nitahiana anao amin’ izany?

- Inona no nataon’ i Almà ho an’ i Amioleka rehefa tafapetraka tao Sidôma ny fiangonana? (Jereo Almà 15:18). Inona no ambaran’ izany fihetsika izany mikasika an’ i Almà? Ahoana no ahafahantsika manompo ny hafa sy mampahery azy ao amin’ ny Tompo?

**4. Tanteraka ny tenin’ i Almà rehefa nandrava an’ i Amônihà ny Lamanita.**

Vakio sy hadihadio ny andininy notsongaina avy ao amin’ ny Almà 16.

- Herintaona eo ho eo tao aorian’ ny nitorian’ i Almà sy i Amioleka tao Amônihà, dia niditra tao amin’ ny tanin’ ireo Nefita ny Lamanita (Almà 16:1–2). Inona no nitranga tamin’ ireo Nefita tao Amônihà? (Jereo Almà 16:2–3, 9–11). Ahoana no maha fahatanterahan’ ny faminanian’ i Almà izany ? (Jereo Almà 9:4–5, 12, 18).

- Nahoana i Zôrama sy ireo mpanaraka azy no afaka nanaparitaka ireo Lamanita sy namonjy ireo rahalahiny izay efa nobaboina? (jereo Almà 16:4–8). Inona no azontsika ianarana amin’ ny fampitahana ny faharavan’ i Amônihà sy ny fahombiazan’ ny miaramilan’ i Zôrama? (Ampitahao amin’ ny Almà 16:4–6ny Almà 9: –8; jereo koa 2 Nefia 4:34. Antitrantero fa tokony hanana fahatokisana an’ Andriamanitra sy ny mpaminany isika noho ny amin’ ny fahalalan’ izao tontolo izao sy ny heriny na ny fananany).

- Taorian’ ny fandravana an’ i Amônihà dia nanomana ny fon’ ny olona handray ny teny lazain’ i Almà sy Amioleka ary ny hafa izay voafidy ho amin’ ny asa ny Tompo (Almà 16:13–21). Ahoana ny fomba anomanan’ ny Tompo ny fon’ ny olona mba handray ny teny? (Jereo Almà 16:16). Ahoana no ahafahantsika manana antoka fa mitory ny tenin’ Andriamanitra “amin’ ny fahadiovany” isika (Jereo Almà 16:21; jereo koa Môsià 18:18–20; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52:9).

Famaranana

Asaovy milaza ny fijeriny sy ny tsapany izay azony tamin' ny fanadihadiana nataony momba ny Almà 13–16 ny mpianatra.

Vakio ny Matio 11:28–30 sy ny Almà 13:27–29. Antitrantero fa eo amin' izao tontolo izao izay feno fisalasalana sy fisavorovoroana, dia mampahery ny mahafantatra fa amin' ny alalan' ny fisoronana dia afaka "mahalala ny fomba hiandrandrana ny [Zanaka] ho fanavotana" isika (Almà 13:2).. Rehefa mijery ny Tompo isika, matoky Azy, ary manaraka ny anatr' ireo mpaminany, dia afaka miditra eo amin' ny fitsaharany isika.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinana noresahina mandritra ny lesona.

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa io hevitra io ao anatin' ny lesona.

**"Araka ny fahalalana mialoha an' Andriamanitra" (Almà 13:3)**

Vakio ny fanambarana manaraka izay nataon' ny filoha Ezra Taft Benson mba hanatanjahana ny fahatakaran' ny mpianatra ny fanendrena mialoha azy ireo:

"Notehirizin' Andriamanitra ianareo mba hivoaka amin' ny andro farany mialohan' ny fiavian' ny Tompo fanindroany . . . Notehirizin' Andriamanitra ho an' ny [andro farany] ny sasany amin' ireo zanany mahery indrindra, izay hanampy ny fanjakana hivoaka amim-pandresena. Izany no nahatongavanareo, satria ianareo dia taranaka izay tsy maintsy voaomana hifankahita amin' Andriamanitrareo . . .

"Tamin' ny fotoana rehetra, dia nijery namakivaky ny lalantsaran' ny fotoan' androntsika ireo mpaminany. Olona efa nodimandry an-tapitrisa sy ireo izay mbola tsy teraka no mibanjina antsika. Aza diso hevitra mihitsy— taranaka manokana ianareo. Tsy mbola nisy zavatra nandrandraina tamin' ireo olona izay mahatoky ao anatin' ny fotoana fohy, mihoatra ny amintsika" *(The Teachings of Ezra Taft Benson* [1988], 104–5).

Lesona
25

# "Nampianatra tamin' ny hery sy ny fahefan' Andriamanitra izy ireo"

*Almà 17–22*

**Tanjona**

Hanentanana ny mpianatra hanaraka ny ohatra nasehon' ireo zanakalahin' i Môsià tamin' ny fizarana ny filazantsara sy ny fanompoana ny hafa.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Almà 17:1–18. Mitory ny filazantsara amin' ny Lamanita ireo zanakalahin' i Môsiâ
   b. Almà 17:19–39; 18; 19. Manompo sy mampianatra an' i Lamônia mpanjaka i Amôna. Miova fo ny mpanjaka sy ny mpanjakavavy ary ny ankamaroan' ny Lamanita.
   d. Almà 20–22. Tarihin' ny Fanahy i Amôna mba hanafaka ireo rahalahiny avy ao am-ponja. Miova fo ny rain' i Lamônia.
2. Angataho ny mpianatra iray hiomana ny hamintina ny bokin' i Almà 17:19–39. Angataho izy hitatitra ny fandehan' ny tantara toy izay ny fotopampianarana na ny fampiharana nataony izay hifanakalozan-kevitra ao am-pianarana aorian' ny tatitra.
3. Raha misy ny sarin' i Amôna miaro ny andian' ondrin' i Lamônia mpanjaka dia miomàna hampiasa izany mandritra ny lesona (62535; Fonosan- tsary mirakitra ny filazantsara 310).

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Ampiasao, araka izay mahamety azy, ity fomba manaraka ity na ny fombanao manokana hanombohana ny lesona.

Soraty eo amin' ny solaitrabe ireto fehezanteny manaraka ireto: *Mahafantatra, Mahatsapa, Manao*

- Ahoana no ifandraisan' ireo fehezanteny ireo amin' ny asa fitoriana?

  Nitantara ity toe-javatra manaraka ity ny loholona Carlos E. Asay:

  "Tsy ela loatra, izay dia nandre ny fijoroana ho vavolombelona nataon' ity vao niova fo iray aho—tovolahy iray nentanim-panahy. Tamin' ireo zavatra maro nambarany dia faniriany fatratra ny hizara ny filazantsara naverina indray amin' ny fianakaviany sy ny namany. Nanganohano ny masony ary tamin' ny feo nangovitra no nilazany hoe:

  " 'Tiako izy ireo *hahafantatra* izay fantatro.

  " 'Tiako izy ireo *hahatsapa* izay tsapako.

  " 'Tiako izy ireo *hanao* izay efa nataoko.'

"Misy ny fanahin' ny asa fitoriana—dia fanahy izay mamporisika antsika hiaina ivelan' ny tenantsika sy hisahirana amin'ny fanasoavana ny hafa. Ary izay rehetra efa nanompo tamin' ny asa fitoriana maha te hidera, nanampy tamin' ny fiovam-pon' ny namana iray, nanohana ny zanakalahy na zanakavavy izay tany amin'ny sahan' ny asa fitoriana, na nankafy ny fifandraisana akaiky tamin' ireo iraka mpitory dia hijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinan' izany (in Conference Report, Okt. 1976, 58; or *Ensign,* Nov. 1976, 42).

Hazavao fa taorian' ny fiovam-pon' ireo zanakalahin' i Môsià, dia nahatsapa faniriana lehibe izy ireo ny hizara ny filazantsara amin' ny hafa. Ny làlam-piainany dia maneho ny sasany amin' ireo ohatra lehibe indrindra amin' ny asa fitoriana ao amin' ny soratra masina. Ity lesona ity dia manadihady ny fomba nahatonga azy ireo ho fitaovana teo an-tanan' Andriamanitra tamin' ny fitondrana ny Lamanita ho amin' ny fahalalana ny marina.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andalan-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam- pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Mitory ny filazantsara amin' ny Lamanita ireo zanakalahin' i Môsià.**

Hazavao fa raha nandeha nankany Mantia i Almà dia nifanena tamin' ireo zanakalahin' i Môsià, izay handeha hody rehefa avy nitory nandritra ny14 taona tany amin' ny Lamanita. Almà 17–26 dia mirakitra ny làlam-piainana sy ny fitorian-teny nataon' ireo zanakalahin' i Môsià nandritra ny asa fitoriany. Vakio ary hadihadio ny Almà 17:1–18.

- Nahoana ireo zanakalahin' i Môsià no nanjary mpampianatra mahery sy mahomby toy izany? (Jereo Almà 17:2–4. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny lohateny hoe: *Ireo fanalahidin' ny Asa Fitoriana Mahomby*. Soraty eo ambanin' ny lohateny ny hoe *Mandinika, Mifady hanina ary Mivavaka*.) Ahoana no fiantraikan' ny fahamendrehan' ny tena sy ny fiomanana eo amin' ny fahafahantsika ho tonga fitaovana ho an' ny Tompo? Ahoana no nahitanao misionera na olon-kafa voatahy noho ny fiomanany manokana?
- Inona ireo fahafoizan-tena nataon' ireo zanakalahin' i Môsià mba hahatontosany ny asa fitoriana nataony? (Jereo Almà 17:5–6.) Nahoana izy ireo no vonona ny hanao izany? (Jereo Almà 17:9, 16; jereo koa Môsià 28:1–3. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny hoe: *Tia an' Andriamanitra sy ny hafa.)* Ahoana no ahafahantsika mampitombo ny fitiavantsika ny hafa sy ny fisahiranantsika aminy toy izay nasehon' ireo zanakalahin' i Môsià?
- Nandeha nitory tany amin' ny "vahoaka mafy fo sy lozabe" ireo zanakalahin' i Môsià (Almà 17:14). Inona ny fampaherezana sy torohevitra nomen' ny Tompo azy ireo hoenti-manomana azy ireo ho amin' ny asa fitoriana ataony? (Jereo Almà 17:10–11.) Ahoana no fihetseham-pon' ireo zanakalahin' i Môsià taorian' ny nandraisany fampaherezana sy torolalana avy tamin' ny Tompo? (Jereo Almà 17:12.) Ahoana no ahafahan' ireo andininy ireo manampy antsika, rehefa miatrika fahasahiranana isika amin' ny antso ananantsika?

**2. Manompo sy mampianatra an' i Lamônia mpanjaka i Amôna ary niova fo ny maro tamin' ny olony.**

Angataho ny mpianatra voatondro hamintina ny fizotry ny tantara ao amin' ny Almà 17:19–39. Rehefa izany, dia vakio ary hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Almà 17:19–39; 18; 19. Raha mampiasa ny sarin' i Amôna miaro ny andian' ondrin' ny mpanjaka ianao, dia asehoy izany izao.

- Nahoana no nanjary "vonton-kafaliana" ny fon' i Amôna rehefa nihahaka ny andian' ondrin' ny mpanjaka? (Jereo Almà 17:29.) Ahoana no namadihan' i Amôna an' izany hanjary ho fandehan-javatra tsara? (Jereo Almà 17:30–39.)
- Ahoana no nataon' ny mpanjaka rehefa nolazain' ny mpanompony taminy ny fomba niarovan' i Amôna ny andian' ondriny? (Jereo Almà 18:2–5.) Inona ny zavatra nataon' i Amôna raha nanontany izay nisy azy ny mpanjaka? (Jereo Almà 18:8–9. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny hoe: *Manao asa fanompoana sy mampitombo ny fitokiana*.) Ahoana no nahatonga izany hanomana an' i Lamônia mpanjaka mba hampianarina? (Jereo Almà 18:10–11.)
- Ahoana no niantsoan' ireo mpanompon' ny mpanjaka an' i Amôna nony tonga hijery ny mpanjaka izy? (Jereo Almà 18:13.) Ahoana no nanehoan' ny tenin' i Amôna tamin'i Lamônia mpanjaka fa mbola mpanompo manetry tena i Amôna? (Jereo Almà 18:14–17.)
- Nahoana no heverinao fa zava-dehibe ho an' i Amôna ny manompo ny mpanjaka mialohan' ny hiezahany hampianatra azy? Ahoana no ahafahan' ny fanompoana sy ny fampitomboana ny fifandraisantsika amim-pahatokiana amin' ny hafa manampy antsika hanolotra aminy ny hafatry ny filazantsara? Amin' ny fomba ahoana no ahafahantsika manompo ireo izay ampianarintsika?
- Rehefa nanomboka nampianatra an' i Lamônia mpanjaka i Amôna, dia ahoana no nanampiany azy hahazo sy hahatakatra ny momba an' Andriamanitra sy ny lanitra? (Jereo Almà 18:24–33. Nampianatra araka ny fomba izay nahafahan' ny mpanjaka nahatakatra izany Izy.) Ahoana no ahafahantsika manaraka ity ohatra ity rehefa mampianatra ny filazantsara isika?
- Rehefa niorina ny fifankazahoana teo aminy sy i Lamônia mpanjaka, dia inona no fotopampianarana lehibe nampianarin'i Amôna azy? (Jereo Almà 18:34–39. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny hoe: *Mpampianatra ny drafitry ny fanavotana avy ao amin' ny soratra masina*.) Nahoana no fitaovana mavesa-danja ny Bokin' i Môrmôna amin' ny fampianarana ireny fahamarinana ireny ankehitriny?
- Inona no nataon' i Lamônia mpanjaka rehefa reny sy ninoany ny tenin' i Amôna? (Jereo Almà 18:40–41.) Nahoana no zava-dehibe ho an' ny olona ny mikatsaka famelana rehefa ampianarina azy ny fitsipiky ny filazantsara? Nahoana no ilaina ny vavaka eo amin' ny fizotry ny fiovam-po?
- Taorian' ny vavaka nataony, dia lavo tamin' ny tany i Lamônia mpanjaka. Ahoana no nanehoan' ny mpanjakavavy ny finoany rehefa niseho ho toy ny maty i Lamônia? (Jereo Almà 19:1–5, 8–9.)
- Inona no nantitranterin' i Lamônia rehefa niteny tamin' ny mpanjakavavy izy taorian' ny fiovam-pony? (Jereo Almà 19:12–13.)

- Taorian' ny nitenenany tamin' ny mpanjakavavy, dia lavo tamin' ny tany indray i Lamônia, toy izany koa ny mpanjakavavy mbamin' ireo mpanompo rehetra afa-tsy i Abisa (Almà 19:13, 15–16). Iza i Abisa? (Jereo Almà 19:16–17. Rehefa mifanakalo hevitra momba an' i Abisa ny mpianatra dia mety ho tianao ny hanasongadinana fa izy dia azo raisina ho ohatra amin' ny fiovam-po nahatoky ho an' ny Tompo, na dia tsy mba toy izany aza ireo manodidina antsika.) Inona no nataon' i Abisa rehefa takany ny zava-nitranga? (Jereo Almà 19:17.) Ahoana no ahafantarantsika sy ampiasantsika tsaratsara kokoa ireo sehatra hizarana ny filazantsara?
- Inona no sasantsasany tamin' ireo valinteny samy hafa nataon' ny vahoaka rehefa tonga tao an-tranon' ny mpanjaka izy ireo? (Jereo Almà 19:18–28.) Ahoana no niezahan' i Abisa nandamina ny fifandirana teo anivon' ny vahoaka? (Jereo Almà 19:28–29.) Ahoana no nanehoan' ny mpanjaka sy ny mpanjakavavy ny fiovam-pony taorian' ny nitsanganany? (Jereo Almà 19:29–31, 33.)
- Inona no heverinao fa tian' i Môrmôna hianarantsika avy amin' ny zavatra nodiavin' i Amôna sy i Lamônia mpanjaka ary ny vahoakany? (Jereo Almà 19:36. Azo ampidirina ao amin' ny valinteny ny hoe: "Fa ny sandrin' ny Tompo dia mitolotra ho an' ny olona rehetra izay te hibebaka sy hino ny anarany.")

**3. Notarihin' ny Fanahy i Amôna mba hanafaka ireo rahalahiny. Niova fo ny rain' i Lamônia.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy notsongaina tao amin' ny Almà 20–22.

- Inona no tian' i Lamônia hatao rehefa niorina tao amin' ny fanjakany ny Fiangonana? (Jereo Almà 20:1.) Nahoana no zava-dehibe ho an' ireo vao niova fo ny mizara ny fijoroana ho vavolombelona ananany amin' ny hafa? Ahoana no ahafahantsika mitozo mba hananana faharisihana toy izany?
- Ahoana no nanehoan' ny resaka teo amin' i Lamônia sy ny rainy ny halalin' ny fiovam-pon' i Lamônia? (Jereo Almà 20:13–15.)
- Inona no nanaitra ny rain' i Lamônia mpanjaka momba an' i Amôna? (Jereo Almà 20: 26–27). Nahoana no mahery tokoa amin' ny fanalefahana ny fon' ny olona ny fitiavana sy ny fijoroana ho vavolombelona? (Asao ny mpianatra hizara ny zavatra nodiaviny momba ny fomba nanalefahan' ny fitiavana sy ny fijoroana ho vavolombelona ny fony na ny fon' ny ankohonany na ny an' ny namany.)

Hazavao fa ny Almà 21 dia manomboka amin' ny tantaran' i Aharôna rahalahin' i Amôna ary ireo rahalahiny. Nitory ny filazantsara tamin' ny Amalekita sy ny Amiolonita tao Jerosalema izy ireo, saingy ireto Nefita mivadika ireto dia mafy fo izaitsizy tokoa ka nolaviny ny hihaino azy ireo. Niainga i Aharôna sy ireo rahalahiny ary nanomboka nitory tany amin' ny tanin' i Midônia, toerana nanipazana azy ireo tao am-ponja ary nanaovana toetra tsy zaka taminy.

- Inona no nataon' i Aharôna sy ny rahalahiny raha vantany vao nafahana avy tao am-ponja izy ireo ary nomen-kanina sy notafiana? (Jereo Almà 21:14–15. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny hoe: Mandroso hatrany na dia eo aza ny fijaliana). Nahoana no zava-dehibe amintsika ny mitozo amin' ny asantsika ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra, indrindra fa rehefa miatrika fijaliana sy fahoriana isika?

- Ahoana no nahafantaran' i Almà sy ireo rahalahiny ny toerana tokony halehany hampianarana ny filazantsara? Ahoana no nitahiana azy ireo rehefa notarihan' ny Fanahy izy ireo? ( Jereo Almà 21: 17). Ahoana no efa nitahiana anao tamin' ny fihainoanao ny bitsiky ny fanahy?

- Notarihin' ny Fanahy i Aharôna hankany an-tranon' ny rain' i Lamônia mpanjaka ( Almà 22:1). Ahoana no nanampian' ny ohatra nasehon' i Amôna hamonoana ny rain' i Lamônia hampianarina? Soraty eo amin' ny solitrabe hoe: *" Aoka ho ohatra tsara."* Ahoana no nahitanao ny ohatra nasehon' ny mpikambana ao amin' ny fiangonana mba ho fitaomana ny hafa ho amin' ny tsara?

- Ahoana no nampitovy ny fampianaran' i Aharôna ny rain' i Lamônia tamin' ny fampianaran' i Amôna an' i Lamônia? ( Ampitahao Almà 18: 24–29 sy Almà 22: 7–14.) Inona no nolazain' i Aharôna rehefa nanontany izay tokony hataony mba hahazoana fanantenana ny amin' ny fanavotana ny rain' i Lamonia? ( Jereo Almà22: 16. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny valintenin' ny mpianatra. Mety ho hita ao anatin' izany ireto tanisaina manaraka ireto.)

  a. "Miankohoka eo anatrehan' Andriamanitra."
  b. "Mibebaka amin' ny fahotanao rehetra."
  d. "Miantso ny anaran' Andriamanitra amin' ny finoana."

- Inona ny sorona efa nivononan' ny mpanjaka mba hatao hahafantarana an' Andriamanitra? ( Jereo Almà 22: 15, 17–18). Inona no azontsika tsoahina amin' ny ohatra nasehon' ny mpanjaka?

  Raha niresaka ny Almà 22: 15, 18 ny filoha Ezra Taft Benson dia hoy izy: " Tsy maintsy mahafoy ny fahotantsika ny tsirairay avy amintsika raha te hahafantatra marina an' i Kristy. Satria tsy mahafantatra Azy isika raha tsy tonga tahaka Azy. Misy ny sasany tahaka ity mpanjaka ity, izay tsy maintsy mivavaka ambara-panongotany koa ny faharatsiam-panahy hiala ao anatiny ka hahitany io hafaliana io ihany koa (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1983, 63; na *Ensign,* Nov. 1983, 43).

- Tahaka an' i Lamônia zanany lahy dia nentanin' ny Fanahy ny vatan' ny mpanjaka. Rehefa nitsangana ny mpanjaka dia nambarany ny teny vavolombelony ka maro no niova fo tamin' ny alalan' izany fisehoan-javatra izany ( Almà 22: 18–26). Inona no nataon' ny mpanjaka taorian' ny fiovam-pony izay nanampy ireo iraka mpitory hitondra olona an' arivony ho amin' ny fahalalana ny Tompo? ( Jereo Almà 22: 26; 23: 1–6.) Inona no traikefa ananananao na fantatrao ka nanana akony tsara teo amin' ny maro hafa ny fiovam-pon' ny olona iray?

---

Famaranana

Mariho fa ny fisahanantsika ankehitriny ny asa fitoriana dia mitovy amin' ny an' i Amôna sy i Aharôna: amporisihana ireo iraka mpitory hampiorina ny firahalahiany misy fifampitokiana, hankatò ny Fanahy ary hampianatra ny drafitry ny fanavotana avy amin' ny soratra masina.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana izay noresahina nandritra ny lesona.

# “Niova fo ho an’ ny Tompo”

Lesona
26

*Almà 23–29*

**Tanjona**

Mba hamporisika ny mpianatra hanamafy ny fiovam-pony sy hampitombo ny faniriany hanampy ny hafa ho tonga hiova fo.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento am-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:

   a. Almà 23–24. An’ arivony tamin’ ny Lamanita no niova rehefa avy nampianarin’ ireo zanakalahin’ i Môsia. Niantso ny tenany ho Antia-Nefia-Lehia ireo Lamanita niova fo. Ho vavolombelona amin’ Andriamanitra fa tsy hanota na oviana na oviana intsony izy ireo amin’ ny fandatsahan-dra, dia nalevin’ ireo Antia-Nefia-Lehia ny sabany ary nolaviny ny handray azy ireny rehefa nanafika ny miaramilan’ ny Lamanita.

   b. Almà 27–28. Nitarika an’ ireo Antia-Nefia-Lehia i Amôna mba hitady fialokalofana any anivon’ ny Nefita. Nomen’ ny Nefita ny Antia-Nefia-Lehia ny tanin’ i Jersôna ary nampanantenainy ny hiaro azy ireo amin’ ny fahavalony. Tonga indray mba hiady amin’ ny Nefita ny Lamanita ary resy.

   d. Almà 26, 29. Mirehareha ny amin’ ny Tompo i Amôna raha nanao jery todika ny fahombiazana azony sy ireo rahalahany tamin’ ny fitoriana tamin’ ny Lamanita. Irian’ i Almà ny mba hahatongavan’ ny fifaliana amin’ ny rehetra amin’ ny alalan’ ny fibebahana sy ny drafitry ny fanavotana.

2. Raha misy ilay sary “Mandevina ny sabany ny Antia-Nefia-Lehia,” dia miomàna hampiasa izany mandritra ny lesona (62565; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 311).

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Anontanio ny mpianatra hoe:

- Inona ny toetra na fitondran-tena mampiavaka ny olona izay niova fo marina tokoa?

Hazavao fa ity lesona ity dia manadihady ny momba ny vondron’ olona izay niova fo marina tokoa ho an’ ny Tompo, ka ny soratra masina dia mirakitra fa “tsy nihemotra na oviana na oviana izy ireo” (Almà 23:6).

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin’ ny ilain’ ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo andinin-tsoratra masina voafantina eo amin’ ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin’ ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Niova fo ho an' ny Tompo ny Antia-Nefia-Lehia.**

Hadihadio Almà 23–24. Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ireo andininy voafantina. Ampahatsahivo ny mpianatra fa ny rain' i Lamônia, izay mpanjakan' ny Lamanita rehetra, dia niova fo tamin' ny alalan' ny fampianaran' i Aharôna (Almà 22).

- Inona no nataon' ny mpanjakan' ny Lamanita rehefa niova fo izy? (Jereo Almà 23:1–2.) Nahoana izy no nanao izany? (Jereo Almà 23:3.) Inona no vokatr' io filazana io ary inona no zavatra nataon' i Aharôna sy ireo rahalahiny taorian' io? (Jereo Almà 23:4–7.)
- Inona ny fihetsika nanehoan' ireo Lamanita niova fo fa marina sy tsotra ny fiovam-pony? (Fintino eo amin' ny solaitrabe ireo valintenin' ny mpianatra. Voatanisa eo ambany ireo valinteny sasantsasany miaraka amin' ny fanontaniana mba hamporisihana ny fifanakalozan-kevitra.)

  a. "Niova fo ho an' ny Tompo" izy ireo (Almà 23:6). Nahoana no ilana an' i Jesoa Kristy ho fototry ny fiovam-pontsika? Inona ireo antony hafa mety hahatarika ny olona amin' ny Fiangonana? (Mety ho hita ao amin' ny valinteny ny toetr' ireo iraka mpitory, ny fitaoman' ireo namana, na ny fanintonan' ireo fandaharan' asa eo anivon' ny fiarahamonina.) Nahoana no mandamoka ny fitondran' ireo zavatra ireo samirery ho amin' ny fiovam-po marina?
  b. "Naniry izy ireo . . . ny mba hahazoana manavaka azy ireo amin' ny rahalahiny" (Almà 23:16). Tamin' ny fomba ahoana no nifidianan' ireo Lamanita niova fo hanavahana ny tenany amin' ireo rahalahany izay nijanona ho olon-dratsy? (Jereo Almà 23:16–18; 27:27–30.) Amin' ny fomba ahoana no anavahana antsika amin' izao tontolo izao rehefa niova fo isika? Nahoana no zava-dehibe ny anavahantsika ny tenantsika amin' ny fomba toy izany?
  d. Nasehony ny fankasitrahana an' Andriamanitra na dia tamin' ireo fotoan' ny fizahan-toetra sy ny fijaliana aza (Almà 24:6–10, 23). Inona no fijaliana natrehin' ny Antia-Nefia-Lehia vokatry ny fiovam-pony? (Jereo Almà 24:1–2, 20–22; 27:1–3.) Na dia teo aza ireo fijaliana ireo, dia inona no mbola nahafeno fankasitrahana azy ireo? (Jereo Almà 24:7–10.) Ahoana no ahafahan' ny fankasitrahana an' Andriamanitra manampy antsika hiatrika ny fizahan-toetra sy ny fijaliana?
  e. "Nalain' izy ireo ny sabany. . . ary naleviny lalina tao anaty tany izany" (Almà 24:15–17). Raha ampiasainao ny sarin' ny Antia-Nefia-Lehia dia asehoy izany izao. Nahoana no nalevin' ny Antia-Nefia-Lehia ny sabany sy ireo fiadiana hafa? (Jereo Almà 23:7; 24:11–13, 18–19.) Nahoana no zava-dehibe ny nandevenany ny fiadiany toy izay ny nampanantena fotsiny ny tsy hampiasa azy ireny? Ahoana no ahafahantsika mikomy amin' Andriamanitra indraindray? Inona no azontsika atao mba handevenana ny "fiadian' ny fikomiantsika"?
  f. Nasehony ny "fitiavana lehibe" ireo rahalahiny (Almà 26:31). Ahoana no nanehoan' ny fanapahan- kevitry ny Antia- Nefia Lehia handevina ny fiadiany ny fitiavany ny mpiara-monina aminy sy Andriamanitra? (Jereo Almà 24:18; 26:32–34.) Amin' ny fomba ahoana no ahafahan' ny fiovam-pon' ny olona iray mampitombo ny fitiavany ny hafa?

- Ahoana no fihetsik' ireo Lamanita tsy niova fo rehefa hitany fa tsy handray fiadiana hanoherana azy ireo ny Antia-Nefia-Lehia? (Jereo Almà 24:20–27.)

Araka ny hevitr' i Môrmôna dia inona no lesona azontsika tsoahina avy amin' izany tantara izany? (Jereo Almà 24:27; mariho ny fandinihin' i Môrmôna izay manomboka amin' ny fehezanteny hoe: "dia toy izany no ahitantsika.")

**2. Mikatsaka fialokalofana any anivon' ny Nefita ny Antia-Nefia-Lehia.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana avy tao amin' ny Almà 27–28.

- Nahoana i Amôna sy ireo rahalahiny no namporisika ny Antia-Nefia-Lehia handeha any an-tanin' i Zarahemlà izay nonenan' ny Nefita? (Jereo Almà 27:1–5.) Nahoana ny mpanjaka no nalaina ny hitondra ny vahoakany hankany an-tanin' i Zarahemlà? (Jereo Almà 27:6.) Inona no nandresy lahatra ny mpanjaka handeha hankany Zarahemlà? (Jereo Almà 27:7–14.) Ahoana no ahafahan' ny finoantsika ny Tompo manampy antsika rehefa miatrika toe-javatra mahatahotra isika?
- Inona no nataon' ny Nefita rehefa nangatahin' i Amôna izy ireo mba hampiditra ny Antia-Nefia-Lehia ao amin' ny taniny? (Jereo Almà 27:20–26.) Ahoana no nanampian' ny Nefita ny Antia-Nefia-Lehia hitana ny fanekempihavanany tamin' ny Tompo? Ahoana no ahafahantsika manampy ny hafa hitoetra miova fo ho an' ny Tompo?

Mariho fa hatramin' ny fotoana nonenan' ny Antia-Nefia-Lehia tao Jersôna, dia fantatra amin' ny anarana hoe ny vahoakan' i Amôna izy ireo (Almà 27:26). Hatrany amin' ny faran' ity Bokin' i Môrmôna ity— ary hatrany amin' ny faran' ity fampianarana ny Fotopampianaran' ny Filazantsara ity— dia tondroina amin' ny hoe ny vahoakan' i Amôna na ny Amônita izy ireo.

- Inona ny antambo lehibe nitranga rehefa nampionenana teo an-tanin' i Jersôna ny vahoakan' i Amôna? (Jereo Almà 28:1–3.) Taorian' ity ady lehibe ity, dia maro ireo olona mitoloko noho ireo voavono an' ady (Almà 28:4–6). Nahoana no natahotra ireo mpisaona sasany raha ny hafa kosa nifaly? (Jereo Almà 28:11–12.) Inona no azontsika tsoahina amin' ireo valinteny ireo? (Jereo Almà 28:13–14.)

**3. Mifaly amin' ny fahatontosan' ny asan' ny Tompo i Amôna sy i Almà.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Almà 26 sy 29. Mariho fa ny Almà 26 dia mitantara ny fihetseham-pon' i Amôna momba ny fahombiazana nodiavin' izy sy ny rahalahiny, tamin' ny fitondrany ny filazantsara ho an' ny Lamanita. Almà 29 dia mitantara ny fihetseham-pon' i Almà momba ny fahombiazan' i Amôna sy ireo rahalahiny ary maneho ny fanirian' i Almà ny mba hananan' ny olona rehetra fahafahana handrenesana sy hanekena ny filazantsara.

- Inona "ireo fitahiana lehibe" nomen' ny Tompo an' i Amôna sy ny rahalahiny? (Jereo Almà 26:1–9.) Ahoana no hahatonga antsika ho "fitaovana mahomby eo an-tanan' Andriamanitra mba hanatontosa ny asany lehibe"? (Jereo Almà 26:22.)
- Ahoana no navalin' i Amôna rehefa nanarin' i Aharôna izy noho ny fireharehany? (Jereo Almà 26:10–16, 35–37.) Ahoana no ahafahantsika "mirehareha ny amin' Andriamanitsika" sy "mifaly ao amin' Andriamanitsika"? Tamin' ny fomba ahoana no efa nitahian' ny Tompo anao mihoatra noho ny tanjakao mba hoenti-manatontosa ny asany?

- Ahoana no navalin' ny mponin' i Zarahemlà rehefa nambaran i Aharôna sy ny rahalahiny ny asa fitoriana ataony any amin' ny Lamanita? (Jereo Almà 26:23–25.) Inona no azontsika tsoahina amin' ity toe-javatra mikasika ny fiheverana sahady izay ho fandraisan' ny olona ny filazantsara ity, mialohan' ny hamelana azy hanaiky na hitsipaka izany amin' ny nahim-pony? Ahoana no ahafahantsika mandresy ity fironana ity?
- Inona no azontsika ianarana amin' i Amôna sy ny rahalahiny momba ny fomba tokony hiatrehantsika ny fijaliana? (Jereo Almà 26:27–30.) Ahoana no ahafahan' ny faharetana sy ny fitokiana ny Tompo manampy anao handia toe-javatra tsara ao anatin' ny toe-javatra sarotra?
- Nahoana i Almà no naniry ny ho lasa anjely? (Jereo Almà 29:1.) Inona no nolazain' i Almà fa ho vokany raha toa ka mibebaka ny "fanahy tsirairay" ary manatona an' Andriamanitra? (Jereo Almà 29:2; jereo koa Almà 28:14.) Inona no traikefa nampianatra anao fa ny fiainana ny filazantsara dia mitondra fifaliana eo amin' ny fiainantsika?
- Nahoana i Almà no nahatsapa fa nanota izy tamin' ny faniriany ny ho lasa anjely? (Jereo Almà 29:3, 6–7.) Ahoana no ahafahantsika mianiana amin' izay efa nomen' ny Tompo antsika raha mbola miezaka ny hampivoatra sy hanatsara ny tenantsika isika?
- Nilaza i Almà fa "tovin' Andriamanitra amin' ny olona araka ny fanirian' izy ireo, na ho fahafatesana izany, na ho fiainana" (Almà 29:4). Inona no hevitr' izany? (Jereo 2 Nefia 2:27.)
- Almà dia mifaly tamin' izay efa nataon' ny Tompo ho azy sy ho an' ireo razany (Almà 29:10–13). Inona no efa nataon' ny Tompo ho anao sy ny fianakavianao ka mahatonga anao hifaly? (Asao ny mpianatra hisaina mangina io fanontaniana io raha tsy tiany ny hizara ny eritreriny amin' ny mpiara-mianatra.)

---

Famaranana

Anaovy jery todika ireo fomba nanehoan' ny Antia-Nefia-Lehia fa miova fo marina tokoa izy ireo. Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana izay noresahina nanditra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ireto fitaovana manaraka ireto dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ity hevitra ity ao anatin' ny lesona.

**Manolokolo fitiavana sy fifaliana ny asa fitoriana**

Nasongadin' i Amôna ny fitiavana sy ny fifaliana izay zarain' ireo iraka mpitory amin' ireo izay ampianariny (Almà 26:1–4, 9, 11, 13, 30–31, 35). Asao ny mpianatra hilaza ny fitiavana tsapany ho an' ny olona izay nampianatra azy ny filazantsara na ny fifaliana izay efa niainany tamin' ny fizarana ny filazantsara tamin' ny hafa.

# “Ny zava-drehetra dia maneho fa misy Andriamanitra”

Lesona
27

*Almà 30–31*

**Tanjona**

Mba hoenti-mampianatra ny mpianatra ny fomba amantarana sy anoherana ny fampianarana diso ary tsy ivadihana amin’ ny fijoroana ho vavolombelona ananana momba an’ i Jesoa Kristy.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
    a. Almà 30:1–18. Kôrihôra, ilay anti-Kristy, dia nitarika ny fon’ ny maro tao Zarahemlà haniasia tamin’ ny fitoriana fa “tsy tokony ho nisy i Kristy” ary “na inona na inona nataon’ ny olona iray dia tsy heloka izany.”
    b. Almà 30:19–60. Niezaka ny hitory tao an-tanin’ i Jersôna sy i Gideôna i Kôrihôra. Nanda ny hihaino ny olona, ka nentiny teo anoloan’ ireo mpitondra azy izy. Rehefa izany dia nentina teo anoloan’ i Almà izy, izay vavolombelona nanambara ny amin’ ny fiavian’ i Kristy sy ny fisian’ Andriamanitra. Nangataka famantarana i Kôrihôra ary voan’ ny fahamoanana.
    d. Almà 31. Nitarika iraka i Almà mba hamerina ny Zôramita nihemotra izay efa nanaraka finoana diso sy fomba fitsaohana feno fihamboana.
2. Angataho ny mpianatra iray mba hiomana ny hamaky mafy ny Almà 31:15–18 ary ny iray hafa mba hiomana ny hamaky mafy ny Almà 31:26–35.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Iangavio ny mpianatra iray hieritreritra toerana iray izay misy saingy tsy mbola notsidihiny mihitsy.

- Nahoana ianao no mino fa misy io toerana io?

Hazavao fa ity lesona ity dia manadihady ny momba ny lehilahy iray izay milaza fa tsy mety ho fantatsika ny amin’ ny zavatra izay tsy hitantsika. Nitohika i Kôrihôra fa ny olona izay tsy nahita an’ Andriamanitra dia tsy afaka ny hahafantatra ny fisiany. Saingy, tahaka ny ananantsika ny fitantaran’ ny hafa mba hanampy antsika hahafantatra ny toerana izay tsy mbola hitantsika, no ananantsika ny teny vavolombelon’ ireo mpaminany, sy ny fanomezana ny Fanahy Masina mba hanampy antsika hahafantatra fa misy Andriamanitra ary marina ny filazantsarany.

Mariho fa ny fampianaran’ i Kôrihôra dia zavatra fahita eo amin’ izao tontolo izao ankehitriny. Ny fahatakarana ny fomba namalian’ ny olona ny famitahany dia mety hanampy antsika rehefa miatrika filôzôfia na hevitra diso isika.

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo andinin-tsoratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Kôrihôra dia nitarika ny fon' ny maro tao Zarahemlà haniasia.**

Hadihadio Almà 30:1–18. Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ireo andininy nofantenana. Hazavao fa taorian' ny nitoeran' ny vahoakan' i Amôna tao an-tanin' i Jersôna sy nanosehana ireo mpiady Lamanita hiala ny tany, dia niaina tao anatin' ny fandriampahalemana ny Nefita nandritra ny taona faha-16 nitondran' ireo mpitsara ary nandritra ny ankabeazan' ny taona faha-17.

- Inona no nitranga tany akaikin' ny faran' ny taona faha-17 ka nandrava ny fiadanan' ny olona? (Jereo Almà 30:6, 12.) Inona no atao hoe anti-Kristy? (Jereo ny hoe "anti-Kristy" ao amin' ny rakibolan' ny Baiboly, izay milaza fa ny anti-Kristy dia izay olona na zavatra ka misandoka ny filazantsara marina na ny drafitry ny famonjena ary manangana fanoherana an-kitsirano na miafina an' i Kristy").
- Inona no sasany tamin' ireo fampianarana diso naelin' i Kôrihôra tany anivon' ny vahoakan' i Zarahemlà? (Asaovy vakian' ny mpianatra Almà 30:12–18 mba hahitany ny valin' ny fanontaniana. Aseho eto ambany ny valiny sasany.)

  a. "Tsy hisy i Kristy. . . . Tsy azonareo fantarina ny amin' ny zavatra izay tsy hitanareo; noho izany dia tsy azonareo fantarina fa hisy i Kristy" (Almà 30:12–15). Raha nampiasainao ilay fisarihana ny saina, dia ivereno izany ka hadihadio vetivety ny zavatra sasany izay fantatsika fa misy saingy mety tsy ho hitantsika.
  b. "Tsy misy olona mety hahalala ny amin' ny zavatra izay ho avy" (Almà 30:13). Mariho fa mifanohitra ny filazan' i Kôrihôra fa tsy misy olona mety hahalala ny amin' ny zavatra ho avy sy ny filazany koa fa tsy hisy i Kristy.
  d. Ny finoana ny sorompanavotana "dia vokatry ny saina mirediredy" (Almà 30:16).
  e. "Ny olona tsirairay dia niroborobo araka ny halalinan-tsainy, ary ny olona tsirairay dia naharesy araka ny heriny" (Almà 30:17).
  f. "Na inona na inona nataon' ny olona dia tsy heloka" (Almà 30:17).
  g. "Rehefa maty ny olona dia izay no vita ny aminy" (Almà 30:18).

- Ahoana no fiantraikan' ny fampianaran' i Kôrihôra teo amin' ny olona izay nihaino azy? (Jereo Almà 30:18.) Nahoana no hitarika ny olona hanota ireo fampianarana ireo? Amin' ny fomba ahoana no ananan' ny fahalalantsika an' i Jesoa Kristy, ny sorompanavotana, ary ny fiainana aorian' ny fahafatesana hery amin' ny safidintsika isan' andro?

**2. Kôrihôra dia nentina teo anoloan' i Almà izay nijoro ho vavolombelon' ny fiarian' i Kristy.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Almà 30:19–60. Hazavao fa rehefa avy nanely ny fampianaran-disony tao Zarahemlà i Kôrihôra dia niezaka ny hitory ireo zavatra ireo ihany tany anivon' ny vahoaka tao Jersôna sy Gideôna. Tsy mba tahaka ny mponina tao Zarahemlà anefa ireo olona ireo fa

nasehony ny ohatra tsara tokony harahintsika manoloana ny olona toa an' i Kôrihôra. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny lohateny hoe: *Ny fifampikasohana amin' ireo Kôrihôran' izao andro izao*. Alaharo eo ambany ireo hevitra naboraka tao amin' ity fizarana ity araka ny hanadihadianareo azy ireny.

- Inona no nataon' ny vahoakan' i Amôna rehefa niezaka ny hanely ny fampianaran-disony tany anivony i Kôrihôra? (Jereo Almà 30:19–21.) Ahoana no nanehoan' ny fihetsiny fa izy ireo dia "hendry kokoa" noho ireo Nefita tao Zarahemlà? (Nihaino ny fampianaran-dison' i Kôrihôra ny mponin' i Zarahemlà; fa ny vahoakan' i Amôna sy ny vahoaka tao Gideôna kosa dia tsy nety.) Ahona no mety hahahendry antsika ka hampiasantsika ny fahaiza-manavaka amin' ny toe-javatra toy izany? (Soraty eo ambany lohateny eo amin' ny solaitrabe ny hoe: *aoka ho hendry*.)
- Inona ireo fiampangana diso nataon' i Kôrihôra hanoherana ireo mpitondra Fiangonana? (Jereo Almà 30:23–24, 27–28, 31.) Nahoana no heverinao fa nanaovany izany? Ahoana no manampy antsika ho tonga afaka noho ny hamarina antsika any amin' ny fanadevozana araka izay ambaran' i Kôrihôra ny fankatoavantsika ireo mpitarika antsika ao amin' ny fiangonana?
- Ahoana no namalian' i Almà ny fiampangan' i Kôrihôra hanoherana ireo mpitarika ny Fiangonana? (Jereo Almà 30:32–35. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny hoe: *Mahalala ny marina*.) Ahoana no hanampian' ny fahalalana ny marina antsika rehefa mifanehitra amin' ny fampianaran-diso isika?
- Ahoana no namalian' i Almà ny filazan' i Kôrihôra fa tsy misy Andriamanitra? (Jereo Almà 30:39. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny hoe: *Mijoro ho vavolombelona .)* Ahoana no itahiana antsika rehefa mijoro ho vavolombelon' i Jesoa Kristy isika?
- Inona no hain' i Almà nofantarina momba an' i Kôrihôra? (Jereo Almà 30:42.) Ahoana no ahaizantsika mamantatra ireo fampianarana marina amin' ireo diso? (Jereo Môrônia 10:5. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny hoe: *Mikatsaka ny fitarihan' ny Fanahy Masina*.)
- Rehefa nangataka famantarana iray momba ny fisian' Andriamanitra i Kôrihôra dia inona no famantarana naroson' i Almà ho porofo fa velona Andriamanitra? (Jereo Almà 30:44. Notanisain' i Almà ny teny vavolombelon' "ireo rahalahinareo rehetra ireo," ny mpaninany, ny soratra masina ary "ny zava-drehetra." Soraty eo amin' ny solaitrabe ny hoe: *Mampianatra ny marina avy amin' ireo mpaminany sy ny soratra masina*.) Ahoana no nanampian' ireo porofo ireo manafy ny finoanao?
- Na dia taorian' ny teny vavolombelon' i Almà aza, dia mbola notohizan' i Kôrihôra ny fangatahana mba hanehoana famantarana (Almà 30:45). Inona no famantarana noraisin' i Kôrihôra? (Jereo Almà 30:49–50.) Nahoana no nomena io famantarana io? (Jereo Almà 30:47.) Rehefa niaiky i Kôrihôra fa nofitahina izy dia inona no nolazainy ho antony nanarahany ny devoly? (Jereo Almà 30:53.)
- Inona no nanjo an' i Kôrihôra tamin' ny farany? (Jereo Almà 30:54–56, 58–59.) Inona no antony heverinao fa nampidiran' i Môrmôna ny tantaran' i Kôrihôra tao amin' ny famintinana ireo takelaka? Inona no ampianarin' ity tantara ity antsika momba ny anjaran' ireo izay mamilivily ny làlan' ny Tompo? (Jereo Almà 30:60.)

**3. Nitarika asa fitoriana i Almà mba hamerina ireo Zôramita nihemotra.**

Vakio ary hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Almà 31.

- Nahoana i Almà no nanapa-kevitra ny handeha hitory mba hamerina ireo Zôramita? (Jereo Almà 31:1–6. Nalahelo izy noho ny fanompoan-tsampin' izy ireo. Ankoatra izany dia nanahy ny Nefita fandrao dia hitambatra amin' ny Lamanita ny Zôramita.) Nahoana i Almà no nino fa izy sy ny rahalahiny dia tokony hitory ny tenin' Andriamanitra? (Jereo Almà 31:5.) Ahoana no fahitanao ny fiovana nentin' ny tenin' Andriamanitra teo amin' ny fiainan' ny olona?
- Efa mpikambana tamin' ny Fiangonana ny Zôramita, saingy efa "lavo tao amin' ny fahadisoana lehibe" izy ireo (Almà 31:8–9). Nahoana izy ireo no lavo tao amin' ny apôstazia? (Jereo Almà 31:9–11.) Inona no azontsika atao ho fiarovana amin' ny apôstazian' ny isam-batan' olona?
- Inona ny zavatra nianaran' i Almà sy ny rahalahiny tamin' ny fomba fitsaohan' ny Zôramita? (Jereo Almà 31:12–23. Azonao atao ny manamarika fa ankoatra ny fananany fomba fiderana mamohehatra, dia "niverina tany amin' ny fonenany ny Zôramita ary tsy niresaka na oviana na oviana ny momba an' Andriamanitra, ambara-piarahany nivory indray.") Ahoana no fihetseham-pon' i Almà sy ireo rahalahiny, rehefa nanatri-maso ity fomba fitsaohana diso ity izy ireo? (Jereo Almà 31:19, 24.)

Hazavao fa mirakitra vavaka roa ny toko 31— ny iray ataon' ny Zôramita ary ny iray hafa ataon' i Almà. Asaovy mamaky ireo vavaka ireo ny mpianatra voatondro (jereo "Fanomanana," andininy 2). Asaovy eritreretin' ny mpianatra ny maha samy hafa ireo vavaka roa ireo rehefa voavakiny. Tanisaina eo amin' ny takila manaraka ny sasany amin' ny ventin-kevitry ny vavaka tsirairay.

*Vavaky ny Zôramita*

Andriamanitra dia efa fanahy, dia fanahy ary ho fanahy mandrakariva (Almà 31:15).
"Tsy mino ny fomban' ny rahalahinay izahay" (Almà 31:16).
"Tsy hisy i Kristy" (Almà 31:16).
"Hovonjena izahay," fa ny hafa rehetra kosa dia "hatsipy any amin' ny helo" (Almà 31:17).
Ny hafa dia voafatotry ny "fomba adaladala" (Almà 31:17).
"Vahoaka finidy sy masina izahay" (Almà 31:18).

*Vavak' i Almà*

"Omeo tanjaka aho mba hahazoako miaritra ny kilemako" (Almà 31:30).
"Ianao anie hampionona ny fanahiko ao amin' i Kristy" (Almà 31:31).
"Omeo ho ahy ary koa ny mpiasa namako ny fahombiazana" (Almà 31:32).
"Ianao anie hampionona ny fanahin'[ ny mpiasa namako] ao amin' i Kristy" (Almà 31:32).
Ampio izahay hitondra ny Zôramita "hankany Aminao" (Almà 31:34–35).
"Sarobidy ny fanahin' [ny Zôramita]" (Almà 31:35).
"Omeo anay . . . ny fahefana sy ny fahendrena" (Almà 31:35).

- Ahoana no maha samy hafa ny vavak' i Almà amin' ny vavaky ny Zôramita? (Azonao atao ny hampifanohitra ny fiavonavonana, ny fitiavan-tena ary ny tsy finoan' ny Zôramita amin' ny fanetrentenan' i Almà, ny fitiavany ny hafa ary ny finoany.)

- Inona ny toetran' ny Zôramita izay sakana lehibe indrindra tamin' ny fananany finoana an' i Kristy? (Jereo Almà 31:24–29.) Ahoana no vokatry ny fiavonavonana eo amin' ny fitsaohantsika? (Jereo Almà 15:17; 34:38; Fotompampianarana sy Fanekampihavanana 59:21.) Nahoana no sakana amin' ny famonjena ny fiavonavonana?
- "Nalahelo ny fon' i Almà noho ny faharatsian' ny Zôramita. Nivavaka tamin-kafanam-po tokoa izy mba hahazoany, izy sy ireo rahalahany, mitondra azy ireo indray hankany amin' i Kristy." (Almà 31:24, 34) Inona no andraikitra ananantsika ankehitriny mba hanampiana ireo izay efa niala tamin' ny fampianaran' i Jesoa Kristy? (Jereo 3 Nefia 18:32.) Ahoana no anampian' ny vavaka antsika rehefa manao asa fitoriana isika na rehefa nanatontosa antso samihafa?
- Ahoana no nitahiana an' i Almà sy ireo rahalahiny? (Jereo Almà 31:38.) Ahoana no hitahian' ny Tompo antsika raha amim-pinoana no ivavahantsika ho an' izay rariny? (Asao ny mpianatra hizara ny traikefa izay nitahian' ny Tompo azy rehefa nivavaka tamim-pinoana izy.)

---

Famaranana

Mariho fa mbola fahita ankehitriny ny foto-pisainan' i Kôrihôra sy ny Zôramita. Hatrany am-pianarana ka hatrany amin' ny toeram-piasana, amin' ny fampitam-baovao, amin' ireo boky ary indraindray any an-tokantrano, dia misy ireo izay mitory ny fotopampianaran-dison' i Kôrihôra mba "hampitsahatra ny firavoravoantsika" (Almà 30:22). Tahaka ny Zôramita dia maro koa ankehitriny no mametraka ny fony amin' ny "zava-poanan' izao tontolo izao" (Almà 31:27). Amporisiho ny mpianatra hanamafy ny tenany amin' ny fahazotoana mandinika ny Bokin' i Môrmôna, ny vavaka isan' andro ary ny fankatoavana tsy tapaka ny didin' Andriamanitra.

Araka ny fitarihin' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

Lesona
28

# "Ny teny dia ao amin' i Kristy ho famonjena"

*Almà 32–35*

---

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatakatra fa ny tenin' Andriamanitra no hitarika azy hankany amin' i Jesoa Kristy sy hamporisika azy "hamahana ny teny" ao ampony (Almà 32:40).

---

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Almà 32:1–27. Namporisihin' i Almà ireo Zôramita manetry tena mba hampihatra finoana ary hanome toerana ao am-pony ho an' ny tenin' Andriamanitra.
   b. Almà 32:28–43. Nampitahain' i Almà tamin' ny voa izay ambolena ao ampon' ny olona ny tenin' Andriamanitra. Nampianatra ny olona izy fa tsy maintsy fahanany amin' ny fikolokoloana fatratra ny teny mba hahazoany ny fiainana mandrakizay rahatrizay.
   d. Almà 33. Nitanisa ny teny vavolombelon' ireo mpaminany momba an' i Jesoa Kristy i Almà ary namporisika ny olona izy hamboly ny tenin' Andriamanitra ao am-pony.
   e. Almà 34. Vavolombelona nanambara ny amin' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy i Amioleka. Nandidy ny olona izy hivavaka sy hampihatra finoana ho amin' ny fibebahana.
2. Raha hampiasa fihetsika hisarihana ny saina ianao, dia mitondrà voa iray ao am-pianarana.

---

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao ity fampiasana manaraka ity na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Asehoy ilay voa izay efa nentinao ao am-pianarana. Asaivo alain' ny mpianatra an' eritreritra fa misy olona nanome voa azy ary nilaza taminy fa hitombo izany ka ho lasa hazo ary hamoa voankazo tsara.

- Inona no tokony hataonao mba hahitanao raha hamoa voankazo tsara tokoa ilay voa?

Hazavao fa manomboka amin' ny fanadihadiana ny Almà 32 ity lesona ity. Hita ao anatin' ity toko ity ny lahateny iray izay ao anatiny no ampitahan' i Almà ny tenin' Andriamanitra amin' ny voa iray. Namporisika ny andian' ireo Zôramita manetry tena izy "hanisa toerana mba hahazoana mamboly izany voa izany" ao am-pony (Almà 32:28). Nampanantena izy fa raha fahanany izany voa izany dia hitombo ambara-pahatongany ho hazon' aina izay "sarobidy indrindra" ny voany sy "mamy manoatra noho ny rehetra izay mamy" (Almà 32:40–42).

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento am-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo andinin-tsoratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Ampianarin' i Almà ireo Zôramita manetry tena mba hampihatra finoana sy hanisa toerana ao am-pony ho an' ny tenin' Andriamanitra.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Almà 32:1–27. Ampahatsiahivo ny mpianatra fa efa niditra tao amin' ny iray amin' ireo sinagôgan' ny Zôramita i Almà sy i Amioleka mbamin' ireo rahalahiny. Tao no nandrenesany fa "tsy hisy i Kristy" (Almà 31:16–17). Rehefa reny izany fampianarana diso izany, dia nifampizarazara i Almà sy i Amioleka mbamin' ireo rahalahiny mba hitory ny tenin' Andriamanitra sy hijoro ho vavolombelon' i Kristy (Almà 31:36–37; 32:1).

- Raha nitory teny i Almà dia nanatona azy ny vahoaka Zôramita sesehena. Nahoana i Almà no nanam-pifaliana rehefa tonga teo aminy ireo Zôramita ireo? (Jereo Almà 32:6–8.) Inona no efa nitranga ka nanomana ireo olona ireo handre ny tenin' Andriamanitra? (Jereo Almà 32:2–5.)
- Nahoana no nanjary fitahiana ho an' ny Zôramita ny nahavoatery azy ireo hanetry tena? (Jereo Almà 32:12–13.) Nahoana no tsaratsara kokoa ny hanetrentsika tena toy izay voatery hanetry tena isika? (Jereo Almà 32:14–16.) Ahoana no ahafahan' ny tenin' Andriamanitra mitarika antsika hanetry tena?
- Inona no nampianarin' i Almà ny Zôramita momba ny hevitry ny hoe manam-pinoana? (Jereo Almà 32:17–18, 21.) Inona no nolazain' i Almà fa zavatra voalohany tokony hananantsika mba hampitombo ny finoantsika an' Andriamanitra? (Jereo Almà 32:22.) Amin' ny fomba ahoana no mety handraisantsika ny tenin' Andriamanitra? (Jereo Almà 17:2; 32:23; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:38; 18:33–36.)
- Inona no namporisihin' i Almà an' ireo mpihaino azy mba hataony ka hahafantarany fa marina ny teniny? (Jereo Almà 32:26–27.) Inona no dikan' ny hoe: "mamoha sy manaitra ny faharanitan' ny saintsika"? Ahoana no ahafahantsika "manandrana" ny tenin' Andriamanitra (Jereo Jaona 7:17.) Inona ny zavatra efa nodiavinao tamin' ny nanandramanao ny teny?

**2. Nampianarin' i Almà ny olona ny mamahana ny tenin' Andriamanitra ao am-pony.**

Vakio sy hadihadio Almà 32:28–43.

- Tamin' ny fampitahana ny tenin' Andriamanitra tamin' ny voa no nanoroan' i Almà hevitra ny Zôramita mba "hanisa toerana hahazoana mamboly voa" ao am-pony (Almà 32:28). Inona no tsy maintsy ataontsika mba "hanisantsika toerana" ao am-pontsika ho an' ny tenin' Andriamanitra?
- Araka ny voalazan' i Almà, dia inona no nanomboka tsapan' ny olona rehefa nambolena tao am-pony ny tenin' Andriamanitra? (Jereo Almà 32:28–31, 33–35. Mety ho tianao ny hanoratra ny valintenin' ny mpianatra eo amin' ny solaitrabe.) Inona no heverinao fa hevitry ny hoe mahatsapa ny teny "mandrobona ao an-tratrantsika"? Ahoana no ampivelaran' ny soratra masina

ny fanahintsika, anazavany ny faharanitan-tsaintsika, ary anitarany ny saintsika? (Jereo Almà 37:8–9.) Tamin' ny fomba ahoana no nahatonga ny tenin' Andriamanitra ho fy taminao?

- Inona no tsy maintsy tohizantsika ny fanaovana azy, rehefa manomboka mitombo ao am-pontsika ny tenin' Andriamanitra? (Jereo Almà 32:37.) Ahoana no ahafahantsika "mamahana ny teny amin' ny fikolokoloana fatratra"? (Jereo Almà 32:41.) Inona no heverinao fa hevitry ny teny hoe "miorimpaka" ao am-pontsika ary mitombo? (Almà 32:37).

- Inona no hitranga raha ataontsika an-tsirambina ny teny ary tsy fahanantsika rehefa nanomboka nitombo tao am-pontsika? (Jereo Almà 32:38–40.) Inona no mety hataontsika ka hahatonga ny tanintsika na ny fontsika hokarakaina?

- Any amin' ny faran' ny lahateniny, dia nampitahain' i Almà tamin' ny hazo iray izay efa nitombo avy tamin' ny voa iray ny teny (Almà 32:37). Inona ilay hazo voalazany etoana? (Jereo Almà 32:40–42.)

  Ivereno vetivety ny fahitana nahitan' i Lehia sy i Nefia ny hazon' aina. Ampahatsiahivo ny mpianatra fa ny hazon' aina dia tandindon' i Jesoa Kristy (jereo takila 00 ao amin' ity boky ity). Mariho fa ny tenin' Andriamanira, izay manana ny endriky ny anja-by ao amin' io fahitana io ary ny endriky ny voa ao amin' ny lahatenin' i Almà dia mitondra mankany amin' ny Mpamonjy, izay miendrika hazon' aina.

  Raha ny mikasika ny Almà 32 dia nampianatra ny loholona Jeffrey R. Holland fa, "Ao amin' ity lahateny miavaka ity i Almà dia mitondra ny mpamaky avy amin' ny fanazavana ankapobeny momba ny finoana amin' ny fampitahana ny tenin' Andriamanitra amin' ny voa iray, mankany amin' ny lahateny miompana amin' ny finoana an' i Kristy ho Tenin' Andriamanitra" (*Christ and the New Covenant* [1997], 169).

- Inona no voan' ny hazon' aina? (Fiainana maharitra mandrakizay. Jereo Almà 32:41; 33:23; jereo koa 1 Nefia 15:36; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7.)

**3. Notanisain' i Almà ny teny vavolombelon' ireo mpaminany momba an' i Jesoa Kristy ary namporisika ny olona izy hamboly ny tenin' Andriamanitra ao am-pony.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Almà 33. Hazavao fa rehefa avy nandre ny lahatenin' i Almà ny olona dia naniry ny hahafantatra ny "fomba tokony hanombohany mba hampiharany ny finoany" (Almà 33:1). Namaly i Almà ka nitanisa ny fampianarana momba an' i Jesoa Kristy nataon' ireo mpaminany toa an-dry Zenôsa, Zenôka ary i Mosesy.

- Inona no fampianaran' i Zenôsa nolazain' i Almà ny Zôramita? ( Azonao atao ny hampifandimby ireo mpianatra amin' ny famakiana ireo andininy amin' ny Almà 33:3–11.) Inona no tanjon' i Almà amin' ny fitanisana ny fampianaran' i Zenôsa momba ny vavaka? (Jereo Almà 33:11–14. Tiany ny hampianatra ny Zôramita mba hampihatra ny finoana ny Zanak' Andriamanitra. Mariho fa "noho ny amin' ny Zanany" no andrenesan' ny Ray any an-danitra ny vavaka ataontsika ary ampitodihany ny fitsarany hiala amintsika.)

- Nolazain' i Almà ny Zôramita fa i Zenôka mpaminany dia efa nijoro koa ho vavolombelon' i Kirsty (Almà 33:15). Inona no nampianarin' i Zenôka? (Jereo Almà 33:16.) Nahoana no fampianarana mavesa-danja izany ka nolazaina ny Zôramita? (Jereo Almà 31:12, 16–17.)
- Almà dia niteny ny momba ny menarana varahina izay nataon' i Mosesy ary natsangany tany an-tany foana (Almà 33:19; jereo koa Nomery 21:9). Ahoana no nahatonga ny menarana ho aloka sy tandindon' i Jesoa Kristy? (Jereo Almà 33:19; jereo koa Jaona 3:14–16; Helamàna 8:13–15.) Inona momba ny fampiharana ny finoana an' i Jesoa Kristy no lesona azo tsoahina avy amin' ny fitantaran' i Almà ny amin' ny menarana varahina? (Jereo Almà 33:20–23; jereo koa Almà 37:46.)

**4. Nijoro ho vavolombelona momba ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy i Amioleka. Nandidy ny olona izy hivavaka sy hampihatra finoana ho amin' ny fibebahana.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Almà 34. Hazavao fa rehefa avy niteny i Almà dia nitsangana i Amioleka ary nanomboka nampianatra ny olona.

- Nahatsapa i Almà sy i Amioleka fa mbola nisalasala ny olona raha toa ka tokony hino an' i Kristy izy (Almà 34:2–5). Ahoana no namalian' i Amioleka io fanontaniana io? (Jereo Almà 34:6–8.) Ahoana no mety handraisantsika teny vavolombelona mahery toy izany momba an' i Kristy? Ahoana no hanatanjahan' ny soratra masina, ny mpaminany ary ireo vavolombelona hafa momba an' i Kristy ny teny vavolombelonao momba Azy?
- Nahoana no "ho faty . . . ny olombelona rehetra" raha tsy teo ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy? (Jereo Almà 34:8–9; jereo koa Almà 22:14.) Nahoana no i Jesoa no hany afaka hanonitra noho ny fahotan' izao tontolo izao ary hamonjy antsika amin' ny vokatry ny fahalavoana? (Jereo Almà 34:10–12.) Inona no hevitry ny fampianaran' i Amioleka izay milaza fa ny sorompanavotana dia "sorona tsisy fetra sy mandrakizay"? (Jereo Almà 34:14–16.)

  Nampianatra ny loholona Bruce R. McConkie hoe: "Tsy maha tafatsangana ny tenany amin' ny maty ny olona; tsy mahavonjy ny tenany ny olona; tsy mahavonjy olona iray hafa ny herin' olombelona; tsy maha onitra noho ny fahotan' ny olona iray hafa ny herin' olombelona. Tsy maintsy tsisy fetra sy mandrakizay ny asa ho fanavotana; tsy maintsy tontosan' ilay olona tsisy fetra izany; Izy Andriamanitra tenany no tsy maintsy manonitra noho ny fahotan' izao tontolo izao" (*A New Witness for the Articles of Faith* [1985], 111–12).

- Ahoana no nanampian' ny torohevitr' i Amioleka, izay hita ao amin' ny Almà 34: 17–29, ny Zôramita izay tsy afaka nitsaoka afa-tsy tao amin' ny sinagôga ihany ary indray mandeha isan-kerinandro monja? Inona no azontsika tsoahina amin' io torohevitra io?
- Inona no nandidian' i Amioleka hataon' ny olona rehefa noraisiny ireo vavolombelona maro tokoa momba ny Mpamonjy? (Jereo Almà 34:30–31; jereo koa ny andininy 15–17, izay isehoan' ny fehezanteny hoe "finoana ho amin' ny fibebahana" inefatra.) Nahoana no ampahany fototra amin' ny fibebahana ny finoana an' i Kristy?

- Nampitandrina ny amin' ny fangatahan' andro na ny fanemorana ny andron' ny fibebahantsika i Amioleka (Almà 34:31–36). Nahoana ny olona indraindray no manemotra ny fibebahana? Ahoana no fiantraikan' ny torohevitra ao amin' i Almà 34:32 eo amin' ny fomba fiainantsika isan' andro?

---

Famaranana

Mariho fa ny tanjona amin' ny fambolena hazo fihinam-boa dia ny hahazoana mihinana amin' ny voany. "Rehefa manisa toerana isika mba hahazoana mamboly ny teny" ao am-pontsika, dia afaka "miandrandra ny voany isika" (Almà 32:28, 41). Vakio ny fanazavan' i Almà an' io voany io ao amin' i Almà 32:41–42. Ampahatsiahivo fa ny voany dia ny fiainana mandrakizay ary izany dia amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy ihany mba hahazoantsika mihinana amin' io voany io (Almà 34:14–16).

Araka ny fitarihin' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana izay noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ireto fitaovana manaraka ireto dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na ny roa amin' ireto hevitra ireto ao anatin' ny lesona.

**1. "Iriako ny mba hahatsiarovanareo ireto zavatra ireto" (Almà 34:37)**

Ho famaranana ny lesona dia asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny tenin' i Amioleka farany ho an' ny Zôramita ao amin' ny Almà 34:37–41.

**2. Fampaherezana ireo mpikambana vaovao ao amin' ny Fiangonana**

- Ny "ampahany mamim-bahoaka indrindra tamin' ny Zôramita" dia nandroaka ny olona izay nino ny tenin' i Almà mbamin' ny rahalahiny hiala (Almà 35:1–6). Ahoana no nandraisan' ny vahoakan' i Amôna ireny olona ireny? (Jereo Almà 35:7–9.) Inona no azontsika tsoahina amin' io ohatra momba ny fampaherezana ireo vao niova fo io?

# “Mampandria sofina amin’ ny teniko”

Lesona
29

*Almà 36–39*

**Tanjona**

Hampianatra ny anatr’ i Almà ny mpianatra ka hijanona ho mahatoky amin’ ny filazantsara ary hanampy ny ray aman-dreny hahatakatra ny fomba ampianarana sy ananarana ny ankizy hendry sy maditra.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento am-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Almà 36–37. Notantarain’ i Almà ny fiovam-pony ary nambarany tamin’ i Helamàna zanany lahy ny fijoroana ho vavolombelona ananany. Nanariny i Helamàna mba hitahiry ireo rakitsoratra masina.
   b. Almà 38. Noderain’ i Almà i Siblôna zanany lahy noho ny fahatokiany ary namporisihiny izy hitozo amin’ ny fahamarinana, haharitra hatramin’ ny farany.
   d. Almà 39. Nanatra an’ i Kôriantôna zanany lahy i Almà noho ireo fihetsiny mahamenatra ary nanariny i Kôriantôna ny amin’ ny vokatry ny fahotana toy izany.
2. Raha misy ilay sary hoe “Ireo takelaka volamena”, dia miomàna hampiasa izany mandritra ny lesona ( Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 325).

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Anontanio ny mpianatra hoe:

- Inona no anatra na torohevitra tsara indrindra nomen’ ny ray aman-dreninao anao? Nahoana no nanan-danja tokoa izany anatra na torohevitra izany?

Asio fotoana hieritreretan’ ny mpianatra, angataho izy ireo avy eo hifampizara ny valinteniny.

Hazavao fa ireo toko hadihadiana eo amin’ ity lesona ity dia miompana amin’ ireo teny nananaran’ i Almà an’ i Helamàna, i Siblôna ary i Koriantôna zanany lahy. Azo ampiarina amintsika ihany koa ireo teny fananarana ireo.

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin’ ny ilain’ ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo andinin-tsoratra masina voafantina eo amin’ ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin’ ny fitsipika ara- tsoratra masina.

**1. Nizara ny teny vavolombelony i Almà ary nanome an' i Helamàna zanany lahy ny rakitsoratra.**

Hadihadio Almà 36–37. Angataho ny mpianatra hamaky mafy ireo andininy voafantina.

- Almà 36 dia mirakitra ny teny vavolombelon' i Almà nambarany an' i Helamàna zanany lahy (indrindra fa ny andininy 3–5 ary 26–28). Nahoana no zava-dehibe ho an' ny zanaka ny mandre ny ray aman-dreniny manambara ny teny vavolombelony? Tamin' ny fomba ahoana no nananan' ny teny vavolombelon' ny ray aman-dreninao akony tamin' ny fiainanao?
- Nolazain' i Almà an' i Helamàna ny fiovam-pony izay ampahany tamin' ny teny vavolombelony (Almà 36:6–24; jereo koa Almà 38:7–9, izay nilazan' i Almà an' i Siblôna ny amin' ny fiovam-pony ary ny lesona 20 izay nanadihady ny fiovam-pon' i Almà amin' ny antsipiriany kokoa). Nahoana i Almà, araka ny hevitrao, no mizara ny tantaran' ny fiovam-pony tamin' ireo zanany lahy? Ahoana no nahitanao tombon-tsoa tamin' ny fandrenesana ny amin' ny nahatonga ny olona hafa niova fo?
- Namporisihan' i Almà imbetsaka i Helamàna mba hanaraka ny diany. (Azonao atao ny mijery indray miaraka amin' ny mpianatra ny sasantsasany amin' ireo fehezanteny tanisaina eto ambany ireo izay mampiseho ny anatr' i Almà ho an' i Helamàna). Nahoana no zava-dehibe ho an' ny ray aman-dreny ny maneho ohatra tsara mba harahin-janany?

  a. ”Ny hanaovanao toy izay efa nataoko” (Almà 36:2).
  b. ”Miangavy anao aho mba hihainoanao ny teniko sy hianaranao amiko” (Almà 36:3).
  d. ”Ianao koa dia tokony hitana ao amin' ny fahatsiarovana toy izay efa nataoko” (Almà 36:29).
  e. ”Ianao dia tokony hahalala toy ny ahalalako” (Almà 36:30).

- Raha ampiasainao ny sarin' ireo takelaka volamena dia asehoy izany izao. Ahoana no fomba nanantitranteran' i Almà tamin' i Helamàna ny maha-zava-dehibe ny fitanana ireo rakitsoratra? (Jereo Almà 37:1–2, 6–12.) Tamin' ny fomba ahoana no nitondran' ny fitanana ny rakitsoratra, izay “zavatra madinika sy tsotra” ireo “zavatra lehibe” (Almà 37:6–7). Inona ireo “zavatra lehibe” hataon' ny soratra masina amintsika raha dinihintsika amin-pahazotoana tokoa izany? (Jereo Almà 37:8–10.)
- Inona no nolazain' i Almà an' i Helamàna mba hampianarina ny olona? (Jereo Almà 37:32–34.) Ahoana no ahafahan' ny ray aman-dreny, ireo mpampianatra ary olon-dehibe manampy ireo tanora ankehitriny “hianatra fahendrena amin' ny fahatanorany”? (Almà 37:35).
- Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Almà 37:36–37. Ahoana no fiantraikan' izany teo amin' ny fiainanao raha niezaka ny hanaraka izany torohevitra izany ianao? Ahoana no ahafahantsika mitandrina tsaratsara kokoa izany torohevitra izany?

- Inona no fampitahana nataon' i Almà teo amin' ny tenin' Andriamanitra sy ny Liahôna? (Jereo Almà 37:38–45.) Inona no tsy maintsy ataontsika mba hahatonga ny tenin' Andriamanitra ho Liahôna ho an' ny tsirairay avy amintsika?

- Nanarin' i Almà i Helamàna hoe: "Aoka isika tsy ho kamo noho ny fahamoran' ny lalana" (Almà 37:46; jereo koa Nomery 21:5–9; 1 Nefia 17:41). Amin' ny lafiny inona no mora ny lalana mankany amin' ny fiainana mandrakizay? Nahoana no manjary vato fanafintohinana ho an' ny olona sasany ny fahamoran' ny lalana? Ahoana no ahafahantsika mampifantoka ny saintsika amin' ny finoana tsotra sy mahavonjy an' i Kristy? Ahoana no "hijerentsika an' Andriamanitra ka ho velona"? (Almà 37:47).

**2. Nidera sy namporisika an' i Siblôna zanany lahy i Almà.**

Vakio sy diniho ireo andininy nofantenana tao amin' ny Almà 38. Mariho fa i Almà dia nanambara koa ny teny vavolombelony tamin' i Siblôna zanany lahy ary nilaza tamin' i Siblôna ny momba ny fiovam-pony (Almà 38:6–9).

- Inona no toetran' i Siblôna izay nitondra fifaliana lehibe ho an-drainy? (Jereo Almà 38:2–4.) Nahoana no zava-dehibe amin' ny ray aman-dreny ny mankasitraka sy midera ny zanany noho ireo hatsaran-toetra mahafatrapo sy ny fiainana ara-pahamarinana?

- Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Almà 38:5. Nanampy anao ahoana moa ny fametrahanao ny tokinao tamin' Andriamanitra tamin' ny fotoan' ny fizahan-toetra na ny fijaliana?

- Na dia nahatoky aza i Siblôna, dia nofaranan' i Almà tamin' ny fananarana ny teniny ho an' ny zanany lahy (Almà 38:10–15). Nahoana no zava-dehibe na dia ho an' ny olo-marina aza ny mandray torohevitra sy fampitandremana? Ahoana no ahafahantsika mianatra mba handraisana ny torohevitra sy ny fampitandremana toy izany amim-panetrentena?

- Nanarin' i Almà i Siblôna mba hanohy ny fampianarana ny tenin' Andriamanitra, ho "mazoto sy ho mahonon-tena," hampiasa "fahasahiana fa tsy fianjonanjonana" (Almà 38:10, 12.) Ahoana no ahafahantsika manaraka izany torohevitra izany rehefa mizara ny finoantsika amin' ny hafa isika?

- Nampitandrina an' i Siblôna i Almà mba tsy hirehareha noho ny amin' ny fahendreny na ny tanjany (Almà 38:11). Ahoana no mety hitarihan' ny fireharehana noho ny amin' ny fahendrena na ny tanjaka ananantsika hankany amin' ny fahotana lehibe kokoa? Ahoana no ahafahantsika mandresy ny fireharehana toy izany? (Jereo Almà 38:13–14. Afaka miaiky ny tsy fahamendrehantsika eo anoloan' Andriamanitra isika amin' ny fotoana rehetra").

- Nanarin' i Almà i Siblôna mba "hifehezany ny filany rehetra" (Almà 38:12). Inona no hevitry ny hoe mifehy ny filantsika rehetra? (Azonao atao ny manamarika fa ny lamboridin-tsoavaly dia natao hifehezana sy hitarihana ny soavaly.) Nahoana no tsy maintsy fehezintsika ny filantsika mba hahatonga antsika "ho feno fitiavana"?

**3. Nanarin' i Almà i Kôriantôna zanany lahy mba hibebaka**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Almà 39. Mariho fa ny anatr' i Almà ho an' i Kôriantôna zanany lahy dia somary samy hafa tamin' ny anatra ho an' ireo zanany lahy hafa. Niaina amim-pahamarinana tokoa i Helamàna sy i Siblôna fa i Kôriantôna kosa dia efa nahavita fahotana lehibe.

- Inona no fahotana efa vitan' i Kôriantôna (Jereo Almà 39:2–3.) Nahoana no fahotana lehibe toy izany ny fahavetavetana eo amin' ny filan' ny nofo?

  Nampianatra ny loholona Boyd K. Packer hoe:

  "Efa voaomana ao amin' ny vatantsika ary masina ny herim-pamoronana izay ohatra ny hazavana ka manana hery handrehitra ireo hazavana hafa. Io fanomezam-pahasoavana io dia tsy natao hampiasaina afa-tsy eo amin' ny fifamatorana masin' ny fanambadiana. Azo torontoronina ny vatana iray mety maty, hidiran' ny fanahy, ary hisy olona vaovao ho teraka eto amin' ity fiainana ity amin' ny fampiasana azy io.

  "Tsara io hery io. Afaka manangana sy mamelona fiainam-pianakaviana izany, ary ao amin' ny fiainam-pianakaviana no ahitantsika ny loharanon' ny fahasambarana. . . .

  "Ny herim-pamoronana— na azontsika atao hoe herim-pananahana — dia tsy fanampin-javatra ao amin' ny drafitra: izany no votoatiny. Raha tsy teo izany dia tsy ho afaka nandroso ny drafitra. Ny fampiasana izany tsy amin' ny antony dia mety handrava ny drafitra.

  "Ny ankamaroan' ny hasambarana izay mety ho tonga aminao eo amin' izao fiainana izao dia hiankina amin' ny fomba hampiasanao ity herim-pamoronana masina ity. . . . Raha afaka manangoly anao i [Satana] mba hampiasanao ity hery ity mialohan' ny fotoana, hampiasanao izany aloha loatra, na hampiasanao izany tsy amin' ny antony, dia mety harianao ny fahafahanao mivoatra mandrakizay . . . .

  "Arovy sy ambeno ny fanomezam-pahasoavana anananao. Iankinan' ny fahasambaranao ankehitriny izany. Azo tanterahina ny fiainam-pianakaviana mandrakizay, satria efa natolotry ny Raintsika any an-danitra anao ity fanomezana tsara indrindra ity—ity herim-pamoronana ity. Izany no tena fanalahidin' ny fahasambarana" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1972, 136–39; na *Ensign,* Jolay 1972, 111–13).

- Nahoana no nahatsapa i Almà fa ilaina ny mamotopototra ny helok' i Kôriantôna miaraka aminy? (Jereo Almà 39:7–8, 12–13). Inona no azon' ny ray aman-dreny ianarana amin' i Almà amin' ny fomba ananarana ny zanany izay efa nanao hadisoana na nahavita heloka? (Mety ho hita amin' ny lisitra eo ambany ny valiny).

  a. Nampahatsiahivin' i Almà an' i Kôriantôna ny nahatonga an' i Kôriantôna hanota (Almà 39:2–4).
  b. Nohazavainy ny vokatry ny fahotan' i Kôriantôna (Almà 39:7–9, 11).
  d. Nampianariny an' i Kôriantôna ny fomba ibebahana sy isorohana any aoriana (Almà 39:9–14).
  e. Nampianariny an' i Kôriantôna ny momba ny fitiavan' Andrimanitra sy ny famelan-keloka (Almà 39:15–19).

- Inona no fihetsika na toetran' i Kôriantôna izay nitarika azy hanota? (Jereo Almà 39:2–3). Inona no azontsika atao mba hanamafisantsika ny tenantsika ka hanoherantsika ny fanangolen' i Satana mba ho vetaveta? (Jereo Almà 39:4, 13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:45).
- Ahoana no nahatonga ny hafa ho voataonan' ny toetra vetavetan' i Kôriantôna? (Jereo Almà 39:11, 13). Nahoana araka ny hevitrao no nanan-kery kokoa tamin' ny Zôramita ny fihetsik' i Kôriantôna noho ny tenin' i Almà? Nahoana no zava-dehibe ho an' ny mpikambana ao amin' ny fiangonana ny maneho ohatra tsara? (Asaovy saintsainin' ny mpianatra mangina ny mety ho vokatry ny fihetsiny eo amin' ny fiheveran' ny hafa ny momba ny fiangonana).
- Inona no torohevitra nomen' i Almà an' i Kôriantôna ny amin' ny fomba ibebahany amin' ny fahotany sy isorohany ny fahotana toy izany amin' ny ho avy? (Jereo Almà 39:9–14. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny valintenin' ny mpianatra. Voatanisa eto ambany ny valinteny sasany miaraka amin' ny fanontaniana anadihadiana mba hamporisihana ny fandraisana anjara).

  a. "Aza mandeha intsony araka ny fitsiriritan' ny masony" (Almà 39:9). Amin' ny fomba ahoana no ahafahan' izay fidintsika hojerena na hodinihana mitaona ny finiavantsika hanana saina madio?
  b. "Raiso ho adidy ny hila hevitra amin' ireo zokinao mirahalahy" (Almà 39:10). Ahoana no ahafahan' ny fiarahantsika amin' ny fianakaviantsika na ny namantsika manampy antsika hanamafy ny fanoherantsika ny fakampanahy?
  d. "Aza avela ho voatariky ny zava-poana sy tsy misy fotony ny tenanao" (Almà 39:11). Inona no sasantsasany amin' ireo zava-poana sy tsy misy fotony izay iezahan' i Satana hampaniasiavana antsika?
  e. "Itodiho ny Tompo amin' ny sainao, ny herinao ary ny tanjakao rehetra" (Almà 39:13). Ahoana no ahafahantsika mitodika amin' ny Tompo mba hanampiana antsika rehefa hiatrika fakampanahy isika?
  f. "Miaike ny hadisoanao sy ity ratsy izay efa nataonao" (Almà 39:13). Nahoana no anisan' ny ampahany fototra amin' ny fibebahana ny fiekena fa efa nanao hadisoana isika?
  g. "Aza mikatsaka ny harena na ny zava-poanan' izao tontolo izao" (Almà 39:14). Ahoana no mety hakana fanahy antsika mba hanota noho ny fikatsahana ny harena sy ny "zava-poanan' izao tontolo izao"?

- Inona no nampianarin' i Almà an' i Kôriantôna momba an' i Kristy? (Jereo Almà 39:15–19. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny valintenin' ny mpianatra). Ahoana no mety hanampian' ny fahatakarana ireo zavatra ireo antsika rehefa alaim-panahy isika hanota?

---

Famaranana

Mariho fa nampianarin' i Almà an' i Kôriantôna ny fomba fibebahana sy iverenana amin' ny fahatokiana ary nomena an' i Helamàna sy i Siblôna ny torohevitra ny amin' ny fomba hijanonany ho mahatoky. Amporisiho ny mpianatra mba hampihatra ny torohevitr' i Almà eo amin' ny fiainany. Amporisiho ny mpianatra izay efa niteraka mba hanana ny ohatra nasehon' i Almà tamin' ny fampianarana sy ny fananarana ny zanany.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana izay noresahina nandritra ny lesona.

**Fanampin-kevitra hoen ti-mampianatra**

Izao fitaovana manaraka izao dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na ny maro amin' ireto hevitra ireto ao anatin' ny lesona.

**1. Fananarana tsirairay ny ankizy**

Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Almà 35:16.

- Inona no azontsika tsoahina amin' io andininy io momba ny fampianarana ireo ankizy izay samy hafa ny maha-izy azy, ny olany ary ny ilainy? (Mariho fa niteny "nitokana" ny zanany lahy tsirairay i Almà. Tsy noteneniny niaraka ny zanany lahy na nomeny hafatra mitovy avokoa; noresahany nitokana tsirairay avy ny zanany lahy.) Ahoana no mety mahasoa ny fampianarana matetika sy tsirairay ny zanaka?

**2. Andraikitry ny ray aman-dreny amin' ny zanany**

- Inona ireo andraikitra ananan' ny ray aman-dreny amin' ny fanabeazana ny zanany? (Jereo Môsià 4:14–15; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25–28.)

Iangavio ny mpianatra hamantatra ireo ray aman-dreny mahafatra-po ao amin' ny soratra masina, izay sady nanana zanaka hendry no zanaka maditra. Mety ho hita ao amin' ny valinteny izao manaraka izao:

I Adama sy i Eva (i Kaina sy i Abela)
I Isaka sy i Rebeka ( i Jakoba sy i Esao)
I Lehia sy i Sariaha (i Nefia, i Samy, i Jakoba, i Josefa, i Lamàna, ary i Lemoela)
I Almà zanany (i Helamàna, i Siblôna, ary i Kôriantôna)

Mariho fa na dia ny ray aman-dreny mahafatra-po aza dia mety hiatrika fahasahiranana amin' ny fifampitondrana amin' ny zanaka maditra. Antitrantero fa voatery hampianatra ny zanany ny filazantsara ny ray aman-dreny mba hamporisika azy hiaina araka ny fitsipiky ny filazantsara, saingy tsy maintsy hajainy koa ny safidin' ny zanany. Tsy afaka manery ny zanany hiaina araka ny hitsiny ny ray aman-dreny.

**3. "Heloka lehibe tokoa izany" (Almà 39:7)**

Azonao atao ny manantitrantitra ny fananaran' i Almà momba ny lalàn' ny fahadiovam-pitondrantena. Ataovy azo antoka fa takatry ny mpianatra ny hevitry ny lalàn' ny fahadiovam-pitondrantena, ny maha zava-dehibe izany ary ny fomba atao mba ho mahatoky amin' ny fitandremana izany. Azonao atao ny mampiasa ilay boky kely *Mahereza ry tanora* (34285) amin' ny fampianarana ny tanora mba hitandrina ny lalàn' ny fahadiovam-pitondrantena. Milà hevitra amin' ny eveka momba ny fahazoana io boky kely io ho an' ny mpianatra izay tsy mbola manana izany.

Mety hahasoa ihany koa ity lahateny manaraka nataon' ny filoha Gordon B. Hinckley ity:

"Miaina ao amin' ny tontolon' ny fakampanahy mahatsiravina ianao. Manafotra ny tany tahaka ny onja mampihoron-koditra sady mitelina ny pôrnôgrafia sy ny lotony maharikoriko. Poizina izany. Aza mijery na mamaky izany . Hamotika anao izany raha mankahatra ianao. . . Halaviro izany. Sorohy toy ny hataonao amin' ny areti-mandoza, satria mahafaty koa izany. Aoka ho tsara ny fisainana sy ny atao. Ninian' Andriamanitra nambolena tao aminao ny fanentanana avy amin' Andriamanitra, izay azo avadika mora foana ho amin' ny ratsy sy tanjona manimba. Raha mbola tanora ianao dia aza dia miroso amin' ny fiarahan' ny mpifankatia latsa-paka. Rehefa tonga eo amin' ny taona izay iheveranao fanambadiana ianao dia izay no fotoana irosoana amin' izany. Saingy ianareo zatovolahy izay any amin' ny sekoly ambaratonga faharoa dia tsy mila izany ary toy izany koa ianareo zatovovavy" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1997, 71–72; na *Ensign,* Nov. 1997, 51).

Lesona
# 30

# "Ny drafitra lehiben' ny fahasambarana"

*Almà 40–42*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatakatra bebe kokoa ny amin' ny fiainana aorian' ny fahafatesana sy ny indrafo izay azony raisina amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy.

**Fanomanana**


1. Vakio, diniho, ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Almà 40:1–23. Nampianarin' i Almà an' i Kôriantôna ny momba ny fahafatesana sy ny fitsanganana amin' ny maty.
   b. Almà 40:24–26; 41. Nampianarin' i Almà an' i Kôriantôna fa rehefa mitsangana amin' ny maty isika, dia haverina ho amin' ny fahasambarana ny marina ary ny ratsy dia haverina amin' ny fahoriana.
   d. Almà 42. Nampianarin' i Almà an' i Kôriantôna ny momba ny famaliana sy ny indrafo ao amin' ny drafitra lehiben' ny fahasambarana.
2. Vakiteny hafa: Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138.
3. Raha misy ilay horonan-tsary *"Book of Mormon Video Presentations* (53911), dia miomàna hampiseho an' ilay horonan-tsary "The Mediator," izay maharitra iraika ambin' ny folo minitra. Raha tsy misy ilay kasety dia azonao atao ny miomana hamaky na hilaza ity fanoharana ity izay mety ho hita ao amin' ireto loharanon-kevitra vita printy manaraka ireto: *Fitsipiky ny Filazantsara* (31110), toko 12; Conference Report, Apr. 1977, takila 79–80; na *Ensign,* May 1977, takila 54–55.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao ity fampiasana manaraka ity na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Ataovy sary eo amin' ny solaitrabe ireto:




Hazavao fa matetika isika dia manao io sary io mba hampianarana ny momba ny drafitry ny famonjena. Raha izay ihany anefa no ataontsika mba hanazavana ilay drafitra, dia hadinontsika ny mitanisa an' i Jesoa Kristy izay tena vaindohan-draharaha amin' ilay drafitra. Hadinontsika koa ny mitanisa ireo fotopampianarana izay votoatin' ilay drafitra, toy ny fahalavoana, ny sorompanavotana ary ny safidy.

Vakio ity lahateny manaraka nataon' i Neal A. Maxwell loholona ity:

"Nofaritan' ny Tompo ho toy ny drafitry ny Fahasambarana ny drafitry ny fanavotana . . . Mazàna rehefa miresaka isika, dia saika ohatra ny kisendrasendra ihany no iresahantsika an' ity tetika lehibe ity; mba sorisoritintsika ihany eo amin' ny solaitrabe na ny taratasy ny toetrany ankapobeny toy ireny drafitra amin' ny fanampin-drihana amin' ny tranontsika ireny. Rehefa mandany fotoana marina tokoa anefa isika hisaintsaina an' ilay drafitra dia misongadina manerinerina izany!" ("Thanks Be to God," *Ensign,* Jolay 1982, 51).

Hazavao fa anio ianareo dia handinika ny sasantsasany amin' ireo fananaran' i Almà an' i Kôriantôna zanany lahy. Nambaran' i Almà ho toy ny "Drafitry ny famerenana amin' ny laoniny" (Almà 41:2), "ny drafitra lehiben' ny famonjena" (Almà 42:5), " ny drafitra lehiben' ny fahasambarana" (Almà 42:8), "ny drafitry ny fanavotana" (Almà 42:11), ary "ny drafitra lehiben' ny famindram-po" (Almà 42:31) ny drafitry ny Raintsika any an-danitra rehefa nampianatra an' i Kôriantôna izy. Rehefa nampianatra momba ilay drafitra i Almà dia nantitranteriny ny maha-votoatiny ny fahalavoana, ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy ary ny safidin' ny tsirairay.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Entano ny mpianatra hizara ny traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara- tsoratra masina.

1. **Nampianarin' i Almà an' i Kôriantôna ny momba ny fahafatesana sy ny fitsanganana amin' ny maty.**

Hazavao fa ireto toko 40–42 ao amin' ny bokin' i Almà dia manohy ny fananaran' i Almà an' i Kôriantôna zanany lahy izay nania. Hitan' i Almà fa anisan' ny nahatonga ny fitondran-tena ratsin' i Kôriantôna ny tsy fananana fijoroana ho vavolombelona sy ny tsy fahatakarana ny sasantsasany tamin' ny fotopampianarana fototra ao amin' ny filazantsara. Nampian' i Almà i Kôriantôna hahatakatra izay hanjo antsika aorian' ny fahafatesana.

Diniho Almà 40:1–23. Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ireto andininy voafantina ireto.

- Ahoana no nanapahan' i Almà hevitra ny amin' izay lohahevitra tokony horesahiny an' i Kôriantôna? (Jereo Almà 40:1; jereo koa 41:1; 42:1). Ahoana araka ny hevitrao no nahaizan' i Almà "nahatsapa" ny ahiahin' i Kôriantôna? Ahoana no ahaizantsika mahatsapa tsaratsara kokoa ny hetehatan' ireo izay ampianarintsika?
- Inona no manjo ny fanahintsika eo anelanelan' ny fahafatesana sy ny fitsanganana amin' ny maty? (Jereo Almà 40:11–13. Na izy mankany amin' ny paradisa na any amin' ny tranomaizin' ny fanahy. Hazavao fa ny "Haizina ivelany" eo amin' ny andininy 13 dia manondro ny toerana izay antsointsika matetika hoe tranomaizin' ny fanahy). Ahoana no fitantaran' i Almà ny paradisa sy ny tranomaizin' ny fanahy? (Asaovy vakian' ny mpianatra ny Almà 40:11–15, 21 mba hahitana ny valin' izany fanontaniana izany. Azonao atao ny mamintina amin' ny kisarisary eo amin' ny solaitrabe ireo valintenin' ny mpianatra toy ity eo amin' ny takila 00 manaraka ity).

| PARADISA | TRANOMAIZIN' NY FANAHY |
|---|---|
| Toetry ny hasambarana | Toetry ny fahoriana |
| Toetry ny fitsaharana sy ny fiadanana | Toetry ny haizina miaraka amin' ny fitomaniana, ny fidradradradrana ary ny fikitroha-nify |
| Tsy fahasahiranana na alahelo | Fiandrasana mahatsiravina sy feno tahotra ny fahatezeran' Andriamanitra |

Hazavao fa tamin' ny taona 1918 no nandraisan' ny filoha Joseph F. Smith fanambarana izay manampy antsika hahatakatra misimisy kokoa ny momba ny fanahintsika eo anelanelan' ny fahafatesana sy ny fitsanganana amin' ny maty (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138). Tao amin' izany fanambarana izany no nahitan' ny filoha Smith ny asa fanompoan' ny Mpamonjy tao amparadisa sy ny fampianarana ny filazantsara an' ireo ao amin' ny tranomaizin' ny fanahy. Fantatry ny filoha Smith fa hampianarina ny filazantsara ireo ao antranomaizin' ny fanahy ary hanana fotoana hibebahana izy ireo mialohan' ny fitsarana farany (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:29–34, 57–59).

- Nolazain' i Almà fa amin' ny fotoana voatondro, dia hatsangana amin' ny maty isika (Almà 40:21). Inona no hevitry ny hoe hatsangana amin' ny maty? (Jereo Almà 40:21, 23. Atambatra ny fanahy sy ny vatana ary ny vatana dia

averina amin' ny "Endrika tanteraka.") Iza no hitsangana amin' ny maty? (Jereo Almà 40:5; jereo koa 11:42–44).

- Notanisain' i Almà ireo zavatra maro izay *tsy* fantany momba ny fahafatesana sy ny fitsanganana amin' ny maty (Almà 40:2–5, 8, 19–21). Inona no azontsika tsoahina amin' ny toe-javatra toy izao: nijoro ho vavolombelon' ny fotopampianarana momba ny fitsanganana amin' ny maty i Almà na dia tsy fantany avokoa aza ny an-tsipiriany momba izany? (Ampio ny mpianatra hahita fa tsy ilaina ny mahatakatra amin' ny an-tsipiriany rehetra momba ny fotopampianarana na ny fitrangan-javatra iray mialohan' ny hahazoana teny vavolombelona mikasika ny fahamarinany).

**2. Nampianarin' i Almà fa rehefa atsangana amin' ny maty isika, dia haverina indray ho amin' ny fahasambarana ny olo-marina ary ny olon-dratsy dia haverina indray ho amin' ny fahoriana.**

Vakio sy diniho ireo andininy nofantenana tao amin' ny Almà 40:24–26; 41.

- Nolazain' i Almà ho toy ny famerenana amin' ny laoniny ny fitsanganana amin' ny maty, satria atambatra ny fanahy sy ny vatana ary ny vatana dia averina indray amin' ny "endriny tanteraka" (Almà 40:23; 41:2). Inona koa ny famerenana amin' ny laoniny hafa izay hitranga rehefa atsangana amin' ny maty isika ary "tsaraina araka ny asantsika"? (Jereo Almà 41:3–6. Ny olo-marina dia haverina indray ho amin' ny fahasambarana ary ny olon-dratsy dia haverina indray ho amin' ny fahoriana). Inona no hevitry ny hoe haverina indray ho amin' ny tsara na ratsy?

  Nanambara i Bruce R. McConkie loholona fa, "Ny fitsanganana amin' ny maty dia famerenana amin' ny laoniny sady famerenana amin' ny laoniny ny vatana sy ny fanahy no famerenana amin' ny olona ilay fahalalana ara-tsaina sy ara-panahy ary ilay toetra nananany teo amin' izao fiainana izao" (*Mormon Doctrine,* 2nd ed. [1966], 641).

- Amin' ny lafiny inona no "maha-pitsara ny tenantsika" antsika? (Jereo Almà 41:7–8. Fidiantsika ny hanao ny tsara na ny ratsy ary dia toy izany no ifidianantsika izay haverina amintsika aorian' ny fahafatesana).

- Nohazavain' i Almà fa i Kôriantôna dia tsy azo averina amin' ny fahotana ho amin' ny fahasambarana, satria "ny faharatsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana" (Almà 41:10). Nahoana no tsy afaka mitondra fahasambarana ny faharatsiana? (Jereo Almà 41:10–13; Helamàna 13:38). Ahoana no havalinao ny fanamarihana fa ny olona sasany dia toa mahita fahasambarana amin' ny asa aman-danonana izay manohitra ny didy?

  Hoy ny filoha Ezra Taft Benson: "Na dia mety hahita fahafinaretana mihelina ao amin' ny fahotana aza ny olona sasany, ny dingana farany dia ny fahoriana . . . Miteraka tsy fifankahazoana amin' Andriamanitra ny fahotana ary mandreraka ny fanahy" ( ao amin' ny Conference Report, Okt. 1974, 91; na *Ensign,* Nov. 1974, 65–66).

- Inona no nolazain' i Almà fa tokony hataon' i Kôriantôna mba hananany ny tsara haverina aminy? (Jereo Almà 41:14–15). Inona no zavatra nodiavinao ka naneho taminao ny fahamarinan' ny teny hoe: "Izay ataonao dia mbola hanody anao"?

3. **Nampianarin' i Almà an' i Kôriantôna ny momba ny fahamarinana sy ny famindram-po.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' i Almà 42. Hazavao fa nahasanganehana an' i Kôriantôna ny fampianaran-drainy. Tsy azony ny antony "tokony hametrahana ny mpanota ao amin' ny toetry ny fahoriana" (Almà 42:1). Ho valin' izany fahasahiranan-tsaina izany, dia nampianatra ny momba ny fahamarinan' Andriamanitra i Almà. Nampianariny koa fa i Jesoa Kristy dia nanonitra noho ny fahotan' izao tontolo izao "mba hahatanteraka ny dafitry ny famindram-po, mba hanefa ny fitakian' ny fahamarinana" (Almà 42:15).

Mba hanampy ny mpianatra hahatakatra ny fampianaran' i Almà momba ny fahamarinana, dia asaovy vakiany mafy Almà 42:6–7, 10, 18. Eo am-pamakiana dia ampio izy ireo hahatakatra ny fahamarinana tanisaina manaraka:

a. Noho ny fahalavoan' i Adama sy i Eva, dia ao amin' ny toetry ny fahalavoana isika. Mety maty isika—fehezin' ny fahafatesana—ary tsy tanteraka. Ao amin' izany toetry ny fahalavoana izany, dia tsy afaka isika ny hitoetra eo anatrehan' Andriamanitra izay tsy mety maty sy tanteraka. Ny fahamarinana dia mitaky ny hanesorana antsika, na vatana na fanahy avy eo anatrehan' Andriamanitra.
b. Rehefa manota isika dia sarahintsika lavidavitra kokoa amin' Andriamanitra ny tenantsika, satria "Tsy misy zavatra tsy madio afaka hiara-mitoetra amin' Andriamanitra" (1 Nephi 10:21). Ny fahamarinana dia mitaky ny hamaizana antsika noho ny fahotantsika.

- Inona no ho nanjo antsika raha toa ka ny fahamarinana irery no nifehy antsika? (Jereo Almà 42:14). Inona no ilaina mba hanefana ny fitakian' ny fahamarinana ka hahafahantsika miverina mba hitoetra eo anatrehan' ny Raintsika any an-danitra? (Jereo Almà 42:15).

Raha ampiasainao ilay horonan-tsary "Ilay Mpanalalana", (The Mediator), dia asehoy izany izao. Raha toa ka ianao ihany no mitantara ilay fanoharana, dia ataovy izany izao. Mariho fa ny mpitrosa dia ny tsirairay avy amintsika, ny tompom-bola dia ny fahamarinana ary ny naman' ny mpitrosa dia ny Mpamonjy.

- Ahoana no nanefan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy "ny fitakian' ny fahamarinana"? (Jereo Môsià 15:7–9. Nifehy ny tenany tamin' ny fahafatesana Izy ary nitondra teo Aminy ny fahotan' ny olombelona rehetra).
- Nambaran' i Almà fa "ny famindram-po dia tonga noho ny sorompanavotana" (Almà 42:23). Inona no tsy maintsy ataontsika mba handraisana ny fahafenoan' ny famindram-pon' Andriamanitra? (Jereo Almà 42:13, 23, 27, 29–30; jereo koa Almà 41:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:15–18).

---

Famaranana

Mariho fa taorian' ny nandraisany ny anatranatra avy tamin-drainy dia nibebaka i Kôriantôna ary niverina tamin' ny asa fitoriana (Almà 43:1; 49:30). Antitrantero fa arakaraka ny anarahantsika ny didin' Andriamanitra sy ibebahantsika amin' ny fahotantsika no ahaizantsika mandray ny famindram-po izay azo raisina amin' ny alalan' ny sorompanavotan' ny Mpamonjy.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

# “Miorina mafy ao amin’ ny finoana an’ i Jesoa Kristy”

Lesona 31

*Almà 43–52*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahita ny fomba ahazoana mandray ny fihetsika sy ny fanaon’ ny Nefita tamin’ ny fotoan’ ady ho toy ny filamatra amin’ ny fanatrehana ny fifanandrinantsika sy ny adintsika eto an-tany amin’ i Satana.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:

   a. Almà 43–44. Tonga mba hiady amin’ ny Nefita ny Lamanita notarihan’ I Zerahemnà satria nikatsaka ny hamarina azy any amin’ ny fanandevozana. Ny Nefita notarihan’ i Môrônia dia niady mba hiaro ny ankohonany sy ny fahafahany. Nandresy ny Nefita satria nentanin’ ny foto-kevitra kokoa ary satria nampihatra ny finoana an’ i Jesoa Kristy

   b. Almà 45:20–24; 46. Naniry ny ho tonga mpanjaka i Amalikià ka nampisy fisaraham-bazana tany anivon’ ny Nefita. Natsangan’ i Môrônia kapiteny ny “fanevan’ ny fahafahana” mba hanentana ny olona ary nataon’ izy ireo ny fanekempihavanana mba hanaraka an’ Andriamanitra. Nitambatra tamin’ ny Lamanita i Amalikià sy ireo mpomba azy vitsivitsy.

   d. Almà 47–48. Tonga mpanjakan’ ny Lamanita tamin’ ny alalan’ ny fitaka i Amalikià. Nambosiny ny Lamanita hiady amin’ ny Nefita. Nomanin’ i Môrônia kapiteny ny Nefita ny mba hiarovany tena amim-pahamarinana.

   e. Almà 49–52. Mitohy ny ady teo amin’ ny Nefita sy ny Lamanita. Maniry ny hanangana mpanjaka eo amin’ ny Nefita ireo mpomba ny mpanjaka saingy resy. Novonoin’ i Teankoma i Amalikià izay nodimbiasan’ i Amôrôna rahalahiny ho lasa mpanjakan’ ny Lamanita.

2. Raha misy ilay sary: “Manangana ny Fanevan’ ny Fahafahana i Môrônia kapiteny” dia miomàna hampiasa izany mandritra ny lesona (62051; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 312).

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao ity fampiasana manaraka ity na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Anontanio ny mpianatra:

- Nahoana i Môrmôna araka ny hevitrao no nampiditra filazalazana betsaka momba ny ady ao amin’ ny Bokin’ i Môrmôna?

  Ankoatra ny valinten’ ny mpianatra, dia azonao atao raha tianao ny mandroso ity soso-kevitra manaraka ity:

  1. Fantatr’ i Môrmôna fa ny Bokin’ i Môrmôna dia hovakiana sy hodinihina amin’ ny fotoana izay hahatonga ny ady ho fahita maneran-tany. Ireo

soratra masina ireo dia mampianatra antsika ny fomba hijanonana ho toa an' i Jesoa Kristy mandritra ny fotoan' ny fifanandrinana.

2. Noraketin' i Môrmôna tamin' ny an-tsipiriany fatratra ny tantaran' ny Nefita talohan' ny nisehoan' ny Mpamonjy. Afaka mamaky ny zava-nodiavin' ny Nefita isika ary miomana amin' ny toe-javatra itovizana izay mitranga amin' ny androntsika, mialohan' ny Fiavian' i Kristy Fanindroany.

Hazavao fa ity lesona ity dia hanadihady izay azon' ny ady teo amin' ny Nefita sy ny fahavalony ampahafantarina antsika mikasika ny fomba itantanana fifanandrinana eto an-tany sy ny fomba hiarovantsika ny tenantsika mbamin' ny ankohonantsika amin' ny ady amin' i Satana.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Ampio ny mpianatra hahatakatra ny fomba ampiharana ireo soratra masina ireo eo amin' ny fiainana andavanandro amin' ny fotoana isian' ny fahalemena sy amin' ny fotoana isian' ny ady. Entano ny mpianatra hizara ny traikefany izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Niady ny Nefita ho fiarovana ny ankohonany sy ny fahafahany.**

Diniho miaraka ny Almà 43–44. Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ireo andininy voafantina.

- Nahoana ny Nefita no niady tamin' ny Lamanita? (Jereo Almà 43:3–4, 9–11, 45–47; 48:14). Toe-javatra toy inona no aneken' ny Tompo ny handehanan' ny olona hiady?

  Hoy ny filoha Charles W. Penrose, izay mpikambana tao amin' ny Fiadidiana Voalohany: "Tsy mety amintsika ny miroso amin' ny fandatsahana ran' olombelona ho valifaty na famaliana. Fa rehefa mandidy na manentana ny mpanompony ny Tompo hanoro hevitra ireo zanany lahy sy vavy mba hanampy eo amin' ny ady marina dia zavatra hafa izay. . .Tokony hijoro amin' ny hevitsika sy amin' ny tanjatsika isika ary hiroso amin' ny fandresena; tsy omban' ny faniriana handatsa-dra, tsy omban' ny faniriana ny hamongotra ny mpiarabelona amintsika, fa ho fiarovan-tena kosa, ary satria tiantsika ny hitana sy hanolotra ny taranantsika ireo fitsipika masina momba ny fahafahana ireo, izay efa nambara avy any ambony" (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1917, 21).

  Hoy ny loholona David O. McKay : "Misy. . . fepetra roa izay mety hanala tsiny ny hirosoan' ny Kristianina marina—tandremo, hoy aho hoe *hirosoana amin' ny, fa tsy hanombohana ny—ady:* (1) Ny fiezahana ny hifehy sy hanaisotra amin' ny hafa ny safidiny malalaka ary (2) Ny fifikirany amin' ny tany. Mety hisy fahatelony dia, ilay atao hoe: Fiarovana ny firenena osa izay anaovan' ny firenena iray matanjaka sy tsy mifaditrovana tsindry hazo lena" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1942, 72).

- Rehefa nifanandrina tamin' ny Zerahemnà i Môrônia dia Iza no nolazainy ho anton' ny fandresen' ny Nefita tamin' ny ady? (Jereo Almà 44:3–4). Ahoana no nanehoan' ny Nefita ny finoany an' i Kristy? (Jereo Almà 43:23, 49–50).

- Inona no azontsika atao any anivon' ny ankohonantsika sy ny fiarahamonina mba hoenti-miaro ny fahafahana nolalain' ny Nefita?

- Hadihadio ireto fitsipika manaraka ireto izay nifehy ny fihetsika sy ny fanaon' ny Nefita marina nandritra ny fotoan' ady. Mety hitondra fandriampahalemana lehibe kokoa eo amin' izao tontolo izao amin' ny fomba ahoana moa ny fahatakarana sy ny fampiharana ireto fitsipika ireto ankehitriny? Ahoana no ahafahantsika mampihatra ireto fitsipika ireto amin' ny fiatrehana fifandonana eo amin' ny fiainana manokana?

  a. Tsy miady raha tsy marim-pototra ny antony, toy ny fiarovan-tena (Almà 43:8–10, 29–30, 45–47; 48:14; azonao atao ny manamarika fa ny fitantarana voalohany ny namakian' ny Nefita ady dia ao amin' ny Môrmôna 4:1–4).
  b. Tsy manana fankahalana ny fahavalonao; mikatsaka ny tombon-tsoa tsara indrindra ho azy sy ho anao (Almà 43:53–54; 44:1–2, 6).
  d. Miaina amim-pahamarinana sy mitoky amin' Andriamanitra (Almà 44:3–4; 48:15, 19–20).
  e. Manaraka ireo mpitondra marina sy hendry (Almà 43:16–19; 48:11–13, 17–19; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:10).

**2. Natsangan' i Môrônia kapiteny ny "fanevan' ny fahafahana" mba hanentana ny olona.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' i Almà 45:20–24; 46. Hazavao fa taorian' ny ady tamin' ny Lamanita, dia nandeha hatraiza hatraiza i Helamàna sy ny rahalahiny nitory sy nametraka indray ny drafitry ny fiangonana (Almà 45:20–22). Nitombo tao amin' ny avonavona anefa ny Nefita ary nikomy nanohitra ny fiangonana. Ny mpitarika an' io andiana mpiendaka io dia i Amalikià izay te ho mpanjaka teo amin' ny Nefita (Almà 45:23–24; 46:1–4).

- Ahoana no nahaizan' i Amalikià nandresy lahatra ny hafa hanaraka azy? (Jereo Almà 46:1–7, 10). Inona ny antony nanosika ireo olona izay nanohana azy? (Jereo Almà 46:4–5). Inona no azontsika tsoahina avy amin' ny fitantarana ny momba an' i Amalikià sy ny mpomba azy? (Jereo Almà 46:8–9).
- Raha ampiasainao ilay sarin' i Môrônia kapiteny manangana ny fanevan' ny fahafahana, dia asehoy izany izao. Nahoana i Môrônia no namorona ny fanevan' ny fahafahana? (Jereo Almà 46:11–13, 18–20). Ahoana no nandraisan' ny olona ny fanevan' ny fahafahana? (Jereo Almà 46:21–22). Manao ahoana ny fiatraikan' ny fanaovana sy ny fitanana fanekempihavanana eo amin' ny fiainantsika?

**3. Lasa mpanjakan' ny Lamanita i Amalikià ary nambosy azy ireo ho amin' ny ady.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Almà 47–48.

- Inona no nataon' i Amalikià rehefa tsy nahomby izy ka tsy lasa mpanjaka teo amin' ny Nefita? (Jereo Almà 46:33; 47:1, 4. Asaovy fintinin' ny mpianatra ny fitantarana ny fomba nahatonga an' i Amalikià ho mpanjaka teo amin' ny Lamanita [Almà 47:1–35], na aoka ianao no hamintina izany).
- Ny sasany amin' ireo mpanohitra mafy indrindra ny Nefita dia ireo izay efa Nefita teo aloha ka ahitana ny Amalikita (Almà 24:29–30; 43:6–7), ny Zôramita (Almà 30:59; 31:8–11; 43:4), i Amalikià (Almà 46:1–7), i Môriantôna (Almà 50:26, 35) ary i Amôrôna rahalahin' i Amalikià (Almà 52:3). Nahoana ireo izay efa nandao ny fiangonana no mazàna miady mafy tokoa manohitra azy? (Jereo Môsià 2:36–37; Almà 47:35–36.)

Joseph Smith Mpaminany dia nanao izao resaka manaraka izao tamin' ny lehilahy iray izay ta halala ny antony nahatonga ireo izay efa niendaka nanohitra mafy tokoa ny fiangonana: "Talohan' ny nikambananao tamin' ny Fiangonana dia tsy nomba ny atsy na ny aroa ianao. Rehefa notoriana ny filazantsara dia napetraka teo anoloanao ny tsara sy ny ratsy. Afaka mifidy amin' ireo ianao na tsy mifidy. Nisy tompo roa mpifanohitra nanasa anao hanompo azy ireo. Rehefa nikambana tamin' ity Fiangonana ity ianao dia nilatsaka ho amin' ny fanompoana an' Andriamanitra. Rehefa nataonao izany dia nilaozanao ny tsy fombana ny atsy na ny aroa ary tsy afaka miverina amin' izany na oviana na oviana intsony ianao. Raha nahafoy an' Ilay Tompo izay nilatsahanao hotompoina ianao, izany dia noho ny fanangolen' ilay ratsy ary dia nanaraka ny baikony ianao ka ho mpanompony" (ao amin' ny "Recollections of the Prophet Joseph Smith," *Juvenile Instructor,* 15 Aog. 1892, 492).

- Ampitahao i Amalikià sy i Môrônia (Almà 48:1–17). Antitrantero fa toy ny ahafahan' ny olon-dratsy anankiray mampisy faharatsiana betsaka any anivon' ny olona no ahafahan' ny olo-marina anankiray mitaona amin' ny fahamarinana betsaka (Almà 46:9). Ahoana no ahafahantsika mampahery sy manohana ireo mpitondra marina? Ahoana no ahafahan' ny tsirairay avy amintsika manentana mba hisian' ny fahamarinana any anivon' ny hafa?

**4. Nitohy ny ady teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' i Almà 49–52. Hazavao fa ireo toko ireo dia manohy ny fitantarana ny fizotry ny ady teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita. Ity fitantarana ity dia manampy antsika amin' ny fizotry ny adintsika amin' i Satana sy ny miaramilany izay mamaky ady amin' ny marina sy ny fahamarinana, miady mba hamongotra ny fahazoantsika ny fiainana mandrakizay.

- Ahoana no ahazoana mampihatra ny tantara momba ny ady ao amin' ny Bokin' i Môrmôna amin' ny adintsika hanoherana ny fanangolen' i Satana? (Omena eto ambany ireo ohatra sasantsasany miaraka amin' ny fampiasana fanontaniana mba hamporisihana ny fifanakalozan- kevitra. Afaka manolotra soso-kevitra hafa ihany koa ny mpianatra.)

   a. Natsangan' ny Nefita ny rindrina mba hiaro ny tanànany amin' ny fanafihan' ny Lamanita (Almà 48:7–9; 49:2–4, 13, 18). Inona no fiarovana afaka miaro antsika amin' ny fanangolen' i Satana?
   b. Nohamafisin' ny Nefita hatrany ny fiarovany (Almà 50:1–6). Nahoana isika no tsy maintsy manamafy lalandava ny fiarovantsika amin' i Satana?
   d. Nitandrina ny didin' Andriamanitra ny Nefita ary nanara-dia an' ireo mpitondra ny Fiangonana (Almà 44:3–4; 49:30; 50:20–22). Ahoana no anampian' ny didin' Andriamanitra mbamin' ny torohevitry ny mpitondra ny Fiangonantsika antsika hiady amin' ny faharatsiana?
   e. Nisaotra an' Andriamanitra ny Nefita noho ny fiarovana azy tamin' ny ady (Almà 45:1; 49:28). Ahoana no ahafahan' ny fankasitrahana ny Tompo miaro antsika amin' i Satana?
   f. Nahatonga ny Nefita niady an-trano ny fifandirana ary namela ny Lamanita hahazo tombony taminy (Almà 51:2–7, 12–23; 53:8–9). Ahoana no amelan' i Satana ny fifandirana hahazo tombony amintsika ? Ahoana no ahafahan' ny firaisan-kina sy ny fanohanana avy amin' ny olon-kafa manampy antsika hiady amin' ny faharatsiana?

g. Niroborobo sy sambatra ireo Nefita marina ary sambatra na dia tamin' ny fotoanan' ny ady aza (Almà 49:30; 50:23). Ahoana no mety hahitantsika fiadanana sy fahasambarana na dia mandritra ny fotoanan' ny faharatsiana mahatsiravina aza?

Famaranana

Mariho fa ireo fitsipika nampianarina tao amin' ireo toko ao amin' ny Bokin' i Môrmôna ireo dia afaka manampy antsika hiaro ny tenantsika sy ny ankohonantsika amin' ny famelezan' ny ratsy. Afaka manampy antsika koa ireo mba hananana fiadanana ao amin' ny fanahintsika mandritra ny fotoanan' ny ady sy ny fahoriana.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ireto fitaovana manaraka ireto dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao raha tianao ny mampiasa ity hevitra ity ao anatin' ny lesona.

**Fijerena horonan-tsary video**

Raha misy ilay horonan-tsary Video *Book of Mormon* (53911), dia alefaso ny horonan-tsary "Firm in the Faith of Christ," izay maharitra dimy ambin' ny folo minitra.

Lesona
# 32 “Nankatoaviny . . . ny teny tsirairain’ ny fibaikoana, tamin’ ny an-tsipirihany”

*Almà 53–63*

**Tanjona** Hanampy ny mpianatra hahita fa hampahery azy ny Tompo rehefa manaraka ny ohatra nasehon’ ireo tanora miaramila sady maherifon’ i Helamàna izy.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Almà 53:10–19; 56:1–8. Nanao dina ny hiady ho an’ ny fahafahan’ ny Nefita ny tanora Amônita maherifo roa arivo. Nangatahiny i Helamàna mba ho mpitarika azy ireo.
   b. Almà 56:9–58:41. Ireo tanora miaramila dia nahatoky tamin’ ny fampianaran-dreniny, nampihatra ny finoana an’ Andriamanitra ary niady tamin-kerimpo. Nanampy ny isany ireo tanora Amônita 60 hafa. Naratra avokoa ireo tanora miaramila 2060 saingy tsy nisy na dia anankiray taminy aza voavono.
2. Raha misy ilay sary “Tanora Mpiantafika Roa Arivo” dia miomana hampiasa izany mandritra ny lesona (62050; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 313).

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Asehoy ny sarin’ ny tanora mpiantafika. Vakio mafy ny Almà 57:25–26, miatoa aorian’ ny teny hoe voavono ao amin’ ny andininy 26.

Mariho fa tamin’ ireo ady teo amin’ ny Nefita sy ny Lamanita dia nisy marina tokoa ireo mpiantafika Nefita izay voatsimbina tamim-pahagagana ny ainy. Nisy koa anefa ireo Nefita marina maro izay voavono (Almà 56:10–11; 57:36). Ireto tanora mpiantafik’ i Helamàna ireto no hany tafika voalaza ao amin’ ny Bokin’ i Môrmôna, izay tsy nahitana na dia miaramila iray aza maty an’ ady.

Ilazao ny mpianatra fa tahaka ireo mpiantafik’ i Helamàna, isika koa dia ao anatin’ ny tafika lehibe iray. Vakio avy eo ity lahateny manaraka nataon’ ny filoha Ezra Taft Benson ity. Hazavao fa na dia natao ho an’ ny mpihazona ny Fisoronan’ i Aharôna aza ilay lahateny dia mahakasika ny mpikambana rehetra ao amin’ ny fiangonana izany.

“Nateraka tamin’ izao fotoana izao ianareo mba ho amin’ ny tanjona masina sy be voninahitra. Tsy kisendrasendra ny efa nanavahana anareo mba ho tonga eto an-tany amin’ izao fotoanandro faran’ ny fahafenoam-pahasoavana izao. Efa nalahatra mialoha tany amin’ ny mandrakizay ny fahaterahanareo amin’ izao fotoana manokana izao.

"Ianareo no tafi-panjakan' ny Tompo amin' ny andro farany. . . .

"Amin' ny adim-panahy atrehinareo, dia tsinjoko ho toy ny zanakalahin' i Helamàna ankehitriny ianareo. Tsarovy tsara ny fitantaran' ny Bokin' i Môrmôna ny amin' ny zatovolahy roa arivo mpiantafik'i Helamàna." (Tao amin' ny Conference Report, Apr. 1986, 55; na *Ensign,* May 1986, 43).

- Inona no hevitry ny hoe "Tafi-panjakan' ny Tompo"? (Jereo Efesiana 6:11–18; 1 Petera 2:9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:55–56). Inona ireo "adim-panahy atrehintsika" amin' ny maha-miaramilan' ny Tompo antsika?

Hazavao fa ity lesona ity dia manadihady ireo fitsipika sy toetra izay nanampy ireo mpiantafika Amônita 2060 handray hery fatratra tokoa avy amin' ny Tompo. Rehefa miaina araka ireo fitsipika ireo isika ary mampitombo ireo toetra ireo, dia hitombo ny herim-panahintsika. Ho mahomby kokoa isika amin' ny maha-mpanompo antsika ao amin' "ny tafi-panjakan' ny Tompo."

---

**Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina**

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba hampiharana ireo soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara ny traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Nanao dina ny hiaro ny fahafahan' ny Nefita ny tanora Amônita mahery fo roa arivo.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Almà 53:10–19; 56:1–8. Mialohan' ny hanadihadiana ity tantara ity dia asaovy hiverenan' ny mpianatra fohy ny dinan' ny fandriampahalemana nataon' ny Amônita (ny Antia-Nefia-Lehia) tamin' ny fotoan' ny fiovam-pony (Almà 24:15–18; 53:10–11).

- Efa nampanantena ny hiaro ny Amônita amin' ny Lamanita ny Nefita (Almà 27:22–24; 53:12). Inona no tadiavin' ny Amônita hatao rehefa hitany ny fijalian' ny Nefita? (Jereo Almà 53:13.) Nahoana i Helamàna no nandresy lahatra ny olona mba tsy handrava ny fanekempihavanana nataony? (Jereo Almà 53:14–15; 56:8.) Inona no ampianarin' izany antsika momba ny fitandremana ny fanekempihavanana?
- Inona no nataon' ny zanakalahin' ny Amônita mba hanampiana ny Nefita? (Jereo Almà 53:16). Ahoana no nanehoan' ny tanora Amônita ny hahentitry ny fanoloran-tenany mba hanampy ny Nefita? (Jereo Almà 53:17. Nanao fanekempihavanana izy ireo ary vonona ny hitana ny fanekempihavanana nataony "na inona na inona toe-javatra mitranga." Soraty eo amin' ny solaitrabe ny hoe: *Manao sy mitana ny fanekempihavanana masina*.)
- Ahoana no hanamafisan' ny Tompo antsika rehefa manao fanekempihavanana Aminy isika ary mitana ireny fanekempihavanana ireny "na inona na inona toe-javatra mitranga"?

  Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson: "Ny lehilahy sy ny vehivavy izay mampitodika ny fiainany amin' Andriamanitra dia hahita fa Izy dia afaka manao be lavitra noho izay azon' izy ireo atao amin' ny fiainany. Hofenoiny ny fifaliana, hohamaroiny ny fitahiany, hampitomboiny ny fotoam-panambinana, hampiononiny ny fanahiny, hatsangany ny firahalahiana, haidiny ny

fiadanana. Na zovy na zovy no hahavery ny ainy amin' ny fanompoana an' Andriamanitra dia hahita fiainana mandrakizay" (*The Teachings of Ezra Taft Benson* [1988], 361).

- Nangatahin' ny tanora Amônita i Helamàna mba ho mpitarika azy (Almà 53:19; 56:1, 5). Mpaminany sady mpisorona avo tamin' ny fiangonana i Helamàna (Almà 37:1–2, 14; 46:6). Nahoana no hampitombo ny fahombiazan' ireo tanora Amônita ny fanapahan-kevitra hanaraka ny mpaminany amin' ny ady izay hataony? Mpitarika toa inona no mety hampaosa ny olona amin' ny adim-panahiny?

- Ahoana no nasetrin' ny tanora Amônita ny baiko izay noraisiny? (Jereo Almà 57:21. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny hoe: Manaraha ny mpaninany "amin' ny an-tsipiriany"). Nahoana no zava-dehibe ny mankatò amin' ny an-tsipiriany ny fampianaran' ny mpaminanin' ny Tompo? (Jereo ilay lahateny tsahivina eo amin' ny takila manaraka). Inona ireo zavatra manokana sasantsasany izay tsy maintsy ataontsika mba hanarahana ny mpaminany "amin' ny an-tsipiriany"?

  Nampianatra ny filoha Harold B. Lee hoe:

  "Hitombo ny herin' i Satana; hitantsika miharihary izany amin' ny lafiny rehetra. . . .

  Ny hany toky ananantsika ankehitriny amin' ny maha-mpikambana antsika ao amin' ity fiangonana ity dia ny manao izay nolazain' ny Tompo ny Fiangonana tamin' ny andro izay nanorenana ny Fiangonana. Tsy maintsy ianarantsika ny mampandry sofina amin' ny teny sy ny didy izay homen' ny Tompo amin' ny alalan' ny mpaminany, arakaraka ny andraisany azy ireny, ka mandeha amin' ny fahamasinana rehetra eo Anoloako; . . . toy ireny avy eo am-bavako ireny, amin' ny faharetana sy ny finoana rehetra.' (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:4–5). Hisy ireo zavatra sasany izay mila faharetana sy finoana. Mety tsy ho tianao ny zavatra izay avy any amin' ny manampahefan' ny Fiangonana. Mety mifanohitra amin' ny fomba fitantananao izany. Mety mifanohitra amin' ny fijerinao ny fiarahamonina izany. Mety mifaningotra amin' ny lafiny sasany amin' ny fiainanao eo anivon' ny fiarahamonina izany. Saingy raha mihevitra ireny zavatra ireny ho toy ireny avy eo am-bavan' ny Tompo ireny mihitsy ianao, amin' ny faharetana sy ny finoana, dia izao no fampanantenana: 'Tsy haharesy anao ny vavahadin' ny helo; eny, ary ny Tompo hampihahaka ny herin' ny haizina avy eo anoloanao ary hahatonga ny lanitra hihorohoro ho tombon-tsoanao sy ho voninahitra ny anarany.' (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:6.)" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1970, 152; na *Improvement Era,* Des. 1970, 126).

**2. Nampihatra ny finoana an' Andriamanitra ireo tanora miaramila ary niady tamin-kerimpo tokoa.**

Hadihadio Almà 56:9–58:41. Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ireo andininy voafantina. Raha mampiasa ny sarin' ireo tanora mpiantafika ianao dia asehoy izany izao.

- Ny tafika voalohany natrehin' ireo tanora Amônita dia ny tafika matanjaka sy betsaka indrindra (Almà 56:34–43). Inona no navalin' ireo tanora miaramila rehefa nanontany i Helamàna raha tiany ny handeha hifanandrina amin' io tafika io? (Jereo Almà 56:44–47). Avy tamin' iza no nianarana sady nahazoan'

ireto mpiantafika ireto finoana sy herimpo lehibe toy izany? (Jereo Almà 56:47–48; jereo koa Almà 53:21; 57:21. Raha mampianatra olon-dehibe ianao, dia soraty eny amin' ny solaitrabe ny hoe: *Mampianatra ny zanatsika hino an' Andriamanitra*. Raha mampianatra tanora ianao, dia soraty ny hoe: *Manaraha ny fampianarana marina ataon' ny ray aman-dreny*.)

Azonao atao raha tianao ny mamaky ity lahateny manaraka nataon' ny filoha Spencer W. Kimball ity mba hanasongadinana ny vokatry ny fanabeazan' ny reny ny zanany:

"Antso tena mendrika tokoa ny ho vehivavy marina mandritra izao vanim-potoana farany izao eo amin' ity tany ity mialohan' ny Fiaviana Fanindroan' ny Mpamonjy antsika. Ny hery sy ny vokatry ny fitaizan' ny vehivavy marina dia mety ho avo folo heny noho izay tokony ho izy amin' ny fotoana milamina kokoa. Napetraka eto izy mba hanampy sy hanabe voa, hiaro ary hiambina ny tokantrano—izay fototry ny fiaraha-monina sy rafitra mendrika indrindra. Mety handringa na handamoka mihitsy ireo rafitra hafa eo amin' ny fiaraha-monina, kanefa ny vehivavy marina dia afaka manampy sady mamonjy ny tokantrano izay mety hany ho fialofana farany fantatry ny velona eo anivon' ny oram-baratra sy ny fifandirana" (*The Teachings of Spencer W. Kimball,* ed. Edward L. Kimball [1982], 326–27).

- Tsy niroanahana tamin' ny teny vavolombelon' ny reniny ireo tanora miaramila (Almà 56:48). Nahoana no zava-dehibe ho an' ny ankizy ny mahafantatra ny tanjaka sy ny maha azo antoka ny teny vavolombelon' ny ray aman-dreniny? Amin' ny fomba ahoana no ahafahan' ny ray aman-dreny mizara ny teny vavolombelony amin-janany?
- Nandritra ny ady sarotra iray, dia Nefita maro no "efa saika nikoa" (Almà 57:20; jereo koa ny andininy 12–19). Inona no fihetsiky ny tanora Amônita nandritra io ady io? (Jereo Almà 57:19–20. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny hoe: *"Aoka ho henjana sy tsy hilefitra na dia mikoa aza ny hafa"*.)
- Inona no vokatry ny finoana sy ny herimpo nasehon' ny tanora Amônita? (Jereo Almà 57:22–25; 58:31–33, 39.) Ahoana no ahafahantsika mijanona ho "henjana sy tsy milefitra," na dia "efa mila hikoa " aza ny namana, ny mpiara-miasa ary ny hafa?
- Tamin' ny fomba ahoana no "nahahenjana sy tsy nampilefitra" an' ireo tanora Amônita ? (Ireo ohatra vitsivitsy dia hita ao amin' ny Almà 53:20–21; 57:26–27; 58:40).

  a. "Sahy fatratra tokoa izy ireo raha ny herim-po" (Almà 53:20).
  b. "Izy ireo dia marina tamin' ny fotoan-drehetra, na inona na inona zavatra nankinina taminy" (Almà 53:20).
  d. "Lehilahin' ny fahamarinana sy ny fahamatorana izy ireo" (Almà 53:21).
  e. Izy ireo dia nanana "finoana an' izay efa nampianarina azy ireo mba hinoana" (Almà 57:26).
  f. "Napetrany lalandava tamin' Andriamanitra ny fitokiany" (Almà 57:27).
  g. "Iorenany mafy ao amin' izany fahafahana izay efa nanafahan' Andriamanitra azy ireo izany" (Almà 58:40).
  h. "Sarotiny izy ireo amin' ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamaniny isan' andro isan' andro" (Almà 58:40).

i. ”Nitandrina lalandava ny fitsipiny sy ny fitsarany ary ny didiny izy ireo” (Almà 58:40).
j. ”Ny finoany dia nahery tao amin’ ny faminaniana” (Almà 58:40).

Antitrantero fa efa nampitombo ireo toetra ireo nandritra ny fahatanorany ny tanora Amônita, talohan’ ny nahatonga azy ireo ho miaramila. Raha tanora no ampianarinao, dia soraty eo amin’ ny solaitrabe ny hoe: Ampitomboy ny toetra marina mandritra ny fahatanorantsika.

- Tamin’ ny ady anankiray, dia nifanatrika tamina “fahavalo tsy hita isa” ireo tafika notarihan’ i Helamàna, i Gida, i Teômnera, nefa fanampiana tena kely no noraisiny avy tany Zarahemla (Almà 58:1–9). Inona no loharano nitodihan’ ny Nefita mba hanovozan-kery? (Jereo Almà 58:10. Soraty eo amin’ ny solaitrabe ny *hoe: Mivavaha mba hahery sy ho afaka*).
- Ahoana no namalian’ ny Tompo ny vavaky ny Nefita? (Jereo Almà 58:11–12.) Amin’ ny fomba ahoana no mety hanampy antsika “hahazo hery” ny valimbavaka toy izany?

---

Famaranana

Vakio ny lahatenin’ ny filoha Ezra Taft Benson eo amin’ ny takila 00. Mba hisian’ ny fifandraisana amin’ io lahateny io, dia ivereno ireo fitsipika izay efa nosoratanao eo amin’ ny solaitrabe.

Araka ny fitarihan’ ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelon’ ny fahamarinana nifanakalozana hevitra nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an’ ny lesona. Azonao atao ny mampiasa izao hevitra izao ao anatin’ ny lesona.

**Almà 60–61 atao indray mitopy maso**

Hadihadio ny Almà 60 sy 61, izay mirakitra ny taratasin’ i Môrônia ho an’ i Pahôrana governoran’ ny tany sy ny valintenin’ i Pahôrana. Hita ao anatin’ ireo toko ireo ny lesona momba ny:

a. Fampiasana ny fitaovana rehetra efa natolotry ny Tompo (Almà 60:21).
b. Fanadiovana “Ny atin’ ny vazy” (Almà 60:23).
d. “Maha voatery antsika, araka ny fanekempihavanana izay efa nataontsika, hitandrina ny didy” (Almà 60:36).
e. Fikatsahana ny voninahitr’ Andriamanitra fa tsy ny “voninahitr’ izao tontolo izao”
f. Tsy fahatafintohinana (Almà 61:9).

# “Fototra azo antoka”

Lesona
33

*Helamàna 1–5*

**Tanjona**

Hamporisika ny mpianatra hanorina ny fijoroana ho vavolombelona ananany eo amin’ ny fototr’ i Jesoa Kristy.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:

   a. Helamàna 1–2. Nitombo ny ady an-trano teo anivon’ ny Nefita rehefa nianaka ny asa miafina sy ny faharatsiana. Nanjary mpitarika ny andiana mpangalatra miafin’ i Kiskomena i Gadiantona.
   b. Helamàna 3. An’ arivony no niditra ho mpikambana tao amin’ ny fiangonana ary nanomboka niroborobo. Tafasondrotra tao amin’ ny avonavona ny mpikambana sasany tao amin’ ny fiangonana.
   d. Helamàna 4. Nandresy ny Nefita ireo Lamanita sy mpiendaka Nefita noho ny faharatsiana sy ny fiavonavonan’ ny Nefita.
   e. Helamàna 5. Nahatsiaro ny anatry ny rainy i Nefia sy i Lehia ka naoriny teo amin’ ny vatolampin’ i Kristy ny fototr’ izy ireo. Nitranga ny fahagagana nandritra ny asa fanompoany rehefa notoriany ny fibebahana.

2. Raha mampiasa fisarihana ny saina ianao, dia mifantena anankiray amin’ ireto safidy ireto:

   a. Miangavia mpianatra vitsivitsy mba hiomana hihira ao am-pianarana ny andininy 1, 2, 3, ary 7 amin’ ilay hira hoe: “Fototra Mafy Orina”.
   b. Miomàna hihira na hamaky miaraka amin’ ny mpianatra ny tonon’ ireo andininy 1, 2, 3, ary 7 amin’ ilay hira hoe: “Fototra Mafy Orina”.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Arosoy ny fanolorana izay efa nomaninao (jereo ny “Fanomanana”, fizarana 2).

Aorian’ ny hira, dia hazavao fa ny lesona androany dia maneho ny maha samy hafa ny olona izay manorina eo amin’ ny fototra malemy, toy ireo olona mametraka ny fitokiany amin’ ny harena na tanjaky ny vatana, sy ny olona izay manorina ny fotony eo amin’ ny “vatolampin’ ny Mpanavotra azy, . . . izay fototra azo antoka” (Helamàna 5:12).

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin’ ny ilain’ ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo andinin-tsoratra masina voafantina eo amin’ ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin’ ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Niitatra ny ady an-trano teo anivon' ny Nefita.**

Hadihadio Helamàna 1–2. Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ireo andininy voafantina. Hazavao fa efa nodimandry i Pahôrana, lohan' ny mpitsara, ary nifanditra ny telo tamin' ireo zananilahy— i Pahôrana, i Pahankia, ary i Pakômenia—-mba hahazo ny toeram-pitsarana (Helamàna 1:1–4).

- Ahoana no fihetsik' i Pahankia sy i Pakômenia rehefa voafidy ho lohan' ny mpitsara i Pahôrana? (Jereo Helamàna 1:5–7.) Inona no nitranga vokatry ny fikomian' i Pahankia? (Jereo Helamàna 1:8–13.)
- Tonga ny Lamanita mba hiady amin' ny Nefita taorian' ny nahalasa an' i Pakômenia ho lohan' ny mpitsara (Helamàna 1:13–17). Nahoana no tsy niomana ho amin' ny fanafihan' ny Lamanita avy any ivelany ny Nefita? (Jereo Helamàna 1:18.) Ahoana no andemen' ny fifandirana ny firenena sy ny fiaraha-monina? ny paroasy sy ny tsatòka? ny mpianakavy sy ny olona tsirairay? Inona no azontsika atao mba hisorohana na handresena ny fifandirana?
- Gadiantôna, izay "havanana izaitsizy tokoa tamin' ny teny maro ary koa tamin' ny famitahana," dia nanjary filohan' ny tarik' i Kiskomena (Helamàna 2:4). Inona no nampanantenain' i Gadiantôna ny mpomba an' i Kiskomena handresena lahatra azy ireo hanaraka azy? (Jereo Helamàna 2:5; jereo koa Helamàna 5:8.) Amin' ny fomba ahoana no mahatonga ny olona indraindray ho voataonan' ny fanasohasoana sy ny fampanantenam-pahefana? Ahoana no ahafahantsika misoroka ity fitaomana ity ?

**2. An' arivony no niditra ho mpikambana tao amin' ny fiangonana; tafasondrotra tao amin' ny fireharehana ny mpikambana tao amin' ny fiangonana.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Helamàna 3.

- Mirakitra ny 11 taona amin' ny tantaran' ny Nefita ny Helamàna 3. Nandritra ireo 11 taona ireo, dia nandia ny vanim-potoanan' ny fandriampahalemana sy ny vanim-potoanan' ny adilahy ny Nefita. Inona no nanakorontana ny fandriampahaleman' ny Nefita nandritra ireo taona ireo? (Jereo Helamàna 3:1, 33–34.) Inona no anton' ny fireharehan' ny Nefita?(Jereo Helamàna 3:36.) Ahoana no mety hanelingelenan' ny fireharehana ny fiadanantsika eo amin' ny fiainantsika? Inona no azontsika atao mba hisorohana ny fireharehana ?(Jereo Helamàna 3:27–30; jereo koa Deoteronomia 8:11, 17–18; Almà 62:48–51.)
- Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Helamàna 3:29. Inona no hevitry ny hoe: "mihazona ny tenin' Andriamanitra"? Ahoana no hitahiana antsika raha "mihazona ny tenin' Andriamanitra" isika? (Jereo Helamàna 3:27–30; ary koa 1 Nefia 11:25; 15:24.)
- Nanomboka nanenjika ny hafa ny mpikambana sasany tao amin' ny fiangonana tamin' ny taona fahairaika amby dimampolo. Ahoana no namalian' ireo mpanaradia nanetry tena an' i Kristy an' ireo mpikambana mirehareha ao amin' ny fiangonana? (Jereo Helamàna 3:35.) Ahoana no ahafahan' ny ohatra nasehony manampy antsika rehefa miatrika fanenjehana, fanankianana na fijaliana isika?
- Nohamasinina ireo mpikambana nanetry tena ao amin' ny fiangonana noho ny "nanolorany ny fony ho an' Andriamanitra" (Helamàna 3:35). Inona no

atao hoe fanamasinana? (Ny fomba arahina mba ho madio, tsy maloto ary ho afaka amin' ny ota amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy. Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:41; 88:74–75.) Inona no hevitry ny hoe manolotra ny fontsika ho an' Andriamanitra?

**3. Nandresy ny Nefita ny Lamanita sy ny mpiendaka Nefita.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Helamàna 4.

- Noresen' ny mpiendaka Nefita lahatra ny Lamanita mba handeha hiady amin' ny Nefita. Nandresy ny Nefita ny Lamanita ary nahazo ny ankamaroan' ny taniny (Helamàna 4:5). Inona no heverin' i Môrmôna, izay namintina ny bokin' i Helamàna, ho antony nahatonga ny fahalemen' ny Nefita? (Jereo Helamàna 4:11–13.) Inona no mampitovy ny fihetsiky ny Nefita amin' ny fihetsiky ny olona sasany ankehitriny? Ahoana no ahafahan' ny fahafantarantsika miantehatra amin' ny Tompo mankahery antsika?
- I Môrônihà, i Lehia ary Nefia dia naminany "zavatra maro tamin' ny vahoaka . . . momba ny helony sy izay hanjo azy, raha tsy mibebaka amin' ny fahotany izy" (Helamàna 4:14). Inona no nitranga rehefa nanomboka nibebaka ny vahoaka? (Jereo Helamàna 4:15–16; jereo koa ireo andininy 21–26.)

**4. Nahatsiaro ny anatry ny rainy i Nefia sy i Lehia. Nitrangan' ny fahagagana ny asa fanompoany.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Helamàna 5.

- Nahoana no nafoin' i Nefia ny toeram-pitsarana mba hitoriany ny tenin' Andriamanitra? (Jereo Helamàna 5:1–4.) Inona no tsaroan' i Lehia sy i Nefia fa efa nolazain-drainy azy ireo momba ny anaran' izy ireo? (Jereo Helamàna 5:5–7.) Ahoana no nanampian' ireo ohatra nasehon' ny mpaminany na ireo mpitarika hafa ao amin' ny fiangonana na ireo olo-marina hafa anao?
- Inona no nampianarin' i Helamàna ireo zananilahy momba ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy? (Jereo Helamàna 5:9–11.)
- Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Helamàna 5:12. Inona no hevitry ny hoe manorina eo amin' ny vatolampin' i Kristy? (Jereo koa 3 Nefia 14:24–27.) Inona avy ireo rivo-mahery sy oram-baratra sasany alefan' i Satana amintsika? Ahoana no ahafahan' i Kristy manampy antsika hanohitra ireo tafiotra sy oram-baratra ireo?
- Nahoana no i Kristy no raisintsika ho vatolampintsika? Inona ireo fototra hafa ankoatra an' i Kristy izay anorenan' ny olona eo amboniny tsindraindray? Ahoana no nitahiana anao rehefa nanorina ny fiainanao teo ambonin' ny vatolampin' i Kristy ianao?
- Inona no fahagagana lehibe nitranga tao Zarahemlà rehefa nitory ny filazantsara i Nefia sy i Lehia? (Jereo Helamàna 5:17–19.) Nahoana no zava-dehibe ny handavan' ny Lamanita "Ny faharatsiana amin' ny fomban' ny razany"? (Jereo Helamàna 5:19, 51; jereo koa Môsia 1:5.)

  Hoy i Richard G. Scott loholona: "Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa ataonao ho tokim-panompoana voalohany ny maha-mpikambana anao ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ary ataonao ho fototry ny fiainanao ny fampianarany, dia hofoananao ny sakantsakana ho amin' ny fahasambarana ary

ho hitanao ny fiadanana lehibe kokoa. Raha mifanohitra amin' ny fampianaran' Andriamanitra ny fomba amam-panao an' ny mpianakavy na nentim-paharazana dia ailiho. Raha mifanaraka amin' ny fomba fampianarany ny fomba amam-panao dia tokony hokolokoloina sy harahina mba hitehirizana ny harentsaina sy ny lova. Misy lova iray izay tsy tokony hovainao na oviana na oviana, dia ilay lova izay maha zanakalahy na zanakavavin' ny Ray any an-danitra" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1998, 114; na *Ensign,* May 1998, 87).

- Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Helamàna 5:21–32. Inona no nitranga rehefa nanomboka nibebaka ny vahoaka? (Helamàna 5:43–45.) Ahoana no nijoroan' ny Fanahy Masina ho vavolombelona tamin' ny vahoaka? (Jereo Helamàna 5:45–47.) Ahoana no nijoroan' ny Fanahy Masina ho vavolombelon' ny fahamarinana teo anivon' ny fiainanao?
- Inona no nataon' ny olona raha vantany vao nahazo porofo ny amin' ny Mpamonjy izy? (Jereo Helamàna 5:49–52.) Inona no andraikintsika raha vantany vao nahazo porofo ny amin' ny maha-Andriamanitra an' i Jesoa Kristy sy ny herim-pamonjeny isika?

---

**Famaranana**

Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy indray ny Helamàna 5:12. Antitrantero fa afaka miaro ny tenantsika amin' ny fireharehana, ny adilahy ary ny "orambatravatran' i Satana" isika amin' ny fanorenantsika ny fototra eo amin' ny vatolampin' i Jesoa Kristy.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao raha tianao ny mampiasa ny anankiray amin' ireo hevitra na izy roa miaraka ao anatin' ny lesona.

**1. "Tsarovy, tsarovy anaka" (Helamàna 5:5–14)**

- Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, dia mihoatra ny 240 ny fampiasana ny teny hoe *tsiaro* na ny endrik' ilay teny (Toy ny hoe *nahatsiaro, fahatsiarovana na aza manadino*). Ao amin' ny Helamàna ny dimy ambin' ny folo amin' izany fampiasana izany. Inona no tsy maintsy tsarovantsika? (Jereo Helamàna 5:9; jereo koa Môsia 3:17.) Nahoana no zava-dehibe ny mahatsiaro?

  Hoy i Spencer W. Kimball loholona:

  "Rehefa mizaha ny teny manan-danja indrindra ao amin' ny rakibolana ianao, dia moa ve mba fantatrao inona izay? Mety ho ny teny 'mahatsiaro' izay. Noho ny ankamaroantsika efa nanao fanekempihavanana . . . dia ny mahatsiaro no ilaintsika fatratra indrindra. Izay no antony hanatrehan' ny tsirairay ny fivorian' ny Fanasan' ny Tompo isaky ny andro sabata—mba handray ny fanasan' ny Tompo sy hihaino ny mpisorona mivavaka hoe: isika dia . . . mba hahatsiaro Azy mandrakariva sy hitandrina ny didiny izay nomeny [antsika]' . . .'Mahatsiaro ilay teny'" ("Circles of Exaltation" [address to religious educators, Brigham Young University, 28 Jona 1968], 8).

**2. ”Fanolorantsika ny fontsika ho an’ Andriamanitra” (Helamàna 3:35)**

Rehefa manadihady ny Helamàna 3:35 ianareo dia ifampizarao ity lahateny manaraka nataon’i Neal A. Maxwell loholona ity:

“Tsy misy afa-tsy amin’ ny alalan’ ny fanoloran-tenantsika ho an’ Andriamanitra no mety hanombohantsika hahatsapa ny sitrapony ho antsika. Ary raha matoky an’ Andriamanitra marina tokoa isika, nahoana no tsy hiaiky ny fahaizany fanaperana sady feno fitiavana? Raha izany, fantany tsara kokoa noho ny ahafantarantsika izany, isika sy ny fahafaha-manao ananantsika” (ao amin’ ny Conference Report, Apr. 1985, 91; na *Ensign,* May 1985, 72).

Lesona
# 34 "Ahoana no nahafahanareo nanadino ny Andriamanitrareo?"

*Helamàna 6–12*

---

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahafantatra ny tsingerina vakana izay mitondra avy amin' ny fahamarinana mankamin' ny faharatsiana ary miverina any amin' ny fahamarinana.

---

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:

   a. Helamàna 6:1–14. Nanjary marina kokoa noho ny Nefita ny Lamanita. Notahiana tamin' ny fiadanana sy ny firoboroboana ny vahoaka.

   b. Helamàna 6:15–10:1. Nanjary nirehareha sy namohehatra ny Nefita. Niantso ny olona ho amin' ny fibebahana i Nefia. Rehefa avy nanatri-maso ny fisehoan-javatra nanodidina ny famonoana ny lohan' ny mpitsara ny sasany dia nanaiky an' i Nefia ho mpaminany saingy nijanona tsy nibebaka ny ankamaroany.

   d. Helamàna 10:2–11:6. Nomen' ny Tompo an' i Nefia ny fahefana hifehy. Nangatahin' i Nefia ny Tompo mba hanafay ny Nefita amin' ny mosary.

   e. Helamàna 11:7–38; 12. Nanetry tena sy nibebaka ny Nefita. Nandatsaka orana ny Tompo noho ny fangatahan' i Nefia ary nitahy indray ny Nefita tamin' ny fiadanana sy ny firoboroboana. Namantatra ny tsingerin' ny fahamarinana sy ny faharatsiana i Nefia ary nolazainy ny fomba hamotehana ilay tsingerina.

2. Soraty amin' ny ravin-taratasy ireto teny manaraka ireto:

   | |
   |---|
   | Fahamarinana sy Firoboroboana |

   | |
   |---|
   | Fireharehana sy Faharatsiana |

   | |
   |---|
   | Fandravana sy Fijaliana |

   | |
   |---|
   | Fanetrentena sy Fibebahana |

   Raha tsy tianao ny mampiasa ravin-taratasy ahitana ireo teny ireo, dia soraty eo amin' ny solaitrabe ireo teny ireo amin' ny fotoana tokony hampiasanao ireo ravin-taratasy.

3. Raha misy ny horonan-tsary video (53911), dia miomàna handefa ny "The Pride Cycle" izay ampahany maharitra dimy ambin' ny folo minitra. Raha tsy misy ilay horonan-tsary, dia manendre mpianatra mba hiomana ny hanazava fohy ny fisehoan-javatra tantaraina ao amin' ny Helamàna 7:13–29; 8; 9.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Soraty eo amin' ny solaitrabe ireto isa mifanarakaraka ireto: *2, 3, 5, 8, 12*

Antitrantero fa manaraka filaharana manokana ireo isa ireo. Angataho ny mpianatra hilaza ireo isa telo manaraka (Ireo isa telo manaraka dia 17, 23, ary 30. Azonao atao, raha ilaina, ny hanazavana fa ilay isa dia azo avy amin' ny fanampiana 1 ho an' ny isa voalohany, 2 ho an' ny isa faharoa, 3 ho an' ny isa fahatelo, sns . . . ).


Hazavao fa ao amin' ny Bokin' i Môrmôna dia misy toe-javatra izay azo vinaniana mialoha toy ity fandaharan' isa ity ny fitrangany. Miverina imbetsaka ilay toe-javatra. Azontsika ialana ny fanao izay nitarika ny famongorana ny Nefita rehefa haintsika ilay toe-javatra.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo andinin-tsoratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

Misy fizarana efatra ity lesona ity. Mivaofy ny ampahany iray amin' ny tsingerin' ny fireharehana ny fizarana tsirairay. Rehefa tonga ny fotoana, dia apetaho eo amin' ny solaitrabe ny ravin-taratasy izay mifanaraka amin' ny fizarana tsirairay. Asio tsipika mampifandray ireo ravin-taratasy araka izao aseho manaraka izao:




**1. Marina ny vahoaka ary notahiana tamin' ny fiadanana sy firoboroboana.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Helamàna 6:1–14. Ampahatsiahivo ny mpianatra fa efa iraka mpitory tany amin' ny Lamanita i Nefia sy i Lehia ary efa nanampy ny maro taminy hibebaka sy hatao batisa. Tsy ela dia nanjary marina kokoa noho ny Nefita ny Lamanita.

- Inona no toetra nananan' ny Lamanita izay nanampy azy ho tonga ho marina kokoa noho ny ankamaroan' ny Nefita? (Jereo Helamàna 6:1.) Ahoana no nampianarin' ireo Lamanita niova fo ny Nefita? (Jereo Helamàna 6:4–6.) Inona no vokany? (Jereo Helamàna 6:7–14.)

Apetaho eo amin' ny solaitrabe ny ravin-taratasy misy ny soratra hoe: *Fahamarinana sy Firoboroboana*.

**2. Nanjary nirehareha sy namohehatra ny Nefita. Niantso azy hibebaka i Nefia.**

Hadihadio ny Helamàna 6:15–10:1. Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ireo andininy voafantina. Mariho fa rehefa niroborobo ny Nefita, dia maro taminy no nanomboka nanadino an' Andriamanitra ary nikatsaka ny harena sy ny zavatra hafan' izao tontolo izao.

Apetaho eo amin' ny solaitrabe ny ravin-taratasy misy ny soratra hoe: *Fireharehana sy Faharatsiana*.

- Nahoana ny firoboroboana mazàna no mitondra any amin' ny faharatsiana? (Jereo Helamàna 6:17; 7:20–21.)
- Asaovy vakian' ny mpianatra ny Helamàna 6:21–24 sy 7:4–5 ary fantaro ny toetr' ireo mpangalatr' i Gadiantona. Inona amin' ireo toetra ireo no misy ankehitriny? Ahoana no ahafahantsika mandresy amin' ny fomba mahomby ny fitaoman-dratsy eo amin' ny fiarahamonina?
- Iza no fototry ny tsikombakomba miafina? (Jereo Helamàna 6:25–30.) Inona no nataon' ny Nefita rehefa "nahazo vahana lehibe tao am-pony i Satana"? (Jereo Helamàna 6:31.)

Asaovy vakian' ny mpianatra ny Helamàna 6:34–38 no sady tadiaviny ny fifanoherana misy eo amin' ny Nefita sy ny Lamanita. Azonao atao raha tianao ny mamintina eo amin' ny solaitrabe ny valintenin' ny mpianatra, toy izao fampitahana manaraka izao:

| NEFITA | LAMANITA |
|---|---|
| Nihemotra tao amin' ny tsy finoana (andininy 34). | Nitombo tao amin' ny fahalalana an' Andriamanitra (andininy 34). |
| Nitombo tao amin' ny faharatsiana sy ny fahotana (andininy 34). | Nandeha tamin' ny fahamarinana sy ny fahitsiana teo anoloany (andininy 34). |
| Namoy ny fitarihan' ny Fanahin' ny Tompo (andininy 35). | Nandray ny Fanahy (andininy 36). |
| Nanangana sy nanohana ireo mpangalatr' i Gadiantona (Andininy 38). | Nitory ny tenin' Andriamanitra tamin' ireo mpangalatr' i Gadiantona (andininy 37). |

- Nahoana no "niala tamin' ny Nefita" ny Fanahy? (Jereo Helamàna 6:35.) Nahoana ny Tompo no "Nandrotsaka ny Fanahiny" tamin' ny Lamanita? (Jereo Helamàna 6:36.) Inona no azontsika tsoahina amin' izany momba ny fomba mety handraisantsika ny fitaoman' ny Fanahy Masina?

Hazavao fa rehefa nitozo tao amin' ny faharatsiana ny Nefita dia nirahin' ny Tompo i Nefia zanakalahin' i Helamàna mba hiantso azy ho amin' ny fibebahana. Nony nahita ny faharatsian' ny olona i Nefia dia "vonton' alahelo ny fony" (Helamàna 7:6). Nandohalika teo amin' ny tilikambon' ny sahany izy mba hivavaka. Raha namboraka ny fanahiny tamin' Andriamanitra izy dia niangona ny andian' olona liana ny hahafantatra ny anton' ny alahelony noho ny faharatsian' ny vahoaka (Helamàna 7:11).

Asaovy mitantara fohy ny fisehoan-javatra voalaza ao amin' ny Helamàna 7:13–29; 8; 9 ny mpianatra voatondro.

- Ahoana no fihetsiky ny vahoaka rehefa nandevilevy azy noho ny faharatsiany i Nefia? (Jereo Helamàna 8:1–10.) Nahoana no nijanona tsy nibebaka ny ankamaroany?
- Ahoana no fihetsiky ny vahoaka rehefa niaiky ho nahafaty ny lohan' ny mpitsara rahalahiny i Seantona? (Jereo Helamàna 9:39–10:1.) Rehefa niady hevitra ny vahoaka raha toa ka mpaminany na Andriamanitra i Nefia dia navelany izy hijoro irery. Inona no mety hisakana antsika tsy hihaino ny mpaminan' ny andro farany?

  Hoy ny filoha Ezra Taft Benson: "Ny antokon' olona roa izay manam-pahasahiranana fatratra indrindra amin' ny fanarahana ny mpaminany dia ny mpirehareha izay nianatra sy ny mpirehareha izay manan-karena. Mety hahatsapa ilay nianatra fa ny hany anentanan' ny Fanahy ny mpaminany dia rehefa mifanaraka amin-drizareo izy; ankoatra izay dia manome ny heviny fotsiny izy—miteny toy ny olona. Mety hahatsapa ilay mpanankarena fa tsy ilaina ny mila torohevitra amin' ny mpaminany ambanimbany" (*The Teachings of Ezra Taft Benson* [1988], 138).

**3. Nomen' ny Tompo an' i Nefia ny fahefana hifehy. Niatrika ady sy mosary ireo Nefita tsy nibebaka.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Helamàna 10:2–11:6. Mariho fa nanadino ny Tompo ny Nefita ary nitozo tao amin' ny faharatsiana. Noho ny faharatsiany dia nandia fandravana sy famongorana ary fijaliana ny vahoaka.

- Nomen' ny Tompo an' i Nefia ny fahefana hifehy ka nilazany fa "ny zavatra rehetra dia ho to araka ny tenin' i Nefia" (Helamàna 10:5–10). Nahoana no nanankinan' ny Tompo fahefana lehibe toy izany i Nefia? (Jereo Helamàna 10:4–5.)
- Inona no nanjo ny vahoaka rehefa notsipahiny i Nefia ary tsy nankatoaviny Andriamanitra? (Jereo Helamàna 10:18–11:2.) Inona no nivavahan' i Nefia mba hanampy ny vahoaka hahatsiaro ny Tompo ka hibebaka? (Jereo Helamàna 11:4.) Ahoana no namaliana ny fivavak' i Nefia? (Jereo Helamàna 11:5–8.)

Apetraho eo amin' ny solaitrabe ny ravin-taratasy misy ny soratra hoe: *Fandravana sy Fijaliana*.

**4. Nanetry tena sy nibebaka ny Nefita.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Helamàna 11:7–38; 12. Hazavao fa ny fandravana sy ny fijaliana vokatry ny mosary dia nitaona ny Nefita hitodika amin' ny Tompo ho filam-bonjy. Nanetry tena sy nibebaka izy ireo.

Apetaho eo amin' ny solaitrabe ny ravin-taratasy misy ny soratra hoe: *Fanetrentena sy Fibebahana*.

- Inona no azontsika tsoahina avy amin' ny famalian' ny Tompo ny fivavak' i Nefia izay nangataka mba hifarana ny mosary? (Jereo Helamàna 11:10–17.) Inona no takian' ny Tompo tamin' ny vahoaka talohan' ny hamaranana ny mosary? (Jereo Helamàna 11:14–15.)
- Ahoana no nitahiana indray ny vahoaka noho ny fahatokiany? (Jereo Helamàna 11:20–21.)
- Inona no famantarana fa nifarana ilay vanim-potoana fohy nahitana fanetrentena sy fahamarinana? (Jereo Helamàna 11:22.) Ahoana no nampitsaharan' i Nefia sy i Lehia ary ireo rahalahiny io fifandirana io? (Jereo Helamàna 11:23.) Amin' ny fomba ahoana no ahafahan' ny fampianarana ny "lafiny marina amin' ny fotopampianarana" manampy antsika mba hampitsahatra ny fifandirana?
- Taorian' ny vanim-potoana iray hafa nisian' ny faharatsiana sy ny fandravana noho ny ady, dia inona no nanosika ny olona hibebaka sy hiverina amin' ny Tompo? (Jereo Helamàna 11:28–34.) Rehefa voahodidin' ny toetry ny faharatsiana toy izany isika, dia inona no azontsika atao mba hahatsiarovana ny Tompo mandrakariva?
- Roa taona tatỳ aoriana dia "nanomboka nanadino indray ny Tompo Andriamaniny" ny Nefita (Helamàna 11:36). Nahoana araka ny hevitrao, no mailaka ny olona ny hanadino ny Tompo? Amin' ny fomba ahoana no mety hanadinoantsika ny Tompo ankehitriny?
- Nilaza i Môrmôna fa "Ny zanak' olombelona . . . dia ambany noho ny vovoky ny tany" (Helamàna 12:7). Inona no fototra iaingany ka anaovany io fanamarihana io ? (Asaovy mifandimby ny mpianatra mamaky ireo andininy ao amin' ny Helamàna 12:1–6, 8.)
- Ananantsika ny fahafahana hankatò na tsy hankatò ny didin' Andriamanitra saingy tsy anjarantsika ny mifidy ny vokatry ny ataontsika. Inona no nolazain' i Môrmôna fa anjaran' ireo izay tsy mankatò? (Jereo Helamàna 12:25–26.) Inona no anjaran' ireo izay mibebaka sy mankatò ny Tompo? (Jereo Helamàna 12:23–24, 26.)
- Sariho ny sain' ny mpianatra hifantoka amin' ny tsingerina mipetraka eo amin' ny solaitrabe. Ahoana no ahafahan' ny olona miesotra amin' io tsingerina vakana io? (Jereo Almà 62:48–51; Helamàna 12:23–24.)

Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley: "Katsaho ny zavatra tena izy fa tsy ny tefitefena. Katsaho ny fahamarinana maharitra mandrakizay fa tsy ny aingitraingitra mihelina. Katsaho ny zavatra mandrakizain' Andriamanitra fa tsy izay etỳ anio ary lasana rahampitso. Mijere an' Andriamanitra ary aoka ho velona" (*Teachings of Gordon B. Hinckley* [1997], 494).

---

Famaranana

Vakio izao lahateny manaraka nataon' i Gordon B. Hinckley izao, izay niresahiny momba ny Bokin' i Môrmôna, manao hoe:

"Tsy misy testamenta hafa voasoratra izay mampiseho izao mazava tsara kokoa, fa rehefa mandeha amin-tahotra an' Andriamanitra sy amin' ny fankatoavana ny

didiny ny olona sy ny firenena, dia hiroborobo sy hitombo izy ireo, saingy rehefa tsy raharahany Izy sy ny teniny, dia tonga ny fahalovana izay, raha tsy sakanana amin' ny fahamarinana dia mitondra any amin' ny fahalemena sy ny fahafatesana" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1979, 10; na *Ensign,* Nov. 1979, 8).

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ireto fitaovana manaraka ireto dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny anankiray amin' ireto hevitra ireto na izy roa miaraka ao anatin' ny lesona.

**1. Fisorohana ny tsingerin' ny fireharehana**

Iangavio ny mpianatra hieritreritra hadisoana na safidy manahirana na kidaladala nataony. Iangavio izy avy eo hieritreritra izay nataony hisorohana ny famerenana ilay hadisoana. Omeo fotoana ny mpianatra hizara ireny traikefany ireny.

Hadihadio ny antony nanohizan' ny Nefita nandray fanampahan-kevitra izay nitondra azy avy any amin' ny fahamarinana nankamin' ny faharatsiana ka niafara tamin' ny faharavana sy ny fijaliana.

- Inona no lesona azontsika tsoahina avy amin' ny Nefita hoenti-misoroka ny fanaovana ireo hadisoana izay nataony?

**2. "Efa nambarany ny amin' ny fiavian' i Kristy" (Helamàna 8:22)**

Hazavao fa ny mpaminany mbamin' ny zavatra rehetra eny an-danitra dia samy nanambara ny amin' i Jesoa Kristy. Asaovy mifandimby ny mpianatra avy eo mamaky ireo andininy ao amin' ny Helamàna 8:11–24 no sady mitady ireo vavolombelona maro momba ny Mpamonjy ao amin' ireo andininy ireo. Ho tohin' izao fifanakalozan-kevitra izao, dia azonao atao raha tianao ny manantitrantitra manokana ny tantaran' i Mosesy sy ny menarana varahina:

- Sarina inona no asehon' ilay menarana varahina? (Jereo Helamàna 8:13–15; jereo koa Nomery 21:6–9; Jaona 3:14–16.) Ahoana no ahafahantsika mampitombo ny finoantsika an' i Kristy? Ahoana no fiantraikan' ny finoanao an' i Kristy sy ny sorompanavotany eo amin' ny fiainanao?

Ho famaranana izao fifanakalozan-kevitra izao, dia azonao atao, raha tianao ny mamaky ny teny vavolombelon' ny filohan' ny Fiangonana notsoahina tao amin' ny Hafatry ny Fiadidiana Voalohany hita ao amin'ny "*Ensign*."

Lesona

# 35 “Mibebaka ary miverina amin’ ny Tompo”

*Helamàna 13–16*

**Tanjona**

Hampahatsiahy ny mpianatra ny maha zava-dehibe ny mibebaka sy miverina amin’ ny Tompo ary ny manaraka ny mpaminany.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Helamàna 13. Ny mpaminany Lamanita atao hoe Samoela dia naminany fa hofongorana ny Nefita raha tsy mibebaka.
   b. Helamàna 14. Naminany ny amin’ ireo famantarana izay hialoha ny fahaterahana sy ny fahafatesan’ ny Mpamonjy i Samoela. Notohizany ny fiantsoana ny olona hibebaka.
   d. Helamàna 15–16. Nolazain’ i Samoela ny Nefita ny momba ny fiovampon’ ny Lamanita. Nino an’ i Samoela ny Nefita sasany ary natao batisa. Nanamafy ny fony ny hafa ary niezaka ny namono an’ i Samoela, saingy narovan’ ny herin’ Andriamanitra izy.
2. Raha misy ilay sary “Samoela ilay Lamanita teo amin’ ny manda”, dia miomàna hampiseho izany mandritra ny lesona (62370; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 314).

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fisarihana ny saina manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Asaovy alain’ ny mpianatra sary an-tsaina ity mpivarotra iray tsy manana afatsy entana iray monja hovarotana: ny fahoriana.

- Inona no azon’ ilay mpivarotra atao hivarotana ny entany? (Azonao atao raha hita amin’ ny valinteny ny hoe azony atao ny manao fihetsika mampahonena na azony fitahana ny olona hieritreritra fa hitondra hasambarana fa tsy fahoriana ny entany).
- Tsy manana na inona na inona homena afa-tsy fahoriana i Satana (2 Nefia 2:17–18, 27). Ahoana no ataon’ i Satana mba hahatonga ny fahoriana sy ny fahotana ho mahatsiriritra? Ahoana no iezahany handresy lahatra ny olona fa tsy mahatsiriritra ny fahasambarana sy ny fahamarinana?

Hazavao fa hanadihady ny faminanian’ i Samoela mpaminany izay Lamanita ianareo. Samoela dia nitory tamin’ ny andiana Nefita izay efa namela ny tenany ho resin’ ny fakan’ i Satana fanahy. Efa “nokatsahiny ny fahasambarana tamin’ ny fanaovana heloka,” izay mifanohitra amin’ Andriamanitra (Helamàna 13:38).

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo andinin-tsoratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Nampitandrina ny Nefita i Samoela fa hofongorana izy ireo raha tsy mibebaka.**

Hadihadio Helamàna 13. Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ireo andininy voafantina. Hazavao fa nandeha nitory tao Zarahemlà ny mpaminany Lamanita atao hoe Samoela saingy noroahin' ny Nefita izy hiala ny tany. Nodidian' ny Tompo i Samoela hiverina ao Zarahemlà ary haminany. Rehefa tsy navelan' ny Nefita hiditra ny tanana i Samoela, dia nijoro teo amin' ny mandan' ny tanàna izy ary naminany taminy (Helamàna 13:1–4). Raha mampiasa ny sarin' i Samoela ianao, dia asehoy izany mandritra ny lesona.

- Nampitandrina ny vahoaka i Samoela fa noho ny hamafin' ny fony, dia hotsoahin' ny Tompo hiala aminy ny teniny ary hoesoriny hiala aminy ny Fanahiny (Helamàna 13:8). Nahoana no mihatra amin' ny olona izay manamafy ny fony ireo vokatry ny nataony ireo? (Jereo Môsia 2:36–37.) Inona no azontsika atao mba hanalefaka ny fontsika?
- Hoy ny Tompo tamin' ny alalan' i Samoela mpaminany:" Hotahiana izay mibebaka sy mitodika Amiko" (Helamàna 13:11). Ahoana no mety hiezahan' ny olona sasany hibebaka saingy tsy hitodika ny Tompo? Nahoana no ampahany manan-danja indrindra amin' ny fibebahana ny fitodihana ny Tompo?

  Nampianatra ny filoha Ezra Taft Benson hoe:

  "Ny fibebahana dia manoatra lavitra noho ny fanitsiana fotsiny ny fitondrantena. Maneho herin-tsaina lehibe sy fifehezan-tena ny lehilahy maro eran-tany amin' ny fandresena ny fahazaran-dratsy sy ny fahalemen' ny nofo. Miaraka amin' izay koa anefa dia tsy ananany eritreritra ny momba ny Tompo, tsipahiny an-kitsirano aza Izy tsindraindray. Ny fiovan' ny fitondran-tena toy izany, na dia eo aza ny mahamety azy, dia tsy miendrika ho fibebahana marina. . . .

  " . . . Ifotorana sy iavian' ny fibebahana marina ny finoana an' i Jesoa Kristy Tompo. Tsy misy fomba hafa. Ny fibebahana marina dia midika ho fiovam-po fa tsy fiovan' ny fitondran-tena fotsiny (Jereo Alma 5:13)" (*The Teachings of Ezra Taft Benson* [1988], 71).
- Efa "Nametraka ny fony tamin' ny harena" ny Nefita (Helamàna 13:20–21). Ankaotra izany dia tsy nohenoiny ny tenin' ny Tompo izay efa nanome azy ny hareny (Helamàna 13:21). Noho izany dia voaozona ny Nefita sy ny hareny (Helamàna 13:17–22). Amin' ny fomba ahoana no anomezan' ny olona fotoana sy fitandremana bebe kokoa ny zavatr' izao tontolo izao noho ny zavatra ara-panahy? Ahoana no ahafahantsika mamaritra raha toa ka ampy ny fitandremana omentsika ho an' ny fiadanam-panahintsika?
- Nilaza i Samoela fa tsaroan' ny Nefita mandrakariva ny hareny, saingy tsy

tsaroany ny misaotra ny Tompo noho izany (Helamàna 13:22). Nahoana no sarotra ho an' ny olona sasany ny haneho fankasitrahana na dia tahiana mitafotafo aza izy? Ahoana no anoheran' ny fankasitrahana ny fireharehana? Amin' ny fomba ahoana no ahafahantsika maneho ny fankasitrahana ny Tompo?

- Nanenjika sy namono ny mpaminany tamin' ny androny ny Nefita saingy nilaza izy hoe: "Raha mba tamin' ny andron' ny razanay fahiny ny androany dia tsy ho namono ny mpaminany izahay" (Helamàna 13:24–25; ampitahao amin' ny Matio 23:29–39). Nahoana ny olona indraindray no midera ireo mpaminany fahiny ary mitsipaka ny mpaminany velona? (Jereo Helamàna 13:26.) Ahoana no amelan' ny olona sasany ny tenany "ho tarihin' ny mpitarika adala sy jamba"? (Jereo Helamàna 13:27–29.)

- Araka ny voalazan' i Samoela dia "efa nikatsaka fahasambarana tamin' ny fanaovana heloka" ny Nefita (Helamàna 13:38). Nahoana no zava-tsy hisy ny hahita fahasambarana marina ao amin' ny fahotana? (Jereo Helamàna 13:38; jereo koa Alma 41:10–11.) Ahoana no mety hahitantsika ny fahasambarana marina? (Ankoatra ny fangatahana ny valintenin' ny mpianatra, dia azonao atao raha tianao ny mamaky ny lahateny eo amin' ny takila manaraka.) Ahoana no mety hanampiantsika ny hafa hahita fahasambarana?

  Hoy i Joseph Smith Mpaminany: "Ny hasambarana no tanjona sy fikasana eo amin' ny fiainantsika; ary ho fiafarana raha mitozo amin' ny lalana izay mitondra mankany isika; ary io lalana io dia ny hatsaram-panahy, ny fahitsiana, ny fahatokiana, ny fahamasinana ary ny fitandremana avokoa ny didin' Andriamanitra" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* sel. Joseph Fielding Smith [1976], 255–56).

**2. Naminany ny amin' ireo famantarana izay hialoha ny fahaterahana sy ny fahafatesan' ny Mpamonjy i Samoela. Notohizany ny fiantsoana ny olona hibebaka.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Helamàna 14.

- Naminany ny amin' ny fahaterahana sy ny fahafatesan' ny Mpamonjy i Samoela (Helamàna 14:2, 15). Inona no famantarana nolazain' i Samoela fa hiaraka amin' ny fahaterahana sy ny fahafatesan' ny Mpamonjy? (Jereo Helamàna 14:3–7, 20–28. Voalaza ao amin' ny fanampin-kevitra hoenti-mampianatra ireo faminaniana ireo. Hohadihadiana ao amin' ny lesona 36 ny fahatanterahan' ireo faminaniana.)

- Nilaza i Samoela fa raha mibebaka ny olona dia horaisin' izy ireo ny famelana ny fahotany amin' ny alalan' ny fahamendrehan' i Kristy (Helamàna 14:13). Ny fahamendrehana dia hatsaran-toetra na fihetsika izay manome lalana ny olona hitaky valiny. Nahoana no amin' ny alalan' ny fahamendrehan' ny Mpamonjy ihany no mety hamelana ny fahotantsika? (Jereo 2 Nefia 2:7–9; Alma 22:14.)

  Nampianatra ny filoha Ezra Taft Benson fa "Na dia ny olona marina indrindra aza dia tsy afaka mamonjy ny tenany noho ny fahamendrehany irery" (*The Teachings of Ezra Taft Benson,* 71).


- Araka ny voalazan' i Samoela, dia nahoana no tsy maintsy maty i Jesoa? (Jereo Helamàna 14:15–18.) Toy inona no akon' ny fahafantarana ny soron' ny Mpamonjy taminao?
- Nilaza i Samoela fa, "Raha voaheloka ny olona, dia izy ihany no ahatonga fanamelohana amin' ny tenany (Helamàna 14:29). Nahoana no izany no fisehoan-javatra? (Jereo Helamàna 14:30–31.) Nahoana no zava-dehibe ny "amelana antsika hitondra tena samirery"?

**3. Nino an' i Samoela ny sasany ary natao batisa. Nanamafy ny fony ny hafa ary nanandrana namono azy.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Helamàna 15–16.

- Nahoana ny Tompo no nanafay ny Nefita? (Jereo Helamàna 15:3; jereo koa Hebreo 12:6.) Ahoana no anehoan' ny fahaizan' ny Tompo ny fitiavany antsika? Inona no azontsika ianarana amin' ny famaizan' ny Tompo?

Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Helamàna 15:7–8. Raha mbola mamaky izy, dia soraty eny amin' ny solaitrabe ireto fehin-kevitra manaraka ireto:




- Amin' ny fomba ahoana no itarihan' ny fahafantarana ny marina sy ny finoana ny soratra masina mankany amin' ny finoana sy ny fibebahana? Amin' ny fomba ahoana no itarihan' ny finoana sy ny fibebahana mankany amin' ny fiovam-po?
- Ny Lamanita izay nandia ny fiovam-po dia "niorina sy nifototra tamin' ny finoana" (Helamàna 15:8). Rehefa mandia fiovam-po isika, dia inona no tsy maintsy ataontsika mba ho azo antoka fa maharitra ny fiovana? (Jereo 2 Nefia 31:19–20.)
- Ahoana no navalin' ny Nefita ny faminaniana sy ny fampitandreman' i Samoela? (Jereo Helamàna 16:1–7.) Nahoana, araka ny hevitrao, no tsy nino an' i Samoela ny ankamaroan' ny vahoaka na dia hitany aza fa narovana tamim-pahagagana tokoa izy?
- Na dia hitany aza fa notanterahina ny tenin' ny mpaminany, dia nanomboka nanamafy ny fony sy niantehitra tamin' ny heriny sy ny

fahendreny ihany ny ankamaroan' ny Nefita (Helamàna 16:13–15). Nahoana no nanazavan' ireo Nefita tsy nino ny famantarana izay efa hitany? (Jereo Helamàna 16:16–23.) Inona no zava-mamohehatra ateraky ny fahatakarana ny filazantsara amin' ny saina fotsiny ihany?

Famaranana

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

Azonao atao raha tianao ny hampiasa ny fanampin-kevitra hoenti-mampianatra mba hiverenana indray amin' ny faminanian' i Samoela ary hanehoana fa ny fandinihana ireo faminaniana ireo dia afaka manampy antsika hiomana ho amin' ny Fiavian' ny Tompo Fanindroany.

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ireto fitaovana manaraka ireto dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao raha tianao ny mampiasa ity hevitra ity ao anatin' ny lesona.

**Fiomanana ho amin' ny Fiaviana fanindroany**

Vakio ity lahateny nataon' ny filoha Ezra Taft Benson ity:

"Ny rakitsoratry ny tantara Nefita talohan' ny famangian' ny Tompo dia mampiseho fitoviana maro amin' ny androntsika izay anampoizantsika ny fiavian' ny Tompo fanindroany" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1987, 3; na *Ensign,* May 1987, 4).

Amin' io lahateny io, ny "rakitsoratry ny tantara Nefita" voalazan' ny filoha Benson etoana dia ny Bokin' ny 3 Nefia—ny tantaran' ny Nefita talohan' ny namangian' ny Tompo azy rehefa nitsangana tamin' ny maty Izy. Ny fampitahana hita eo amin' ny takila manaraka dia mampifandray ny lahatenin' ny filoha Benson amin' ny Bokin' i Helamàna—ny tantaran' ny Nefita talohan' ny nahitany ireo famantarana momba ny fahaterahan' ny Mpamonjy.

Ampiasao ilay fampitahana mba hanehoana fa ny Helamàna 13–16 dia mirakitra ny fitantarana ireo faminaniana sy fitrangan-javatra izay miaraka amin' ny famantarana sy fitrangan-javatra izay hialoha ny Fiavian' i Jesoa Kristy fanindroany.

| Faminaniana sy zava-hitranga voarakitra ao amin' ny Helamàna 13–16 | Faminaniana na zava-hitranga | Famantarana sy zava-hitranga izay hialoha ny Fiaviana fanindroany |
|---|---|---|
| Helamàna 16:1, 3, 6, 10 | Olona marina sady miorina vitsy an' isa | 1 Nefia 14:12; Jakoba 5:70 |
| Helamàna 16:13–14 | Fitosahan' ny zava-panahy sy ny fahagagana | Joela 2:28–30; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:39–42 |
| Helamàna 13:22; 16:12, 22–23 | Faharatsiana lehibe | 2 Timoty 3:1–5; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:27 |
| Helamàna 13:2, 6, 8, 10–11; 14:9, 11; 15:1–3, 17; 16:2 | Fitsipahana ireo mpaminanin' ny Tompo sy ny antsony ho amin' ny fibebahana | Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:14–16 |
| Helamàna 15:4–11 | Fiovam-pon' ny Lamanita maro | Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49:24 |
| Helamàna 14:3–4 | Faminaniana ny amin' ny alina iray tsy misy haizina | Zakaria 14:7 |
| Helamàna 14:5–6, 20 | Faminaniana ireo famantarana, zava-mahatalanjona eny amin' ny lanitra | Joela 2:30–31; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:40 |
| Helamàna 16:13–18 | Fandavana ireo famantarana, zava-mahatalanjona ary ny fiavian' i Kristy | 2 Petera 3:3–4; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:26 |
| Helamàna 14:21, 23, 26 | Faminaniana mikasika ireo oram-baratra lehibe sy fandravana voajanahary | Apôkalipsỳ 16:18, 21; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:88–90 |
| Helamàna 14:24; 15:1 | Faminaniana ny famongorana ny olon-dratsy | Isaia 26:21; Malakia 4:1; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:9; 133:41 |

- Inona no fitoviana misy eo amin' ny olona ankehitriny sy ny Nefita izay niaina talohan' ny nahaterahan' i Kristy?

Vakio izao lahateny manaraka nataon' ny filoha Ezra Taft Benson izao:

"Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna no ahitantsika ny filamatra ho fiomanana ho amin' ny Fiaviana fanindroany. Miompana amin' ireo am-polon-taona vitsivitsy nialoha ny fahatongavan' i Kristy tany Amerika ny ampahany be amin' ny boky. Ny fandinihina fatratra tokoa izany vanim-potoana izany dia ahafahantsika mamantatra ny antony namongorana ny sasany tamin' ny fitsarana mahatahotra izay nialoha ny Fiaviany ary nahatonga ny hafa hijoro teo amin' ny Tempoly teo

amin'ny tanin' i Soafeno ka handroso ny tanany hitsapa ny holatra teo amin' ny tanany sy ny tongony. . .Mety hisy hisalasala ve fa natao ho antsika io boky io ary ao anatiny no ahitantsika hery lehibe, fiomanana lehibe ary fiarovana lehibe?" (Ao amin' ny Conference Report, Okt. 1986, 5–6; na *Ensign,* Nov. 1986, 6–7).

Asao ny mpianatra hizara ny zavatra tsikariny sy tsapany teo am-panadihadiana ny Helamàna 13–16. Anontanio ny fomba mety hanampian' ireny zavatra ireny azy hiomana ho amin' ny Fiavian' ny Mpamonjy fanindroany.

# “Rahampitso Aho dia ho tonga eo amin’ izao tontolo izao”

# Lesona 36

*3 Nefia 1–7*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny tokony haharetany amim-pahatokiana amin’ ny fotoan’ ny fizahan-toetra sy ny fakampanahy.

**Fanomanana**

Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina ireto:

a. 3 Nefia 1:1–22. Na dia teo aza ny famantarana sy ny fahagagana nitranga teo amin’ ny tany dia nilaza ireo tsy mpino fa efa dila ny fotoana hiavian’ ny Mpamonjy. Nioko ny handringana ny mpino ny olon-dratsy. Nitranga ny famantarana ny momba ny fahaterahan’ ny Mpamonjy ka nanome rariny an’ ireo izay naharitra tao amin’ ny finoana.

b. 3 Nefia 2–4. Nitombo ny faharatsiana teo amin’ ny tany. Nanjary natanjaka kokoa ireo mpangalatr’ i Gadiantona ary tonga mba hiady amin’ ny Nefita. Nibebaka tamin’ ny faharatsiany ny Nefita ary nanampy azy handresy ny mpangalatr’ i Gadiantona ny Tompo.

d. 3 Nefia 5–7. Nafoin’ ny Nefita ny fahotany ary niaina araka ny hitsiny tokoa izy. Rehefa niroborobo izy, dia nitranga teo amin’ ny fiangonana ny fifanoherana. Niaina tao amin’ ny “toetry ny faharatsiana mahatsiravina” ny olona. Nitory ny fibebahana sy ny finoana an’ i Kristy i Nefia, ary an-kavitsiana ny olona niova fo.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fisarihana ny saina manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Zarao amin’ ny mpianatra ity angano manaraka ity izay notantarain’ i George A. Smith loholona sady mpikambana tao amin’ ny Kolejin’ ny Apôstôly roa ambin’ ny folo:

“Rehefa nandeha namakivaky ny tany ity lehilahy iray dia tonga teo amin’ ny tanàna lehibe iray tena nirenty sady narevaka; nijery izany izy ary niteny tamin’ ilay mpitaridalany hoe: ‘Tsy maintsy vahoaka tena marina ireo satria tsy mety mahita afa-tsy devoly kely iray aho ato amin’ ity tanàna lehibe ity.”

“Namaly ilay mpitaridalana hoe: ‘Tsy mazava aminao, Tompoko; io tanàna io dia manaram-po tanteraka tokoa amin’ ny faharatsiana, ny fahalovana, ny fahambanian-tsaina ary ny fahavetavetana isan-karazany, ka devoly iray ihany no ilaina mba hitana azy rehetra ao amin’ ny fanoavana.’

“Rehefa nandeha lavidavitra kokoa izy, nihazo lalana mikitoantoana dia lahiantitra iray no hitany niezaka nananika tehezan-tendrombohitra izay nohodidinin’ ny devoly fito lehibe sy vaventy ary maraorao.

" 'Oay,' hoy ilay mpandeha, 'tsy maintsy ho lahiantitra mamohehatra izaitsizy tokoa izao io matoa maro erỳ ny devoly hita manodidina azy!'

" 'Io,' hoy ilay mpitaridalana, 'no hany olona marina eto amin' ny tany ary misy fito ireo devoly lehibe izay miezaka ny hampiodina azy hiala amin' ny lalany saingy tsy vitan' izy rehetra izany'" (ao amin' ny *Deseret News*, 11 Nov. 1857, 7:287).

Hazavao fa arakaraka ny iezahantsika hitandrina ireo didy amim-pahatokiana tokoa no hiatrehantsika fanoherana. Ny lesona anio dia hanadihady ny fanoherana natrehin' ireo mpino teo anivon' ny Nefita. Niharitra ny olona sasany na teo aza ireo fanoherana rehetra, ny hafa kosa dia nandray fitahiana lehibe kanefa dia "nivily tamin' ny fahamarinany" (3 Nefia 7:8). Azontsika tsoahina amin' ireo toko ireo ny maha-zava-dehibe ny fipetrahana ho mahatoky na dia eo aza ny fizahan-toetra sy ny fankam-panahy.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento am-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Nanome rariny an' ireo izay naharitra tao amin' ny finoana ny famantarana ny amin' ny fahaterahan' ny Mpamonjy.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny 3 Nefia 1–22. Hazavao fa ny zava-nitranga tao amin' io toko io dia nitranga dimy taona taorian' ny naminanian' i Samoela ny amin' ny fahaterahan' i Jesoa. Efa nilaza i Samoela fa "mbola hisy dimy taona, ary indro, amin' izay dia ho avy ny Zanak' Andriamanitra" (Helamàna 14:2). Mety hirinao ny hiverina fohy amin' ny faminanian' I Samoela momba ireo famantarana izay hiaraka amin' ny fahaterahan' i Jesoa (Helamàna 14:2–7).

- Teo am-piandrasana ny hahatanterahan' ny faminanian' i Samoela, "dia nanomboka ho feno alahelo fatratra ny vahoaka" (3 Nefia 1:7). Inona ireo antony sasany nahatonga ny alahelony? (Jereo 3 Nefia 1:5–9.)

  a. Nilaza ny tsy mpino sasany fa efa dila ny fotoana hahatanterahan' ny faminaniana ka efa foana ny finoan' ny mpino (3 Nefia 1:5–6).
  b. Namelona hotakotaka eran' ny tany"ireo tsy mpino (3 Nefia 1:7).
  d. Efa voafidy ny andro iray hamonoana ho faty ny mpino rehetra (3 Nefia 1:9).

- Na dia teo aza ireo fisedrana ny finoany ireo, dia inona no nataon' ny mpino? (Jereo 3 Nefia 1:8.) Inona no azontsika atao mba hiorenana mafy rehefa sedraina ny finoantsika?

- Rehefa nahita ny faharatsian' ny tsy mpino i Nefia dia nivavaka tamin' ny Tompo ho an' ny vahoakany izy (3 Nefia 1:10–11). Inona no hafatra nambara an' i Nefia taorian' ny nivavahany nandritra ny manontolo andro ho an' ny vahoakany? (Jereo 3 Nefia 1:12–14. Azonao atao raha tianao ny mampamaky mafy ny mpianatra ireo andininy ireo.) Ahoana no nahatanteraka ny faminanian' i Samoela? (Jereo 3 Nefia 1:15–21.) Ahoana no anamafisan' io fitantarana io ny finoanao an' i Jesoa Kristy?

**2. Tonga hiady amin' ny Nefita ireo jirik' i Gadiantôna.**

Hadihadio 3 Nefia 2–4. Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ireo andininy voafantina.

- Ahoana no niezahan' i Satana hampihodina ny olona hiala amin' ny finoana ny Mpamonjy sy ny fahaterahany? (Jereo 3 Nefia 1:22; 2:1–3. Mariho fa nahazo vahana miandalana tao am-pon' ny olona i Satana ary tsy ela ny olona dia "nanomboka nanadino ireo famantarana sy zava-nahatalanjona.") Inona amin' ireo tetik' ady no hitanao fa ampiasain' ny fahavalo ankehitriny? Inona no azontsika atao mba hitadidiana sy hitehirizana ny zava-panahy niainantsika?
- Rehefa nanomboka nitombo tao amin' ny faharatsiana ny olona, dia inona no loza nanambana azy? (Jereo 3 Nefia 2:11–13, 17–19.) Inona no karazana fitondran-tena sy fihetsika izay mampidi-doza ny filaminantsika ankehitriny?
- Tamin' ny taona fahenina ambin' ny folo, hatramin' ny fotoana nahaterahan' i Kristy dia nandray taratasy avy tamin' i Gidiania mpitarika ireo jirik' i Gadiantôna i Lakôneo governora sady lohan' ny mpitsaran' ny Nefita (3 Nefia 3:1). Inona no nangatahin' i Gidiania tamin' i Lakôneo? (Jereo 3 Nefia 3:6–8).
- Rehefa nambaran' ireo jirik' i Gadiantona ny fikasany hamongotra ny Nefita dia nanomboka niomana ny hiaro tena hatrany ny vahoaka araka ny toromarik' i Lakôneo sy i Gidigidônia. Inona no azontsika tsoahina amin' ny fihetsiny izay mety hanampy antsika amin' ny fotoan' ny fakampanahy sy ny tahotra? Asaovy vakian' ny mpianatra ny 3 Nefia 3:12–26 ho valin' io fanontaniana io. Fintino eo amin' ny solaitrabe ny valintenin' ny mpianatra. Voatanisa eo ambany ny valinteny sasany miaraka amin' ny fanontaniana mba handrisihana ny fifanakalozan-kevitra.

  a. "Lakôneo governora dia lehilahy marina sy tsy azo ampitahorina" (3 Nefia 3:12). Ahoana no mety hanosehan' ny tahotra ny olona hahalefitra fakampanahy? Ahoana no mety hanampian' ny fahamarinantsika manokana antsika mba hitoerantsika ho mahatoky, rehefa miatrika fakampanahy sy fijaliana isika?
  
  b. Nilazan' i Lakôneo ny vahoaka mba"hitalaho hery tamin' ny Tompo" (3 Nefia 3:12). Nahoana no zava-dehibe ny mivavaka hahazoana hery manoloana ny fakampanahy sy ny fisedrana?
  
  d. Nasain' i Lakôneo "niara-niangona" ny vahoaka (3 Nefia 3:13, 22). Nahoana no zava-dehibe ho an' ny Nefita ny mivory amin' ny toerana iray mba hiaro ny tenany? (Jereo 3 Nefia 4:3–4). Ahoana no ahafahan' ny fitambarantsika amin' ny hafa mampitombo ny fahafahantsika hanohitra ny herin' ny ratsy? (Jereo Môrônia 6:4–6).
  
  e. "Nataony izay hananganana toera-mimanda" ary "hametrahana miaramila manodidina" (3 Nefia 3:14). Ahoana no ahafahantsika manamafy ny tenantsika ary miambina amin' ny fakampanahy?
  
  f. Nampiasa ny tenany ny Nefita hanao araka ny tenin' i Lakôneo" (3 Nefia 3:16). Ahoana no itahiana antsika rehefa manara-dia an' ireo mpitarika entanin' ny Fanahy isika?
  
  g. "Nibebaka tamin' ny fahotany rehetra izy" (3 Nefia 3:25). Ahoana no anampian' ny fibebahana antsika handray hery lehibe kokoa avy amin' ny Tompo?

h. “Nahery izy niaraka tamin’ ny akanjo arotena” (3 Nefia 3:26). Inona no akanjo arotena natoro antsika mba hotafiantsika? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27: 15–18). Nahoana no ampianarina antsika ny hitafy ny akanjo aro tena rehetra an’ Andriamanitra? Ahoana no ahafahantsika mitafy io akanjo arotena io isan’ andro?

- Inona no vokatr’ ireo fiomanana ireo rehefa tonga hiady amin’ ny Nefita ny jirik’ i Gadiantôna? (Jereo 3 Nefia 4:11–13, 16–29). Ahoana no nifalian’ ny Nefita taorian’ ny fandreseny? (Jereo 3 Nefia 4:30–33). Amin’ ny fomba ahoana no ahafahantsika maneho ny fankasitrahantsika ny Tompo noho ny fitahiany sy ny fiarovany antsika?

**3. Niaina araka ny hitsiny tokoa ny Nefita ary niroborobo saingy nipoitra ny fireharehana sy ny fifanoherana.**

Vakio sy diniho ireo andininy nofantenana tao amin’ ny 3 Nefia 5–7. Hazavao fa nandresy ny jirik’ i Gadiantôna ny Nefita tamin’ ny taona fahiraika amby roapolo taorian’ ny nahaterahan’ i Kristy. Mbola hisy 13 taona vao hamangy ny Nefita sy hanompo azy ny Mpamonjy.

- An-taonany maro no niainan’ ny Nefita fiadanana lehibe sy firoboroboana taorian’ ny faharesen’ ireo jirik’ i Gadiantôna (3 Nefia 5:1–26; 6:1–9). Inona no nitranga ka nandrava ny fiasany? (Jereo 3 Nefia 6:10–15. Azonao atao koa raha tianao ny miverina vetivety amin’ ny tsingerin’ ny fireharehana nohadihadiana tao amin’ ny lesona 34).
- Rehefa nitozo tao amin’ ny faharatsiana ny olona dia tonga ny mpaminany niantso azy hibebaka saingy notsipahiny sy novonoiny izy ireny (3 Nefia 6:17–23). Nihamaro ny tsikombakomba miafina, ary vetivety dia nizarazara ho foko ny olona (3 Nefia 6: 27–30; 7: 1–5). Inona no nataon’ i Nefia ho setrin’ ny faharatsiana? (Jereo 3 Nefia 7: 15–19). Inona no vokatr’ izany asa izany? (Jereo 3 Nefia 7: 21–26).

Soraty eo amin’ ny solaitrabe ireto daty izay tanisaina eto ambany ireto. Ampifandimbiaso mamaky ny andininy mifanitsy amin’ izany ireo mpianatra. Arakaraka ny amakiana ireo andininy, dia asaovy lazalazain’ ny mpianatra ny toe-panahin’ ny olona.

| | |
|---|---|
| 21–26 taona taorian’ i J.K. | 3 Nefia 5:1–3 (Nanompo an’ Andriamanitra “tamin’ ny zotom-po rehetra ny olona.”) |
| 26–27 taona taorian’ i J.K. | 3 Nefia 6:4–5 (Nisy filaminana sy firoboroboana lehibe.) |
| 28 taona taorian’ i J.K. | 3 Nefia 6:9 (Nisy fandriampahalemana lalandava.) |
| 29 taona taorian’ i J.K. | 3 Nefia 6:10–16 (Nisy fifanjihirana, fireharehana, fihamboana.) |
| 30 taona taorian’ i J.K. | 3 Nefia 6:17–18 (“Tao amin’ ny toetry ny faharatsiana mahatsiravina izy.”) |
| 31 taona taorian’ i J.K. | 3 Nefia 7:21 (Notohizan’ i Nefia ny fitoriana fibebahana.) |
| 32–33 taona taorian’ i J.K. | 3 Nefia 7:23 (Notohizan’ i Nefia ny fitoriana fibebahana.) |

- Inona no fitahiana mety ho noraisin' ny olon-drehetra raha nitoetra ho nahatoky izy ireo? (Jereo 3 Nefia 10:18–19. Voatsimbina ny ampahany marina kokoa tamin' ny vahoaka nandritra ny famongorana lehibe izay nitranga tamin' ny fanombohana ny Mpamonjy. Noraisiny ny fitahiana lehibe rehefa namangy azy ny Mpamonjy taorian' ny Fitsanganany tamin' ny maty. Nofongorana ny ampahany ratsy kokoa tamin' ny vahoaka. Hodinihina amin' ny lesona manaraka ireo fisehoan-javatra ireo).

Famaranana

Hazavao fa miandry koa ny fiavian' ny Mpamonjy isika. Raha mbola eo ampiandrasana isika, dia hiezaka i Satana hamily antsika ho any amin' ny faharatsiana, toy izay nataony tamin' ny Nefita. Raha manomana ny tenantsika isika toy ny nataon' ny vahoaka tamin' ny andron' i Lakôneo ary raha maharitra ao amin' ny fahamarinana, dia ho mendrika ny handray izay rehetra irian' ny Tompo hatolotra antsika isika.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ireto fitaovana manaraka ireto dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao raha tianao ny mampiasa izao hevitra izao ao anatin' ny lesona.

**"Izaho dia mpianatr' i Jesoa Kristy" (3 Nefia 5:13)**

Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ny 3 Nefia 5:13. Hazavao fa mirakitra ny tenin' i Môrmôna mpaminany io andininy io.

- Inona no hevitry ny hoe mpianatr' i Jesoa Kristy ankehitriny?

Lesona
# 37 "Na zovy na zovy no ho avy, dia izy no horaisiko"

*3 Nefia 8–11*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny fahatanterahan' ireo faminanian' i Samoela ary ny fitahiana miandry ireo izay manatona ny Mpamonjy.

**Fiomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. 3 Nefia 8. Nitranga ny fandravana lehibe tany Amerika tamin' ny fotoana nahafaty an' i Kristy. Rava ny tanana maro.
   b. 3 Nefia 9–10. Ireo nieren-doza dia nandre ny feon' ny Tompo nanainga azy ireo hiverina Aminy, hibebaka ary hiova fo.
   d. 3 Nefia 11. Nidina avy tany an-danitra ny Mpamonjy efa nitsangana tamin' ny maty ary nampianatra ny olona.
2. Raha misy ireto sary manaraka ireto, dia miomàna hampiasa azy mandritra ny lesona: Niseho tamin' ny Nefita i Kristy (62047; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 315) ary Jesoa nampianatra tany amin' ny faritra andrefan' ny tany (62380; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 316).
3. Mialohan' ny hanombohana ny lesona, dia ataovy eo amin' ny solaitrabe ny sarintany ao amin' ny takila 00.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina dia ampiasao izao fomba manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Hazavao fa ny 3 Nefia 11 no toko izay mazàna asaina vakian' ny olona rehefa mahazo Bokin' i Môrmôna avy amin' ny misionera izy. Mirakitra ny fitantarana ny famangian' ny Mpamonjy efa nitsangana tamin' ny maty ny Nefita ity toko ity.

- Araka ny hevitrao, dia nahoana no mety ho fomba mahomby ho fampahafantarana ny olona ny Bokin' i Môrmôna ny 3 Nefia 11? Inona no zavatra tsapanao na niainanao rehefa avy mamaky ity toko ity ianao?

Mariho fa ireo toko ireo izay mitantara ny famangian' ny Mpamonjy ny Nefita no sasantsasany amin' ireo andalan-tsoratra manintona indrindra ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Ity lesona ity dia manadihady ireo antambo izay nitranga tany Amerika rehefa nohomboana i Jesoa. Hita ao amin' izany ny fitantarana ny fiandohan' ny asa fanompoany teo anivon' ny Nefita.

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Fandravana lehibe no nitranga tany Amerika tamin' ny fotoana nahafaty an' i Jesoa.**

Hadihadio ny 3 Nefia 8. Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ireo andinin-tsoratra masina voafantina. Ampahatsiahivo ny mpianatra fa i Samoela ilay Lamanita dia efa naminany fandravana mahatsiravina izay hitranga rehefa hohomboana i Jesoa (Helamàna 14:20–27). Tamin' ny taona fahatelo amby telopolo taorian' ny famantarana ny fahaterahan' i Jesoa,dia "nanomboka niandrandra tamim-pahamaizana be" ny fahatanterahan' ny tenin' i Samoela ny olona (3 Nefia 8:3).

Afatohy amin' ny fampitahana efa nosoratanao eo amin' ny solaitrabe ny sain' ny mpianatra.

| NY FAMINANIAN' I SAMOELA | FAHATANTERAHANY |
| --- | --- |
| Helamàna 14:21, 23 | 3 Nefia 8:5–7, 17–18; 9:8 |
| Helamàna 14:24 | 3 Nefia 8:8–10, 14 |
| Helamàna 14:20, 27 | 3 Nefia 8:20–21 |

Asaovy vakian' ny mpianatra ny andininy tsirairay ao amin' ireo "faminanian' i Samoela" ary vakiany avy eo ny andininy mifanandrify amin' izany ao amin' ny "Fahatanterahany".

- Rehefa nitsahatra ny fandravana, dia rakotra haizina matevina ny tany (3 Nefia 8:19–23). Nahoana no haizina tanteraka no famantarana nifanandrify tamin' ny fahafatesan' ny Mpamonjy? (Jereo 3 Nefia 9–18; jereo koa Jaona 8:12; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:28). Tamin' ny fomba ahoana no nitondran' ny Mpamonjy hazavana teo amin' ny fiainanao?
- Inona no fihetsik' ireo izay nieren-doza tamin' ny fandravana? (Jereo 3 Nefia 8:23–25). Ahoana no mety hanampian' ny famakiana ny zavatra nandalovany antsika mba hiomana ho amin' ny Fiaviana fanindroany?

**2. Nandre ny feon' ny Tompo nanainga azy ireo hiverina Aminy ireo nieren-doza.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny 3 Nefia 9–10

- Taorian' ny fandravana dia nandre ny feon' i Kristy nilazalaza ny fomba nandravana ireo tanàna samihafa ireo Nefita nieran-doza (3 Nefia 9:1–12). Inona no nolazain' ny Tompo ho anton' ny fandravana? (Jereo 3 Nefia 9:12. Azonao atao raha tianao ny manamarika fa imbetsaka no namerimberenany io antony io ao amin' ny andininy 2–12). Inona no fanasana natolony ireo izay efa nieran-doza? (Jereo 3 Nefia 9:13–14. Azonao atao raha tianao ny manamarika fa miverina indroa ny teny hoe "mankatỳ" ao amin' ny andininy 14. Jereo koa ny lahateny eo ambany). Inona no tokony hataontsika ankehitriny mba hanekena ny fanasany?

Hoy i Jeffrey R. Holland: " 'Avia,' [hoy i Kristy] amim-pitiavana, 'Avia, manaraha Ahy.' na aiza na aiza alehanao, dia avia aloha ary zahao izay ataoko, jereo ny toerana sy ny fomba andaniako ny fotoanako. Mianara amiko, mandehana miaraka amiko, miresaha amiko, minoa. Henoy ny fivavako. Rehefa izany dia hahazo valiny ny fivavako. Hitondra fitsaharana ho an' ny fanahinao Andriamanitra. Avia, manaraha Ahy" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1997, 88; na *Ensign,* Nov. 1997, 65).

Azonao atao raha tianao, izao na amin' ny fiafaran' ny lesona ny mampihira na ny mampamaky ny mpianatra ny tonon' ny hira "Venez à Jesus" (hira faha 00).

- Nambaran' i Jesoa fa notanterahiny tao Aminy ny lalàn' i Mosesy ary tsy hoekeny intsony ny fanatitra hodorana sy ny sorona (Jereo 3 Nefia 9:17, 19). Inona no sorona nolazainy fa tokony hataontsika? (Jereo 3 Nefia 9:20). Inona no hevitry ny hoe manatitra fo torotoro sy fanahy manenina"? (Jereo ny lahateny eo ambany). Inona no nampanantenain' ny Tompo an' ireo izay manao io fanatitra io? (Jereo 3 Nefia 9:20).

  Nilaza ny filoha J. Reuben Clark Jr., izay mpikambana tao amin' ny Fiadidiana Voalohany hoe: "Amin' ny fanekempihavanana vaovao izay tonga niaraka tamin' i Kristy, dia tsy maintsy manao sorona eo amin' ny fiainany ny mpanota, tsy amin' ny fandatsahana ny ran' ny zava-boary tsy akory; tsy maintsy mahafoy ny fahotany izy, tsy maintsy mibebaka, ka ny tenany mihitsy no tsy maintsy manao ny sorona'" (*Behold the Lamb of God* [1962], 107).

- Ho an' iza no efa nilazan' i Jesoa fa efa nanolorany ny ainy? (Jereo 3 Nefia 9:22.) Inona amin' ny toetry ny ankizy no tokony hilaintsika mba hahatongavana tahaka ny Mpamonjy? (Jereo Môsià 3:19.)

- Taorian' ny nanambaran' i Jesoa ny halehiben' ny faharavana sy ny nampanantenany fanavotana ho an' ireo izay hino, dia oram-pahanginana maro no lasa. Rehefa niteny indray i Jesoa, dia inona no sarin-teny nampiasainy mba hanehoana ny faniriany hanangona ny olony? (Jereo 3 Nefia 10:4–6. Mariho fa nampiasain' i Jesoa intelo io sarin-teny io saingy novainy kely isaky ny andininy.) Nahoana Izy no ta hanangona antsika? (Jereo ny lahateny eo ambany). Ahoana no ahafahantsika manampy amin' izany fanangonana izany? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:1–7).

  Nampianatra i Joseph Smith Mpaminany hoe: "Inona no tanjon' ny fanangonana—ny olon' Andriamanitra amin' ny vanim-potoana rehetran' izao tontolo izao? . . . Ny tanjona fototra dia ny nanorina ho an' ny Tompo trano iray izay hahazoany manambara amin' ny olony ny ôrdônansin' ny vahoakany sy ny voninahitry ny fanjakany, ary mampianatra ny olona ny làlan' ny famonjena—Noho izany antony izany ihany no anangonan' Andriamanitra miaraka ny olony amin' ny andro farany" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith*, sel. Joseph Fielding Smith [1976], 307–8).

- Rehefa avy niantso ny olona hibebaka sy hanatona Azy i Kristy, dia nitsahatra ny fitenenany tamin' ny olona. Nihelina ny telo andro fisaonana. Nisava ny haizina avy eo ary nijanona ny tabataba sy ny fandravana, ary niova ho hafaliana ny alahelon' ny olona (3 Nefia 10:9–10). Nahoana no notsimbinina ny olona? (Jereo 3 Nefia 10:12–13.) Inona no fitahiana noraisiny? (Jereo 3 Nefia 10:18–19.)

- Inona no anatr' i Môrmôna ho antsika mpamaky ity taratasy ity? (Jereo 3 Nefia 10:14.)

**3. Nidina avy tany an-danitra i Jesoa Kristy ary nampianatra ny olona..**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny 3 Nefia 11. Hazavao fa efa niangona nanodidina ny tempoly tao amin' ny tanin' i Soafeno ny vahoaka, nitolagaga tamin' ny zavatra izay efa nitranga ary "nitafasiry momba ity Jesoa Kristy ity izay efa nomena ny famantarana momba ny fahafatesany" (3 Nefia 11:1–2).

- Raha mbola nitafasiry momba izay efa nitranga izy, dia reny ny feon' Andriamanitra Ray. Toy inona ilay feo? (Jereo 3 Nefia 11:3). Impiry ny olona no nandre ilay feo vao azony izany? (Jereo 3 Nefia 11:4–6).
- Ahoana no nahaizan' ny olona namantatra ilay feo nony ela? (Jereo 3 Nefia 11:5.) Araka ny hevitrao dia inona no dikan' ilay hoe: " nosokafany ny sofiny handre izany"? (3 Nefia 11:5). Inona no azontsika atao mba handrenesana sy hahatakarana tsaratsara kokoa ny tenin' Andriamanitra ho antsika?
- Ahoana no nampahafantaran' Andriamanitra Ray ny Mpamonjy? (Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny 3 Nefia 11:7). Ahoana no nampahafantaran' ny Tompo ny tenany? (Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny 3 Nefia 11:8–11. Raha mampiasa ny sarin' i Jesoa miseho amin' ny Nefita ianao, dia asehoy izany izao.)
- Inona no fanasana nomen' i Jesoa ny olon-drehetra teo amin' ny valalabemandry? (Jereo 3 Nefia 11:13–15; jereo koa ny 3 Nefia 17:25 izay milaza fa niisa ho 2500 ny olona. Raha mampiasa ny sarin' i Jesoa mampianatra ianao dia asehoy izany izao). Inona no lesona azontsika sintonina amin' io ohatra nasehon' ny Mpamonjy momba ny fitiavany io?
- Taorian' ny nanomezan' ny Mpamonjy an' i Nefia sy ireo hafa ny fahefana hanao batisa, dia inona no nampianariny azy ireo momba ny batisa? (Jereo 3 Nefia 11:22–27). Nahoana no zava-dehibe ny atao batisa araka ny fomba marina ary ataon' ny olona izay manana ny fahefana hanao batisa?
- Nampianatra i Jesoa fa " tsy tokony hisy fifanjihirana" eo anivon' ny vahoaka momba ny batisa na ny lafiny hafa amin' ny Fotopampianarany (3 Nefia 11:22,28). Nahoana no mampidi-doza ny fifandirana momba ny fotopampianaran' ny filazantsara? (Jereo 3 Nefia 11:29; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:62–63). Ahoana no mety hampiray antsika ao amin' ny fotopampianarana marina?
- Inona no nampianarin' ny Mpamonjy ho fotopampianarany? (Jereo 3 Nefia 11:30–38. Mety ho hita ao amin' ny valinteny ny finoana ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy, ny fibebahana sy ny fiovana ho tonga tahaka ny ankizy, ny fetezana atao batisa ary ny fandraisana ny Fanahy Masina). Inona ny fampanantenana nomeny ireo izay manorina ny fiainany eo amin' ny Fotopampianarany? (Jereo 3 Nefia 11:39).
- Ahoana no ahafahantsika mankatò tanteraka ny toromariky ny Mpamonjy ka hanambarantsika ireo teny ireo " hatrany am-paran' ny tany"? (3 Nefia 11:41).

---

Famaranana

Vakio ny 3 Nefia 10:14, ary ampahatsiahivo ny mpianatra ny maha-zava-dehibe ny fahatakarana sy ny famakafakana ny soratra masina. Na dia hihamaro aza ny fanenjehana rehefa hitombo ny elanelana eo amin' ny olo-marina sy ny olon-dratsy, dia hohatanjahina isika rehefa mandinika ny soratra masina sy manaraka ny mpaminany.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ity fitaovana manaraka ity dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao raha tianao ny mampiasa izany ao anatin' ny lesona.

**Fanazaran-tsaina**

Ho fanazaran-tsaina, dia asehoy ny sarin' i Jesoa mampianatra any amin' ny ilany andrefan' ny tany (62380; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 316). Vakio ireto fehezan-teny manaraka ireto ary asaovy fantarin' ny mpianatra izay marina sy izay diso. Asaovy vakian' ny mpianatra ireo andalan-tsoratra voatanisa ho an' ny fehezanteny tsirairay.

1. Ny fisehoan-javatra eo amin' io sary io dia nitranga tao an-tanànan' i Zarahemla (Diso, jereo 3 Nefia 11:1)
2. Efa nandre sahady ny feon' ny Tompo ny olona. (Marina; jereo 3 Nefia 9:1–2.)
3. Nangatahin' ny Tompo izy ireo tsy hikasika Azy. (Diso; jereo 3 Nefia 11:14.)
4. Nananan' i Jesoa Kristy ny vatana efa natsangana tamin' ny maty rehefa namangy ny Nefita Izy. (Marina; Jereo 3 Nefia 11:15.)
5. Ireo izay nieren-doza tamin' ny fandravana dia olona tsy nanana ota (Diso; Jereo 3 Nefia 9:13.)
6. Nampianarin' i Jesoa ny olona ny fomba marina fanaovana batisa. (Marina; jereo 3 Nefia 11:21–26.)

# “Lasa ny zavatra fahiny ary efa tonga vaovao ny zava-drehetra”

Lesona **38**

*3 Nefia 12–15*

**Tanjona**

Hamporisika ny mpianatra ho tonga mpianatr’ i Jesoa Kristy marina amin’ ny fanarahana ny ohatra nasehony sy amin’ ny fankatoavana ny lalàna ambony izay nampianariny ny Nefita.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. 3 Nefia 12:1–12. Nampianarin’ i Jesoa ny Nefita ny fahasambarana.
   b. 3 Nefia 12:13–16. Nambaran’ i Jesoa fa ny mpanara-dia Azy dia ho fanasin’ ny tany sy ho fahazavan’ ny olon-kafa.
   d. 3 Nefia 12:17–48; 15:1–10. Nambaran’ i Jesoa fa efa notanterahiny ny lalan’ i Mosesy. Nampianariny ny olona ny lalàna ambony iray.
   e. 3 Nefia 13–14. Nampianarin’ i Jesoa ny Nefita ny fomba tsy maintsy iainany, mba haha mpianany azy marina. Nolazainy azy ireo fa ireo izay mihaino sy manao ny lazainy dia tahaka ny olon-kendry izay manorina trano eo ambonin’ ny vatolampy.
2. Vakiteny hafa: Matio 5–7; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:39–40; 103:9–10.
3. Raha mampiasa fisarihana ny saina ianao, dia ento any am-pianarana ireo sarin’ i Jesoa Kristy (nalaina tao amin’ ny trano famakiam-boky).
4. Raha mampiasa an’ ilay fisarihana ny saina ao amin’ ny takila 00 ianao, dia mitondrà kaopy tantera-pahazavana roa—ny iray feno sira madio ary ny faharoa kosa fenoy sira sy tany mifangaro.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fomba manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Asehoy ireo sary vitsivitsin’ i Jesoa Kristy. Mariho fa ho fanehoana ny toetran’ i Jesoa dia nataon’ ireo mpanakanto samy hafa tamin’ ny fomba maro samy hafa ny sarin’ i Jesoa. Angataho ny mpianatra avy eo hisaintsaina izao fanontaniana manaraka izao fa tsy hanome valiny.

- Raha misy olona mangataka anao mba hilazalaza ny toetran’ i Jesoa, dia inona no hoteneninao?

Hazavao fa ny filoha Harold B. Lee dia nanome famaritana mazava ny toetran’ i Jesoa. Vakio avy eo izao lahateny manaraka nataon’ ny filoha Lee izao:

“Ao amin’ ny toriteniny teo an-tendrombohitra no efa somary nanomezan’ ny Tompo antsika fanambarana ny amin’ ny toetrany izay fanaperana na izay mety holazaina ho ‘toetra momba tena, fa ny vanin-teny tsirairay amin’ izany dia efa

nosoratany araka ny fanao, ary ny fanaovany izany no efa nanome antsika filamatra ho an' ny fiainantsika" (*stand Ye in Holy Places [1974], 342).*

Hazavao fa rehefa namangy ny Nefita i Jesoa dia nanao toriteny mitovy amin' ny toriteny teo an-tendrombohitra. Arakaraka ny andinihantsika sy ampiharantsika ireo fampianarana ao amin' io toriteny io no ianarantsika betsaka ny momba ny toetry ny Mpamonjy. Ho haintsika koa ny hamolavola filamatra na drafitra mba hampifanarahantsika ny fiainantsika amin' ny fiainan' ny Tompo.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Nampianarin' i Jesoa ny Nefita ny Fahasambarana.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny 3 Nefia 12:1–12 araka izay anoritsoritana azy eto ambany. Azonao atao raha tianao ny hampitaha ny
3 Nefia 12:3–12 amin' ny fampianarana mitovitovy aminy ao amin' ny toriteny teo an-tendrombohitra, hita ao amin' ny Matio 5:3–12.

- *3 Nefia2:3.* Inona no hevitry ny hoe manatona an' i Kristy? (Rehefa manadihady io fanontaniana io ny mpianatra, dia azonao atao raha tianao ny miverina amin' ny 3 Nefia 9:13–14, 20–22 sy Etera 12:27). Ahoana no hoe manampy antsika hanatona an' i Kristy ny maha "ory am-panahy" antsika na ny fanetrentenantsika?
- *3 Nefia 12:4.* Inona ireo fomba vitsivitsy omen' ny Tompo mba hampiononana antsika? (Misy ohatra vitsivitsy hita ao amin' i Jaona 14:26–27; Môsia 18:8–9).
- *3 Nefia 12:5.* Inona no hevitry ny hoe malemy fanahy?

  Hoy ny filoha Gordon B. Hinckley: "Ny fahalemem-panahy dia midika ho fanahin' ny fankasitrahana mifanohitra amin' ny fihetsika mieboebo, fiekena ny hery lehibe kokoa mihoatra ny an' ny tena, fanekena an' Andriamanitra, ary fanekena ny didiny" ("With All Thy Getting Get Understanding," *Ensign,* Aog. 1988, 3–4).
- *3 Nefia 12:6.* Araka ny hevitrao, inona no dikan' ny hoe: "noana sy mangetaheta ny fahamarinana"? Inona no hamokisana antsika rehefa "noana sy mangetaheta ny fahamarinana" isika?
- *3 Nefia 12:7.* Nahoana no zava-dehibe ny mahafeno famindram-po antsika? Nahoana isika no mila ny famindram-pon' ny Tompo? (Jereo 2 Nefia 2:8–9.)
- *3 Nefia 12:8.* Nahoana no ilaina ho madio am-po isika vao mahita an' Andriamanitra? (Jereo 1 Nefia 10:21). Amin' ny fomba ahoana no ahafahantsika manadio ny fontsika? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93: 1 ho valin' io fanontaniana io).
- *3 Nefia 12:9.* Ahoana no mety hahatonga antsika ho mpampihavana ao an-tokantranontsika sy eo amin' ny fiaraha-monina?
- *3 Nefia 12:10–12.* Nahoana no enjehina ny olo-marina indraindray? Ahoana no tokony hamaliantsika ny fanenjehana? (Jereo 3 Nefia12:44; Lioka 6:35.)

**2. Nambaran' i Jesoa fa ny mpanara-dia Azy dia tokony ho fanasin' ny tany sy ho fahazavana ho an' ny olona hafa.**

Vakio sy hadihadio 3 Nefia 12:13–16.

Hoy i Jesoa:"Omeko anareo ny ho fanasin' ny tany" (3 Nefia12:13). Mba hahazoan' ny mpianatra ny hevitry ny hoe "fanasin' ny tany," dia vakio na asaovy vakian' ny mpianatra ity lahateny manaraka nataon' i Bruce R. McConkie loholona ity:

"Ireo Hebreo fahiny dia nampiasa ny sira—ho fitehirizana, ho fanomezan-tsiro ny hanina ary tamin' ny fanaovan-tsorana ny biby rehetra. (Lev. 2:13; Ezek. 43:24; Marka 9:49–50.) Tena ilaina fatratra izany ho an' ny ôrdônansin' ny fanaovana sorona, fa izany no mariky ny fanekempihavanana natao teo amin' Andriamanitra sy ny olona momba ity fomba masina ity (Lev 2:13; Nom. 18:19; 2 Tant. 13:5.)

"Noho izany ny lahatenin' ny Tompo, natao ho an' ny Jiosy aloha ary avy eo ho an' ny vondrona lehibe hafa an' ny Hebreo, ny Nefita, fa nananan' izy ireo ny fahefana mba *"ho fanasin' ny tan*y" dia manana lanja lehibe. . . . Na amin' ny teny hafa, dia nananan' izy ireo ny fahefana, mba ho fanasina, fanomezana tsiro, fitehirizana ny fitaomana eo amin' izao tontolo izao, fitaomana izay hitondra fiadanana sy fitahiana ho an' ny hafa rehetra" (*Mormon Doctrine,*2nd ed., [1966], 667–68).

- Ahoana no mety hanampian' ny fitaomantsika ny hafa mba handray fiadanana sy ireo fitahiana hafa?

Raiso ireo kaopy misy sira (jereo ny andininy 4 amin' ny "Fanomanana"). Anontanio ny mpianatra izay sira ho nampiasainy. Vakio avy eo ity lahateny manaraka nataon' ny loholona Carlos E. Asay ity, manao hoe: "Nilaza tamiko ny mpahay simia iray fanta-daza eran-tany fa tsy mamery ny tsirony ny sira na dia efa nialin-taona aza. Very ny tsirony amin' ny alalan' ny fampifangaroana na ny fandotoana azy" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1980, 60; na *Ensign,* May 1980, 42).

- Ahoana no ahafahantsika misoroka ny mba tsy ho "voaloton' ny zavatr' izao tontolo izao?
- Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:39–40 sy 103:9–10. Inona no ampianarin' ireo andininy ireo momba ny "fanasin' ny tany" sy "ny fahazavan' ny olona"? Ahoana no mety hahatonga ny Olomasin' ny Andro Farany ho "mpamonjy ny olona" (Mety ho tafiditra ao amin' ny valinteny ny fizarana ny filazantsara sy ny fanaovana ny asan' ny Tempoly).
- Ahoana no ahafahantsika mamela ny fahazavantsika "hamiratra eo anoloan' ny olona"?(Jereo 3 Nefia 12:16; 18:24). Inona no tokony ho vokatry ny famelantsika ny fahazavantsika hamiratra? (Jereo 3 Nefia 12:16.)

**3. Nambaran' i Jesoa fa efa notanterahiny ny lalàn' i Mosesy. Nampianariny ny olona ny lalàna ambony iray.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny 3 Nefia 12:17–48; 15:1–10. Hazavao fa ny lalàna voalaza eo amin' ireo andininy ireo dia ny lalàn' i Mosesy. Ny lalàn' i Mosesy dia fitsipika henjana momba ny fombafomba sy ny

ôrdônansy, tafiditra ao anatin' izany ny fanaovana sorona ny biby (Môsià:13:29–30). Nomena izany mba hanampiana ny Isiraelita hiandrandra ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy (2 Nefia 25:24; Môsià 13:31–33; Almà 34:13–14).

- Iza no nanome ny Isiraelita ny lalàn' i Mosesy? (Jereo 3 Nefia 15:4–5.)
- Nambaran' i Jesoa ny Nefita fa efa notanterahiny ny lalàn' i Mosesy (3 Nefia 2:17–19; 15:2–5). Ahoana no nanatanterahin' i Jesoa io lalàna io?

  Notanterahin' ny Mpamonjy ny lalàn' i Mosesy rehefa nanonitra ho an' ny fahotantsika Izy (Almà 34:13–16). Taorian' ny Sorompanavotana nataony dia tsy nodidiana intsony ny olona hanao sorona biby izay efa notakiana ho toy ny ampahany amin' ny lalàn' i Mosesy, mba hifantohany amin' ny sorona fanonerana nataon' i Jesoa Kristy. Ho setrin' izany dia nodidiana ny olona "hanatitra ho sorona—ny fo torotoro sy ny fanahy manenina" (3 Nefia 9:20; jereo koa ny andininy 19).

Hazavao fa taorian' ny nanambaran' i Jesoa fa efa notanterahiny ny lalàn' i Mosesy, dia nomeny ny Nefita ny lalàna ambony iray. Soraty eo amin' ny solaitrabe izao fampitahana manaraka izao izay mandahatra ireo andinin-tsoratra masina izay tsapanao fa tena hanampy tokoa ny mpianatra. Asaovy vakian' ny mpianatra ny andalan-tsoratra tsirairay mifanesy eo ambanin' ny hoe "Ny lalàn' i Mosesy ary vakio avy eo ny andalan-tsoratra mifanaraka aminy eo ambanin' ny hoe" Ilay lalàna ambony". Iangavio izy hanadihady ny maha samy hafa ireo lalàna ireo. Asao izy hizara ireo fomba izay ahafahan' ilay lalàna ambony manampy antsika hanatona bebe kokoa ny Tompo.

| NY LALÀN' I MOSESY | ILAY LALÀNA AMBONY |
|---|---|
| 3 Nefia 12:21 | 3 Nefia 12:22–24 |
| 3 Nefia 12:27 | 3 Nefia 12:28–30 |
| 3 Nefia 12:31 | 3 Nefia 12:32; jereo koa ny voalohany amin' ny fanampin-kevitra hoenti-mampianatra |
| 3 Nefia 12:33 | 3 Nefia 12:34–37 |
| 3 Nefia 12:38 | 3 Nefia 12:39–42 |
| 3 Nefia 12:43 | 3 Nefia 12:44–45 |

- Rehefa avy nampianatra ny Nefita ny tokony hitiavany ny fahavalony i Jesoa, dia hoy Izy taminy: "Koa mba tiako ianareo ho tanteraka tahaka Ahy, na ho tanteraka tahaka ny Rainareo izay any an-danitra" (3 Nefia 12:48). Nahoana isika no mila ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy mba hahatanteraka antsika? (Jereo 2 Nefia 2:7–9; 3 Nefia 19:28–29; Môrônia 10:32–33.)

**4. Nampianarin' i Jesoa ny Nefita ny fomba tokony hiainany mba hahatonga azy mpianany marina.**

Vakio ireo andininy nofantenana tao amin' ny 3 Nefia 13–14. Hazavao fa ireo toko ireo dia mirakitra ny fampianarana ny fomba hahatonga antsika ho mpianatr' i Jesoa Kristy marina. Hadihadio ny sasany amin' ireo fampianarana ireo na izy rehetra araka izao anoritsoritana azy ireo izao:

- *3 Nefia 13:1–8, 16–18.* Nahoana i Jesoa no nanameloka ny olona sasany izay nanao zavatra tsara toy ny fiantrana (fanomezana ho an' ny mahantra), ny vavaka ary ny fifadian-kanina? Inona no tokony ho antony manentana antsika rehefa manompo isika na manao asa soa hafa?
- *3 Nefia 13:9–13; 14:7–11.* Inona no ampianarin' ny tenin' i Jesoa momba ny fomba fivavaka ao amin' ireo andininy ireo?
- *3 Nefia 13:14–15.* Nahoana no zava-dehibe ny amelantsika ny hafa? Ahoana no mety hahatonga antsika hamela hatrany hatrany?
- *3 Nefia 13:19–24.* Inona no hevitry ny hoe manana maso fa "tokana"? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:67–69.) Nahoana no tsy vitantsika ny sady manompo an' Andriamanitra no manompo an' i Mamôna (ny haren' izao tontolo izao)?
- *3 Nefia 13:25–34.* Ho an' iza ny teny nataon' ny Tompo ka voarakitra ao amin' ireo andininy ireo? (Jereo 3 Nefia 13:25). Ahoana no ahafahantsika mampihatra ireo teny ireo eo amin' ny fiainantsika, na dia tsy mahazo didy aza isika" tsy hanan' eritreritra " ny amin' izay hohanina, hosotroina na hotafiana? (Jereo 3 Nefia 13:33.) Inona no fitahiana tonga amin' ny olona izay mametraka ny zavatr' Andriamanitra ho loha laharana eo amin' ny fiainany?
- *3 Nefia 14:1–5.* Ahoana no ahafahantsika misoroka ny fitsarana na fanakianana ny hafa tsy ara-drariny?
- *3 Nefia 14:6.* Hita ao amin' ny Matio 7:6 ny fampianarana mitovy amin' io. Ao amin' ny fandikan-teny nataon' i Joseph Smith momba an' io andininy io, dia nodidian' i Jesoa ny mpianany hitory ny fibebahana toy izay hampianatra ny misitery momba ny fanjakan' Andriamanitra (Joseph Smith Translation, Matio 7:9–11). Nahoana no zava-dehibe ny hanompanantsika ny fampianarana ny filazantsara amin' ireo fampianarana fototra?
- *3 Nefia14:12.* Ny fanarahana io fitsipika io dia mahatonga antsika ho mpianatr' i Kristy tsaratsara kokoa, fa amin' ny fomba ahoana?
- *3 Nefia 14:13–14.* Nahoana no mibaribary fa ety ny làlana mankamin' ny fiainana mandrakizay raha migodana kosa ny làlana mankamin' ny famongorana?
- *3 Nefia 14:15–20.* Nahoana no manan-danja manokana io fampianarana io ankehitriny? (Jereo Joseph Smith—Matio 1:22, izay milazalaza ny andro farany.)
- *3 Nefia 14:21–23.* Nahoana no tsy maintsy manao ny sitrapon' Andriamanitra isika vao afaka miditra ny fanjakan' ny lanitra? (Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:20–21.)
- *3 Nefia 14:24–27.* Ahoana ny fomba ampiharana ny fanoharana nataon' i Jesoa momba ny fanorenana trano eo amin' ny vatolampy sy eo amin' ny fasika eo amin' ny fiainantsika? (Jereo Helamàna 5:12.)

---

Famaranana

Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ny 3 Nefia 15:1. Hazavao fa rehefa miaina araka ny fampianaran' ny Mpamonjy isika dia hanana fototra azo antoka ary hohatanjahina mba hahatohitra izay rehetra mety ho fizahan-toetra na

fakampanahy mety hodiavintsika. Ho tonga "fanasin' ny tany" sy "fahazavan' ny olona" isika ary ho haintsika ny hanampy ny hafa hanatona ny Mpamonjy akaikikaiky kokoa (3 Nefia 12:13–16).

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ity fitaovana manaraka ity dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao raha tianao ny mampiasa ny iray amin' ireto hevitra ireto na izy roa miaraka ao anatin' ny lesona.

**1. Ny fampianaran' i Jesoa momba ny fisaraham-panambadiana**

Rehefa manadihady ny fampianaran' ny Mpamonjy voarakitra ao amin' ny 3 Nefia 12:32 ianao, dia azonao atao raha tianao ny mizara ity fampahafantarana manaraka ity:

Tany Isiraely fahiny dia azon' ny lehilahy isaorana na isarahana ny vadiny noho ny antony madinidinika. Any amin' ny tontolo fanaperana anefa, toy ny fanjakana selestialy, dia tsy misy ny fisaraham-panambadiana. Noho ny tany tsy mbola fanaperana, dia ekena ny fisaraham-panambadiana saingy tsy tokony hitranga raha tsy noho ny antony tena mavesa-danja. Ambaran' i Jesoa ao amin' ny Matio19:9 fa ny lehilahy izay misaotra ny vadiny noho ny antony madinidinika dia mbola mitoetra ho vadiny ihany eo imason' Andriamanitra, ary manitsakitsa-bady izy raha manambady vehivavy hafa. (Jereo ny James E. Talmage, *Jesus the Christ,* 3rd ed. [1916], 473–75, 484; Jereo koa ny Bruce R. McConkie, *The Mortal Messiah,* 4 vols. [1979–81], 2:138–39.)

**2. "Ianareo no ireo izay nolazaiko hoe: Manana ondry hafa Aho" (3 Nefia 15:21)**

- Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ny Jaona 10:16. Iza ireo "ondry hafa" ireo? (Jereo 3 Nefia 15:21; 16:1–3.) Nahoana no tsy nety ho azon' ireo mpianatra tao Jerosalema ny fampianaran' i Jesoa momba ireo "ondry hafa"? (Jereo ny 3 Nefia 15:14–19.) Ahoana no isakanan' ny tsy finoana ny olona tsy hahatakatra ny tenin' Andriamanitra ao amin' ny fahafenoany?

# “Indro, feno ny hafaliako”

Lesona
39

*3 Nefia 17–19*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatsapa ny fitahian' i Jesoa Kristy Tompo sy hampitombo bebe kokoa ny faniriana hampihatra ny finoana Azy ary hijoro ho vavolombelona ny Aminy.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. 3 Nefia 17. Taorian' ny nampianaran' i Jesoa Kristy ny Nefita dia nodidiany izy ireo hiverina any an-tokantranony ka handinika, hivavaka ary hiomana ho amin' ny fiverenany ny andro manaraka. Noho ny fahatsapany ny fanirian' ny olona ny hijanonany, dia nijanona nandritra ny fotoana fohy Izy ary nanasitrana ny marary, nitahy ny ankizy ary nivavaka ho an' ny olona.
   b. 3 Nefia 18. Naorin' i Jesoa Kristy teo anivon' ny Nefita ny fanasan' ny Tompo ary nomeny anatranatra hafa izy ireo talohan' ny niakarany tany an-danitra.
   d. 3 Nefia 19. Naelin' ny Nefita ny vaovao momba ny famangian' i Jesoa ary nivory ny vahoaka sesehena izay nanantena ny fiverenany. Nampianatra sy nanompo ny vahoaka ireo mpianatra. Ireo mpianatra dia natao batisa sy nandray ny Fanahy Masina mbamin' ny fanompoan' ny anjely. Niverina ny Mpamonjy mba hampianatra ny vahoaka ary hivavaka ho azy.
2. Raha mampiasa fisarihana ny saina ianao, dia miomana hampiseho ny sarin' i Jesoa manasitrana ny Nefita (62541; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 317) sy ny sarin' i Jesoa mitso-drano ny ankizy (Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 322) ary asaovy miomana ny mpianatra hamaky mafy ny 3 Nefia 17:5–13, 17–24.
3. Azonao atao raha tianao ny mandefa hira momba ny Mpamonjy rehefa miditra ny efitrano ny mpianatra, mba hisian' ny endri-panajana.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fisarihana ny saina manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Asehoy ny horonan-tsary misy ny “My Joy Is Full”. Raha tsy misy io horonan-tsary io, dia asehoy ny sarin' i Jesoa manasitrana ny Nefita sy mitso-drano ireo ankizy madinika ary asaovy vakian' ny mpianatra mafy ny 3 Nefia 17:5–13, 17–24.

Asao ny mpianatra hizara ny eritreriny ny amin' ny hoe: ho nanao ahoana re raha ity hono izy ka mba anisan' ny vahoaka izay nandia ireo fitrangan-javatra ireo? Hazavao fa ity lesona ity dia manadihady ireo fitrangan-javatra ireo sy ny zavatra hafa natao ary nampianarin' ny Mpamonjy efa nitsangana tamin' ny maty raha namangy ny Nefita Izy taorian' ny nahafatesany sy ny nitsanganany tamin' ny maty.

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana, ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo andinin-tsoratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Nodidian' i Jesoa ny Nefita handinika sy hivavaka momba izay efa nampianariny. Nanasitrana ny marary, nitahy ny ankizy ary nivavaka ho an' ny olona Izy.**

Hadihadio ny 3 Nefia 17. Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ireo andininy voafantina.

- Raha niomana ny handao ny Nefita i Jesoa, dia tsapany fa tsy nahazo izay rehetra efa nampianariny azy ny olona (3 Nefia 17:1–2). Inona no nampianariny mba hataon'ny olona? (Jereo 3 Nefia 17:3.) Inona no hevitry ny hoe misaintsaina? Nanampy ny Nefita hiomana mba handray fampianarana misimisy avy tamin' ny Mpamonjy ny fisaintsainana, fa tamin' ny fomba ahoana? Ahoana no mety hanampian' ny fisaintsainana antsika hahazo tsaratsara kokoa ireo fitsipiky ny filazantsara?

  Nampianatra ny loholona Joseph B. Wirthlin hoe: "Ny fisaintsainana izay midika hoe mandanjalanja ao an-tsaina, mihevitra, mandinika, dia afaka manokatra ny masom-panahin' ny fahatakaran' ny olona. Ny Fanahin' ny Tompo koa dia afaka mitoetra amin' ilay olona misaintsaina" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1982, 33; na *Ensign,* May 1982, 23).

- Nilazan' i Jesoa koa ny olona mba hivavaka momba izay efa nampianariny azy. Ahoana no anampian' ny vavaka antsika hahazo tsaratsara kokoa ny fitsipiky ny filazantsara? Inona avy ireo fomba hafa sasantsasany izay ahafahantsika "manomana ny saintsika" mba handray ny fahamarinana avy amin' ny Tompo?
- Nahoana i Jesoa no "nijanona naharitraritra" niaraka tamin' ny olona? (Jereo 3 Nefia 17:5–6.) Ahoana no anehoan' izany ny fihetseham-pony amin' ny vahoaka? Ahoana no ahatsapanao ny fitiavan' i Jesoa sy ny fiahiny anao?

Raha mampiasa fisarihana ny saina ianao, dia azonao atao izao ny mandefa ny horonan-tsary "My Joy Is Full", na asaovy fintinin' ny mpianatra ny zava-bitan' ny Mpamonjy raha niara-nitoetra tamin' ny Nefita Izy (3 Nefia 17:7–25).

- Inona no nahafahan' ny Mpamonjy nanasitrana ny marary sy ny kilemaina teo anivon' ny Nefita? (Jereo 3 Nefia 17:7–9, 20.) Inona no nataon' ny olona rehefa sitrana ny marary sy ny kilemaina? (Jereo 3 Nefia 17:10.) Ahoana no ahafahantsika maneho ny fankasitrahantsika ny Mpamonjy noho ny fitahiana efa nomeny antsika?
- Ahoana no notsofan-drano ireo ankizy Nefita? (Jereo 3 Nefia 17:21. Antitrantero fa nitso-drano tsirairay azy ireo ny Mpamonjy, tamin' ny fanehoana ny halalin' ny fitiavany ny ankizy madinika. Azonao atao koa raha tianao ny mamaky ny Matio 19:13–15.)
- Efa nodidian' ny Mpamonjy ny Nefita mba ho tonga tahaka ny ankizy madinika (3 Nefia 11:37–38). Inona no hatsaran-toetran' ny ankizy tian' i Jesoa hananantsika? (Jereo Môsia 3:19.) Inona no azontsika atao mba hampitombo ireo hatsaran-toetra ireo?

**2. Naorin' i Jesoa teo anivon' ny Nefita ny Fanasan' ny Tompo.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny 3 Nefia 18.

- Taorian' ny nitsofan' i Jesoa rano ny ankizy, dia naorina teo anivon' ny Nefita ny Fanasan' ny Tompo (3 Nefia 18:1–4). Inona no azontsika ianarana momba ny ôrdônansin' ny Fanasan' ny Tompo hita ao amin' ny 3 Nefia 18:1–11? (Mety ho tafiditra ao amin' ny valinteny izao manaraka izao.)

  a. Ny fanasan' ny Tompo dia tsy maintsy amasinina sy tantanin' ireo izay efa natokana hanao izany. (3 Nefia 18:5).
  b. Ny fanasan' ny Tompo dia tokony hozaraina amin' ny mpikambana mendrika rehetra ao am-piangonana (3 Nefia 18:5, 11).
  d. Misolo ny nofo sy ny ran' ny Mpamonjy ny mofo sy ny divay (3 Nefia 18:7, 11; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:2, marihana fa rano no ampiasaintsika ankehitriny fa tsy divay).

- Ny amin' ny inona moa no ijoroantsika ho vavolombelona rehefa mandray ny fanasan' ny Tompo isika? (Jereo 3 Nefia 18:7, 10–11). Inona no fitahiana nampanantenaina ireo izay mahatsiaro sy manara-dia an' i Kristy? (Jereo 3 Nefia 18:7, 11.) Inona no azontsika atao mba hanomanantsika ny tenantsika handray ny fanasan' ny Tompo isan-kerinandro? Ahoana no nahatonga ny fandraisana ny fanasan' ny Tompo ho fitahiana ho anao?

- Inona no nampianarin' ny Mpamonjy ny mpianatra momba ny maha zava-dehibe ny fandraisana ny fanasan' ny Tompo amim-pahamendrehana? (Jereo 3 Nefia 18:26–29; jereo koa 1 Korintiana 11:28–29.) Nahoana no hitondra fanamelohina ho antsika ny fandraisana' ny fanasan' ny Tompo tsy amim-pahamendrehana?

- Inona no nolazain' ny Mpamonjy ny mpianany mba hatao amin' ireo izay tsy mendrika ny handray ny fanasan' ny Tompo? (Jereo 3 Nefia 18:29–32.) Nahoana Izy no nanoro azy ireo ny tsy handroahana an' ireo izay tsy mendrika ny handray ny fanasan' ny Tompo? (Jereo 3 Nefia 18:32.) Nahoana no zava-dehibe ny fanohizana ny fanompoana an' ireo izay efa nivily, niala ny filazantsara? Amin' ny fomba ahoana no ahafahantsika manao izany?

- Inona no antony nandidian' ny Tompo ny olona hanatona Azy? (Jereo 3 Nefia 18:25.) Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny ho vavolombelona manambara an' i Jesoa Kristy?

**3. Nampianatra sy nanompo ny olona ireo mpianatra. Niverina ny Mpamonjy mba hampianatra ny olona sy hivavaka ho azy.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny 3 Nefia 19.

- Inona no nataon' ireo Nefita izay nahita ny Mpamonjy taorian' ny niakarany tany an-danitra? (Jereo 3 Nefia 19:1–3.) Ahoana no fihetsik' ireo izay nandre ny teny vavolombelon' ny Nefita momba ny Mpamonjy nanoloana ireo teny vavolombelona ireo? (Jereo 3 Nefia 19:3.) Inona avy ireo sehatra hitantsika mba hijoroana ho vavolombelona momba ny Mpamonjy?

- Raha mbola niandry ny fahatongavan' ny Mpamonjy ny valalabemandry ny ampitso, ny mpianatra roa ambin' ny folo lahy kosa dia nampianatra ny vahoaka, niara-nivavaka taminy ary nanompo azy. (3 Nefia 19:4–8; mariho fa tanteraka araka izany ny toromariky ny Mpamonjy ho azy ireo nomena ny

omalin' io araka ny voasoratra ao amin' ny 3 Nefia 18:16). Inona no antony nivavahan' ny mpianatra? (Jereo 3 Nefia19:9; jereo koa ny andininy 10–15 sy ny faharoa amin' ny fanampin-kevitra hoenti-mampianatra.) Nahoana araka ny hevitrao, no nirian' ny mpianatra fatratra "ny hanomezana ny Fanahy Masina azy ireo"? (3 Nefia 19:9). Nahoana no iankinan' ny aina ny ahazoantsika ny Fanahy Masina?

- Rehefa avy nilaza tamin' ireo mpianatra i Jesoa mba hivavaka, dia "nandeha nihataka kely taminy Izy" mba hivavaka irery (3 Nefia 19:17, 19). Ho an' ny inona no nivavahan' i Jesoa? (Jereo 3 Nefia 19:21, 23. Azonao atao raha tianao ny mampitaha io vavaka io amin' ny ampahany amin' ilay vavaka lehibe fanalalanana, talohan' ny nanomboana Azy, araka izay voasoratra ao amin' i Jaona 17:20–23.) Nahoana no zava-dehibe ny hahatonga ny mpanara-dia an' i Kristy ho "iray" miaraka Aminy sy ny Ray? Ahoana no mety hahatonga antsika ho iray miaraka amin' Izy ireo?
- Nahoana no nahafinaritra ny Tompo ny vavaky ny mpianatra Nefita? (Jereo 3 Nefia 19:24–25. Azonao atao raha tianao ny manoratra ny valintenin' ny mpianatra eny amin' ny solaitrabe.) Ahoana no ahafahantsika maka tahaka ny ohatra nasehon' ny mpianatra amin' ny fivavaka ataontsika samirery?
- Nahoana no hain' ny valalabemandry ny nihaino sy nanakatra ny tenin' i Jesoa tamin' Izy nivavaka fanintelony? (Jereo 3 Nefia 19:31–33.) Inona no tsy maintsy ataontsika mba hanokafana ny fontsika ka ahafahan' ny Fanahy mampianatra antsika?

Famaranana

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa notahiana ny Nefita mba hahita sy handre zavatra mahatalanjona noho ny finoany lehibe (3 Nefia 17:20; 19:35) sy ny faherezany nivavaka (3 Nefia 19:6–9). Mariho fa rehefa mampihatra ny finoana an' i Jesoa Kristy isika ary mahery mivavaka samirery na miaraka amin' ny ankohonana dia hiaraka amintsika ny Fanahin' ny Tompo ary hitahy sy hanampy antsika amin' izay rehetra ataontsika.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao raha tianao ny mampiasa ny iray na ny ankamaroany ao anatin' ny lesona.

**1. "Miambina sy mivavaka mandrakariva" (3 Nefia 18:15)**

Asaovy vakian' ny mpianatra ny 3 Nefia 18:15, 18–19, 21.

- Ahoana no ahafahan' ny vavaka miaro antsika amin' ny fakan' i Satana fanahy? Ahoana no nanovan' ny fiarahan' ny mpianakavy mivavaka ny fianakavianao? Ahoana no ahafahantsika mampitombo ny fandraisantsika andraikitra amin' ny fiarahan' ny mpianakavy mivavaka isan' andro?

**2. "Ary nivavahany ny ho an' izay niriany indrindra" (3 Nefia 19:9)**

Mialohan' ny hanadihadianareo ny 3 Nefia 19:9, dia omeo taratasy sy penina na pensilihazo ny mpianatra ary iangavio hanao ny lisitry ny zavatra enina iriany indrindra.(Raha tsy misy ny taratasy sy ny penina na ny pensilihazo, dia iangavio ny mpianatra hieritreritra fotsiny ny zavatra enina iriany indrindra.) Rehefa izany dia asaovy vonoiny eo amin' ny lisitra ny anaran' ny zavatra izay tsy dia mampaharisika azy ny hitondrana izany amim-bavaka. Iangavio ny mpianatra hamaky ny 3 Nefia 19:9.

- Inona no tena nirian' ny mpianatra Nefita indrindra? Ahoana no ahafahantsika mampitombo ny faniriantsika fahamarinana sy aim-panahy?

**3. "Ary izy ireo dia nivavaka tamin' i Jesoa" (3 Nefia 19:18)**

Mba hampahazava ny antony nahatonga ny Nefita nivavaka tamin' i Jesoa (3 Nefia 19:18, 24–25, 30), dia asaovy vakian' ny mpianatra ny 3 Nefia 19:22. Azonao atao koa raha tianao ny mamaky izao lahateny manaraka nataon' i Bruce R. McConkie loholona izao:

"Ireo hany fotoana ao amin' ny soratra masina izay nanolorana ny Zanaka mivantana ireo vavaka dia fony—sy noho—ilay Izy izay masina, olona efa natsangana tamin' ny maty, nijoro teo anoloan' ireo mpivavaka" (*Doctrinal New Testament Commentary,* 3 vols. [1966–73], 2:79).

Mariho fa i Jesoa Izy Tenany dia nivavaka tamin' ny Ray tamin' io fotoana io (3 Nefia 19:19–24, 27–29, 31). Ny vavaka rehetra ataontsika dia tokony havantana amin' ny Raintsika any an-danitra ary hofaranana amin' ny anaran' i Jesoa Kristy.

Lesona
# 40
# “Amin’ izany Aho dia hanangona azy”

*3 Nefia 16; 20–21*

**Tanjona** Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny asan’ ny andro farany amin’ ny fanangonana an’ i Isiraely sy ny fananganana an’ i Ziona.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ny 3 Nefia 16, 20, ary 21. Ireto toko ireto dia mirakitra ny ampahany amin’ ny fampianaran’ ny Mpamonjy izay nitsangana tamin’ ny maty ny Nefita. Ao amin’ ireo toko ireo ny Tompo dia nampianatra sy naminany ny amin’ ny Famerenana indray ny filazantsara sy ny fanangonana ny mpianakavin’ i Isiraely amin’ ny andro farany.
2. Vakiteny hafa: 3 Nefia 29–30; Môrmôna 5:9–24; Fanekem-pinoana 1:10; Rakibolan’ ny baiboly, “Jentilisa”, 00; “Isiraely”, 00.
3. Mialohan’ ny fampianarana dia soraty eo amin’ ny solaitrabe ireto fanontaniana manaraka ireto:

> Inona no atao hoe mpianakavin’ i Isiraely?
>
> Nahoana no naely patrana i Isiraely?
>
> Iza ireo Jentilisa?
>
> Inona no ifandraisan’ ny Jentilisa amin’ ny fanelezana sy ny fanangonana an’ i Isiraely?
>
> Inona no atao hoe fanangonana an’ i Isiraely?
>
> Inona ny famantarana efa nomena izay mampiseho fa efa nanomboka ny fanangonana an’ i Isiraely amin’ ny andro farany?
>
> Amin’ ny maha-mpikambana antsika ao amin’ ny fiangonana, inona no andraikitsika eo amin’ ny fanangonana an’ i Isiraely?

4. Raha mampiasa fisarihana ny saina ianao dia ento ao am-pianarana ny sasany amin’ ireto zavatra manaraka ireto na izy rehetra:
   a. Ny sarin’ i Jakoba mitso-drano ireo zanany (Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 122); ny sarin’i Joseph Smith (62449; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 400); ary ny sarina Ankizilahy iray atao batisa (62018) na ny sarin’ ny Ny batisa (Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 601).
   b. Bokin’ i Môrmôna iray.
   d. Takelaka misy ny anaran’ ny misionera na zavatra iray hafa izay mampiseho ny asa fitoriana.
   e. Ny sarinao ary ny an’ ny fianakavianao.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Asehoy ireo zavatra izay efa nentinao (jereo "Fanomanana," andininy 4). Hazavao fa ny tsirairay amin' ireo zavatra ireo dia manana anjara toerena lehibe eo amin' ny lesona hatao androany. Iangavio ny mpianatra hitadidy ireo zavatra ireo mandritra ny lesona ary hitady ny fifandraisan' ireo zavatra amin' ny 3 Nefia 16, 20, ary 21.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana mba hifanandrify tsara indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Naminany ny amin' ny fanelezana an' i Isiraely ny Mpamonjy.**

Sariho ny sain' ny mpianatra hifantoka amin' ny fanontaniana voalohany eo amin' ny solaitrabe (Jereo "Fanomanana," andininy 3):

- Inona no atao hoe mpianakavin'i Isiraely?

  Hazavao fa ny anarana hoe *mpianakavin' i Isiraely* dia manondro ireo taranak' i Jakôba izay novana ho *Isiraely* ny anarany (Raha mampiasa fisarihana ny saina ianao dia Azonao ato raha tianao ny hampiseho ny sarin' i Jakôba mitso-drano ireo zanany lahy, ho toy ny ampahany amin' ity fanazavana ity). Ireo olona ao amin' ny mpianakavin' i Isiraely no tondroina amin' ny hoe "ny vahoakan' ny fanekempihavanan' ny Tompo" (1 Nefia 15:14) sy "zanaky ny fanekempihavanana" (3 Nefia 20:25–26). Avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely ny Nefita satria taranak' i Josefa, zanakalahin' i Jakôba (1 Nefia 5:14).

Hazavao fa nampianatra ny amin' ny fanelezana an' i Isiraely ny Mpamonjy. Avy eo dia sariho ny sain' ny mpianatra hifantoka amin' ny fanontaniana faharoa eo amin' ny solaitrabe:

- Nahoana no naely i Isiraely?

  Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ny 3 Nefia 16:4. Amporisiho ny mpianatra hanaraka ny vakiteny sady hikaroka ny valin' ny fanontaniana. Rehefa manadihady ny fanontaniana ny mpianatra dia ataovy azo antoka ny fahazoany fa "naely patrana tambonin' ny tany ny olona tao amin' ny mpianakavin' i Isiraely noho ny tsy finoany."

**2. Naminany ny amin' ny fanangonana ara-panahy ny mpianakavin' i Isiraely ny Mpamonjy.**

Sariho ny sain' ny mpianatra hifantoka amin' ny fanontaniana fahatelo eo amin' ny solaitrabe:

- Iza ireo Jentilisa?

Hazavao fa ao amin' ny soratra masina, ny teny hoe *Jentilisa* dia ampiasaina hanondrona na ireo olona izay tsy teraka tao amin' ny mpianakavin' i Isiraely, na ireo firenena izay tsy nahafantatra ny filazantsara. Ao amin' ireo toko hadihadiana ao amin' ity lesona ity, ny teny hoe *Jentilisa* dia manondro ireo firenena izay tsy mahafantatra ny filazantsara, na dia avy amin' ny taranak' i Jakôba aza ny olona sasany amin' ireo firenena ireo. (Bible Dictionary, "Gentile," 679).

Sariho ny sain' ny mpianatra hifantoka amin' ny fanontaniana fahefatra eo amin' ny solaitrabe:

- Inona no ifandraisan' ny Jentilisa amin' ny fanelezana sy ny fanangonana an' i Isiraely?

  Asaovy vakian' ny mpianatra iray ny 3 Nefia 16:7–9 sy 21:1–5. Amporisiho ny hafa hanaraka ny vakiteny sady hikaroka ny valin' ny fanontaniana.

  Antitrantero ny faminanian' ny Mpamonjy fa hanana anjara amin' ny fanelezana an' i Isiraely ny Jentilisa. Antitrantero koa ny faminaniana fa amin' ny alalan' ny Jentilisa no hahazoan' i Isiraely ny filazantsara naverina indray ary ny fanangonana azy.

Sariho ny sain' ny mpianatra hifantoka amin' ny fanontaniana fahadimy eo amin' ny solaitrabe:

- Inona no atao hoe fanangonana an' i Isiraely?

  Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ny 3 Nefia 16:4, 12; 20:10–13. Amporisiho ireo mpianatra hafa hanaraka ny vakiteny sady hikaroka ny valin' ny fanontaniana. Rehefa manadihady io fanontaniana io ny mpianatra dia ataovy azo antoka fa azony izao manaraka izao:

  Arakaraka ny ananan' ny olona teny vavolombelona momba ny Mpanavotra sy ny Filazantsarany naverina indray ary ikambanany amin' ny Fiangonany no anangonana an' i Isiraely (raha mampiasa fisarihana ny saina ianao, dia azonao ato raha tianao ny mampiseho ny sarin' ny batisa ho toy ny ampahany amin' ny fanadihadiana).

  Tamin' ireo andro voalohany namerenana indray ny fiangonana dia didin' ny Tompo ny ampahany amin' ny fanangonana an' i Isiraely ka hamonjen' ireo mpikambana amin' ny Fiangonany ny fivondronan' ny Olomasina tao Amerika Avaratra, na tao Missouri, Illinois izany, na tao Salt Lake Valley. Any aoriana dia hitranga ny fanangonana ara-bakiteny iray hafa ka ny olona ao amin' ny mpianakavin' i Isiraely dia hangonina ho eo amin' ny tany lovany (Jereo ny fizarana 3 amin' ity lesona ity). Ny fanangonana izay mitranga ankehitriny anefa dia fanangonana ara-panahy.

  Nanazava ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: "Tontosa ny 'fanangonana an' i Isiraely', rehefa manaiky ny filazantsara sy mitoetra eo amin' ny tany nahaterahany ny mponin' ireo tany lavitra. Ny fanangonana an' i Isiraely ho an' ny Meksikanina dia ao Meksikô; any Skandinavia ho an' ireo avy amin' ny tany avaratra; ny toerana fanangonana ho an' ny Alemà dia ao Alemanina; ary ho an' ny Plinezianina dia ao amin' ireo nosy; ho an' ny Brezilianina dia ao Brezila; ho an' ny Arzantinina dia ao Arzantinina" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1975, 4; na *Ensign,* May 1975, 4).

Sariho ny sain' ny mpianatra hifantoka amin' ny fanontaniana fahenina eo amin' ny solaitrabe:

- Inona ny famantarana efa nomena izay mampiseho fa efa nanomboka ny fanangonana an' i Isiraely

  Asaovy vakian' ny mpianatra ny 3 Nefia 21:2–7 sy 29:1–2. Amporisiho ny mpianatra hafa hanaraka ny vakiteny sady hikaroka ny valin' ny fanontaniana.

- Ahoana no hahatongavan' ny "fitenenana" sy ny "asan'"ny Nefita any amin' ny Jentilisa? (Amin' ny alalan' ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna. Raha nampiasa fisarihana ny saina ianao dia azonao atao raha tianao ny hampiasa ny Bokin' i Môrmôna iray ho toy ny ampahany amin' ity fanadihadiana ity.) Inona ireo anjara asa vitsivitsy ananan' ny Bokin' i Môrmôna amin' ny fanangonana an' i Isiraely? Ho fanehoana ohatra vitsivitsy dia ampitahao amin' ny 3 Nefia 16:4, 12 sy 20:10–13 ny 1 Nefia 6:3–4 ary ny takila ahitana ny lohatenin' ny Bokin' i Môrmôna dia nosoratana mba hampianatra ny fanekempihavanan' ny Tompo ary mba handresy lahatra ny olon-drehetra fa I Jesoa no Kristy.)

- Noresahin' ny Tompo ny amin' ny mpanompo iray izay hanampy amin' ny "asa lehibe sy . . . mahatalanjona", ho famoahana ny Bokin' i Môrmôna (3 Nefia 21:9–10). Iza io mpanompo io? (Joseph Smith. Raha mampiasa fisarihana ny saina ianao dia azonao atao raha tianao ny hampiseho ny sarin' i Joseph Smith ho toy ny ampahany amin' ity fanadihadiana ity)

  Azonao atao raha tianao ny manamarika fa taranak' i Jakôba ara-bakiteny i Joseph Smith (2 Nefia 3 :3–8, 11–12), saingy nonina tany amin' ny firenena Jentilisa izy. Koa ny asany tamin' ny famerenana indray ny filazantsara sy ny famoahana ny Bokin' i Môrmôna dia ampahany amin' ny fanatanterahana ny fampanantenan' ny Tompo fa, "ho tonga any amin' ny Jentilisa ny marina" (3 Nefia 16:7.)

- Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny 3 Nefia 16:11–12. Inona no nampanantenain' ny Tompo hatao aorian' ny hamerenana indray ny fahafenoan' ny filazantsara amin' ny alalan' ny Jentilisa? Nampanantenainy ny hahatsiaro ny fanekempihavanany izay nataony tamin' ny mpianakavin' i Isiraely.)

- Ny fanekempihavanana izay nampanantenain' ny Tompo fa hotsaroany dia ny fanekempihavanana natao tamin' i Abrahama (3 Nefia 20:25, 27, 29; 21:4; Môrmôna 5:20). Inona ireo fitahiana sy andraikitra avy amin' ny fanekempihavanana natao tamin' I Abrahama? Jereo Genesisy 17:1–8; Abrahama 2:6,9–11.)

- Inona no hanjo ny Jentilisa izay mibebaka sy mitodika amin' Andriamanitra? (Jereo 2 Nefia 30:2, 3 Nefia 16:13; 216,22. Ny olona rehetra izay mibebaka sy manatona ny Tompo amin' ny alalan' ny batisa dia horaisina ho isan' ny vahoakan' ny fanekempihavanany.)

  Hoy ny filoha Joseph Fielding Smith: "*Ny olona tsirairay izay manaiky ny filazantsara dia tafiditra ho isan' ny mpianakavin' i Isiraely*. Amin' ny teny hafa dia manjary tafiditra ho isan' ny taranaka voafidy izy, na zanak' i Abrahama amin' ny alalan' i Isaka sy i Jakoba izay nanaovana ny fampanantenana. *Ny ankamaroan'* ireo izay lasa mpikambana ao amin' ny fiangonana dia taranak' i Abrahama ara-bakiteny amin' ny alalan' i Efraima, zanakalahin' i Josefa. Ireo

izay tsy taranak' i Abrahama sy i Isiraely ara-bakiteny dia tsy maintsy *lasa* toy izany ary *rehefa atao batisa sy raisina ho mpikambana izy ireo dia atao grefy eo amin' ilay hazo ary manana ny zo rehetra sy ny tombon-tsoa amin' ny maha-mpandova azy*" (*Doctrines of Salvation,* comp. Bruce R. McConkie, 3 vols. [1954–56], 3:246).

Asaovy vakian' ny mpianatra ny fanontaniana fahafito eo amin' ny solaitrabe:

- Amin' ny maha-mpikambana antsika ao amin' ny fiangonana dia inona no andraikitsika amin' ny fanangonana an' i Isiraely?

  Omeo fotoana ny mpianatra hamaliana ny fanontaniana. Azonao atao raha tianao ny hamelona ireo fanontaniana manaraka mba hamporisihana bebe kokoa ny fifanakalozan-kevitra. Raha mampiasa fisarihana ny saina ianao, dia azonao atao raha tianao ny mampiseho ny sary sy ny takelaka mitondra ny anaran' ny misionera (na zavatra hafa) mandritra ity fanadihadiana ity.

- Ny asa anirahana ny fiangonana dia ny manasa ny olon-drehetra hanatona an' i Kristy. Tontosaintsika io asa anirahana io amin' ny fanambarana ny filazantsara, ny fanavotana ny maty ary ny fanolokoloina ny Olomasina ho tanteraka. Ahoana no andraisan' ny asa anirahana ny fiangonana anjara amin' ny fanangonana an' i Isiraely?

**3. Naminany ny amin' ny fanangonana ara-bakiteny an' i Isiraely ny Mpamonjy.**

- Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny 3 Nefia 16:16 sy 20:14. Raha ireo andininy ireo no jerena dia inona no fampanantenana manokana nomen' ny Tompo ny Nefita? (Homena azy ny tanin' i Amerika ho lovany. Jereo koa 2 Nefia 1:5–7.) Inona no andraikitra niaraka tamin' io fampanantenana io? (Jereo Enôsa 1:10; Etera 2:8–9.)

- Asaovy mifandimby mamaky ireo andininy ao amin' ny 3 Nefia 21:22–29 ny mpianatra. Raha ireo andininy ireo no jerena dia inona no hitranga eo amin' ity tany lovany ity amin' ny andro farany? (Haorina ny tanàna atao hoe Jerosalema vaovao.)

Mariho fa harenina indray ny tanànan' i Jerosalema, ilay tanàna niaviana (3 Nefia 20:29–34). Homena ny Jiosy io tany io ho lovany.

- Nilaza ny Mpamonjy fa hanangona ny olony Izy ary hanorina indray an' i Ziona eo anivony (3 Nefia 21:1). Raha manondro toeran*a ma*nokana ny teny hoe *Ziona* mazàna, dia maneho toe-po sy toe-tsaina ihany koa izany. Ahoana no nilazana an' i Ziona ao amin' ny soratra masina (Jereo ohatra: Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:21 sy Mosesy 7:18–19). Ahoana no ahafahantsika manorina an' i Ziona ao an-tokantranontsika, ao amin' ny paroasintsika ary ny tsatòkantsika ankehitriny?

---

Famaranana

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa amin' izao andro farany izao, ny teny hoe *mpianakavin' i Isiraely* dia mahafaoka ireo rehetra izay mibebaka, manaraka an' i Jesoa Kristy ary atao batisa ao amin' ny Fiangonany. Amporisiho ny mpianatra mba hiaina ho mendrika ny ho isan' ny vahoakan' ny fanekempihavanan' ny Tompo. Araka ny fitarihan' ny fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

# “Izy dia namelabelatra ny zavatra rehetra taminy”

Lesona
# 41

*3 Nefia 22–26*

**Tanjona** — Hanampy ny mpianatra haniry fatratra tokoa ny hamakafaka ny tenin’ ny mpaminany.

**Fiomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. 3 Nefia 22; 23:1–5. Notsiahivin’ ny Mpamonjy ny sasantsasany tamin’ ireo faminanian’ i Isaia momba ny mpianakavin’ i Isiraely amin’ ny andro farany. Nodidiany ny olona hamakafaka ny tenin’ i Isaia sy ireo mpaminany hafa.
   b. 3 Nefia 23:6–14; 24; 25. Nodidian’ ny Mpamonjy ny olona hanampy amin’ ny rakitsoratra ny sasantsasany amin’ ny tenin’ i Samoela ilay Lamanita sy ny an’ i Malakia.
   d. 3 Nefia 26. Nohazavain’ ny Mpamonjy avokoa ny zavatra hatrany am-piandohana ka hatramin’ ny fotoana hahatongavany ao amin’ ny voninahiny.
2. Vakiteny hafa: Isaia 54; Malakia 3–4.
3. Raha misy ny sarin’ i Kristy manontany ny momba ireo Rakitsoratra, dia miomana hampiseho izany mandritra ny lesona. (Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 323).
4. Raha mampiasa fisarihana ny saina ianao, dia miangavia ankizy iray na mihoatra ao amin’ ny Kilonga na mpianatra iray na mihoatra mba hiomana ny hihira ny ”Mamakafakà, Mieritrereta sy Mivavaha” (Hiran’ ny ankizy, 00). Na azonao atao koa ny miomana handefa ny hira na miangavy mpianatra iray hiomana ny hamaky ny tonon-kira.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina — Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Soraty eo amin’ ny solaitrabe ny hoe: *Mamakafaka, Mieritreritra, Mivavaka*

Asaovy mihira na mamaky ny “Mamakafakà, mieritrereta ary mivavaha” ny olona voatondro. Asaovy miaina tsara sy mandinika ny hafatra ao amin’ ny hira sy ny fomba ifandraisan’ ireo teny ireo amin’ ny fandinihantsika ny soratra masina ny mpianatra. Rehefa tapitra ny hira, dia hazavao fa mampiseho ny fomba nampiasan’ ny Tompo ny soratra masina mba hampianarana ny fahamarinana manan-danja ity lesona ity.

Rehefa mamakafaka, mandinika ary mitondra amim-bavaka ny soratra masina isika dia hanana fahazavan-tsaina lehibe kokoa momba ireo fahamarinana ireo.

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba hampiharana ireo andinin-tsoratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Notsiahivin' ny Mpamonjy ny sasantsasany tamin' ny faminanian' i Isaia momba ny mpianakavin' i Isiraely.**

Hadihadio ny 3 Nefia 22; 23:1–5. Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ireo andininy voafantina. Hazavao fa ny toko 22 dia mirakitra ny fitanisan' ny Mpamonjy ny toko iray manontolo mikasika ny fampianaran' i Isaia (Isaia 54) ary miresaka ny momba ny voninahitr' i Ziona amin' ny andro farany.

- Namporisihin' i Isaia ny mpianakavin' i Isiraely hoe: "halalaho ny toeran' ny lainao . . . [ary] halavao ny tadinao ary hamafiso ny tsatòkanao" (3 Nefia 22:2). Sarin' ny inona ny lay sy ny tsatòka? (Jereo ny lahateny eo ambany.) Inona, araka ny hevitrao no dikan' ny hoe:"halalaho ny toeran' ny lainao" ary "hamafiso ny tsatòkanao"?

  Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson:

  "Nampitovian' ireo mpaminany tamin' ny lay lehibe izay mahafaoka ny tany manontolo ny Zionan' ny andro farany. Nohenjanin' ny tady nafatotra tamin' ny tsatòka io lay io. Mazava ho azy fa ireo tsatòka ireo no rafitra isam-paritra samihafa miely eran-tany. Raha ny amin' izao fotoana izao dia angonina amin' ireo tsatòka samihafa amin' ny Ziona i Isiraely. . . .

  " . . . Ny tsatòka dia fiarovana ny Olomasina amin' ny fahavalo, na ny hita na ny tsy hita. Ny fiarovana dia fitarihana nomanina tamin' ny alalan' ny fisoronana izay manamafy orina ny teny vavolombelona ary manandratra ny firaisan-kinan' ny mpianakavy sy ny fahamarinan' ny tsirairay "Strengthen Thy Stakes", *Ensign,* Jan. 1991, 2, 4).

- Inona no azon' ny tsirairay sy ny mpianakavy atao mba ho azo antoka fa ny tsatòkantsika dia fialofana sy fiarovana amin' ny ratsy?

- Ahoana no nilazalazan' i Isaia ny fifandraisan' ny Tompo sy ny mpianakavin' i Isiraely? (Jereo 3 Nefia 22:4–10. Nolazainy fa ny Tompo no vadiny ary i Isiraely no andefimandriny.) Inona no mety hampianarin' izany antsika momba ny fahafoizan-tenan' ny Tompo ho an' ny olony?

  Nampianatra ny loholona Jeffrey R. Holland hoe: "Ny sarin' i Jehovah izay oharina amin' ny mpampakatra ary ny an' i Isiraely izay oharina amin' ny ampakarina dia fanoharana fampiasa matetika ao amin' ny soratra masina, fa ampiasain' ny Tompo sy ireo mpaminany ilazalazana ny fifandraisan' Andriamanitra sy ny zanaky ny fanekempihavanana . . . Nisy fotoana izay nahatezitra an' i Kristy ara-drariny tamin' i Isiraely noho izy nikororosy fahana, saingy fohy sy nihelina mandrakariva izany— 'fotoana kely! Miverina mandrakariva ny fangorahana sy ny famindrampo ary mahazo vahana amin' ny fomba tena azo antoka. Mety ho levona ny tendrombohitra sy ny havoana. Mety ho ritra ny ranon' ny ranomasina lehibe . . . Fa tsy hoesorina kosa amin' ny olon' ny fanekempihavanany ny halemem-panahy sy ny fiadanan' ny Tompo. Efa nianiana tamin' ny fianianan' ny lanitra Izy fa tsy ho tezitra aminy mandrakizay" (*Christ and the New Covenant* [1997], 290).

- Ahoana no nilazan' ny Tompo ny toerana izay hanangonana ny mpianakavin' i Isiraely amin' ny andro farany? (Jereo 3 Nefia 22:11–12; jereo koa ny Apôkalipsỳ 21:18–21.) Inona ny fampanantenana natao tamin' ireo izay honina amin' io toerana io? (Jereo 3 Nefia 22:13–17.) Ahoana no ahafahan' ireny fampanantenana ireny manome hery an' ireo izay mijaly?
- Rehefa avy nampahatsiahy ireo faminaniana ireo Jesoa dia hoy Izy tamin' ny olona: "Tokony hanadihady ireo zavatra ireo ianareo" (3 Nefia 23:1). Inona no hevitry ny hoe manadihady ny soratra masina toy izay mamaky izany fotsiny?

  Hoy ny loholona Henry B. Eyring hoe: "Lalaintsika ny tenin' Andriamanitra, tsy amin' ny famakiana fotsiny ny tenin' ny soratra masina fa amin' ny fandinihina izany. Mety ho voafahana bebe kokoa isika rehefa mieritreritra teny vitsivitsy sady mamela ny Fanahy Masina hampody ireny ho rakitsoa ho antsika toy izay mandalo faingana sy an-tehaka ireo toko ao amin' ny soratra masina" (tao amin' ny Conference Report, Oct. 1997, 115; na *Ensign,* Nov. 1997, 84).
- Ahoana no nitahiana anao rehefa avy nandinika ny soratra masina ianao? (Azonao atao raha tianao ny manasa ny mpianatra hizara ny traikefany ny amin' ireo andininy manokana ao amin' ny soratra masina niteraka aingampanahy na fahiratan-tsaina, na nanjary nisy heviny ho famahana ny olana mianjady amin' ny tena manokana.)
- Nahoana no zava-dehibe ny hiraketan' ny olona ny tenin' ny Mpamonjy? (Jereo 3 Nefia 23:3–5.)
- Nodidian' ny Mpamonjy ny olona "hanadihady ny mpaminany, fa nisy maro no efa nanambara ny amin' ireo zavatra ireo" (3 Nefia 23:5). Ny amin' ny inona no nijoroan' ny mpaminany ho vavolombelona? Ahoana no nampaherezan' ny teny vavolombelon' ireo mpaminany fahiny sy ankehitriny anao?

**2. Nodidian' ny Mpamonjy ny olona hanampy andalan-tsoratra amin' ny rakitsorany.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy voafantina tao amin' ny 3 Nefia 23:6–14; 24; 25. Hazavao fa taorian' ny nandidian' i Jesoa ny olona hanoratra ireo zavatra izay efa nampianariny azy, dia notohizany ny fampianarana ny olona ireo soratra masina hafa. Raha mampiasa ny sarin' i Jesoa manontany ny momba ireo rakitsoratra ianao dia asehoy izany.

- Nodidian' i Jesoa ny Nefita hanampy ny faminaniana nataon' i Samoela ilay Lamanita amin' ny rakitsorany. Nilaza i Samoela ao amin' io faminaniana io fa "olomasina maro no hitsangana amin' ny maty, sy hiseho amin' ny maro ary hanompo azy" (3 Nefia 23:6–13). Nahoana, araka ny hevitrao, no zava-dehibe io fitantarana manokana io? (Azo ampidirina ao amin' ny valinteny ny hoe: ny fahatanterahan' ny faminanian' i Samoela dia vavolombelona nanambara ny amin' ny nisian' ny fitsanganana amin' ny maty)
- Taorian' ny nitenenan' i Jesoa ny olona hanoratra ny faminanian' i Samoela dia inona no nandidiany azy hatao? (Jereo 3 Nefia 23:14.) Inona no fomba manokana ahafahantsika mahomby kokoa amin' ny fampianarana ny tenin' ny Mpamonjy?
- Nodidian'i Jesoa koa ny olona hanoratra ny sasantsasany amin' ny tenin' i Malakia mpaminany? (3 Nefia 24:1). Nahoana no tsy nisy tao amin' ny

rakitsoratry ny Nefita ny tenin' i Malakia? (Mpaminany ao amin' ny Testamenta Taloha i Malakia saingy tsy voarakitra teo amin' ny takelaka varahina ny teniny noho izy tsy niaina raha tsy 200 taona taorian' ny nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema.

- Inona amin' ny fampianaran' i Malakia no manan-danja manokana ho antsika? (Asaovy vakian' ny mpianatra ny 3 Nefia 24:1, 8–18 sy 25:1–6 ho valin' io fanontaniana io.Azonao atao raha tianao ny hizara ny mpianatra ho andiany efatra. Asaovy mitady ny iray amin' ireto andalan-tsoratra manaraka ireto ny andiany tsirairay ary milazalaza izay nampianarin' i Malakia. Rehefa izany dia hadihadio araka izay aseho etoana ireo andalan-tsoratra.)

  a. 3 Nefia 24:1; ampitahao amin' ny Malakia 3:1. Iza no iraka nirahina mba hanomana ny lalana ho amin' ny Fiavian' ny Tompo Fanindroany? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:9. Ny filazantsara naverina indray, ahitana ireo fanalahidy sy fahefana naverina indray tamin' ny alalan' ny iraka avy any an-danitra). Amin' ny fomba ahoana no ahazoana mihevitra an' i Joseph Smith ho toy ny iraka ho an' ny fotoanandro farany?
  b. 3 Nefia 24:8–12; ampitahao amin' ny Malakia 3:8–12. Inona ireo fitahiana nampanantenaina ao amin' ireo andininy ireo ho an' ireo izay mandoa fahafolon-karena sy fanatitra? Ahoana no nitahiana anao rehefa nandoa fahafolon-karena ianao.
  d. 3 Nefia 24:13–18; ampitahao amin' ny Malakia. Nahoana no mety hino ny olona sasany fa "zava-poana ny manompo an' Andriamanitra"? (Jereo 3 Nefia 24:14–15.) Ahoana no ahafahantsika miorim-paka ao amin' ny finoana na dia toa miroborobo aza ny ratsy?
  e. 3 Nefia 25:1–6; ampitahao amin' ny Malakia 4:1–6. Inona no hevitry ny hoe havela tsy misy faka na sampana? (Hevero ho *faka* ny ray aman-dreninao sy ny razanao ary ho *sampana* ny zanakao sy ny taranakao. Mba hiraisantsika amin' ny fakantsika sy ny sampantsika dia tsy maintsy mandray ôrdônansin' ny tempoly isika). Iza no nolazain' ny Tompo fa hirahiny mialohan' ny Fiaviana Fanindroany? Oviana ary taiza no niverenan' i Elijà? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:13–16.) Inona no fanalahidy naveriny? (Ny fanalahidin' ny fampifamehezana izay manome lalana antsika mba hampiraisana antsika amin' ny razantsika sy ny taranantsika.)

**3. Novelabelarin' ny Mpamonjy hatrany am-piandohana ny zava-drehetra.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny 3 Nefia 26.

- Inona no antony nanomezan' ny Tompo ny faminanian' i Malakia mba hampianarina ny Nefita? (Jereo 3 Nefia 26:2.) Inona tamin' ny fampianaran' i Malakia no nanana lanja manokana taminao?

- Inona no nampianarin' ny Mpamonjy ny olona taorian' ny fanadihadiana ny faminanian' i Malakia? (Jereo 3 Nefia 26:1, 3–5. Raha ilaina dia hazavao fa ny hoe mamelabelatra dia manazava amin' ny lafiny rehetra sy amin' ny antsipirihany). Nahoana isika no tokony hampianatra ny filazantsara "hatrany am-piandohana," tahaka ny nataon' i Jesoa?

- Naiditr' i Môrmôna tao amin' ny rakitsoratra "ny ampahany kely indrindra" ihany tamin' izay nampianarin' i Jesoa ny olona (3 Nefia 26:8). Ahoana no izahan-toetra ny finoantsika noho ny fananana io ampahany kely io? Ahoana no mety hahazoantsika "ny zavatra lehibe kokoa?" (Jereo 3 Nefia 26:9.)

Hoy ny filoha Spencer W. Kimball: “Olona maro no manontany ahy mandavantaona hoe, ‘Rahoviana no heverinao fa hahazoantsika ny rakitsoratra ambiny amin’ ny Bokin’ i Môrmôna?’ Dia hoy aho: ‘Firy amin’ ny mpiangona no te hamaky ny ambiny voaisy kase amin’ ireo takelaka?’ Ary mandrakariva dia saiky misy valinteny 100 isan-jato. Dia nanontaniako indray ireo mpiangona ireo ihany tamin’ izay hoe: ‘Firy aminareo no efa namaky ny ampahany misokatra ho antsika? Ary nisy maro ireo izay tsy namaky ny Bokin’ i Môrmôna, ilay ampahany tsy voaisy kase. Mazàna isika dia mitady izay manaitaitra, ny tsy mety ho azo. Hitako ireo olona maro izay te hiaina ny lalàna ambonimbony kokoa na dia tsy iainany aza ny lalàna ambanimbany kokoa.” *The Teaching of spencer W. Kimball,* ed. Edward L. Kimball [1982], 531–32).

- Asaovy vakian’ ny mpianatra ny 3 Nefia 26:14, 16. Inona no ambaran’ ireo andininy ireo momba ny fihevitry ny Mpamonjy ny ankizy?
- Ahoana no nifampitondran’ ny Nefita izay vavolombelon’ ireo fitrangan-javatra ireo? (Jereo 3 Nefia 26:19–21.) Ahoana no ahafahantsika manaraka ny ohatra nasehony any amin’ ny tokantranontsika, ny fianakaviantsika, ny paroasintsika ary ny tsatòkantsika?

---

Famaranana

Hazavao fa nasehon’ ny Mpamonjy antsika ny mahazava-dehibe ny soratra masina, tamin’ ny fampahatsiahivana sy fandidiana ny olona hanadihady izany, tamin’ ny fanampiana andalan-tsoratra masina. Rehefa manadihady, mieritreritra ary mitondra amim-bavaka ny soratra masina isika dia hahazo izany lalindalina kokoa ary ho haintsika ny hampianatra izany ny hafa amin’ ny fomba mahomby kokoa.

Araka ny fitarihan’ ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

Lesona

# 42 “Izany no filazantsarako”

*3 Nefia 27–30; 4 Nefia*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny votoatin’ ny fotopampianaran’ ny filazantsaran’ i Jesoa Kristy ary hampianatra azy fa ny fiainana ny filazantsara no hany lalana mitondra any amin’ ny fahamarinana sy ny fahasambarana mandrakizay.

**Fiomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. 3 Nefia 27. Nodidian’ ny Mpamonjy ny mpianany Nefita roa ambin’ ny folo hiantso ny Fiangonana araka ny anarany. Nohazavainy ny filazantsarany.
   b. 3 Nefia 28. Notanterahan’ ny Mpamonjy tamin’ ny mpianany Nefita roa ambin’ ny folo ny fanirian’ izy ireo tsirairay avy. Naniry ary nomena fahefana hijanona eto an-tany ny telo tamin’ ireo mpianatra mba hitory ny filazantsara mandra-piverin’ ny Mpamonjy amin’ ny voninahiny.
   d. 4 Nefia 1. Niova fo avokoa ny olona ary natsangany ny fiarahamonina nisy fandriampahalemana tanteraka. Taona maro tatỳ aoriana dia nihemotra tao amin’ ny tsy finoana ny ankamaroan’ ny olona ary nitsipaka ny filazantsara.
2. Vakiteny hafa: Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 39:1–6.
3. Raha misy ny sarin’ i Kristy miaraka amin’ ireo Nefita telo lahy, dia miomàna hampiseho izany mandritra ny lesona (Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 324).

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Soraty eo amin’ ny solaitrabe ny hoe *Fiangonana Môrmôna.* Iangavio ny mpianatra hieritreritra mangina izay fahatsapany io anaram-bositra io. Rehefa izany dia vakio ity lahateny manaraka nataon’ ny Filoha Boyd K. Packer ity:

“Miantso antsika ho Môrmôna ny hafa. Tsy ahoako raha ampiasainy io anarana io. Indraindray anefa dia alaim-panahy isika hiantso ny tenantsika ho ‘Fiangonana Môrmôna.’Heveriko fa tsy tsara ho antsika mihitsy ny manao izany” (“The Peaceable Followers of Christ,” *Ensign,* Apr. 1998, 64).

- Nahoana no tsy tsara ho antsika mihitsy ny iantsoantsika ny tenantsika ho “Fiangonana Môrmôna”?

  Hoy ny Fiadidiana Voalohany: “Ataovy ao an-tsaina fa ity no Fiangonan’ i Kristy; antitrantero izany azafady rehefa mifandray amin’ ny hafa. . . Tsapantsika fa mety ho voatarika handiso ny olona sasany ny fampiasana matetika loatra ny anarana hoe ‘Fiangonana Môrmôna’ “ (“Policies and Announcements,” *Ensign,* Mar. 1983, 79).

Vonoy ny anarana hoe *Fiangonana Môrmôna* eo amin' ny solaitrabe. Ilazao ny mpianatra fa ao amin' ny 3 Nefia 27 ny toromarik' i Jesoa ho an' ireo mpianany Nefita momba ny anaran' ny Fiangonana.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana, ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Nodidian' ny Mpamonjy ny mpianany Nefita hiantso ny Fiangonana araka ny Anarany. Nohazavainy ny filazantsarany.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny 3 Nefia 27.

- Ireo mpianatr' i Jesoa dia "niray hina tao amin' ny faherezana nivavaka sy nifady hanina"fony i Jesoa nanatona azy ireo ary nanontany hoe: "Inona no tianareo homeko anareo?" (3 Nefia 27:1–2). Inona no nangatahin' ireo mpianatra Taminy? (See 3 Nefia 27:3.) Inona no navaliny ny fanontanian' izy ireo? (Jereo 3 Nefia 27:4–9.)
- Nodidian' ny Tompo ny hiantsoana ny Fiangonany naverina indray, dia ny Fiangonany eo anivon' ny Nefita araka ny Anarany (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:4). Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny mitadidy fa ny Fiangonana dia antsoina araka ny anaran' i Jesoa Kristy?
- Hoy i Jesoa: "Na inona na inona hataonareo dia hataonareo amin' ny anarako izany" (3 Nefia 27:7). Inona ireo zavatra sasantsasany izay ataontsika amin' ny anaran' i Jesoa Kristy? (Ankoatra ny fangatahana ny valintenin' ny mpianatra, dia azonao atao raha tianao ny mamaky izao lahateny manaraka izao.)

  Hoy ny filoha Boyd K. Packer:

  "Ny vavaka tsirairay dia atolotsika amin' ny Anarany. Ny ôrdônansy tsirairay tontosa dia natao tamin' ny Anarany. Ny batisa tsirairay, ny fandraisana ho mpikambana, ny fanokanana, ny toriteny tsirairay, ny teny vavolombelona tsirairay dia faranana amin' ny fiantsoana ny anarany masina. Amin' ny anarany no anasitranantsika ny marary sy anaovantsika ireo fahagagana hafa izay tsy tenenintsika na tsy haintsika tenenina.

  "Mitondra ny anaran' i Kristy isika amin' ny fandraisana ny fanasan' ny Tompo. Mivoady isika ny hahatsiaro Azy ary ny hitandrina ny didiny. Ombany izay rehetra inoantsika" ("The Peaceable Followers of Christ," *Ensign,* Apr. 1998, 64).

- Nampianatra i Jesoa fa ankoatra ny fiantsoana ny Fiangonany araka ny Anarany dia tsy maintsy "miorina eo amin' ny filazantsarany izany." Hoy Izy: "Raha toa ka miorina amin' ny filazantsarako ny fiangonana dia amin' izay ny Ray no haneho ny asany ao aminy" (3 Nefia 27:10). Inona ireo asan' ny Ray? (Ho valin' izany dia jereo ohatra ny 3 Nefia 21:1–9, 24–29; Mosesy 1:39.) Ahoana no nahitanao ireo asa ireo ao amin' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany?

Mariho fa rehefa mijoro ho vavolombelona ny Olomasin' ny Andro Farany dia miteny izy mazàna fa fantany fa marina ny filazantsara. Iangavio ny mpianatra hieritreritra mangina izay havaliny raha tao aorian' ny filazana hoe: "fantatro fa marina ny filazantsara," ka anontaniana izy hoe: "Inona no atao hoe filazantsara?"

Soraty eo amin' ny solaitrabe ny hoe: *"Izao no filazantsarako"*. Hazavao fa taorian' ny nilazan' i Jesoa fa tsy maintsy miorina eo amin' ny Filazantsarany ny Fiangonany dia nomeny ny mpianany ny famaritana mazava sy feno momba ny Filazantsarany. Asaovy mifandimby ny mpianatra mamaky ireo andininy ao amin' ny 3 Nefia 27:13–22, sady mijery ireo lafiny samihafa momba ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Azonao atao raha tianao ny hiangavy ny mpianatra hitanisa ny valinteny eo amin' ny solaitrabe. Mety ho isan' ny valinteniny ireto manaraka ireto:

a. Fanoavan' i Jesoa ny sitrapon' ny Ray (3 Nefia 27:13)
b. Ny sorompanavotana (3 Nefia 27:14)
d. Fitsanganana amin' ny maty (3 Nefia 27:14–15)
e. Fitsarana (3 Nefia 27:14–15)
f. fibebahana (3 Nefia 27:16, 19–20)
g. Batisa (3 Nefia 27:16, 20)
h. Finoana an' i Jesoa kristy (3 Nefia 27:19)
i. Fanomezana ny Fanahy Masina (3 Nefia 27:20)
j. Faharetana hatramin' ny farany (3 Nefia 27:16–17, 19)

- Inona no nampantenain' ny Mpamonjy an' ireo izay miaina araka ny Filazantsarany? (Jereo 3 Nefia 27:21–22.)
- Nanontany ny mpianany i Jesoa hoe: "Tokony ho karazana olona toa inona moa ianareo?" Inona no valin' io fanontaniana io? (Jereo 3 Nefia 27:27. Iangavio ny mpianatra hieritreritra mangina izay azony atao mba ho tonga tahaka ny Mpamonjy.)

**2. Notovin' ny Mpamojy ny fanirian' ireo mpianany roa ambin' ny folo lahy. Nifidy ny hijanona eto an-tany mandra-pigadon' ny Fiaviany Fanindroany ny telo tamin' ireo mpianatra.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny 3 Nefia 28. Hazavao fa talohan' ny niverenan' ny Mpamonjy tany amin' ny Rainy dia niresaka tamin' ny mpianany tsirairay Izy ary nanontany izay nirian' ny tsirairay Taminy. Ny sivy dia nangataka ny hahazoany mamarana ny asa fanompoany rehefa feno taona izy ireo, mba hahazoany mandeha faingana tokoa any Aminy ao amin' ny Fanjakany. Saikatsaikatra kosa ny telo hilaza ny faniriany saingy nahalala ny eritreriny ny Mpamonjy (3 Nefia 28:1–5). Raha mampiasa ny sarin' i Jesoa miaraka amin' ireo Nefita telo lahy ianao dia asehoy izany izao.

- Inona ny fanirian' ireo mpianatra Nefita telo lahy farany? (Jereo 3 Nefia 28:7–9. Notadiaviny ny hijanona eto an-tany ary hitondra fanahy ho an' i Kristy mandra-pahatapitr' izao tontolo izao). Nolazain' i Jesoa fa "notahiana bebe kokoa" ireo mpianatra noho ny fanirian' izy ireo (3 Nefia 28:7). Inona no azontsika tsoahina amin' izany fanambarana izany? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 15:6; 16:6; 18:10–16.)
- Ho setrin' ny fangatahiny dia novainy tarehy ny mpianatra telo lahy, izany hoe novaina ny vatany mba hahafahany mahita ny zavatr' Andriamanitra "(3 Nefia 28:13–15). Rehefa izany dia tafafindra izy ireo. Inona no ampianarin'

ny tantara ao amin' ny 3 Nefia 28 momba ireo olona tafafindra? (Jereo 3 Nefia 28:7–40 mbamin' ny fitanisana eo ambany. Azonao atao raha tianao ny mizara ny mpianatra ho tarika telo ka ny tarika voalohany dia hamaky ny andininy 7–17, ny faharoa hamaky ny andininy 18–28, ary ny fahatelo, ny andininy 29–40. Asaovy milaza ny zavatra notsoahiny momba ny olona tafafindra tao amin' ireo andininy novakiany ny vondrona tsirairay.)

a. Tsy manandrana na miaritra ny fanaintainan' ny fahafatesana na oviana na oviana ny olona tafafindra (3 Nefia 28:7–8, 38).
b. Rehefa ho tonga any amin' ny voninahiny ny Mpamonjy dia hovana ao amin' ny indray "mipi-maso izy ireo, avy amin' ny mety maty hankamin' ny tsy fahafatesana" (3 Nefia 28:8).
d. Tsy mandia fanaintainana na alahelo izy ireo raha tsy eo ny alahelo izay tsapany noho ny fahotan' izao tontolo izao (3 Nefia 28:9, 38).
e. Ampiany ny olona ho tonga hiova fo ho an' ny Tompo (3 Nefia 28:9, 18, 23, 29–30).
f. Tsy hay vonoina na ratraina izy ireo na amin' ny fomba inona, na amin' ny fomba inona (3 Nefia 28:19–22).
g. Tsy hain' i Satana ny haka fanahy azy na ny hanam-pahefana aminy (3 Nefia 28:39).
h. Mijanona ao amin' ny toetry ny olona tafafindra izy ireo mandra-pahatongan' ny Andro Fitsarana, rehefa hatsangana amin' ny maty izy ireo ary horaisina ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra (3 Nefia 28:40).

*Fanamarihana:* Mandeha be ny resaka momba ireo Nefita telo izay tafafindra. Tokony ho mailo ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana momba ny fanekena na ny fanelezana ireny resaka ireny. Tsy tokony hifamaly ny momba izany ianareo ao am-pianarana.

**3. Nihemotra tao amin' ny tsy finoana sy nitsipaka ny filazantsara ny ankamaroan' ny olona rehefa nahita fandriampahalemana nandritra ny taona maro.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny 4 Nefia. Hazavao fa ny boky fahefatr' i Nefia, izay boky kely, dia mirakitra famintinan' i Môrmôna ny tantara izay naharitra sahabo ho 300 taona. Lehilahy efatra no nanoratra ny tantara tany am-piandohana: Nefia, izay anankiray tamin' ireo mpianatra Nefita roa ambin' ny folo lahy; Amôsa, zanakalahin' i Nefia ary i Amarôna izay zanakalahin' i Amôsa. Ny ampahany voalohany amin' ny boky dia mitantara ny vanim-potoan' ny fahamarinana lehibe sy ny fahasambarana ary ny ampahany faharoa amin' ny boky dia mitantara ny momba ny fivarinan' ny olona any amin' ny faharatsiana.

Azonao atao raha tianao, ho fanombohana ny fanadihadiana, ny manao izay hifandimbiasan' ny mpianatra mamaky ny andininy ao amin' ny 4 Nefia 1:1–18. Iangavio izy ireo hikaroka ny toetry ny olona voalaza ao anatin' ireo andininy ireo. Soraty eo amin' ny solaitrabe ireo toetra araka ny hitanisan' ny mpianatra azy.

- Taorian' ny famangian' i Jesoa dia tsy nisy ny fifandirana teo anivon' ny vahoaka nandritra ny taona maro (4 Nefia 1:2, 4, 13, 15–18). Nahoana no tsy nisy fifandirana? (Jereo 4 Nefia 1:15.) Ahoana no mety hahatonga antsika ho tahaka ireo vahoaka marina voalaza ao amin' ny 4 Nefia? Inona no azontsika atao mba hitomoeran' ny fitiavan' Andriamanitra ao am-pontsika?

Hoy ny filoha Gordon B. Hinckley: "Raha tiana ny hanatsara izao tontolo izao dia ny toetry ny fitiavana no tsy maintsy manova ny ao am-pontsika. . . Azo atao izany rahefa mijery ny any ivelan' ny tena isika ka manome ny fitiavantsika ho an' Andriamanitra sy ho an' ny hafa, sady manao izany amin' ny fontsika rehetra, amin' ny fanahintsika rehetra, ary amin' ny saintsika rehetra" ("And the Greatest of These Is Love," *Ensign,* Mar. 1984, 5).

- Nandritra io vanim-potoan' ny fandriampahalemana io dia tsy nisy "izay mety ho fombafomban' ny -ita" (4 Nefia 1:17). Inona no hevitr' izany? (Jereo 4 Nefia 1:2–3, 15–17.) Inona ny olana misy ankehitriny vokatry ny fanavakavahana eo amin' ny antokon' olona? Amin' ny fomba ahoana no ahafahan' ny filazantsara manampy antsika hiray hina na dia eo aza ny maha samy hafa antsika?
- Inona no nanampy trotraka ny fiafaran' io fotoana ela nisy fandriampahalemana io? (Asaovy jeren' ny mpianatra ny 4 Nefia 1:20–46 mba hahitana ny valin' io fanontaniana io. Fintino eo amin' ny solaitrabe ny valintenin' izy ireo. Mety ho tafiditra ao anatin' ny valinteny izao aseho manaraka izao).

  a. Fisaraham-bazana sy fiforonan' ny saranga (4 Nefia 1:20, 26, 35)
  b. Fireharehana sy fitsiriritana vokatry ny harena (4 Nefia 1:23–25, 41, 43; jereo koa 3 Nefia 27:32)
  d. Ireo fiangonana izay nihambo ho mahafantatra an' i Kristy saingy nandà ny ankamaroan' ny filazantsara (4 Nefia 1:26–29, 34)
  e. Naorina ireo fiangonana mba hahazoan' ny olona harena (4 Nefia 1:26–29, 41)
  f. Hamafin' ny fo (4 Nefia 1:31)
  g. Fanenjehana ireo mpanara-dia an' i Kristy (4 Nefia 1:29–34)
  h. Ireo ray aman-dreny nampianatra ny zanany tsy hino an' i Kristy (4 Nefia 1:38)
  i. Fampianaran' ny ray aman-dreny ny zanany hankahala (4 Nefia 1:39)
  j. Tsikombakomba miafina (4 Nefia 1:42, 46)

- Ireo fihetsika sy fanao tantaraina ao amin' ny 4 Nefia 1:40–46 dia nahatonga ny faharavan' ny Nefita. Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny fandinihina io fitantarana io?

---

Famaranana

Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny fampanantenan' ny Tompo ao amin' ny 3 Nefia 27:10, 22, 28–29. Mariho fa fony ny vahoaka nitoetra ho nahatoky tamin' ny filazantsara dia "tsy ho nety nisy vahoaka sambatra kokoa toa azy" (4 Nefia 1:16).

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ny fitaovana manaraka dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao raha tianao ny mampiasa ny iray amin' ireto hevitra ireto na izy roa miaraka ao anatin' ny lesona.

**1. Famaliana ny fanenjehana**

- Ahoana no nasetrin' ny "olon' i Jesoa" rehefa nenjehina izy ireo? (Jereo 4 Nefia 1:34.) Ahoana no nanehoan' izany fihetsika izany fa tena olon' i Jesoa tokoa izy ireo? (Jereo 3 Nefia 12:10–12, 38–39.) Ahoana no tokony ho fihetsitsika rehefa enjehina isika?

  Hoy ny filoha Gordon B. Hinckley: "Aoka isika hifandray amim-pitiavana sy amin' ny halemem-panahy amin' ireo izay nanaratsy antsika. . . Amin' ny fanahin' i Kristy izay nanafatrafatra antsika hanome koa ny takolaka ilany, dia aoka isika hiezaka ny handresy ny ratsy amin' ny tsara" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1982, 112; na *Ensign,* Nov. 1982, 77).

**2. 3 Nefia 29–30 atao indray mitopy maso**

Hadihadio 3 Nefia 29–30. Mampianatra ny fifandraisana misy eo amin' ny fivoahan' ny Bokin' i Môrmôna sy ny fahatanterahan' ny fanekempihavanana nataon' ny Tompo tamin' i Isiraely (3 Nefia 29:1–4, 8–9) ny toko 29. Ny toko 30 dia mirakitra ny teny izay nodidian' ny Tompo hosoratan' i Môrmôna ho an' ny Jentilisan' ny andro farany.

Lesona
# 43 "Akory izato nahafahanareo niala tamin' ny lalan' ny Tompo iky?"

*Môrmôna 1–6; Môrônia 9*

---

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahita ny maha zava-dehibe ny fiainana araka ny fitsipiky ny filazantsara na dia eo aza ny fitomboan' ny faharatsiana eo amin' izao tontolo izao.

---

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:

    a. Môrmôna 1. Nomena an' i Môrmôna ny fiandraketana ireo rakitsoratra masina fony izy mbola vanto-jaza. Nanjaka eran-tany ny faharatsiana saingy olo-marina i Môrmôna. Novangian' ny Mpamonjy izy saingy norarana tsy hitory.

    b. Môrmôna 2; 3:1–16. Tonga mpitarika ny miaramila Nefita izy ary nitarika ny Nefita tamin' ireo ady maro nanoherana ny Lamanita. Nijaly ny Nefita nandritra ny ady noho ny faharatsian' izy ireo. Nahazo ny takelak' i Nefia i Môrmôna ary nanohy ny fitanana an-tsoratra. Farany, noho ny faharatsian' ny Nefita dia nolavin' i Môrmôna ny hitarika azy ireo.

    d. Môrmôna 3:17–22; 5:8–24. Miresaka amin' ny olon' ny andro farany i Môrmôna, manazava ny antony namintinany sy nanoratany ny rakitsoratra.

    e. Môrmôna 4; 5:1–7; 6; Môrônia 9. Nanohy ny ady tamin' ny Lamanita ny Nefita. Nanaiky ny hitarika indray mandeha indray ny miaramila i Môrmôna. Nalainy tao amin' ny havoanan' i Sima ny rakitsoratra ary nafeniny tao amin' ny havoanan' i Komôra. Tamin' ny ady lehibe farany dia voavono avokoa ny Nefita afa-tsy 24.

2. Asehoy ny sarin' i Môrmôna manao veloma an' ilay Firenena Lehibe fahiny (62043; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 319) ary asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Môrmôna 6:16–22.

---

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fampiasana manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Anontanio ny mpianatra hoe:

- Raha manamory sambo ianao, dia inona ny fitaovana tianao hananana?

Ekeo avokoa ny valinteny ary hazavao avy eo fa i Môrmôna dia nampitaha ny olony, ny Nefita, tamina sambo iray izay tsy nanana fitaovana ilaina sasantsasany. Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Môrmôna 5:17–18.

- Amin' ny fomba ahoana no itovizan' ny olona izay tsy manaraka ny Mpamonjy amin' ny "sambo tsy misy lay na vatofantsika"?

Mariho fa tsy mba tahaka ireo Nefita sisa i Môrmôna izay nampiasa ny filazantsara ho lay sady vatofantsika teo amin' ny fiainany. Niaina tamim-pahamarinana tokoa

izy na dia toa namohehatra aza ny tsirairay nanodidina azy. Hanadihady izay nanjo an' i Môrmôna sy ny vahoakany ity lesona ity ary ny fomba ahafahantsika mampiasa ny filazantsara ho lay sy vatofantsika eo amin' ny fiainantsika.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharanao ireo soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Nomena an' i Môrmôna ny fiandraiketana ireo rakitsoratra masina.**

Hadihadio Môrmôna 1. Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ireo andininy voafantina. Hazavao fa tompon' andraikitra tamin' ny famintinana ny takelaka rehetra ho rakitsoratra izay fantantsika amin' ny hoe ny Bokin' i Môrmôna i Môrmôna. Ny Môrmôna 1–6 dia mirakitra ny rakitsoratr' i Môrmôna momba ny fotoam-pahavelomany sy ny olony.

- Firy taona i Môrmôna fony izy nomena ny fiandraiketana ny rakitsoratra masina? (Jereo Môrmôna 1:2–3; jereo koa ny fanampin-kevitra hoenti-mampianatra). Inona no nanafaran' i Amarôna an' i Môrmôna mba hatao amin' ireo takelaka? (Jereo Môrmôna 1:3–4). Inona no toetran' i Môrmôna, fony izy vanton-jaza, izay nanomana azy ho amin' ny fitanana sy ny famintinana ireo rakitsoratra masina?
- Rehefa feno 15 taona i Môrmôna dia "novangian' ny Tompo ary nanandrana sy nahafantatra ny amin' ny hatsaram-pon' i Jesoa" (Môrmôna 1:15). Ahoana no mety hahafantarantsika ny amin' ny hatsaram-pon' i Jesoa?
- Nahoana no noraran' ny Tompo i Môrmôna tsy hitory amin' ny Nefita? (Jereo Môrmôna 1:16–17). Inona ireo famoizana hafa nanjo ny Nefita noho ny hamafin' ny fon' izy ireo? (Jereo Môrmôna 1:13–18. Mariho fa ireo "mpianatra malala" izay nesorina dia ireo mpianatra Nefita telo izay naniry ny hijanona eto an-tany mandra-pahatongan' ny Fiavian' ny Tompo Fanindroany; jereo 3 Nefia 28:1–9). Inona no famoizana mety hanjo antsika rehefa manamafy ny fontsika amin' ny Tompo sy ny Mpanompony isika?

**2. Tonga mpitarika ny miaramila Nefita i Môrmôna. Nijaly ny Nefita nandritra ny ady noho ny faharatsian' izy ireo.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Môrmôna 2; 3:1–16.

- Inona ireo toe-piainana nisy teo amin' ny fiarahamonina Nefita nandritra ny androm-pahaveloman' i Môrmôna? (Jereo Môrmôna 1:19; 2:1, 8, 10, 18.) Ahoana no nahatanteraka ny tenin' ireo mpaminany fahiny tao amin' ireo toe-piainana ireo? (Jereo Môrmôna 1:19; Môsià 12:4–8; Helamàna 13:5–10.) Na dia miaina tahaka an' i Môrmôna ao amin' ny fotoan' ny faharatsiana be aza isika, dia inona no azontsika atao mba hitanantsika ny finoantsika sy ny fahamarinantsika samirery? (Mety ho tafiditra ho isan' ny valinteny ohatra izay hita ao amin' ny Almà 17:2–3; Helamàna 3:35; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:45–46.)
- Nahoana no nifaly i Môrmôna nony nahita ny vahoaka nitoloko? (Jereo Môrmôna 2:10–12.) Nahoana no zava-poana ny fifaliany? (Jereo Môrmôna

2:13–14.) Inona no maha samy hafa ny “alahelo . . . ho amin’ ny fibebahana” sy “ny alahelon’ ny voaozona?” (Jereo koa 2 Korintiana 7:9–10.)

- Inona no hevitry ny hoe: “manatona an’ i Jesoa amin’ ny fo torotoro sy ny fanahy manenina”? (Môrmôna 2:14; jereo koa 3 Nefia 9:20; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:8).
- Inona no nanome fanantenana sy fiadanana an’ i Môrmôna rehefa hitany ny faharatsian’ ny vahoakany? (Jereo Môrmôna 2:19.) Ahoana no ahafahantsika mitahiry fanantenana sy fiadanana ankehitriny eo anivon’ ny faharatsian’ izao tontolo izao?
- Nolazain’ i Môrmôna fa rehefa nandresy ny Lamanita tamin’ ny ady ny olony, “dia tsy tsapany fa ny Tompo no efa nitsimbina azy” (Môrmôna 3:3). Nahoana no zava-dehibe ny iekentsika fa avy amin’ ny Tompo ny fitahiana raisintsika? (Jereo Môrmôna 3:9.)
- Taorian’ ny fitarihana ny miaramila Nefita nandritra ny 30 taona mahery dia nolavin’ i Môrmôna ny hitarika azy noho ny faharatsiany sy ny faniriany hitady valifaty (Môrmôna 3:9–13). Efa nodidian’ ny Tompo izy ireo tsy hitady valifaty ary nambarany fa “Ahy ny famaliana” (Môrmôna 3:14–15). Inona no vokany rehefa mitady valifaty ny olona? Ahoana no mety handresentsika ny filana valifaty rehefa teraka ao am-pontsika izany?
- Inona no azontsika ianarana amin’ i Môrmôna momba ny fitondrana ny olona izay mafy fo? (Jereo Môrmôna 3:12.) Ahoana no ahafahantsika mampitombo bebe kokoa ny fitiavantsika ny olona toy izany? Nahoana no zava-dehibe ny tsy mitsahatra ny mivavaka ho an’ ny olona mafy fo?

**3. Nohazavain’ i Môrmôna ny zava-kinendry amin’ ny rakitsoratra nofintininy sy nosoratany.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin’ ny Môrmôna 3:17–22; 5:8–24. Mariho fa taorian’ ny nandavan’ i Môrmôna ny hitarika ny miaramila Nefita dia nilaza izy fa “Hijoro toy ny vavolombelona,” mirakitra an-tsoratra ny fisehoan-javatra izay nitranga teo anivon’ ny Nefita (Môrmôna 3:16). Miresaka mivantana amin’ ireo izay kinendrin’ ny rakitsoratra i Môrmôna amin’ ireo andininy ireo.

- Natao ho an’ iza ny rakitsoratr’ i Môrmôna? (Jereo Môrmôna 3:17–19; 5:9–10, 14. Soraty eo amin’ ny solaitrabe ny valintenin’ ny mpianatra.)
- Inona ny antony nitanana sy nitehirizana ny rakitsoratra? (Jereo Môrmôna 3:20–22; 5:14–15. Mety ho tafiditra ao anatin’ ny valiny izao fitanisana manaraka izao.) Ahoana no nanampian’ ny asa soratr’ i Môrmôna ny fanatanterahana ireo tanjona ireo teo amin’ ny fiainanao?

  a. ”Mba hahafantaranareo fa tsy maintsy mijoro eo anoloan’ ny toeram-pitsaran’ i Kristy avokoa ianareo . . . mba hotsaraina araka ny asanareo” (Môrmôna 3:20).
  b. ”Mba hinoanareo ny filazantsaran’ i Jesoa Kristy” (Môrmôna 3:21; jereo koa Môrmôna 5:15).
  d. Mba hisy vavolombelona “fa i Jesoa no tena Kristy sy tena Andriamanitra” (Môrmôna 3:21; jereo koa Môrmôna 5:14).

e. "Ny hahafahako mandresy lahatra anareo rehetra faran' ny tany mba hibebaka" (Môrmôna 3:22).

**4. Voavono tamin' ny ady farany avokoa ny Nefita afa-tsy 24.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Môrmôna 4; 5:1–7; 6; Môrônia 9.

- Tamin' ny fanamarihana nataon' i Môrmôna momba ny fahavoazan' ny Nefita noho ny nafitsoky Lamanita dia nohazavainy fa "amin' ny alalan' ny olon-dratsy no amaizana ny olon-dratsy" (Môrmôna 4:5). Inona no heverinao ho hevitr' izany? Ahoana no heverinao ho fitrangan' izany ankehitriny eo amin' izao tontolo izao?
- Ahoana no fihetseham-pon' i Môrmôna fony izy nanaiky ny hitarika indray ny miaramila? (Jereo Môrmôna 5:2.) Inona no heverin' i Môrmôna fa mety hitondra ny Nefita ho amin' ny fandresena eo amin' ny ady? Ahoana no maha samy hafa izany amin' ny finoan' ny Nefita mikasika ny fomba mety hahatonga azy ireo handresy? (Jereo Môrmôna 5:1.)
- Nahoana no nalain' i Môrmôna avy tao amin' ny havoanan' i Sima ireo takelaka? (Jereo Môrmôna 4:23; jereo koa Môrmôna 1:3–4.) Nahoana izy no nanafina izany tao amin' ny havoanan' i Komôrà? (Jereo Môrmôna 6:6.) Nahoana no zava-dehibe ny mitsimbina ireo takelaka?
- Inona ny vokatry ny ady farany teo Komôrà? (Jereo Môrmôna 6:7–15.)

Asehoy ny sarin' i Môrmôna manao veloma ny firenena Nefita ary asaovy vakian' ny mpianatra mafy ny Môrmôna 6:16–22.

- Taorian' ny ady teo Komôra dia nohazain' ny Lamanita ireo Nefita 24 sisa niangana ary novonoiny avokoa ireo afa-tsy i Môrônia (Môrmôna 8:2–3). Fongana tanteraka araka izany ny firenena Nefita. Nahoana no nianjady tamin' ny Nefita ny "antambo lehibe" toy izany? (Jereo Môrmôna 1:13, 16; 2:26–27; 3:2–3; 4:12; 5:2, 16–19; Môrônia 9:3–5, 18–20.)
- Isika koa dia miaina eo anivon' ny faharatsiana be. Ahoana no mety hampisy lanjany ny fahamarinan' ny tsirairay eo anivon' ny fiarahamonina tsy misy fahamarinana?

  Nampitandrina ny loholona Neal A. Maxwell hoe: "Fiovam-penitra sy fifehezan-tena ataon' ny fitondram-panjakana sy ny tsirairay no hany afaka manarina ny firenena! Olona ampy sady mahatohitra ny fahotana ihany no afaka manova ny fiainana isan' andro. Amin' ny maha-mpikambana antsika ao amin' ny fiangonana dia tokony ho tafiditra ho isan' izany setrin-kolontsaina mahatohitra ny fahotana izany isika" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1993, 96; na *Ensign,* May 1993, 77).

---

Famaranana

Antitrantero fa nofongorana ny fiarahamonina Nefita noho ny faharatsiana lehibe. Na dia miaina ao amin' ny fotoan' ny faharatsiana lehibe koa aza isika dia tsy tokony ho tafiditra ao anatin' izany. Ny fanarahana ny ohatry ny fifotorana sy ny finoan' i Môrmôna mbamin' ny fandinihana ny rakitsoratra izay notehiriziny fatratra tokoa dia ahafahantsika manohitra ny fitaoman-dratsy amin' ny androntsika ary manome ny ohatry ny herim-po sy ny fanantenana ho an' ny hafa.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona..

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Ireto fitaovana manaraka ireto dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao raha tianao ny mampiasa ireto hevitra ireto ao anatin' ny lesona.

**1. Tanora mandala fahamarinana**

- Firy taona i Môrmôna fony i Amarôna nanankina taminy ny rakitsoratra? (Jereo Môrmôna 1:2–4.) Firy taona i Môrmôna fony izy nahita an' i Jesoa Kristy? (Jereo Môrmôna 1:15.) Mariho fa 14 taona i Joseph Smith raha nahita ny Ray sy ny Zanaka tamin' ny Fahitany Voalohany ary 21 taona izy raha nandray ny takelaka varahina tamin' ny anjely Môrônia.

Antitrantero fa tsy voafetran' ny taona sy ny toe-javatra hafa ny fahamarinana sy ny fahendrena. Ny Tompo dia hitahy ireo izay manompo Azy na firy taona izy na firy taona.

**2. Fifanakalozan-kevitra momba ny tanora**

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa nitoetra ho marina sy nahatoky i Môrmôna na dia mamohehatra aza ny olona nanodidina azy.

- Ahoana no ahafahantsika mitoetra ho mahatoky na dia eo aza ny fanerena avy amin' ny fiarahamonina tsy mandala fahamarinana? Inona no tombon-tsoa amin' ny fanaovana izany?
- Ahoana no ahafahantsika manampy ireo manodidina antsika izay tsy miaina araka ny filazantsara? Ahoana no nifampitondran' i Môrmôna tamin' ireo nanodidina azy izay tsy marina? (Jereo ohatra Môrmôna 3:12.) Ahoana no ahafahantsika mifandray amim-pitiavana sy amin' ny firahalahiana kanefa tsy voasarika any amin' ny toe-javatra izay hampahita loza ny toe-piainantsika?

# “Miteny aminareo aho miova tsy ny eo ianareo”

Lesona
# 44

*Môrmôna 7–9*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny fampitandremana sy ny anatranatra nomen’ i Môrmôna sy i Morônia ho an’ ny olona miaina amin’ ny andro farany.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:

   a. Môrmôna 7. Mamporisika ny taminganʼ i Lehia amin’ ny andro farany i Môrmôna mba hibebaka, hino an’ i Kristy ary hatao batisa.
   b. Môrmôna 8. Naminany i Morônia fa hivoaka amin’ ny andron’ ny faharatsiana lehibe ny Bokin’ i Môrmôna.
   d. Môrmôna 9. Miantso ny olona amin’ ny andro farany hino an’ i Kristy i Morônia. Nambarany fa ny Tompo dia Andriamanitry ny fahagagana.

2. Vakiteny hafa: Rakibolan’ ny Baiboly, “Fahagagana”, 00; ny takila misy ny lohatenin’ ny boky ao amin’ ny Bokin’ i Môrmôna.

3. Azonao atao raha tianao ny miresaka mialoha amina mpianatra efatra, ka hiangavy ny tsirairay aminy hiomana mba hamaky mafy ireto andalan-tsoratra manaraka ireto: 2 Nefia 28:2–6; Môrmôna 9:7; Joseph Smith—Histoire 1:17–19, 21–22; ary ny Fanekem-pinoana 1:7.

4. Raha mampiasa fisarihana ny saina ianao, dia soraty eo amin’ ny solaitrabe ireto fehezanteny manaraka ireto mialohan’ ny hanombohana ny lesona:

   *“Miteny aminareo aho miova tsy eto ianareo, ary tsy eto anefa ianareo.”*

   *“Efa nasehon’ i Jesoa Kristy ahy ianareo, ary fantatro ny ataonareo.”*

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fisarihana ny saina manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Hazavao fa mazàna dia mampiasa tantara, zavatra mifandraika amin’ ny lesona na fanontaniana mahaliana ny mpampianatra eo am-panombohana ny lesona mba hisarihana ny sain’ ny olona. Rehefa izany dia ivereno ireo fehezanteny izay efa nosoratanao eo amin’ ny solaitrabe (jereo “Fanomanana,” andininy 4).

- Nahoana no tokony hisarika ny saintsika ireo fehezanteny ireo? (Sahabo ho 400 taona taorian’ i Jesoa Kristy izao no efa nanoratan’ i Morônia ireo fehezanteny ireo izay nitenenany mivantana tamintsika. Jereo Môrmôna 8:35.)

Mariho fa ny fampianarana rehetra ao amin’ ny Môrmôna 7–9 dia mikasika ny olona miaina amin’ ny andro farany. Ny Môrmôna 7 dia anatranatra manokana ho an’ ny taranak’ i Lehia amin’ ny andro farany ary ny Môrmôna 8–9 dia mirakitra anatranatra ho an’ ny olon-drehetra amin’ ny andro farany.

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ny soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny npianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Namporisika ny taranak' i Lehia amin' ny andro farany i Môrmôna mba hibebaka, hino an' i Kristy ary hatao batisa.**

Vakio sy hadihadio ny Môrmôna 7, izay mirakitra ny tenin' i Môrmôna ho an' ny tamingan' i Lehia amin' ny andro farany. Azonao atao raha tianao ny manazava fa ny tamingan' i Lehia amin' ny andro farany dia hita any anivon' ny mponin' i Amerika Avaratra, Afovoany ary Atsimo sy any amin' ireo nosin' ny Pasifika.

- Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Môrmôna 7:2. Mariho fa ireo ny teny voalohany nataon' i Môrmôna ho an' ny taranak' i Lehia amin' ny andro farany ao amin' io fara hafatra io. Nahoana no zava-dehibe ho an' ny tamingan' i Lehia ny mahafantatra fa "avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely" izy? Inona ireo fitahiana efa nampanantenan' ny Tompo ho an' ireo olona marina ao amin' ny mpianakavin' i Isiraely? (Jereo Abrahama 2:8–11.)
- Inona ny toromarika nomen' i Môrmôna ny tamingan' i Lehia amin' ny andro farany? (Jereo Môrmôna 7:3–10 sy ny lisitra manaraka etoana. Ahitana fanontaniana ny andalan-tsoratra sasany mba hamporisika ny fifanakalozan-kevitra)

  a. Mibebaka, atao batisa, mandray ny Fanahy Masina (Môrmôna 7:3, 5, 8, 10).
  b. Mametraka ny fitaovam-piadiana raha tsy Andriamanitra no mandidy ny handraisana izany (Môrmôna 7:4).
  d. Tonga amin' ny fahalalana ny razany (Môrmôna 7:5). Nahoana no zava-dehibe ho an' ny tamingan' i Lehia amin' ny andro farany ny manana fahalalana ny razany? (Jereo Môrmôna 7:9 ary ny takila manaraka ny lohatenim-boky ao amin' ny Bokin' i Môrmôna.) Ahoana no mety ahitan' ny rehetra tombon-tsoa amin' ny fahalalana ny asan' Andriamanitra eo anivon' ny razantsika?
  e. Mino an' i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany (Môrmôna 7:5–7, 10).
  f. Mandinika ny filazantsara ao amin' ny Baiboly sy ny Bokin' i Môrmôna? (Môrmôna 7:8–9). Ahoana no anampian' ny Bokin' i Môrmôna ny olona hino ny Baiboly? (Jereo Môrmôna 7:9; jereo koa 1 Nefia 13:38–40; 2 Nefia 3:11–12.)

- Efa nilaza ny Tompo amin' izao fotoanandro izao fa "ny Lamanita dia hamony tahaka ny raozy" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49:24). Ahoana no ahatanterahan' io faminaniana io ankehitriny?

**2. Naminany i Môrônia fa hivoaka amin' ny andron' ny faharatsiana lehibe ny Bokin' i Mômôna.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Mômôna 8. Hazavao fa io toko io dia mirakitra ny asa soratra voalohany an' i Moronia taorian' ny fahafatesan' i Mômôna rainy.

- Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Môrmôna 8:1–5. Inona ny fihetseham-po tsapanao fa tao amin' i Môrônia raha mamaky ireo teny ireo ianao? Inona ny lesona azontsika tsoahina amin' ny fahazotoan' i Môrônia na dia nanirery tokoa aza izy?

- Naminany ny amin' i Joseph Smith i Môrônia, nanao hoe: "Hotahiana anie izay hitondra ity zavatra ity [ny Bokin' i Môrmôna] ho amin' ny mazava" (Môrmôna 8:16; jereo koa ireo andininy 14–15). Inona no anjara asa notanan' i Môrônia tamin' ny famoahan' i Joseph Smith ny Bokin' i Môrmôna "avy ao amin' ny maizina"? (jereo Môrmôna 8:14; Joseph Smith—Histoire 1:30–35, 46, 59.) Inona no azontsika atao mba hitohizan' ny fitondrana ny Bokin' i Môrmôna "Avy ao amin' ny maizina ho amin' ny mazava"?

  Hoy ny filoha Ezra Taft Benson: "Izaho dia midera anareo Olomasina mahatoky izay niezaka ny hanafotra ny tany sy ny fiainanareo amin' ny Bokin' i Môrmôna. Tsy vitan' ny hoe tsy maintsy manaparitaka Bokin' i Môrmôna tsy tambo isaina fotsiny isika fa tsy maintsy sahy koa isika mampiditra bebe kokoa ny hafany mahatalanjona eo amin' ny fiainantsika manokana sy maneran-tany" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1989, 3; na *Ensign,* May 1989, 4).

- Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Môrmôna 8:21–22. Ahoana no ahafahan' ny tenin' i Môrônia ao amin' ny Môrmôna 8:22 mampahery antsika rehefa miasa ho tombon-tsoan' ny Tompo isika?

- Inona no naminanian'i Môrônia fa ho toe-piainana eo amin' izao tontolo izao rehefa hivoaka ny Bokin' i Môrmôna? (Asaovy mifandimby ny mpianatra mamaky ireo andininy ao amin' ny Môrmôna 8:26–33. Rehefa mamaky izy ireo dia iangavio hamakafaka ny fomba mampibaribary ny toe-piainana voalazalaza ao amin' ireo andininy ireo ankehitriny). Nahoana no hain' i Môrônia ny naminany mazava tsara ny momba ny andro farany? (Jereo Môrmôna 8:34–35.)

- Nilaza i Môrônia fa hiteny amintsika amin' ny andro farany, "miova tsy ny eo [isika]" (Môrmôna 8:35). Rehefa izany dia hoy izy: "fantatro fa mandeha ao amin' ny avonavon' ny fonareo ianareo" (Môrmôna 8:36). Inona no nolazain' i Môrônia momba ny avonavona amin' ny andro farany? (Jereo Môrmôna 8:36–41.)

- Ahoana no fiantraikan' ny avonavona eo amin' ny toetry ny olona manoloana ireo sahirana? (Jereo Môrmôna 8:37, 39.)

- Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Môrmôna 8:38. Nahoana no mety ho "menatra ny hitondra eo aminy ny anaran' i Kristy" ny olona sasany? Nahoana no mety hanampy antsika ny mahatsiaro fa manan-danja bebe kokoa ny "fahasambarana tsisy farany" noho ny "Fideran' izao tontolo izao"?

- Inona no tokony hasetrintsika ny faminanian' i Môrônia momba ny avonavona?

  Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson:

  "Ny fanefitry ny fiavonavonana dia ny fanetrentena—fahalemem-panahy, fanoavana (jereo Alma 7:23). Ny fo torotoro sy ny fanahy manenina (jereo 3 Nefia 9:20; 12:19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37; 59:8; Salamo 34:18; Isaia 57:15; 66:2). . . .

  "Hanana vahoaka manetry tena Andriamanitra. Afaka mifidy ny hanetry tena isika na azo terena isika hanetry teny. . . .

"Aoka isika hifidy ny hanetry tena" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1989, 6; na *Ensign,* May 1989, 6).

**3. Mamporisika ny olona amin' ny andro farany hino an' i Kristy i Môrônia.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Môrmôna 9.

- Ny Môrmôna 9 dia manomboka amin' ny tenin' i Môrônia ho an' ny olona amin' ny andro farany izay tsy mino an' i Kristy (Môrmôna 9:1). Nahoana no "fadiranovana kokoa" ny olona toy izany raha hiara-hitoetra amin' Andriamanitra toy izay hiara-hitoetra amin' ny fanahin' ny vahoaka ao amin' ny helo"? (Jereo Môrmôna 9:3–5.) Inona no ampianarin' ny Môrmôna 9:6 momba izay tsy maintsy ataontsika mba hahafahantsika mitoetra eo anatrehan' Andriamanitra? (Jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:45.)
- Iangavio ny mpianatra efatra hamaky ireto andalan-tsoratra manaraka ireto: 2 Nefia 28:2–6; Môrmôna 9:7; Joseph Smith—Histoire 1:17–19, 21–22; ary ny Fanekem-pinoana 1:7 (jereo "Fanomanana," andininy 3). Ahoana no ifandraisan' ireo andalana efatra ireo? Inona no nolazain' i Môrônia ny olona izay tsy nino ireo fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy? (Jereo Môrmôna 9:8–10.)
- Tamin' ireo izay mino fa tsy manao fahagagana intsony Andriamanitra dia hoy i Môrônia, "Hasehoko anareo ny Andriamanitry ny fahagagana" (Môrmôna 9:11). Inona no nampianariny mba hanehoana fa ny Tompo dia Andriamanitry ny Fahagagana? (Jereo Môrmôna 9:11–17, izay voasoritsoritra eo amin' ny takila manaraka. Mariho fa ireo fotopampianarana ireo dia mamintina ny drafitry ny fanavotana.)

  a. Ny fahariana ny lanitra, ny tany ary ny olombelona (Môrmôna 9:11–12, 17).
  b. Ny fahalavoana (Môrmôna 9:12).
  d. Fanavotana amin' ny alalan' i Jesoa Kristy (Môrmôna 9:12–13).
  e. Ny fitsanganan' ny olona rehetra amin' ny maty (Môrmôna 9:13).
  f. Ny fiverenan' ny olona rehetra eo anatrehan' ny Tompo mba hotsaraina (Môrmôna 9:13–14).

- Nasian' i Môrônia resaka ireo fahagagana mahery maro nataon' i Jesoa sy ny Apôstôliny (Môrmôna 9:18). Inona ireo fahagagana vitsivitsy nataon' i Jesoa sy ny mpaminaniny ka nampientana anao?
- Inona no nahatonga ny fahagagana hitsahatra ho an' ny olona sasany? (Jereo Môrmôna 9:20.) Inona no famantarana hanaraka ireo izay mino an' i Kristy? (Jereo Môrmôna 9:21–25.)
- Raha misy olona miteny aminao fa tsy Andriamanitry ny fahagagana ny Tompo dia ahoana no havalinao? Inona no zavatra nodiavinao ka mety ny hizaranao azy mba hijoroana ho vavolombelona fa ny Tompo dia Andriamanitry ny fahagagana?
- Nanainga antsika i Môrônia "tsy hiroanahana fa hino kosa" (Môrmôna 9:27). Tamin' izao fotoanandro izao no nanambaran' i Joseph Smith Mpaminany fa, "Eo amin' izay misy firoanahana dia tsy misy ny finoana" (*Lectures on Faith* [1985], 46). Inona no azontsika atao handresentsika ny firoanahantsika?

  Nampianatra i Joseph Smith hoe: "Ireo izay mahalala ny fahalemeny sy ny firaihany hanota dia ho niroanahana lalandava ny amin' ny fanavotana raha tsy teo ny hevitra izay nananany ny amin' ny maha-fanaperana an'

> Andriamanitra, fa Izy dia malain-ko tezitra sy mahari-po ary mpamela heloka, ka mamela ny heloka, ny fandikan-dalana ary ny fahotana. Ny fiheverana ireo zavatra ireo dia manaisotra ny firoanahana ary mahatonga ny finoana ho mahery izaitsizy tokoa" (*Lectures on Faith,* 42).

---

Famaranana

Raha mbola tsy nampanao izany ianao, dia asaovy vakian' ny mpianatra ny Môrmôna 9:27. Mariho fa na dia nampitandrina ny amin' ny famalian' Andriamanitra aza i Môrônia, dia nijoroany ho vavolombelona koa ny maha-"Andriamanitry ny fahagagana," ny Tompo izay ny sorompanavotany no manatanteraka "ny fanavotana ny olombelona" (Môrmôna 9:11–12).

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

Lesona
# 45 "Na oviana na oviana ny olona dia tsy nino Ahy toy ny ninoanao"

*Etera 1–6*

---

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny fomba ahafahan' ny finoana mampitoetra antsika mandrakizay eo anatrehan' ny Tompo avy amin' ny ohatra nasehon' ny rahalahin' i Jareda.

---

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Etera 1. Notovin' ny Tompo ny fangatahan' ny rahalahin' i Jareda ary nampanantenainy ny hitarika ny Jaredita ho any amin' ny tany nampanantenaina.
   b. Etera 2. Nanomboka ny diany ho any amin' ny tany nampanantenaina ny Jaredita.
   d. Etera 3. Nahita an' i Jesoa Kristy ny rahalahin' i Jareda.
   e. Etera 4. Nofehezen' i Môrônia ny asa soratry ny rahalahin' i Jareda ambarapibebaky ny Jentilisa ary hampiharany finoana.
   f. Etera 6:1–12. Nandeha nankany amin' ny tany nampanantenaina ny Jaredita ary nony tonga izy ireo dia nidera ny Tompo noho ny habetsahan' ny indrafony taminy.
2. Vakiteny hafa: Genesisy 11:1–9; Môsià 8:7–11.
3. Raha misy ilay sary: "Nahita ny ratsantanan' ny Tompo ny Rahalahin' i Jareda", dia miomana hampiseho izany mandritra ny lesona (62478; Gospel Art Picture Kit 318).

---

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fisarihana ny saina manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Ifampizarao amin' ny mpianatra izao tantara manaraka izao:

"Raha mbola nonina tao Kirtland ny loholana Reynolds Cahoon dia niteraka ny zanany lahy. Indray andro raha nandalo ny varavarany ny Filoha Joseph Smith dia nantsoiny ny mpaminany hiditra ary nangatahiny izy hitahy sy hanome anarana ny zaza. Nanao izany i Joseph ary nanome ny anaran' i Mahonri Moriancumer ny zaza. Nony efa namarana ny tsodrano izy dia nametraka ny zaza teo am-pandriana ary nitodika tany amin' ny loholona Cahoon sy nanao hoe, 'Ny anarana izay efa nomeko ny zanakao lahy dia ny anaran' ny rahalahin' i Jareda; vao avy naseho na [nambaran' ny] Tompo ahy izany. Nandre ny Mpaminany nanao io resaka io tamin-drainy. . .ny loholona William F. Cahoon; ary izany no nahafantarana voalohany ny anaran' ny rahalahin' i Jareda tao amin' ny Fiangonana amin' ity fotoanandro ity" (George Reynolds, "The Jaredites," *Juvenile Instructor,* 1 May 1892, 282).

Hazavao fa ity lesona ity dia manadihady ny momba an' i Mahonri Moriancumer, rahalahin' i Jareda izay nilazan' ny Tompo hoe: "Na oviana na oviana ny olona dia tsy nino Ahy toy ny ninoanao" (Etera 3:15). Noho ny finoany dia notahiana ny hananan' ny Jaredita ny fiteniny voatsimbina taorian' ny tilikambon' i Babela ary azo antoka ny fitarihana azy ireo hankany amin' ny tany nampanantenaina. Afaka mampitombo ny fahatakarantsika ny halehibe sy ny herin' ny finoana ny ohatra nasehony.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana, ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Notovin' ny Tompo ny fangatahan' ny rahalahin' i Jareda.**

Hadihadio ny Etera 1. Asaovy vakian' ny mpianatra mafy ireo andininy voafantina. Hazavao fa i Etera mpaminany no nanoratra ny rakitsoratry ny Jaredita izay nandao an' i Babilôna fony nanorokoro ny fitenin' ny olona izay niezaka ny hanangana ny tilikambon' i Babela ny Tompo. (Etera 1:33–43; jereo koa Genesisy 11:1–9). Etera dia nanoratra ity rakitsoratra ity teo amin' ny takelaka volamena 24 izay hitan' ny olon' i Limia tatỳ aoriana (Môsià 8:7–11). Mirakitra ny famintinan' i Môrônia ny rakitsoratr' i Etera ny Bokin' i Etera.

- Rehefa naely ny olona ary nokorokoroana ny fiteniny dia nangatahin' i Jareda ny rahalahiny handeha ho any amin' ny Tompo. Karazan' olona toa inona ny rahalahin' i Jareda? (Jereo Etera 1:34.)
- Ho setrin' ny fiangaviana avy tamin' i Jareda dia "nitalaho tamin' ny Tompo" ny rahalahin' i Jareda (Etera 1:34–39). Inona no maha samy hafa ny "Mitalaho amin' ny Tompo" sy ny manonona vavaka fotsiny? Inona no azontsika atao mba hahatonga ny fivavatsika hahomby kokoa? (Jereo Almà 34:17–28.)
- Isaky ny mivavaka ny rahalahin' i Jareda dia "nanana fangorahana" azy sy ny olony ny Tompo (Etera 1:35, 37, 40). Ahoana no efa nahatsapanao ny fangorahan' ny Tompo ho anao setrin' ny fivavakao?
- Inona ny fiomanana nolazain' ny Tompo mba hataon' ny olona? (Jereo Etera 1:41–42.) Inona ny antony nampanantenain' ny Tompo fa ho tarihina ny Jaredita hankany amin' ny tany iray nampanantenaina? (Jereo Etera 1:43. Mariho ny tenin' ny Tompo: "ity fotoana lava ity izay efa nitalahoanao Tamiko.") Inona no azontsika tsoahiana amin' io ohatra io momba ny herin' ny vavaka?

**2. Nanomboka ny diany nankany amin' ny tany nampanantenaina ny Jaredita.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Etera 2.

- Nampanantenain' ny Tompo ny hitarika ny Jaredita ho any amin' ny "tany nampanantenaina izay nofinidy tambonin' ny tany hafa rehetra" (Etera 2:7). Ho an' iza no efa nitehirizan' ny Tompo ity tany ity? (Jereo Etera 2:7.) Inona no fampitandremana nomen' ny Tompo ny rahalahin' i Jareda momba ny tany nampanantenaina? (Jereo Etera 2:8.)

- Inona no nolazain' i Môrônia momba ny didin' Andriamanitra mikasika ny tany nampanantenaina? (Jereo Etera 2:9–12. Mariho fa ny fampitandremana sy ny fampanantenana dia natao ho an' ny olon-drehetra izay honina any Amerika fa tsy ho an' ny Jaredita fotsiny).

- Rehefa tonga teo amoron-dranomasina ny Jaredita dia nanangana ny lainy ary nitoetra teo nandritra ny efa-taona (Etera 2:13). Tamin' ny fiafaran' ny efa-taona dia niresaka tamin' ny rahalahin' i Jareda ny Tompo. Nahoana no nandevilevy azy ny Tompo? (Jereo Etera 2:14.) Nahoana no mety ho tsy raharahiantsika indraindray ny miantso ny Tompo?

- Nibebaka ny rahalahin' i Jareda ary nanomboka namboatra sambofiara hiampitana ny ranomasina (Etera 2:15–17). Inona ny olana tojo ny rahalahin' i Jareda taorian' ny nahavitana ireo sambofiara? (Jereo Etera 2:19.) Inona no natoron' ny Tompo ny rahalahin' i Jareda mba hananany rivotra hofohana ao anatin' ny sambofiara? (Jereo Etera 2:20.)

- Inona no valintenin' ny Tompo rehefa nanontany ny fomba hanazavana ny ao anaty sambofiara ny rahalahin' i Jareda? (Jereo Etera 2:23–25.) Inona no azontsika tsoahina amin' ny valintenin' ny Tompo? (Jereo ny lahateny eo ambany). Nahoana no zava-dehibe ny hanaovantsika izay rehetra azontsika atao ankoatra ny fangatahina ny fanampian' ny Tompo?

  Nilaza ny loholona Russell M. Nelson fa efa reny matetika ny Filoha Gordon B. Hinckley niteny hoe: "Tsy mahalala fomba hafa hahavitan-javatra aho afa-tsy ny fandohalihana sy ny fitalahoana fanampiana ary ny fijoroana amin' ny tongotra avy eo sy ny fandehanana miasa" (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1997, 18; na *Ensign,* Nov. 1997, 16).

- Nanampy ny rahalahin' i Jareda hivoatra ahoana araka ny hevitrao ny olana momba ny fanazavana ny ao anaty sambofiara? Ahoana no mety hanampian' ny olana antsika eo amin' ny fiainantsika?

**3. Nahita an' i Jesoa Kristy ny rahalahin' i Jareda.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Etera 3.

- Ahoana no nandrosoan' ny rahalahin' i Jareda hevitra hamahana ny olana momba ny fanazavana ny ao anaty sambofiara? (Jereo Etera 3:1–5.) Ahoana no nanehoan' izany ny fanetrentenany sy ny finoany? (Azonao atao raha tianao ny hampitady ny mpianatra ireo teny na fehezanteny notenenin' ny rahalahin' i Jareda ka maneho ny fenetrentenany sy ny finoany.)

- Rehefa avy namarana ny fitenenany ny rahalahin' i Jareda dia nokasihin' ny Tompo tsirairay tamin' ny rantsan-tanany ireo vato (Etera 3:6). Nahoana no natahotra fatratra ny rahalahin' i Jareda nony nahita ny rantsan-tanan' ny Tompo? (Jereo Etera 3:6–8. Raha mampiasa ny sarin' ny rahalahin' i Jareda mahita ny rantsan-tanan' ny Tompo ianao, dia asehoy izany izao.) Inona no nolazain' ny Tompo momba ny finoan' ny rahalahin' i Jareda? (Jereo Etera 3:9.)

- Inona ny fanontaniana nataon' ny Tompo talohan' ny nanehoany ny Tenany tamin' ny rahalahin' i Jareda? (Jereo Etera 3:11.) Ahoana no nanehoan' ny valintenin' ny rahalahin' i Jareda ny halalin' ny finoany? (Jereo Etera 3:12. Nekeny ny tenin' ny Tompo na dia talohan' ny nandrenesany izany aza). Inona no azontsika atao hanarahana ny ohatra nasehony?

- Ahoana no nilazalazan' ny Tompo ny Tenany tamin' ny rahalahin' i Jareda? (Jereo Etera 3:13–14. Azonao atao raha tianao ny hampamaky mafy ireo andininy ireo.) Inona no nilain' ny rahalahin' i Jareda mba hiatrehana ny Tompo? Inona no ilaintsika mba ho eo anatrehan' ny Tompo mandrakizay isika?
- Inona no nasehon' ny Tompo ny rahalahin' i Jareda? (Jereo Etera 3:15–18, 25–26.) Inona no natoron' ny Tompo hataon' ny rahalahin' i Jareda rehefa avy nahita ireo zavatra ireo izy? (Jereo Etera 3:21–24, 27–28; 4:1.)

**4. Nofehezin' i Môrônia ny asa soratry ny rahalahin' i Jareda.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Etera 4.

- Ahoana no fitantaran' i Môrônia ny fahitana azon' ny rahalahin' i Jareda? (Jereo Etera 4:4.) Inona no nandidian' ny Tompo an' i Môrônia hatao momba ny rakitsoratry ny rahalahin' i Jareda sy ireo fandikana? (Jereo Etera 4:3, 5.) Rahoviana no mety hahazoantsika ireo rakitsoratra ireo? (Jereo Etera 4:6–7. Mety hahazo azy ireo isika rehefa manana finoana lehibe tahaka ny an' ny rahalahin' i Jareda ary mihamasina.)
- Inona no nampianarin' ny Tompo momba ireo izay mandà ny teniny amin' ny andro farany? (Jereo Etera 4:8, 10, 12.) Inona ny fitahiana hirotsaka amin' ireo izay mino ny tenin' ny Tompo? (Jereo Etera 4:11.) Amin' ny fomba ahoana no anampian' ny Fanahy Masina anao hahalala fa ny tenin' ny Tompo dia marina?
- Nanainga ny Jentilisa sy ny mpianakavin' i Isiraely ny Tompo hanatona Azy ary handray fitahiana lehibe sy fahalalana (Etera 4:13–14). Inona no nolazainy fa tsy maintsy ataontsika mba hanatonana Azy? (Jereo Etera 4:15, 18.) Inona ny fitahiana nampanantenaina an' ireo izay manao ireo zavatra ireo? (Jereo Etera 4:15–19.)

**5. Nandeha nankany amin' ny tany nampanantenaina ny Jaredita.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Etera 6:1–12. Hazavao fa ireo andininy ireo dia manohy ny rakitsoratry ny Jaredita fony izy ireo nandeha nankany amin' ny tany nampanantenaina. Hadihadio ny fomba ahazoana mampitovy ny dian' ny Jaredita nankamin' ny tany nampanantenaina amin' ny diantsika mamakivaky ny fiainana.

- Nataon' ny Tompo izay "hamirapiratan' ny vato tao amin' ny sambofiara, tao amin' ny haizina, mba hanome hazavana ho an' ny lehilahy, ny vehivavy, ny ankizy" (Etera 6:3). Inona ireo "hazavana" efa nomanin' ny Tompo ho antsika amin' ny fandehanantsika mamakivaky ny fiainana?
- Inona no nataon' ny Jaredita rehefa vitany avokoa izay azony nanomanana ny diany? (Jereo Etera 6:4. Nankininy tamin' ny Tompo ny tenany. Ahoana no ahafahantsika maneho fitokiana toy izanykoa amin' ny Tompo?
- Rehefa nitsoka ny rivotra ary nandroso hatrany ny Jaredita dia inona no nataon' ny Jaredita andro aman' alina? (Jereo Etera 6:8–9.) Inona ireo fomba sasantsasany ahafahantsika midera ny Tompo?
- Inona no nataon' ny Jaredita nony efa tonga tany amin' ny tany nampanantenaina izy ireo? (Jereo Etera 6:12.) Amin' ny fomba ahoana no mety hitovizan' izany amin' ny fiverenantsika eo amin' ny Raintsika any an-danitra?

Famaranana

Vakio ity lahateny manaraka nataon' ny loholona Jeffrey R. Holland ity:

"Mety tsy dia nahatoky tena firy ny rahalahin' i Jareda, saingy ny finoany an' Andriamanitra dia tsy nanam-paharoa. Ao amin' izany no isian' ny fanantenana ho antsika rehetra. Tsy nisy fisalasalana na fetra ny finoany. Nibaribary tamin' ity indray mitoraka ity fa ny olona tsotra, manoloana ny olana tsotra dia afaka mandrovitra ny voalin' ny tsy finoana ary miditra ny fanjakan' ny mandrakizay" (*Christ and the New Covenant* [1997], 29).

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Izao fitaovana manaraka izao dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao raha tianao ny mampiasa ity hevitra ity ao anatin' ny lesona.

**Fampianarana nalaina tao amin' ny Etera 5**

- Natao ho an' iza ny Etera 5? (I Joseph Smith.) Iza ireo vavolombelona telo voalazan' i Môrônia ao amin' ny Etera 5:3? ( Oliver Cowdery, i David Whitmer, ary i Martin Harris. Jereo ny Fanambaran' Ireo Vavolombelona Telo ao amin' ny takila fanolorana amin' ny Bokin' i Môrmôna.) Ahoana no nanampian' ny fanambaran' ireo Vavolombelona Telo anao hanamafy ny teny vavolombelonao momba ny Bokin' i Môrmôna?

# "Tanteraka amin' ny finoana ny zava-drehetra"

Lesona **46**

*Etera 7–15*

**Tanjona**

Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny lanjan' ny fampiharana ny finoana, ny fanetrentena ary ny fihainoana ny anatranatry ny mpaminany.

**Fanomanana**

Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:

a. Etera 12:1–22. Nanazava ny maha zava-dehibe ny finoana i Môrônia ary nanome ohatra ny amin' ny herin' ny finoana.
b. Etera 12:23–41. Nampianarin' ny Tompo i Môrônia fa omena fahalemena isika mba hahatonga antsika hanetry tena. Nanafatrafatra antsika i Môrônia mba "hikatsaka ity Jesoa ity izay efa nosoratan' ny mpaminany sy ny apôstôly ny Aminy."
d. Etera 13:1–12. Noraketin' i Môrônia an-tsoratra ny faminanian' i Etera momba ny tany nampanantenaina.
e. Etera 13:13–15:34. Noraketin' i Môrônia an-tsoratra ny fitantaran' i Etera ny amin' ny riba Jaredita.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fisarihana ny saina manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Asaovy vakian' ny mpianatra ny Môsià 8:8–9, 12, 19; 28:17–19.

- Inona no rakitsoratra lazaina etoana? (Ny rakitsoratry ny Jaredita izay nofintinin' i Môrônia ho bokin' i Etera.) Inona no vokatry ny fihainoana ity rakitsoratra ity teo amin' ny vahoakan' i Môsià? Nahoana araka ny hevitrao, no zava-dehibe ho antsika ny mamaky ity rakitsoratra ity?

Hazavao fa ity lesona ity dia manadihady ny tantaran' ny Jaredita hatramin' ny fahatongavany tao amin' ny tany nampanantenaina ka hatramin' ny faharavany tanteraka, taranaka maro tatỳ aoriana. Na dia mahatsiravina aza ny tantaran' ny famongorana azy, isika koa, tahaka ny vahoakan' i Môsià, dia afaka mifaly amin' ny fahalalana omen' ny rakitsoratra antsika.

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana, ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Nohazavain' i Môrônia ny maha zava-dehibe ny finoana.**

Hazavao fa taorian' ny fahatongavany teo amin' ny tany nampanantenaina, dia nanomboka "Nitombo isa sy nihanahery teo amin' ny tany" ny Jaredita (Etera 6:18). Rehefa nodimandry i Jareda sy ny rahalahiny dia notendrena ny mpanjaka iray hitarika ny vahoaka (Etera 6:21–30). Ny Etera 7–11 dia mirakitra ny fifandimbiasan' ireo mpanjaka marina sy mamohehatra, ny fiforonan' ny tsikombakomba miafina teo anivon' ny vahoaka ary ny fampianaran' ireo mpaminany izay nantsoina hitory ny fibebahana tamin' ny Jaredita (Jereo ireo hevitra voalohany sy faharoa ao amin' ny soso-kevitra hoenti-mampianatra hamakafakana bebe kokoa ny Etera 7–11). Manomboka amin' ny Etera 12 ny fitantarana ny fampianaran' i Etera izay anankiray tamin' ireo mpaminany ireo.

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Etera 12:1–22.

- Nanainga ny olona hino an' Andriamanitra i Etera ka nilaza fa "tanterahina amin' ny finoana ny zava-drehetra" (Etera 12:3). Ahoana no nilazalazan' i Etera an' ireo izay mino an' Andriamanitra? Ahoana no ahafahan' ny finoana sy ny fanantenana ho vatofantsika ho antsika? Inona ireo ohatra vitsivitsy izay mampiseho ny fomba itarihan' ny finoana ho amin' ny asa soa izay manome voninahitra an' Andriamanitra?

- Naminany zavatra "lehibe sy mahatalanjona" tamin' ny vahoaka i Etera, saingy tsy ninoany izy. Nahoana? (Jereo Etera 12:5.)

  Iangavio ny mpianatra hieritreritra izay nitahiana azy na ny olona hafa noho ny fanarahana ny torohevitra miendrika faminaniana na dia tsy nety ho "hitany" na azony aza ny antony nahatonga ilay torohevitra. Asao izy ireo hizara ny ohatra mifandraika amin' izany.

- Nanoratra i Môrônia fa tsy te hino ny faminanian' i Etera ny olona satria tsy nety ho hitany izany. Tamin' izany dia nofaritan' i Môrônia ny atao hoe finoana ary nanomezany ohatra izany. Ahoana no namaritany ny atao hoe finoana? (Jereo Etera 12:6; jereo koa Hebreo 11:1; Almà 32:21.) Inona no heverinao fa hevitry ny hoe "tsy mahazo fijoroana ho vavolombelona " isika raha tsy aorian' ny fizahan-toetra ny finoantsika? (Etera 12:6; jereo koa Etera 12:29–31; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:2–4). Tamin' ny fomba ahoana no efa nanatanjahana sy nampiorenan' ny fizahan-toetra ny finoanao?

- Notanisain' i Môrônia ireo zava-nitranga maro izay vokatry ny finoana. Inona ireo zava-nitranga notanisainy? (Jereo Etera 12:7–22. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny valintenin' ny mpianatra. Arosoy koa ny hevitra mba hanamarihan' ny mpianatra ny teny hoe *finoana* isaky ny mitranga izany amin' ireo andininy ireo.) Inona no ohatra hafa avy ao amin' ny soratra masina izay efa naneho taminao ny herin' ny finoana?

- Nampianatra i Joseph Smith Mpaminany hoe: "Raisintsika amin' ny alalan' ny finoana avokoa ny fitahiana ara-nofo raisintsika, ary dia toy izany koa no andraisantsika amin' ny alalan' ny finoana ny fitahiam-panahy rehetra izay raisintsika" (*Lectures on Faith* [1985], 3). Inona ireo fitahiana sasantsasany efa noraisinao noho ny finoana? (Azonao atao raha tianao ny miangavy ny mpianatra hisaintsaina mangina io fanontaniana io toy izay ny hilaza mafy ny valiny).

**2. Nampianatra an' i Môrônia ny Tompo fa Izy dia manome antsika fahalemena mba hahatonga antsika hanetry tena.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Etera 12:23–41.

- Inona no ahiahian' i Môrônia momba ny fomba handraisan' ny Jentilisa ny teniny? (Jereo Etera 12:23–25.) Inona no navalin' ny Tompo izany? (Jereo Etera 12:26.) Nahoana ny zava-dehibe no mamaky ny tenin' i Môrônia—mbamin' ny soratra masina rehetra—amin' ny halemem-panahy?

Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Etera 12:27. Sariho ny sain' ny mpianatra hifantoka amin' ny fampanantenan' ny Tompo ho an' ireo izay manetry tena sy mino Azy? ("Amin' izany ny zavatra malemy dia hataoko tonga matanjaka ho azy"). Iangavio ny mpianatra hanome ohatra ny amin' ny fahatanterahan' io fampanantenana io ao amin' ny soratra masina, eo amin' ny fiainany na ny fiainan' ny hafa. Iangavio izy ireo hizara ny sasany amin' ireo ohatra.

- Nanoratra ny amin' ny maha zava-dehibe ny finoana, ny fanantenana ary ny fiantrana i Môrônia (Etera 12:28–34). Ahoana no itondran' ireo hatsaran-toetra ireo antsika ho any amin' i Kristy?
- Nanainga antsika i Môrônia mba "hikatsaka ity Jesoa ity izay efa nosoratan' ny mpaminany sy ny apôstôly ny Aminy" (Etera 12:41). Amin' ny fomba ahoana no ahafahantsika "mikatsaka an' i Jesoa" ankehitriny? Inona no ampanantenain' ny Tompo an' ireo izay manao izany? (Jereo Etera 12:41.) Nahoana isika no mila ny fahasoavan' Andriamanitra sy ny an' ny Zanany?

**3. Noraketin' i Môrônia an-tsoratra ny faminanian' i Etera momba ny tany nampanantenaina.**

Vakio sy hadihadio ny Etera 13:1–12.

- Inona no faminanian' i Etera momba an' i Jerosalema Vaovao sy i Jerosalema Tranainy? (Asaovy vakian' ny mpianatra ny Etera 13:2–12 mba hahitany ny valin' ny fanontaniana; jereo koa ny fitanisana eo ambany).
  a. Jerosalema Tranainy ("izay avy any no niavin' i Lehia"), dia haorina indray, ho tanàna masina ho an' ny Tompo" (Etera 13:5). Hataon' ny taranak' i Joda izany mialohan' ny Fiaviana Fanindroany.
  b. Mialohan' ny Fiaviana Fanindroany dia "haorina eo amin' ity tany ity [Amerika] i Jerosalema Vaovao" (Etera 13:6). Jerosalema Vaovao dia ho tanàna masina haorin' ny sisa tavela amin' ny mpianakavin' i Josefa (Etera 13:8).
  e. Hidina avy any an-danitra ny tanànan' i Enôka ary hanjary ampahany amin' i Jerosalema Vaovao (Etera 13:3, 10; jereo koa Apôkalipsỳ 21:2, 10). Hitranga aorian' ny Fiaviana Fanindroany izany.
- Ahoana no nilazalazan' i Môrônia an' ireo izay ho mendrika ny honina ao amin' ireo tanàna masina ireo? (Jereo Etera 13:10–11.) Inona no hevitry ny hoe: "nosasana tamin' ny ran' ny Zanakondry"? (Nodiovina tamin' ny fahotana tamin' ny alalan' ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy.)

**4. Nirongatra naneran-tany ny ady. Fongana ny riba Jaredita.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Etera 13:13–15:34.

Hazavao fa noroahin' ny olona i Etera, ary tao an-dava-bato no nanaovany ny ambiny tamin' ny rakitsorany fony izy niafina tao (Etera 13:13–14). Vetivety foana dia difotry ny ady sy ny tsikombakomba miafina ny vahoaka.

- Nandritra ny taona faharoa nitoeran' i Etera tao an-dava-bato no nahatongavan' ny tenin' ny Tompo taminy. Inona no natoron' ny Tompo Azy mba hataony? (Jereo Etera 13:20–21.) Ahoana no nasetrin' i Kôriantomira ny faminanian' i Etera? (Jereo Etera 13:22.)

Hazavao fa ny Etera 13:23–15:28 dia mitantara ny fizotran' ny ady noho ireo vondrona samihafa samy nikatsaka ny hahazo fahefana. An-tapitrisany ny Jaredita voavono tamin' ny ady. Na dia namoy ady maro aza i Kôriantomira ary naratra imbetsaka dia tsy maty. Any amin' ny fiafaran' ny rakitsoratra dia nangonin' i Kôriantomira sy i Siza avokoa ny olona ho amin' ny ady farany. Taorian' ny andro maromaro niadiana dia i Kôriantomira sy i Siza ihany sisa velona.

- Ahoana no niafaran' ny ady tamin' ny farany? (Jereo Etera 15:29–32.) Ahoana no nanatanterahan' izany ny faminanian' i Etera? (Jereo Etera 13:20–21.)
- Inona no azontsika tsoahina amin' ny rakitsoratry ny Jaredita momba ny maha zava-dehibe ny fibebahana mialohan' ny haha tafalatsaka antsika ao amin' ny fahotana? (Jereo Etera 15:1–5, 18–19; jereo koa Helamàna 13:32–33, 38.) Ahoana no ameran' ny fahotana ny safidintsika?
- Inona ireo fitoviana vitsivitsy misy eo amin' ny tantaran' ny Nefita sy ny tantaran' ny Jaredita? Inona no azontsika tsoahina amin' ny tantaran' ireo riba ireo?

---

Famaranana

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavalombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Izao fitaovana manaraka izao dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao raha tianao ny mampiasa ny iray na ny ankamaroan' ireto hevitra ireto ao anatin' ny lesona.

**1. Ny maha zava-dehibe ny fanarahana ireo mpaminany**

Mariho fa ny tantaran' ny Jaredita dia maneho ohatra maro momba izao toe-javatra manaraka izao:

a. Manjary mamohehatra ny olona.
b. Miantso ny olona hibebaka ny mpaminany.
d. Manaiky ny mpaminany ny olona ary voatahy, na tsipahiny ny mpaminany ary manomboka miaritra ny vokatry ny faharatsiana izy.
e. Noho izay fibabena ny vokany izay dia mibebaka ny olona ary manaraka ny mpaminany na mitozo amin' ny faharatsiana izy, hatrany amin' ny famongorana azy.

Azonao atao raha tianao ny mamaky sy manadihady ireo ohatra momba ity toe-javatra ity izay hita ao amin' ny Etera 7:23–27; 9:23–35; 11:1–8, 11–14, 19–23.

**2. Nampitandrina ny amin' ireo tsikombakoba miafina i Môrônia**

Taorian' ny fahafatesan' i Jareda sy ny rahalahiny dia mpanjaka nifandimby no nifehy ny vahoaka. Nihamafy kokoa hatrany ny fifandrafiana hahazoana ny seza fiandrianana isaky ny mifandimby ny taranaka tsirairay. Rehefa nitombo io fifandrafiana io, dia namolavola tetika ny zanakavavin' i Jareda mba hahatonga ny rainy ho mpanjaka (Etera 8:8; ampahatsiahivo ny mpianatra fa ilay lehilahy atao hoe Jareda ao amin' ity tantara ity dia tamingan' i Jareda voalaza ao amin' ny Etera 1–6).

- Inona no tetika novolavolain' ny zanakavavin' i Jareda mba hahatonga ny rainy ho mpanjaka? (Jereo Etera 8:9–12.) Ahoana no nampidiran' io tetika io ny tsikombakomba miafina teo amin' ny fanjakana? (Jereo Etera 8:13–18.)
- Inona no nampianarin' i Môrônia momba ny loza ateraky ny tsikombakomba miafina? (Jereo Etera 8:21–22.) Nahoana no nampidiriny tao amin' ny rakitsoratra ireny zavatra ireny? (Jereo Etera 8:23, 26.) Ahoana no ahaizantsika mamantatra ny tsikombakomba miafina ary miaro ny tenantsika aminy? (Jereo Etera 8:23–25.)

**3. "Noho ianao efa nahita ny fahalemenao, dia hohatanjahina ianao" (Etera 12:37)**

- Raha niomana ny handeha ho any amin' ny fonjan' i Carthage i Hyrym Smith, izay toerana namonoana azy sy i Joseph Smith Mpaminany, dia namaky ny Etera 12:36–38 izy ary namoritra an' ilay takila (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135:4–5). Inona no andininy ao amin' ny soratra masina izay nanatanjaka na nampahery anao?

Lesona
# 47 “Mba hitehirizany azy amin’ ny lalana tsara”

*Môrônia 1–6*

**Tanjona**

Hampitombo ny fahatakaran’ ny mpianatra ny ôrdônansin’ ny filazantsara sy ny antony hifampaherezana.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Môrônia 1. Nanohy ny fanoratany i Môrônia rehefa nieren-doza tamin’ ny famongorana ny Nefita. Tsy maintsy miafina izy, satria tsy “holaviny i Kristy.”
   b. Môrônia 2–5. Nampianatra ny votoatin’ ireo ôrdônansin’ ny filazantsara i Môrônia.
   d. Môrônia 6. Nohazavain’ i Môrônia ny toetra takiana amin’ izay ho mpikambana ao amin’ ny Fiangonana sy ny antony hilana ny fitanana rakitsoratra ary ny fananana namana.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fisarihana ny saina manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Iangavio ny mpianatra hieritreritra ny fotoana nanatrehany ny fandraisana ny Fanasan’ ny Tompo tany amin’ ny paroasy na sampana ivelan’ ny azy.

- Inona ireo zavatra fototra misy amin’ ny fivorian’ ny fanasan’ ny Tompo na aiza na aiza fiangonana alehanao? (Mety ho tafiditra ao amin’ ny valinteny ny fivavahana, ny fihirana, ny fanamasinana sy ny fandraisana ny fanasan’ ny Tompo, ny fanolorana ny fanomezana ny Fanahy Masina amin’ ireo vao niova fo ary ny famaranana ny fijoroana ho vavolombelona sy ny toriteny amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy). Nahoana no heverinao fa zava-dehibe ny maha iray antsika amin’ ireo zavatra ireo?

Hazavao fa ity lesona ity dia manadihady ny fampianaran’ i Môrônia momba ireo ôrdônansy sasantsasany ao amin’ ny filazantsara—ny fanolorana ny fanomezana ny Fanahy Masina, ny fanokanana mpisorona na mpampianatra, ny fitantanana ny fanasan’ ny Tompo ary ny fanaovana batisa—izay ao anatin’ ny Fiangonana naverina indray ankehitriny. Ny fampianarany dia mety hanampy antsika hahita ankehitriny ny fitohizan’ ireo ôrdônansy ireo ihany izay efa nisy tao amin’ ny Fiangonana naorin’ ny Mpamonjy fahiny. Izy ireo koa dia manampy antsika hahatontosa ny andraikitra amin’ ny maha-mpikambana antsika ao amin’ ny fiangonana mba hifampaherezana ka “hitehirizana [antsika] amin’ ny lalana tsara” (Môrônia 6:4; jereo koa 2 Nefia 25:28–29).

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanandrify indrindra amin' ny ilain' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba fampiharana ireo soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Nanohy ny fanoratany i Môrônia rehefa nieren-doza tamin' ny famongorana ny Nefita.**

Vakio sy hadihadio ny Môrônia 1. Hazavao fa i Môrônia dia efa nino fa ny famintinana ny rakitsoratr' i Etera no ho asa soratra farany. Noho izy tsy mbola maty anefa dia notohizany ny fanoratana.

- Iangavio ny mpianatra hamaky mafy ny Môrônia 1:1–4. Inona no zava-nisy fony Môrônia nanoratra ity toko ity? (Jereo Môrônia 1:1. Irery izy ary niafina ny Lamanita.) Nahoana no ho namono azy ny Lamanita? (Jereo Môrônia 1:2–3.) Inona no asehon' izany antsika momba ny finoan' i Môrônia? Ahoana no ahafahantsika mampitombo ny teny vavolombelona momba an' i Jesoa Kristy ho mafy orina toy izany?
- Nahoana no notohizan' i Môrônia ny fanoratana? (Jereo Môrônia 1:4. Mariho fa na dia ho namono azy aza ny Lamanita niara-belona taminy, dia mbola nahavelona ahiahy an' i Môrônia ny momba ny taranak' izy ireo.)

**2. Nampianarin' i Môrônia ny votoatin' ny ôrdônansin' ny filazantsara.**

Vakio sy hadihadiho ireo andininy nofantenana tao amin' ny Môrônia 2–5. Hazavao fa nampianatra antsika ny maha zava-dehibe ny ôrdônansin' ny filazantsara ny Bokin' i Môrmôna. Mandra-pahatonga eo amin' ny Bokin' i Môrônia anefa, dia somary kely ihany no voasoratra momba ny fomba nanatanterahana ny ôrdônansy. Hadihadio ny fomba nampitomboan' i Môrônia ny fahatakarantsika ny fomba nanatanterahana ny ôrdônansy tao amin' ny fiangonana fahiny.

Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Môrônia 2 izay mamerina ny teny notenen' ny Mpamonjy tamin' ireo mpaminany Nefita raha nametra-tanàna taminy Izy. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny lohateny hoe: *Fanolorana ny fanomezana ny Fanahy Masina*.

- Ahoana no nampianarin' ny Mpamonjy ny mpianany momba ny fanolorana ny fanomezana ny Fanahy Masina? (Jereo Môrônia 2:2. Soraty eo ambanin' ny lohateny eo amin' ny solaitrabe ny hoe *Amin' ny alalan' ny fametrahan-tànana, amin' ny anaran' i Jesoa Kristy*.)

Asaovy vakian' ny mpianatra iray mafy ny Môrônia 3 izay milazalaza ny nanokanan' ny mpianatra ny mpisorona sy ny mpampianatra. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny lohateny hoe *Fanokanana mpisorona sy mpampianatra*.

- Hanao inona no nanendrena ny mpisorona sy ny mpampianatra? (Jereo Môrônia 3:3. Soraty eo ambanin' ny lohateny faharoa ny hoe: *mba hitory ny fibebahana sy ny famelana ny fahotana*.) Ahoana no itovizan' ireo andraikitra ireo amin' ny adidin' ny mpihazona fisoronana ankehitriny? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:46–59.) Ahoana no ahafahantsika manampy ny mpihazona ny fisoronan' i Aharona hahatakatra sy hanatanteraka ny adidy ankinina aminy?

Asaovy vakian' ny mpianatra roa mafy ny Môrônia 4 sy 5 izay milazalaza ny fomba fitantanana ny Fanasan' ny Tompo. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny lohateny hoe: *Fitantanana ny Fanasan' ny Tompo*.

- Inona no voady ataontsika amin' ny alalan' ny fanasan' ny Tompo? (Jereo Môrônia 4:3; 5:2. Soraty eo ambanin' ny lohateny fahatelo ny hoe: *Mahatsiaro, manaraka ary mankatò ny Mpamonjy).* Inona no ampanantenaina antsika ho setrin' izany? Ahoana no fihetseham-ponao rehefa avy nandray ny fanasan' ny Tompo tamim-panajana sy fahamendrehana ianao?
- Nahoana no zava-dehibe ho an' ny androntsika ny toko 2–5? (Mety ho tafiditra ao anatin' ny valinteny ny hoe: izany dia manampy antsika hahita ny tsy fiovaovan' ny ôrdônansin' ny filazantsara nandritra ireo vanim-potoana samy hafa.) Mampahery anao ahoana moa ny mahita ireo ôrdônansy ireo eo foana na dia nandalo ireo fotoanandro samy hafa aza ny Fiangonan' ny Tompo?

**3. Nohazavain' i Môrônia ny toetra takiana amin' izay ho mpikambana ao amin' ny Fiangonana sy ny antony hilana ny fitanana rakitsoratra ary ny fananana namana.**

Vakio sy hadihadio ny Môrônia 6.

- Inona no nampianarin' i Môrônia momba ny toetra takiana amin' ny batisa? (Jereo Môrônia 6:1–3.)

  Iangavio ny mpianatra hieritreritra ny ohatra nasehon' ny olona izay efa nitozo tamin' ny fananana ireo toetra ireo taorian' ny fahavitan' ny batisa. Asao izy hizara ireny ohatra ireny, raha ilaina.

- Nampianatra i Môrônia fa rehefa natao batisa ny olona ary nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina dia "Noraisina ho isan' ny vahoakan' ny fiangonan' i Kristy izy; ary nalaina ny anarany" (Môrônia 6:4). Nahoana no nalaina ny anarany? (Jereo Môrônia 6:4.) Iza no manana andraikitra hanaramaso fa "tsaroana sy fahanana amin' ny teny soan' Andriamanitra" ny mpikambana efa naharitra ela sy ireo mpikambana vaovao? (Antitrantero fa ny tsirairay avy amintsika dia manana izany adidy sy andraikitra izany. Rehefa izany dia izarao ity lahateny manaraka ity.)

  Nampianatra ny filoha Gordon B. Hinckley hoe: "Izay olona niova fo ka mihamangatsiaka ny finoany dia nidiran-doza. Izay mpikambana lavo ao amin' ny fahalainana hiangona dia mahavelom-panahiana fatratra. Nandao ny sivy amby sivifolo ny Tompo ary nitady ilay ondry very. Lehibe loatra ny ahiahiny momba ilay nania ka nataony ventin-kevitra izany tamin' ny iray amin' ireo lesona lehibe nampianariny. Tsy maintsy ampahalalaintsika ny mpitondra fiangonana sy ny mpikambana ny adidy mavesatra, dia ny hihavana amin' ny fomba tena izy sy mavitrika ary mahafinaritra amin' ireo izay tonga ao ampiangonana amin' ny maha-niova fo azy, ary ny hifandray amim-pitiavana amin' ireo izay miditra ao amin' ny aloky ny fahalainana hiangona, noho ny antony samihafa" (ao amin' ny *Church News,* 8 Apr. 1989, 6).

  Niteny koa ny filoha Hinckley hoe: "Noho ny fitomboan' ny isan' ireo niova fo, dia tsy maintsy hampitomboantsika ny ezaka lehibe ataontsika hanampiana azy ireo hahita ny lalany. Mila zavatra telo ny tsirairay avy aminy: namana, andraikitra ary ny famahanana amin' ny teny soan' Andriamanitra (Môrônia 6:4)" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1997, 66; na *Ensign*, May 1997, 47).

- Inona no azontsika atao hanarahana ny torohevitry ny filoha Hinckley? Ahoana no efa nahitanao soa tamin' ny hafa, dia tamin' ireo izay efa nahatsiaro sy namahana anao?
- Nanoratra i Môrônia fa ny Fiangonana dia "mihaona miaraka matetika" (Môrônia 6:5). Nahoana? (Jereo Môrônia 6:5–6.) Ahoana no anatanjahina antsika rehefa mifady hanina sy miara-mivavaka isika? Ahoana no anomezan' ny fivoriam-piangonana antsika sehatra hifampiresahana "momba ny fiadanan' ny fanahintsika"? Nahoana no zava-dehibe ny hivoriantsika miaraka mba handray ny fanasan' ny Tompo?
- Inona no nampianarin' i Môrônia momba ny fomba nitarihana ny fivoriam-piangonana? (Jereo Môrônia 6:9.) Inona no azon' ny tsirairay avy amintsika atao mba hitaomana ny Fanahy ho eo amin' ny fivoriantsika?

---

Famaranana

Hazavao fa nampianarin' i Môrônia ny maha zava-dehibe ny fifampaherezantsika samy mpikambana ao amin' ny Fiangonana. Entano ny mpianatra hitady fomba izay hahafahany "mahatsiaro sy mamahana" ireo mpikambana hafa ao amin' ny paroasy na ny sampana.

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Izao fitaovana manaraka izao dia manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona. Azonao atao raha tianao ny mampiasa ity hevitra ity ao anatin' ny lesona.

**Fanampiana ny hafa mba hahatamana azy ao amin' ny paroasy na ny sampana misy antsika**

Nilaza ny amin' ny fihetseham-po nananany ny fianakavian' ny loholona Carl B. Pratt fony izy nitsidika paroasy samihafa. Zarao amin' ny mpianatra izao lahateny izao:

"Tian' ny zanakay ny mitsidika ny paroasy sasany noho izy ireo mora nahita namana teo anivon' ny tanora ary noho ny nandraisanay rehetra fiarahabana tongasoa mafana sy maneho fihavanana. Saingy nisy ireo paroasy hafa izay niverenan' ny zanakay tamim-pahalainana, satria voamarika ny fahabangan' ny fandraisana mafana sy maneho fihavanana.

"Tamin' izay dia nanomboka ho tsikaritray fa tao amin' ireo paroasy sasantsasany notsidihanay. . ., na naman' ny fiangonana izahay tao na vao niova fo dia tsy ho nahatsapa fandraisana tena tsara. . . .

"Ireo zava-nisy ireo . . . dia nahatsapanay fa ilaina ny tsy maintsy anatsarantsika *rehetra* ilay antsointsika hoe fahaiza-mandray olona. . . .

"Ry rahalahy sy anabavy, ananantsika ireo fitahiana sarobidy indrindra izay azon' Andriamanitra omena ny zanany. Ananantsika ny fahafenoan' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Isika no olona tokony, ho tsotra, tia namana, faly, malemy fanahy, mihevitra ny hafa, mandinin-tena, olona mahatehotia eo amin' izao tontolo izao. . . .

"Hahafantatra antsika ho namany ve ireo tsy mpikambana vao niova fo ary mpitsidika ny fiangonantsika noho ny hafanan' ny fiarabahantsika, noho ny fahaizantsika mitsikitsiky, noho ny halemem-panahy sy ny firaharahiana marina izay mamirapiratra eo amin' ny masontsika?" (Tao amin' ny Conference Report, Okt. 1997, 12; na *Ensign,* Nov. 1997, 11–12).

- Ahoana no heverinao fa ho fihetseham-pon' ireo mpitsidika na vao niova fo ao amin' ny paroasy na sampana misy antsika? (Iangavio ny mpianatra hisaintsaina io fanontaniana io toy izay hilaza mafy ny valiny). Ahoana no ahafahantsika manatsara ny fomba itondrantsika ny vahiny na ireo vao niova fo?

# “Manatòna an’ i Kristy”

Lesona **48**

*Môrônia 7–8; 10*

**Tanjona**

Hampianatra ny mpianatra ny fomba itsarana ny tsara sy ny ratsy ary ny fomba andraisana fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara sy ny Bokin’ i Môrmôna.

**Fanomanana**

1. Vakio, diniho ary ento amim-bavaka ireto soratra masina manaraka ireto:
   a. Môrônia 7:1–19. Nohazavain’ i Môrmôna ny fomba itsarana ny tsara sy ny ratsy (mariho fa ireo teny ireo dia nosoratan’ i Môrmôna, rain’ i Môrônia).
   b. Môrônia 7:20–48. Nohazavain’ i Môrmôna fa ny finoana an’ i Kristy no hery anaovana ireo fahagagana. Nohazavainy ny maha zava-dehibe ny finoana, ny fanantenana ary ny fiantrana.
   d. Môrônia 8. Ao amin’ ny taratasy ho an’ i Môrônia no nanoritsoritan’ i Môrmôna ny fepetra takiana hahazoana famonjena, ary nohazavaina fa voavonjy amin’ ny alalan’ ny Sorompanavotan’ i Kristy ny ankizy madinika.
   e. Môrônia 10. Nohazavain’ i Môrônia fa ny Fanahy Masina dia vavolombelona manambara ny fahamarinana rehetra amin’ ireo izay mangataka amim-pinoana. Nolazalazainy ireo fanomezam-pahasoavan’ ny fanahy ary nanainga ny rehetra izy hanatona an’ i Kristy.

**Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona**

Fisarihana ny saina

Raha ilaina, dia ampiasao izao fisarihana ny saina manaraka izao na ny anao manokana hanombohana ny lesona.

Lazao izao tantara manaraka izao:

Nivolon’ andro mangatsiaka ny volana Febroary 1910 raha nahita ity boky iray efa vasoky ny fotoana, niendrika bokim-pivavahana tsisy lohateny i Vincenzo di Francesca izay mpitandrina Protestanta. Liana izy ka nofonosiny tao anaty gazety ilay boky ary nentiny niaraka taminy. Tany an-trano dia nodioviny sy novakiany ilay boky. “Novakiako ka novakiako indray, indroa ka indroa indray, ary hitako fa mety ny milaza fa ilay boky no fahadimy amin’ ny filazantsaran’ ny Mpanavotra” hoy izy.

Ny boky izay hitany dia ny Bokin’ i Môrmôna. Rehefa nahavaky izany izy dia nanaraka ny fandrisihan’ ny Môrônia 10:4. “Rehefa nitehin-ko alina ny andro, dia nohidiako ny varavaran’ ny efitranoko, ary teo an-tanako ny boky raha nandohalika aho ary namaky ny toko fahafolo amin’ ny Bokin’ i Môrônia. Nivavaka tamin’ Andriamanitra, ilay Ray Mandrakizay aho, tamin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy, mba hilaza amiko raha toa ka avy amin’ Andriamanitra ny boky, raha toa ka tsara sy marina izany ary tokony hafangaroko amin’ ny tenin’ ireo filazantsara efatra ny teniny mandritra ny toriteniko.

Tsaroako ho nangatsiaka toy ny rivotra avy any an-dranomasina ny vatako. Rehefa izany dia nanomboka niemponempona ny foko, ary tosa-pifaliana, toy ny fahitana zavatra sarobidy na mampitolagaga no nitondra fampiononana ho an' ny fanahiko ka navelany ho ahy ny fifaliana izay tsy hain' ny fitenenan' olombelona hahitana teny hoenti-mitantara azy. Nahazo toky aho fa efa novalian' Andriamanitra ny fivavako, fa ilay boky dia tombon-tsoa lehibe indrindra ho ahy sy ho an' izay rehetra mihaino ny Teniny."

Nanampy an' i Vincenzo di Francesca nandritra ireo zava-tsarotra maro nandalovany ny fijoroana ho vavolombelona noraisiny tamin' izay fotoana izay. Nesorina tamin' ny asa maha-mpitandrina azy izy noho izy nampianatra avy tao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Vao tamin' ny taona 1930 izy no nahafantatra ny anaran' ilay boky sy ny anaran' ny Fiangonana namoaka azy. Vokatry ny ady sy ireo olana pôlitika samihafa, dia iraika amby roapolo taona indray no nivalona talohan' ny nahafahana nanao batisa azy. Nandritra ireo fotoan-tsarotra ireo, dia notanany ny fijoroana ho vavolombelona maherin' ny Bokin' i Môrmôna. (Jereo Vincenzo di Francesca, "I Will Not Burn the Book!" *Ensign,* Jan. 1988, 18–21.)

Mariho fa ity lesona ity dia manadihady ireo boky farany ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Tafiditra ao anatin' ireo asa soratra ireo ny torohevitr' i Môrônia momba ny fomba ahazoan' ny tsirairay avy amintsika fijoroana ho vavolombelona manokana momba ny fahamarinan' ny Bokin' i Môrmôna.

---

Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina

Ento amim-bavaka ny fifantenana ireo andinin-tsoratra masina, fanontaniana ary fitaovam-pampianarana hafa mba hifanadrify indrindra ny hetahetan' ny mpianatra. Hadihadio ny fomba ampiharana ireo soratra masina voafantina eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

**1. Nohazavain' i Môrmôna ny fomba itsarana ny tsara sy ny ratsy.**

Hadihadio ny Môrônia 7:1–19. Iangavio ny mpianatra hamaky mafy ireo andininy voafantina. Mariho fa ny Môrônia 7 dia mirakitra ny tenin' i Môrmôna araka ny nanoratan' i Môrônia zanany lahy azy..

- Nantsoin' i Môrmôna ho "mpanaradia bonaika an' i Kristy" (Môrônia 7:3) ireo mpikambana ao amin' ny fiangonana. Inona no nahatonga an' i Môrmôna hanana io fiheverana io momba ireo mpikambana ao amin' ny fiangonana? (Jereo Môrônia 7:4–5.) Ahoana no ahatonga antsika ho "mpanaradia bonaika an' i Kristy"?
- Inona no nampianarin' i Môrmôna momba ny maha zava-dehibe ny risi-pontsika amin' ny fanaovana asa soa? (Jereo Môrônia 7:6–9.) Inona no hevitry ny hoe manolotra fanomezana na vavaka "amin' ny finiavana marina"? Ahoana no ahafahantsika manadio ny risi-pontsika amin' ny fanaovana asa soa?
- Inona no nampianarin'i Môrmôna momba ny fomba anavahana ny tsara amin' ny ratsy? (Jereo Môrônia 7:12–19.)

  Soraty eo amin' ny solaitrabe ny hoe:*Moa va manainga ahy ho tia sy hanompo an' Andriamanitra ny ______? Moa va fanentanana avy amin' Andriamanitra ny _____?* Entano ny mpianatra hizara ireo fanontaniana ireo rehefa manombatombana izy na tsara na ratsy ny zavatra na fanao iray. (Azonao atao

raha tianao ny manamarika fa mora kokoa ny mitsara raha toa ka mitondra antsika ho any amin' Andriamanitra na tsia ny zavatra iray, noho ny mitsara raha toa ka mitondra antsika ho any amin' ny devoly na tsia izany. Ny fomban' i Satana feno fitaka dia mazàna mamporisika antsika hieritreritra fa "tsy dia ratsy loatra" ny zavatra iray—izany hoe tsy tena ratsy izany na dia hita aza fa tsy tsara . Antitrantero fa rehefa mety ho zavatra ka tsy mitondra antsika ho any amin' Andriamanitra dia mitondra antsika fotsiny hanalavitra Azy.)

- Nampitandrina ny olona i Môrmôna "mba tsy hitsaranareo fa izay ratsy dia avy amin' Andriamanitra, na izay tsara . . . dia avy amin' ny devoly" (Môrônia 7:14; jereo koa 2 Nefia 15:20). Inona ireo ohatra vitsivitsy izay hitanao fa hitrangan' izany ankehitriny? (Azonao atao raha tianao ny mitanisa ny valintenin' ny mpianatra eo amin' ny solaitrabe eo ambanin' ireo lohateny hoe: *Ny ratsy lazaina ho tsara ary ny tsara lazaina ho ratsy.*)

- Inona no fitaomana efa nomena antsika mba hanampy antsika hitsara ny tsara sy ny ratsy? (Jereo Môrônia 7:16, 18–19.)

  Hazavao fa ny "Fanahin' i Kristy" na ny "fahazavan' i Kristy" dia hery mitaona, manandratra mampahamendrika, mampaharitra izay tonga amin' ny olombelona noho ny amin' i Jesoa Kristy" (Bible Dictionary, "Light of Christ," 725). Natao ho an' ny olon-drehetra izany ka afaka manomana ny olona hahita ny fahamarinana sy handray ny Fanahy Masina. Noho izy manana andraikitra hanampy antsika hanavaka ny marina amin' ny diso, dia mazàna antsoina hoe feon' ny fieritreretantsika ny fahazavan' i Kristy.

Tamin' ny fomba ahoana no efa nanampian' ny fahazavan' i Kristy anao hanavaka ny tsara amin' ny ratsy? Ahoana no mety hahatonga antsika ho mora mandray kokoa ny fitarihan' ny fahazavan' i Kristy?

**2. Nohazavain' i Môrmôna ny maha zava-dehibe ny finoana, ny fanantenana ary ny fiantrana.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Môrônia 7:20–48.

- Nanontany i Môrmôna hoe: "Ahoana no mety ahavitanareo ka hahafahanareo mihazona ny zavatra tsara rehetra?" Ahoana no namaliany io fanontaniana io ? (Jereo Môrônia 7:21–26. "Ny zava-drehetra izay tsara dia avy amin' i Kristy," ary afaka "mihazona" izany isika amin' ny fampiharantsika ny finoana Azy).

  Iangavio ny mpianatra hieritreritra ny momba ireo fitahiana izay efa nirotsaka taminy na tamin' ny hafa noho ny finoana. Iangavio izy hizara ireny ohatra vitsivitsy ireny, raha ilaina.

- Inona no ifandraisan' ny finoana sy ny fahagagana? (Jereo Môrônia 7:28–30, 35–38.) Nahoana no ilaina ny finoana mba hialoha lalana ny fahagagana? (Jereo Môrônia 7:37; jereo koa Etera 12:12, 18 ary ny lahateny eo ambany.) Nahoana ny fahagagana mandeha irery no tsy manome fototra mafy orina ho an' ny finoana?

  Hoy ny Filoha Brigham Young hoe: "Ny fahagagana, na ireny fanehoana mampitolagaga ny herin' Andriamanitra ireny dia tsy natao ho an' ny tsy mpino; ireny dia natao hampionona ny Olomasina, ary hampaherezana sy hampiorenana ny finoan' ireo izay tia, matahotra ary manompo an' Andriamanitra" (*Discourses of Brigham Young,* sel. John A. Widtsoe [1941], 341).

- Inona no atao hoe fanantenana? Inona no ifandraisan' ny finoana sy ny fanantenana? (Jereo Môrônia 7:40–42.)

  Nampianatra i Bruce R. McConkie loholona hoe: "Araka ny ampiasana azy ao amin' ireo Fanambarana, ny *fanantenana* dia ny fanirian' ireo olo-mahatoky mba hahazo ny famonjena mandrakizay rahatrizay ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra. . . . Tsy misaraka ny finoana sy ny fanantenana. Voalohany dia mahatonga [antsika] hanana finoana ny fanantenana ary avy eo dia mitombo ny fanantenana noho ny finoana, mandra-pahazoana ny famonjena" (*Môrmôna Doctrine,* 2nd ed. [1966], 365–66).

- Inona no toetra tsy maintsy mialoha lalana ny finoana sy ny fanantenana? (Jereo Môrônia 7:43.) Nahoana ny olona no tsy maintsy "malemy fanahy sy mietry am-po" vao manana finoana sy fanantenana?

- Nampianatra i Môrmôna fa ankoatra ny finoana sy ny fanantenana, dia tsy maintsy manana fiantrana isika. Inona no atao hoe fiantrana? (Jereo Môrônia 7:46–47.) Inona no toetoetry ny fiantrana? (Jereo Môrônia 7:45. Azonao atao raha tianao ny manoratra ny valintenin' ny mpianatra eo amin' ny solaitrabe). Ahoana no nanamafisan' ny zavatra nodiavinao teo amin' ny fiainanao fa "ny fiantrana dia tsy ho levona mandrakizay"?

- Ahoana no ahafahantsika mampitombo ny finoantsika sy ny fanantenantsika? Ahoana no ahafahantsika ho feno ny fitiavana madion' i Kristy? Nahoana isika no tsy maintsy miezaka mba hanana finoana, fanantenana ary fiantrana? (Jereo Môrônia 10:20–21.)

**3. Nampianatra i Môrmôna fa voavonjy amin' ny alalan' ny Sorompanavotan' i Kristy ny ankizy madinika.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Moronia 8. Mariho fa ity toko ity dia mirakitra ny taratasin' i Môrmôna ho an' i Môrônia zanany lahy.

- Nahoana no tsy mila batisa ny ankizy madinika? (Jereo Môrônia 8:8–9, 11, 19–20. Mariho fa ny fampianaran' i Môrmôna momba ny ankizy madinika dia mihatra koa amin' ireo rehetra izay tsy manana ny lalàna "[Môrônia 8:22], voalaza amin' izany ireo izay sembana ara-tsaina ka tsy mahatakatra ny didy sy ny ôrdônansin' ny filazantsara.) Nahoana no "Fanarabiana eo anoloan' Andriamanitra" ny batisan' ny ankizy madinika? (Jereo Môrônia 8:20, 22–23.)

- Voavonjy ny ankizy madinika noho izy ireo tsy manan-tsiny sy tsy mahavita fahotana. Ahoana no ahafahan' ireo tamintsika izay efa nanota mandray famonjena amin' ny alalan' ny Sorompanavotan' i Kristy? (Jereo Môrônia 8:10, 24–26.)

**4. Vavolombelona manambara ny fahamarinana rehetra ny Fanahy Masina. Fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy no momba ireo izay manatona an' i Kristy.**

Vakio sy hadihadio ireo andininy nofantenana tao amin' ny Môrônia 10.

- Amin' ny maha toko farany azy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, dia mirakitra ny teny famaranan' i Môrônia ny Môrônia 10. Natao ho an' iza io toko io? (Jereo Môrônia 10:1.) Faranan' i Môrônia amin' ny "Teny vitsivitsy ho famporisihana" izany (Môrônia 10:2). Inona no hevitry ny teny hoe: *mamporisika*? (Manoro hevitra na mitaona mafy tokoa.) Angataho ny

mpianatra hamaky haingana ny toko ary hamantatra ireo zavatra izay namporisihan' i Môrônia hataon' ny mpamaky. (Voatanisa eo ambany ny valinteny. Azonao atao raha tianao ny mampamaky mafy ny mpianatra ireo andininy tsirairay izay ahitana famporisihana.)

a. "Hahatsiarovanareo ny nahafeno famindrampo ny Tompo tamin' ny zanak' olombelona" (andininy 3).
b. "Hanontanianareo an' Andriamanitra, Ray Mandrakizay, amin' ny anaran' i Kristy raha tsy marina ireto zavatra ireto" (andininy 4).
d. "Tsy handavanareo ny herin' Andriamanitra" (andininy 7).
e. "Tsy handavanareo ireo fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra" (andininy 8).
f. "Hahatsiarovanareo fa ny fanomezam-pahasoavana tsara rehetra dia avy amin' i Kristy" (andininy 18).
g. "Hahatsiarovanareo fa [i Kristy] no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay" (andininy 19).
h. "Hahatsiarovanareo ireo zavatra ireo [izay efa nosoratan' i Môrônia]" (andininy 27).
i. "Hanatonanareo an' i Kristy" (andininy 30).

- Iangavio ny mpianatra hieritreritra raha toa ka efa nahazo fijoroana ho vavolombelona izy ireo fa ny Bokin' i Môrmôna dia tenin' Andriamanitra. Inona no anjara asan' ny Fanahy Masina amin' ny fahazoantsika fijoroana ho vavolombelona momba ny zavatra ara-panahy? (Jereo Môrônia 10:4–5.) Nahoana isika no tsy mety mahazo fijoroana ho vavolombelona ho antsika amin' ny alalan' ny saintsika fotsiny? (Jereo 1 Korintiana 2:11; Almà 26:21–22; Môrônia 10:6–7.)

- Namporisika antsika i Môrônia mba "tsy handa ny herin' Andriamanitra" (Môrônia 10:7). Amin' ny fomba ahoana no mety handavantsika ny herin' Andriamanitra indraindray? (Ankoatra ny fangatahana ny valintenin' ny mpianatra, dia azonao atao raha tianao ny mamaky ity lahateny manaraka ity.)

  Nampianatra i Jeffrey R. Holland hoe:

  "Hoy ny Mpamonjy: Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo. . . . Aza malahelo na matahotra ny fonareo' (Jaona 14:27).

  "Tsoriko aminareo fa io no mety ho iray amin' ireo didin' ny Mpamonjy, izay na ao am-pon' ireo lazaina ihany ho Olomasin' ny Andro Farany aza, dia saika tsy ankatoavina eran' izao tontolo izao; ary te hahalala aho anefa raha toa ka vao mainka koa mankarary ny fon' ny Tompo feno famindram-po ny fandavantsika io fanasana io. Azoko lazaina anareo izao amin' ny maha-raim-pianakaviana ahy: Ho velom-panahiana aho raha toa eo amin' ny fiainany ka sahirana marina tokoa, na ory na tsy nankatò ny anankiray amin' ireo zanako, kanefa vao mainka aho ongaina izaitsizy tokoa raha tsapako fa tamin' izay fotoana izay, dia tsy afaka ny hatoky ny fanampiako ilay zaza na nihevitra fa ny momba azy, na lahy izy na vavy, dia tsy nanan-danja ho ahy, na tsy azo antoka ny fikarakarako izany. Dia tahaka izany koa no maharesy lahatra ahy fa tsy misy amintsika mety hahatsapa fa mandratra lalina erỳ ny fo tia an' ny Mpamonjy izao tontolo izao ny fahitany fa tsy matoky ny fikarakarany ny olony, na tsy mahazo antoka ny tanany na tsy mitoky amin' ny didiny" ("Come unto Me," *Ensign,* Apr. 1998, 19).

- Inona no nampianarin' i Môrônia momba ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy? (Jereo Môrônia 10:8–19.) Nahoana ny tsirairay avy amintsika no samy mandray fanomezam-pahasoavana samihafa avy amin' Andriamanitra? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:11–12.)
- Inona no lesona azonao tsoahina ary tsapanao raha nodinihinao ny hafatry ny Bokin' i Môrmôna? (Iangavio ny mpianatra hieritreritra mangina io fanontanina io raha tsy tiany ny hizara ny eritreriny amin' ny mpiara-mianatra.)
- Ahoana no anehoan' ny famporisihan' i Môrônia "hanatona an' i Kristy" ny hafatra iray manontolon' ny Bokin' i Môrmôna? (Môrônia 10:30, 32). Inona ireo fomba manokana nanampian' ny fandalinana ny Bokin' i Môrmôna tamin' ity taona ity anao hanatona an' i Kristy?

---

Famaranana

Araka ny fitarihan' ny Fanahy, dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinana noresahina nandritra ny lesona ary iangavio ny mpianatra hanao torak' izany.

---

**Fanampin-kevitra hoenti-mampianatra**

Azonao atao raha tianao ny mizara ireto lahateny manaraka ireto rehefa mamporisika ny mpianatra hanohy ny fandinihiny ny Bokin' i Môrmôna ianao:

Hoy ny filoha Gordon B. Hinckley: "Mba tiako ny hamporisika ny lehilahy sy ny vehivavy tsirairay . . . ary ny zatovolahy sy ny zatovovavy efa tokony hamaky ny Bokin' i Môrmôna mandritra iny taona ambony iny. . . . Tsy misy na inona na inona azontsika atao ka manan-danja bebe kokoa noho ny efa nanamafisantsika teo amin' ny fiainantsika tsirairay ny fahasesentsika lahatra tsy azo hozongozonina fa i Jesoa no Kristy, Zanaka velon' ilay Andriamanitra velona. . . . Izay no antony nivoahan' ity boky tsy manam-paharoa sy mahatalanjona ity" (ao amin' ny *Church News,* 4 May 1996, 2).

Hoy ny filoha Joseph Fielding Smith: "Tsy misy mpikambana ao amin' ity Fiangonana ity, izay ho azo ekena ny fijoroany eo anatrehan' Andriamanitra nefa tsy namaky tsara sy tamim-pahamalinana tokoa ny Bokin' i Môrmôna" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1961, 18).

Hoy ny filoha Ezra Taft Benson: "Ianarana isaky ny efa-taona any amin' ny Sekoly Alahady sy any amin' ny fianarantsika seminera ny Bokin' i Môrmôna. Tsy tokony horaisin' ny mpikambana ho filamatra anefa io isaky ny efa-taona io amin' ny fianarany samirery na ny an' ny fianakaviny. Tokony hovakiantsika isan' andro ireo takila amin' ilay boky izay hampanakaiky kokoa ny olona amin' Andriamanitra, amin' ny fanarahana ny fepetra ao anatiny toy izay ny ao anatin' ny boky hafa (*History of the Church,* 4:461)" (ao amin' ny Conference Report, Okt. 1988, 3; na *Ensign,* Nov. 1988, 4).

Nilaza ny filoha Benson hoe: "Tokony hanao ny fandalinana an' io boky io ho tanjona mandritra ny androm-piainany ny Olomasina tsirairay" (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1975, 97; na *Ensign,* May 1975, 65).

NY FIANGONAN' I

JESOA KRISTY

HO AN' NY OLOMASIN' NY

ANDRO FARANY

4 02356 83654 6
35683 654